


# Ny FIJALIAN'I KRISTI

New Covenant Publications International. Malagasy

Copyright © 2020. Fanontana Iraisam-pirenena Momba ny Fanekena Vaovao.

Zo rehetra voatokana. Tsy misy ampahany amin' ity boky ity azo reproduced na ampitaina amin' ny endriny na amin' ny fomba ahoana na amin' ny fomba ahoana na amin' ny fomba ahoana na amin' ny fomba ahoana na amin' ny fomba ahoana, afa-tsy raha ny resaka fohy nalaina tao anaty lahatsoratra sy hevitra manakiana.  Azafady mba jereo ny fanontaniana manan-danja rehetra amin'ny mpamoaka.

Zo rehetra voatokana. Tsy misy ampahany amin' ity boky ity azo reproduced na ampitaina amin' ny endriny na amin' ny alalan' ny fomba mety, elektrônika na mekanika, anisan' izany ny photocopying, ny firaketana, na amin' ny alalan' ny fitehirizana ny zava-baovao sy ny fomba retrieval, raha tsy amin' ny alalan' ny boky iray izay mety milaza andinin-tsoratra.

ISBN: 359-2-85933-609-1

ISBN: 359-2-85933-609-1

Cataloging ao amin'ny angon-drakitra famoahana

Nosoratan'i: Bernard Otto

Nosoratan'i: Francis Francis

Natonta tany Royaume-Uni.

Fanontana voalohany 26 Mey 2020


Navoakan' New Covenant Publications International

P.O. Efajoro 7777-777

Devon, London, UK 234-543

Tsidiho ny tranokala: www.newcovenant.co.uk

# NY FIJALIAN'I KRISTY



Fotoana fohy talohan' izao dia nijoro toy ny hazo sedera matanjaka Jesosy, nanohitra ny tafiotry ny fanoherany nifofofofo namely Azy; ny Jesosy azy niady irery tamin' ny herin' ny maizina ny zavaboary. Ny sitrapo kirina sy feno haratsiana sy hafetsena dia niezaka foana hahavery hevitra sy handresy Azy. Nijoro tamin' ny fahalehibeazan' Andriamanitra Izy tamin' ny maha-Zanak' Andriamanitra Azy. Ankehitriny kosa dia toy ny volotara naondriky ny tafio-drivotra masiaka Izy; eo ambanin'ny vesatry ny fahotana sy iharan'ny fampijaliana mihoatra ny natoraly. Taonjato maro talohan' ny nanomboana Azy teo ambonin' ny hazo fijaliana dia efa nolazain' ny Mpamonjy mialoha ny fomba hitondrana Azy. Voasoratra hoe : «Fa mitangorona Amiko ny amboa, ny fiangonan' ny ratsy fanahy manemitra Ahy. Manindrona ny tongotra aman-tànako hoatra ny liona izy. Mahisa ny taolako rehetra aho. Ireo dia mibanjina sady mangarika ahy. Mizara ny fitafiako ho azy izy, ary ny akanjoko ilokany» . Nafofofofon' ireo fahavalon' i Jesosy taminy ny haromotany raha nihantona teo ambonin' ny hazo fijaliana Izy. Ireo mpisorona, ireo mpanapaka sy ireo mpanora-dalàna dia niaraka tamin' ny vahoaka nisafoaka naneso Ilay Mpamonjy niala aina. Ity boky ity dia manambara ny fitiavana sarobidy, ny fiainana tsy misy fiafarana ary ny firehetan'i Kristy...

Ity pejy ity dia fanahy iniana avela banga.

# New Covenant Publications



# International Inc.

## Boky Nohavaozina, Saina Niova

Alt-Heerdt 104, 40549 Düsseldorf, Germany
Tel : +49 211 399 435 234

Email: newcovenantpublicationsintl@gmail.com

# Fankasitrahana

Natokana ho an'Andriamanitra.

# Foreword

New Covenant Publications International reconnects the reader with the divine plan binding heaven and earth and reinforcing the perpetuity of the law of love. The logo, the Ark of the Covenant represents the intimacy between Christ Jesus and His people and the centrality of God's law. As it is written, "this shall be the covenant that I will make with the house of Israel says the Lord, I will put my law in their inward parts and write it in their hearts and they shall be My people, and I shall be their God." (Jeremiah 31:31-33; Hebrews 8:8-10). Indeed, the new covenant attests to a redemption, birthed by unabated strife and sealed by blood.

For countless centuries, many have endured galling affliction and incomprehensible oppression, calculated to obliterate truth. Especially in the Dark Ages, this light had been greatly embattled and obscured by human traditions and popular ignorance, because the inhabitants of the world had despised wisdom and transgressed the covenant. The blight of compromise with proliferating evils provoked such a scourge of unbridled degeneracy and diabolic inhumanity, that many lives were unjustly sacrificed, refusing to surrender the freedom of conscience. Nevertheless, a lost knowledge was revived, specifically during the time of the Reformation.

The Reformation era of the 16th century sparked a moment of truth, fundamental change and consequent turbulence, as reflected in the Counter-Reformation. However, through this volume, one rediscovers the undeniable significance of this singular revolution from the perspectives of the Reformers and other courageous pioneers. From their accounts, one can understand the ravaging battles, the reasons underlying such phenomenal resistance and supernatural interventions.

Our motto: "Reformed Books, Transformed Minds," accentuates the distinct genre of literature, composed in a critical era and its impact. It also resonates the urgency of personal reformation, rebirth and transformation. As the Gutenberg printing press, coupled by the agency of translation, disseminated the principles of the reformed faith, some 500 years ago, the digitalised press and online media would communicate in every language the light of truth in these last times.

## Fizahan-Takelaka

Toko 1—Amintsika Andriamanitra ..... 8
Toko 2—Ilay vahoaka voafidy ..... 16
Toko 3—Tonga ny fotoan'andro ..... 19
Toko 4—Mpamonjy no teraka ho anareo ..... 25
Toko 5—Ny nanolorana Azy ..... 31
Toko 6—Nahita ny kintana izahay ..... 38
Toko 7—Jesosy Zaza ..... 44
Toko 8—Ny nandalovany tamin'ny andro Paska ..... 51
Toko 9—Adim-piainana teo amin'ny fahazazana ..... 58
Toko 10—Ilay feo tany an-efitra ..... 65
Toko 11—Ny Batisa ..... 76
Toko 12—Ny fakam-panahy ..... 81
Toko 13—Ny fandresena ..... 91
Toko 14—Efa nahita ny Mesia izahay ..... 97
Toko 15—Teo amin'ny fanasana fampakaram-bady ..... 109
Toko 16—Tao amin'ny tempoliny ..... 117
Toko 17—Nikodemosy ..... 127
Toko 18—Izy tsy maintsy mitombo ..... 136
Toko 19—Teo amin' ny fantsakan' i Jakoba ..... 140
Toko 20—Raha tsy mahita famantarana sy fahagagana ianareo ..... 151
Toko 21—Betesda sy ny Synedriona ..... 155
Toko 22—Ny nanagadrana an' i Jaona sy ny nahafatesany ..... 167
Toko 23—Akaiky ny fanjakan' Andriamanitra ..... 180
Toko 24—Tsy Ilehity va Ilay Zanaky ny mpandrafitra ? ..... 184
Toko 25—Ny antso teo amoron' ny ranomasina ..... 191
Toko 26—Tao kapernaomy ..... 197
Toko 27—Mahay manadio ahy Hianao ..... 208

Toko 28—Levy Matio ........ 217
Toko 29—Ny Sabata ........ 225
Toko 30—Nanendry roa ambin' ny folo lahy Izy ........ 233
Toko 31—Ny toriteny teo an-tendrombohitra ........ 241
Toko 32—Ilay Kapiteny ........ 257
Toko 33—Iza no rahalahiko ? ........ 262
Toko 34—Ny fiantsoana ........ 268
Toko 35—Mangina, mitsahara ! ........ 273
Toko 36—Ny finoana mitarika hanendry ........ 281
Toko 37—Ireo evanjelista voalohany ........ 285
Toko 38—Avia , miala sasatra kely ........ 294
Toko 39—Omeonareo hanina izy ........ 299
Toko 40—Indray alina teo amin' ny farihy ........ 306
Toko 41—Ny zava-tsarotra tany Galilia ........ 312
Toko 42—Lovan-tsofina ........ 324
Toko 43—Fefy narodana ........ 328
Toko 44—Ny tena famantarana ........ 333
Toko 45—Ny aloky ny hazo fijaliana ........ 339
Toko 46—Niova tarehy Izy ........ 348
Toko 47—Asa fanompoana ........ 353
Toko 48—Iza no lehibe indrindra ? ........ 358
Toko 49—Tamin' ny andro firavoravoana ........ 369
Toko 50—Tao anatin' ny fandrika ........ 376
Toko 51—Ny fahazavan' aina ........ 384
Toko 52—Ilay Mpiandry ondry tsara indrindra ........ 397
Toko 53—Ny dia farany avy tany Galilia ........ 403
Toko 54—Ny Samaritana tsara fanahy ........ 413
Toko 55—Tsy misehoseho ........ 419

Toko 56—Nitahy ny zaza ..... 424
Toko 57—Diso zavatra iray loha hianao ..... 429
Toko 58—Ry Lazarosy, mivoaha! ..... 434
Toko 59—Ny fiokoan' ny mpisorona ..... 445
Toko 60—Ny lalàn' ny fanjakana vaovao ..... 450
Toko 61—Zakaiosy ..... 455
Toko 62—Tao an-tranon' i Simona ..... 460
Toko 63—Avy ny mpanjakanao ..... 468
Toko 64—Vahoaka tandindomin-doza ..... 478
Toko 65—Ny tempoly nodiovina indray ..... 485
Toko 66—Adihevitra ..... 497
Toko 67—Lozanareo Fariseo ! ..... 506
Toko 68—Tao amin' ny kianja ivelany ..... 518
Toko 69—Teo amin' ny tendrombohitra Oliva ..... 525
Toko 70—Ny kely indrindra amin' ny rahalahiko ..... 535
Toko 71—Mpanompon ' ny mpanompo ..... 540
Toko 72—Ho fahatsiarovana Ahy ..... 549
Toko 73—Aza malahelo ny fonareo ..... 558
Toko 74—Getsemane ..... 577
Toko 75—Teo anatrehan' i Anasy sy teo amin ' ny lapan' i Kaiafa ..... 587
Toko 76—Jodasy ..... 603
Toko 77—Tao amin' ny fitsaran' i Pilato ..... 610
Toko 78—Kalvary ..... 628
Toko 79—Vita ..... 644
Toko 80—Tao amin' ny fasan' i Josefa ..... 652
Toko 81—Nitsangana ny Tompo ..... 663
Toko 82—Nahoana hianao no mitomany ? ..... 670
Toko 83—Ny dia ho any Emaosy ..... 677

Toko 84—Fiadanana ho anareo ........ 681
Toko 85—Teo amoron-dranomasina indray ........ 687
Toko 86—Mandehana any amin' ny firenena rehetra ........ 694
Toko 87—Ho any amin' ny Raiko sy ny Rainareo ........ 706

## Toko 1—Amintsika Andriamanitra

Ary ny anarany hataon' ny olona hoe lmanoela . . . «Amintsika Andriamanitra»1. «Ny fahazavan' ny fahalalana ny voninahitr' Andriamanitra dia indro hita eo amin' ny tavan' i Jesosy Kristy». Hatramin' ny andro fahagola dia efa iray tamin' ny Ray Jesosy Kristy Tompo; «Endrik' Andriamanitra Izy» tamin' izany, endriky ny fahalehibeazany sy ny fiandrianany, «famirapiratan' ny voninahiny»2. Hampiseho io voninahitra io no nahatongavany teto amin' izao tontolo izao misy antsika. Tonga teto amin' ity tany nohamaizinin' ny fahotana ity Izy mba haneho ny fahazavan' ny fitiavan' Andriamanitra, mba ho «amintsika Andriamanitra». Noho izany dia voalazan' ny faminaniana hoe : «Ary ny anarany hatao hoe Imanoela». {IFM 9.1}

Ny nahatongavany hitoetra teto amintsika dia ny haneho an' Andriamanitra tamin' ny olona sy ny anjely. Izy no Tenin' Andriamanitra fisainan' Andriamanitra ren' ny sofina. Hoy Izy tao amin' ny vavaka nataony ho an' ny mpianany : «Efa nampahafantariko azy ny anaranao» — «mamindra fo sy miantra, mahari-po sady be famindrampo sy fahamarinana» — «mba ho ao aminy ny fitiavana izay nitiavanao Ahy, ary Izaho koa ho ao aminy»3. Nefa tsy ho an' ny zanany teraka teto an-tany ihany no natao io fanambarana io. Ity izao tontolo izao kely ity no boky fianaran' izao rehetra izao. Ny fikasan' Andriamanitra mahagaga ny amin' ny fahasoavana, ny zava-miafin' ny fitiavana manavotra no lohahevitra «tian' ny anjely hodinihina» 4, ary hianarany mandritra ny fotoana tsy manampahataperana. Ny voavotra sy ireo voahary tsy tratry ny fahalavoana dia samy hahita «siansa» ho azy sy tonon-kira ho ventesiny eo amin' ny hazo fijalian' i Kristy. Ho hita fa ny voninahitra izay mamirapiratra eo amin' ny tavan' i Jesosy dia voninahitry ny fitiavana manao sorona ny tenany. Ho hita eo amin' ny fahazavana avy eo Kalvary fa ny lalan' ny fitiavana mahafoy tena no lalan' ny fiainana ho an' ny tany sy ny lanitra ; fa ao am-pon' Andriamanitra ny loharanon' ny fitiavana «tsy mitady ny azy» 5; ary ao amin' ny Ray malemy fanahy sy tsy miavona am-po no miseho ny toetra amam-panahin' Ilay mitoetra eo amin' ny mazava tsy azo hatonina. {IFM 9.2}

Tamin' ny voalohany dia naseho teo amin' ny asa rehetra vita teo amin' ny famoronana Andriamanitra. Kristy no namelatra ny lanitra, sy nametraka ny fanorenan' ny tany. Ny tanany no nampihantona an' izao tontolo izao teo amin' ny habakabaka sy namolavola ny voninkazo eny an-tsaha. «Mampiorina ny tendrombohitra amin' ny heriny Izy». «Azy ny ranomasina, 1a Izy no nanao azy» 6. Izy no nahahenika hatsaran-tarehy ny tany, sy nahafeno hirahira ny rivotra. Ary nosoratany teo amin' ny zavatra rehetra teto an-tany, eny amin' ny rivotra sy eny amin' ny lanitra ny hafatra manambara ny fitiavan' ny Ray. {IFM 10.1}

Eny, na dia efa simban' ny fahotana aza ny asa tanteraka nataon' Andriamanitra. dia mbola maharitra ihany ny sora-tanany. Ankehitriny aza dia mbola manambara ny

voninahitry ny fahatsarany ny zavatra nohariny rehetra. Tsy misy afa-tsy ny fon' olombelona tia tena ihany no mivelona ho an' ny tenany. Tsy misy voromanidina manavatsava ny habakabaky ny lanitra, tsy misy biby mihetsiketsika amin' ny tany izay tsy miasa ho an' ny fiainan' ny hafa. Ny hazo lehibe sy madinika rehetra ary ny ravinkazo rehetra dia samy mampitosaka ilay kasinga fototry ny aina izay tsy misy olona na biby mety ho velona raha tsy misy izany ; ny olona sy ny biby kosa, ho setrin' izany, dia miasa hahavelona ny hazo lehibe sy madinika ary ny ravinkazo. Mandefa fofo-manitra ny voninkazo sady mampivelatra ny hatsaran-tarehiny ho fitahiana an' izao tontolo izao. Manaparasaka ny fahazavany ny masoandro mba hamalifaliana an' izao tontolo izao an' arivony. Ny ranomasina. izay loharano iavian' ireo sakasaka sy reniranontsika rehetra. dia mandray ny ony avy amin' ny tany rehetra, nefa mandray izy mba hanomezany Ny zavona miakatra avy eo anivony dia milatsaka ho ranonorana ka manondraka ny tany mba hampaniry sy hampitsimoka azy. {IFM 10.2}

Mahita fifaliana ny anjelin' ny voninahitra rehefa manome manome fitiavana ary tsy mety sasatra miambina sy mikarakara ireo fanahy lavo sy tsy manana fahamasinana. Mampahery ny fon' olombelona ny anjelin' ny lanitra ; entiny eto amin' ity izao tontolo izao maizina ity ny fahazavana avy amin' ny lapa any ambony ; miasa sy manompo amim-pahalemem-panahy sy amimpaharetana izy ireo. ka manetsika ny fanahin' ny olombelona, mba hahatonga ny very hifandray amin' i Kristy amin' ny fomba ety kokoa noho izay mety ho fantatr' izy ireo. {IFM 11.1}

Nefa hiala amin' ireo fanehoana latsadatsaka kokoa rehetra ireo isika. ka hibanjina an' Andriamanitra ao amin' i Jesosy. Rehefa mijery an' i Jesosy isika dia mahita fa voninahitry ny Raintsika ny manome. «Tsy manao na inona na inona ho Ahy Aho». hoy Kristy ; «Tahaka ny nanirahan' ny Ray velona Ahy, ary Izaho koa velona amin' ny Ray» ; «Fa lzaho tsy mitady ny voninahitro», fa ny voninahitr' Ilay naniraka Ahy» 7. Asehon' ireo teny ireo ny foto-kevitra lehibe izay lalán' ny fiainana ho an' izao rehetra izao. Noraisin' i Kristy avy amin' Andriamanitra ny zavatra rehetra, ary noraisiny izany mba homeny. Toy izany koa ao amin' ny lapan' ny lanitra. eo amin' ny asa fanompoana ataony ho an' ny voahary rehetra ; amin' ny alalan' ny Zanany malala no ampikorianan' ny Ray ny aina ho an' ny rehetra; amin' ny alalan' ny Zanany dia misamonta kosa ny fitiavan' Ilay loharano lehiben' ny zavatra rehetra. dia eo amin' ny fiderana sy ny fifaliana feno fanompoana. Feno ao amin' i Kristy izany ny fifamoivoizan' ny fanaovan-tsoa izay mampiseho ny toetra amam-panahin' Ilay Mpanome Lehibe dia ny lalàn' ny fiainana. {IFM 11.2}

Tany an-danitra mihitsy no voadika io lalàna io. Fitadiavana ny ho an' ny tena samirery no niandohan' ny fahotana. Naniry ny ho voalohany tany an-danitra i Losifera. Notadiaviny ny ho afaka mifehy ny mponin' ny lanitra, ny hisarika azy ireo hanalavitra ny Mpamonjy azy ka handray ny fiderana ho an' ny tenany. Noho izany dia diso ny

fanehoany an' Andriamanitra, ka nampangainy ho mpanandra-tena Izy. Ny toetra ratsy nampiavaka ny tenany no notadiaviny hatafy Ilay Mpahary be fitiavana. Toy izany no namitahany ny anjely. Toy izany no namitahany ny olombelona. Notarihiny hisalasala ny amin' ny tenin' Andriamanitra sy tsy hatoky ny hatsaram-panahiny izy ireo. Satria Andriamanitra dia Andriamanitry ny fahamarinana, ary mahatahotra ny fahalehibeazany, dia nataon' i Satana ho toy ny henjana sy tsy mamela heloka ny fijery Azy. Toy izany no nitarihany ny olombelona hanaraka azy hikomy amin' Andriamanitra, ary izany no nahatonga ny alin' ny loza nilatsaka tamin' izao tontolo izao. {IFM 11.3}

Maizina ny tany noho ny fahalaiana diso an' Andriamanitra. Mba hampisava ireo aloka manjombona, mba ahazoana mamerina ny olona ho eo amin' Andriamanitra, dia tsy maintsy ho montsanina ny hery mamitak' i Satana. Tsy mety ho vita amin' ny alalan' ny hery izany. Mifanohitra amin' ny foto-kevitry ny fitondram-panjakan' Andriamanitra ny fampiasan-kery ; fanompoam-pitiavana ihany no iriny ; ary tsy azo baikoina ny fitiavana; tsy mety ho azo amin' ny alalan' ny hery na ny fahefana izany. Ny fitiavana ihany no mamoha ny fitiavana. Ny fahalaiana an' Andriamanitra dia fitiavana Azy ; tsy maintsy haseho ny toetra amam-panahiny hifanohitra amin' ny toetra amam-panahin' i Satana. Tokana eo amin' izao rehetra izao ihany no afaka hanao io asa io. Ilay mahalala ny haavo sy ny halalin' ny fitiavan' Andriamanitra ihany no afaka hampahafantatra izany. Tsy maintsy miposaka ao amin' ny haizina mikitrok' izao tontolo izao ny Masoandron' ny Fahamarinana manana fanasitranana eo amin' ny tànany» 8 {IFM 12.1}

Ny drafitry ny fanavotana antsika dia tsy noheverina taty aoriana, na nalamina taorian' ny nahalavoan' i Adama. Fanambarana ny «zava-miafina, izay hatry ny fony fahagola» 9, izany. Famelabelarana ireo foto-kevitra izay niorenan' ny seza fiandrianan' Andriamanitra hatry ny fahagola izany. Hatramin' ny voalohany dia fantatr' Andriamanitra sy Kristy ny fivadihan' i Satana, sy ny fahalavoan' ny olona noho ny hery mamitak' ilay mpihemotra. Tsy nibaiko ny hisian' ny fahotana tsy akory Andriamanitra, fa tazany mialoha ny fisiany, ka nomaniny izay ilaina hoenti-misetra io zava-doza mahatsiravina io. Lehibe indrindra ny fitiavany an' izao tontolo izao, ka nanao fanekena Izy hanome ny Zanani-lahy tokana «mba tsy ho very izay rehetra mino Azy fa hanana fiainana mandrakizay» 10 {IFM 12.2}

Izao no nolazain' i Losifera : «Ambonin' ny kintan' Andriamanitra no hanandratako ny seza fiandrianako, . . . ka ho tahaka ny Avo Indrindra» 11 aho. Fa Kristy kosa «na dia nanana ny endrik', Andriamanitra aza, dia tsy nataony ho zavatra hofikiriny mafy ny fitoviana amin' Andriamanitra, fa nofoanany ny tenany tamin' ny nakany ny endriky ny mpanompo sy ny nahatongavany ho manampitoviana amin' ny olona» 12. {IFM 12.3}

Fanatitra nataony tamin' ny nahim-pony izany. Azon' i Jesosy natao ny nijanona teo anilan' ny Ray. Azony natao ny nitahiry ny voninahitry ny lanitra, sy ny fankalazan' ny anjely. Nefa nifidy ny namerina ny tehim-panjakana teo am-pelatanan' ny Ray Izy, ka

hidina eo amin' ny seza fiandrianan' izao rehetra izao, mba ahazoany mitondra fahazavana ho an' izay rakotry ny haizina sy fiainana ho an' izay mila ho faty. {IFM 13.1}

Efa sahabo ho roa arivo taona izao, dia nisy feo nirakitra zavamiafina ny maha-zava-dehibe azy, re tany an-danitra avy teo amin' ny seza fiandrianan» Andriamanitra nanao hoe : «Inty Aho tonga». «Ny fanatitra alatsa-dra sy ny fanatitra hohanina tsy mba nilainao, fa tena no namboarinao ho Ahy . . . Inty Aho tonga (ao amin' ny horonam-boky no nanoratana Ahy) hanao ny sitraponao, Andriamanitra ó» 13. Ireo teny ireo dia manambara ny fahatanterahan' ny fikasana izay nafenina hatramin' ny fahagola. Efa hitsidika ny tanintsika Kristy ka ho tonga nofo. Hoy Izy : «Tena no namboarinao ho Ahy». Raha niseho tamin' ny voninahitra izay niarahany nanana tamin' ny Ray talohan' ny nisian' izao tontolo izao Izy, dia tsy ho zakantsika ny fanatrehany. Nafenina tsy hneho ny voninahiny mba ahazoantsika mibanjina izany nefa tsy ho ringana. Nosaronana tamin' ny maha-olombelona ny maha-Andriamanitr; Azy, tao amin' ny endriky ny maha-olombelona hita maso, ry voninahiny tsy hita maso. {IFM 13.2}

Efa naseho mialoha tamin' ny alalan' ny aloka sy ny tandindona io fikasana lehibe io. Ilay roimemy nirehitra, izay nisehoan' i Kristy tamin' i Mosesy, dia nanambara an' Andriamanitra. Ny tandindona nofidina hanehoana an' Andriamanitra dia hazo madinika tsotsotra, izay toa tsy mahasarika akory. Nirakitra Ilay tsy voafetra io. Nanarona ny voninahiny tao amin' ny tandindona ambany indrindra Ilay Andriamanitra be famindrampo, mba ahazoan' i Mosesy mibanjina izany nefa ho velona. Toy izany koa, tao amin' ilay andri-rahona nony andro sy ny andri-afo nony alina, no nitenenan' Andriamanitra tamin' ny Isiraely, ka nanehoany ny sitrapony tamin' ny olombelona. ary nizarany ny fahasoavany taminy. Nampileferina ny voninahitr' Andriamanitra ary nosaronana ny fiandrianany, mba ahazoan' ny maso kely herin' ny olombelona voafetra mibanjina izany. Toy izany koa no nahatongavan' i Kristy tamin' ny «tenan' ny fietren-tenantsika» 14, «nanam-pitoviana tamin' ny olona». Teo imason' izao tontolo izao dia tsy nanana hatsaran-tarehy izay naniriany Azy Izy. fa Andriamanitra tonga nofo, fahazavan' ny lanitra sy ny tany. Nosaronana ny voninahiny. nafenina ny fahalehibeazany sy ny fiandrianany mba hahazoany manatona akaiky ny olona malahelo sy alaim-panahy. {IFM 13.3}

Nampitondra baiko an' i Mosesy ho an' ny Isiraely Andriamanitra nanao hoe : Asaovy manao fitoerana masina ho Ahy izy. dia honina eo aminy Aho» 15. koa dia nitoetra tao amin' ny fitoerana masina, teo anivon' ny vahoakany Izy. Nandritra ny fivezivezeny nandreraka tany an-efitra tany. dia teo aminy ny tandindon' ny fanatrehany. Toy izany no nananganan' i Kristy ny tabernakeliny teo anivon' ny toeram-pilasiantsika olombelona. Natsangany teo akaikin' ny trano lain' ny olombelona ny trano lainy, mba honenany eo amintsika amin' ny toetra amam-panahy sy ny fiainan' Andriamanitra. «Ary

ny Teny dia tonga nofo ka nonina tamintsika; (ary hitanay ny voninahiny, dia voninahitra miendrika ho an' ny Lahitokana avy tamin' ny Ray), sady feno fahasoavana sy fahamarinana» 16 {IFM 14.1}

Satria tonga nonina niaraka tamintsika Jesosy. dia fantatsika fa mahalala ny fitsapana mahazo antsika Andriamanitra. ary miray fo amin' ny fahoriantsika. Ny zanaka lahy sy ny zanaka vavin' i Adama rehetra dia afaka mahafantatra fa sakaizan' ny mpanota Ilay Mpahary antsika. Ny fampianarana rehetra momba ny fahasoavana mantsy, ny fampanantenana fifaliana rehetra. ny asampitiavana rehetra. ny toetran' Andriamanitra mahasintona rehetra naseho teo amin' ny fiainan' ny Mpamonjy teto an-tany. dia samy ahitantsika fa «amintsika Andriamanitra». {IFM 14.2}

Asehon' i Satana ho lalàm-pitiavan-tena ny lalàm-pitiavan' Andriamanitra. Lazainy fa tsy mety ho vitantsika ny mankatò ny fitsipik' izany lalàna izany. Ny fahalavoan' ireo razambentsika voalohany, sy ny fahoriana rehetra vokatr' izany, dia hiampangany ny Mpahary, ka tarihiny ny olona hijery an' Andriamanitra ho Ilay niavian' ny fahotana sy ny fijaliana ary ny fahafatesana. Hanala sarona io fitaka io Jesosy. Amin' ny maha-anisantsika Azy dia hanome ohatry ny fankatoavana Izy. Noho izany dia noraisiny ny nofontsika ka nandalo tamin' ny fanandramantsika rehetra izy, «koa amin' izany dia miendrika mba hatao tahaka ny rahalahiny amin' ny zavatra rehetra Izy» 17. Raha misy, na inona na inona tokony hozakaintsika izay tsy niaretan' i Jesosy. dia izany zavatra izany no anehoan' i Satana fa tsy ampy ho antsika ny herin' Andriamanitra. Noho izany dia «nalaim-panahy tamin' ny zavatra rehetra» 18Jesosy. Niaritra ny fitsapana rehetra mety mihatra amintsika Izy. Ary tsy nisy hery nampiasainy ho an' ny tenany izay tsy atolony malalaka ho antsika. Tamin' ny maha-olombelona Azy no nisetrany fakam-panahy sy nandreseny tamin' ny hery izay nomena Azy avy tamin' Andriamanitra. Hoy Izy : «Ny hanao ny sitraponao Andriamanitra Ô no sitrako: ary ny lalànao no ato anatiko» 19. Raha nandehandeha nanao soa Izy. ka nanasitrana ireo nampahorian' i Satana. dia nasehony mazava tamin' ny olona ny toetry ny lalàn' Andriamanitra sy ny asa fanompoana ataony. Vavolombelona ny fiainany fa azontsika atao koa ny mankatò ny lalàn' Andriamanitra. {IFM 14.3}

Tamin' ny alalan' ny maha-olombelona Azy dia nandray ny taranak' olombelona Kristy : amin' ny alalan' ny maha-Andriamanitra Azy. dia mamikitra ny seza fiandrianan' Andriamanitra Izy. Amin' ny maha-Zanak' olona Azy. dia nanome oha-pankatoavana antsika Izy, amin' ny maha-Zanak' Andriamanitra Azy. dia manome antsika hery hoenti-mankatò Azy Izy. Kristy no niteny tamin' i Mosesy avy tao amin' ilay roimemy teo amin' ny tendrombohitra Horeba ka nanao hoe : «**IZAHO IZAY IZY** . . . Izao no lazainao amin' ny Zanak' Isiraely : **IZAHO IZAY IZY** no efa naniraka ahy ho atý aminareo»20. Io no antoky ny fanafahana ny Isiraely. Toy izany koa rehefa tonga teo amin' ny «fitoviana tamin' ny olona Izy», dia nambarany ny tenany fa ilay IZY. Ilay

Zaza tany Betlehema, Ilay Mpamonjy malemy fanahy sady tsy miavona am-po no Andriamanitra «naseho teo amin' ny nofo»21. Ary hoy Izy amintsika : «**IZAHO** no Mpiandry tsara». «**IZAHO** no mofon» aina». «**IZAHO** no Làlana sy Fahamarinana ary Fiainana».«Efa nomena Ahy ny fahefana rehetra any an-danitra sy etý an-tany» 22. **IZAHO** no antoky ny teny fikasana rehetra. **IZAHO**. aza matahotra. (Amintsika Andriamanitra». izany no tokintsika ho afaka amin' ny fahotana, antoky ny herintsika hoenti-mankatò ny lalàn' ny lanitra. {IFM 15.1}

Tamin' ny nanetreny tena ka nandraisany teo Aminy ny mahaolombelona, dia naneho toetra amam-panahy mifanohitra amin' ny an' i Satana Kristy. Nefa dia mbola nidina ambany kokoa teo amin' ny lalan' ny fanetren-tena Izy. «Rehefa hita fa nanan-tarehy ho olona Izy, dia nanetry tena ka nanaiky hatramin' ny fahafatesana dia ny fahafatesana tamin' ny hazo fijaliana»23. Tahaka ny mpisoronabe nanaisotra ny fitafiany marevaka amin' ny maha mpisorona azy, ka anaovany fanompoam-pivavahana mitafy ny rongony fotsy fanaon' ny mpisorona tsotra. toy izany koa Kristy izay naka ny endriky ny mpanompo ka nanolotra fanatitra, ary tamin' izany dia Izy no mpisorona, ary Izy koa no sorona. «Nefa Izy dia voalefona noho ny fahotantsika sy notorotoroina noho ny helotsika, ny fampijaliana nahazoantsika fihavanana no namelezana Azy» 24. {IFM 16.1}

Izay mendrika antsika no natao tamin' i Kristy, mba ho azo atao amintsika kosa izay mendrika Azy. Nomelohina noho ny fahotantsika izay tsy nananany anjara akory Izy, mba hahazoantsika hamarinina amin' ny alalan' ny fahamarinany izay tsy nananantsika anjara akory. Niaritra ny fahafatesana izay anjarantsika Izy, mba ahazoantsika mandray ny fiainana izay Azy. «Ny dian-kapoka taminy no nahasitranana antsika»25. {IFM 16.2}

Mihoatra noho ny fanarenana izay rava noho ny asa vokatry ny fahotana no tanterak» i Kristy tamin' ny alalan' ny fiainany sy ny fahafatesany. Fikasan' i Satana ny hahatonga fisarahana mandrakizay eo amin' Andriamanitra sy ny olombelona; nefa tafaray amin' ny fomba ety kokoa amin' Andriamanitra isika ao amin' i Kristy mihoatra noho izay nisy antsika raha tsy lavo mihitsy aza. Ny nandraisany ny nofontsika no namatoran' ny Mpamonjy ny tenany tamin' ny taranak' olombelona tamin' ny fatorana izay tsy ho tapaka na oviana na oviana. Tafakambana amintsika mandritra ny mandrakizay Izy. «Fa toy izao no nitiavan' Andriamanitra izao tontolo izao, nomeny ny Zanani-lahy Tokana»26Tsy nomena mba hitondra ny fahotantsika fotsiny sy ho faty ho sorona ho antsika Izy, fa nomen' Andriamanitra mandrakizay ho an' ny taranaka lavo. Mba ho azo antoka ho antsika ny fisainam-pihavanany tsy miovaova, dia nomen' Andriamanitra ny Zanani-lahy Tokana ho tonga anisan' ny fianakavian' ny olombelona, ary hotazoniny mandrakizay io maha-olombelona Azy io. Io no fanekena fa ho tanterahin' Andriamanitra ny teniny. «Fa zaza no teraka ho antsika ; zazalahy no omena *antsika*; ary ny fanapahana dia eo an-tsorony». Neken' Andriamanitra tao amin' ny Zanany ny maha-olombelona, ary izany ihany no nentiny any amin' ny lanitra avo indrindra. Ny «Zanak' olona» no

manana anjara eo amin' ny seza fiandrianan' izao tontolo izao. Ny «Zanak' olona» no hantsoina hoe : «Mahagaga, Mpanolotsaina, Andriamanitra Mahery, Rain' ny mandrakizay, Andrian' ny fiadanana»27. Ilay **IZAHO** no Mpitsara mpanelanelana an' Andria-manitra sy ny taranak' olombelona, izay nametraka ny tanany amin' ny andaniny avy. Ilay «masina, tsy misy tsiny, tsy misy loto, voasaraka amin' ny mpanota», dia tsy menatra ny hiantso antsika hoe rahalahy.28 Tafakambana ao amin' i Kristy ny fianakaviana etý an-tany sy ny fianakaviana any an-danitra. Rahalahintsika Kristy nomem-boninahitra. Vita sokitra ao amin' ny maha-olombelona ny lanitra ary fihinin' ny Fitiavana mandrakizay eo an-tratrany ny maha-olombelona. {IFM 16.3}

Izao no lazain' Andriamanitra momba ny vahoakany : «Fa ho toy ny vaton-tsatro-boninahitra mamirapiratra eny amin' ny taniny ireny. Fa akory ny hasoany ! ary akory ny hatsaran-tarehiny !»29 Ho vavolombelona mandrakizay ny amin' ny sitrapon' Andriamanitra ny fanandratana ny voavotra. «Amin' ny andro ho avy», dia «asehony ny haben' ny haren' ny fahasoavany amin' ny fahamoram-panahiny amintsika ao amin' i Kristy Jesosy». «Mba hampahafantarina ireo fanapahana sy fahefana any an-danitra amin' izao ankehitriny izao ny mahamaro samy hafa ny fahendren' Andriamanitra ... araka ny fikasana hatrizay hatrizay izay nataony tao amin' i Kristy Jesosy Tompontsika»30 {IFM 17.1}

Mijoro ho marina ny fitondram-panjakan' Andriamanitra amin' ny alalan' ny asa fanavotana ataon' i Kristy. Ampahafantarina ho Andriamanitra fitiavana ny fiampangana nataon' i Satana ary ho afa-tsarona ny toetra amam-panahiny. Tsy afaka hiverina na oviana na oviana intsony ny fikomiana. Tsy afaka hiverina hiditra indray eo amin' izao rehetra izao intsony ny fahotana. Voaaro amin' ny fihemorana ny rehetra mandritra ny mandrakizay. Noho ny fahafoizan-tenan' ny fitiavana, dia voafatotra amin' ny fatorana tsy azo vahana amin' ny Mpamorona azy ireo mponina eto an-tany. {IFM 17.2}

Ho tanteraka ny asan' ny fanavotana. Teo amin' izay nihabeazan' ny ota no nihoaran' ny fahasoavana be lavitra. Ny tany mihitsy, dia ilay toerana ihamboan' i Satana fa Azy dia tsy hoe avotana fotsiny. la asandratra koa. Ity izao tontolo izao kclintsika ity izay eo ambanin' ny ozon' ny tahotana. ka hany pentina mainty eo amin' ny voahary be voninahitra nataon' Andriamanitra, dia homemboninaliitra ambonin' izao tontolo izao rehetra. Fto amin' ity tany ity. izay nitoeran' ny Zanak' Andriamanitra an-day tao amin' ny nofon' olombelona. izay niveloman' Ilay Mpanjakan' ny voninahitra. izay nijaliany sy nahafatesany, rahatrizay hohavaoziny ny zavatra rehetra ka ho eo amin' ny olona ny tabemakelin' Andriamanitra. eto amin' ity tany ity no «hitoetra eo aminy Izy. ary ireo ', ho olony. ary Andriamanitra no hitoetra eo aminy, dia ho Andriamaniny !»31 Koa mandritra ny andro maro tsy manam-pahataperana. raha mandeha eo amin' ny lahazavan' ny Tompo ny voavotra, dia hidera Azy izy ireo noho Ilay Fanomezany tsy hay ambara. — dia **IMANOFLA,**«*Amintsika A ndriumanitra*». {IFM 17.3}

## Toko 2—Ilay vahoaka voafidy

Nandritra ny roa arivo taona mahery no efa niandrasan' ny Jiosy ny fiavian' ny Mpamonjy. Io toe-javatra io no efa nametrahany ny fanantenany be voninahitra indrindra. Nirakitra ny anarany avokoa ny hira nataony sy ny faminaniana, ny fombam-pivavahaná tao amin' ny tempoly sy ny fivavahana tao an-tokantrano. {IFM 19.1}

Na dia izany aza anefa, rehefa tonga Izy, dia tsy fantany. «Tahaka ny solofon-kazo amin' ny tany karankaina» ho azy ireo Ilay Malalan' ny lanitra; «Tsy nanana endrika na fahatsaran-tarehy lzy» ,ary tsy nahita hatsaran-tarehy izay naniriana Azy, teo Aminy Izy. «Tonga tany amin' ny Azy Izy, fa ny Azy tsy nandray Azy»1 {IFM 19.2}

Raha niantso an' i Abrahama Jehovah, dia hoy Izy hoe : «Hitahy anao Aho . . . ary ho fitahiana tokoa ianao,. . . ary aminao no hitahiana ny firenena rehetra ambonin' ny tany»2 Naverina tamin' ny alalan' ireo mpaminany koa io fampianarana io. Na dia fony ringan' ny ady sy ny fahababoana aza Isiraely dia mbola ho azy ihany ny teny fikasana: «Ary izay sisa amin' ny Jakoba ao amin' ny firenena maro, dia ho tahaka ny ranonorana eny amin' ny ahitra, izay tsy manantena mpaniraka na miandry zanak' olombelona»3 Izao no nambaran' i Jehovah tamin' ny alalan' Isaia mikasika ny tempoly tany Jerosalema : «ny tranoko hatao hoe trano fivavahana ho an' ny firenena rehetra» 4 {IFM 19.3}

Nampifantoka ny fanantenany tamin' ny fahalehibeazana araka izao tontolo izao anefa ny Isiraelita. Hatramin' ny fotoana nidirany tao amin' ny tany Kanana, dia niala tamin' ny didin' Andriamanitra izy ka nanaraka ny lalana falehan' ny jentilisa. Tsy nisy vokany ny nandefasan' Andriamanitra fampitandremana ho azy tamin' ny alalan' ny mpaminany. Tsy nisy antony ny niaretany fijaliana tamin' ny fanangejan' ny jentilisa azy. Ny fanavaozana rehetra izay natao dia narahin' ny fihemorana lalindalina kokoa hatrany. {IFM 20.1}

Raha nahatoky tamin' Andriamanitra Isiraely, dia «nety ho nahatanteraka ny fikasany izy, tao amin' ny voninahitra sy ny fisandratana. Raha nanaraka ny lalàn' ny fankatoavana izy ireo, dia ho nasandrany «ho ambonin' ny firenena rehetra izay nataony, ho fiderana sy ho anarana ary voninahitra». «Dia ho hitan' ny firenena rehetra ambonin' ny tany, hoy Mosesy, fa ny anaran' i Jehovah no antsoina aminao. dia hatahotra anao izy». «Ny firenena izay handre» izany lalàna rehetra izany, hanao hoe : olona hendry sy manan-tsaina tokoa io firenena lehibe io» 5 Nefa tsy nahatoky izy ireo dia tsy nety ho tanteraka ny fikasan' Andriamanitra raha tsy tamin' ny alalan' ny fahoriana sy ny fietrena mitohy. {IFM 20.2}

Nentina ho babo tany Babylona izy ireo ka naparitaka eran' ny tanin' ny jentilisa. Rehefa tao amin' ny fahoriana dia betsaka no nanavao ny fijoroana amin' ny fanekena

natao tamin' Andriamanitra. Raha nanantona ny lokangany teo amin' ny hazo malahelo izy. ka nitomany ny amin' ny tempoly masina rava, dia namirapiratra teo amin' izy ireo ny fahazavan' ny fahamarinana. ary niparitaka tany amin' ny firenena samihafa rehetra ny fahalaiana an' Andriamanitra. Ny fisoronana fanao teo amin' ny fanompoam-pivavahana jentilisa dia ala-tahaka diso ny rafitra efa notendren' Andriamanitra; ary maro tamin' ireo mpanaraka ny fombam-pivavahana jentilisa tamin' ny fony tokoa no nianatra ny dikan' ny fanompoam-pivavahana nobaikoin' Andriamanitra tamin' ny Hebreo ary namikitra tamim-pinoana ny teny fikasana momba ny Mpanavotra. {IFM 20.3}

Maro tamin' ireo natao sesi-tany no niaritra fanenjehana. Tsy vitsy no namoy ny ainy noho ny fandavany tsy hanao tsinontsinona ny Sabata ka hitandrina ireo fetim-pivavahana jentilisa. Rehefa nitsangana hanapotika ny fahamarinana ny mpanompo sampy dia nampifanatrehan' i Jehovah tamin' ny mpanjaka sy ny mpifehy ny mpanompony, mba hahazoan' izy ireo sy ny vahoakany mandray ny fahazavana. Imbetsaka no voatarika hitory ny amin' ny ftahefana fara-tampon' Ilay Andriamanitra nivavahan' ireo Hebreo nobaboiny ireo mpanjaka lehibe indrindra ireo. {IFM 20.4}

Tena nahasitrana marina ny Isiraelita tamin' ny fivavahana amin' ny sary voasikotra mihitsy ny nahababo azy tany Babylona. Nandritra ireo taonjato manaraka izany. dia niaritra ny fampahoriana nataon' ireo fahavalony jentilisa izy ireo mandra-piaikiny fa miankina amin' ny fankatoavany ny lalàn' Andriamanitra ny fanambinana azy ka tonga raikitra tao an-tsainy izany. Nefa ny fankatoavana teo amin' ny ankamaroan' ny vahoaka dia tsy nentanin' ny fitiavana. Fitiavan-tena no nitarika an' izany. Fanompoana miseho ivelany no natolony tamin' Andriamanitra mba ho fitaovana hahatrarany ny fahalehibeazan' ny firenena. Tsy nanjary fahazavan' izao tontolo izao izy. fa nisaraka tamin' izao tontolo izao. mba handosirany ny fakam-panahy tsy hanompo sampy. Tamin' ny baiko nomeny tamin' ny alalan' i Mosesy. dia noferany ny fikambanany tamin' ny mpanompo sampy ; diso anefa ny nandraisana io fampianarana io. Natao izany mba hisakanana ny fomba amam-panao jentilisa. Nampiasaina anefa izany mba hananganana rindrina fampisarahana ny Isiraely sy ireo firenena hafa rehetra. Lanitra ho azy no fiheveran' ny Jiosy an' i Jerosalema, ary tena nahasaropiaro azy fatratra ny hanehoan' i Jehovah famindrampo amin' ny jentilisa. {IFM 21.1}

Rehefa niverina avy tany Babylona izy ireo, dia nasiana fiheverana betsaka ny momba ny fampianarana fivavahana. Nanerana ny tany manontolo, dia natsangana ny synagoga, izay toerana namelabelaran' ny mpisorona sy ny mpanora-dalàna ny lalàna. Naorina koa ny sekoly izay sady nampianatra ny zava-kanto sy ny siansa, no nolazaina koa fa nampianarana ireo foto-kevitry ny fahamarinana. Nanjary simba anefa ireo fitaovana nampiasaina ireo. Nandritra ny fahababoana, dia betsaka ny olona no efa nandray ny fisainana sy ny fomba amam-panao jentilisa, koa ireny no nampidirina teo amin' ny fanompoam-pivavahana nataony. Nanaraka ny fanaon' ny mpanompo sampy izy tamin'

ny zavatra maro. {IFM 21.2}

Raha niala tamin' Andriamanitra ny Jiosy dia very betsaka; tsy teo imason' ny maro intsony ny fampianarana momba ny fanompoam-pivavahana. Kristy mihitsy no efa nanorina io fanompoam-pivavahana io Tandindona milaza Azy izany teo amin' ny lafiny rehetra; koa feno aina sy rakotry ny hatsaran-tarehy arapanahy izany. Very leo amin' ny Jiosy anefa ny fiainana ara-panahy teo amin' ny lanompoam-pivavahana nataony. ary nifikitra tamin' ny lomba maty tsy misy aina izy. Ny fisoronana sy ny fitsipika no nilokisany. fa tsy niankina tamin' Ilay notondroin' ireo izy. Mba hamenoana ny banga noho ireo zavatra efa veriny. dia nampitomboin' ny mpisorona sy ny raby ny fitakiana nataony ; ary arakaraka ny nampihenjana azy ireo no nampihena ny fitiavan' Andriamanitra nasehony. Ny habetsahan' ny fanompoam-pivavahana nataony no namarany ny lahamasinany, nefa ny fony dia feno avonavona sy fihatsarambelatsihy. {IFM 21.3}

Nanjary tsy azo notanterahina mihitsy ny fitandremana ny lalàna noho ireo baiko mahasorena mikasika ny antsipiriany madinika rehetra nataon' izy ireo. Izay naniry ny hanompo an' Andriamanitra ka niezaka koa hankatò ny fitsipika nomen' ny raby, dia nisahirana maty nitondra enta-mavesatra. Tsy nety nahita fitsaharana izy noho ny fiampangan' ny feon' ny fieritreretana tsy mandry. Toy izany no niasan' i Satana mba hanakiviana ny vahoaka. ka nampidirany fiheveran-diso amin' ny toetra amam-panahin' Andriamanitra, ary hanazimbazimbana ny finoan' ny Isiraely. Nanantena ny hampitoetra ny teny nitompoany izy, fony nikomy tany an-danitra, (izay milaza) fa tsy rariny ny fitakian' Andriamanitra ary tsy hita ho hankatoavina izany. Na dia ny Isiraely aza. hoy ny filazany, isy nitandrina ny lalàna. {IFM 22.1}

Naniry ny fiavian' ny Mesia ny Jiosy, nefa diso ny fiheverany ny asa nanirahana Azy. Tsy nitady fanavotana ny amin' ny fahotana izy ireo. fa fanafahana amin' ny Romana. Nanantena izy fa Ilay Mesia ho avy dia ho mpandresy, hanafaka ny fahefan' ny mpanageja azy ireo. ary hanandratra ny Isiraely ho amin' ny fanapahana an' izao tontolo izao. Toy izany no nahavoaomana ny lalana handavana ny Mpamonjy. {IFM 22.2}

Tamin' ny fotoana nahaterahan' i Kristy dia sorena ny firenena teo ambanin' ny tìfehezan' ny vahiny notompoiny. sady nampahorian' ny ady an-trano. Navela hanana endriky ny titondrampanjakana malialeo tena ny Jiosy : tsy azo nafenina anefa fa teo ambanin' ny ziogan' ny Romana izy. ary tsy nekeny ny famerana natao tamin' ny fahefany. Notakian' ny Romana ho zony ny manondro na manala ny mpisoronabe. ka matetika fisolokiana. kolikoly sy vonoan' olona aza no nahazoana io toerana io. Noho izany. dia nanjary nihanaloto hatrany ny asan' ny mpisorona. Mbola nanana fahefana lehibe ihany ny mpisorona na dia izany aza, ary nampiasainy ho fitiavan-tena sy hitadiavam-bola izany. Nilefitra teo ambanin» ireo fitakiany tsy nisy tamindrampo ireo ny vahoaka sady novesaran' ny Romana hetra be rahateo koa. Nahatonga tsy

fahafahampo hatraiza hatraiza izany toe-javatra izany. Matetika no nisy fikomiana teo amin» ny vahoaka. Nikiky ny atifon» ny firenena ny fangoronan-karena ho an' ny tena sy ny herisetra, ny tsy fitokisana sy ny tsy firaihana ara-panahy. {IFM 22.3}

Ny fankahalany ny Romana, ary ny hambom-po amin' ny maha firenena Jiosy azy sy teo amin' ny fiainana ara-panahy, dia nampifikitra mafy azy tamin' ny fomba fanormpoam-pivavahana teo aminy. Niezaka ny mpisorona hitana ny lazany ho masina tamin' ny fanarahany amin' ny antsipiriany ireo fanompoampivavahana. Ny vahoaka, izay tao amin' ny haizina sy ny fanagejana sy ny mpifehy izay nangetaheta fahafahana, dia naniry mafy ny fiavian' Ilay handresy ny fahavalony ka hamerina mdray ny fanjakana amin» ny Isiraely. Nianatra ny faminaniana izy ireo. fa tsy azony ny lafiny ara-panahy. Noho izany dia nataony an-tsirambina ireo tenin' ny Soratra Masina manondro ny fietren' i Kristy amin» ny fiaviany voalohany. ary diso ny fampiharany ny teny izay milaza ny voninahitry ny fiaviany fanindroany. Nanamaizina ny fomba fijeriny ny avonavona. Araka ny faniriany feno fitiavan-tena no nandraisany ny faminaniana. {IFM 23.1}

## Toko 3—Tonga ny fotoan'andro

«Fa rehefa tonga ny totoan' andro, dia nirahin' Andriamanitra ny Zanany . . . (hanavotra) izay ambanin' ny lalàna, mba handraisantsika ny fananganan' anakaw»1 {IFM 25.1}

Voalaza mialoha tany Edena ny fiavian' ny Mpamonjy. Rehefa ren' i Adama sy Eva tamin' ny voalohany ny teny fikasana, dia nanantena izany ho tanteraka vetivety izy. Noraisiny tamim-pifaliana ny zanany lahimatoa. ary nantenainy fa izy no ho Mpagafaka. Naharitra ela anefa ny fahatanterahan' ny teny fikasana. Maty tsy nahita izany ireo izay nandray azy voalohany. Hatramin' ny andron' i Enoka dia naverimberina tamin' ny alalan' ireo patriarka sy mpaminany ny teny fikasana, ka namelombelona hatrany ny fanantenana ny amin' ny fisehoany, nefa mbola tsy tonga Izy. Nasehon' ny faminanian' i Daniela ny fotoana iaviany ; tsy ny rehetra anefa no nahazo ny hafatra araka izay izy. Lasa nifandimbindimby ny taonjato ; nangina ny feon' ny mpaminany. Nitambesatra tamin' ny Isiraely ny tanan' ireo mpanao tsindry hazo lena, koa betsaka no efa niteny hoe : «Mihaela ny andro, ary tonga tsinontsinona ny fahitana rehetra» 2. {IFM 25.2}

Nefa tahaka ireo kintana mihodinkodina eo amin' ny lalana midadasika nofaritana ho azy, dia tsy mirotoroto na mitaredretra ny fikasan' Andriamanitra. Tamin' ny alalan' ny tandindona nasehon' ny haizina mikitroka sy ny fatana fandoroana mivoatsetroka no nanambaran' Andriamanitra tamin' i Abrahama ny fanandevozana ny Isiraely tany Egypta, sy nilazany fa haharitra efa-jato taona ny hitoerany any. «Ary rehefa afaka izany, hoy Izy, dia hivoaka mitondra harem-bevava izy»3 Ho very maina ny ady ataon' ny fahefana rehetra teo amin' ny fanjakana mireharehan' i Farao hanoherana izany teny izany. «Tamin' izany andro izany indrindra. izay voalazan' ny teny fikasan' Andriamanitra. no nivoahan' ny antokony rehetra izay an' i Jehovah tamin' ny tany Egypta»4Toy izany koa. efa tapaka tao amin' ny filan-kevitry ny lanitra ny ora iavian' i Kristy. Rehefa nanondro io ora io ny famantaranandro, dia teraka tany Betlehema Jesosy. {IFM 25.3}

«Rehefa tonga ny fotoan' andro dia nirahin' Andriamanitra ny Zanany». Ny fitondran' Andriamanitra no nitarika ny fizotry ny firenena sy ny fisamontan' ny fìhetseham-pon' olombelona sy ny hery miasa mangina avy aminy. mandra-pahamasak' izao tontolo izao ho amin' ny fiavian' Ilay Mpanafaka. Tafaray tao amin' ny fitondram-panjakana tokana ny firenena. Nisy fiteny iray nampiasaina tamin' ny toerana betsaka, ary nekena hatraiza hatraiza ho fiteny fampiasa amin' ny haisoratra izany. Nivory tao Jerosalema hanatrika ny andro firavoravoana fanao isan-taona ireo Jiosy niely tany amin' ny tany rehetra. Rehefa niverina tany amin' ny toerana nisy azy ireo. dia afaka nampiely ny vaovao momba ny fiavian' ny Mesia eran' izao tontolo izao. {IFM 26.1}

Tamin' izany fotoana izany dia tsy nanan-kery firy tamin' ny vahoaka intsony ny

rafitra nisy teo amin' ny fivavahana jentilisa. Valalanin' ny tantara sy ny angano ny olona. Naniry mafy ny fivavahana izay mety hahafa-po ny fanahiny izy. Toa niala teo amin' ny olona ny fahazavan' ny fahamarinana, nefa nisy fanahy izay nitady fahazavana ary feno fahaverezan-kevitra sy alahelo. Nangetaheta fahalaiana ny amin' Andriamanitra velona izy, sy fanomezan-toky momba ny fiainana any ankoatry ny fasana. {IFM 26.2}

Rehefa niala tamin' Andriamanitra ny Jiosy, dia nihamatromatroka ny finoana, ary efa saiky nitsahatra tsy hanazava intsony ny ho avy ny fanantenana. Tsy azo ny dikan' ny tenin' ny mpaminany. Zava-miafina mahatahotra ny fahafatesana teo amin' ny sarambabem-bahoaka; mampisalasala sy manjombona ny any ankoatra. Tsy ny fitarainan' ny reny tao Betlehema fotsiny. fa ny fitarainana sy ny finananan' ny fon' ny taranak' olombelona manontolo koa no nentina teo amin' ny mpaminany nanavatsava ny taonjato nifandimby, — dia ilay feo re tao Rama, «dia fidradradradrana sy fitomaniana fatratra. Rahely nitomany ny zanany, ary tsy azo nampiononina izy, satria lany ritra ireny»5 {IFM 26.3}

Tsy azo ampiononina ny olona izay nitoetra tao amin' ny aloky ny fahafatesana. Manina dia manina ny fijeriny mibanjina ny tiavian' Hay Mpanafaka, raha hisava ny haizina. ary hazava ny zava-miafina momba ny ho avy. {IFM 27.1}

Nisy olona tsy tao amin' ny firenena jiosy nanambara mialoha ny fisehoan' ny mpampianatra avy amin' Andriamanitra. Nikatsaka ny fahamarinana ireny olona ireny ka nomena azy ny Fanahy Izay nanindry mandry azy. Nifandimby tahaka ny kintana eny amin' ny lanitra anaty haizina ny fisehoan' ny mpampianatra toy izany. Nampitsiry fanantenana tao am-pon' ny olona an' arivony tany amin' izao tontolo izao jentilisa ny teny faminaniana nentiny. {IFM 27.2}

Efa an-jato taona maro no nandikana ny Soratra Masina tamin' ny teny Grika. izay nampiasaina hatraiza hatraiza nanerana ny fanjakana Romana. Niparitaka hatraiza hatraiza ny Jiosy. koa nisy jentilisa niray fanantenana taminy momba ny fiavian' ny Mesia. Teo amin' ireo izay nataon ny Jiosy hoe mpanompo sampy dia nisy olona izay nahatakatra bebe kokoa ireo faminaniana tao amin' ny Soratra Masina mikasika ny Mesia mihoatra noho ireo mpampianatra tao amin' ny Isiraely. Nisy nanantena ny fiaviany amin' ny mahampanafaka ny fahotana Azy. Niezaka ny handinika ireo zavamiafin' ny fanompoam-pivavahana hebreo ireo mpanao «filozòfia». Nefa nanakana ny fiparitahan' ny fahazavana ny fitompoan-teny fantatra nasehon' ny Jiosy. Satria nokasain' izy ireo ny hitana izay mampisaraka azy amin' ny firenena hafa, dia tsy nampazoto azy ny hizara ny fahalaiana mbola nananany mikasika ny fanompoampivavahana ara-tandindona. Tsy. maintsy ho avy Ilay tena Mpanazava izany marina. Ilay nasehon' ireo tandindona rehetra ireo no tsy maintsy hanazava ny dikany. {IFM 27.3}

Niteny tamin' izao tontolo izao Andriamanitra tamin' ny alalan' ny zava-boahary,

tamin' ny alalan' ny tandindona sy sary aman' ohatra, tamin' ny alalan' ny patriarka sy mpaminany. Misy lesona tsy maintsy homena ny taranak' olombelona amin' ny fitenin' olombelona. Tsy maintsy hiteny Ilay Iraky ny fanekena. Tsy maintsy ho re ao amin' ny tempoliny ny feony. Tsy maintsy ho avy Kristy hila/.a teny ho azo mazava tsara tsy hisy hisalasalana.

Ilay niavian' ny fahamarinana no tsy maintsy hampisaraka ny marina sy ny akofa eo amin' ny teny lazain' ny olona, izay nahatonga ny fahamarinana ho tsy nisy asany. Tsy maintsy faritana mazava tsara ireo foto-kevitry ny fanjakan' Andriamanitra sy ny drafitry ny famonjena. Tsy maintsy haseho amin' ny fahafenoany ireo lesona ao amin' ny Test amenta Taloha. {IFM 27.4}

Teo amin' ireo Jiosy dia mbola nisy fanahy nifahatra tsara, taranak' ireo olo-masina izay nitahiry ny fahalaana an' Andriamanitra. Mbola nibanjina ilay fanantenana momba ny teny fikasana natao tamin' ny razambeny izy ireo. Nampahery ny finoany ny fitoerany teo amin' ilay toky nomena tamin' ny alalan' i Mosesy hoe : «Mpaminany no hatsangan' i Jehovah Andriamanitra ho anareo avy amin' ny rahalahinareo, tahaka ahy ; izy no hohenoinareo amin' izay rehetra holazainy aminareo» 6 Izao koa no novakiany mikasika ny fomba hanosoran' i Jehovah Ilay «hitory teny soa mahafaly amin' ny mpandefitra». Ilay «hahasitrana ny torotoro fo», ary hitory fanafahana amin' ny babo sy hamoaka ny ao an-tranomaizina», ary hitory taona ankasitrahan' i Jehovah» 7 Novakiany ny fomba hanorenany «ny rariny amin' ny tany». novakiany fa «hiandry ny lalàny» ny nosy, ny «firenena» manatona ny fahazavany ary ny mpanjaka mankeo amin' ny famirapiratan' ny fiposahany» 8 {IFM 28.1}

Nahafeno fanantenana azy ny tenin' i Jakoba raha efa ho faty izy nanao hoe : «Ny tehim-panjakany tsy hiala amin' i Joda na ny tehina fanapahana eo anelanelan' ny tongony, mandra-pahatongan' i Silo»9 Vavolombelon' ny maha-antomotra ny fiavian' ny Mesia ny fihilanan' ny fahefan' ny Isiraely. Ny faminanian' i Daniela dia naneho an-tsary ny voninahitry ny fanjkana' ny Mesia amin' ny fanjakana izay tokony handimby ny fanjakana rehetra eto an-tany ; ary hoy ny mpaminany hoe : «izay tsy ho rava mandrakizay» 10 Vitsy no nahazo ny tena toetry ny asa nanirahana an' i Kristy, nefa nitatra hatraiza hatraiza ny fanantenana ny fiavian' Ilay Andriandehibe izay hanorina ny fanjakany ao amin' ny Isiraely, sy ho avy, amin' ny maha-Mpanafaka ny firenena Azy. {IFM 28.2}

Tonga ny fotoan' andro. Niantso ny fiavian' ny Mpanavotra ny taranak' olombelona izay nitotongana hatrany nandritra ireo taona maro nifandimby izay nandikany ny lalàna. Efa niasa mafy i Satana ahatonga ny hantsana manelanelana ny tany sy ny lanitra ho lalina ka tsy azo hiampitana. Nitarika ny olona ho sahisahy amin' ny ota izy tamin' ny alalan' ny hevi-diso natsofony. Ny zavatra nokendreny dia ny hahavalaka ny faharipon' Andriamanitra sy ny hahalevona ny fitiavany ny olombelona ka havelany eo ambanin' ny

fahefan' i Satana. {IFM 28.3}

Nokatsahin' i Satana izay hanakanana ny olona tsy hahalala an' Andriamanitra sy izay hampitodika ny sainy tsy hijery ny tempolin' Andriamanitra. ary izay hampiorina ny fanjakany. Toa saiky efa nahomby tanteraka ny ady nataony handraisany ny fahefana fara-tampony. Marina fa manana ny olona ampiasainy Andriamanitra amin' ny taranaka rehetra. Na dia teo amin' ny mpanompo sampy aza dia nisy olona niasan' i Kristy mba hanandratra ny vahoaka hiala amin' ny fahotany sy ny fitotonganany. Nefa nohamavoina sy nankahalaina ireny olona ireny. Betsaka tamin' izy ireo no nizaka fahafatesana mahatsiravina. Ny aloka mainty izay nasaron' i Satana an' izao tontolo izao dia nihamaizina hatrany. {IFM 29.1}

Tamin' ny alalan' ny fanompoan-tsampy no nanodinan' i Satana ny olona hanalavitra an' Andriamanitra nandritra ny taona maro nifandimby : fa ny fandresena lehibe azony dia tamin' ny nanimbany ny finoan' ny Isiraely. Ny fibanjinany sy ny fankalazany ny hevitry ny tenany no nahavery ny fahalaiana an' Andriamanitra teo amin' ny mpanompo sampy, ka niharatsy sy niharatsy hatrany izy ireo. Toy izany koa tamin' ny Isiraely. Ny foto-kevitra nilaza fa mahavonjy ny tenany ny olona amin' ny alalan' ny asany no fototra iorenan' ny fivavahana mpanompo sampy rehetra ; ankehitriny dia nanjary fotokevitra iorenan' ny fivavahana jentilisa izany. Satana no efa nampitoetra io foto-kevitra io. Na aiza na aiza ijoroan' izany dia tsy misy fefy miaro ny olona amin' ny fahotana. {IFM 29.2}

Tamin' ny alalan' ny olombelona no nampitana ny hafatry ny famonjena tamin' ny olona. Nefa nataon' ny Jiosy izay aha-tompon' izy ireny ny fahamarinana izay fiainana mandrakizay. Nangoniny sy notehiriziny ny mana velona ka simba. Nanjary fanafintohinana ny fivavahana izay niezahany hotazonina ho azy samirery. Nandroba an' Andriamanitra tamin' ny voninahiny izy, ka namitaka an' izao tontolo izao tamin' ny alalan' ny filazantsara sandoka. Efa nandà ny hilefitra amin' Andriamanitra izy ho famonjena an' izao tontolo izao, ka nanjary fiasan' i Satana ho fandravana azy. {IFM 29.3}

Ny vahoaka izay efa nantsoin' Andriamanitra mba ho andry sy ho fototra iorenan' ny fahamarinana, dia nanjary solontenan' i Satana. Nanao ny asa tian' i Satana ataony izy ary nanana fihetsika izay nandiso ny toetra amam-panahin' Andriamanitra ka nahatonga an' izao tontolo izao hihevitra Azy ho tsy refesi-mandidy. Ireo mpisorona koa aza. izay nanao fanompoam-pivavahana tao amin' ny tempoly dia nanary ny dikan' ny fanompoam-pivavahana notanterahiny. Nijanona tsy nijery ny tena zavatra an-koatry ny tandindona izy. Tahaka ny mpilalao an-dapihazo izy raha nitondra ny fanatitra natao sorona. Ny baiko nomen' Andriamanitra mihitsy aza dia nanjary fomba nanamaizina ny saina sy nanamafisana ny fo. Tsy misy na inona na inona intsony azon' Andriamanitra atao amin' ny alalan' ireo fantsona ireo. Tsy maintsy ho foanana ny rafitra

manontolo. {IFM 30.1}

Tonga amin' ny fara-tampony ny fitaka nataon' ny fahotana. Niditra an-tsehatra avokoa ny fiasana rehetra mba hanimba ny fanahin' ny olona. Raha nijery an' izao tontolo izao ny ZanakAndriamanitra, dia fahoriana sy fahantrana no hitany. Tamimpangorahana no nahitany ny fomba nahatonga ny olona ho hazan' i Satana ka nampahoriany fatratra. Nahonena Azy ny nijery ireo izay nanjary ratsy fanahy, izay novonoina sy very. Efa nifidy mpifehy izay namatotra azy tamin' ny gadra teo amin' ny kalesiny toy ny babo izy. Very hevitra sy voafitaka izy raha nandroso hitanjozotra ho any amin' ny fandringanana mandrakizay, — ho amin' ny fahafatesana izay tsy misy fanantenan' ny fiainana, ho amin' ny alina izay tsy dimbiasan' ny maraina. Nampidirina hiara-miasa amin' ny olona ny anjelin' i Satana. Nanjary fonenan' ny demonia ny tenan' ny olombelona izay natao itoeran' Andriamanitra. Niasa tamin' ny retsika samihafa. tamin' ny hozatra, tamin' ny fihetseham-po mahery vaika, tamin' ny taovan' ny olombelona ireo anjely manankery ambonin' ny an' ny olombelona ka nampanaram-po ny fironana ambany indrindra. Ny mariky ny demonia mihitsy no voapetaka teo amin' ny tavan' ny olona. Nitaratra ny endrik' ireo legionan' ny ratsy izay nameno azy ny tarehin' ny olombelona. Toy izany no fanombatombanana nobanjinin' Ilay Mpanavotra an' izao tontolo izao. Toe-javatra manao ahoana re izany eo imason' Ilay Fahadiovana tsy manam-petra ! {IFM 30.2}

Nanjary «siansa» ny fahotana, ary natokana ho anisan' ny fivavahana ny toetra ratsy. Latsaka lalina tao am-po ny fakan' ny fikomiana, ary nahery vaika indrindra ny fandrafian' ny olombelona ny lanitra. Naseho mazava teo anatrehan' izao tontolo izao. fa raha misaraka amin' Andriamanitra ny taranak' olombelona dia tsy tafasandratra. Tsy maintsy misy aina sy hery vaovao hozarain' Ilay nanao an' izao tontolo izao. {IFM 30.3}

Liana dia liana tokoa ireo izao tontolo izao tsy lavo nanaramaso raha hitsangana Jehovah, ka hanao indray mifafa ny mponin' ny tany. Raha nanao izany Andriamanitra. dia vonona i Satana hanatanteraka ny drailtra nataony mba hahazoany antoka ny fanarahan' ny mponin' ny lanitra azy. Efa nambarany la ny foto-kevitra iorenan' ny fanjakan' Andriamanitra dia mahatonga ny famelan-keloka ho tsy azo tanterahina. Raha noravana izao tontolo izao, dia ho azony natao ny nilaza fa mitoetra ny fiampangany. Vonona ny hanome tsiny an' Andriamanitra izy. sy hanitatra ny tikomiana any amin' ireo izao tontolo izao any ambony. Nefa tsy nandrava an' izao tontolo izao Andriamanitra, fa nirahiny ny Zanany hamonjy azy. Na dia faharatsiana sy tsy fitokisana aza no hita teo amin' io faritany nanalavitra Azy io, dia nisy lalana nomanina mba hamerenana azy. Tamin' ny fotoan-tsarotra indrindra. izay toa handresen' i Satana. dia tonga ny Zanak' Andriamanitra nitondra ny fahasoavan' Andriamanitra. Tamin' ny andro rehetra, tamin' ny ora rehetra. dia efa niasa ho an' ny taranaka lavo ny fitiavan' Andriamanitra. Na dia teo aza ny faharatsian' ny olombelona. dia naseho mazava hatrany ny fanambaran' ny

famindrampo. Koa rehefa tonga ny fotoan' andro, dia nomem-boninahitra Ilay Andriamanitra tamin' ny nampitosahana teo amin' izao tontolo izao ny riam-pahasoavana manasitrana izay tsy ho voasakana na oviana na oviana. na hajanona mandra-pahatanteraka ny drafitry ny famonjena. {IFM 31.1}

Nibitaka i Satana satria nahomby izy teo amin' ny nanimbany ny endrik' Andriamanitra teo amin' ny taranak' olombelona. Tonga ary Jesosy namerina ny endrik' Ilay Mpanao azy teo amin' ny olombelona. Tsy misy afa-tsy Kristy irery ihany ho afaka hamolavola indray ny toetra amam-panahy izay ravan' ny fahotana. Tonga Izy handroaka ny demonia izay efa nifehy an' izao tontolo izao. Tonga Izy hanandratra antsika hiala amin' ny vovoka, hanamboatra indray ny toetra amam-panahy efa simba ho araka ny ohatry ny toetra amam-panahin' Andriamanitra, ka hahatonga azy hanana ny hatsaran-tarehin' ny voninahitry ny tenany. {IFM 31.2}

## Toko 4—Mpamonjy no teraka ho anareo

Nidina sy nietry tokoa ny Mpanjakan' ny voninahitra mba handraisany ny mahaolombelona. Tsy mahay manaja sady kitokitoina ireo mpiara-monina taminy teto an-tany. Nosaronana ny voninahiny, mba tsy hanjary zava-manintona ny olona ny fahalehibeazan' ny endriny ivelany. Nialany izay fisehosehoana ivelany rehetra. Ny harena, ny voninahitra araka izao tontolo izao sy fahambonian' olombelona dia tsy afaka hamonjy na oviana na oviana fanahy iray amin' ny fahafatesana ;nokendren' i Jesosy ny tsy fisian' ny zavatra ara-nofo hiantso ny olona hiandany Aminy. Ny hakanton' ny fahamarinan' ny lanitra ihany no tsy maintsy hitaona izay tahanaraka Azy. Efa ela no voambara mialoha tao amin' ny faminaniana ny toetra amam-panahin' ny Mesia, koa niriny ny haneken' ny olona Azy noho ny teny vavolombelona ao amin' ny tenin' Andriamanitra. {IFM 33.1}

Nahazendana ny anjely ilay drafitry ny fahendrena be voninahitra. Nahaliana azy fatratra ny hahita izay fomba handraisan' ny vahoakan' Andriamanitra ny Zanany nitafy ny endriky ny mahaolombelona. Nisy anjely tonga namangy ilay vahoaka voafidy. Ny firenenana hafa tamin' izay dia nanaraka anganongano nanompo andriamani-tsi-izy. Teo amin' ny tany izay efa nanehoana ny voninahitr' Andriamanitra, sy namirapiratan' ny voninahitry ny faminaniana no nahatongavan' ny anjely. Tsy hitan' i Jerosalema ny nahatongavan' izy ireo, tsy hitan' ireo izay notendrena hamelabelatra ny Teny Masina sy ireo mpanao fanompoana tao amin' ny tranon' Andriamanitra. Efa nambara tamin' i Zakaria mpisorona rahateo ny fahakaikezan' ny fiavian' i Kristy raha nanao famonoana teo anoloan' ny alitara izy. Efa teraka rahateo ny mpialoha lalàna, ary nohamafisin' ny fahagagana sy ny faminaniana, ny asa nanirahana azy. Efa niparitaka hatraiza hatraiza ny vaovao momba ny nahaterahany sy ny hevitra mahagaga raketin' ny asa nanirahana Azy. Nefa tsy vonona i Jerosalema handray ny Mpanavotra azy. {IFM 33.2}

Gaga ireo mpitondra hafatry ny lanitra nahita ny tsy firaihan' ny vahoaka izay nantsoin' Andriamanitra hampita ny fahazavan' ny fahamarinana masina ho an' izao tontolo izao. Narovana ny firenena jiosy mba ho vavolombelona fa ao amin' 'ny taranak' i Abrahama sy ny firazanan' i Davida no hahaterahan' i Kristy ; tsy fantany anefa fa akaiky izao ny fiaviany. Nanondro ny Zanak' ondrin' Andriamanitra isan' andro ny fanatitra fanao maraina sy hariva tao amin' ny tempoly, nefa na dia tao aza dia tsy nisy fiomanana handray Azy. Tsy fantatr' ireo mpisorona sy mpampianatra hafa tao amin' ny firenena fa efa hiseho ilay toe-javatra lehibe indrindra tamin' ny andro nifandimby rehetra. Namerimberina ny fivavahany tsy misy dikany izy ireo ary notontosainy ireo fombam-pivavahana mba ho hitan' ny olona. nefa nifaninana hahazo harena sy voninahitra araka izao tontolo izao izy fa tsy vonona tamin' ny fisehoan' ny Mesia. Io tsy firaihana io ihany no nanenika ny tanin' Isiraely. Tsy nampihontsona ny fo feno fitiavantena sy feno an' izao tontolo izao ilay fifaliana mampangitakitaka ny lanitra manontolo. Vitsy ihany ireo izay manina ny hahita Ilay tsy hita. Ireo no nandefasana ny iraka avy any

an-danitra {IFM 34.1}

Nisy anjely niaraka tamin' i Josefa sy Maria teo amin' ny diany niala tao an-tokantranony ho any Nazareta, tanànan' i Davida. Nipaka hatrany amin' ireo mponina tao amin' ny vohitr' i Galilia ny didy navoakan' ny Amperora tany Roma momba ny fanisam-bahoaka tao amin' ny fanjakany midadasika. Tahaka ny niantsoana an' i Kirosy fahiny teo amin' ny seza fiandrianan' ny fanjakana nanerana an' izao tontolo izao mba hanafahana ireo olon' i Jehovah babo tamin' izay, dia toy izany koa. Aogosto Kaisara. nampiasaina ho fanatanterahana ny fikasan' Andriamanitra ahatongavan' ny renin' i Jesosy any Betlehema. Taranak' i Davida izy, ary ilay Zanak' i Davida dia tsy maintsy ho teraka ao amin' ny tanànan' i Davida. Avy ao Betlehema, hoy ny mpaminany, «no hivoahan' Izay anankiray ho mpanapaka ho Ahy ao amin' Isiraely; hatry ny fahagola no efa nivoahan' izany, dia hatrizay hatrizay»1 Nefa tsy nisy nahafantatra ary tsy nisy nanaja an' i Josefa sy Maria tao amin' ilay tanàna nahataranak' andriana azy. Sasatra sady tsy nahita izay hitoerany izy, nitety ilay lalana ety tamin' ny halavany manontolo, avy eo ambavahadin' ny tanàna ka hatrany an-tendrony atsinanan' ny tanàna, nitady toerana hialana sasatra ho amin' ny alina fa tsy nahita. Tsy nisy toerana ho azy tao amin' ny tranom-bahiny efa hibok' olona. Tao amin' ny toerana ratsiratsy fametrahana ny biby no nahitany fialofana nony farany, ary tao ny Mpanavotra an' izao tontolo izao no teraka. {IFM 34.2}

Tsy fantatry ny olona izany, nefa nahafeno haravoana ny lanitra ny vaovao mahafaly. Voasarika teto an-tany ireo masina avy amin' izao tontolo izao feno hazavana noho izy ireo liana bebe kokoa sy nentanim-pitiavana bebe kokoa. Namirapiratra ny fanatrehan' i Kristy izao tontolo izao. Nitangorona teo ambonin' ny havoanan' i Betlehema ireo anjely alinkisa. Niandry ny famantarana izy ireo mba hanambarany ny vaovao mahafaly tamin' izao tontolo izao. Raha nahatoky tamin' ny hafatra napetraka taminy ireo mpitarika tao Isiraely, dia nety ho nandray anjara tamin' ny fanambarana ny fahaterahan' i Jesosy izy. Nefa nodinganina izy izao. {IFM 35.1}

Hoy Andriamanitra hoe : «Fa handatsaka rano amin' izay mangetaheta Aho, ary riaka ho amin' izay tany karankaina». «Ao amin' ny maizina no iposahan' ny mazava ho an' ny mahitsy»2 Ho an' izay mitady mazava, ka mandray izany amim-pifaliana no hamirapiratan' ny tara-pahazavana avy amin' ny seza fiandrianan' Andriamanitra. {IFM 35.2}

Tao amin' ireo saha izay nitondran' i Davida ny andian' ondry fony izy mbola kely, no mbola niaretan' ireo mpiandry ondry tory tamin' ny alina. Nandritra ireo ora mangina ireo dia niresaka ny amin' Ilay Mpamonjy nampanantenaina izy, ka nivavaka mba hiavian' Ilay Mpanjaka ho eo amin' ny seza fiandrianan' i Davida. «Ary nisy anjelin' ny Tompo nitsangana teo anilany, ary ny voninahitry ny Tompo nanelatrelatra manodidina azy, ka raiki-tahotra indrindra izy. Ary hoy ny anjely taminy: Aza matahotra ; fa indro,

milaza teny soa mahafaly aminareo aho, dia fifaliana lehibe izay ho an' ny olona rehetra ; fa Mpamonjy no teraka ho anareo anio ao antanànan' i Davida, dia Kristy Tompo. {IFM 35.3}

Raha nandre izany ireo mpiandry ondry nanongilan-tsofina, dia fahitana be voninahitra no nameno ny sainy. Tonga Ilay Mpanafaka an' Isiraely ! Fahefana, fankalazana. fandresena, izany no tafaray amin' ny fiaviany. Tsy maintsy manomana azy ireo anefa ny anjely amin' ny famantarany Ilay Mpamonjiny ao amin' ny fahantrany sy ny fanetren-tenany. «Ary izao no ho famantarana ho anareo». hoy izy ; «hianareo hahita zazakely voahodidina lamban-jaza sady mandry ao am-pihinanam-bilona»3 {IFM 36.1}

Nampitony ny tahotr' izy ireo ilay mpitondra hafatra avy any an-danitra. Nolazainy taminy ny fomba ahitany an' i Jesosy. Nitsimbina tamim-pitiavana ny fahalemena eo amin' ny maha-olombelona azy ireo izy ka nisy fotoana navelany aloha ahazatra azy amin' ny famirapiratan' Andriamanitra. Rehefa izany dia tsy azo nafenina intsony ny fifaliana sy ny voninahitra. Nohazavain' ny famirapiratan' ireo tafik' Andriamanitra ny lohasaha manontolo. Nangina ny tany, ary niondrika ny lanitra nihaino ny hira manao hoe : {IFM 36.2}

*Voninahitra any amin' ny avo indrindra ho an' Andriamanitra! Ary fiadanana ho ety ambonin' ny tany amin' ny olona ankasitrahany». {IFM 36.3}*

O! Raha mba ren' ny taranak' olombelona moa io hira io ankehitriny! Ny fanambarana natao tamin' izay, dia hihamafy hatrany mandra-pifaran' ny andro ka hanakoako hatrany amin' ny faran' ny tany. Rehefa hiposaka ny Masoandron' ny Fahamarinana. manana fanasitranana eo amin' ny tanany, dia horedonin' ny feon' ny vahoaka betsaka. toy ny ranobe mirohondrohana ny hira hoe : «Haleloia! Fa ny Tompo Andriamanitsika dia ny Tsitoha, no Mpanjaka»4 {IFM 36.4}

Rehefa niala ny anjely, dia lasa ny fahazavana. ary nilatsaka indray teo amin' ny havoanan' i Betlehema ny aloky ny alina. Nijanona tao an-tsain' ny mpiandry ondry anefa ny sary namirapiratra indrindra tsy mbola hitan' ny mason' olombelona. «Ary tamin' izany, rehefa niala teo aminy ireo anjely ireo ka nankany an-danitra, dia niresaka ireo lehilahy mpiandry ondry ka nanao hoe : Andeha isika hankany Betlehema ka hizaha izany zavatra vao tonga izany, izay nampahafantarin' ny Tompo antsika. Dia nandeha faingana izy ka nahita an' i Maria sy Josefa, ary ny Zazakely nandry teo ampihinanam-bilona». Feno fifaliana lehibe izy raha niala teo, ka nampahafantatra ny zavatra efa hitany sy reny. «Ary izay rehetra nandre dia gaga tamin' izay zavatra nolazain' ny mpiandry ondry taminy. Fa Maria kosa nitadidy izany teny rehetra izany ka nieritreritra azy tao am-pony. Ary ny mpiandry ondry niverina nankalaza an Andriamanitra». {IFM 36.5}

Tsy tafasaraka bebe kokoa noho ny tamin' ny fotoana nandrenesan' ny mpiandry

ondry ny hiran' ny anjely tsy akory ny lanitra sy ny tany. Mbola mikarakara ny taranak' olombelona ihany ny lanitra tahaka ny fony nisy olona tsotra nanana asa aman-draharaha tsotra mhaona tamin' ny anjely tamin' ny andro antoandro, ka niresaka tamin' ireo mpitondra hafatry ny lanitra tany amin ny tanimboaloboka sy tany an-tsaha. Mety ho tena akaiky antsika ny lanitra raha eo amin' ny lalan-tsarotry ny fiainana andavanandro isika. Hisy anjely avy any amin' ny lapa any ambony hanaraka ny dian' ireo izay mandeha manaraka ny baikon' Andriamanitra. {IFM 37.1}

Tahirin-kevitra tsy mety ritra ny tantaran' i Betlehema. Ao no iafenan' ny «halalin' ny haren' Andriamanitra sy ny fahendreny ary ny fahalalany»5! Mahagaga antsika ny sorona nataon' ny Mpamonjy tamin' ny nanakalozany ny seza fiandrianan' ny lanitra tamin' ny fihinanam-bilona, ary ny fiarahany tamin' ny anjely nitsaoka Azy. izay natakalony ny fiarahana tamin' ny biby tao an-tranonomby. Meloka eo anatrehany ny avonavon' ny olombelona sy ny fiheveran-tenany ho ampy. Nefa vao fiandohan' ny fietreny mahagaga izany. Efa tena ho fanambaniana tsy hita fetra ny Zanak' Andriamanitra ny nandray ny nofon' olombelona na dia tamin' ny fotoana tsy nananan' i Adama tsiny tao Edena aza. Nefa neken' i Jesosy ny nandray ny maha-olombelona efa trotraky ny efatra arivo taona nanjakan' ny fahotana. Tahaka ny zanak' i Adama rehetra dia nanaiky ny vokatry ny asan' ilay lalàna lehibe momba ny toetra ifandovana Izy. Ary inona no nasehon' izany vokatra izany teo amin' ny tantaran' ireo razambeny tety an-tany. Niaraka tamin' izany fandovana izany no nahatongavany mba hizakany ny fahoriana sy ny fakam-panahy mahazo antsika ary mba hanomezany antsika ny ohatry ny fiainana tsy misy fahotana. {IFM 37.2}

Tany an-danitra no efa nankahalan' i Satana an' i Kristy noho ny toerany tao amin' ny lapan' Andriamanitra. Vao mainka nitombo ny fankahalany azy rehefa nesorina tamin' ny toerany izy. Nankahala Azy izy raha natolony ny tenany hanavotana ny taranaky ny mpanota. Nefa teto amin' ity izao tontolo izao ity izay iamboan' i Satana fa fanjakany, no namelan' Andriamanitra hiavian' ny Zanany, ho zazakely tsy manan-kery. iharan' ny fahalemen' ny maha-olombelona. Navelany hisetra ny loza fahitan' ny fanahin' olombelona tsotra eo amin' ny fiainany izy, navelany hikatroka ny ady tsy maintsy hikatrohan' ny zanak' olombelona rehetra Izy, na dia nety nihatra taminy aza ny tsy fahombiazana sy ny fahaverezana mandrakizay. {IFM 37.3}

Malahelo ny zanany ny fon' ny ray olombelona. Mijery ny endriky ny zanany kely izy, ka tora-kovitra rehefa mieritreritra ny loza eo amin' ny fiainana. Iriny tokoa ny hiaro ny malalany amin' ny herin' i Satana, ny hihazona azy tsy ho tratran' ny fakampanahy sy ny ady Hiatrika ady mafaitra sy misy zava-doza mampahatahotra be lavitra no nanomezan' Andriamanitra ny Zananilahy tokana. mba ho azo antoka ho an' ireo zanatsika kely ny lalan' ny fiainana. «Indro ny fitiavana». Aoka ho gaga ny lanitra ary hitolagaga ny tany ! {IFM 38.1}

## Toko 5—Ny nanolorana Azy

Tokony ho efa-polo andro tatý aorian' ny nahaterahan' i Kristy dia nentin' i Josefa sy Maria Izy ho any Jerosalenia mba haseho eo anatrehan' i Jehovah, ary dia hanolotra fanatitra koa izy ireo. 1 Nifanaraka amin' ny lalana Jiosy izany. koa amin' ny maha-solovaikan' ny olona an' i Kristy dia tsy maintsy mifanaraka amin' ny lalàna amin' ny antsipiriany rehetra Izy. Efa nampiharina taminy ny fombafomba mikasika ny famorana. toy ny antokin' ny fankatoavany ny lalàna. {IFM 39.1}

Ny fanatitra fanaon' ny reny dia notakian' ny lalàna mba ho zanak' ondry herintaona no aterina ho fanatitra hodorana. ary zanaboromailala na domohina no atao fanatitra noho ny ota. Nefa misy fepetra ao amin' ny lalàna izay milaza fa raha mahantra loatra ny ray aman-dreny ka tsy afaka mitondra zanak' ondry, dia azo ekena ny zana-domohina roa na ny zana-boromailala roa, ny iray atao fanatitra hodorana, ary ny iray fanatitra noho ny ota. {IFM 39.2}

Tsy misy kilema ny fanatitra natolotra ny Tompo. Mampiseho an' i Kristy ireo fanatitra ireo, ka noho izany dia hita mazava fa tsy misy kilema ara-batana teo amin' i Jesosy, Izy no «zanak' ondry tsy misy kilema ary tsy nisy pentimpentina»2. Tsy nisy lesoka nahasembana ny rafi-batany ; natanjaka sady salama ny tenany. Ary nandritra ny fiainany dia nivelona araka ireo lalàna mifehy ny zava-boahary Izy. Na teo amin' ny ara-batana, na teo amin' ny ara-panahy, dia ohatra Izy ny amin' izay notendren' Andriamanitra ho an' ny taranak' olombelona manontolo amin' ny alalan' ny fankatoavana ny lalàna nomeny. {IFM 39.3}

Ny niavian' ny fanolorana ny lahimatoa dia tamin' ny andro laloha indrindra. Efa nampanantena Andriamanitra fa hanolotra ny Lahimatoan' ny lanitra mba hamonjena ny mpanota. Ny unkohonana tsirairay avy, mba ho fankasitrahana io fanomezana io, dia nanolotra ny zanany lahimatoa. Natokana ho amin' ny fisoronana io lahimatoa io ho solontenan' i Kristy eo anivon' ny olona. {IFM 40.1}

Natao didy indray ny fomba fanolorana ny lahimatoa tamin' ny nanafahana ny Isiraely avy tany Egypta, Raha nandevozin' ny Egyptiana ny Zanak' Isiraely. dia notarihin' i Jehovah ho any amin' i I arao mpanjakan' i Egypta i Mosesy ka nanao hoe : «izao no lazain' i Jehovah : Zanako lahimatoa Isiraely ; koa efa nolazaiko taminao hoe : Alefaso ny zanako mba hanompo Ahy ; fa efa nandà tsy handefa azy hianao, ka indro. lzaho hamono ny zanakao lahimatoa»3 {IFM 40.2}

Nentin i Mosesy ny hafatru nampitondraina azy, nefa izao no valintenin ny mpanjaka miavonavona : «lza moa Jehovah, no hekeko teny handefasako ny Isiraely ? tsy fantatro izay Jehovah, ka tsy halefako ny Isiraely»4. Miasa ho an' ny vahoakany amin' ny alalan' ny famantarana sy ny fahagagana Jehovah, ka nahatonga fitsarana mahatsiravina tamin' i

Farao. Nony farany dia nobaikoina ilay anjely mpandringana hamono ny lahimatoan' ny olona sy ny biby teo amin' ny Egyptiana. Mba tsy hahavoa ny Isiraelita. dia nasaina nataony teo amin' ny tolant-baravarany ny ran' ny zanak' ondry novonoina. Tsy maintsy nasiana famantarana ny trano rehetra. koa rehefa tonga ny anjely hanatanteraka ny iraka nampanaovina azy hamono. dia ho dinganiny ny tranon' ny Isiraelita. {IFM 40.3}

Rehefa nampihatra io fitsarana io tamin' i Egypta Jehovah dia hoy Izy tamin' i Mosesy : «Hamasino ho Ahy ny lahimatoa rehetra. . . na olona na biby fiompy ; Ahy ireny», «Satria . . . tamin' ilay andro namelezako ny voalohan-teraka rehetra eo amin' ny tany Egypta no nanamasinako ny voalohan-teraka rehetra teo amin' ny Isiraely ho Ahy. na olona. na biby fiompy: Ahy ireo; lzaho no Jehovah»5 Taorian' ny nananganana ny fanompoam-pivavahana tao amin' ny iabernakely. dia nifidy ny taranak' i Levy Jehovah ho solon' ny lahimatoan' ny Isiraely tsy vaky volo mba hanao fanompoana ao amin' ny fitoerana masina. Nefa mbola noheverina ho an' i Jehovah ihany ny lahimatoa, ary tokony havotana amin' ny alalan' ny vola. {IFM 40.4}

Tamin' izany no nanehoana tamin' ny fomba mazava indrindra ny lalàna momba ny fitondrana ny voalohan-teraka. Tsangambaton' ny fanafahana mahagaga ny zanak' Isiraely izany. sady maneho mialoha koa ilay fahafahana lehibe ho tanterahin' ny Zanaka lahitokan' Andriamanitra. Tahaka ny ra nafafy teo amin' ny tolambaravarana izay nahavonjy ny lahimatoa tao Isiraely, dia toy izany koa ny ran' i Kristy izay manan-kery hamonjy an' izao tontolo izao. {IFM 41.1}

Koa manao ahoana ary ny hevitra raketin' io fanolorana an' i Kristy io ? Tsy hitan' ny mpisorona anefa ny tao ambadiky ny efitra lamba; tsy novakiany ny zava-miafina ankoatran' izany. Toe-javatra fahita andavanandro ny fanolorana ny zaza minono. Isan' andro isan' andro dia mandray ny vola avotra ny mpisorona rehefa atolotra eo anatrehan' ny Tompo izy ireo. Manao io asa io am-pahazarana izy isan' andro isan' andro, ka tsy nojereny firy akory na ny ray aman-dreny na ny zaza, raha tsy mahita famantarana ny amin' ny haren' ny ray aman-dreny na ny toerana ambony tazonin' izy ireo izy. Nahantra i Josefa sy Maria; ary rehefa tonga izy nitondra ny zanany, dia lehilahy sy vehivavy manao fitafian' ny Galiliana fotsiny, dia fitafiana tsotra indrindra izany, no hitan' ireo mpisorona. Tsy nisy na inona na inona nanintona ny saina teo amin' ny endriny ivelany. ary fanatitra fanaon' ny antokon' olona mahantra indrindra no natolony. {IFM 41.2}

Notohizan' ny mpisorona ny fombam-pivavahana teo amin' ny asany. Noraisiny teny an-tanany ny zaza dia nasandrany teo anoloan' ny alitara. Rehefa naveriny teo amin' ny reniny izany. dia nosoratany teo amin' ny boky misy ny lahimatoa ny anarany hoe : «Jesosy». Raha nitrotro ny zaza izy dia tsy nampoiziny kely akory fa Ilay Andrianan' ny Lanitra, Ilay Mpanjakan' ny Voninahitra izy io. Tsy nampoizin' ny mpisorona fa io zazakely io no Ilay nosoratan' i Mosesy hoe : «Mpaminany no hatsangan' i Jehovah Andriamanitra ho anareo avy amin' ny rahalahinareo, tahaka ahy ; izy no hohenoinareo

amin' izay rehetra holazainy aminareo»6 Tsy nampoiziny fa io zazakely io no nirin' i Mosesy ho hita ny voninahiny. Lehibe noho i Mosesy anefa Ilay trotroin' ny mpisorona; ary rehefa nanoratra ny anaran' ny zaza izy, dia nanoratra ny anaran' Ilay anankiray izay fototra iorenan' ny fanompoam-pivavahana Jiosy manontolo. Io anarana io no ahazoana antoka ny ahafatesan' io fombam-pivavahana io; efa nihaantitra mantsy ny rafitry ny fisoronana sy ny fanatitra, efa hihaona amin' ny tena izy ny tandindona ary hihaona amin' ny tena zavatra ny aloka. {IFM 41.3}

Efa niala tsy tao amin' ny fitoerana masina intsony ny «shekinah» nefa notakonana tao amin' Ilay Zazakely avy tany Betlehema ny .voninahitra izay iankohofan' ny anjely. Io zaza tsy mbola mahalala na inona na inona io no taranaka nampanantenaina, io no notondroin' ny alitara voalohany teo amin' ny vavahadin' i Edena. Io no Silo, mpitondra fiadanana. Io no nanambara ny tenany tamin' i Mosesy ho Ilay Izy. Io no tao amin' ny andri-rahona sy ny andri-afo, ka nitari-dalana ny Isiraely. Io no efa nambaran' ireo mpahita hatry ny ela. Izy no irin' ny firenena rehetra, Solofo sy taranak' i Davida, Kintana mamirapiratra fitarik' andro. Ny anaran' io zazakely tsy manan-kery io, nosoratana tao amin' ny bokin' ny Isiraely dia manambara azy ho rahalahintsika, fanantenan' ny taranak' olombelona lavo. Ilay zaza izay nandoavana ny vidin' ny fanavotana, Izy no handoa ny onitra noho ny fahotan' izao tontolo izao manontolo. Izy no «Mpisorona lehibe mitandrina ny tranon' Andriamanitra», «manana fisoronana tsy dimbasana», mpanelanelana «eo amin' ny tànana ankavanan' ny Lehibe any amin' ny Avo»7 {IFM 42.1}

Amin' ny ara-panahy no amantarana ny zavatra ara-panahy. Tao amin' ny tempoly no nanolorana ny Zanak' Andriamanitra hanao ny asa nahatongavany. Tahaka ny fijeriny ny zaza hafa rehetra no nijeren' ny mpisorona Azy. Nefa na dia tsy nisy hafa noho ny mahazatra hitany sy tsapany aza, dia fantatra ihany ny fihetsika nataon' Andriamanitra tamin' ny nanomezany ny Zanany ho an' izao tontolo izao. Tsy lasa foana anefa izany fotoana izany fa nisy nahafantatra an' i Kristy. «Ary, indro nisy lehilahy atao hoe Simeona tao Jerosalema; ary marina sady mpivavaka tsara izany lehilahy izany ka niandry ny fampiononana ny Isiraely, ary ny Fanahy Masina dia tao aminy. Ary efa nambaran' ny Fanahy Masina taminy fa tsy hahita fahafatesana izy mandra-pahitany ny Kristin' ny Tompo». {IFM 42.2}

Raha niditra tao an-tempoly i Simeona dia nahita fianakaviana iray nitondra ny zanany lahimatoa teo anatrehan' ny mpisorona izy. Mitory fahantrana ny fijery azy ; azon' i Simeona ny filazana avy amin' ny Fanahy, ka tsapany lalina ao am-pony fa io zazakely nentina teo amin' i Jehovah io no Fampiononan' Isiraely, Ilay niriny mafy ho hita. Gaga ny mpisorona nahita an' i Simeona toa ravoravo. Naverina teny amin' i Maria ny zazakely, koa dia noraisiny sy notrotroiny ka nasehony tamin' Andriamanitra, sady nisy fifaliana izay tsy mbola tsapany mihitsy niditra tao am-pony. Raha nanandratra Ilay

Mpamonjy zaza nanatrika ny lanitra izy, dia niteny hoe : {IFM 42.3}

*«Tompo Ò, ankehitriny ny mpanomponao dia alefanao*
*Amin' ny fiadanana*
*Araka ny teninao;*
*Fa ny masoko efa nahita ny famonjenao ,*
*Izay namboarinao teo anatrehan' ny firenena rehetra ,*
*Dia fahazavana hahazava ny firenena*
*Sady voninahitry ny Isiraely olonao». {IFM 43.1}*

Nanindry io lehilahin' Andriamanitra io ny fanahin' ny faminaniana, ary raha nijoro teo anilany i Josefa sy Maria, izay gaga noho ny teny nataony, dia nitahy azy ireo izy ka izao no nolazainy tamin' i Maria : «Indro, ity zaza ity no voatendry ho fandavoana sy fananganana ny maro ao amin' Isiraely ary ho famantarana holavina — ary ny fanahinao aza dia hotsatohana sabatra - mba haseho ny hevitry ny fo maro». {IFM 43.2}

Tonga koa i Ana, mpaminany vavy ka nanamafy ny teny vavolombelona nataon' i Simeona mikasika an' i Kristy. Raha niteny i Simeona dia namirapiratry ny voninahitr' Andriamanitra ny tavan' i Ana, ka nitosaka ny fisaorana tsapany tao am-pony satria navela hahita an' i Kristy Tompony izy. {IFM 43.3}

Tsy very maina ny nandinihan' ireo mpaminany mpivavaka feno fanetren-tena ireo ny faminaniana. Fa ireo nitana toerana tahaka ny mpanapaka sy ny mpisorona tao amin' ny Isiraely kosa, na dia teo anatrehan' izy ireo koa aza ireo teny sarobidin' ny faminaniana ireo, dia tsy nandeha tamin' ny lalan ny Tompo, ary tsy nahiratra ny masony hahita ny Fahazavan' aina. {IFM 43.4}

Tahaka izany ihany koa ankehitriny. Ireo toe-javatra izay ifantohan' ny mason' ny lanitra manontolo, dia tsy hitan' ireo mpitarika ara-pivavahana, sy ireo mpivavaka ao amin' ny tranon' Andriamanitra ary tsy hitan' izy ireo akory ny fisehoan' izany. Eken' ny olona ny fisian' i Kristy ara-tantara, nefa miodina hiala amin' Ilay Kristy velona izy. Ilay Kristy izay miantso ao amin' ny teniny fahafoizan-tena, eo amin' ny mahantra sy ny mijaly mangataka fanampiana, eo amin' ny fahamarinana izay mitarika fahantrana sy asa mafy ary fanomezan-tsiny, tsy vonona ny handray io Kristy io ny olona ankehitriny toy ny tsy nandraisana Azy ihany taonjato valo ambin' ny folo lasa izay. {IFM 43.5}

Noeritreretin' i Maria ny faminaniana nataon' i Simeona izay midadasika sady lasa lavitra. Raha nijery ny zaza teo an-trotroiny izy, ka nahatsiaro ny teny nataon' ireo mpiandry ondry tany Betlehema, dia feno fifaliana sy fisaorana ary fanantenana mamirapiratra izy. Nampahatsiaro azy ny teny faminaniana nataon' Isaia izay nolazain' i Simeona : «Ary hisy Solofo mitsimoka eo amin' ny fototr' i Jese, ary hisy mitrebona avy eo amin' ny fàkany : ary ny Fanahin' i Jehovah hitoetra eo aminy dia ny Fanahin' ny Fahendrena sy ny fahazavan-tsaina; ary ny Fanahin' ny fanoloran-tsaina sy ny

faherezana; ny Fanahin' ny fahatahorana an' i Jehovah . . . Fahamarinana no ho fisikinany, ary fanahy mahatoky no ho fehinkibony». «Ny olona izay mandeha amin' ny maizina dia mahita mazava lehibe, izay mitoetra amin' ny tany aloky ny fahafatesana no iposahan' ny mazava ... Fa Zaza no teraka ho antsika. Zazalahy no omena antsika; ary ny fanapahana dia eo an-tsorony, ary ny anarany atao hoe Mahagaga, Mpanolo-tsaina. Andriamanitra Mahery, Rain' ny mandrakizay, Andrian' ny fiadanana»8 {IFM 44.1}

Na dia izany aza dia tsy azon' i Maria ny hevitry ny asa nanirahana an' i Kristy. Nilaza faminaniana ny Aminy i Simeona fa ho fahazavana hanazava ny Jentilisa Izy sady ho voninahitr' Isiraely. Toy izany no nanambaran' ny anjely ny fahaterahan' ny Mpamonjy ho vaovao mahafaly ho an' ny olona rehetra. Niezaka ny hanitsy ny hevitra teritery nananan' ny Jiosy momba ny asan' ny Mesia Andriamanitra. Tiany ny hibanjinan' ny olona Azy, tsy amin' ny maha-Mpanafaka an' Isiraely fotsiny, fa amin' ny maha-Mpanavotra an izao tontolo izao koa. Tsy maintsy hisy taona maro anefa vao ho azon' ny renin' i Jesosy ny asa nanirahana Azy. {IFM 44.2}

Nanantena ny Mesia hanjaka eo amin' ny seza Fiandrianan' i Davida i Maria, tsy hitany anefa ny batisan' ny fahoriana tsy maintsy handalovana mba hahazoana an' izany. Nambara tamin' ny alalan' i Simeona fa tsy hoe tsy hisy hanakantsakana tsy akory ny lalan' ny Mesia eto amin' izao tontolo izao. Ny teny nataony tamin' i Maria hoe : «ny fanahinao aza dia hotsatohana sabatra», dia fampilazana tsy mivantana nataon' Andriamanitra noho ny famindrampony sy ny fitiavany ny amin' ny fahoriana izay efa hozakainy sahady noho ny Aminy. {IFM 44.3}

«Indro, hoy i Simeona, ity Zaza ity no voatendry ho fandavoana sy ho fananganana ny maro ao amin' Isiraely ary ho famantarana holavina». Tsy maintsy ho potraka eo amin' Ilay vatolampy isika ka ho torotoro vao azo asandratra ao amin' i Kristy. Tsy maintsy alàna eo amin' ny seza fiandrianana ny «izaho», tsy maintsy haetry ny avonavona, raha te-hahalala ny voninahitry ny fanjakana arapanahy isika. Tsy tian' ny Jiosy ny hanaiky ny voninahitra azo avy amin' ny fanetren-tena. Noho izany dia tsy tiany ny handray ny Mpanavotra azy. Famantarana holavina Izy. {IFM 44.4}

«Mba haseho ny hevitry ny fo maro». Noho ny fahazavana eo amin' ny fiainan' ny Mpamonjy, dia aseho ny fon' ny rehetra hatramin' ny an' ny Mpamorona ka hatramin' ny an' ny andrianan' ny maizina. Nasehon' i Satana ho tia tena sy mpanjakazaka Andriamanitra. mitaky ny zavatra rehetra, ary tsy manome na inona na inona, mitaky fanompoana amin' ny voahariny ho voninahitry ny tenany. nefa tsy mahafoy na inona na inona mba hahasoa azy ireo. Ny nanomezany an' i Kristy anefa dia manambara ny fon' ny Ray. Vavolombelona izany fa «fiadanana, fa tsy loza»9 no hevitra iheveran' Andriamanitra antsika. Milaza izany fa mahery tahaka ny fahafatesana ny fankahalan' Andriamanitra ny fahotana, fa ny fitiavany ny mpanota kosa dia mahery noho ny fahafatesana. Rehefa nanomboka ny fanavotana antsika Izy, dia tsy misy izay tsy ho

foiny, na dia mamy toy inona aza, ka ilaina ho fanatanterahana ny asany. Tsy misy fahamarinana ilaina ho amin' ny famonjena antsika ho tazonina. tsy misy fahagagan' ny famindrampo atao an-tsirambina, tsy misy fomba ampiasain' Andriamanitra avela amin' izao. Miampy fahasoavana ny fahasoavana, miampy fanomezana ny fanomezana. Mivoha ho an' izay rehetra milady famonjena ny tahirin-karenan' ny lanitra manontolo. Rehefa nangoniny ny haren' izao rehetra izao, dia navelany hisokatra ny loharanon' ny hery tsy hita fetra, napetrany teo am-pelatanan' i Kristy izany rehetra izany, ka hoy izy hoe : Ho an' ny olombelona ireo rehetra ireo. Ampiasao ireo fanomezana ireo, mba hampiaiky azy fa tsy misy fitiavana lehibe noho ny Ahy eto an-tany na any an-danitra. Ho amin' ny fitiavany Ahy no hahitany ny fahasambarany lehibe indrindra. {IFM 45.1}

Nifanatrika teo amin' ny hazo fijalian' i Kalvary ny fitiavana sy ny fitiavan-tena. Teo no fara-tampon' ny fisehoany. Tsy mivelona afa-tsy ho fampaherezana sy ho fitahiana Kristy ary raha namono Azy ho faty i Satana dia naneho 'ny haratsiany sy ny fankahalany an' Andriamanitra. Nasehony mazava fa ny tena zava-kendreny teo amin' ny fikomiany dia ny hanongana an' Andriamanitra avy eo amin' ny seza fiandrianana sy handringana Ilay nanehoana ny fitiavan' Andriamanitra. {IFM 45.2}

Hita taratra koa ny fisainan' ny olombelona teo amin' ny fiainana sy ny fahafatesan' i Kristy. Hatreo amin' ny fihinanambilona ka hatrany amin' ny hazo fijaliana. dia antso ho amin' ny fampileferana ny tena sy ho amin' ny firaisana amin' ny fahoriana ny fiainan' i Jesosy. Nanala sarona ny fikasan' ny olombelona izany. Nitondra ny fahamarinan' ny lanitra Jesosy ary izay rehetra nihaino ny feon' ny Fanahy Masina dia voatarika ho eo Aminy. Anisan' ny ao amin' ny fanjakan' i Satana izay manompo ny «izaho». Ny fihetsiky ny tsirairay amin' i Kristy dia hampiseho izay iandaniany. Koa noho izany dia samy mitsara tena ny tsirairay. {IFM 46.1}

Amin' ny andro fitsarana farany dia ho azon' ny fanahy very tsirairay ny anton' ny nandavan' ny tenany ny fahamarinana. Haseho ny hazo fijaliana, ka ho tsapan' ny saina rehetra izay nohamaizinin' ny fandikan-dalàna ny tena dikan' izany. Hijoro eo ambany fanamelohana ny mpanota raha manatri-maso an' i Kalvary sy Ilay nifono zava-miafina nianjadian' ny fahoriana. Ho foana ny fialan-tsiny mandainga rehetra. Hiseho amin' ny toetrany maharikoriko ny fihemoran' ny olombelona. Ho hitan' ny olona ny safidy nataony. Hazava amin' izany ny olana rehetra nitranga momba ny fahamarinana sy ny hevi-diso nandritra izay fifanoherana naharitra ela dia ela izay. Eo amin' ny fitsarana hataon' izao rehetra izao dia tsy hisy hanome tsiny an' Andriamanitra noho ny fisian' ny ratsy na ny nitohizan' izany. Haharihary fa tsy mba nankasitraka fahotana akory ny didim-pitsaran' ny lanitra. Tsy nisy tomika ny fitondramoanjakan' Andriamanitra, tsy nisy antony nahatonga fisarahambazana. Rehefa hiharihary ny fisainan' ny fo rehetra. dia hiray feo izay mahatoky sy izay nikomy hoe : «Mahitsy sy marina ny làlanao, ry

Mpanjaka mandrakizay. Iza no tsy hatahotra ? Iza no tsy hankalaza ny anaranao Tompo ô? . .. Fa efa naharihary ny fitsarana marina nataonao»10 {IFM 46.2}

## Toko 6—Nahita ny kintana izahay

«Ary rehefa teraka Jesosy tao Betlehema an' i Jodia, tamin' ny andron' i Heroda mpanjaka. indreo. nisy Magy avy tany atsinanana tonga tany Jerosalema ka nanao hoe : Aiza Ilay teraka ho Mpanjakan' ny Jiosy? fa nahita ny kintany teny atsinanana izahay ka tonga mba hiankohoka eo anatrehany»1 {IFM 47.1}

Mpandalina ny filozofia ireo olon-kendry avy tany atsinanana ireo. Anisan' ny antokon' olona maro sy nanan-kery miasa mangina izy ireo. izay nahitana ireo ambony firazanana sady nitana ny betsaka tamin' ny harena sy ny fahaizana teo amin' ny firenena nisy azy. Betsaka tamin' ireo olona ireo no nanararaotra ny vahoaka mora minomino foana. Ny sasany kosa dia olo-marina izay nandinika ny famantaran' ny fitondran' Andriamanitra teo amin' ny zavaboary, ka henin-kaja noho ny fahitsian-toetrany sy ny fahendreny. Izany no toetra amam-panahy hita teo amin' ireo olon-kendry tonga nijery an' i Jesosy. {IFM 47.2}

Mamirapiratra mandrakariva ao anatin' ny haizin' ny fanompoantsampy ny fahazavan' Andriamanitra. Raha nandinika ny lanitra rakotry ny kintana ireto magy, ka nitady ny handalina ny zavamiafina eo amin' ny diany mamirapiratra, dia nibanjina ny voninahitry ny Mpamorona izy. Nitady fahalaiana mazava kokoa izy, ka nitodika tamin' ny Soratra Masina hebreo. Tao amin' ny tanin' izy ireo dia nisy faminaniana voasoratra nangonina izay nanambara mialoha ny fiavian' ny Andriamanitra mpampianatra. Balama dia anisan' ireo mpanao fankatovana, na dia efa nisy fotoana nahampaminanin' Andriamanitra azy aza. Ny Fanahy Masina no nahatonga azy hanambara mialoha ny fanambinana an' Isiraely sy ny fisehoan' ny Mesia ; ary ireo faminaniana nataony ireo dia nafindran' ny lovantsofina nandritra ny taonjato maro nifandimby. Voambara mazava kokoa ao amin' ny Testamenta Taloha anefa ny fiavian' ny Mpamonjy. Tamim-pifaliana no nahitan' ireo magy fa akaiky ny fiaviany ka heniky ny voninahitr' i Jehovah ny tany manontolo. {IFM 47.3}

Nahita fahazavana mahagaga teo amin' ny lanitra ireo olonkendry tamin' ny alina nitosahan' ny voninahitr' Andriamanitra tamin' ny havoanan' ny Betlehema iny. Rehefa afaka ny fahazavana, dia nisy kintana namirapiratra niseho, ka naharitra teo amin' ny lanitra. Tsy kintana nanana toerana raikitra izany na planeta, koa nanaitra sy nahaliana indrindra izany toe-javatra tsy fahita izany. Antokon' anjely mamirapiratra teny lavitra teny io kintana io, nefa tsy fantatr' ireo olon-kendry izany. Na dia izany aza dia tsapany fa nanana ny heviny mavesa-danja manokana ho azy ireo ilay kintana. Nanontaniany ny mpisorona sy ny mpanao filozofia. ary nodinihiny ny horonan-taratasy mirakitra ny tantara taloha. Izao no nambaran' ny faminanian' i Balama : «Misy kintana miseho avy amin' i Jakoba, sy tehim-panjakana miposaka avy amin' Isiraely»2 Moa ve nalefa io kintana hafahafa io mba ho famantarana mialoha an' Ilay Nampanantenaina? Efa

noraisin' ireo magy tsara ny fahazavan' ny fahamarinana nalefa avy any an-danitra ; ankehitriny dia natosaka taminy ny tara-pahazavana mamirapiratra kokoa. Nasaina nandeha nitady Ilay Andriana vao teraka izy tamin' ny alalan' ny nofy. {IFM 48.1}

Tahaka an' i Abrahama niainga tamin' ny alalan' ny finoana rehefa nianjso azy Andriamanitra, «nefa tsy fantany izay alehany» , 3 tahaka an' Isiraely nanaraka ilay andry rahona ho any amin' ilay tany nampanantenaina tamin' ny alalan' ny finoana, toy izany koa no nataon' ireto jentilisa ireto izay niainga hitady Ilay Mpamonjy nampanantenaina. Be ny zava-tsarobidy any amin' ny tany atsinanana, koa tsy nitondra tanam-polo ny magy raha niainga. Fomba ny manolotra fanomezana ho fanomezam-boninahitra ny andriana na ny olona ambony hafa, koa ny fanomezana sarobidy indrindra nety ho hita teo an-toerana no nentina hatao fanomezana ho an' Ilay hitahiana ny fianakaviana rehetra eto an-tany. Tsy maintsy amin' ny alina vao mandeha mba hahitana ilay kintana hatrany, nefa tsy lava tamin' ireo mpiara-dia ny ora, satria naverimberiny ireo teny voalazan' ny lovan-tsofina sy ireo fanambarana ny faminaniana mikasika Ilay notadiaviny. Isaky ny mijanona hiala sasatTa izy. dia mandinika ny faminaniana ary mihalalina hatrany ny finoany fa Andriamanitra no nitari-dalana azy. Raha teo anoloany ny kintana ho famantarana ivelany, dia nisy koa fanambarana mazava tao anatiny avy ao amin' ny Fanahy Masina, izay niasa tao am-pony ary nameno fanantenana azy. Na dia lavitra aza ny lalana, dia nahitan' izy ireo fahasambarana. {IFM 48.2}

Tonga tao amin' ny tanin' Isiraely izy, ka nidina ny tendrombohitra Oliva, ary raha nahatazana an' i Jerosalema izy, dia indro, fa nijanona teo ambonin' ny tempoly ilay kintana izay nitarika ny diany nanasatra. ary rehefa afaka kelikely dia nanjavona teo imasony. Nihamailaka ny diany sady nandroso izy, natoky fa hahita ny fahaterahan' ny Mesia ho fifaliana mavesa-danja ho an' ny samihafa fiteny rehetra. Tsy nisy vokany anefa ny fikarohana nataony. Raha niditra tao amin' ilay tanàna masina izy, dia nitady ny tempoly. Akory ny hagagany tsy nahita olona toa mba nahalala ny amin' Ilay Mpanjaka vao teraka. Tsy nahatonga fanehoam-pifaliana ny fanontaniana napetrany fa fahagagana sy tahotra kokoa aza no vokatr' izany izay tsy nialan' ny fanazimbazimbana. {IFM 49.1}

Namerimberina ny lovan-tsofina ny mpisorona. Manandratra ny fivavahany sy ny fitiavam-bavaka eo aminy izy. raha nolazainy fa mpanompo sampy ny Grika sy ny Romana, ary mpanota mihoatra noho ny hafa. Tsy nivavaka tamin' ny sampy ireto olon-kendry ireto, ary teo imason' Andriamanitra dia ambony lavitra,noho iretsy nisora-tena ho mivavaka Aminy izy ireo; nefa noheverin' ny Jiosy ho mpanompo sampy izy ireo. Na dia teo amin' ireo notendrena ho mpiambina ny Teny Masina aza dia tsy nampihetsika ny fo hiray aminy akory ny fanontaniana mafana napetrany. {IFM 49.2}

Vetivety dia niparitaka eran' i Jerosalema ny nahatongavan' ny magy. Nanaitra ny vahoaka ny vaovao hafahafa nentiny ka tonga hatrany amin' ny lapan' i Heroda Mpanjaka izany fahalianana izany. Nifoha ilay Edomita fetsy lahy raha nandre fa mety

hisy haninana azy. Efa tsy hita isa ny vonoan' olona nandoto ny lalany mankeo amin' ny seza fiandrianany. Vahiny izy raha ny firazanany, ka nankahalain' ny vahoaka nofeheziny. Ny hany antoka ho azy dia ny fankasitrahan' i Roma azy. Nefa ambony noho izany no zavakendren' ity andriana vaovao ity. Teraka mba hanjaka Izy. {IFM 49.3}

Niahiahy ny mpisorona ho niara-nioko tamin' ny vahiny i Heroda mba hahatonga korontana eo amin' ny vahoaka ka hanongana azy tsy ho eo amin' ny seza fiandrianany. Nafeniny izany tsy fitokisana izany, nefa dia nanapa-kevitra izy fa handrava ny fikasan' izy ireo amin' ny alalan' ny hafetsena tsara rafitra kokoa. Nampanantsoiny ny lehiben' ny mpisorona sy ny mpanora-dalàna, ka nanontaniany azy ireo ny fampianaran' ny boky masina teo aminy momba ny toerana hahaterahan' ny Mesia. {IFM 49.4}

Nanindrona ny hambom-pon' ireo mpampianatra jiosy ny fanadihadian' ilay naka an-keriny ny fanjakana sady nataony izany noho ny fangatahan' ny vahiny. Naharomotra ity mpanjaka be fialonana ny tsy firaihan' izy ireo nandinika ireo horonan-taratasy misy ny faminaniana. Noheverin' i Heroda fa nataon' izy ireo izay hanafenany ny fahalalany momba izany. Nataony izay hampatahotra azy ireo. ka nobaikoiny mba hanao fandinihana akaiky, sy hilaza aminy ny toerana hahaterahan' Ilay Mpanjaka nandrasany. «Ary hoy ireo taminy : Ao Betlehema an' i Jodia ; fa izao no voasoratry ny mpaminany : Ary hianao, ry Betlehema, tanin' ny Joda, tsy dia kely indrindra ao amin' ny andrianan' ny Joda hianao tsy akory ; Fa avy aminao no hivoahan' Izay anankiray ho Mpanapaka, ka Izy no ho Mpiandry ny Isiraely oloko»4 {IFM 50.1}

Nampanantsoin' i Heroda hihaona aminy manokana izao ireo Magy. Nifofofofo ny tafiotry ny hatezerana sy ny tahotra tao ampony, nefa tony dia tony izy teo ivelany ary noraisiny tamim-panajana ireto vahiny. Nanontaniany ny fotoana nisehoan' ilay kintana, ary niseho ho diboky ny hafaliana izy raha nandre ny fahaterahan' i Kristy. Nobaikoiny ireo mpamangy azy hoe : «Andeha, fotory tsara ny amin' Ilay Zazakely ; koa rehefa hitanareo Izy, dia ambarao amiko mba hankanesako any koa hiankohoka eo anatrehany». Rehefa nilaza izany izy, dia nalefany hanohy ny diany ho any Betlehema izy ireo. {IFM 50.2}

Tsy hoe tsy nahalala na inona na inona mikasika ny fahaterahan' i Kristy araka ny filazany tsy akory ny mpisorona sy ny loholona. Efa tonga tany Jerosalema ny tatitra momba ny namangian' ny anjely ny mpiandry ondry. nefa noheverin' ny raby fa tsy tokony hitana ny eritreriny akory izany. Ny tenan' izy ireo mihitsy dia nety nahita an' i Jesosy, ary nety ho vonona hitarika ny magy ho eo amin' ny toerana nahaterahany; tsy izany anefa no niseho, fa ireto olon-kendry indray no tonga nampifantoka ny sain' izy ireo tamin' ny nahaterahan' ny Mesia. «Aiza ilay teraka ho Mpanjakan' ny Jiosy» hoy izy, «fa nahita ny kintana teny atsinanana izahay ka tonga mba hiankohoka eo anatrehany». {IFM 50.3}

Tamin' izay fotoana izay dia nanakatona ny varavarana tsy hidiran' ny fahazavana ny avonavona sy ny fialonana. Raha ohatra ka inoana ny tatitra nataon' ny mpiandry ondry sy ny olon-kendry, dia hametraka ny mpisorona sy ny raby amin» ny toerana faran' izay tsy tiana indrindra, izay handavana ny filazan' ny tenany ho mpamelabelatra ny fahamarinan' Andriamanitra. Tsy hanambany tena ireto mpampianatra mahay ka handray fampianarana avy amin' ireo lazainy fa jentilisa. Tsy azo heverina hoy izy, izany hoe nodinganin' Andriamanitra izy ka ny mpiandry ondry bado na ny jentilisa tsy voafora no nifandraisany. Nanapa-kevitra izy fa hanao tsinontsinona ny tatitra izay nanaitra an' i Heroda Mpanjaka sy an' i Jerosalema iray vohitra. Tsy ho any Betlehema akory izy hijery raha nisy tokoa izany zavatra izany. Ary notarihiny ny vahoaka hihevitra fa fahataitairana foana vokatry ny fandraisana an-tendrony ny fahalianana momba an' i Jesosy. Nanomboka hatreo ny nandavan' ny mpisorona sy ny raby an' i Kristy. Hatramin' izay dia nitombo ny avonavona sy ny fahamafisana hatoka teo aminy ka nanjary fankahalana raikitra ny Mpamonjy. Nanokatra ny varavarana ho an' ny Jentilisa Andriamanitra, ary tamin' izay fotoana izay kosa dia nanakatona ny varavarana ho an' ny tenany ireo mpitarika Jiosý. {IFM 51.1}

Ireo olon-kendry ireo irery no niainga avy tao Jerosalema. Nidina ny aloky ny alina raha nivoaka ny vavahady izy, nefa faly aoka izany indray raha nahita ilay kintana, izay nitarika azy ho any Betlehema. Tsy nandray fanambarana mialoha ny amin' ny toerana ambany nisy an' i Jesosy tahaka izay nomena tamin' ny mpiandry ondry izy. Lavitra ny lalana nalehan' izy ireo nefa diso fanantenana izy tamin' ny tsy firaihan' ny mpitarika Jiosy ka nivoaka an' i Jerosalema, sady nihena tsy tahaka ny fony izy niditra ny fahatokiany. Tao Betlehema dia tsy nahita miaramila niambina hiaro Ilay Mpanjaka vao teraka izy ireo. Tsy nisy na dia iray aza, ireo olona nomen' izao tontolo izao voninahitra, nanatrika teo. Nandry tao amin' ny fihinanam-bilona Jesosy. Ny ray aman-dreny izay tantsaha tsy nobeazina firy, no hany mpiambina Azy. Dia io tokoa ve Ilay nampanoratina fa «hanandratra ny firene' i Jaloba», sy «hampody ny Isiraely sisa voaro» ; fa «ho fanazavana ny jentilisa» sy «ho famonjena hatrany amin' ny faran' ny tany»4 {IFM 51.2}

«Ary rehefa tafiditra tao an-trano izy, dia nahita ny Zazakely sy Maria reniny ka niankohoka teo anatrehanyo. Tsapany ny fisian' ny maha-Andriamanitra nosaronan' ny endrika ambany teo amin' i Jesosy. Natolony ho Azy Mpamonjiny ny fony ary natosany teo Aminy ny fanomezany dia «volamena sy zava-manitra ary miora». Endrey izany finoany! Azo lazaina mikasika ireo olon-kendry avy any Atsinanana, tahaka ny nolazaina mikasika ilay kapiteny Romana taty aoriana hoe : «Tsy mbola nahita finoana lehibe toy izany Aho, na dia teo amin' Isiraely aza» {IFM 51.3}

Tsy takatr' ireo olon-kendry ny fikasan' i Heroda momba an' i Jesosy. Rehefa tanteraka ny anton-diany, dia niomana, ny hiverina any Jerosalema izy, nikasa ny hanambara ny fahombiazan' ny diany taminy. Nefa nandray hafatra avy amin'

Andriamanitra tamin' ny alalan' ny nofy izy tsy hifandray aminy intsony. Nialany ary i Jerosalema. ka niverina ho any amin' ny taniny tamin' ny lalana hafa izy. {IFM 52.1}

Tamin' ny fomba toy izany koa no nandraisan' i Josefa fampitandremana izay nilaza taminy handositra ho any Egypta miaraka amin' i Maria sy ny zazakely. Ary hoy ny anjely : «Mitoera any ambara-pilazako aminao ; fa Heroda efa hitady ny Zazakely hovonoiny»..Nankato avy hatrany i Josefa, ka niainga tamin' ny alina mba hisy antoka bebe kokoa. {IFM 52.2}

Tamin' ny alalan' ireo olon-kendry ireo no nisarihan' Andriamanitra ny sain' ny firenena Jiosy ho amin' ny fahaterahan' ny Zanany. Ny fanadihadiana nataony tao Jerosalema. ny fahalianana teo amin' ny vahoaka vokatr' izany, ary na dia ny fialonan' i Heroda aza. izay nanery ny mpisorona sy ny raby handinika. izany rehetra izany. dia mitarika ny saina ho amin' ireo faminaniana mikasika ny Mesia. sy ho amin' ilay toe-javatra lehibe vao niseho indrindra. {IFM 52.3}

Niezaka mafy i Satana hanakana ny fahazavana avy amin' Andriamanitra tsy ho eo amin' izao tontolo izao. ka nampiasainy ny hafetseny lalina indrindra mba handringanany ny Mpamonjy. Nefa Ilay tsy rendremana na matory, dia miambina sy manara-maso ny Zanany Malala. Ilay nampirotsaka ny mana avy any an-danitra ho an' Isiraely, sy namahana an' i Elia tamin' ny andron' ny mosary, Izy no nanomana fialofana ho an' i Maria sy Jesosy zaza tany amin' ny tany jentilisa. Ary tamin' ny alalan' ny fanomezana nentin' ny magy avy tamin' ny tany jentilisa, no nanomanan' i Jehovah izay nilain' izy ireo tamin' ny diany tany Egypta sy ny fotoana nitoerany tany amin' ny tany vahiny. {IFM 52.4}

Anisan' ny voalohany niarahaba ny Mpanavotra ny Magy. Ny fanomezana nentiny no voalohany indrindra napetraka teo antongony. Ary tombon-tsoa manao ahoana ho azy ny fanompoana nataony tamin' ny alalan' io fanomezana io! Ny fanomezana avy amin' ny fo feno fitiavana dia tian' Andriamanitra omem-boninahitra, ka fenoiny fahombiazana ambony indrindra eo amin' ny fanompoana Azy. Raha nomentsika an' i Jesosy ny fontsika, dia hoentitsika ho Azy koa ny fanomezantsika. Ny volamena sy ny volafotsintsika. ny fananantsika sarobidy indrindra eto an-tany, ny talentantsika ambony indrindra eo amin' ny ara-tsaina sy ny ara-panahy dia hatokana amin-kalalahana ho an' Ilay tia antsika ka nanolotra ny tenany ho antsika. {IFM 52.5}

Tsindrian-daona be ihany Heroda tany Jerosalema niandry ny fiverenan' ireo olon-kendry. Lasa ihany ny fotoana, iretsy tsy niseho, ka velona ny ahiahiny. Ny tsy fahazotoan' ny raby nanondro ny toerana ahaterahan' ny Mesia dia toa nanambara fa efa takatr' izy ireo ny fikasany. ary nanambara fa ninian' ireo Magy ny nandositra azy. Naharomotra azy izany eritreritra izany. Tsy nahomby ny hafetsena, nefa mbola tao ny fampiasana ny hery. Hataony ohatra ity zaza mpanjaka ity. Ho hitan' ireo Jiosy

mirehareha ireo ny miandry azy raha manandrana mametraka mpanjaka eo amin' ny seza fiandrianana izy ireo. {IFM 53.1}

Nisy miaramila nalefa avy hatrany tany Betlehema. nobaikoina hamono ho faty ny zaza rehetra roa taona latsaka. Ireo tokantrano nandry fahizay tao amin' ny tanànan' i Davida dia vavolombelon' ireo toe-javatra mampihorohoro izay efa naseho tamin' ny mpaminany, enin-jato taona talohan' izao : {IFM 53.2}

*«Nisy feo re Uo Rama,*
*Dia fidradradradrana sy fitomaniana fatratra ;*
*Rahely nitomany ny zanany,*
*Ary tsy azo nampiononina izy,*
*satria lany ritra ireny». {IFM 53.3}*

Ny Jiosy no nahatonga io antambo io tamin' ny tenany. Raha nandeha tamim-pahatokiana sy tamim-panetren-tena teo anatrehan' Andriamanitra izy, dia ho nampiasa fomba mahagaga Andriamanitra izay ho nahatonga ny fahatezeran' ny mpanjaka ho tsy nisy vokany taminy. Efa nampisaraka ny tenany tamin' Andriamanitra noho ny fahotany izy, ary efa nandà ny Fanahy Masina, izay hany fiarovana ho azy. Tsy nandinika ny Soratra Masina tamin' ny fo feno faniriana hifanaraka amin' ny sitrapon' Andriamanitra izy. Faminaniana izay azo adika ho fanandratana ny tenany no nokatsahiny sy ho fampisehoana ny fanaovan' Andriamanitra tsinontsinona ny firenena hafa rehetra. Nireharehany fatratra ny Mesia izay ho avy amin' ny maha-mpanjaka Azy, handresy ny fahavalony ka hanitsakitsaka ny jentilisa amin' ny fahatezerany. Tamin' izany fomba izany no nandrangitany ny fankahalan' ireo mpifehy azy. Ny fomba diso nanehoany ny asa nanirahana an' i Kristy, no nikendren' i Satana handringanana ny Mpamonjy ; tsy izany anefa no niseho fa nitsimbadika ny toe-javatra ka nianjera tamin' ny lohany ny loza. {IFM 53.4}

Io fihetsika habibiana io no anisan' ny farany tamin' ireo izay nanamaizina ny fanjakan' i Heroda. Fotoana fohy taorian' ny nampamonoana ireo tsy manan-tsiny ireo, dia voatery ny tenany hanaiky ilay zava-doza izay tsy azo havily. Maty tamin' ny fahafatesana mahatsiravina izy. {IFM 54.1}

Mbola tany Egypta i Josefa tamin' izay no nobaikoin' ny anjelin' Andriamanitra hiverina ho any amin' ny tanin' Isiraely. Nataon' i Josefa ho mpandova ny seza fiandrianan' i Davida Jesosy, ka niriny ny hipetraka any Betlehema ; rehefa reny anefa fa Arkelaosy no nanjaka tany Jodia nandimby an-drainy, dia natahotra izy sao tanterahin' ny zanany ny fikasan-dratsin' ny rainy tamin' i Kristy. I Arkelaosy no nitovy toetra indrindra tamin' i Heroda tamin' ny zanany rehetra. Raha nandimby toerana teo amin' ny fanjakana izy dia efa nisy sahady korontana tao Jerosalema nanamarika izany Ary nisy Jiosy an' arivony naringan' ny miaramila Romana. {IFM 54.2}

Notarihina ho amin' ny toerana azo antoka indray i Josefa. Niverina nankany Nazareta izay nitoerany teo aloha izy, ary nonina tao tokony ho telopolo taona «mba hanatanteraka izay nampilazaina ny mpaminany hoe : Hatao hoe Nazarena Izy». Teo ambanin' ny fanapahan' ny zanak' i Heroda iray Galilia, nefa be vahiny loatra noho i Jodia nonina tao. Noho izany dia tsy dia nahaliana firy ny zavatra mikasika ny Jiosy manokana, ary tsy dia hanaitra loatra ny fialonan' ireo tompom-pahefana ny zo amamboninahitr' i Jesosy. {IFM 54.3}

Toy izany no nandraisana ny Mpamonjy fony Izy tonga teto an-tany. Toa tsy nisy toerana nialan-tsasatra na azo antoka ho an' Ilay Mpanavotra mbola zaza. Tsy azon' Andriamanitra nankinina tamin' ny olombelona ny Zanany malalany, eny, na dia teo amin' ny fanatanterahany ny asany teo amin' ny famonjena azy ireo aza. Nirahiny ny anjely mba hiambina sy hiaro an' i Jesosy mandra-pahatanterahany ny asa nanirahana Azy teto an-tany, ka novonoina matin'-ny tanan' ireo izay tonga novonjeny. {IFM 54.4}

## Toko 7—Jesosy Zaza

Tanàna kely eny an-tendrombohitra no nandanian' i Jesosy ny fahazazany sy ny fahatanorany. Tsy nisy toerana teto an-tany izay tsy ho heni-boninahitra noho ny fanatrehany. Nety ho voninahitra manokana ho an' ireo lapan' ny mpanjaka ny nandray Azy ho vahininy. Nefa tsy nahoany ny fonenan' ny mpanankarena, ny kianjan' ny mpanjaka ary ny toerana malaza misy ny manampahaizana, ka Nazareta toerana maizimaizina sy nohamavoina no nonenany. Misy heviny mahafinaritra tokoa ny tantaram-piainany fony kely. {IFM 55.1}

«Ary ny Zaza dia nitombo ka nihahery sady feno fahendrena ; ary ny fahasoavan' Andriamanitra no tao aminy»1. Teo amin' ny fahazavan' ny masoandro avy amin' ny endriky ny Rainy no «nitombo saina sy tena sady nandroso fitia tamin' Andriamanitra sy ny olona» Jesosy. Navitrika sy matsilo ny sainy. ary nanana fisainana sy fahendrena mihoatra ny taonany izy. Kanto sy mirindra anefa ny toetra amam-panahiny. Nitombo miandalana ny hery teo amin' ny sainy sy ny tenany, tamin' ny fitandremany ny lalàn' ny fahazazana. {IFM 55.2}

Fony zaza Jesosy dia nampiseho toetra mahateho tia manokana. Vonona mandrakariva ny hanompo ny hafa an-tsitrapo Izy. Nampiseho faharetana izay tsy azon' ny na inona na inona nokorontanina Izy, sy toetra mahatoky izay tsy hanao sorona na oviana na oviana ny fahadiovana. Mafy tahaka ny vatolampy Izy tao amin' ny foto-keviny, ary ny fiainany dia nanambara toetra tsara eo amin' ny fahaizana manaja tsy mikendry .soa ho an' ny tena. {IFM 55.3}

Nanara-maso akaiky sy tamim-pitandremana fatratra ny fivelatry ny heriny ny renin' i Jesosy ary nibanjina ny mariky ny fahatanterahana teo amin' ny toetra amam-panahiny. Nahafinaritra azy ny niezaka hampirisika ity saina maranitra sy misokatra ity. Nandray fahendrena tamin' ny alalan' ny Soratra Masina izy mba hiara-miasa amin' ireo anjelin' ny lanitra eo amin' ny fitomboan' ity zaza ity, izay afaka milaza fa Andriamanitra tokana no Rainy. {IFM 56.1}

Hatry ny taloha indrindra dia efa nikarakara betsaka ny fanabeazana ny tanora ny olona mahatoky tao Isiraely. Efa nanome toromarika Jehovah fa raha vao menavava ny zaza dia tokony hampianarina ny fahatsarany sy ny fahalehibeazany, indrindra araka izay nambara tao amin' ny lalàny, sy naseho tao amin' ny tantaran' ny Isiraely. Ny hira sy ny vavaka ary ny lesona avy amin' ny Soratra Masina dia nampifanarahana tamin' ny sainy vao misokatra. Ny ray sy ny reny dia tokony hampianatra ny zanany fa fanehoana ny toetra amam-panahin' Andriamanitra ny lalàna, ary raha mandray ny foto-kevitry ny lalàna ao am-po izy, dia misoritra ao amin' ny sainy sy ny fanahiny ny endrik' Andriamanitra. Am-bava ny ankabeazan' ny fampianarana; nefa nianatra ny hamaky ny asa soratra hebreo koa ny tanora; ary novelarina hianarany ireo horonantaratasy fahiny

mirakitra ny Soratra Masina ao amin' ny Testamenta Taloha. {IFM 56.2}

Tamin' ny andron' i Kristy, ny tanàna na ny vohitra izay tsy nitsinjo ny fampianarana ny tanora eo amin' ny lafiny ara-pivavahana, dia noheverina ho voaozon' Andriamanitra. Nanjary fombafomba fotsiny anefa ny fampianarana. Naka betsaka ny toeran' ny Soratra Masina ny lovan-tsofina. Tokony hitarika ny tanora «mba hahatsapa ka hahita Azy»2 ny tena fanabeazana marina. Nefa ny fombafombam-pivavahana no nifantohan' ny sain' ireo mpampianatra Jiosy. Feno zavatra izay tsy ilain' ny mpianatra ny saina, ary zavatra izay tsy hoekena any amin' ny sekoly ambony any an-danitra. Tsy nanana toerana tao amin' ny rafitry ny fanabeazana ny fanandramana azo avy amin' ny fandraisan' ny tena ny tenin' Andriamanitra. Variana amin' ny zavatra ivelambelany tsy misy farany ny mpianatra ka tsy nahita ora mangingina iarahana amin' Andriamanitra. Tsy reny ny feony miteny amin' ny fo. Noho ny fitadiavany fahalaiana dia niala tamin' ny loharanon' ny fahendrena izy ireo. Natao an-tsirambina ireo zavatra tena nilaina tamin' ny fanompoana an' Andriamanitra. Nohamaizinina ireo foto-kevitry ny lalàna. Izay noheverina ho fanabeazana ambony indrindra no sakana lehibe indrindra teo amin' ny tena fitomboana marina. Nahavoasakantsakana ny herin' ny tanora ny fitaizana nataon' ny raby. Nanjary nandringandringa sy teritery ny sainy. {IFM 56.3}

Tsy nandray fampianarana tamin' ny sekolin' ny synagoga Jesosy zaza. Ny reniny no olombelona mpampianatra Azy voalohany. Avy tamin' ny molony sy avy tamin' ny horonan-taratasin' ny mpaminany no nianarany izay mikasika ny lanitra. Ny teny, izay Izy mihitsy no niteny izany tamin' i Mosesy ho an' ny Isiraely, dia nianarany teo ampofoan-dreniny ankehitriny. Raha nandroso avy amin' ny fahazazana ho amin' ny fahatanorana Izy, dia tsy nikatsaka ny sekolin' ny raby tsy akory. Tsy nilainy ny fanabeazana notovozina avy tamin' ny loharano toy izany ; Andriamanitra mantsy no mpampianatra Azy. {IFM 57.1}

Ny fanontaniana nipetraka nandritra ny asan' ny Mpamonjy hoe : «Ahoana no nahaizan' Ilehity soratra. nefa tsy mba nianatra Izy ?»3 dia tsy milaza tsy akory fa tsy nahay namaky teny Jesosy. fa milaza fotsiny izany fa tsy nahazo fanabeazana tamin' ny raby Izy. Satria nandray fahalaiana tahaka ny ataontsika Izy, dia hita eo amin' ny fifankazarany amin' ny Soratra Masina ny zotom-pony teo amin' ny fianarana ny tenin' Andriamanitra tamin' ny fahazazany. Nivelatra teo anatrehany ilay tahirim-boky lehibe eo amin' ny asa noforonin' Andriamanitra. Ilay nanao ny zavatra rehetra no mianatra ny lesona izay efa nosoratan' ny tanany ihany teo atnin' ny tany sy ny ranomasina ary ny lanitra. Lavitry ny lalan' izao tontolo izao tsy misy fahamasinana. no nanangonany tahirin' ny fahalaiana ara-tsiansa avy amin' ny zava-boahary. Nandinika ny fiainan' ny zava-maniry sy ny biby Izy, ary ny fiainan' ny olombelona. Hatramin' ny taona voalohany indrindra niainany dia fikasana tokana no nameno ny fony ; velona hitahy ny hafa Izy. Ho an' izany dia nahita hevitra teo amin' ny zava-boahary Izy ; nisy hevi-

baovao nahitany lalana sy fomba nitosaka tao an-tsainy raha nandinika ny fiainan' ny zava-maniry sy ny fiainan' ny biby Izy. Nitady hatrany izay hisintonana sary avy amin' ny zavatra hita hoenti-maneho ny teny velona avy amin' Andriamanitra Izy. Ireo fanoharana izay tiany nampianarana ny leson' ny fahamarinana nataony nandritra ny fotoana niasany, dia mampiseho fa tena nisokatra ny fanahiny handray ny hery miasa mangina avy amin' ny zava-boahary, ary nanangona fampianarana ara-panahy avy amin' ny zavatra manodidina ny fiainana andavanandro Izy. {IFM 57.2}

Toy izany no namelarana tamin' i Jesosy ny dikan' ny teny sy ny asan' Andriamanitra, raha niezaka ny ahafantatra ny antony niavian' ny zavatra Izy. Ny anjelin' ny lanitra no mpanampy Azy, ary ny fikojokoloana ny hevitra masina sy ny fìraisana amin' Andriamanitra dia tao aminy tokoa. Hatramin' ny nihiratan' ny sainy voalohany, dia tsy nitsahatra nitombo teo amin' ny fahasoavana ara-panahy sy ny fahalaiana ny fahamarinana Izy. {IFM 58.1}

Azon' ny zaza rehetra atao ny mandray fahalaiana tahaka ny nataon' i Jesosy. Raha miezaka ny mifandray amin' ny Raintsika any an-danitra amin' ny alalan' ny teniny isika, dia hanatona ny anjely, hahazo hery ny saintsika, ary hasandratra sy hatsaraina ny toetra amam-panahintsika. Hanahaka bebe kokoa ny Mpamonjintsika isika. Ary raha mibanjina ny hakanton' ny zava-boahary sy ny fahalehibeazany isika, dia hitady an' Andriamanitra ny fitiavantsika. Raha feno fanajana ny saina, ny fanahy kosa mandray hery amin' ny fifampikasohany amin' ny Tsy voafetra amin' ny alalan' ny asany. Ny firaisana amin' Andriamanitra amin' ny alalan' ny fivavahana dia mampitombo ny fahaizana ara-tsaina sy ara-pitondrantena, ary mihamatanjaka ny hery ara-panahy rehefa kolokolointsika ny fisainana momba ny zavatra ara-panahy. {IFM 58.2}

Fiainana nifandrindra tamin' Andriamanitra ny fiainan' i Jesosy. Fony zaza Izy, dia nisaina sy niteny toy ny zaza; nefa tsy nisy soritry ny fahotana izay nanimba ny endrik' Andriamanitra tao Aminy. Tsy hoe tsy niharan' ny fakam-panahy Izy anefa. Natao oha-pitenenana mihitsy ny mponina tao Nazareta noho ny faharatsiany. Ny fanontaniana napetrak' i Natanaela hoe : «Moa mba misy zava-tsoa va avy any Nazareta ?»4 dia mampiseho fa ny besinimaro dia nihevitra ireo mponina ireo ho ambany. Napetraka teo amin' ny toerana izay hisedrana ny toetra amam-panahiny Jesosy. Nilainy ny niambina mandrakariva mba hiarovany ny fahadiovany. Nihatra taminy ny ady rehetra mety hosetraintsika mba hahatonga Azy ho ohatra ho antsika teo amin' ny fahazazany, ny fahatanorany ary ny maha-lehilahy lehibe Azy. {IFM 58.3}

Tsy nety sasatra i Satana teo amin' ny ezaka nataony handresena Ilay Zaza tao Nazareta. Hatramin' ny taona voalohany indrindra dia nambenan' ny anjelin' ny lanitra Jesosy, nefa ny fiainany dia tolona lava tamin' ny herin' ny maizina. Izany hoe fisian' ny fiainana iray tsy voaloton' ny ota teto an-tany izany, dia toy ny fitenenandratsy ny andrianan' ny haizina ka nahavery hevitra azy. Tsy nisy fomba tsy nandramany

namandrihana an' i Jesosy. Tsy mbola nisy zaza teo amin' ny taranak' olombelona nantsoina hivelona fiainana masina teo anivon' ny ady mangotraka tamin' ny fakam-panahy tahaka ny Mpamonjy. {IFM 58.4}

Nahantra ny ray aman-drenin' i Jesosy ary ny hohanina androany tadiavina androany. Nifankazatra tamin' ny fahantrana, ny fahafoizantena, sy ny fihafiana Izy. Fiarovana Azy io fanandramana io. Teo amin' ny fiainany feno fahazotoana dia tsy mba nisy fotoana nipetrapetrahany foana izay nitarika ho amin' ny fakam-panahy. Tsy nisy ora tsy niasana izay nanokatra lalana ho amin' ny fikambanana manimba. Araka izay azo atao, dia nakatony tsy hidiran' ny fakam-panahy ny varavarana. Na tombon-tsoa, na fahafinaretana, na fanasohasoana, na fanakianana, dia samy tsy nahatarika Azy hanaiky hanao zavatra tsy mety. Nanana fahendrena hoenti-manavaka ny ratsy Izy ary nanan-kery hoenti-manohitra azy. {IFM 59.1}

Kristy ihany no velona tety an-tany tsy nanota ; nefa sahabo ho telopolo taona no niainany niaraka tamin' ireo mponina ratsy fanahy tao Nazareta. Izany dia fanomezan-tsiny an' ireo izay mihevitra fa miankina amin' ny toerana misy ny tena na ny fananana na ny fanambinana. no ahazoana mivelona amin' ny fiainana tsy misy hokianina. Ny fakam-panahy, ny fahantrana, ny fahoriana, no fifehezan-tena ilaina mba hampitombo ny fahadiovana sy ny fijoroana. {IFM 59.2}

Velona tao amin' ny tokantranon' ny tantsaha Jesosy, ary nanao ny anjarany tamim-pahatokiana sy tamim-pifaliana Izy teo amin' ny fitondrana ny enta-mavesatra tao amin' ny ankohonana. Efa Komandin' ny lanitra Izy, ary fifaliana ho an' ny anjely ny manatanteraka ny teniny, ankehitriny dia mpanompo an-tsitrapo Izy, zanaka tia sy mankatò. Nianatra asa Izy, ary ny tanany mihitsy no niasa tao amin' ny fandrafetana niaraka tamin' i Josefa. Fitafian' ny mpiasa tsotra no nanaovany teny amin' ny araben' ilay tanàna kely, raha nandeha niasa Izy sy niverina avy any amin' ny asa feno fanetrentena nataony. Tsy nampiasa ny hery maha-Andriamanitra Azy Izy mba hampihena ny enta-mavesatra teo Aminy na hanamaivana ny asa mafy nataony. {IFM 59.3}

Raha niasa Jesosy tamin' ny fahazazany sy ny fahatanorany dia nitombo ny saina sy ny tenany. Tsy nampiasainy tamin-kasahiana foana ny heriny ara-batana, fa nampiasainy amin' ny fomba izay ihazonana azy amin' ny fahasalamana, mba ahazoany manao asa tsara indrindra amin' ny lafiny rehetra. Tsy nekeny mihitsy ny tsy fahalavorariana na dia eo amin' ny fitazonana ny fiasana aza. Tonga lafatra ny naha-mpiasa tanana Azy, tahaka ny naha-tonga lafatra Azy teo amin' ny toetra amam-panahiny. Tamin' ny ohatra nomeny dia nampianariny fa adidintsika ny ho mazoto, ary tokony hatao tsara sy lavorary avokoa ny asantsika. ary mendri-kaja ny asa vita toy izany. Ny fampiasana izay mampianatra ny tanana hahasoa sy mitaiza ny tanora hitondra ny anjarany eo amin' ny enta-mavesatry ny fiainana, dia manome hery ara-batana, sy mampitombo ny fahaizana rehetra. Tokony

hahita zavatra atao izay hitondra tombontsoa ho an' ny tenany sy hanampy ny hafa ny rehetra. Nanendry ny asa ho fitahiana Andriamanitra. ary ny mpiasa mazoto ihany no hahita ny tena voninahitra sy fifaliana marina eo amin' ny fiainana. Ny fankasitrahan' Andriamanitra dia mitoetra amim-pitiavana feno toky eo amin' ny zaza sy ny tanora izay mandray ny anjarany amim-pifaliana eo amin' ny adidy izay ao amin' ny ankohonana, ka miara-mitondra ny entana mitambesatra amin' ny ray sy ny reny. Ny zaza toy izany, rehefa mivoaka avy ao an-tokantrano, dia ho olona hahavita soa eo amin' ny fiaraha-monina. {IFM 59.4}

Nandritra ny fiainany teto an-tany dia mpiasa mazoto sy tsy miato amin' ny asany Jesosy. Efa nanampo izany Izy ; noho izany dia nanao zavatra betsaka. Rehefa nanomboka ny asany Izy dia niteny toy izao : «Tsy maintsy manao ny asan' Izay naniraka Ahy Aho raha mbola antoandro; avy' ny alina, ka tsy mahazo miasa ny olona»5 Tsy mba nandositra adidy aman' andraikitra tahaka ny ataon' ny maro izay misora-tena ho mpanaraka Azy Jesosy. Satria mitady izay hialana amin' io fifehezana io ny maro no mahatonga azy ho osa sy tsy mahomby. Mety manana toetra sarobidy sy mahafinaritra izy, nefa tsy manana herin-tsaina, ary tsy misy ilàna azy, rehefa misy zava-tsarotra atrehina na zava-misakana horesena. Ny toetra mahasoa sy ny fahavitrihana, ny toetra amampanahy sy matanjaka hita teo amin' i Kristy, dia tokony hitombo ao amintsika, amin' ny alalan' ny fifehezan-tena izay niaretany. Ary ho antsika ny fahasoavana izay noraisiny. {IFM 60.1}

Raha mbola niaina teo anivon' ny olona ny Mpamonjintsika, dia nitovy lenta tamin' ny mahantra ny fiainany. Fantany, satria efa nihatra taminy, ny ahiahin' izy ireo sy ny zava-tsarotra mahazo azy, koa noho izany dia afaka mampionona sy mampahery ny mpiasa feno fanetren-tena rehetra Izy. Izay manana fahatsapana marina ny fampianarana eo amin' ny fiainany dia tsy hihevitra na oviana na oviana fa misy fanavahana tokony hatao amin' ny sokajin' olona; koa hoe ny manankarena dia tokony hohajaina mihoatra noho ny mahantra. {IFM 60.2}

Fahamiramiranana sy fahaizana mifandray amin' ny hafa no nentin' i Jesosy teo amin' ny asany. Mitaky faharetana sy toetra ara-panahy betsak ny mampiditra ny fivavahan' ny Baiboly ao amin' ny fiainan' ny tokantrano sy ao amin' ny toeram-piasana, ny manaraka ny fizotry ny asa aman-draharaha eo amin' izao tontolo izao nefa tsy hijery afa-tsy ny voninahitr' Andriamanitra. Eo amin' izany toerana izany no miseho ny maha-mpanampy antsika an' i Kristy. Tsy ho feno ny ahiahin' izao tontolo izao na oviana na oviana Izy ka tsy nanam-potoana hieritreretana momba ny zavatry ny lanitra. Matetika no naneho ny hafalian' ny fony Izy tamin' ny fanaovany hira Salamo sy hiran' ny lanitra. Nandre ny feony nisandratra nidera sy nisaotra an' Andriamanitra ny mponina tao Nazareta. Niray tamin' ny lanitra tamin' ny alalan' ny hira Izy ; ary raha nitaraina ny namany noho ny fahavizanany amin' ny asa. dia nanome fifaliana azy ireo ny feon-kira

mamy nipololotra avy tamin' ny molony. Toa nandroaka ny anjely ratsy ny fiderana nandrasany. ary hamtra mani-pofona tahaka ny emboka no nanenika izany toerana izany. Voasintona hiala avy ety an-tany naha-sesi-tany azy ny sain' ireo mpihaino Azy, ka nitodika ho any amin' ny tanindrazana any an-danitra. {IFM 61.1}

Jesosy no loharanon' ny famindrampo manasitrana ho an' izao tontolo izao; ary nandritra ireo taona rehetra nitokanany tany Nazareta. dia nikoriana avy eo Aminy ny onja mitory firaisam-po sy fitiavana. Ny antitra. ny malahelo am-po sy ny vesaram-pahotana, ny zaza nilalao ao anatin' ny fifaliana tsy manan-tsiny, ireo biby madinika sy vaventy mpitondra enta-mavesatra, - ireo rehetra ireo dia samy nahatsiaro fahasambarana teo anatrehany. Ilay mitana izao tontolo izao amin' ny teniny, dia nanaiky hietry hitsimpona voronkely maratra. Tsy misy na inona na inona izay tsy nanintona ny sainy, tsy nisy izay nataony ho zavatra bitika ka tsy notompoiny. {IFM 61.2}

Toy izany, araka ny nitomboany saina sy tena no nandrosoany fitia koa tamin' Andriamanitra sy ny olona. Ny fivelaran' ny fony tamin' ny olon-drehetra no nahababoany ny fo rehetra. Ny rivopiainana nitory fanantenana sy herim-po izay nanodidina Azy dia nahatonga Azy ho fitahiana ho an' ny tokantrano rehetra. Ary matetika no nantsoina Izy tao amin' ny synagoga tamin' ny andro Sabata mba hamaky tapatapany amin' ny lesona avy ao amin' ny mpaminany, ka nangitakitaka ny fon' ny mpihaino raha namirapiratra avy amin' ny teny mahazatra ao amin' ny Soratra Masina ny fahazavana vaovao. {IFM 61.3}

Nefa nialan' i Jesosy reheta mety ho fisehoana ivelany. Nandritra ny taona rehetra nitoerany tao Nazareta, dia tsy nampidera ny heriny nanao fahagagana Izy. Tsy nikatsaka toerana ambony Izy ary tsy nisalotra anaram-boninahitra. Ny fiainany tony sy tsotra, ary na dia ny fanginan' ny Soratra Masina mikasika ny fahazazany aza, dia mampianatra lesona mavesa-danja. Arakaraka ny maha-tony sy ny maha-tsotra ny fiainan' ny zaza. - arakaraka ny tsy fisian' ny fanaitairana tsy voajanahary, sy arakaraka ny hirindrany amin' ny zava-boahary - arakaraka izany no mahasoa kokoa ny tanjany ara-batana sy ara-tsaina ary ny heriny ara-panahy. {IFM 62.1}

Jesosy no ohatra ho antsika. Maro ireo olona no liana amin' ny fotoana niasany teo amin' ny besinimaro, nefa tsy manintona ny sainy ny fampianarana avy amin' ny taona nahazaza Azy. Tao amin' ny fiainany tao an-tokantrano anefa no naha-ohatra Azy ho an' ny zaza sy ny tanora rehetra. Nampietry ny tenany hatramin' ny fahantrana ny Mpamonjy mba ahazoany mampianatra ny fomba nety handehanantsika akaiky amin' ny fanetren-tena miaraka amin' Andriamanitra. Velona mba hahafaly sy hanaja ary hanome voninahitra ny Rainy Izy teo amin' ny fiainana andavanandro. Nanomboka teo amin' ny fanokanana ny asa tsotra fanaon' ny mpiasa madinika mitady ny haniny isan' andro ny asany, ary tsapany tamin' izany fa samy fanompoana an' Andriamanitra na ny asa nataony teo amin' ny latabatra fandrafetana, na ny fahagagana notanterahiny ho an' ny

vahoaka tatý aoriana. Ary ny tanora rehetra izay manaraka ny ohatry ny fahatokiana sy ny fankatoavana nomen' i Kristy tao amin' ny tokantranony tsotsotra, dia mahazo mitaky ireo teny nolazain' ny Ray tamin' ny alalan' ny Fanahy Masina hoe : «Indro ny Mpanompoko, Izay tantanako, dia Ilay voafidiko sady sitraky ny foko»6. {IFM 62.2}

## Toko 8—Ny nandalovany tamin'ny andro Paska

Teo amin' ny Jiosy. ny faharoa ambin' ny folo taona no faritra nampisaraka ny fahazazana sy ny fahatanorana. Rehefa tonga teo amin' io taona io ny zazalahy hebreo dia natao hoe zanaky ny lalàna, sy zanak' Andriamanitra koa. Nomena tombon-tsoa manokana indrindra izy mba handraisany fampianarana ara-pivavahana, ary navela handray anjara tamin' ny fetim-pivavahana sy ny fombampivavahana masina izy. Araka izany fomba izany no nahatonga an' i Jesosy namangy tany Jerosalema tamin' ny Paska fony Izy mbola zazalahy kely. Toy ny nataon' ny Isiraelita mpivavaka tsara, dia niakatra i Josefa sy Maria hanatrika ny Paska ; ary rehefa ampy taona Jesosy, dia nentiny niaraka taminy.1 {IFM 63.1}

Nisy telo ireo fetim-pivavahana fanao isan-taona : ny Paska, ny Pentekosta ary ny Fetin' ny Tabernakely, izay nibaikoana ny lehilahy rehetra tao Isiraely mba hisehoany eo anatrehan' i Jehovah tany Jerosalema. Ny Paska no nahavory olona be indrindra tamin' ireo fetim-pivavahana ireo. Betsaka ny Jiosy nanatrika avy tamin' ny tany rehetra izay niparitahany. Marobe ireo mpivavaka tonga avy tamin' ny faritr' i Palestina manontolo. Andro maro no nanaovana ny dia avy tany Galilia, ary niaraka betsaka ny mpandeha mba ho tafara-dalana sy hifampiaro. Ny vehivavy sy ny lahiantitra dia nitaingina omby na ampondra rehefa fiakarana mideza sy lalana be vato. Ny lehilahy matanjaka kokoa sy ny tanora dia mandeha an-tongotra. Nifanojo tamin' ny faran' ny Marsa na tamin' ny fiandohan' ny Avrily ny andron' ny Paska, ka rakotry ny voninkazo mamirapiratra ny tany sady heniky ny kalokalon' ny vorona. Teny an-dalana rehetra teny dia nisy toerana nahatsiarovana ny tantaran' ny Isiraely, ary naverin' ny ray sy ny reny tamin' ny zanany ny tantaran' ny fahagagana efa nataon' Andriamanitra ho an' ny vahoakany tamin' ny andro lasa. Nanary dia tamin' ny hira sy ny mozika izy teny an-dalana ary rehefa ela ny ela ka tazana ny tilikambon' i Jerosalema. dia niara-niredona ny hiram-pandresena ny feo rehetra nanao hoe : {IFM 63.2}

*«Ny tongotray efa mijoro*
*Eo anatm' ny vavahadinao, ry Jerosalema o . . .*
*Fiadanana anie ho ao anatin' ny mandanao ;*
*Fanambinana anie ho ao an-dapanao»2 {IFM 64.1}*

Niandoha tamin' ny nahaterahan' ny firenena Hebreo ny fitandremana ny Paska. Tamin' ny alina faran' ny nanandevozana azy tany Egypta, tamin' ny fotoana izay toa tsy nisy antoky ny fanafahana mihitsy. tamin' izay no nibaiko azy hiomana ny handeha avy hatrany Andriamanitra. Efa nampitandrina an' i Farao Izy ny amin' ny fitsarana farany hataony amin' ny Egyptiana ary nanoro hevitra ny Hebreo hanangona ny fianakaviany ao amin' ny trano fitoerany. Rehefa notentenina ny ran' ny zanak' ondry novonoina ny tolam-baravarana dia nihinana ny zanak' ondry natsatsika niaraka tamin' ny mofo tsy

misy masirasira sy ny anana mangidy izy. «Ary toy izao no hataonareo, hoy Izy, raha mihinana azy ; ny valahanareo ho voasikina, ny kapanareo ho eo amin' ny tongotrareo, ary ny tehinareo ho eny an-tànanareo ; dia hohaninareo faingana izy, fa Paskan' i Jehovah»3 Tamin' ny misasak' alina dia maty ny lahimatoan' ny Egyptiana rehetra. Izao no hafatra nalefan' ny mpanjaka ho an' ny Isiraely : «Mitsangàna. mialà eto amin' ny vahoakako hianareo;. . . ary mandehana ka manompoa an' i Jehovah araka ny nolazainareo». Firenena mahaleotena ny Hebreo raha nivoaka avy tany Egypta. Nobaikoin' i Jehovah hotandremana isan-taona ny Paska. «Ary raha hanontany anareo, hoy Izy, ny zanakareo hoe : Inona no anton' izao fanompoana ataonareo izao, dia ho lazainareo hoe : izao dia famonoana ny Paskan' i Jehovah, Izay nandalo ny tranon' ny Zanak' Isiraely tany Egypta, raha namely ny Egyptiana Izy»4Toy izany no hamerenana ny tantaran' io fanafahana mahagaga io amin' ny taranaka mifandimby. {IFM 64.2}

Nanaraka ny Paska dia nisy ireo fito andro firavoravoana nihinanana mofo tsy misy masirasira. Ny andro firavoravoana faharoa. dia naseho teo anatrehan' i Jehovah ny amboaram-bary santatry' ny vokatry ny taona. Tandindon' ny asan' i Kristy avokoa ny fanompoam-pivavahana rehetra natao tamin' izany. Mampiseho lesona azo tsapain-tanana momba ny fanavotana ny fanafahana ny Isiraely avy tany Egypta, ary nokasaina hotazonina ao an-tsaina amin' ny alalan' ny Paska izany. Samy naneho ny Mpamonjy na ny zanak' ondry voavono, na ny mofo tsy misy masirasira, na ny amboaran' ny voaloham-bokatra. {IFM 65.1}

Ho an' ny ankabeazan' ny olona tamin' ny andron' i Kristy, dia efa nanjary fombafomba ivelambelany fotsiny ny fitandremana io androm-piravoravoana io. Nanao ahoana kosa ny dikan' izany tamin' ny zanak' Andriamanitra ! {IFM 65.2}

Voalohany izao Jesosy zaza no nijery ny tempoly. Hitany ireo mpisorona niakanjo fotsy, manao ny asa fanompoany be voninahitra. Nobanjininy ilay biby natao fanatitra nivoa-dra teo ambonin' ny alitara. Niara-niondrika nivavaka tamin' ny olona lzy. raha niakatra teo anatrehan' Andriamanitra ny setroky ny fofo-manitra. Nanatrimaso ireo fomba fanao mampieritreritra fatratra tamin' ny fanompoam-pivavahana tamin' ny Paska lzy. Nihanazava taminy isan' andro ny dikany. Toa mifamatotra amin' ny fiainany ny ambaratonga rehetra. Nisy fihetseham-po vaovao nifoha tao Aminy. Nangina sady variana lzy ka toa nandinika zava-tsarotra lehibe. Niharihary teo amin' ny Mpamonjy ny zava-miafin' ny asa nanirahana Azy. {IFM 65.3}

Revo nibanjina ireo toe-javatra ireo lzy ka tsy nijanona teo akaikin' ny ray.aman-dreniny. Nitady ny ho irery lzy. Rehefa nifarana ireo fanompoam-pivavahana momba ny Paska, dia mbola nitarcdrctra tao amin' ny kianjan' ny tempoly Izy ; ary rehefa niala tao Jerosalema ny mpivavaka, dia tafajanona Izy. {IFM 65.4}

Nirin' ny ray aman-drenin' i Jesosy ny hampifandray Azy tamin' ireo mpampianatra

lehibe tao Isiraelý tamin' iny nandalovany tany Jerosalema iny. Nankatò ny teny manokana rehetra avy amin' Andriamanitra mantsy lzy, nefa tsy nanaraka ny fombam-pivavahana sy ny fanaon' ny raby. Nanantena i Josefa sy Maria fa ho voatarika hanao ny fanaon' ny raby nahita fianarana ambony Izy ka hazoto kokoa hankatò izay takian' izy ireo. Andriamanitra anefa no efa nampianatra an' i Jesosy tao amin' ny Tempoly. Ary izay noraisiny dia nozarainy avy hatrany. {IFM 65.5}

Tamin' izany andro izany dia nisy efitrano nifandray tamin' ny tempoly izay natokana ho sekoly masina. araka ny fanao tao amin' ireo sekolin' ny mpaminany. Tao no nivorian' ireo raby mpitarika niaraka tamin' ny mpianany, ary tao no naiehan' i Jesosy zaza. Nipetraka teo an-tongotr' ireo olona avara-pianarana tsy mitsiky lzy, ary nihaino ny fampianarany. Tahaka ny olona nitady fahendrena lzy ka nametraka fanontaniana tamin' ireo mpampianatra mikasika ny faminaniana sy ny toe-javatra nitranga tamin' izany fotoana izany izay manondro ny fiavian' ny Mesia. {IFM 66.1}

Toy ny olona mangetaheta ny tahalalana an Andriamanitra Jesosy . Ny fanontaniana napetrany dia namohatoha tahamarinana lalina izay nohamaizinina hatry ny ela ela nefa iankinan ny famonjena ny lanahy. Ny fanontaniana tsirairay dia nampiseho ny maha-ety sy ivelambelany ny fahendren' ny olon-kendry. sady nitondra lesona avy amin' Andriamanitra teo imasony. no nametraka ny fahamarinana tamin' ny endriny vaovao. Nilaza ny amin ny fanandratana mahagaga izay ho tojo amin ny tirenena Jiosy noho ny fiavian' ny Mesia ny raby. Jesosy kosa nampiseho ny faminanian' 1 lsaia, ary nanontany azy ireo ny dikan' ireo teny izay manondro ny fahoriana sy ny tanafatesan ny Zanak Ondrin Andriamanitra. {IFM 66.2}

Fanontaniana no nasetrin' ireo mpahay lalàna Azy ary talanjona noho ny valinteny nataony izy ireo. Tamin' ny fanetren-tenan' ny zaza no namerenany ny tenin' ny Soratra Masina. ka nomeny dikany lalina izany, izay tsy noheverin' ireo olon-kendry ireo. Raha narahina ireo fahamarinana nosoritany sy notondroiny, dia nety ho nitondra asa fanavaozana teo amin' ny fivavahana tamin' izany andro izany. Nety ho nifoha ny fitiavana lalina ny zavatra ara-panahy ; ary rehefa nanomboka ny asany Jesosy, dia maro no ho vonona ny handray Azy. {IFM 66.3}

Fantatry ny raby fa tsy nianatra tao an-tsekoliny Jesosy ; nefa nihoatra lavitra ny fahatakaran' izy ireo ny fahatakarany ny faminaniana. Nahitany fanantenana be ity zazalahy Galiliana lalimpisainana ity. Niriny ny hahazo Azy ho mpianany, mba hahatonga Azy ho mpampianatra ao Isiraely. Tiany horaisina ho andraikiny ny fanabeazana Azy satria tsapany fa izy no tsy maintsy hamolavola io saina hafa kely io. {IFM 66.4}

Nampihetsika ny fony, tsy mbola nisy tahaka izany mihitsy nataon' ny teny navoakan' ny vavan' olombelona, ny tenin' i Jesosy. Niezaka ny hanome fahazavana ho

an' ireo mpitarika tao Isiraely Andriamanitra, ka ny fitaovana nety ho tratrany ihany no nampiasainy. Noho ny avonavony dia noheveriny fa tsy mendrika azy ny handray fampianarana avy amin' olon-kafa na iza na iza. Rahaniseho ho nanandrana ny hampianatra azy Jesosy. dia ho nataony tsinontsinona ny hihaino Azy. Nandoka tena anefa izy ireo fa hoe nampianatra Azy. na fara faharatsiny nitsapa ny fahaizany Soratra Masina izy. Naharesy lahatra ny hevitra nibahana tao an-tsainy ny fanetren-tena sy ny toetra soa teo amin' ny fahatanoran' i Jesosy. Tsy tsapany akory ny nisokafan' ny sainy handray ny tenin' Andriamanitra ary niteny tamin' ny fony ny Fanahy Masina. {IFM 66.5}

Tsy afaka ny tsy ahita izy fa tsy mifanaraka amin' ny faminaniana ny fanantenany mikasika ny Mesia : nefa tsy te-hiala amin' ny fampianarana izay efa nandokadoka ny hambom-pony izy. Tsy te-hanaiky izy fa diso ny nandraisany ny Soratra Masina izay nolazainy fa ampianariny. Nifanontany izy hoe : Ahoana no ahaizan' ity zazalahy itý. neta tsy nianatra mihitsy ? Ary ny mazava dia mamirapiratra ao amin' ny maizina ; «fa ny maizina tsy nandray azy»5 {IFM 67.1}

Nitebiteby be sady nalahelo mafy kosa Josefa sy Maria. Raha niainga tao Jerosalema dia efa tsy hitany Jesosy. ary tsy fantany fa mbola nijanona tany aoriana tany Izy. Be dia be ny mpiara-dia avy any Galilia. Betsaka ny filanjevoana raha niala tao an-tanàna izy ireo. Ny fahafinaretana tamin' ny fiarahana amin' ireo havana amantsakaiza no nahavariana azy fatratra teny an-dalana, hany ka tsy nomarihiny akory ny tsy nahateo Azy raha tsy efa alina ny andro. Rehefa nijanona hiala sasatra izy dia nahatsiaro banga fa tsy teo ilay tanan-janany mpanampy azy. Noheveriny fa niara-dia taminy foana Izy ka tsy nisy nampitebiteby azy. Na dia mbola tanora aza Izy. dia efa nanana fahatokiana Azy amin' izao izy ireo. ary noheveriny fa rehefa misy ilàny Azy dia ho vonona hanampy azy Izy, ka hikarakara mialoha izay ilainy tahaka ny efa fanaony. Nifoha anefa izao ny tahotra tao am-pon' izy ireo. Notadiaviny tany amin' ireo mpiara-dia taminy Izy, nefa tsy nisy vokany izany. Nipararctra izy nahatsiaro ny fomba niezahan' i Heroda hamono Azy fony Izy mbola zaza. Ratsy ny eritreritra nameno ny fony. Nanameloka ny tenany tamim-pangidiana izy. {IFM 67.2}

Niverina tany Jerosalema izy ka nanohy ny fikarohany. Ny ampitson' iny, raha nifangaro tamin' ireo mpivavaka tao amin' ny tempoly izy, dia nisy feo fantany tsara nitana ny sainy. Tsy mety ho diso hevitra ny amin' izany izy ; tsy misy feo hafa tahaka ny Azy : hentitra sy mitory hafanam-po, nefa mamelovelo fatratra. {IFM 67.3}

Tao amin' ny sekolin' ny raby no nahitany an' i Jesosy. Na dia faly dia faly aza izy, dia tsy hainy nohadinoina ny alahelony sy ny tebitebiny. Rehefa tonga teo aminy Izy, dia hoy ny reniny nanao teny mifono fanomezan-tsiny : «Anaka, nahoana no nanao toy izany taminay Hianao ? He ! izato alahelon-drainao sy izaho nitady Anao !» «Nahoana no nitady Ahy hianareo ? hoy ny navalin' i Jesosy. Tsy fantatrareo va fa tsy maintsy ho eto

an-tranon' ny Raiko Aho ?» Ary toa tsy azon' ireo ny teny nataony, dia nanondro miakatra Izy. Teo amin' ny endriny mazava dia namirapiratra tao amin' ny maha-olombelona Azy ny maha-Andriamanitra. Raha nahita Azy tao amin' ny tempoly izy ireo. dia efa nahare izay niseho taminy sy ireo raby. ary talanjona izy ireo noho ny fanontaniany sy ny valinteniny. Nitarika hevitra nifampitohy izay tsy hohadinoina mihitsy ny teniny. {IFM 68.1}

Ny fanontaniana napetrany tamin' izy ireo koa dia nifono lesona. «Tsy fantatrareo va fa tsy maintsy ho eto amin' ny raharahan' ny Raiko Aho ?» Niditra tao amin' ny asa izay nahatongavany teto amin' izao tontolo izao Jesosy : i Josefa sy Maria kosa nanao an-tsirambina ny azy. Voninahitra ambony no efa nomen' Andriamanitra azy tamin' ny nanankinany ny Zanany taminy. Ny anjely masina no efa nitarika ny dian' i Josefa mba hiarovana ny fiainan' i Jesosy. Nefa nandritra ny indray andro maninjitra dia tsy teo imasony Ilay tsy tokony hohadinoina na dia fotoana fohy aza. Ary rehefa afaka ny tebitebiny, dia tsy nanameloka ny tenany izy, fa Izy indray no nomeny tsiny. {IFM 68.2}

Zavatra ara-dalàna tamin' ny ray aman-drenin' i Jesosy ny nihevitra Azy ho zanaky ny tenany. Teo aminy Izy isan' andro, ary teo amin' ny lafiny maro dia tahaka ny an' ny zaza rehetra ny fiainany. ka sarotra ho azy ireo ny hahatsapa marina fa Zanak' Andriamanitra Izy. Loza nananontanona azy ny tsy fahaizany mankasitraka ny fitahiana natolotra azy tamin' ny fanatrehan' ny Mpanavotra an' izao tontolo izao. Ny alahelony noho ny fisarahany taminy, sy ny fanomezan-tsiny amim-pitiavana izay noraketin' ny teniny, dia nokendrena mba handatsaka ao am-pony ny fahamasinan' ny fitokisana izay napetraka taminy. {IFM 68.3}

Tamin' ny valinteny nataon' i Jesosy tamin' ny reniny, dia voalohany izao no nanehoany fa azony tsara ny fifandraisany. tamin' Andriamanitra. Talohan' ny nahaterahany dia hoy ny anjely tamin' i Maria : «Izy ho lehibe ka hatao hoe Zanaky ny Avo Indrindra; ary Jehovah Andriamanitra hanome Azy ny seza fiandrianan' i Davida rainy: ary hanjaka amin' ny taranak' i Jakoba mandrakizay Izy»6. Efa nolanjalanjain' i Maria tao am-pony ireo teny ireo; na dia nino aza izy fa ho Mesian' Isiraely ny zanany, dia tsy nazava taminy ny iraka nampanaovina Azy. Tamin' izay fotoana izay dia tsy azony ny teniny ; fa fantany kosa fa notsipahiny ny fihavanany ara-nofo tamin' i Josefa, ary nambarany ny maha-Zanak' Andriamanitra Azy. {IFM 68.4}

Tsy hoe ninia tsy nihevitra ny fifandraisany tamin' ny ray aman-dreny teto an-tany tsy akory Jesosy. Rehefa avy tany Jerosalema Izy dia niara-niverina taminy tany an-tokantranon' izy ireo. ka nanampy azy teo amin' ny fiainany sy ny asa mafy. Nafeniny tao am-pony ny zava-miafina momba ny iraka nampanaovina Azy. ka nilefitra Izy niandry ny fotoana voatondro hidirany ao amin' ny asany. Nandritra ny valo ambin' ny tolo taona taty aorian' ny nilazany ny maha-Zanak' Andriamanitra Azy. dia nanaiky ny fatorana izay nampiray Azy tamin' ny tokantrano tao Nazareta lzy. ka nanantanteraka ny

adidiny amin' ny maha-zanaka. rahalahy. sakaiza sy olom-pirenena Azy. {IFM 69.1}

Efa naharihary tao amin' ny tempoly ny iraka nampanaovina an' i Jesosy, koa nialany ny fifampikasohana tamin' ny vahoaka. Niriny ny hiray dia mangingina avy any Jerosalema miaraka amin' ireo izay nahalala ny tsiambaratelon' ny fiainany. Ny fanompoampivavahana tamin' ny Paska dia niezahan' Andriamanitra niantsoana ny vahoakany hiala amin' ny ahiahy araka izao tontolo izao sy hampahatsiahy azy ny asa mahagaga nataony tamin' ny nanafahany azy avy tany Egypta. Niriny ny ahitan' izy ireo ny teny fikasana momba ny fanafahana amin' ny fahotana teo amin' io asa io. Tahaka ny ran' ny zanak' ondry novonoina niaro ny tokantranon' ny Isiraely, dia tahaka izany koa ny ran' i Kristy izay hamonjy ny fanahiny ; nefa tsy ho voavonjy amin' ny alalan' i Kristy izy raha tsy mandray ny fiainany ho azy amin' ny alalan' ny finoana. Tsy misy heriny ny fanompoam-pivavahana ara-tandindona raha tsy mitarika ny mpivavaka amin' i Kristy ho Mpamonjy ny tenany manokana izy. Nirin' Andriamanitra ny hahavoatarika azy ho amin' ny fandinihana arahim-pivavahana ny iraka nampanaovina an' i Kristy sy ny fieritreretana lalina an' izany. Nefa raha niala tao Jerosalema ny vahoaka marobe, dia matetika loatra no nameno ny sainy ny fahafinaretana teny am-pandehanana sy ny fifandraisana eo amin' ny mpiara-monina, ary hadino ny fanompoam-pivavahana vao natrehiny. Tsy voasarika hiara-dia tamin' ireo ny Mpamonjy. {IFM 69.2}

Satria tokony hiaraka samirery amin' i Jesosy i Josefa sy Maria raha avy tany Jerosalema. dia nanantena Izy fa hitarika ny sainy ho eo amin' ny faminaniana mikasika ny fijalian' ny Mpamonjy. Teo Kalvary dia niezaka ny hanamaivana ny fahorian-dreniny Izy. Nieritreritra azy Izy izao. Hanatri-maso ny ady mihatra aman' aina larany ho zakainy i Maria, koa nirin' i Jesosy ny ahazoany ny iraka nampanaovina Azy. mba ahazoany hery hoenti-miharitra. rehefa hotsatohan' ny sabatra ny fanahiny. Tahaka ny naliatalasaraka an' i Jesosy taminy sy nitadiavany Azy tamim-pahoriana mandritra ny hateloana. dia toy izany koa. rehefa hatolotra ho an' ny fahotan' izao tontolo izao lzy. dia ho very tsy ho eo imasony indray mandritra ny hateloana. Ary rehefa mivoaka avy ao am-pasana Izy, dia hody fifaliana indray ny fahoriany. Nela ho zakany mora foana ny tebiteby momba ny fahafatesany raha azony ny Soratra Masina izay niezahan' i Jesosy hampitodika ny sainy ankehitriny. {IFM 70.1}

Raha nampitoerin' i Josefa sy Maria teo amin' Andriamanitra ny sainy tamin' ny alalan' ny fieritreretana lalina sy ny fivavahana, dia ho tsapany ny fahamasinan' ny adidy nankinina taminy, ka tsy ho very tsy teo imasony Jesosy. Ny fanaovany an-tsirambina indray andro dia nahavery ny Mpamonjy ho azy, nela dia hateloana nitebitebena teo am-pitadiavana Azy no setrin' izany. Tahaka izany koa amintsika, ny resaka maivamaivana. ny fitenenan-dratsy na ny fanaovana an-tsirambina ny fivavahana, dia mety hahavery ny fanatrehan' ny Mpamonjy ao anatin' ny indray andro monja, ary mety handany andro maro hitadiavantsika Azy amim-pahoriana isika mba hahitana Azy sy hahazoana indray

ny fiadanana izay verintsika. {IFM 70.2}

Amin' ny fifandraisantsika samy isika. dia tokony hitandrina isika sao hadinontsika Jesosy. ka hanohy ny diantsika ihany isika, nefa tsy mahatsapa fa tsy miaraka amintsika Izy. Rehefa manjary variana loatra amin' ny zavatra eto amin' izao tontolo izao isika, ka tsy mieritreritra an' Ilay fototry ny fanantenantsika ny fiainana mandrakizay. dia mampisaraka ny tenantsika amin' i Jesosy sy ny anjelin' ny lanitra isika. {IFM 70.3}

Tsy afaka mijanona eo amin' ny toerana izay tsy aniriana ny fanatrehan' ny Mpamonjy sy tsy hanamarihana ny tsy maha-eo Azy ireo anjely masina ireo. Izany no mampisy fahakiviana matetika toy izany eo amin' ireo izay milaza ny tenany ho mpanaraka an' i Kristy. {IFM 71.1}

Betsaka no manatrika ny fanompoam-pivavahana, ary mahazo famelombelomana sy fampaherezana avy amin' ny tenin' Andriamanitra : nefa noho ny fanaovany antsirambina ny fieritreretana lalina. ny fiambenana, sy ny fivavahana. dia veriny ny fitahiana. ka hitany fa mahantra noho ny talohan' ny nandraisany izany izy. Matetika no tsapany fa zara raha mifandray amin' Andriamanitra izy. Tsy hitany fa azy ny fahadisoana. Noho ny nisarahany tamin' i Jesosy. dia nosakanany ny fahazavan' ny fanatrehany. {IFM 71.2}

Hahasoa antsika ny handany adiny iray isan' andro hieritreretana sy handinihana ny fiainan' i Kristy. Tokony horaisintsika amin' ny lafiny tsirairay izany ary avelantsika hamikitra ny toe-javatra tsirairay ny saina. indrindra ireo toe-javatra amin' ny faran' ny fiainany. Rehefa mandinika maharitra toy izany ny sorona lehibe nataony ho antsika isika. dia mihamatanjaka ny fahatokiantsika Azy, mihalehibe ny fitiavantsika, ary hovonton' ny fanahiny lalindalina kokoa isika. Raha tiantsika ny ho voavonjy amin' ny farany, dia tsy maintsy mianatra ny leson' ny fibebahana sy ny fanetren-tena eo ampototry ny hazo fijaliana isika. {IFM 71.3}

Raha miray isika, dia mety ho fitahiana ho an' ny tsirairay avy. Raha an' i Kristy isika, dia ho momba Azy ny eritreritsika mamy indrindra. hampahalefaka ny fontsika ny hery miasa mangina avy amin' Andriamanitra. Ny fibanjinantsika ny hakanton' ny toetra amam-panahiny dia «hanova antsika ho araka ny endriny avy amin' ny voninahitra ho amin' ny voninahitra»7 {IFM 71.4}

## Toko 9—Adim-piainana teo amin'ny fahazazana

Hatramin' ny taonany voalohany indrindra dia voahodidin' ireo fitakian' ny raby ny zaza Jiosy. Nisy lalàna henjana natao momba ny zavatra rehetra. hatramin' ny antsipiriany madinika indrindra eo amin' ny fiainana. Teo ambanin' ny saokan' ireo mpampianatra tao amin' ny synagoga no nampianarana ny tanora momba ireo fitsipika tsy hita isa, izay noheverina fa tokony hankatoaviny amin' ny maha-Isiraelita manaraka ny fomba fanao azy. Tsy mba nahaliana an' i Jesosy anefa izany zavatra izany. Hatramin' ny fahazazany dia tsy niankina tamin' ireo lalàna nataon' ny raby Izy. Ny Soratra Masina ao amin' ny Testamenta Taloha no nianarany lalandava, ary teo am-bavany mandrakariva ny teny hoe : «lzao no lazain' i Jehovah». {IFM 73.1}

Rehefa nanomboka niharihary teo amin' ny sainy ny toetoetry ny vahoaka nanodidina azy. dia hkany fa nifanohitra mandrakariva ireo fitakian' ny fiaraha-monina sy ireo fitakian' Andriamanitra. Niala tamin' ny tenin' Andriamanitra ny olona ka nanandratra laha-kevitra noforonin' ny tenany ihany. Nanaraka fombam-pivavahana nentin-drazana izay tsy nisy hery izy ireo. Fanompoampivavahana tsy mahasoa akory no nataony; nafenina tamin' ny mpivavaka kosa ireo fahamarinana masina izay notendrena hampianarin' ireny fanompoam-pivavahana ireny. Hitan' i Jesosy fa tsy nahita fiadanana ny olony tao amin' ireo fanompoam-pivavahana tsy misy finoana ireo. Tsy fantany izany fahafahana ara-panahy ho tonga avy amin' ny fanompoany an' Andriamanitra amin' ny fahamarinana. Tonga hampianatra ny dikan' ny fanompoana an' Andriamanitra Jesosy, koa tsy azony natao ny manaiky ny fampifangaroaroana ny fitakian' ny olombelona amin' ny fitsipik' Andriamanitra. Tsy namelively ny fitsipikanomen' ireo mpampianatra manam-pahaizana na ny fomba fanaon' izy ireo Izy ; nefa kosa rehefa nisy nanome tsiny Azy noho ny fomba mahazatra tsotra teo Aminy, dia nasehohy ny tenin' Andriamanitra ho fanamarinana ny fitondrantenany. {IFM 73.2}

Tamin' ny fomba feno halemem-panahy sy fandeferana no niezahan' i Jesosy hahafaly ireo izay nifampikasoka taminy. Satria nalemy fanahy Izy sady tsy be fanoherana, dia noheverin' ireo mpanora-dalàna sy loholona fa hiasa mangina mora Aminy foana ny fampianaran' izy ireo. Nampirisihiny Izy handray ireo teny fahendrena sy lovan-tsofina izay efa nampitain' ireo raby taloha, nefa nanontanian' i Jesosy azy ireo kosa ny fahefan' izany araka ny Soratra Masina. Tiany ny nihaino ny teny rehetra mivoaka avy amin' ny vavan' Andriamanitra ; tsy azony ankatoavina kosa izay noforomporonin' ny olona. Toa nahalala ny Soratra Masina hatrany amin' ny voalohany ka hatramin' ny farany Jesosy. ary nasehony ny tena maha-zava-dehibe izany. Menatra ny raby nampianarinjazakely. Nolazain' izy ireo fa anjara asany ny manazava ny Soratra Masina. ary anjaran' i Jesosy kosa ny manaiky ny fanazavana ataon' izy ireo. Nahatezitra azy ny nijoroan' i Jesosy hanohitra ny teniny. {IFM 74.1}

Fantany fa tsy misy fahefana mety ho hita ao amin' ny Soratra Masina momba ireo lovan-tsofiny. Tsapany fa nihoatra lavitra azy ireo Jesosy raha ny fahalalany ny ara-panahy. Nefa dia tezitra izy ireo satria tsy nankatò ny lalàna nataony Izy. Tsy naharesy lahatra Azy izy ireo ka nitady an' i Josefa sy Maria ary nasehony azy ireo ny toetrany tsy mety manaraka izay ampanaovina Azy. Noho izany dia niaritra faninitsiniana sy famaizana Izy. {IFM 74.2}

Hatramin' ny faha-keliny indrindra Jesosy dia efa nanomboka niasa samirery ho famolavolana ny toetra amam-panahiny ary na dia ny fanajana sy ny fitiavany ny ray aman-dreniny aza dia tsy nampiala Azy tamin' ny fankatoavana ny tenin' Andriamanitra. «Voasoratra hoe» : izany no anton' ny fihetsiny rehetra izay tsy nitovy tamin' ny fomba amam-panaon' ny fianakaviany. Nampangidy ny fiainany anefa ny hery miasa mangina avy amin' ny raby. Na dia teo amin' ny fahatanorany aza dia nianatra ny lesona sarotra momba ny fanginana sy ny fahari-po Izy. {IFM 74.3}

Ireo rahalahiny, izany no niantsoana ireo zanak' i Josefa, dia niandany tamin' ireo raby. Nohantitranterin' izy ireo fa tsy maintsy hankatoavina tahaka ny fitakiana nataon' Andriamanitra ny lovan-tsofina. Noheverin' izy ireo ho ambony lavitra noho ny tenin' Andriamanitra aza ireo fitsipik' olombelona, ary nahasorena azy mafy ny fahalalinan' ny sain' i Jesosy manavaka mazava ny diso sy ny marina. Ny fankatoavany hentitra ny lalàn' Andriamanitra dia nomelohin' izy ireo ka nolazainy fa ditra. Talanjona izy ireo nahita ny fahalalana sy ny fahendrena nasehony tamin' ny namaliany ny raby. Fantany fa tsy nandray fampianarana avy tamin' ireo olonkendry Izy, nefa tsy afaka ny tsy hahita izy ireo fa Jesosy no nampianatra azy ireo izao. Nekeny fa karazana ambony noho izay azon' izy ireo ny fanabeazana noraisiny. Tsy hitany anefa fa afaka nanatona ny hazon' aina Izy. dia ilay loharanom-pahalalana tsy mba fantatr' izy ireo. {IFM 75.1}

Tsy nanavakavaka Kristy, koa nanafintohina ny Fariseo tamin' ny fomba manokana Izy raha niala ireo fitsipika henjana nataon' izy ireo momba izany. Ny nahitany ny fiainana ara-pivavahana dia voaefitrefitry ny fefy avo mampisaratsaraka. toa masina loatra ka tsy azo ampiharina amin' ny fiainana andavanandro. Narodany ireny efitra fampisarahana ireny. Raha nifandray tamin' ny olona Izy dia tsy nanontany hoe : Inona no finoanao ? Fiangonana aiza ianao ? Nampiasainy ho an' izay rehetra nila ny fananipiany ny heriny afaka nanampy. Tsy nitokana tao amin' ny efitra kely toy ny fanaon' ny mpitoka-monina Izy mba hanehoany ny toetra amam-panahiny avy any an-danitra, fa niasa mafy sy tamin-kafanam-po ho an' ny taranak' olombelona. Nampidiriny ny foto-kevitra milaza fa tsy ny fampijaliana ny vatana akory no atao hoe fivavahan' ny Baiboly. Nampianariny fa ny fivavahana madio sady tsy misy pentimpentina dia tsy natokana fotsiny ho amin' ny fotoana voafaritra sy ny toe-javatra manokana. Nampiseho fitiavana liana ny amin' ny olona hatrany lzy tamin' ny toerana rehetra, ka nanaparitaka manodidina Azy ny lahazavana avy amin' ny fitiavam-bavaka nitory hafaliana teo

Aminy. Fanomezan-tsiny ho an' ny Fariseo avokoa izany rehetra izany. Nasehon' izany fa tsy fitiavan-tena tsy akory ny fivavahana, ary ny fitiavany mahery vaika zary aretina, ny tombon-tsoan' ny tenany dia lavitry ny tena toe-panahy marina araka an' Andriamanitra. Nampirongatra ny fandrafiany an' i Jesosy izany, hany ka niezaka izy ireo hanery Azy hanaraka ny fitsipi-pitondrany. {IFM 75.2}

Niasa Jesosy hanamaivana ny fahoriana rehetra hitany. Tsy nanam-bola firy omena Izy, nefa matetika dia nahafoy ny tsy hihinan-kanina. mba hanamaivanany ny fahorian' ireo izay hitany fa sahirana noho Izy. Tsapan' ireo rahalahiny fa afaka manohitra marina ny hery miasa mangina avy amin' izy ireo ny avy amin' i Jesosy. Nanana fahaizana mifandray amin' ny hafa izay tsy nananan' izy rehetra Izy, na niriny hananana akory. Rehefa nanao teny henjana tamin' ny mahantra sy ny olona mivarilavo izy ireo, dia notadiavin' i Jesosy ireo olona ireo indrindra, ka nanaovany teny fampaherezana. Izay sahirana dia nomeny rano mangatsiaka iray kapoaka ary napetrany tamim-pahalemem-panahy teo an-tanan' izy ireo ny anjara haniny. Raha nanamaivana ny fahorian' izy ireo Izy, dia niaraka tamin' ny asam-pamindrampo nataony ny fahamarinana nampianariny, koa noho izany dia tafalentika lalina tao an-tsain' izy ireo izany. {IFM 76.1}

Nahasosotra ny rahalahiny avokoa izany rehetra izany. Zokin' i Jesosy izy ireo ka nahatsapa fa tokony ho ambanin' ny fifehezany Izy. Nampangainy ho nihevitra ny tenany ho ambony noho izy ireo Izy, ka nanome tsiny Azy satria nametraka ny tenany ho ambonin' ny mpampianatra, sy ambonin' ny mpisorona ary ny mpifehy ny vahoaka. Matetika izy ireo no nandrahona sy nampitahotra Azy ; nefa dia tsy niraika tamin' izany Izy fa ny Soratra Masina no nataony mpitarika Azy. {IFM 76.2}

Tia ny rahalahiny Jesosy ary nandray azy ireo tamin' ny fahalemem-panahy tsy nety ritra ; nialona Azy anefa izy ireo ka naneho tsy finoana sy faniniana hentitra indrindra. Tsy nahafantatra marina ny amin' ny fitondrantenany izy ireo. Nisy fifanoheranjavatra maro hitany tao amin' i Jesosy. Sady Andriamanitra Zanak' Andriamanitra Izy no zaza tsy manan-kery. Mpamorona an' izao rehetra izao Izy, Azy ny tany, nefa ny fahantrana dia nanamarika ny fanandramana teo amin' ny fiainana isaky ny indray mandingana. Nanana toetra mendrika sy nanana ny maha-Izy Azy miavaka tanteraka tamin' ny avonavona sy ny fiheverana ara-nofo Izy ; tsy niady hahazo fahalehibeazana araka izao tontolo izao Izy ary afa-po na dia teo amin' ny toerana ambany indrindra aza. Nahatezitra ny rahalahiny izany. Tsy hain' izy ireo hazavaina ny nahatony Azy hatrany teo anatin' ny fitsapana sy ny tsy fisiana. Tsy fantatr' izy ireo fa tonga nahantra ho antsika Izy, «mba hampanankarena antsika ny alahelony»1 Tsy takatr' izy ireo ny zava-miafina fonosin' ny iraka nampanaovina Azy. toy ny tsy fahatakaran' ireo sakaizan' i Joba ny fietreny sy ny fijaliany. {IFM 76.3}

Diso ny fahafantaran» ny rahalahin' i Jesosy Azy satria tsy tahaka Azy izy ireo. Tsy tarigetran' izy ireo ny tarigetrany. Nijery olona izy ireo ka niala lavitra an'

Andriamanitra. ary tsy nanana ny heriny tao amin' ny fiainany. Ny fombam-pivavahana izay narahany dia tsy afaka nanova ny toetra amam-panahiny. Nandoa ny «fahafolon' ny solila sy ny aneta ary ny komina izy», nefa navelany izay lehibe amin' ny lalàna. dia ny rariny sy ny famindrampo ary ny finoana» 2 Nanorisory azy mandrakariva ny ohatra nomen' i Jesosy. Zavatra tokana no nankalialainy teto amin' izao tontolo izao. dia ny fahotana izany. Tsy zakany ny mahita fihetsika ratsy ary nahatonga fahoriana tsy hainy nafenina izany. Tsy nisy nampisalasala ny fahasamihafana nisy teo amin' ireo mpanaraka fomba ivelambelany izay nanarona ny fitiavany fahotana tamin' ny endriky ny fahamasinana sy teo amin' ny toetra amam-panahy izay nanao ny hafanam-po ho an' ny voninahitr' Andriamanitra ho ambony indrindra hatrany. Satria nanameloka ny ratsy ny fiainan' i Jesosy, dia notoherina Izy tao an-tokantranony sy tany ivelany. Natao tiresaka sy fihomehezana ny tsy fiheverany ny tenany sy ny fahamarinan-toetrany. Nolazaina fa hakanosana ny faharipony sy ny halemem-panahiny. {IFM 77.1}

Tsy nisy izay tsy nandraman' i Kristy ny zava-mangidy izay kapoaka anjaran' ny taranak' olombelona. Tao ireo izay nanamavo Azy noho ny fomba nahaterahany: ary na dia hatramin' ny fahazazany aza dia tsy maintsy nisetra ny fijery maneso sy ny bitsibitsika manaratsy Izy. Raha namaly tamin' ny tena na ny fijery nitory fahatezerana Izy. raha nilefitra tamin' ireo rahalahiny Izy ka nanao fihetsika tsy mety na dia iray aza. dia tsy ho tanterany ny naha-ohatra tonga lafatra Azy. Noho izany dia tsy ho tanterany ny fanatontosana ny drafitry ny fanavotana antsika. Raha nekeny fotsiny aza ny hoe mety hisy fialan-tsiny amin' ny fahotana, dia ho nandresy i Satana. ary ho very izao tontolo izao. Izany no antony niasan' ilay mpaka fanahy ahatonga ny fiainany ho feno fanorisorenana araka izay azo atao. mba hahavoatarika Azy amin' ny fahotana. {IFM 77.2}

Nefa valinteny tokana no nataony tamin' ny fakam-panahy rehetra : «Voasoratia hoe . Mahalana no mba nitenenany ny zavatra tsy mety ataon' ny rahalahiny, fa nanana teny avy amin' Andriamanitra kosa Izy holazainy azy. Matetika no nampangaina ho kanosa Izy noho Izy nandà tsy hiaraka amin' izy ireo amin' ny zavatra tsy azo atao : «Voasoratra hoe», hoy anefa ny valinteniny. «Ny fahatahorana ny Tompo no fahendrena, ary ny fialana amin' ny ratsy no fahalalana»3 {IFM 77.3}

Tao ireo nitady ny fiarahana taminy, nahatsapa fiadanana teo anatrehany ; fa betsaka kosa no nandositra Azy, satria naninitsiny azy ireo ny fiainany tsy misy pentina. Nitaona Azy hanao ny fanaon' izy ireo, ireo namany tanora Miramirana sady falifaly Izy ; ary nahita fifaliana tamin' ny fanatrehany izy ireo. ka nandray tsara ireo sosokcvitra natolony ; nahasorena azy ireo anefa ny fanarahany ny feon' ny fieritreretany, ary nolazainy fa tery saina sy be angeso Izy. Novalian' i Jesosy hoe : Voasoratra hoe izany, «lnona no hiarovan' ny zatovo ny làlan-kalehany tsy ho voaloto ? Ny fitandremana araka ny teninao», «Ato am-poko no iraketako ny teninao, mba tsy hanotako Aminao»4 {IFM

78.1}

Anontaniana matetika Izy hoe Nahoana lanao no miezaka hiavaka, tsy hitovy aminay rehetra Dia hoy Izy : Voasoratra hoe : «Sambatra ny mahitsy làlana. izay mandeha araka ny lalàn' i Jehovah. Sambatra izay mitandrina ny leni-vavolombelony ka mitady Azy amin' ny fo rehetra ; eny, izay tsy manao ratsy, fa mandeha araka ny lalany»5 {IFM 78.2}

Rehefa anontaniana ny antony tsy hiarahany mikorana amin' ny tanoran' i Nazareta Izy. dia hoy Izy hoe : Voasoratra hoe : «Ny lalàn' ny teny vavolombelonao no ifaliako, tahaka ny ifaliako amin' ny harena rehetra. Ny didinao no hosaintsainiko ary hodinihiko ny lalànao, ny didinao no hiravoravoako, tsy hohadinoiko ny teninao» 6 {IFM 78.3}

Tsy nitaky ny zony tamim-pahasarotana Jesosy. Matetika no sarotra, nefa tsy tokony ho izany akory ny asany satria vonona ny hanampy sy hanao izay hahafaly ny hafa Izy. Na izany aza anefa dia tsy rcraka Izy ary tsy nety kivy Nosetrainy. tahaka ny teo amin' ny fahazavana avy amin' ny tavan' Andriamanitra ny zavatsarotra. Tsy namaly Izy rehefa anaovana toetra tsy zaka, fa nozakainy tamim-paharetana ny faniratsirana. {IFM 78.4}

Niverimberina ny fanontaniana Azy hoe : Nahoana lanao no milefitra amin' ny fanaovana tsinontsinona toy izao, na dia avy amin' ny rahalahinao aza ? Voasoratra hoe. hoy Izy : «Anaka. aza manadino ny lalàko; fa aoka ny fonao hitandrina ny didiko; fa andro maro sy taona ela iainana ary fiadanana no hanampiny ho anao. Aoka tsy handao anao ny famindrampo sy ny fahamarinana ; afehezo eo am-bozonao izany, ary soraty ao amin' ny fonao tahaka ny amin' ny vato fisaka, ka dia hahazo fitia sy fahalalana tsara eo anatrehan' Andriamanitra sy ny olona hianao»7 {IFM 78.5}

Hatramin' ny fotoan' andro nahitan' ny ray aman-drenin' i Jesosy Azy tao amin' ny tempoly dia zava-miafma ho azy ireo ny fihetsiny. Tsy fombany ny miditra amin' ny adi-hevitra. nefa ahazoana lesona hatrany ny ohatra nomeny. Toa olona voatokana Izy. Ny ora nitondra fahasambarana indrindra ho Azy dia hitany tamin' izy samirery teo amin' ny zava-boahary niaraka tamin' Andriamanitra. Isaka ny nanana izany tombon-tsoa izany Izy, dia nialany aloha ny toerana niasany ka nankany an-tsaha Izy, nieritreritra lalina tany amin' ny lohasaha maitso. niray tamin' Andriamanitra teny amin' ny tendrombohitra na teny anivon' ny hazo tao an' ala. Matetika no hita tao amin' ny toerana mangina Izy raha vao maraina be, nieritreritra lalina. nandinika ny Soratra Masina. na nivavaka. Rehefa avy nandany ireo ora feno fiadanana ireo Izy, dia niverina tany an-tokantranony mba handray ny adidiny indray sy hanome ohatra amin' ny asa mafy natao tamim-paharetana. {IFM 79.1}

Nampiavaka ny fiainan' i Kristy ny fanajana sy ny fitiavana ny reniny. Nino tao am-pony i Maria ta io zaza masina naterany io no Ilay Mesia nampanantenaina efa ela : nela tsy sahiny nambara ny finoany. Nandray anjara tamin' ny fahorian-janany izy nandritra

ny fiainany teto an-tany. Nalahelo izy raha nanatri-maso ny fitsapana nihatra tamin' i Kristy teo amin' ny tahazazany sy ny fahatanorany. Tafiditra teo amin' ny toerana sarotra koa izy noho ny fiarovany izay fantany fa mety teo amin' ny fitondrantenan' i Kristy. Noheveriny fa tena zava-dehibe iankinan' ny aina amin' ny lamolavolana toetra amam-panahy ny fifandraisana ao an-tokantrano sy ny fanarahan' ny reny maso amim-pitiavana ny zanany. Fantatr' ireo zanakalahy sy zanakavavin' i Josefa izany, koa niezaka ny hanitsy ny fomban' i Jesosy hifanaraka tamin' ny tarigetrany izy ireo tamin' ny famohazana ny tebitebin' i Maria. {IFM 79.2}

Matetika no nananatra an' i Jesosy i Maria ka namporisika Azy hanaraka ny fomba amam-panaon'ny raby. Nefa tsy nety resy lahatra lzy hanova ny fahazarany tamin' ny fandinihana ny hakanton' ny asan' Andriamanitra sy tamin' ny fiezahany hanamaivana ny fahorian' ny olona ary na dia ny fahorian' ny biby tsy mahay miteny aza. Rehefa nangataka an' i Maria hanampy azy amin' ny fifehezana an' i Jesosy ny mpisorona sy ny mpampianatra. dia sahirana mafy izy ; nefa tony ny fony rehefa nasehon' i Jesosy azy ny tenin' ny Soratra Masina izay nanamarina ny fomba fanaony. {IFM 79.3}

Indraindray dia tratran' ny fisalasalana izy ny amin' izay hombany na Jesosy na ireo rahalahiny, izay tsy nino fa Izy no Ilay Nirahin' Andriamanitra. Betsaka anefa ny porofo mazava fa manana ny toetra amam-panahin' Andriamanitra Izy. Hitany nanao sorona ny tenany hahasoa ny hafa Izy. Nitondra rivo-piainana madio kokoa tao an-tokantranony ny fanatrehany. ary zary masirasira tsara niasa teo amin' ny fiaraha-monina ny fiainany. Tsy nanao ratsy Izy sady tsy voaloto raha nifanerasera tamin' ny olona tsy miraika, mahery setra sy tsy mahay manaja, raha nandeha teo anivon' ny mpamory hetra tsy marina, ny mpandanilany vola foana, ny samaritana tsy marina, ny miaramila jcntilisa. ny tantsaha mahery fihetsika sy ny vahoaka marobe mifangaro. Nilaza teny mitory fangorahana tetsy sy teroa Izy, raha nahita ny olona trotraky ny havizanana. nefa voatery hitondra enta-mavesatra. Niara-nitondra ny entany mavesatra Izy, ka naveriny taminy ireo lesona nianarany tamin' ny zava-boahary, dia lesona momba ny fitiavana, ny fahalemem-panahy ary ny fahatsaran' Andriamanitra. {IFM 80.1}

Nampianariny ny rehetra hihevitra fa nomena talenta sarobidy ny isam-batan' olona, izay raha ampiasaina tsara dia hahazo harena maharitra mandrakizay ho azy. Nongotany toy ny ahi-dratsy hiala amin' ny fiainany izay rehetra fireharehana ary nampianariny tamin' ny ohatra nomeny fa samy mitondra vokatra ho amin' ny mandrakizay ny fotoana rehetra ; fa tokony hankamamiana toy ny harentsarobidy ny fotoana rehetra ary ampiasaina ho amin' ny fikasana masina. Tsy nisy olombelona noheveriny ho tsy misy vidiny, fa niezaka kosa lzy hampiasa ny fanafody antonona ny fanahy tsirairay. Na iza na iza niarahany dia nampisehoany lesona izay nifanaraka tamin' ny fotoana sy ny toe-javatra nitranga. Niezaka Izy hampitsiry fanantenana tao amin' izay mahery fihetsika sy tsy misy antenaina indrindra, ka nasehony teo anatrehany ny toky, fa mety ho tonga olona

tsy manan-tsiny sy malemy fanahy izy, ka hahatratra toetra amam-panahy izay mitory ny maha Zanak' Andriamanitra azy. Matetika Jesosy no nifanehatra tamin' ireo izay tafiditra tao ambany fahefan' i Satana, ary tsy nanan-kery hialana amin' ny fandrika novelariny. Ny olona kivy, marary, tratry ny fakam-panahy sy lavo toy ireny dia nilazan' i Jesosy teny feno fangorahana tena mamy, teny nilaina sy nety ho azo ny heviny. Nisy hafa koa nifanehatra taminy izay teo am-pitolomana mivantana tamin' ilay fahavalon' ny fanahy Nampahereziny haharitra ireny, ary nomeny toky fa handresy; eo anilany mantsy ny anjelin' Andriamanitra ka hanome azy ny fandresena. Niaiky marina ireo izay nampiany toy izany fa azony atao ny mitoky tanteraka Aminy ; sady tsy hamadika ny tsiambaratelony izay naborany tao an-tsofiny be fitiavana Izy. {IFM 80.2}

Sady mpanasitrana ny vatana Jesosy no mpanasitrana ny fanahy koa. Nahaliana Azy rehefa mety ho fahoriana tsikariny, ary nampiononiny ny fanahy mijaly, satria balisama mampitony ny fo ny feony mahate ho tia. Tsy misy afaka nilaza fa nanao fahagagana Izy ; fa ny fahatsaram-panahiny kosa - dia ilay herim-pitiavana mahasitrana — dia nipololotra avy Aminy ho amin' ny marary sy ny fadiranovana. Toy izany no niasany tamin' ny fomba mangingina ho an' ny vahoaka hatramin' ny andron' ny fahazazany. Ary izany no antony naneken' ny olona marobe toy izany Azy tamim-pifaliana. rehefa nanomboka ny asany ampahibemaso Izy. {IFM 81.1}

Nandritra ny fahazazany. ny fahatanorany sy ny naha-lehibe Azy izany dia nanirery Jesosy. Tamim-pahadiovana sy toetra mahatoky no nanosihoseny ny famihazam-boaloboka irery, fa tsy mba nisy niaraka taminy ny avy tamin' ny firenena na dia iray akory aza. Nitondra ny andraikitra mavesatra sy tsy zakan' ny aina ho famonjena ny olona lzy. Fantany fa raha tsy misy fiovana hentitra eo amin' ny foto-kevitra ijoroana sy ny zava-kendren' ny taranak' olombelona, dia ho very ny rehetra. Io no enta-mavesatra teo amin' ny fanahiny ary tsy nisy olona na dia iray aza afaka nahalala ny lanjan' entana nitambesatra taminy. Niredareda tao Aminy ny fikasana, koa notanterahiny ny zava-nokendreny tao amin' ny fiainany, dia ny ho tonga fahazavan' ny olona. {IFM 81.2}

## Toko 10—Ilay feo tany an-efitra

Avy tao amin' ny olona mahatoky tao amin' ny Isiraely, izay efa niandry ela ny fiavian' ny Mesia, no nipoiran' ilay mpialoha lalana an' i Kristy.1«Samy marina teo anatrehan' Andriamanitra» i Zakaria. mpisorona efa zokiolona sy Elizabeta vadiny ; ary namirapiratra tahaka ny kintana tao anatin' ny haizina tamin' ireo andro nanjakan' ny faharatsiana ny fahazavan' ny finoana teo amin' ny fiainany tony sy masina. Izy mivady tia vavaka ireo no nomena teny fikasana fa hanana zanaka lahy izay «handeha hialoha ny Tompo ka hamboatra ny làlany. Tany amin' ny «tany havoana tany Jodia» no nipetraka i Zakaria, nefa niakatra tany Jerosalema izy mba hanao ny anjara fanompoana herinandro ifandimbiasan' ny mpisorona avy isan' antokony indroa isan-taona. «Ary nony nanao raharahampisoronana teo anatrehan' Andriamanitra Zakaria araka ny fifandimbiasan' ny antokony araka ny fanao amin' ny fisoronana, dia anjarany araka ny filokana ny hiditra ao amin' ny tempolin' ny Tompo ka handoro ditin-kazo manitra» {IFM 83.1}

Nijoro teo anoloan' ny alitara volamena tao amin' ny fitoerana masina izy. Niakatra teo anatrehan' Andriamanitra ny setroky ny ditin-kazo manitra niaraka tamin' ny fivavahan' ny Isiraely. Tsapany tampoka ny fanatrehan' Andriamanitra. Nisy anjelin' ny Tompo «teo ankavanan' ny alitara». Fambara tsara ny toerana nisy ny anjely, anefa tsy tsikaritr' i Zakaria izany. Nandritra ny taona maro no efa nivavahany hiavian' ny Mpanavotra ; ankehitriny ary dia naniraka mpitondra hafatra ny lanitra hilaza aminy fa efa hovaliana ny fivavahany ; toa lehibe loatra ho azy anefa ny famindrampon' Andriamanitra ka sarotra inoana. Nameno ny fony ny tahotra ary nahatsiaro meloka izy. {IFM 83.2}

Nefa noharabaina tamin' ny teny feno fifaliana sy toky izy manao hoe : «Aza matahotra, ry Zakaria; fa efa nohenoina ny fangatahanao. ka Elizabeta vadinao dia hiteraka zazalahy aminao, ary Jaona no hataonao anarany. Ary ho faly sy ho ravoravo hianao. Ary maro no hifaly amin' ny hahaterahany. Fa ho lehibe eo anatrehan' ny Tompo izy ary tsy hisotro na divay na toaka sady hofenoina ny Fanahy Masina . . . Ary maro amin' ny zanak' Isiraely no hampodiny amin' i Jehovah Andriamaniny. Ary izy handeha eo anoloany amin' ny fanahy sy ny herin' i Elia mba hampody ny fon' ny ray amin' ny zanaka. ary ny tsy manoa ho amin' ny fahendren' ny marina, hamboatra firenena voaomana ho an' ny Tompo. Ary hoy Zakaria tamin' ilay anjely : Ahoana no hahafantarako izany ? fa izaho efa antilra, ary efa antitra koa ny vadiko ?» {IFM 84.1}

Fantatr' i Zakaria tsara ny nanomezana zaza an' i Abrahama teo amin' ny fahanterany noho izy nino fa mahatoky Ilay manao ny teny fikasana. Nefa nampitodika kely ny fisainany tamin' ny fahalemen' ny taranak' olombelona ilay mpisorona efa zokiolona. Hadinony fa izay nampanantenain' Andriamanitra dia hainy tanterahina koa. Manao ahoana re ny fahasamihafan' io tsy finoana io amin' ny finoana toy ny an' ny zaza teo

amin' i Maria, ilay zanakavavin' i Nazareta, izay namaly toy izao ny fanambarana mahagaga nataon' ny anjely : «Inty ny ankizivavin' ny Tompo; aoka anie ho tonga amiko araka ny teninao»2 {IFM 84.2}

Ny nahaterahan' ny zanakalahy ho an' i Zakaria. tahaka ny nahaterahan' ny zanak' i Abrahama sy ny an' i Maria, dia natao hampianatra fahamarinana ara-panahy lehibe, fahamarinana izay sarotra amintsika ny mianatra azy ary mora amintsika ny manadino azy. Raha ny tenantsika samirery dia tsy afaka manao zavatra tsara isika na dia iray aza; nefa izay tsy azontsika atao, dia hotanterahina amin' ny alalan' ny herin' Andriamanitra ho an' ny fanahy tsotra sy mino rehetra. Tamin' ny alalan' ny finoana no nanomezana ny zanaky ny teny fikasana. Amin' ny alalan' ny finoana no iforonan' ny fiainana ara-panahy, ka mahatonga antsika ho afaka hanao ny asan' ny fahamarinana. {IFM 84.3}

Namaly ny fanontanian' i Zakaria ny anjely nanao hoe : «Izaho no Gabriela izay mitsangana eo anatrehan' Andriamanitra; ary nirahina hiteny aminao aho ka hilaza aminao izany teny mahafaly izany». Dimanjato taona talohan' izao, dia nampahafantarin' i Gabriela tamin i Daniela ilay fe-potoana ara-paminaniana izay mipaka amin ny fiavian' i Kristy. Ny fahalalana fa efa akaiky ny fiafaran io fe-potoana io no nanosika an' i Zakaria hivavaka ho an ny tiavian ny Mesia. Ankehitriny, ilay mpitondra hafatra izay nomena ny faminaniana mihitsy. no tonga nanambara ny fahatanterahan' izany. {IFM 85.1}

Ny tenin' ny anjely hoe : «Izaho no Gabriela, izay mitsangana eo anatrehan' Andriamanitra», dia mampiseho fa mitana toerana be voninahitra any amin' ny lapan' ny lanitra izy. Raha nitondra hafatra ho an' i Danielá izy, dia hoy izy hoe : «Tsy misy miaramisikina amiko hanohitra ireo, afa-tsy Mikaela, andriananareo»3 Izao no nolazain' ny Mpamonjy ny amin' i Gabriela, ao amin' ny Apokalypsy : «ary naniraka ny anjeliny lzy hanambara amin' i Jaona mpanompony»4 Ary hoy ny anjely tamin' i Jaona : «fa mpanompo namanao ihany aho sady naman' ny mpaminany rahalahinao»5Eritreritra mahatalanjona : anjely manarakaraka ny Zanak' Andriamanitra ny voninahiny, no nofidina mba hamelatra ny fikasan' Andriamanitra amin' ny olombelona feno fahotana. {IFM 85.2}

Niteny fisalasalana ny amin' izay nolazain' ny anjely i Zakaria. Tsy hiteny intsony izy mandra-pahatanterak' izay nolazainy. «Koa, indro. ho moana hianao, hoy ny anjely . . . ambara-pahatongan' ny andro hisehoan' izany zavatra izany, ho valin' ny tsy ninoanao ny teniko, izay ho tanteraka amin' ny fotoany». Adidin' ny mpisorona manao io fanompoana io ny mivavaka ho an' ny famelana ny fahotan' ny besinimaro sy ny fahotan' ny firenena, sy ho an' ny fahatongavan' ny Mesia ; nefa rehefa handeha hanao izany i Zakaria, dia tsy afaka namoaka feo izy. {IFM 85.3}

Nivoaka hitahy ny vahoaka izy, dia «nanao baikon' ny moana taminy, ary dia mbola

moana ihany. Efa niandry ela ny olona ary natahotra sao lavon' ny fitsaran' Andriamanitra izy. Nefa rehefa nivoaka avy tao amin' ny fitoerana masina izy, dia namirapiratry ny voninahitr' Andriamanitra ny tavany, «ary fantatry ny olona fa efa nahita fahitana tao amin' ny tempoly izy». Nampahafantarin' i Zakaria taminy izay efa hitany sy reny ; ary «rehefa tapitra ny andro nanaovany fanompoam-pivavahana dia lasa nody tany an-trano izy». {IFM 85.4}

Fotoana fohy tao aorian' ny nahaterahan' ny zaza nampanantenaina dia nisokatra ny vavan' ny rainy, «ka nidera an' Andriamanitra. Dia raiki-tahotra izay rehetra niaramonina taminy : ary niely teny amin' ny tany havoanan' i Jodia rehetra ny lazan' izany rehetra izany. Ary izay rehetra nandre dia nandatsaka izany tam-pony ka nanao hoe : Ho zaza hanao ahoana re io ?» Izany rehetra izany dia nitarika ny saina ho amin' ny fiavian' ny Mesia, dia araka ny efa nanamboaran' i Jaona ny lalany. Feno ny Fanahy Masina i Zakaria. ka ireto teny kanto ireto no faminaniana nataony momba ny asa hanirahana ny zanany : {IFM 86.1}

*«Ary hianao. ry zaza. dia hatao hoe mpaminanin' ny Avo Indrindra ;*
*Fa hialoha eo anatrehan' ny Tompo hianao hamboatra ny làlany,*
*Hanome ny olony ny fahalalam-pamonjena*
*Amin' ny famelana ny helony*
*Noho ny halehiben' ny famindrampon' Andriamanitsika, izay*
*hiposahan' ny mazava avy any amin' ny avo ho antsika.*
*Hamirapiratra amin' izay mipetraka ao amin' ny maizina sy*
*ao amin' ny aloky ny fahafatesana,*
*Hanitsy ny diantsika ho amin' ny làlam-piadanana». {IFM 86.2}*

«Ary ny zazakely nitombo ka nihahery tam-panaliy ; ary nitoetra tany an-efitra izy ambara-paliatongan' ny andro nisehoany tamin' ny Isiraely». Talohan' ny nahaterahan' i Jaona. dia efa nilaza ny anjely hoe : «Fa ho lehibe eo anatrehan' ny Tompo izy ary tsy hisotro divay na toaka sady hofenoina ny Fanahy Masina». Efa niantso ny zanak' i Zakaria ho amin' ny asa lehibe indrindra izay mbola tsy nankinina tamin' olombelona hatramin' izay Andriamanitra. Mba hahatanterahany an' io asa io. dia tsy maintsy miasa miaraka aminy Jehovah. Ary ho eo aminy ny Fanahin' Andriamanitra, raha manaraka ny toro-hevitry ny anjely izy. {IFM 86.3}

Handeha ho mpitondra hafatr' i Jehovah i Jaona, hitondra ny fahazavan' Andriamanitra amin' ny olona. Tsy maintsy hahitsiny ho amin' ny fitodika vaovao ny fisainan' izy ireo. Tsy maintsy halatsany lalina ao am-pony ny fahamasinan' ny didin' Andriamanitra, sy ny ilan' izy ireo ny fahamarinana tanteraka avy aminy. Tsy maintsy masina ny mpitondra hafatra toy izany. Tsy maintsy ho tempoly itoeran' ny Fanahin' Andriamanitra izy. Mba hahatanterahany ny asa nanirahana azy, dia tsy maintsy manana toe-batana salama izy, ary hery ara-tsaina sy ara-panahy. Noho izany dia ilaina ny

hifehezany ny fitiavan-komana sy ny fironana ambany. Tsy maintsy hahafehy tsara ny tenany izy raha tojo ny toe-javatra manodidina fa hijoro toy ireo vatolampy sy tendrombohitra any an-efitra. {IFM 86.4}

Tamin' ny andron' i Jaona mpanao batisa dia efa niparitaka hatraiza hatraiza ny fangoronan-karena sy ny fitiavana fahafinaretana ary ny rehaka. Ny fahafinaretana ara-nofo, ny hanina be sy ny fisotro, dia niteraka aretina sy fitotonganana teo amin' ny ara-batana, ka nanadombo ny fahatsiarovana ny ara-panahy sy nampihena ny fahatsapana ny fahotana. Hijoro ho mpanao fanavaozana i Jaona. Tamin' ny alalan' ny sakafony sy ny fitafiany tsotra no nanamelohany ny fanao tafahoatra tamin' ny androny. Izany no anton' ireo torohevitra nomena ny ray aman-drenin' i Jaona. - dia leson' ny fahalalana onony nentin' ny anjely avy any amin' ny seza fiandrianan' ny lanitra. {IFM 87.1}

Mora andairan-javatra indrindra ny toetra amam-panahy eo amin' ny fahazazana sy ny fahatanorana. Amin' izay no tokony ahazoana ny fahaiza-mifehy tena. Ho amorom-patana sy eo amin' ny ankohonana no iasan' ny hery mangina izay hitondra vokatra haharitra mandritra ny mandrakizay. Ny fahazarana noraisina tamin' ny taona voalohany niainana dia hanapaka, mihoatra noho ny toetra hafa nolovana. na handresy na ho resy ny olona iray eo amin' ny adin' ny fiainana. Ny fahatanorana no fotoana hamafazana. Manapaka izay ho toetry ny vokatra izany. ho amin' ity fiainana ity sy ho amin' ny fiainana ho avy. {IFM 87.2}

Amin' ny maha-mpaminany azy, dia «hampody ny ton' ny ray ho amin' ny zanaka, ary ny tsy manoa ho amin' ny fahendren' ny marina, hamboatra firenena voaomana ho an' ny Tompo» i Jaona. Tamin' ny nanamboarany ny lalana ho amin' ny fiavian' i Kristy voalohany dia mampiseho ireo izay manomana vahoaka ho amin' ny fiavian' ny Tompo fanindroany izy. Milefitra amin' ny fampanaranampo ny tenany izao tontolo izao. Tondraka ny hevi-diso sy ny anganongano. Mampitombo ny fandrika handripahany fanahy i Satana. Izay rehetra te-ho tanteraka amin' ny fahamasinana amin' ny fahatahorana an' Andriamanitra, dia tsy maintsy mianatra leson' ny fahalalana onony sy ny fifehezan-tena. Tsy maintsy hofehezin' ny hery ambony kokoa eo amin' ny saina ny fitiavan-komana sy ny fironana ambany. Ilaina io fifehezan-tena io hahazoantsika ilay hery ara-tsaina sy ilay fahitana ara-panahy izay hahatonga antsika ho afaka hahatratra sy hanatontosa ireo fahamarinana masina ao amin' ny tenin' Andriamanitra. Noho io antony io, dia manan-toerana eo amin' ny asa fanomanana ny fiavian' i Kristy fanindroany ny fahalalana onony. {IFM 87.3}

Raha ny fandehan-javatra ara-dalàna dia tokony ho nobeazina ho mpisorona ny zanak' i Zakaria. Nefa tsy ho nahavonona azy ho amin' ny asa miandry azy ny fitaizana tao amin' ny sekolin' ny raby. Tsy nalefan' Andriamanitra tany amin' ny mpampianatra «teolojia» izy mba hianatra ny fomba fanazavana ny Soratra Masina. Nantsoiny ho any an-efitra izy, mba hahazoany mianatra ny amin' ny toetry ny zava-boahary sy ny toetran'

Andriamanitra. {IFM 88.1}

Toerana mangingina no nahitanv izay honenana, teo anivon' ny havoana ngazana, ny hady any an-tany haolo sy ny zohy anaty harambato. Vokatry ny safidim-pony dia naleony voafehy mafy tany an-efitra ny fiainany, toy izay niliba tamin' ny fifaliana sy ny fahafinaretana. Nety indrindra tamin' ny fiainana tsotra sy ny fahafoizan-tena nahazatra azy ny zavatra nanodidina azy. Tsy voasembantsemban' ny tabataban' izao tontolo izao izy tany, fa afaka nianatra lesona avy amin' ny zava-boahary, sy avy amin' ny fanambarana ary avy amin' ny fitondran' Andriamanitra. Naverimberin' ireo ray aman-dreniny matahotra an' Andriamanitra matetika taminy ireo tenin' ny anjely tamin' i Zakaria. Hatramin' ny fahazazany no efa teo anatrehany mandrakariva ny asa nanirahana azy ka nanekeny ny fitokisana masina napetraka taminy. Ny naha-irery azy tany an-efitra dia fomba nandosirany tamim-pifaliana ny tany ama-monina izay efa nanjakan' ny fiahiahiana sy ny tsy finoana ary ny fahalotoana. Tsy natoky ny herin' ny tenany hanoherana ny fakam-panahy izy ka nandosirany ny fifampikasohana mitohy amin' ny fahotana, sao tsy tsapany intsony ny toetra maha fahotana indrindra ny fahotana. {IFM 88.2}

Efa natolotra ho an' Andriamanitra, ho Nazirita hatramin' ny nahaterahany i Jaona, ary nataony voady ny hanokan-tena mandritra ny fiainany. Ny fitafian' ny mpaminany fahiny no nanaovany, dia lamba volon-drameva notazonin' ny fehikibo hoditra. «Valala sy tantely remby» fahita any an-efitra no fihinany ary rano madio avy any an-kavoana no fisotrony. {IFM 88.3}

Tsy lany tamin' ny fidonanahana anefa ny fiainan' i Jaona, na lany nanjoretany tamin' ny fampahorian-tena, na lany nitokanany monina noho ny fitiavan-tena. Indraindray dia mandeha mifangaro amin' ny olona izy ; ary nahaliana azy mandrakariva ny nandinika izay miseho eo amin' izao tontolo izao. Raha tao amin' ny fialofany mangina izy dia nanara-maso ny fizotry ny toe-javatra. Fahiratana nohazavain' ny Fanahin' Andriamanitra no namakafakany ny toetra amam-panahin' ny olona, mba hahazoany mahafantatra ny fomba hahatongavan' ny hafatry ny lanitra ao am-po. Nitambesatra taminy ny asa nanirahana azy. Nitady izay hanomanana ny fanahiny tao amin' ny fanginana, tamin' ny alalan' ny fandinihan-tena lalina sy ny fivavahana izy ho amin' ny asa mandritra ny fiainana nanoloana azy. {IFM 88.4}

Na dia tany an-efitra aza izy, dia tsy afaka tamin' ny fakampanahy tsy akory. Araka izay azony atao, dia nohidiny ny lalana rehetra azon' i Satana idirana. Ny tsilon-tsaina tao aminy ny amin' ny zava-panahy sy ny toetra matanjaka sy hentitra nananany ary ny fanampian' ny Fanahy Masina, no nahafantarany ny fanakekezan' i Satana sy nahazoany nanohitra ny heriny. {IFM 89.1}

Tany an-efitra no nahitan' i Jaona sekoly sy fitoerana masina ho azy. Tahaka an' i

Mosesy tany amin' ny tendrombohitr' i Midiana, dia nanodidina azy ny fanatrehan' Andriamanitra ary hitany teo aminy ireo porofon' ny heriny. {IFM 89.2}

Tsy anjarany ny nipetraka tao amin' ny fanginan' ireo tendron bohitra mijoalajoala. tahaka ny nataon' ilay mpitarika lehibe teo amin' ny Isiraely ; fa teo anatrehany kosa ireo havoanan' i Moaba. teny an-dafin' i Jordana, izay nilaza taminy Hay nampitoetra mafy ny tendrombohitra sy nanafy azy hery manodidina. Toa sary velona mampiseho ny toerana nisy ny Isiraely ny endrika malahelo sy mahatahotra teo amin' ny zava-boahary tao amin' ny fonenany tany an-efitra. Efa nanjary tany lao sy foana ilay tanimboaloboka mahavokatr' i Jehovah. Namirapiratra sy kanto anefa ny lanitra nanarona tambonin' ny efitra. Nanao andohalambo teo amin' ny rahona nitangorona maizina noho ny tafio-drivotra ny avail' ny teny fikasana. Toy izany koa, teo ambonin' ny fitotonganan' ny Isiraely no namirapiratan' ny voninahitra nampanantenaina ho eo amin' ny fanapahan' ny Mesia. Notetezin' ny avan' ny faneken' ny famindrampo ny rahon' ny fahatezerana. {IFM 89.3}

Irery tao amin' ny alina mangina no namakian' i Jaona ny teny fikasana natao tamin' i Abrahama momba ny taranany tsy hita isa tahaka ny kintana. Ny fahazavana vao miposaka, nivolom-bolamena teo amin' ny tendrombohitr' i Moaba, dia nanambara taminy ny amin' Ilay «toy ny fahazavan' ny maraina, raha miposaka ny masoandro, dia ilay maraina tsy misy rahona»6. Ary ny famirapiratan' ny mitataovovonana dia nahitany ny fisehoan' ny voninahiny rehefa whiseho ny voninahitr' i Jehovah, ary ny nofo rehetra hiara-mahita izany»7 {IFM 89.4}

Toe-tsaina feno fanajana nefa mientanentana koa no nentiny nandinika ireo horonan-taratasy mirakitra ny faminaniana momba ny fanambarana ny amin' ny fiavian' ny Mesia, — dia ilay taranaka nampanantenaina fa hanorotoro ny lohan' ny menarana; ilay «mpanome fiadananaw, Silo, dia hiseho alohan' ny tsy hisian' ny mpanjaka eo amin' ny seza fiandrianan' i Davida. Tonga ny fotoana ankehitriny. Mpifehy romana no nipetraka tao amin' ny lapa teo amin' ny tendrombohitr' i Ziona. Noho ny tenin' i Jehovah azo antoka, dia efa teraka Kristy tamin' izay. {IFM 90.1}

Nodinihiny andro aman' alina ireo fitantarana mahavariana nataon' Isaia momba ny voninahitry ny Mesia, - Ilay rantsana ao amin ny solofon' i Jese ; Mpanjaka hanjaka amin' ny fahamarinana, hitsara amin' ny fahamarinany «mpandefitra amin' ny tany» ; «ho fierena amin' ny rivotra, .. . ho alo-batolampy lehibe amin' ny tany mahana» ; tsy hatao intsony hoe «Nafoy» i Ziona, ary ny taniny tsy hatao intsony hoe «Lao» ta hatao hoe «Ilay sitraka», ary ny taniny hatao hoe «Vady ampakarina»8 Nameno ny fon' ilay an-tsesi-tany manirery ilay fahitana be voninahitra. {IFM 90.2}

Nijery ny Mpanjaka teo amin' ny hatsaran-tarehiny izy, ka nanadino ny tenany. Nibanjina ny fahalehibeazan' ny fahamarinana izy ka nahatsapa ny tenany ho tsy

mahavita sy tsy mendrika. Vonona ny handeha ho mpitondra hafatry ny Lanitra izy, tsy natahotra ny olombelona satria nijery an' Andriamanitra. Afaka hijoro tsy amintahotra eo anatrehan' ireo mpanjakan' ny tany izy, satria efa niankohoka teo anatrehan' ny Mpanjakan' ny mpanjaka. {IFM 90.3}

Tsy fantatr' i Jaona amin' ny fahafenoany ny toetry ny fanjakan' ny Mesia. Nanantena ny hahafaka ny Isiraely tamin' ireo fahavalon' ny fireneny izy ; nefa ny fiavian' Ilay Mpanjakan' ny fahamarinana sy ny fananganana an' Isiraely ho firenena masina, no tena antonjavatra lehibe teo amin' ny fanantenany. Noho izany dia nino izy fa ho tanteraka ny faminaniana nomena tamin' ny nahaterahany : {IFM 90.4}

«Mahatsiaro ny fanekeny masina . . . Hanao izay hahazoantsika hanompo Azy tsy amin-tahotra. satria afaka amin' ny fahavalontsika isika amin' ny fahamasinana sy ny fahamarinana eo anatrehany amin' ny andro rehetra iainantsika». {IFM 91.1}

Hitany fa voafitaka ny vahoakany, afa-po amin' ny tenany ary matory ao amin' ny fahotany. Naniry mafy ny hamoha azy ho amin' ny fiainana masina kokoa izy. Ny hafatra izay eta nomen' Andriamanitra azy mba hoentiny dia natao hanaitra azy hiala amin' ny torimasony sy hahatonga azy hanana tahotra masina noho ny faharatsiana lehibe eo aminy. Tsy maintsy asaina aloha ny tanin' ny fo vao afaka hitady fanasitranana amin' i Jesosy. Tsy maintsy hofohazina ny olona hahita ny loza mananontanona azy avy amin' ny ratran' ny fahotana. {IFM 91.2}

Tsy nandefa mpitondra hafatra hanasoaso ny mpanota Andriamanitra. Tsy hafatry ny fiadanana afaka handrotsirotsy ny olona tsy nohamasinina ao anatin' ny toky mahataty no nalefany. Entamavesatra no apetrany eo amin' ny feon' ny fieritreretan' ny mpanao ratsy, ka manindrona ny fanahiny amin' ny zana-tsipikan' ny fandresen-dahatra. Naseho azy tamin' ny asa fanompoana nataon' ny anjely ny fitsaran' Andriamanitra mahatahotra, izay hahatonga azy hitady fanampiana mafy ka hanesika azy hiantsoantso hoe : «lnona no hataoko mba hovonjena aho .?» Amin' izay dia ilay tanana nampietry izay avy tao amin' ny vovoka ihany no hanandratra koa ny miaiky ny helony. Ilay feo izay nanameloka mafy ny fahotana ka nahatonga ny avonavona sy ny hambom-po ho henatra ihany, no hanontany amim-pitiavana mamy hoe: «Inona no tianao hataoko aminao ?» {IFM 91.3}

Tamin' ny fotoana nanombohan' i Jaona ny asany, dia nihotakotaka sy tsy faly be ihany ny firenena ka efa saika nisy korontana. Rehefa nesorina i Arkelaosy dia napetraka mivantana teo ambanin' ny fifehezan' i Roma i Jodia. Ny fanjakazakana sy ny fampijaliana nataon' ireo governora romana ary ny fiezahany miverimberina hampiditra ny tandindona sy ny fomba amam-panaon' ny jentilisa, dia nandrehitra ny afon' ny fikomiana, izay novonoina tamin' ny ran' ny Isiraely mahery fo an' arivony maro. Nampitombo ny fankahalan' ny iray firenena an' i Roma izany rehetra izany, ka nanamafy ny faniriana lalina ho afaka amin' ny fahefany. {IFM 91.4}

Tao anivon' ny tsy fifanarahana sy ny adi-lahy dia nisy feo re avy tany an-efitra, feo manaitra sy henjana, nefa feno fanantenana : «Mibebaha hianareo; fa efa akaiky ny fanjakan' ny lanitraw. Nanetsika ny vahoaka tamin' ny hery vaovao sy hafahafa izany. Nambaran' ny mpaminany ho toy ny toe-javatra mbola lavitra any amin' ny ho avy ny fiavian' i Kristy ; izao anefa misy fanambarana milaza fa akaiky izany. Ny fomba hafahafa nisehoan' i Jaona dia nitarika ny sain' ireo mpihaino azy ho amin' ireo mpahita fahizay. Raha ny fombany sy ny fitafiany dia nitovy tamin' i Elia izy. Tamin' ny fanahy sy ny herin' i Elia no niampangany ny fahalotoana teo amin' ny firenena sy nanamelohany ireo fahotana nanjaka tamin' izany. Tsotra, mivantana ary maharesy lahatra ny teniny. Betsaka no nino azy ho anankiray amin' ny mpaminany nitsangana tamin' ny maty. Nifoha ny firenena manontolo. Vahoaka marobe no nanao andiany ho any an-efitra. {IFM 92.1}

Nitory ny fiavian' ny Mesia i Jaona ary niantso ny vahoaka hibebaka. Ho tandindon' ny fanadiovana amin' ny fahotana, dia nataony batisa tao amin' ny ranon' i Jordana izy. Tamin' ny alalan' ny lesona azo tsapain-tanana no nanambarany fa voaloton' ny fahotana ireo izay nisora-tena ho vahoakan' Andriamanitra. ka raha tsy misy fanadiovana ny fo sy ny fiainana. dia tsy afaka hanana anjara amin' ny fanjakan' ny Mesia izy. {IFM 92.2}

Ny andriandahy sy ny raby, ny miaramila, ny mpamory hetra sy ny tantsaha dia tonga hihaino ilay mpaminany. Tamin' ny voalohany dia nanaitra azy mafy ny fampitandremana miezinezina avy tamin' Andriamanitra. Betsaka no tonga teo amin' ny fibebahana ka nandray ny batisa. Nilefitra tamin' ny fitakian' ilay Mpanao batisa ny olona avy amin' ny saranga samihafa. mba handraisany anjara amin' ny fanjakana nambarany. {IFM 92.3}

Betsaka tamin' ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo no tonga niaiky ny fahotany sy nangataka hatao batisa. Nanandratra ny tenany ho tsara noho ny olona hafa izy ireo, ka nitarika ny olona hihevitra fa manana fitiavam-bavaka ambony dia ambony tokoa izy ; nalana sarona ankehitriny ny fahadisoana miafina teo amin' ny fiainany. Notsindrian' ny Fanahy Masina anefa i Jaona ahafantatra fa betsaka tamin' ireo no tsy niaiky ny fahotany. Mpanararaotra ny zava-miseho izy ireo. Noheveriny fa amin' ny maha-sakaizan' ilay mpaminany azy ireo, dia nanantena ny hahita sitraka amin' ilay Mpanjaka ho avy izy. Ary ny nandraisany ny batisa avy tamin' ilay mpampianatra kely mamim-bahoaka. dia noheveriny fa hanamafy ny heriny miasa mangina amin' ny vahoaka. {IFM 92.4}

Fitenenana manindrontsindrona no nitsenan' i Jaona azy ireo hoe : «Ry taranaky ny menarana, iza no nanoro hevitra anareo handositra ny fahatezerana ho avy ? Koa mamoaza voa miendrika ny fibebahana hianareo: ary aza manao anakampo hoe : Manana an' i Abrahama rainay izahay, fa lazaiko aminareo fa Andriamanitra mahay manangana zanaka ho an' i Abrahama avy amin' ireto vato ireto». {IFM 93.1}

Diso ny nandraisan' ireo Jiosy ny teny fikasana nataon' Andriamanitra momba ny fankasitrahany mandrakizay ny Isiraely. «Izao no lazain' i Jehovah, izay manome ny masoandro ho fahazavana amin' ny antoandro ary ny filahatry ny volana sy ny kintana ho fahazavana amin' ny alina, izay mampanonja ny ranomasina, ka dia mirohondrohona ny onjany, Jehovah, Tompon' ny maro, no anarany : Raha miova eo anoloako izany filahatra izany, hoy Jehovah, dia hitsahatra tsy ho firenena eo anatrehako mandrakizay kosa ny taranak' Isiraely. Izao no lazain' i Jehovah : Raha misy maharefy ny lanitra ambony, na mahafantatra ny fanorenan' ny tany ambany, dia Izaho kosa hanary ny taranak' Isiraely rehetra noho izay rehetra nataony, hoy Jehovah»9 Noheverin' ny Jiosy fa ny maha-taranak' i Abrahama azy ara-nofo dia nanome azy zo hitaky io teny fikasana io. Tsy nojereny anefa ny fepetra izay efa nosoritan' Andriamanitra. Hoy Izy talohan' ny nanaovany ny teny fikasana : «Hataoko ao an-tsainy ny lalàko sady hosoratako ao am-pony ary Izaho ho Andriamaniny ary izy ho oloko ... fa havelako ny helony, ary tsy hotsarovako intsony ny fahotany»10 {IFM 93.2}

Azo antoka ny fankasitrahan' Andriamanitra, ho an' ny vahoaka izay manana ny lalàny voasoratra ao am-pony. Tafaray tanteraka Aminy izy, saingy efa nisaraka tamin' Andriamanitra ny Jiosy. Noho ny fahotany dia niharan' ny fitsaran' Andriamanitra izy. Io no antony nanandevozan' ny firenena jentilisa azy. Nohamaizinin' ny fandikandalàna ny sainy, koa satria nampiseho fankasitrahana azy betsaka toy izany Andriamanitra tamin' ny andro fahiny, dia nanala-tsiny ny fahotany izy ireo. Nandokadoka ny tenany izy, fa tsara noho ny olona hafa ka manana fahefana hahazo ny fitahian' Andriamanitra. {IFM 93.3}

Voasoratra ireny zavatra ireny «ho fananarana antsika izay niharan' ny faran' izao tontolo izao»11 Impiry moa isika no diso fihevitra ny fitahian' Andriamanitra, ka misaina fa ny fahamendrehantsika no ahazoantsika ny fitahian' Andriamanitra. Noho izany dia tsy afaka manao izay iriny mafy hatao ho antsika Andriamanitra. Ampiasaintsika hanome fahafaham-po ny tenantsika sy hanamafisana ny fontsika ao amin' ny tsy finoana sy ny fahotana ny fanomezampahasoavany. {IFM 94.1}

Nambaran' i Jaona tamin' ireo mpampianatra tao amin' ny Isiraely, fa ny avonavony sy ny fitiavan-tenany ary ny halozany dia mampiseho azy ho taranaky ny menarana, ozona mahafaty ho an' ny vahoaka izy fa tsy zanak' i Abrahama izay olo-marina sy nankatò. Eo amin' ny fahazavana efa noraisiny tamin' Andriamanitra, dia tena ratsy kokoa izy noho ny jentilisa izay tsapany fa ambany lavitra noho izy. Hadinony ny vatolampy izay nakana azy sy ny ati-lavaka izay nihadiana azy. Tsy niankina taminy Andriamanitra hanatanterahany ny fikasany. Tahaka ny niantsoany an' i Abrahama hivoaka avy tamin' ny firenena jentilisa. dia toy izany koa no ahazoany miantso olon-kafa hanompo Azy. Mety ho tsy misy aina toy ny vato any an-efitra ny fon' izy ireo ankehitriny, fa azon' ny Fanahy atao ny manome azy aina hanao ny sitrapony ka handray

ny fahatanterahan' ny teny fikasany. {IFM 94.2}

«Ary, indro, hoy ilay mpaminany, efa mipetraka eo amin' ny fototry ny hazo sahady ny famaky ; koa ny hazo rehetra izay tsy mamoa voa tsara dia hokapaina ka hatsipy any anaty afo». Tsy ny anarany fa ny voany no manapaka ny tombambidin' ny hazo. Raha tsy misy vidiny ny voany, dia tsy afaka mamonjy ny hazo tsy ho levona ny anarany. Nambaran' i Jaona tamin' ny Jiosy fa ny toetra amam-panahin' izy ireo sy ny fiainany no nanapaka izay fijoroany eo anatrehan' Andriamanitra. Tsy misy vidiny ny fisehoana ivelany. Raha tsy mifandrindra amin' ny lalàn' Andriamanitra ny fiainany sy ny toetra amam-panahiny dia tsy vahoakany izy. {IFM 94.3}

Resy lahatra ny mpihaino an' i Jaona noho ny teny mpamantatra ny ao am-po nataony. Nanatona azy izy ireo nanontany hoe : «Inona ary no hataonay ?» Ary namaly izy hoe : «Izay manana akanjo roa dia aoka hanome ho an' ny tsy manana; ary izay manan-kanina dia aoka hanao toy izany koa izy». Dia nampitandrina ny mpamory hetra ny amin' ny tsy fahamarinana, sy ny miaramila ny amin' ny herisetra izy. {IFM 94.4}

Izay rehetra tonga olon' ny fanjakan' i Kristy, hoy izy, dia tokony hanome porofon' ny finoana sy ny fibebahana. Ny fahalemem-panahy, ny fahamarinan-toetra sy ny fahatokiana dia tokony ho hita eo amin' ny fiainany. Tokony hiasa ho an' ny sahirana izy, ary hitondra fanatitra ho an' Andriamanitra. Tokony hiaro ny tsy manam-piarovana izy, ka hanome ohatra ny amin' ny toetra tsara sy ny fangorahana. Toy izany koa, ny mpanaraka an' i Kristy dia hanome porofo mazava ny amin' ny hery manovan' ny Fanahy Masina. Ho hita eo amin' ny fiainany andavanandro ny fahamarinana sy ny famindrampo ary ny fitiavan' Andriamanitra. Raha tsy izany dia tahaka ny mololo izay voaomana atao ao anaty afo izy. {IFM 95.1}

«Izaho manao batisa anareo amin' ny rano ho amin' ny fibebahana. hoy i Jaona, fa Ilay avy ao aoriako no mahery noho izaho, ka tsy miendrika hitondra ny kapany aza aho ; Izy no hanao batisa anareo amin' ny Fanahy Masina sy ny afo»12 Efa nilaza ny mpaminany Isaia fa hanadio ny vahoakany amin' ny tsy fahamarinany «amin' ny fanahy fitsarana sy ny fanahy fandringanana» ny Tompo. Izao no tenin' i Jehovah tamin' ny Isiraely : «Dia hamerina ny tànako ho aminao Aho. ka hodioviko amin' ny lavenona hianao hahafahan ny tain-drendrikao. ary hesoriko ny firaka rehetra aminao»13 «Andriamanitra dia afo mandevona»14 ho an' ny fahotana na aiza na aiza ahitana azy. Handevona ny fahotana ny Fanahin' Andriamanitra ao amin' izay rehetra milefitra amin' ny heriny. Fa raha mifikitra amin' ny fahotana kosa ny olona dia manjary mitovy aminy. Amin' izay ny voninahitr' Andriamanitra, izay mandevona ny fahotana, dia tsy maintsy mandevona azy koa. Hoy Jakoba taorian' ny alina nitolomany tamin' ny anjely : «Efa nahita an' Andriamanitra nifanatrika tamiko aho, nefa voavonjy ny aiko»15 Meloka noho ny fahotana lehibe nataony tamin' i Esao i Jakoba; nefa efa nibebaka izy. Efa navela ny fandikandalàna nataony, ary voadio ny fahotany ; noho izany

no nahazakany ny fanatrehan' Andriamanitra. Nefa na oviana na oviana misy olona manatona an' Andriamanitra, nefa minia mankasitra'ka ny ratsy ao am-pony, dia levonina izy. Amin' ny fiavian' i Kristy fanindroany ny ratsy fanahy dia holevonin' ny «fofon' ain' ny vavany», ary hofoanany «amin' ny fisehoan' ny fiaviany»16 {IFM 95.2}

Ny fahazavan' ny voninahitr' Andriamanitra, izay manome aina ny tsara fanahy, dia hamono ny ratsy fanahy. Tamin' ny andron' i Jaona Mpanao batisa dia efa madiva hiseho Kristy hanambara ny toetra amam-panahin' Andriamanitra. Ny fanatrehany fotsiny dia ampy hampiharihary amin' ny olona ny fahotany. Raha tsy manaiky hodiovina amin' ny fahotana izy ireny dia tsy afaka hiditra hiara-dia Aminy. Ny madio am-po ihany no afaka hitoetra eo anatrehany. {IFM 96.1}

Izany no hafatra nentin' ilay mpanao batisa ho an' ny Isiraely. Betsaka no nihaino ny fampianarany. Betsaka no nahafoy ny zavatra rehetra ka nanaraka ny teniny. Vahoaka marobe no nanaraka ity mpampianatra vaovao hatraiza hatraiza, ary tsy vitsy no nihevitra azy ho Ilay Mesia. Nefa raha nahita ireo mpihaino azy nifikitra taminy i Jaona dia nitady ny fotoana mety rehetra izy hitarihana ny finoan' izy ireny ho eo amin' Ilay ho avy. {IFM 96.2}

## Toko 11—Ny Batisa

Niely nanerana an' i Galilia ireo vaovao mahafaly nentin' ilay mpaminany tany an-efitra sy ny fanambarana mahagaga nataony. Nahatratra ny tantsaha tany amin' ny tanàna any amin' ny havoana lavitra indrindra ny hafatra, nahatratra ny antokon' ny mpanjono eny amoron-dranomasina ; namaly tamim-pahatsorana ireo fo tsotra sy mafana ireo. Voalaza tao Nazareta tao amin' ny trano fandrafetan' i Josefa izany ary nisy Anankiray nahafantatra ny antso. Tonga ny fotoany. Nialany ny asa fanaony andavanandro ka nanao velotna an-dreniny Izy ary nanaraka ny dian' ireo mpiray tanàna taminy izay nirohotra ho any Jordana.1 {IFM 97.1}

Zanak' olona mpirahavavy Jesosy sy Jaona mpanao batisa, ary nisy fifandraisana ety ny toe-javatra nitranga tamin' ny nahaterahany ; nefa tsy dia nifampikasoka mivantana izy mirahalahy. Tany Nazareta any Galilia no nandanian' i Jesosy ny fiainany; fa ny an' i Jaona kosa tany an-efitr' i Jodia. Samihafa tanteraka ny tontolo niainan' izy ireo ka samy nanana ny fiainany manokana izy, sady tsy nifanerasera mihitsy. Ny fitondran' Andriamanitra no nandahatra izany. Tsy misy antony nahazoana niampanga fa niara-nioko izy ireo hifanohana eo amin' ny zava-kendreny. {IFM 97.2}

Fantatr' i Jaona ireo toe-javatra nanamarika ny nahaterahan' i Jesosy. Efa reny ny momba ny nandehanany tany Jerosalema tamin' ny fahazazany sy izay nitranga tao amin' ny sekolin' ny raby. Fantany ny momba ny fiainany tsy misy fahotana ary nino Azy ho Mesia izy ; nefa tsy nanana antoka azo tsapain-tanana ny amin' izany izy. Nahatonga fisalasalana ny amin' ny maha-Mesia Azy na tsia ny nijanonan' i Jesosy mandritra ny taona marobe toy izany tao amin' ny takontakona, ka tsy nanomezany porofo manokana momba ny iraka nampanaovina Azy. Na dia izany aza dia niandry tamim-pinoana i Jaona mpanao batisa. Nino izy mantsy fa hazava ny zavatra rehetra rehefa tonga ny fotoana notendren' Andriamanitra. Efa nambara taminy fa hitady ny hataon' ny tanan' i Jaona batisa ny Mesia, ary hisy famantarana homena amin' izay ny amin' ny toetra maha-Andriamanitra Azy. Amin' izay dia ho azony atao ny haneho Azy amin' ny vahoaka. {IFM 97.3}

Rehefa tonga Jesosy mba hatao batisa, dia hitan' i Jaona teo Aminy ny fahadiovan' ny toetra amam-panahy izay tsy mbola tsikariny na oviana na oviana teo amin' ny olona. Na dia ny rivotry ny fanatrehany aza dia masina sady miteraka fanajana. Teo amin' ireo vahoaka marobe izay nitangorona nanodidina azy teo amoron' i Jordana, dia efa nandrenesan' i Jaona tantara milaza heloka bevava mahatsiravina dia mahatsiravina sy nihaonany tamin' ny fanahy nilofika teo ambanin' ny enta-mavesatry ny fahotana tsy tambo isaina ; fa tsy mbola nifandray tamin' ny olona izay hita miaina araka an' Andriamanitra tahaka izao mihitsy izy. Izany rehetra izany dia nifandrindra tamin' izay efa nambara tamin' i Jaona mikasika ny fangatahan' i Jesosy. Ataon' izy mpanota

ahoana. ny hanao batisa Ilay tsy nanota ? Ary ahoana Ilay tsy mila fibebahana akory no tsy maintsy hanaraka fombam-pivavahana ka hodiovina ? {IFM 98.1}

Raha nangataka ny hatao batisa Jesosy, dia nandà i Jaona ka nanao hoe : «Izaho no tokony hataonao batisa, ka Hianao indray va no mankatý amiko ?» Namaly tamin' ny fahefana hentitra nefa feno halemem-panahy Jesosy ka nanao hoe : «Ekeo ihany ankehitriny, fa izao no mety amintsika hahatanteraka ny fahamarinana rehetra». Nilefitra i Jaona ka nitondra ny Mpamonjy nidina ho ao Jordana. ary nandevina Azy tao amin' ny rano. Ary raha niakatra avy teo amin' ny rano Jesosy dia indro, nisokatra taminy ny lanitra, ary hitany «ny Fanahin' Andriamanitra nidina tahaka ny voromailala ka nankeo amboniny». {IFM 98.2}

Tsy natao batisa ho fiaikena ny heloka vitany Jesosy. Nampitoviany tamin' ny mpanota ny tenany, ka nandeha tamin' ny dingana tokony hataontsika Izy; ary nanao izay tokony ho nataontsika koa. Ohatra ho antsika ny fiainany feno fijaliana sy fihafiana amim-paharetana. {IFM 98.3}

Rehefa niakatra avy tao anaty rano Jesosy dia nandohalika nivavaka teo amoron-drano. Fotoana vaovao sy mavesa-danja no nisokatra teo anatrehany. Ankehitriny dia hiditra eo amin' ny sehatra midadasika kokoa Izy satria ho eo amin' ny adin' ny fiainany. Na dia Andrianan' ny Fiadanana aza Izy. dia tsy maintsy ho tahaka ny sabatra voatsoaka ny fiainany. Nifanohitra tanteraka tamin' izay nirin' ny Jiosy ny fanjakana haoriny. Ilay fototra iorenan' ny fanompoam-pivavahana sy ny fomba fiainan' ny Isiraely, dia hoheverina ho toy ny fahavalony sy mpandrava azy ireny. Ilay namoaka ny lalàna tao Sinay dia homelohina ho mpandika lalàna. Ilay tonga hanapaka ny herin' i Satana dia hampangaina ho Belzeboba. Tsy nisy olona na dia iray aza teto ambonin' ny tany nahafantatra ny momba Azy. ary mbola tsy maintsy mandeha irery koa Izy mandritra ny fotoana iasany. Tsy takatry ny reniny sy ny rahalahiny ny asa nanirahana Azy nandritra ny fiainany. Na dia ny mpianany aza tsy nahafantatra Azy. Nitoetra teo amin' ny fahazavana mandrakizay Izy, tamin' ny maha-iray Azy amin' Andriamanitra, fa ny fiainany teto an-tany kosa dia tsy maintsy ho laniany amin' ny maha-manirery Azy. {IFM 99.1}

Iray amintsika Izy, ka tsy maintsy mitondra ny enta-mavcsatry ny helotsika sy ny fahoriantsika. Tsy maintsy mahatsapa ny henatry ny fahotana Ilay tsy manana ota. Tsy maintsy mivelona eo afovoan' ny adilahy Ilay tia fiadanana, tsy maintsy mitoetra eo amin' ny lainga Ilay marina, eo amin' ny fahalotoana sy eo amin' ny mahavoafady May fahadiovana. Ny fahotana rehetra. ny tsy fifanarahana rehetra, ny filàna mandoto rehetra izay nentin' ny fandikan-dalàna. dia fahoriana ho an' ny saina amam-panahiny. {IFM 99.2}

Izy irery no tsy maintsy mandeha eo amin' ny lalana ; lzy irery no tsy maintsy

mitondra ny enta-mavesatra. Ho Aminy Izay efa namela ny voninahiny, ka nanaiky ny fahalemen' ny taranak' olombelona, tsy maintsy eo Aminy no hipetrahan' ny fanavotana an' izao tontolo izao. Hitany sy tsapany izany rehetra izany, nefa nitoetra tsy azo nohozongozonina ny fikasany. Niankina tamin' ny sandriny ny famonjena ny taranaka lavo, ka natsotrany ny tanany hamikitra ny sandrin' ny Fitiavana manana ny hery rehetra. {IFM 99.3}

Toa tafiditra ny lanitra no fijery ny Mpamonjy raha nipololotra avy tao amin' ny fanahiny ny fivavahana. Fantany tsara ny efa nanamafisan' ny fahotana ny fon' ny olona ary fantany tsara koa fa sarotra aoka izany ny hampahafantatra azy ireo ny haben' ny asa nanirahana Azy sy hampanaiky azy ireo ny fanomezam-pahasoavan' ny famonjena. Nitalaho hery tamin' ny Rainy Izy hoentiny mandresy ny tsy finoan' ireo sy hoentiny manapaka ny gadra izay namatoran' i Satana azy, ary hoentiny mandresy ilay mpandringana azy ireo. Nangataka vavolombelona hanambara Izy fa eken' Andriamanitra amin' ny alalan' ny Zanany ny taranak' olombelona. {IFM 99.4}

Tsy mbola nihaino fivavahana toy izany mihitsy ny anjely. Naniry fatratra ny hilaza hafatra mitondra toky sy fampaherezana ho an' Ilay Lehibeny malalany izy ireo. Tsy izany anefa fa ny Ray mihitsy no hamaly ny fangatahan' ny Zanany, avy eo amin' ny seza fiandrianana mivantana izay itarafan' ireo tara-pahazavan' ny voninahiny. Mivoha ny lanitra ary misy fahazavana madio indrindra miendrika voromailala midina eo amin' ny lohan' ny Mpamonjy, izay sary nahalaza tsara ny tena toeny, Ilay malemy fanahy sady tsy miavona am-po. {IFM 100.1}

Ankoatran' i Jaona dia vitsy teo amin' ireo vahoaka marobe tao Jordana, no nahafantatra ilay fahitana avy any an-danitra. Na izany aza dia tsapan' ny mpivory ny haja sy ny voninahitry ny fanatrehan' Andriamanitra. Nangina sy gaga ny vahoaka nibanjina an' i Kristy. Rakotry ny fahazavana izay manodidina mandrakariva ny seza fiandrianan' Andriamanitra ny tenany manontolo. Notafina voninahitra tahaka izay tsy mbola hita hatrizay hatrizay teo amin' ny tavan' olombelona ny tavany niandrandra ny lanitra. Nisy feo re avy tamin' ny lanitra nisokatra nanao hoe : Tty no Zanako malalako Izay sitrako». {IFM 100.2}

Natao ireo teny fanamafisana ireo mba hanainga finoana ao amin' izay nanatri-maso ny toe-javatra sy mba hampahery ny Mpamonjy eo amin' ny asa nanirahana Azy. Na dia teo aza ny fahotan' izao tontolo izao meloka izay napetraka teo amin' i Kristy, na dia teo aza ny fietren' ny tenany tamin' ny nandraisany teo Aminy ny tenantsika lavo. ilay feo avy any an-danitra dia nanambara Azy ho Ilay Zanak' Ilay maharitra mandrakizay. {IFM 100.3}

Nanohina fatratra an' i Jaona ny nahita an' i Jesosy niankohoka sy nitalaho, nangataka tamin-dranomaso ny fankasitrahan' ny Ray. Raha nanodidina Azy ny voninahitr'

Andriamanitra, ka re ilay feo avy any an-danitra, dia neken' i Jaona fa io ilay famantarana efa nampanantenain' Andriamanitra. Fantany fa Ilay Mpanavotra an' izao tontolo izao no efa nataony batisa. Nitoetra teo Aminy ny Fanahy Masina, ary naninjitra ny tanany Izy ka nanondro an' i Jesosy sady niteny hoe : «Indro ny Zanak' Ondrin' Andriamanitra, izay manaisotra ny fahotan' izao tontolo izao». {IFM 100.4}

Tsy nisy tamin' ireo nihaino azy, ary na dia izy niteny izany aza, no nahafantatra ny lanjan' ireo teny manao hoe : «Zanak' Ondriiv Andriamanitra». Raha teo amin' ny tendrombohitra Moria Abrahama dia nandre ny fanontanian' ny zanany hoe : «Ry ikaky ò,. . . aiza izay ondry hatao fanatitra hodorana ?» Namaly azy rainy ka nanao hoe : «Anaka, Andriamanitra no hahita izay ondry hatao fanatitra odorana»2 Koa hitan' i Abrahama tao amin' ilay ondrilahy nomanin' Andriamanitra hisolo toerana an' Isaka ny tandindon' Ilay ho faty ho an' ny fahotan' ny olona. Ny Fanahy Masina tamin' ny alalan' ny Isaia mpaminany, dia nandray io sary fanazavana io, ka niteny toy izao momba ny Mpamonjy : «Tahaka ny zanak' ondry entina hovonoina Izy», «Ary nataon' i Jehovah nihatra taminy avokoa ny helotsika rehetra»3 ; tsy azon' ny vahoakan' Isiraely anefa ny lesona. Maro tamin' izy ireo no nihevitra toy ny jentilisa ny fanatitra nentiny teo amin' ny fisoronana, dia fanomezana izay ahazoan' ny tenany ihany mampitony ny Andriamaniny. Tian' Andriamanitra ny hampianatra azy ireo fa avy amin' ny fitiavany no iavian' ny fanomezana izay nampihavana azy Aminy. {IFM 101.1}

Ny teny izay natao tamin' i Jesosy tao Jordana manao hoe : «Ity no Zanako malalako izay sitrako», dia mahafaoka ny taranak' olombelona. Niteny tamin' i Jesosy amin' ny maha-solontenan' ny olombelona Azy Andriamanitra. Na dia teo aza ny fahotantsika rehetra sy ny fahalementsika rehetra, dia tsy ahilika isika satria tsy mendrika. Nohasoavina «ao amin' ny Malala»4 isika. Ny voninahitra izay nitoetra teo amin' i Kristy dia antoka fa tia antsika Andriamanitra. Manambara amintsika ny herin' ny fivavahana izany sy ny fahazoan' ny feon' olombelona ho ren' Andriamanitra, ary anekena any amin' ny lapan' ny lanitra ny fangatahantsika. Noho ny fahotana, dia tafasaraka tamin' ny lanitra ny tany, ka nanjary vahiny tamin' ny fifandraisana taminy ; nampiraisin' i Jesosy tamin' ny faritry ny voninahitra indray anefa izany. Nanodidina ny olona ny fitiavany, ka nahatratra ny lanitra ambony indrindra. Ny fahazavana izay nitaratra avy tamin' ireo varavarana nivoha ka nipaka hatreny amin' ny tavan' ny Mpamonjy dia hilatsaka amintsika raha mivavaka hangataka ny fanampiana hoenti-manohitra ny fakampanahy isika. Ilay feo izay niteny tamin' i Jesosy dia milaza amin' ny fanahy mino tsirairay hoe : «Ity no zanako malalako izay sitrako». {IFM 101.2}

«Ry malala, ankehitriny aza dia zanak' Andriamanitra isika, nefa tsy mbola naseho izay ho toetsika rahatrizay. Fantatsika fa raha hiseho Izy. dia ho tahaka Azy isika, fa ho hitantsika lzy, dia izay tena endriny tokoa»5 Nanokatra ny lalana Ilay Mpanavotra antsika, hany ka ny mpanota indrindra, ny sahirana indrindra, ny fadiranovana sy diso

fanantenana indrindra, dia mety mahita lalana mankeo amin' ny Ray. Samy mety mahazo toerana ao amin' ny fonenana izay nomanin' i Jesosy ny olona rehetra. «lzao no lazain' Izay Masina, Izay marina, Izay manana ny fanalahidin' i Davida, Izay mamoha ka tsy hisy hanidy ary manidy ka tsy misy mamoha; . . . indro. efa nasiako varavarana mivoha eo anatrehanao, ka tsy misy maharindrina azy»6 {IFM 102.1}

## Toko 12—Ny fakam-panahy

«Ary Jesosy feno ny Fanahy Masina dia niverina avy tany Jordana. ary nentin' ny Fanahy tany an-efitra». Mbola mirakitra hevi-dehibe noho izany ny tenin' i Marka. Hoy izy : «Ary niaraka tamin' izay dia nampandehanin' ny Fanahy ho any an-efitra lzy. Ary tany an-efitra efapolo andro Izy ka nalain' i Satana fanahy ; ary teo amin' ny bibi-dia Izy»1 «Ary tsy nihinan-kanina akory Izy tamin' izany andro izany». {IFM 103.1}

Raha nentina nankany an-efitra mba halaim-panahy Jesosy, dia ny Fanahin' Andriamanitra no nitondra Azy. Tsy nitady ny fakampanahy Izy. Nandeha tany an-efitra Izy mba ho irery, handinika ny iraka nampanaovina Azy sy ny asany. Amin' ny alalan' ny fifadian-kanina sy ny fivavahana dia hampahery ny tenany Izy hiatrehany ny lalana voapentin' ny ra izay tsy maintsy hodiaviny. Fantatr' i Satana anefa fa nankany an-efitra ny Mpamonjy, ka noheveriny fa io no fotoana mety indrindra hanatonana Azy. {IFM 103.2}

Zava-dehibe loatra ho an' izao tontolo izao no nifandroritana teo amin' ny ady nifanaovan' ny Andrianan' ny Fahazavana sy ilay mpitarika ny fanjakan' ny maizina. Rehefa avy naka fanahy ny olona hanota i Satana, dia nilaza izy fa azy ny tany, ary nampiseho ny tenany ho andrianan' ity tany ity. Rehefa nampitoviany tamin' ny tenany ireo ray sy reny niandohantsika, dia nihevitra ny hanangana ny fanjakany eto an-tany izy. Nambarany fa efa nifidy azy ho mpanjakany ny olona. Nofeheziny ny olona ka tamin' ny alalan' izany no nitanany ny fanapahana an' izao tontolo izao. Nandrava ny fihaniboan' i Satana ny fahatongavan' i Kristy. Amin' ny mahaZanak' olona Azy, dia hijoro ho mahatoky amin' Andriamanitra Kristy. Haseho amin' izany fa tsy voafehin' i Satana tanteraka ny taranak' olombelona, ary diso ny fihamboany ho manam-pahefana eto amin' izao tontolo izao. Ho afa-mandositra izay rehetra maniry fahafahana amin' ny heriny. Ho tafaverina ny fanjakana very tamin' ny alalan' ny fahotan' i Adama. {IFM 103.3}

Hatramin' ny nilazana tamin' ny menarana tao Edena hoe : «Hampifandrafesiko hianao sy ny vehivavy ary ny taranakao sy ny taranany»2 , dia efa fantatr' i Satana fa tsy hanjaka mandrakizay eto amin' izao tontolo izao izy. Hita teo amin' ny olona ny fisian' ny hery izay nanohitra ny fanjakany. Nahaliana azy mafy ny nanaramaso an' i Adama sy ireo zanany nitondra fanatitra. Hitany teo amin' ireo fanompoam-pivavahana ireo ny tandindon' ny firaisan' ny tany sy ny lanitra. Nanomboka hanapaka io firaisana io izy. Nasehony tamin' ny fomba diso Andriamanitra. ary nodisoiny ny dikan' ireo fanompoam-pivavahana manondro ny Mpamonjy. Notarihina ny olona hihevitra an' Andriamanitra ho mahatahotra ka finaritra amin' ny fandringanana ny voahariny. Ireo fanatitra izay tokony hanambara ny fitiavany. dia natolotra mba hampitony fotsiny ny fahatezerany. Notairin' i Satana ny fironana ratsy ao amin' ny olona mba hanamafy ny fifehezany azy. Rehefa nomena ny tenin' Andriamanitra voasoratra, dia nodinihin' i

Satana ireo faminaniana momba ny fiavian' ny Mpamonjy. Nandritra ny taranaka nifandimby dia niasa izy hanamaizina ny saina momba ireo faminaniana ireo, mba handavany an' i Kristy amin' ny fiaviany. {IFM 104.1}

Fantatr' i Satana, tamin' ny nahaterahan' i Jesosy, fa tonga Ilay nirahin' Andriamanitra haka ny fanjakany. Nangovitra izy raha nandre ny hafatry ny anjely nilaza marina ny amin' ny fahefan' Ilay Mpanjaka vao teraka. Fantatr' i Satana tsara ny toerana notanan' i Kristy tany an-danitra amin' ny maha-Malalan' ny Ray Azy. Nahazendana sady nampihorohoro azy ny fahatongavan' ny Zanak' Andriamanitra ho nofo. Tsy hainy refesina ny halalin' io zava-miafin' ny fahafoizan-tena lehibe io. Tsy takatry ny fanahiny feno fitiavan-tena ny fitiavana toy izany ho an' ny taranaka lavo. Nanjavozavo ihany ny fahatakaran' ny olona ny voninahitra sy ny fiadanan' ny lanitra, ary ny fifaliana eo amin' ny firaisana amin' Andriamanitra; Losifera, ilay kerobima manaloka kosa dia nahatsapa ny fahavoazany ka tapa-kevitra hamaly faty amin' ny fitarihana ny hafa any amin' ny hantsana. Mba hahatanterahany ny tetiny, dia tarihiny ny olona hampihem-bidy ny zavatry ny lanitra ka hametraka ny fony amin' ny zavatry ny tany. {IFM 104.2}

Tsy hoe tsy hisy fanakatsakanana tsy akory ny ahazoan' Ilay Komandin' ny lanitra ny fanahin' ny olona ho amin' ny fanjakany. Hatramin' ny fotoana nahazazakely Azy tany Betlehema, dia notafihin' ilay ratsy tsy an-kijanona Izy. Naseho tao amin' i Kristy ny endrik' Andriamanitra, ary tapaka tao amin' ny filan-kevitr' i Satana fa horesena Izy. Nanomboka teo dia tsy mbola nisy olom-belona afa-nandositra ny herin' ilay mpamitaka. Niara-nioko hanohitra an' i Kristy ny herin' ny ratsy rehetra, mba hiditra amin' ny ady atao Aminy, ary raha azo atao mba handresy Azy. {IFM 105.1}

Nanatrika ny batisan' ny Mpamonjy i Satana. Nandre ny feon' i Jehovah nanamarina ny maha-Andriamanitra an' i Jesosy izy. Hatramin' ny nanotan' i Adama, rehefa tapaka ny fifandraisana mivantana nisy teo amin' ny taranak' olombelona sy Andriamanitra, dia tamin' ny alalan' i Kristy indray no nisian' ny fifaneraseran' ny lanitra sy ny tany ; tonga anefa Jesosy ankehitriny «naka ny endriky ny nofo ota»3 , ary ny Ray mihitsy no nanambara izany. Efa nifandray tamin' ny taranak' olombelona tamin' ny alalan' i Kristy Izy talohan' izao; ankehitriny Izy mifandray amin' ny taranak' olombelona ao amin' i Kristy. Nanantena i Satana fa hahatonga fisarahana mandrakizay amin' ny lanitra sy ny tany ny fankahalan' Andriamanitra ny ratsy. Ankehitriny anefa mazava fa tafaverina ny firaisan' Andriamanitra sy ny olona. {IFM 105.2}

Hitan' i Satana fa tsy maintsy mandresy izy na resy. Zava-dehibe loatra ny ho vokatry ny ady ka 'tsy azo nankinina tamin' ireo anjely mpiara-manao ratsy aminy. Tsy maintsy ny tenany mihitsy no mitarika ny fizotry ny ady. Nivondrona hanohitra ny Zanak' Andriamanitra ny herin' ny fihemorana rehetra. Kristy no nokendren' ny fiadian' ny helo rehetra asiana. {IFM 105.3}

Betsaka no mijery io ady ifanaovan' i Kristy sy i Satana io ho tsy misy fiantraikany firy amin' ny fiainan' ny tenany manokana; ka ho azy ireo dia tsy mahaliana firy izany. Nefa anie ka miverina ao am-pon' ny olombelona tsirairay io ady io. Tsy misy mihitsy olona iray miala amin' ny laharan' ny ratsy hanompo an' Andriamanitra ka tsy misetra ny fanafihan' i Satana. Ny fitaomana izay notoherin' i Kristy dia ireo izay sarotra toherina indrindra ho antsika. Ary arakaraka ny maha-ambony lavitra ny toetra amam-panahiny no nampahery vaika izany. Raha nilonjitra ny lanja mahatsiravin' ny fahotan' izao tontolo izao Kristy, dia nalaim-panahy tamin' ny fitiavankomana, sy ny fitiavana an' izao tontolo izao, ary ny fitiavana fisehosehoana izay mamotraka ao amin' ny fireharehana. Ireo fakam-panahy ireo koa no nandresy an' i Adama sy Eva ary tsy mahagaga raha mora mandresy antsika koa. {IFM 105.4}

Ny fahotan' i Adama no notondroin' i Satana ho porofon' ny maha-tsy marina ny lalàn' Andriamanitra sy ny tsy ahazoana mankatò azy. Nitafy ny maha-olombelona antsika Kristy mba hanonerany ny tsy lahombiazan' i Adama. Fony namely an' i Adama anefa ny fakam-panahy. dia tsy mbola nanan-kery taminy ny fahotana. Nijoro teo amin' ny tanjaky ny maha-olombelona tanteraka azy izy, nanana hery feno teo amin' ny saina sy ny tena, voahodidin' ny voninahitr' i Edena. ary nifandray isan' andro tamin' ireo mponin' ny lanitra. Tsy toy izany Jesosy raha niditra tany an-efitra ka nifanehatra sy nandresy an' i Satana. Nandritra ny efatra arivo taona dia efa nihena hatrany ny hery ara-batana. ara-tsaina sy ny fahamendrehana ara-pitondrantena teo amin' ny taranak' olombelona; koa ny tahalemen' ny olombelona ela simba no noraisin' i Kristy teo Aminy. Aminizany fomba izany ihany no ahazoany mamonjy ny olona ho afaka amin' ny fitotonganana farany ambany indrindra. {IFM 106.1}

Betsaka no milaza fa tsy nety ho resin' ny fakam-panahy Kristy. Raha izany. tsy ho azo napetraka teo amin' ny toerana misy an' i Adama Izy : tsy nety ho nahazo ny fandresena izay tsy nahombiazan' i Adama ka tsy azony Izy. Raha tahiny isika nandalo ady sy fitsapana mafy noho izay nanjo an' i Kristy, dia tsy ho hainy ny hamonjy antsika. Nefa dia nandray ny maha olombelona antsika miaraka amin' ny firongo ratsiny rehetra ny Mpamonjintsika. Nihatra taminy ny fahazoana ho resin' ny fakam-panahy. Tsy misy na inona na inona ho zakaintsika ka tsy efa niaretany. {IFM 106.2}

Ho an' i Kristy, tahaka ny ho an' ireo mpivady masina tany Edena, dia ny fitiavan-komana no fototry ny fakam-panahy lehibe voalohany. Teo amin' ny toerana niandohan' ny fahaverezantsika, no nanombohana ny asa fanavotana antsika. Ny fampanaranam-po ny fitiavan-komana no nahalavo an' i Adama, araka izany koa, ny fandavana ny fitiavan-komana no tsy maintsy handresen' i Kristy. «Ary nifady hanina efa-polo andro sy efapolo alina Izy, koa nony afaka izany, dia noana. Dia nanatona ny mpaka fanahy» ka nanao taminy hoe : Raha zanak' Andriamanitra Hianao. dia teneno ho tonga mofo ireto vato ireto. Fa Izy kosa namaly ka nanao hoe : voasoratra hoe : Tsy ny mofo ihany no

hiveloman' ny olona fa ny teny rehetra izay aloaky ny vavan' Andriamanitra. {IFM 106.3}

Hatramin' ny andron' i Adama ka hatramin' ny an' i, Kristy, dia nitombo tsy anerany ny herin' ny fitiavan-komana sy ny fironana ambany. Toy izany no nampivarilavo sy nankarary ny olona ka raha amin' ny tenany samirery dia tsy azony atao ny mandresy. Noho ny amin' ny olona, dia nandresy ny fitsapana mafy sy mahery indrindra Kristy. Ho antsika no nampiasany fifehezantena mahery noho ny hanoanana na ny fahafatesana. Ary voafaoka ao amin' io fandresena voalohany io ny vokatra hafa tafiditra ao amin' ny ady ifanaovantsika amin' ny herin' ny maizina. {IFM 107.1}

Raha nankany an-efitra Jesosy, dia voahodidin' ny voninahitry ny Ray Izy. Babon' ny firaisana tamin' Andriamanitra Izy ka voasandratra tambonin' ny fahalemen' ny olombelona. Rehefa lasa anefa ny voninahitra. dia navela hiady amin' ny fakam-panahy Izy. Nitangorona taminy tamin' ny fotoana rehetra izany. Nihemotra teo anatrehan' ny ady miandry Azy ny nofo maha-olombelona Azy. Nandritra ny efapolo andro Izy no nifady hanina sy nivavaka. Reraka sy nahia Izy noho ny hanoanana, trotraka sy torovana noho ny adin-tsaina nihatra aman' aina. «ny tarehiny dia simba ka hoatra ny tsy tarehin' olombelona akory»4 Izao no totoana mety nandrasan' i Satana. Nihevitra izy fa tonga ny andro handreseny an' i Kristy. {IFM 107.2}

Ho valin' ny fivavahana nataon' ny Mpamonjy, dia indro avy nanatona ny anankiray naka ny endriky ny anjelin' ny lanitra nilaza fa manana hafatra nampanaovin' Andriamanitra azy hanambara fa nifarana ny fifadian-kanina nataony. Tahaka ny nanirahan' Andriamanitra anjely nihazona ny tanan' i Abrahama tsy hanolotra an' Isaka ho fanatitra, dia toy izany koa, afa-po tamin' ny finiavan' i Kristy handeha eo amin' ilay lalana voapentin-dra ny Ray ka naniraka anjely hanafaka Azy ; izany no hafatra nampitondraina Azy. Reraka sy naniry hanina mafy ny Mpamonjy, raha tonga tampoka teo Aminy Satana. Notondroiny ireo vato izay nameno ny efitra ary izay nanana ny endriky ny mofo, ka hoy izy hoe : «Raha Zanak' Andriamanitra Hianao, dia teneno ho tonga mofo ireto vato ireto». {IFM 107.3}

Na dia tahaka ny anjelin' ny mazava aza ny fisehoany. dia naneho ny toetra amam-panahiny ny teny voalohany nataony. «Raha Zanak' Andriamanitra Hianao». Fitaomana ho amin' ny tsy fahatokisana izany. Raha nanatanteraka ny hevitra natsipin' i Satana Jesosy, dia fanekena ny fisalasalana izany. Nitetika hanjera an' i Kristy tamin' ny alalan' ireo fomba izay nahitany fahombiazana indrindra teo amin' ny taranak' olombelona tany am-boalohany ilay mpaka fanahy. Hafetsena manao ahoana no nentin' i Satana nanatona an' i Eva tany Edena ! «Hanky ! efa nataon' Andriamanitra hoe : Aza ihinananareo ny hazo rehetra eo amin' ny saha?» 5 Hatramin' izao dia marina ny tenin' ny mpaka fanahy ; nefa ny fomba filazany azy dia misy fanivaivana miafina ny tenin' Andriamanitra. Nisy fomba an-kolaka nenti-nampiditra fisalasalana tamin' ny teny marin' Andriamanitra

izany. Niezaka i Satana hampiditra moramora ao an-tsain' i Eva ny fisainana fa tsy hanao izay efa nolazainy Andriamanitra ; fa ny fiarovany ny voankazo tsara tarehy toy izany dia mifanohitra amin' ny fitiavany sy ny fangorahany ny olona. Miezaka izao ilay mpaka fanahy hampiditra ny fihetseham-pon' ny tenany ao amin' i Kristy. «Raha Zanak' Andriamanitra Hianao». Nilaza fahatezerana mangidy avy tao an-tsainy ireo teny ireo. Tsy finoana tanteraka no re teo amin' ny fomba fiteniny. Dia hataon' Andriamanitra toy izao ve ny Zanany ? Dia havelany irery any an-efitra, tsy manan-kohanina. tsy mana-namana, tsy misy izay mampiadana azy, miaraka amin' ny bibi-dia ve Izy ? Nampidiriny moramora tao an-tsaina fa na oviana na oviana Andriamanitra tsy nikasa ny hametraka ny Zanany amin' ny toerana toy izao. «Raha Zanak' Andriamanitra Hianao», dia asehoy ny herinao amin' ny fanatonena izao hanoananao izao. Teneno ho tonga mofo ireto vato ireo. {IFM 108.1}

Mbola manakoako ao an-tsofin' i Satana ny teny avy tany an-danitra nanao hoe : «Ity no Zanako Malalako Izay sitrako»6 Nanapa-kevitra izy anefa fa hanao izay tsy hinoan' i Kristy io teny vavolombelona io. Ny tenin' Andriamanitra no toky nananan' i Kristy momba ny iraka nampanaovin' Andriamanitra Azy. Tonga Izy mba hivelona amin' ny maha-olona Azy eo anivon' ny olona, ary ny teny koa no nanambara ny fifandraisany amin' ny lanitra. Fikasan' i Satana ny hampisalasala Azy ny amin' io teny io. Raha azo hozongozonina ny fitokisan' i Kristy an' Andriamanitra, dia fantatr' i Satana fa ho azony ny fandresena eo amin' ny ady manontolo. Ho azony resena Jesosy. Nanantena izy fa noho ny hamafin' ny faharerahany sy ny hanoanany be indrindra. dia ho very ny finoan' i Kristy ny Rainy ka hanao fahagagana ho an' ny tenany lzy. Raha nanao izany Izy, dia ho montsamontsana ny drafitry ny fanavotana. {IFM 108.2}

Fony nifanandrina voalohany i Satana sy ny Zanak' Andriamanitra, dia Komandin' ny tafiky ny lanitra Kristy ary voaroaka i Satana, izay nitarika ny fikomiana tany an-danitra. Ankehitriny, toa mifamadika izao ny toerana nisy azy ireo. koa nohararaotin' i Satana araka izay farany azony natao izay noheveriny fa tombontsoany. Nisy voaroaka avy tany an-danitra, hoy izy, ny anankiray tamin' ny anjely mahery indrindra. Ny toe-javatra rehetra dia manambara fa Jesosy io anjely lavo io izay nafoin' Andriamanitra sy nilaozan' ny olona. Izay Andriamanitra marina dia afaka hanaporofo ny filazany amin' ny fanaovana fahagagana : «Raha Zanak' Andriamanitra Hianao, teneno ho tonga mofo io vato io». Ny asa famoronana toy izany, hoy ilay mpaka fanahy manantitrantitra, dia ho porofo tsy azo lavina ny maha-Andriamanitra. Hampifarana ny ady izany. {IFM 109.1}

Tsy nilaozan' ny tolona mafy Jesosy raha nihaino tamimpanginana ilay mpamitaka gagilahy. Tsy tokony hanaporofo ny maha-Andriamanitra Azy amin' i Satana anefa ny Zanak' Andriamanitra. na hanazava aminy ny anton' ny fanetren-tenany. Tsy misy na inona na inona hahasoa ny olona na hanome voninahitra an' Andriamanitra ny fanekeny ny fangatahan' ilay mpikomy. Raha nanao araka ilay baikon' i Satana an-kolaka Kristy,

dia mbola hiteny indray i Satana hoe : «Anehoy famantarana aho mba hinoako fa Zanak' Andriamanitra lanao». Tsy hisy vokany hanamontsana ny herin' ny fikomiana ao ampony ny porofo miharihary : ambonin' izany, Kristy koa tsy tokony hampiasa ny herin' ny maha-Andriamanitra Azy ho amin' ny tombon-tsoan' ny tenany. Tonga lzy mba hizaka fitsapana tahaka izay tsy maintsy hataontsika koa, ka namela ohatry ny finoana sy ny fileferana ho antsika. Na teo amin' io fotoana io, na tamin' ny fotoana manaraka teo amin' ny fiainany teto an-tany, dia tsy nanao fahagagana ho an' ny tenany Izy. Hahasoa ny hafa avokoa ny asa mahagaga rehetra nataony. Na dia fantatr' i Jesosy hatramin' ny voalohany aza i Satana, dia tsy voatarika hifamaly aminy Izy. Nampahery Azy ny fahatsiarovany an' ilay feo avy tany an-danitra ka nitoetra teo amin' ny fitiavan' ny Rainy Izy. Tsy hifandahatra amin' ny fakam-panahy Izy. {IFM 109.2}

Ny tenin' ny Soratra Masina no nentin' i Jesosy nisetra an' i Satana. «Voasoratra hoe», hoy Izy. Teo amin' ny fakam-panahy rehetra dia ny tenin' Andriamanitra no fiadiana nentiny niady. Nangataka lahagagana tamin' i Kristy i Satana ho famantarana ny maha-Andriamanitra Azy. Nefa zava-dehibe noho ny fahagagana ny fiankinana tsy azo hozongozonina amin' ny hoe : «Izao no lazain' i Jehovah», izay famantarana tsy azo ladian-kevitra. Raha mbola mitana io toerana io Kristy dia tsy hisy tombony ho azon' ilay mpaka fanahy. {IFM 110.1}

Tamin' ny fotoana naha-osa Azy indrindra no nanafihana Azy tamin' ny takam-panahy masiaka indrindra. Tamin' izany fomba izany no noheverin' i Satana fa handreseny. Io tetika io no nahazoany landresena talohan' izao. Rehefa mihamalefaka ny herim-batana sy mihamalemy ny herin' ny sitrapo ary mitsahatra tsy miankina amin' Andriamanitra ny finoana. amin' izay dia resy ny olona izay niady ela sy tamin-kerimpo ho an' ny fahamarinana. Sasatry ny niaraka tamin' ny firenirenen' ny Isiraely nandritra ny efapolo taona i Mosesy, ka reny nivembena ny finoany. Nanao fahadisoana izy raha tonga teo amin' ny sisin' ny tany nampanantenaina. Toy izany koa no nihatra tamin' i Elia, izay nijoro tsy tamin-tahotra teo anatrehan' ny mpanjaka Ahaba, niatrika ny firenen' Isiraely manontolo notarihin' ireo mpaminanin' i Bala dimampolo sy efajato lahy. Taorian' ilay andro mahatahotra nifamitaonana tao Karmela, rehefa naringana ireo mpaminany sandoka, ka nanambara ny hankatoavany an' Andriamanitra ny vahoaka, dia nandositra hanavotra ny ainy teo anatrehan' ny fandrahonana nataon' ilay Jezebela mpanompo sampy Elia. Toy izany no nanararaotan' i Satana ny fahalemen' ny taranak' olombelona. Ary mbola hiasa amin' izany fomba izany ihany izy. Raha vao voahodidin-drahona ny olona iray, na very hevitra noho ny toe-javatra, na tra-pahoriana noho ny fahantrana sy ny alahelo, dia vonona i Satana haka fanahy sy hanorisory azy. Ny faritra malemy eo amin' ny toetra amam-panahintsika no rarafany. Miezaka izy ny hanozongozona ny fahatokiantsika an' Andriamanitra, Izay manaiky ny hisian' ny toe-javatra toy izao. Alaim-panahy tsy hatoky an' Andriamanitra isika sy hisalasala ny amin'

ny fitiavany. Matetika dia tonga eo amintsika, tahaka ny nahatongavany teo amin' i Kristy, ny mpaka fanahy, ka velariny eo imasontsika ny fahalementsika sy ny kilemantsika Manantena izy amin' izany fa ho kivy isika ka tsy ho afa-mandositra. Azony antoka amin' izay ny hazany. Raha mety manohitra azy tahaka ny nataon' i Jesosy isika, dia ho betsaka ny fahareseна nandositra antsika. Ny fiadian-kevitra ataontsika amin' ny fahavalo dia manome tombon-tsoa ho azy. {IFM 110.2}

Raha niteny tamin' ilay mpaka fanahy Kristy hoe : «Tsy mofo ihany no iveloman' ny olona fa ny teny rehetra izay aloaky ny vavan' Andriamanitra», dia namerina ny teny izay efa nambarany tamin' ny Isiraely efajato sy arivo taona mahery talohan' izao Izy hoe : «Tsarovy ny làlana rehetra izay nitondran' i Jehovah Andriamanitrao anao tany an-efitra. . . dia nampanetry tena anao Izy ka namela anao ho noana, dia nanome anao ny mana hohaninao, izay tsy fantatrao na ny razanao, hampahafantariny anao fa tsy mofo ihany no iveloman' ny olona. fa ny teny rehetra izay aloaky ny vavan' i Jehovah no iveloman' ny olona»7 Tany an-efitra, reheta tsy nisy avokoa izay rehetra nety ho tohan' aina, dia nalefan' Andriamanitra. ho an' ny vahoakany ny mana avy tany an-danitra; ampy sady tsy tapaka no nomeny Io hanina io dia natao hampianatra azy fa raha matoky an' Andriamanitra sy mandeha amin' ny lalàny izy. dia tsy handao azy Izy. Nampihatra tamin' ny tenany ny lesona efa nampianariny an' Isiraely izao ny Mpamonjy. Tamin' ny alalan' ny Tenin' Andriamanitra no efa nanomezana fahombiazana ny tafika hebreo, ary amin' ny alalan' io tenin' Andriamanitra io ihany koa no hanomezana izany an' i Jesosy. Niandry ny fotoana voatendrin' Andriamanitra Izy mba hanafaka Azy. Noho ny fankatoavany an' Andriamanitra no naha tany an-efitra Azy. fa tsy hitady hanina amin' ny fanarahana ny tolo-kevitr' i Satana akory. Noporofoiny teo anatrehan' izao rehetra izao izay vavolombelon' izany. fa aleo kokoa ny miaritra izay rehetra mety hitranga. toy izay mihataka na dia kely fotsiny aza amin' ny sitrapon' Andriamanitra. {IFM 111.1}

«Tsy mofo ihany no iveloman' ny olona fa ny teny rehetra izay aloaky ny vavan' Andriamanitra». Matetika ny mpanaraka an' i Kristy no tonga eo amin' izay tsy ahazoany manompo an' Andriamanitra, nefa koa ahafahany mampandroso tsara ny asany eo amin' izao tontolo izao. Angamba mety hanapaka ny antom-pivelomany ny fankatoavana ny baikon' Andriamanitra iray fantatra mazava. Ataon' i Satana izay inoany amin' izany fa tsara kokoa ny mandresy lahatra ny feon' ny fieritreretana. Fa ny hany zavatra eto amin' ity izao tontolo izao ity. izay azontsika iankinana, dia ny tenin' Andriamanitra. «Katsaho aloha ny fanjakan Andriamanitra sy ny fahamarinany, dia hanampy ho anareo izany rehetra izany»8 Na dia eto amin' ity fiainana ity aza dia tsy mahasoa antsika ny miala amin' ny sitrapon' ny Raintsika izay any an-danitra. Rehefa mianatra ny amin' ny herin' ny Teniny isika, dia tsy hanaraka ny hevitra asosok' i Satana mba hahazoana hanin-kohanina na hamonjena ny aintsika. Ny hany fanontaniantsika dia ny hoe : Inona no baikon' Andriamanitra ? ary inona no teny fikasany ? Rehefa mahalala ireo isika dia

hankatò ny baikony ary hatoky ny teny fikasany. {IFM 111.2}

Eo amin' ny ady lehibe farany ifanaovany amin' i Satana, dia ho hitan' ireo izay mijoro ho an' Andriamanitra fa ho tapaka tarangana izay mety ho fanohanana avy amin' izao tontolo izao Satria mandà ny handika ny lalàn' Andriamanitra izy mba tsy hankatoavana ny fahefana araka izao tontolo izao, dia ho raràna tsy hividy na hivarotra. Amin' ny farany dia hisy lalàna hampamono azy.9 Omena ny mpankatò anefa ny teny fikasana manao hoe : «Izy no honina ao amin' ny avo. Ny fitoerana avony dia ny fiarovana any amin' ny harambato: izay hohaniny dia homena azy, ary ny rano hosotroiny tsy ho diso»10 Araka io teny fikasana io dia ho velona ny Zanak' Andriamanitra. Rehefa ho lao noho ny mosary ny tany, izy kosa homen-kanina. «Tsy mba ho menatra amin' ny andro fahoriana ireny ; ary amin' ny taona mosarena dia ho voky izy»11 Nobanjinin' ny mpaminany Habakoka io andrompahoriana io, ary manambara ny finoan' ny fiangonana ny teniny hoe : «Fa na dia tsy mamontsina aza ny aviavy, ary tsy misy voany ny voaloboka, na dia mahadiso fanantenana aza ny oliva, ary tsy mahavokatra hohanina ny saha, na dia vonoina aza ny ondry ao amin' ny vala, ary tsy misy omby ao am-pahitra, — nefa izaho dia mbola hifaly amin' i Jehovah ihany sy hiravoravo amin' Andriamanitry ny famonjena ahy»12 {IFM 112.1}

Ny amin' ireo lesona rehetra azo raisina avy amin' ny fakampanahy lehibe voalohany nihatra tamin' ny Tompontsika, dia tsy nisy lehibe noho ny fifehezana ny fitiavan-komana sy ny fironana ambany. Tamin' ny fotoan' andro rehetra, dia nahomby indrindra teo amin' ny fanimbana sy ny fampitotonganana ny taranak' olombelona ireo fakam-panahy izay miantefa amin' ny nofo. Amin' ny alalan' ny tsy fahalalana onony no iasan' i Satana handevonana ny hery ara-tsaina sy ara-pitondrantena, izay fanomezana sarobidy indrindra natolotr' Andriamanitra ny olona. Tamin' izany fomba izany no nahatonga ny olona tsy ho afaka hankafý ny zavatra misy vidiny mandrakizay. Amin' ny alalan' ny fampanaranam-po ny filan' ny nofo no iezahan' i Satana hikosoka ny soritry ny fitoviana amin' Andriamanitra tsy ho eo amin' ny fanahy. {IFM 112.2}

Hisy indray, ary vao mainka hitombo aza, ny fanaranam-po tafahoatra mahatonga ny olona ho farofy sy etry tamin' ny fiavian' i Kristy voalohany, alohan' ny fiaviany fanindroany. Ambaran' i Kristy fa ho tahaka ny tamin' ny andro talohan' ny safo-drano sy ho tahaka ny tao Sodoma sy Gomora ny toetr' izao tontolo izao. Hiharatsy hatrany ny eritreritra sy ny fisainan' ny fo rehetra. Eo an-katok' izany fotoana mahatahotra izany indrindra izao no ivelomantsika ankehitriny, ka tokony ho tonga ao am-pontsika ny lesona avy amin' ny fifadian-kanina nataon' ny Mpamonjy. Ny tebiteby tsy hay lazaina izay niaretan' i Kristy ihany no ahazoantsika mahafantatra ny haben' ny faharatsiana amin' ny fanaranam-po tsy voafehy. Ambaran' ny ohatra nomeny fa ny hany fanantenantsika ny amin' ny fiainana mandrakizay, dia ny fitondrantsika ny fitiavan-komana sy ny fironana ambany hilefitra eo amin' ny sitrapon' Andriamanitra. {IFM

113.1}

Raha amin' ny herin' ny tenantsika, dia tsy azontsika atao ny mandà ny fitakiana midedadeda ataon' ny nofontsika efa lavo Amin' ny alalany mantsy no hakan' i Satana fanahy antsika. Fantatr' i Kristy fa hanatona ny olona tsirairay avy i Satana. mba hanararaotra ny fahalemena nolovany sy hamandrika amin' ny alalan' ny hevitra diso asosony izay rehetra tsy mametraka ny fitokisany amin' Andriamanitra. Koa raha nandeha tamin' ny lalana izay tsy maintsy hodiavintsika ny Tompo, dia nanomana ny lalana hahazoantsika mandresy . Tsy sitrapony ny hametrahana antsika eo amin' ny toerana tsy ahazoantsika tombon-dahiny eo amin' ny ady amin' i Satana. Tsy tiany hatahotra sy ho kivy isika amin' ny fanafihana ataon' ilay menarana : «Matokia, hoy Izy : Izaho efa naharesy izao tontolo izao»13 {IFM 113.2}

Aoka hibanjina ny Mpamonjy ao amin' ny efitry ny fakampanahy izay eo ampitolomana amin' ny herin' ny fitiavan-komana. Banjino Izy eo amin' ny ady mihatra aman' aina teo amin' ny hazo fijaliana raha niloa-bava hoe : «Mangetaheta aho». Niaritra izay rehetra azontsika zakaina Izy. Antsika ny fandreseny. Niantehitra tamin' ny fahendrena sy ny herin' ny Kay any an-danitra Jesosy. Hoy Izy : «Fa Jehovah Tompo no hamonjy Ahy ka dia tsy resin-kenatra Aho.. . . ka fantatro fa tsy ho menatra Aho . . Indro. Jehovah Tompo no hamonjy ahy», hoy Izy amintsika raha nanondro ny ohatra nomen' ny tenany Izy : «Iza aminareo no matahotra an' i Jehovah ? . . . na iza na iza mandeha amin' ny maizina ka tsy manana fahazavana, aoka izy hatoky ny anaran' i Jehovah sy hiankina amin' ny Andriamaniny» 14 {IFM 113.3}

«Avy ny andrianan izao tontolo izao. nefa tsy manana na inona na inona ato amiko izy. hoy Jesosy»15 Tsy nisy na inona na inona izay nifanahaka tamin' ny lainga tsara lahatr' l Satana tao Aminy. Tsy nanaiky ny hanota Izy. Na dia tamin' ny eritreritra aza. dia tsy nilefitra tamin' ny fakam-panahy lzy. Mety ho toy izany koa amintsika. Niray tamin' ny maha-Andriamanitra ny maha-olombelona an' i Kristy. Vonona ho amin' ny ady lzy noho ny fitoeran' ny Fanahy Masina tao aminy. Ary tonga Izy mba hanaovany antsika ho mpiray amin' ny fomban' Andriamanitra. Raha mbola miray Aminy amin' ny alalan' ny finoana isika, dia tsy manan-kery amintsika ny fahotana. Mandray ny tanan' ny finoana ao amintsika Andriamanitra. ka tarihiny hamikitra mafy amin' ny maha-Andriamanitra an' i Kristy, mba hahatrarantsika ny fahatanterahan' ny toetra amampanahy. {IFM 114.1}

Ary ahoana no ahatanterahan' izany nasehon' i Kristy antsika izany. Inona no fomba nandreseny teo amin' ny ady nataony tamin' i Satana? - Tamin' ny alalan' ny tenin' Andriamanitra. Tamin' ny alalan' ny teny ihany no nahazoany nanohitra ny fakampanahy. «Voasoratra hoe». hoy Izy. Ary nomena antsika «ireo teny fikasana sady soa no lehibe indrindra, mba ho tonga mpiray amin' ny fomban' Andriamanitra amin' izany hianareo, rehefa afa-nandositra ny fahalotoana izay eo amin' izao tontolo izao noho ny

filana»16 Antsika ny teny fikasana rehetra ao amin' ny tenin' Andriamanitra. «Ny teny rehetra izay naloaky ny vavan' Andriamanitra» no tokony hivelomantsika. Rehefa mamely anao ny fakam-panahy. dia aza mijery ny toe-javatra mitranga na ny fahalemen' ny tenanao, fa ny herin' ny teny jerena. Anao ny heriny rehetra. «Ato am-poko no iraketako ny teninao. hoy ny mpanao Salamo, mba tsy hanotako aminao». «Ny tenin' ny molotrao no nitandremako tsy ho amin' ny làlan' ny mpanao an-keriny»17 {IFM 114.2}

## Toko 13—Ny fandresena

«Ary ny devoly nitondra Azy nankany amin' ny tanàna masina ka nampitoetra Azy teo an-tampon' ny tempoly. dia nanao taminy hoe : Raha Zanak' Andriamanitra Hianao. mianjerà any ambany any ; fa voasoratra hoe : Izy handidy ny anjeliny ny aminao ; ary eny an-tànany no hitondran' ireo Anao. fandrao ho tafintohina amin' ny vato ny tongotrao». {IFM 115.1}

Mihevitra izao i Satana fa eo amin' ny tany misy an' i Jesosy ihany no hifanoherany Aminy. Ilay fahavalo fetsy mihitsy no nitondra ny teny ilay naloaky ny vavan' Andriamanitra. Mbola miseho ho toy ny anjelin' ny mazava izy. ary habaribariny fa mahazatra azy ny Soratra Masina ka tsapany ny maha-zava-dehibe an' izay voasoratra. Raha nampiasa ny tenin' Andriamanitra teo Jesosy mba hanohanana ny finoany, dia nampiasain' ilay mpaka fanahy kosa izany izao hanohanana ny fiteny ataony. Milaza izy fa fisedrana fotsiny ny fahatokian' i Jesosy no ataony, ary izao izy dia manasoaso ny lijoroany tsy azo hozongozonina. Raha nampiseho ny fahatokiany an' Andriamanitra ny Mpamonjy. dia amporisihin' i Satana Izy hanome porofo mazava hafa ny amin' ny finoany.1 {IFM 115.2}

Nefa mialoha ny fakam-panahy indray ny tsy fitokisana nasosoka : «Raha ZanakAndriamanitra Hianao». Nalaina fanahy hamaly io «Rahaio Kristy ; nefa nifehy ny tenany tsy hanaiky fisalasalana na dia amin' ny fomba maivana indrindra aza Izy. Tsy hampidi-doza ny ainy Izy mba hanomezana porofo an' i Satana. {IFM 115.3}

Nihevitra ny hahazo tombon-dahiny annn' ny maha-olombelona an' i Kristy ilay mpaka fanahy, ka namporisihiny hieboebo foana. Azon' i Satana atao ny mitaona, fa tsy azony atao kosa ny manery. Hoy izy tamin' i Jesosy : «Mianjerà any ambany any» ; fantany mantsy fa tsy azony hazera Izy, satria hisalovana hanafaka Azy Andriamanitra. Tsy azon' i Satana terena hianjera koa Jesosy. Raha tsy Kristy no nanaiky ho resin' ny fakam-panahy dia tsy ho resy mihitsy Izy. Ny herin' ny tany sy ny helo rehetra dia tsy afaka hanery Azy akory hiala amin' ny sitrapon' ny Rainy. {IFM 116.1}

Tsy azon' ny mpaka fanahy atao na oviana na oviana ny manery antsika hanao ny ratsy. Tsy afaka mifehy ny saintsika izy raha tsy isika no manaiky ho tapahiny. Tsy maintsy manaiky ny sitrapo, tsy maintsy mamaha ny famikirany amin' i Kristy ny finoana vao afaka mampiasa ny heriny amintsika i Satana. Nefa toerana azony hamikirana avokoa ny faniriana feno fahotana rehetra izay hankamamiantsika. Izay rehetra mahadiso antsika ka tsy ahatanterahantsika ny tarigetran' Andriamanitra, dia varavarana mivoha ahazoana miditra hakany fanahy sy handringanany antsika. Ary ny fahadisoana na ny faharesena rehetra avy amintsika dia fotoana mety ho azy hanalany baraka an' i Kristy. {IFM 116.2}

Raha nolazain' i Satana ny teny fikasana hoe : «Izy handidy ny anjeliny ny aminao», dia navelany ny teny hoe : «mba hiaro Anao amin' izay làlan-kalehanao rehetra», izany hoe, eo amin' ny lalana rehetra nofidin' Andriamanitra. Nolavin' i Jesosy ny handeha ivelan' ny lalan' ny fankatoavana. Na dia nampiseho fahatokiana tanteraka ny Rainy aza Izy, dia tsy tiany raha ny tenany no toa hiseho hanery ny Rainy hisalovana hamonjy Azy amin' ny fahafatesana. Tsy tiany raha ny fanereny ny fitondran' Andriamanitra ho avy hamonjy Azy no hanaovany an-tsirambina ny fanomezana ohatry ny fahatokiana sy ny fileferana ho an' ny olona. {IFM 116.3}

Hoy ny nambaran' i Jesosy tamin' i Satana : «Voasoratra hoe koa : Aza maka fanahy an' i Jehovah Andriamanitrao». Ireo teny ireo dia nataon' i Mosesy tamin' ny zanak' Isiraely raha nangetaheta izy tany an-efitra ka nangataka ny anomezan' i Mosesy rano azy ary niloa-bava hoe : «Eto aminay va Jehovah sa tsia ?»2 Efa nanao zava-mahagaga ho azy ireo Andriamanitra; nisalasala ny Aminy anefa izy nony tojo zava-tsarotra, ka nangataka famantarana mazava fa eo aminy Izy. Noho ny tsy finoany dia nandramany nosedraina Izy. Koa izany koa no nampirisihin' i Satana ataon' i Kristy. Efa nanao vavolombelona Andriamanitra nanambara fa Zanany Jesosy ; ary ankehitriny, ny fangatahana porofo fa Zanak' Andriamanitra Izy, dia ho fisedrana ny tenin' Andriamanitra indray — ho fakana fanahy Azy. Ho marina koa izany ny amin' ny fangatahana izay efa tsy nampanantenain' Andriamanitra. Ho fampisehoana tsy fitokisana izany, ary ho tena fisedrana na fakana fanahy Azy marina. Tsy tokony hasehontsika amin' Andriamanitra ny fangatahantsika *ho fanaporofoana*raha hanatanteraka izany teniny izany Izy, fa satria mino isika fa ho tanterahany izany tsy hanaporofoana fa tia antsika Izy. fa satria efa tia antsika Izy. «Fa raha tsy amin' ny finoana, dia tsy misy azo atao hahazoana sitraka Aminy ; fa izay manatona an» Andriamanitra dia tsy maintsy mino fa misy lzy sady Mpamaly soa izay mazoto mitady Azy»3 {IFM 116.4}

Tsy misy ifandraisany amin' ny fieboeboana anefa ny finoana na dia kely aza. Izay olona manana finoana tena izy ihany no ho voaro amin' ny fieboeboana. Ny fieboeboana mantsy no ala-tahaka ataon' i Satana ny amin' ny finoana. Mitaky ny teny fikasan' Andriamanitra ny finoana. ka mamokatra fankatoavana. Mitaky teny fikasana koa ny fieboeboana, nefa mampiasa izany kosa izy, tahaka izay ataon' i Satana. mba hanalana tsiny ny tsy fankatoavandalàna. Tokony ho nitarika ireo ray aman-drenintsika voalohany hatoky ny fitiavan' Andriamanitra ny finoana, sy hankatò ny baikony. Nitarika azy handika ny lalàny kosa ny fieboeboana. ka niheverany fa hamonjy azy amin' ny vokatry ny fahotany ny fitiavany lehibe. Tsy finoana ny mitaky ny fankasitrahan' ny lanitra. nefa tsy mety hameno ny fepetra izay hanomezana famindrampo ny tena. Ny finoana tena izy dia miorina eo amin' ny teny fikasana sy aratSoratra Masina. {IFM 117.1}

Matetika rehefa tsy mahomby eo amin' ny famporisihana tsy hatoky i Satana, no mahavoa eo amin' ny fitarihana antsika hieboebo. Raha azony atao ny mametraka antsika

tsy amin' ny antony eo amin' ny lalan' ny fakam-panahy, dia fantany fa azy ny fandresena. Hiaro izay rehetra mandeha eo amin' ny lalan' ny fankatoavana Andriamanitra ; fa manao sahisahy mandeha eo amin' ny tailin' i Satana kosa ny miala amin' izany. Azo antoka fa ho lavo isika eo. Nibaiko antsika ny Mpamonjy hoe : «Miambena sy mivavaha, mba tsy idiranareo amin' ny fakam-panahy»4 LynayM12:31Ny fandinihana lalina sy ny fivavahana no tokony hiaro antsika tsy hirotoroto ho eo amin' ny lalana voarara mampidi-doza, ka amin' izany dia ho voavonjy ho afaka amin' ny faharesena maro isika. {IFM 117.2}

Tsy tokony ho kivy anefa isika raha mamely ny fakam-panahy. Matetika isika no misalasala raha ny Fanahin' Andriamanitra no nitarika antsika rehefa tojo zava-tsarotra. Nefa ny fitarihan' ny Fanahiny no nitondra an' i Jesosy tany an-efitra mba halain' i Satana fanahy. Rehefa misedra antsika Andriamanitra dia manana fikasana hanatanteraka izay hahasoa antsika Izy. Tsy nieboebo tamin' ny teny fikasan' Andriamanitra Jesosy ka ninia nisetra fakam-panahy raha tsy nobaikoina aminizany, ary tsy namoy fo koa Izy rehefa tonga taminy ny fakam-panahy. Tsy tokony ho kivy koa isika. «Mahatoky Andriamanitra ka tsy hamela anareo halaim-panahy mihoatra noho izay zakanareo; fa momba ny fakam-panahy dia hasiany lalana haliafahana koa mba hahazakanareo izany». Hoy Izy : «Manatera fanati-pisaorana ho an' Andriamanitra. ary efao amin' ny Avo Indrindra ny voadinao; antsoy Aho amin' ny andro fahoriana : dia hamonjy anao Aho. ka hanome voninahitra Ahy Hianao» 5 {IFM 118.1}

Nandresy Jesosy teo amin' ny takam-panahy faharoa. koa miseho amin' ny tena toetra amam-panahiny izao i Satana. Nefa tsy toa biby mahatahotra. mivaky kitro sy manana elatry ny ramanavy no isehoany. Anjely mahery izy, na dia lavo aza Ekeny fa izy no mpitarika ny fikomiana ary andriamanitr' ity tany ity. {IFM 118.2}

Nentini Satana teo amin' ny tendrombohitra avo Jesosy, dia nampandaloviny teo anatrehany. toy ny amin' ny sary indray mitopy maso. ny fanjakan' izao tontolo izao teo amin' ny voninahiny rehetra. Tarafin' ny tanamasoandro ireo tanàn-dehibe sy ireo tempoly . ireo lapa vita amin' ny vatosoa, ireo saha mahavokatra sy ireo tanimboaloboka mavesa-boa. Nafenina ny soritry ny ratsy. Ny mason' i Jesosy. izay tsy nahita afa-tsy zava-manjombona sy faharavana teo, dia mibanjina sehatra mahate ho tia tsy takatry ny saina sady feno fanambinana. Tamin' izay no re ny feon' ilay mpaka fanahy nanao hoe : «Homeko Anao izao fanapahana rehetra izao mbamin' ny voninahiny. fa efa natolotra ahy izany. ka izay tiako no homeko azy ; koa raha hiankohoka eto anatrehako Hianao. dia ho Anao avokoa izany rehetra izany !» {IFM 118.3}

Tsy mety ho tanteraka ny asa nanirahana an' i Kristy raha tsy amin' ny alalan' ny fijaliana ihany. Teo anoloany dia fiainampahoriana, feno zava-tsarotra sy ady, ary fahafatesana mahamenatra. Tsy maintsy mitondra ny fahotan' izao tontolo izao manontolo lzy. Tsy maintsy miaritra ny fisarahana arnin' ny fitiavan' ny Rainy lzy.

Ankehitriny dia manolotra an' i Jesosy ny fahefana nalainy tamim-pisandohana ilay mpaka fanahy. Mety ho afa-miala amin' ny ho avy mahatsiravina Kristy, amin' ny fanekeny ny fahefan' i Satana fara-tampony. Ny fanaovana izany anefa dia toy ny manaiky ho resy eo amin' ilay ady lehibe. Ny fitadiavany hanandra-tena ho ambonin' ny Zanak' Andriamanitra, no efa nanotan' i Satana tany an-danitra. Koa raha mahomby izy izao. dia handresy ny fikomiana. {IFM 118.4}

Raha nanambara tamin' i Kristy i Satana fa efa nomena azy izao fanapahana rehetra izao mbamin' ny voninahiny, ka izay tiany no omeny azy. dia ny marina tapany ihany no nambarany ary nataony izany hoenti-mamitaka. Ny fanapahan' i Satana dia izay nalainy ankeriny tamin' i Adama. nefa Adama dia mpitantana mpanampy ny Mpamorona. Tsy nahaleo tena izy teo amin' ny fanapahany. An' Andriamanitra ny tany. ary nankininy tamin' ny Zanany ny zavatra rehetra. Natao hanjaka eo ambanin' ny fanapahan' i Kristy Adama. Rehefa namadika Adama ka nametraka ny fahefany maha-mpanjaka azy teo ampelatanan' i Satana. dia mbola Kristy ihany no Mpanjaka araka ny marina. Toy izany no nilazan' ny Tompo tamin' i Nebokadnezara mpanjaka hoe : "Ny Avo Indrindra no manapaka amin' ny fanjakan' ny olona ;. . . ka manome izany ho an' izay tiany»6 Tsy afaka mampiasa ny fahefana nosandohany i Satana raha tsy avelan' Andriamanitra hanao izany. {IFM 119.1}

Rehefa nanolotra ny fanjakana sy ny voninahitr' izao tontolo izao an' i Kristy i Satana. ny fikasany dia ny hitaona Azy handà ny maha-tompon' izao tontolo izao Azy, ka eo anibany fanapahany vao afaka hanjaka. Fanapahana mitovy amin' izany no nantenain' ny Jiosy. Naniry ny fanjakan' ity izao tontolo izao ity izy. Raha nanaiky ny hanolotra azy fanjakana toy izany Kristy, dia noraisiny tamimpifaliana. Nitambesatra teto an-tany anefa ny ozon' ny fahotana sy ny fahoriana rehetra naterany. Ka izany no nilazan' i Kristy tamin' ilay mpaka fanahy hoe : "Mandehana hianao. ry Satana : fa voasoratra hoe : Jehovah Andriamanitrao no hiankohofanao. ary Izy irery ihany no hotompoinao». {IFM 119.2}

Ilay efa nikomy tany an-danitra no nanolotra ny fanjakan' ity izao tontolo izao ity tamin' i Kristy, mba ho takalon' ny fiankohofany amin' ireo foto-kevitry ny ratsy ; nefa tsy voataonan' ny ratsy Jesosy ; tonga hanangana fanjakam-pahamarinana Izy, ka tsy nialany izany fikasany izany. Io fakam-panahy io koa no entin' i Satana hanatonana ny olona, ary eto dia mahomby kokoa noho ny tamin' i Kristy izy. Atolony ho azy ny fanjakan' ity izao tontolo izao ity, raha manaiky ny fiandrianany izy. Mangataka ny hanaovany sorona ny fahamarinan-toetra izy, ny fanaovana zinona ny feon' ny fieritreretana, ny fampanaranam-po ny fitiavan-tena. Mibaiko azy Kristy hikatsaka ny fanjakan' Andriamanitra sy ny fahamarinany aloha, manatona azy kosa i Satana ka mibitsika hoe : «Na inona na inona marina mikasika ny fiainana mandrakizay, mba hahombiazana eto amin' ity izao tontolo izao ity. dia tsy maintsy manompo ahy ianao. ho

am-pelatanako ny fahasambaranao. Azoko atao ny manome anao harena, fahafinaretana, voninahitra sy fahasambarana. Araho ny torohevitro. Aza mety ho voatarika foana amin' izay toetra mahatoky na fandavantena miaingitraingitra foana izany. Hanokatra lalana eo anoloanao aho». Toy izany no nahavoafitaka vahoaka marobe. Manaiky ny hivelona hanompo ny tenany izy, dia afa-po i Satana. Taominy amin' ny fanantenana fanapahana araka izao tontolo izao izy, ary amin' izay dia azony ny fanapahana ny fanahy. Nefa izay tsy anjarany ny manolotra azy, no atolony, ka vetivety dia halaina an-keriny aminy. Ho setrin' izany dia alany aminy ny zo amin' ny lovan' ireo zanak' Andriamanitra. {IFM 119.3}

Nametraka fisalasalana ny maha Zanak' Andriamanitra an' i Jesosy i Satana. raha niresaka taminy. Voaroaka tsy nisy fombafomba izy ka efa porofo mazava tsy azony lavina izany. Hita taratra teo amin' ny maha-olombelona nijaly ny maha-Andriamanitra. Tsy nanan-kery hoenti-manohitra ny baiko i Satana. Nijihijihy noho ny fietrena sy ny fahavinirana izy, ka voatery niala teo anatrehan' ny Mpanavotra an' izao tontolo izao. Tanteraka tahaka ny fahalavoan' i Adama ny fandresen' i Kristy. {IFM 120.1}

Toy izany no mety hanoherantsika ny fakam-panahy ka hanerentsika an' i Satana hiala amintsika. Ny nahazoan' i Jesosy ny fandresena dia tamin' ny alalan' ny fanekena an' Andriamanitra sy ny finoana Azy, ka hoy lzy amintsika amin' ny alalan' ny apostoly hoe : «Maneke an' Andriamanitra hianareo ; ary manohera ny devoly, dia handositra anareo izy. Manatòna an' Andriamanitra, dia hanatona anareo Izy»7 Tsy afaka mamonjy ny tenantsika ho afaka amin' ny herin' ilay mpaka fanahy isika; efa naharesy ny taranak' olombelona izy. ary rehefa miezaka ny hijoro amin' ny herin' ny tenantsika isika, dia hanjary hazan' ny hafetseny ; fa «ny anaran' i Jehovah dia tilikambo mafy ; ny marina miezaka ho ao aminy ka voavonjy»8 Mangovitra sy mandositra i Satana eo anatrehan' ny fanahy malemy indrindra izay mahita fialofana ao amin' io anarana mahery io. {IFM 120.2}

Rehefa lasa ny fahavalo dia trotraka Jesosy ka lavo tamin' ny tany. hatsatra mova tsy ny maty ny endriny. Nanara-maso ny ady ireo anjelin' ny lanitra. ka nibanjina Ilay Komandy malalany izay nandalo tamin' ny fahoriana tsy hay lazaina, mba hanokatra lalana hahafahantsika. Efa niaritra fisedrana mafy noho izay iantsoana antsika Izy. Ny anjely tamin' izay no nirohotra nanompo ny Zanak» Andriamanitra izay toy ny efa ho faty. Natanjahany tamin' ny alalan' ny sakafo Izy ary nampahereziny tamin' ny alalan' ny hafatra milaza ny fitiavan' ny Rainy sy ny toky fa ny lanitra manontolo no miombona amin' ny fandresena azony. Rehefa nahazo hafanana sy aina indray Izy. dia nibosesika avy ao amin' ilay fony malalaka ny fangorahana ny olombelona. koa lasa lzy nanatanteraka ny asa efa natombony ; ary tsy hitsahatra Izy raha tsy resy ny fahavalo, sy voavotra ity taranak' olombelona lavo ity. {IFM 121.1}

Tsy mety ho tsapa mihitsy ny vidin' ny nanavotana antsika, raha tsy rehefa hijoro

miaraka amin' ny Mpanavotra eo anatrehan' ny seza fiandrianan' Andriamanitra ny voavotra. Amin' izay, rehefa mitosaka amin' ny tenantsika manontolo ireo voninahitry ny fonenantsika mandrakizay. ka ho tretrika isika. dia hotsaroantsika fa nilaozan' i Jesosy izany rehetra izany ho antsika, fa tsy hoe nilaozany fotsiny ny lapan' ny lanitra, fa nanao vy very Izy ka nanaiky ny faharesena sy ny fahaverezana mandrakizay. Amin' izay dia hatsipintsika eo an-tongony ny satroboninahitsika ary hasandratsika ny hira hoe : «Ny Zanak' ondry Izay novonoina. dia miendrika handray hery sy harena sy fahendrena sy faherezana sy haja sy voninahitra ary saotra»9 {IFM 121.2}

## Toko 14—Efa nahita ny Mesia izahay

Turnin' izay fotoana izay dia nitory sy nanao batisa tao Betabara teny an-dafin' i Jordana i Jaona mpanao batisa Tsy lavitra io toerana io no nampijanonan' Andriamanitra ny ranon' i Jordana mandra-piampitan' ny Isiraely. Akaikin' io no nandravan' ny tafiky toe-javatra ireny tamin' io fotoana io. ka nampangitakitaka sy nahaliana tokoa ny hafatra nentin» ilay mpanao batisa. Moa ve Ilay efa nanao asa mahagaga toy izany fahiny tsy hampiseho indray ny heriny hanafahana an» Isiraely ? Toy izany no fisainana nanetsika ny fon' ny vahoaka izay nitsangana isan» andro teo amoron' i Jordana. 1 {IFM 123.1}

Niasa lalina indrindra tamin' ny firenena ny fitoriana nataon' i Jaona. hany ka nisarika ny sain ireo manam-pahefana ara-pivavahana. Noho ny loza mananontanona avy amin' ny fikomiana amin' ny fanjakana dia mampiahiahy ny Romana avokoa izay fivorian' ny vahoaka rehetra. ary na inona na inona mitarika ho amin' ny fanaingana ny vahoaka dia nahatonga tahotra teo amin' ireo mpifehy jiosy. Efa tsy neken» i Jaona ny fahefan» ny synedriona tamin' izy tsy nitady ny fankasitrahan' izy ireo teo amin' ny asany : ary efa sainy nampangainy avokoa ny mpifehy sy ny vahoaka. ny Fariseo sy ny Sadoseo. Nefa mbola nazoto nanaraka azy ihany ny vahoaka. Toa nitombo hatrany ny fahalianan' ny olona amin' ny asany. Na dia tsy nifandray tamin' ny synedriona aza izy, dia noheverindri/.areo kosa, fa amin' ny maha-mpampianatra ny vahoaka azy, dia eo ambanin' ny fifehezany izy. {IFM 123.2}

Ny mambra tao amin' io antoko io dia voafidy tamin' ny mpisorona sy ireo mpifehy ary ny mpampianatry ny firenena. Araka ny fanao mahazatra dia ny mpisoronabe no filohany. Efa lehilahy be taona avokoa ny mambra tao na dia tsy antitra aza; lehilahy nanam-pahaizana, tsy havanana fotsiny momba ny fivavahana Jiosy sy ny tantarany, fa havanana koa teo amin' ny fahalalana ankapobeny. Tsy tokony hanan-kilema ara-nofo izy ireo ary tsy maintsy manambady sy raim-pianakaviana, mba hahatonga azy ho antra olona sy mendri-kaja kokoa noho ny hafa. Nifanila tamin' ny tempoly tany Jerosalema ny toeram-pivorian' izy ireo. Tamin' ny andron' ny fahaleovan-tenan' ny Jiosy dia ny Synedriona no fitsarana fara-tampony teo amin' ny firenena, koa sady nanana fahefana ara-panjakana izy no nanana fahefana ara-pivavahana. Na dia teo ambanin' ny fahefan' ny governora Romana aza izy tamin' izay fotoana izay, dia mbola nanan-kery lehibe niasa mangina teo amin' ny raharaham-panjakana sy teo amin' ny raharaham-pivavahana. {IFM 124.1}

Tsy tena afaka namotopototra ny amin' ny asan' i Jaona ny Synedriona. Nisy ireo nahatsiaro ny fanambarana natao tamin' i Zakaria tao amin' ny tempoly, sy ny faminaniana nataon' ny rain' ny zaza, izay nanondro azy io ho. mpialoha lalana ny Mesia. Tao anatin' ny korontana sy ny fiovana nisy nandritra ny telopolo taona dia efa saiky very tadidy tsy tsaroana intsony izany zavatra izany. Niverina ao an-tsaina izy izao

noho ny fahatairana vokatra avy amin' ny asa fanompoana nataon' i Jaona. {IFM 124.2}

Efa ela no tsy nananan' ny Isiraely mpaminany, efa ela no tsy nahitana maso fanavaozana tahaka izay miseho ankehitriny. Toa vaovao sy manaitra izany hoe fangatahana fiaikena fahotana. Maro tamin' ireo mpitarika no tsy nitranga hihaino ny antson' i Jaona sy ny fiampangany, sao mety hampibaribary ny fiainany miafina izany. Nefa dia fanambarana mivantana ny amin' ny fiavian' ny Mesia ny teny notoriany. Fantatra tsara fa efa nadiva ho tapitra ny fitopolo herinandro voalazan' ny faminanian' i Daniela izay tapitra tamin' ny fahatongavan' ny Mesia; ary naniry mafy ny rehetra handray anjara amin' io fotoam-boninahitra izay nantenain' ny firenena manontolo io. Fatratra ny hafanam-pon' ny vahoaka, hany ka efa voatery ny Synedriona, na hanaiky, na hitsipaka ny asan' i Jaona. Efa nihena ny fahefan' izy ireo teo amin' ny vahoaka. Nanjary fanontaniana mavesa-danja izao ny ahitany fomba itazonany ny toerany. Nanantena hahita fehin-kevitra momba izany izy, ka nandefa mpisorona sy levita ho solontenany hiresaka amin' ilay mpampianatra vaovao. {IFM 124.3}

Nisy vahoaka betsaka nitangorona nihaino ny tenin' i Jaona, rehefa nanatona ireo iraka ireo. Nampiseho ny fahefany teo amin' ny fihetsiny mba hanaitra ny vahoaka sy hahatonga ilay mpaminany hanaja azy, ireto raby be avona raha nanatona. Nisava nanome lalana handalovany ny vahoaka marobe feno fanajana, raha tsy natahotra aza. Nijoro teo anoloan' ilay mpaminanin' ny tany efitra ireto olona ambony, manao ny fitafiany sarobidy, mirehareha ny amin' ny laharana misy azy sy ny fahefany : {IFM 125.1}

— *«Iza moa hianao ?» hoy ny fanontaniany*
*Fantatr' i Jaona ny tao an-tsainy ka hoy ny navaliny hoe :*
— *«Tsy izaho no Kristy».*
— *«Ahoana ary ? Elia va hianao ?»*
— *«Tsy izy aho».*
— *«Ilay Mpaminany va hianao ?»*
— *«Tsia». {IFM 125.2}*

— «Iza ary hianao? mba hitondranay valiny ho any amin' izay naniraka anay. Lazainao ho iza moa ny tenanao ?» {IFM 125.3}

—Izaho dia feon' ny miantso mafy any an-efitra hoe : Ataovy mahitsy ny làlan' i Jehovah araka izay nolazain' Isaia mpaminany. {IFM 125.4}

Ny tenin' ny Soratra Masina izay noraisin' i Jaona dia ilay faminaniana kanto nambaran' lsaia hoe : «Ampionòny, ampionòny ny oloko, hoy Andriamanitrareo; mitoria teny soa mahafaly amin' i Jerosalema, ka lazao aminy fa tapitra ny fe-taonam-panompoany, sady voavela ny helony . . . Injany ! misy feon' ny miantso hoe : Manamboara làlana any an-efitra ho an' i Jehovah, manaova lalambe any an-tany foana

ho an' Andriamanitsika. Aoka hasandratra ny lohasaha rehetra. Aoka haetry ny tendrombohitra sy ny havoana rehetra ; aoka ny be havoana ho tonga lembalemba, ary ny tany saro-dàlana ho tonga lemaka, dia hiseho ny voninahitr' i Jehovah, ary ny nofo rehetra hiara-mahita izany»2 {IFM 125.5}

Tamin' ny andro fahiny, rehefa nivahiny ho any amin' ny faritry ny fanjakany tsy faleha firy ny mpanjaka, dia nisy antokon' olona nalefa mialoha ny kalesim-panjakana hampitovy tantana ny faritra avo sy hanototra ny lavaka mba hahazoan' ny mpanjaka mandeha amim-pahatokiana ka tsy hisy fanakantsakanana. Ampiasain' ny mpaminany hoenti-manazava ny asan' ny filazantsara io fomba fanao io. «Aoka hasandratra ny lohasaha rehetra, aoka haetry ny tendrombohitra sy ny havoana rehetra». Rehefa ny Fanahin' Andriamanitra izay manana hery mampifoha mampitolagaga no manetsika ny fanahy, dia mietry ny avonavon' ny olombelona. Toa tsy misy vidiny ny fahafinaretana sy ny toerana ary ny fahefan' izao tontolo izao «Rava ny fisainana sy ny zavatra avo rehetra izay atsangana hanohitra ny fahalalana an' Andriamanitra»3 Voababo ny hevitra rehetra «hanaiky an' i Kristy». Amin' izay ny fanetren-tena sy ny fitiavana manao sorona ny tena. izay tsy misy vidiny tokoa eo amin' ny olona. no hany asandratra ho sarobidy. Izany no asan' ny filazantsara. ary anisan' izany ny hafatra nentin' i Jaona. {IFM 125.6}

Nanohy ny fanontaniany ihany ny raby : «Nahoana ary hianao no manao batisa, raha tsy hianao no Kristy, na Hlia, na Ilay Mpaminany ? Ny teny hoe «ilay mpaminany» dia manondro an' i Mosesy. Efa nirona mantsy ny sain' ny Jiosy hino fa hitsangana amin' ny maty i Mosesy ary hakarina ho any an-danitra. Tsy fantany fa efa natsangana izy. Rehefa nanomboka ny asany i Jaona mpanao batisa, dia betsaka no nihevitra fa mety ho Mosesy mpaminany nitsangana tamin' ny maty izy, satria toa nanana fahalalana lalina mikasika ireo faminaniana sy ny tantaran' ny Isiraely izy. {IFM 126.1}

Ninoana koa fa alohan' ny iavian' ny Mesia, dia hiseho vatana Elia. Io fanantenana io no nandavan' i Jaona tsy atao hoe Elia : nefa nirakitra hevi-dalina noho izany ny dikan-teniny. Hoy Jesosy taty aoriana raha niteny ny amin' i Jaona Izy : «Ary raha mety mandray Ahy hianareo. dia izy no ilay Elia izay ho avy»4 Tonga tamin' ny fanahy sy ny herin' Elia Jaona. hanao asa tahaka izay nataon' i Elia. Raha nandray azy ny Jiosy. dia ho tanteraka ho azy izany. Tsy noraisin' izy ireo anefa ny hafatra nentiny. Tsy Elia ho azy ireo izy. Tsy azony tanterahina ho an' ireo ny iraka nahatongavany notanterahina. {IFM 126.2}

Tamin' ireo izay nivory tao Jordana nanatrika ny batisan' i Jesosy. dia vitsy tamin' izy ireo ihany no nahita mazava ny famantarana nomena tamin' izay. Nandritra ireo volana nialoha ny asa fanompoana nataon' i Jaona Mpanao batisa, dia maro no nandà tsy hihaino ny antso ho amin' ny fibebahana. Ary izany no nanamafy ny fony sy nanamaizina ny sainy. Raha nitondra fanambarana an' i Jesosy teo amin' ny batisany ny lanitra, dia tsy mba hitan' izy ireo izany. Ny maso izay tsy nitodika na oviana na oviana

hijery amin' ny finoana Ilay tsy hita dia tsy nahita ny fanambarana ny voninahitr' Andriamanitra ; ny sofina izay tsy nihaino na oviana na oviana ny feony, dia tsy nandre ny tenin' ny vavolombelona. Toy izany koa no miseho ankehitriny. Matetika no miseho mazava eo amin' ny fivoriambe ny fanatrehan' i Kristy sy ireo anjely manao asa fanompoana, nefa maro no tsy mahalala izany. Tsy mahita na inona na inona tsy mahazatra izy. Miseho amin' ny olona sasantsasany anefa ny fanatrehan' ny Mpamonjy. Mamelona ny fony ny fiadanana sy ny fifaliana. Mahazo fampiononana sy hery ary fitahiana izy. {IFM 126.3}

Nanontany an' i Jaona ireo solontena avy any Jerosalema hoe : «Nahoana hianao no manao batisa ?» ary niandry valiny izy. Tsy tapitapitr' izay, raha nitopy ankoatry ny vahoaka ny fijeriny dia nihiratra ny masony, namirapiratra ny tavany. nentanin' ny fihetseham-po lalina ny tenany manontolo. Nahinjiny ny tanany ka hoy ny antso mafy nataony : «Izaho manao batisa amin' ny rano, fa eto aminareo misy Anankiray Izay tsy fantatrareo, dia Ilay avy ao aoriako, ary tsy miendrika hamaha ny fehin-kapany aza aho»5 {IFM 127.1}

Nazava sady tsy nisy nampisalasala ny hafatra hoentina miverina any amin' ny Synedriona. Tsy azo nampiharina afa-tsy amin' Ilay nampanantenaina hatramin' ny ela ny tenin' i Jaona. Teo amin' izy ireo ny Mesia ! Gaga ny mpisorona sy ny mpifehy nijery nanodidina azy nanantena hahita Ilay nolazain' i Jaona. Nefa tsy nisy nampiavaka Azy tao anatin' ny vahoaka. {IFM 127.2}

Tamin' ny batisan' i Jesosy, raha nanondro Azy amin' ny nahaZanak' ondrin' Andriamanitra Azy i Jaona, dia nisy fahazavana vaovao izay nitosaka teo amin' ny asan' ny Mesia. Notarihina teo amin' ny tenin' Isaia ny sain' ny mpaminany dia ilay manao hoe : «Tahaka ny Zanak' ondry entina hovonoina»6. Nandritra ireo herinandro manaraka izany, dia nahaliana an' i Jaona indray ny nandinika ireo faminaniana sy ny fampianarana momba ny fanompoam-pivavahana fanatitra. Tsy hitany mazava ireo dingana roa teo amin' ny asan' i Kristy — amin' ny maha-sorona mijaly Azy sy ny maha-mpanjaka mandresy Azy — nefa hitany kosa fa nanana heviny lalina izay tsy azon' ny mpisorona na ny vahoaka ny fiaviany. Rehefa nibanjitia an' i Jesosy teo amin' ny vahoaka izy, raha avy tany an-efitra, dia nanantena sy niandry i Jaona ny hanomezany famantarana ny amin' ny tena toetrany. Efa saiky tsy andriny ny handre ny Mpamonjy hanambara ny asa nanirahana Azy ; tsy nisy teny nataony na famantarana nomeny anefa. Tsy namaly ny fanambarana nataon' i Jaona momba Azy Jesosy, fa nifangaro tamin' ireo mpianatr' i Jaona Izy, ka tsy nampiseho porofo miseho ivelany ny amin' ny asany manokana, ary tsy nanao na inona na inona izay hanamarihan' ny olona Azy. {IFM 127.3}

Ny ampitson' iny dia nahita an' i Jesosy nanatona i Jaona. Nitoetra teo amin' ilay mpaminany ny fahazavan' ny voninahitr' Andriamanitra, naninjitra ny tanany izy ka nanambara hoe : «Indro ny Zanak' ondrin' Andriamanitra, izay manaisotra ny fahotan'

izao tontolo izao ! Izy no Ilay nolazaiko hoe : Misy lehilahy avy ao aoriako izay efa tonga eo alohako, satria talohako Izy ;. . . ary izaho tsy nahalala Azy, fa mba haseho amin' Isiraely Izy, izany no niaviako manao batisa amin' ny rano . . . Izaho nahita ny Fanahy nidina avy any an-danitra tahaka ny voromailala ka nitoetra teo amboniny. Ary izaho tsy nahalala Azy ; fa Izay naniraka ahy nanao batisa amin' ny rano no nilaza tamiko hoe : Izay ho hitanao idinan' ny Fanahy sy itoerany dia Izy no Mpanao batisa amin' ny Fanahy Masina. Ary nahita aho, ka dia nanambara fa Izy no Zanak' Andriamanitra»7 {IFM 128.1}

Io ve no Kristy ? Feno fanajana sady talanjona ny vahoaka nibanjina ilay vao nambara fa Zanak' Andriamanitra. Nanetsika lalina azy ireo ny tenin' i Jaona. Efa niteny taminy tamin' ny anaran' Andriamanitra izy. Efa nihaino an' i Jaona isan' andro isan' andro raha niampanga ny fahotan' izy ireo, ary nihamafy isan' andro ny faharesen-dahatra fa iraka nalefan' ny lanitra izy. Nefa iza indray ity anankiray lehibe noho i Jaona mpanao batisa? Raha ny fitafiany sy ny fihetsiny dia tsy misy na inona na inona ahafantarana ny laharana misy azy. Toa olon-tsotra ihany Izy, akanjo tsotsotra fanaon' ny mahantra no notafiany. {IFM 128.2}

Ny sasantsasany tamin' ireo vahoaka ireo dia nahita ny voninahitr' Andriamanitra teo amin' ny batisan' i Kristy ary nandre ny feon' Andriamanitra. Hatramin' izay fotoana izay anefa dia niova be ny endriky ny Mpamonjy. Tamin' ny batisany dia nahita ny endriny voaova teo amin' ny fahazavan' ny lanitra izy ireo; ankehitriny Izy, hatsatra, trotraka sady nahia, ka i Jaona Mpaminany ihany no nahafantatra Azy. {IFM 128.3}

Rehefa nijery Azy akaiky anefa ny vahoaka dia hitany teo amin' ny tavany ny fangorahan' Andriamanitra niray tamin' ny fahalalana izay atao. Ny fitopin' ny masony sy ny soritr' endriny, dia samy nahitana fanetren-tena lalina nanambara fitiavana tsy hay lazaina. Toa nisy rivo-piainan' ny hery ara-panahy miasa manodidina Azy. Nalefaka ny fihetsiny sady nandefitra ka nahatsapana hery miafina nefa tsy azo nafenina. Moa ve ilehity Ilay nandrasan' Isiraely hatry ny ela ? {IFM 129.1}

Tao amin' ny fahantrana sy ny fanetren-tena no nahatongavan' i Jesosy mba ho ohatra ho antsika sy ho Mpanavotra antsika koa. Raha niseho tamin' ny rentirentin' ny maha-mpanjaka Azy Izy, dia ho nataony ahoana no fampianatra fanetren-tena ? ho nataony ahoana no fanehoany ireo fahamarinana hentitra tao amin' ny toriteny tao an-tendrombohitra ? Mba ho aiza ny fanantenan' ireo olon-tsotra raha tonga teto an-tany Izy ka velona tahaka ny mpanjaka teo anivon' ny olona ? Tsy araka izay niheveran' ny besinimaro azy Ilay notondroin' i Jaona. Noho izany dia maro no diso fanantenana sy very hevitra izaitsizy. {IFM 129.2}

Fampanantenana ny fampodiana haingana ny fanjakan' ny Isiraely no nandrasan' ny mpisorona sy ny raby tamin' i Jesosy, nefa tsy nisy. Mpanjaka toy izany mantsy no

nandrasany sy noheveriny ; raha mpanjaka toy izany dia vonona ny handray Azy izy. Fa tsy ekeny kosa Ilay nitady hanangana fanjakan' ny fahamarinana sy fiadanana ao ampony. {IFM 129.3}

Ny andro manaraka, raha nisy mpianatra roa nijoro teo akaikiny, dia nahita an' i Jesosy tao anatin' ny vahoaka indray i Jaona. Namirapiratry ny voninahitr' Ilay tsy hita indray ny tavan' ny mpaminany, raha niantso mafy izy hoe : «Indro ny Zanak' ondrin' Andriamanitra !» Nampangitakitaka ny fon' ny mpianatra ireo teny ireo na tsy azony tanteraka aza. Inona no dikan' ny anarana izay nomen' i Jaona hoe, — «Zanak' ondrin' Andriamanitra ?» Jaona dia tsy nanazava izany mihitsy. {IFM 129.4}

Nilaozany i Jaona ka lasa izy ireo nitady an' i Jesosy. Andrea rahalahin' i Simona ny iray tamin' ireo; ny faharoa dia i Jaona evanjalista. Ireo no tonga mpianatr' i Kristy voalohany. Voatosiky ny hery tsy hay tohaina izy ireo ka nanaraka an' i Jesosy — maniry dia maniry ny hiteny Aminy izy nefa natahotra ka tsy niloa-bava, fa very hevitra amin' ny fieritreretana ny hoe : '«Ity ve no tena Mesia ?» {IFM 129.5}

Fantatr i Jesosy fa nanaraka Azy ireo mpianatra ireo. Ireo no voaloham-bokatry ny asany, ary nisy fifaliana tao ampon' Ilay Andriamanitra Mpampianatra rehefa namaly ny antson' ny fahasoavany ireo fanahy ireo. Nitodika Izy anefa, ka nanontany fotsiny hoe : «Iza no tadiavinareo ?» Tiany ny hanome azy fahafahana malalaka na hiverin-dalana na haneho ny faniriany. {IFM 130.1}

Fikasana tokana ihany no tsapan' izy ireo. Fanatrehana tokana ihany no nameno ny sain' izy ireo. Hoy izy niloa-bava hoe : «Raby, aiza Hianao no mitoetra ?» Tsy ampy ahazoany izay niriny mafy ny resaka fohy eny amoron-dalana. Naniry ny ho irery miaraka amin' i Jesosy izy, hipetraka eo an-tongony, ary hihaino ny teniny. {IFM 130.2}

«Hoy Izy taminy : Avia, fa ho hitanareo. Ka dia nandeha izy ka nahita izay nitoerany ary nitoetra teo aminy tamin' izany andro izany». {IFM 130.3}

Raha nanana ny toe-tsaina tsy mino nisy teo amin' ny mpisorona sy ny mpanapaka i Jaona sy Andrea, dia tsy ho hita nianatra teo an-tongotr' i Jesosy izy. Ho tonga hanao fanakianana sy hitsara ny teniny fotsiny izy ireo. Maro, noho izany antony izany, no manakatom-baravarana ka tsy manararaotra ny fotoana mety sy tsara indrindra. Tsy toy izany anefa no nataon' ireo mpianatra voalohany. Efa namaly ny antson' ny Fanahy Masina izy teo amin' ny fitoriana nataon' i Jaona Mpanao batisa. Fantany ankehitriny ny feon' Ilay Mpampianatra avy any an-danitra. Feno aina vaovao sy fahamarinana ary hatsarana ny tenin' i Jesosy nataony tamin' izy ireo. Nisy fanazavana avy tamin' Andriamanitra nitosaka teo amin' ny fampianarana Soratra Masina ao amin' ny Testamenta Taloha. Niseho teo amin' ny fahazavana vaovao ireo lafin-kevitra maro amin' ny fahamarinana. {IFM 130.4}

Ny alahelo am-panahy sy ny finoana ary ny fitiavana no mahatonga ny fanahy handray ny fahendren' ny lanitra. Ny finoana miasa amin' ny fitiavana no fanalahidin' ny fahalalana, ary izay rehetra tia dia «mahalala an' Andriamanitra»8 {IFM 130.5}

Lehilahy mazoto sady be fitiavana ary mafana fo ilay mpianatra atao hoe Jaona. Efa nanomboka ny nahafantatra ny voninahitr' i Kristy izy, — tsy ny rendrarendra sy ny fahefana araka izao tontolo izao izay efa nampianarina azy mba ho hantenainy, fa «ilay voninahitra miendrika ho an' ny Lahitokana avy amin' ny Ray», sady «feno fahasoavana sy fahamarinana»9 Variana dia variana nandinika lalina io laha-kevitra mahagaga io izy. {IFM 130.6}

Nitady ny hizara ny fifaliana izay nameno ny fony Andrea. Lasa nitady ny rahalahin' i Simona izy, ka niantso mafy hoe : «Efa nahita ny Mesia izahay». Tsy niandry teny fanindroany i Simona. Efa nandre koa ny toritenin' i Jaona Mpanao batisa izy ary niolomay ho eo amin' ny Mpamonjy. Nifantoka taminy ny fijerin' i Kristy, ka namaky ny toetra amam-panahiny sy ny tantaran' ny fiainany. Ny toetrany mafana fo tampoka, ny fony be fitiavana sy mangoraka, ny hambom-pony sy ny fahatokian-tenany, ny tantaran' ny fahalavoany, ny fibebahany, ny asa mafy nataony ary izy maty maritiora, — novakian' i Kristy avokoa izany rehetra izany, ka hoy Izy hoe : «Hianao no Simona, zanak' i Jaona; hianao hatao hoe Kefasy izay atao hoe, raha adika, vato». {IFM 131.1}

«Nony ampitso dia te-hiala ho any Galilia Jesosy, ary nahita an' i Filipo Izy ka nanao taminy hoe : Manaraha Ahy». Nankatò ny baiko i Filipo, ary avy hatrany koa dia nanjary mpiasa ho an' i Kristy izy. {IFM 131.2}

Niantso an' i Natanaela i Filipo. Teo anivon' ny vahoaka izy io raha nanondro an' i Jesosy ho Zanak' ondrin' Andriamanitra i Jaona Mpanao batisa. Diso fanantenana i Natanaela raha nijery an' i Jesosy. Ity olona ity ve, izay mitondra ny mariky ny asa mafy sy ny fahantrana, dia mety ho Mesia»? Tsy tapa-kevitra ny handà an' i Jesosy anefa i Natanaela ; efa nambabo ny fony mantsy ny hafatra nentin' i Jaona. {IFM 131.3}

Tamin' ny fotoana niantsoan' i Filipo an' i Natanaela, dia nihataka teo amin' ny ala-kely mangina izy mba handinika lalina momba ny filazana nataon' i Jaona, sy ireo faminaniana mikasika ny Mesia. Nivavaka izy fa raha ilay nolazain' i Jaona no ilay mpanafaka dia aoka hampahafantarina azy izany, ary nitoetra teo aminy ny Fanahy Masina, nanome toky azy fa efa namangy ny vahoakany Andriamanitra ary nanandratra ny tandroky ny famonjena ho azy. Fantatr' i Filipo fa teo am-pandinihana ny faminaniana ny sakaizany, ary raha nivavaka teo ambanin' ny aviavy i Natanaela, dia hitan' i Filipo ny toerana nitokanany. Matetika no niara-nivavaka teo amin' io toerana mangina io izy, notakonan' ny ravinkazo toy izany. {IFM 131.4}

Toa valim-bavaka mivantana no nandraisan' i Natanaela ilay hafatra manao hoe.: «Efa hitanay Ilay nosoratan' i Mosesy tao amin' ny lalàna sy nosoratan' ny mpaminany.

Mbola nangozohozo anefa ny finoan' i Filipo. Tamim-pisalasalana no nanampiany hoe : «dia Jesosy, zanak' i Josefa, avy any Nazareta». Nirongatra tao am-pon' i Natanaela indray ny hevitra efa nibahana tao. Niloa-bava izy hoe : «Moa mba misy zava-tsoa va avy any Nazareta ?» {IFM 132.1}

Tsy niady hevitra i Filipo. Hoy izy : Andeha hizaha. Jesosy nahita an' i Natanaela avy manatona Azy, dia nilaza azy hoe : «lndro ny tena Isiraelita tsy misy fitaka». Gaga i Natanaela ka niloabava hoe : «Ahoana no ahafantaranao ahy ? Dia namaly Jesosy ka nanao taminy hoe : Fony tsy mbola niantso anao Filipo, dia hitako teo ambanin' ny aviavy hianao». {IFM 132.2}

Ampy izay. Ilay Fanahin' Andriamanitra izay efa vavolombelona tao amin' ny vavaka mangina nataony teo ambanin' ny aviavy, no mbola niteny taminy indray izao tamin' ny alalan' ny tenin' i Jesosy. Na dia nisalasala aza izy, ary na dia azo lazaina fa nilefitra tamin' ny hevitra nibahana tao an-tsainy, dia nanatona an' i Kristy i Natanaela, ary nanam-paniriana marina hahalala ny fahamarinana, koa ankehitriny dia tanteraka ny faniriany. Nihoatra noho ny an' ilay nitondra azy teo amin' i Jesosy ny finoany. Namaly izy ka nanao hoe : «Raby ô, Hianao no Zanak' Andriamanitra, Hianao no Mpanjakan' Isiraely». {IFM 132.3}

Raha nitoky tamin' ny raby hitarika azy i Natanaela, dia tsy ho nahita an' i Jesosy na oviana na oviana izy. Izy tenany no nahita sy nitsara ary izany no nahatonga azy ho mpianatra. Toy izany koa ny amin' ny maro ankehitriny izay voatanan' ny hevitra mibahana ao an-tsainy tsy ho amin' ny tsara. Samihafa manao ahoana ny ho vokatra, raha «nandeha nizaha» izy. {IFM 132.4}

Raha ny fahefan' olombelona no itokisany hitari-dalana azy, dia tsy hisy ho tonga eo amin' ny fahalalana ny fahamarinana mitondra ho eo amin' ny famonjena. Tahaka an' i Natanaela, dia ilaintsika ny mandinika ny tenin' Andriamanitra ho an' ny tenantsika, ka hivavaka mba hohazavain' ny Fanahy Masina. Ilay Nahita an' i Natanaela teo ambanin' ny aviavy, dia hahita antsika eo amin' ny toerana mangina fivavahana. Akaikin' ireo izay mitady amimpanetren-tena ny fitarihan' Andriamanitra ny anjely avy amin' izao tontolo izaon' ny fahazavana. {IFM 132.5}

Tamin' ny niantsoana an' i Jaona, Andrea, Simona ary Filipo sy Natanaela no nanombohana ny fanorenana ny fiangonana kristiana. Nandefa ny roa tamin' ny mpianany ho an' i Kristy i Jaona. Ny iray amin' izy ireo indray, dia Andrea, nahita ny rahalahiny ka niantso azy ho eo amin' ny Mpamonjy. Nantsoina indray i Filipo, ary izy nandeha niantso an' i Natanaela. Tokony hampianatra antsika ny maha-zava-dehibe ny ezaka ataon' ny tsirairay ireo ohatra ireo, eo amin' ny fanaovana antso mivantana amin' ny havana amantsakaiza sy ny mpifanolobodirindrina amintsika. Misy ireo izay milaza fa nifandray tamin' i Kristy nandritra ny fiainany manontolo, nefa tsy mbola nanao ezaka

manokana mihitsy hitondra na dia fanahy iray aza ho eo amin' ny Mpamonjy. Navelany ho andraikitry ny mpitandrina ny asa rehetra. Mety hanana ny toetra ilaina ho amin' ny niantsoana azy izany mpitandrina izany, nefa tsy vitan' izy irery izay navelan' Andriamanitra ho an' ny mambran' ny fiangonana. {IFM 133.1}

Betsaka no mila ny fanompoam-pitiavan' ny fon' ny kristiana. Betsaka no lasan' ny fahafatesana nefa nety ho voavonjy, raha nanao ezaka manokana ho azy, ireo lehilahy sy vehivavy olon-tsotra mpifanolobodirindrina taminy. Betsaka no miandry ny ho resahina manokana. Ao amin' ny fianakaviantsika mihitsy, ao amin' ny mpifanolobodirindrina amintsika, ao amin' ny tanàna misy antsika, dia misy asa tokony ataontsika amin' ny maha-irak' i Kristy antsika. Raha tena kristiana isika, dia ho fifaliana ho antsika io asa io. Raha vantany vao voaova fo ny olona iray, dia mitsiry ao aminy ny faniriana hampahafantatra amin' ny hafa ilay sakaiza sarobidy hitany tao amin' i Jesosy. Tsy azony kobonina ao am-pony ny fahamarinana mahavonjy sy manamasina. {IFM 133.2}

Izay rehetra manokan-tena ho an' Andriamanitra dia ho fantsona hitondra ny fahazavana. Ataon' Andriamanitra fiasana hitondra ny harem-pahasoavany amin' ny hafa izy. Toy izao ny teny fikasany : «Ary izy sy ny manodidina ny havoanako dia hataoko fitahiana; ary hampilatsaka ranonorana amin' ny fotoany aho, dia ranonorampitahiana mivatravatra»10 {IFM 133.3}

Hoy i Filipo tamin' i Natanaela : «Andeha hizaha». Tsy nangataka azy hanaiky fanambaran' olon-kafa izy, fa izy mihitsy no hijery an' i Kristy. Ankehitriny dia efa niakatra ho any an-danitra io Jesosy io, ny mpianany no solontenany eo amin' ny olona, ary ny anankiray amin' ny fomba mahomby indrindra amin' ny fahazoana fanahy ho Azy dia ny fanehoana ny toetra amam-panahiny ho ohatra hita eo amin' ny fiainantsika andavanandro. Tsy miankina firy amin' izay lazaintsika, fa amin' izay toetsika ny hery miasa mangina avy amintsika eo amin' ny hafa. Mety hanohitra sy hiantsy ny fandaharana ataontsika ny olona, mety mandà ny antsontsika izy ; fa ny fiainana feno fitiavana, tsy mihevitra ny tenany, dia fonjan-kevitra izay tsy azo toherina. Hery eo amin' izao tontolo izao ny fiainana mijoro tsara ary hita ny mampiavaka an' izany eo amin' ny fahalemem-panahin' i Kristy. {IFM 133.4}

Ny fampianaran' i Kristy dia fanehoana ny faharesen-dahatra sy ny fanandramana miasa ao anaty, ary izay nianatra taminy dia nanjary mpampianatra araka ny baikon' Andriamanitra. Ny tenin' Andriamanitra ambaran' izay efa nohamasininy, dia manankery mitondra aina izay mahatonga ny mpihaino ho voasintony ka mampiaiky azy ireo fa tena zava-misy marina izany. Rehefa misy mandray ny fahamarinana ao amin' ny fitiavana, dia hasehony mazava amin' ny fihetsiny maharesy lahatra sy ny filanton' ny feony izany. Mampahafantatra izay efa ren' ny tenany, hitany sy noraisiny tanana avy amin' ny tenin' ny fiainana izy, mba hahazoan' ny hafa miara-dia aminy amin' ny alalan' ny fahalalana an' i Kristy. Ny vavolombelona ataony avy amin' ny molotra nodiovin' ny vain' afo

mirehitra avy amin' ny alitara, dia fahamarinana ho an' ny fo mandray izany, ka miasa fanamasinana eo amin' ny toetra amam-panahy. {IFM 134.1}

Koa izay miezaka ny hanome fahazavana ny hafa, dia hahazo fitahiana koa ny tenany. «Izay manisy soa olona hohatavezina; ary izay mandena dia mba holemana kosa»11 Azon' Andriamanitra atao ny manatanteraka ny zava-kendreny amin' ny famonjena ny mpanota na tsy manampy aza isika; nefa mba hahazoantsika hampitombo toetra amam-panahy tahaka an' i Kristy, dia tsy maintsy mandray anjara amin' ny asany isika. Mba hahazoana miditra ao amin' ny fifaliany, — dia ny fifaliana mahita fanahy voavotra noho ny sorona natao, — dia tsy maintsy mandray anjara amin' ny asany isika ho fanavotana azy ireo. {IFM 134.2}

Tahaka ny feon-java-maneno tao an-tsofin' i Jesosy ny fanambaran' i Natanaela voalohany ny finoany izay feno dia feno sady tamin' ny hafanam-po sy ny fahadiovam-po. Ary namaly Izy ka nanao taminy hoe : «Moa ny nilazako taminao va fa hitako teo ambanin' ny aviavy hianao no inoanao ? Hahita zavatra lehibe noho izany hianao !» Nibanjina ny ho avy tamim-pifaliana ny Mpamonjy dia ny amin' ny asany eo amin' ny fitoriana ny vaovao mahafaly amin' ny mpandefitra, ny fanasitranana ny torotoro fo, sy amin' ny fitoriana fanafahana amin' ny babon' i Satana. Raha mieritreritra ny fitahiana sarobidy izay nentiny ho an' ny olona Jesosy dia hoy indray Izy : «Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Ho hitanareo ny lanitra misokatra sy ny anjelin' Andriamanitra miakatra sy midina eo ambonin' ny Zanak' olona». {IFM 134.3}

Ny nambaran' i Kristy tamin' izany dia izao : Nisokatra ny lanitra teo amoron' i Jordana, ary nidina tamiko tahaka ny voromailala ny Fanahy. Tsy inona io toe-javatra io fa famantarana ny maha Zanak' Andriamanitra Ahy. Raha mino Ahy toy izany ianao, dia hihamatanjaka ny finoanao. Ho hitanao fa misokatra ny lanitra ary tsy hakatona intsony. Nosokafako ho anareo izany. Miakatra ny anjelin' Andriamanitra, mitondra ny fivavahan' ny sahirana sy ny tra-pahoriana any amin' ny Ray any ambony ; ary midina mitondra fitahiana sy fanantenana, herim-po, fanampiana sy fiainana ho an' ny zanak' olombelona. {IFM 135.1}

Mivezivezy mandrakariva avy eto an-tany ka mankany an-danitra, avy any an-danitra ka manketo an-tany ireo anjelin' Andriamanitra. Ny fahagagana nataon' i Kristy ho an' ny ory sy ny mijaly dia notanterahina tamin' ny herin' Andriamanitra tamin' ny alalan' ny fanompoan' ny anjely. Ary amin' ny alalan' i Kristy, noho ny asa fanompoan' ny mpitondra hafatra avy any an-danitra, no ahatongavan' ny fitahiana rehetra avy amin' Andriamanitra ho antsika. Tamin' ny nandraisan' ny tenany ny maha-olombelona Azy, ny Mpamonjintsika dia nampiray ny tombon-tsoany tamin' ny an' ireo zanakalahy sy zanakavavin' i Adama lavo, ary amin' ny alalan' ny maha-Andriamanitra Azy dia mamikitra ny seza fiandrianan' Andriamanitra Izy. Toy izany no mahatonga an' i Kristy

ho Mpanalalana mampifandray ny olona amin' Andriamanitra, ary Andriamanitra amin' ny olona. {IFM 135.2}

## Toko 15—Teo amin'ny fanasana fampakaram-bady

Tsy tamin' ny fanaovana asa lehibe teo anatrehan' ny Synedriona tany Jerosalema tsy akory no nanombohan' i Jesosy ny fanompoany. Tao amin' ny ankohonana iray nivory tao amin' ny tanàna kely tany Galilia, no nanehoany ny heriny mba hampitomboana ny fifaliana teo amin' ny fanasana fampakaram-bady.1 Nasehony tamin' izany ny firaisam-pony tamin' ny olona, sy ny faniriany hahasambatra azy. Ny tenany mihitsy no efa nisotro ny kapoaky ny fahoriana tany an-efitra fakam-panahy. Tonga izy hanome ny kapoaky ny fitahiana ho an' ny olombelona mba hanamasina ny fifandraisana eo amin' ny fiainan' olombelona tamin' ny alalan' ny fitahiany. {IFM 137.1}

Avy tany Jordana Jesosy dia niverina ho any Galilia. Hisy fampakaram-bady any Kana, tanàna kely tsy lavitra an' i Nazareta ; havan' i Josefa sy Maria ny andaniny sy ny ankilany ; koa raha fantatr' i Jesosy io fivoriam-pianakaviana io dia nankany Kana Izy, fa nasaina niaraka tamin' ny mpianany ho amin' ny fanasana. {IFM 137.2}

Nihaona tamin-dreniny indray Izy, izay misy fotoana nahatafasaraka Azy taminy. Efa ren' i Maria ny zavatra niseho tany Jordana, tamin' ny batisan' i Jesosy. Efa tonga tany Nazareta ny vaovao mahafaly, ary namerina tao an-tsainy indray ireo toejavatra efa nafeniny tao am-pony nandritra ny taona marobe tokoa. Tahaka ny Isiraely manontolo, dia nanetsika lalina an' i Maria koa ny asa nanirahana an' i Jaona Mpanao batisa. Tsaroany tsara ny faminaniana nomena tamin' ny nahaterahany. Namelona ny fanantenany indray izao ny fifandraisany tamin' i Jesosy. Reny koa anefa ny vaovao mifono zava-miafina momba ny nandehanan' i Jesosy ho any an-efitra, ary nisy fambara nampahory sy nampatahotahotra azy. {IFM 137.3}

Hatramin' ny andro nandrenesany ny filazana nataon' ny anjely tao an-tokantranony tany Nazareta, dia nangonin' i Maria toy ny haren-tsarobidy ny porofo rehetra fa Jesosy no Mesia. Ny fiainany mamy, tsy nombam-pitiavan-tena dia nanome toky azy fa tsy mety ho olon-kafa afa-tsy Ilay nirahin' Andriamanitra Izy. Nefa tonga taminy koa ny fisalasalana sy ny fahadisoam-panantenana, ary naniry mafy ny fotoana izay hanambarana ny voninahiny izy. Nampisaraka azy tamin' i Josefa izay niara-nahalala taminy ny zava-miafina tamin' ny nahaterahan' i Jesosy, ny fahafatesana. Ankehitriny dia tsy misy na iza na iza intsony azony anankinana ny fanantenany sy ny tahony. Mafy indrindra taminy ny roa volana farany teo. Tafasaraka tamin' i Jesosy izy izay ny firaisam-pony no nahitany fampiononana ; nosaintsaininy ny tenin' i Simeona hoe : «ary ny fanahinao aza dia hotsatohana sabatra»2 ; tsaroany ireo hateloana niaretany ady mihatra aman' aina rehefa noheveriny fa very tsy hita Jesosy ; koa feno tebiteby ny fony niandry ny fiverenany. {IFM 138.1}

Tao amin' ny fanasana fampakaram-bady no nahitany Azy indray mbola ilay zanaka . be fitiavana, mahatsiaro andraikitra ihany. Nefa tsy toy ny teo aloha Izy. Niova ny

endriny ; hita soritra teny ny tolona natrehiny tany an-efitra, ary ny fisehoan' ny fahamendrehana sy ny hery vaovao teo Aminy, dia nanambara mazava ny iraka nampanaovin' ny lanitra Azy. Niaraka taminy dia nisy tovolahy vitsivitsy nanara-maso Azy tamim-panajana, ary niantso Azy hoe Mpampianatra. Notantarain' ireo namany ireo indray tamin' i Maria izay hitany sy reny tamin' ny batisany sy tamin' ny toerana hafa. Ho fehin-teny dia nambarany hoe : «Efa hitanay Ilay nosoratan' i Mosesy tao amin' ny lalàna, sy nosoratan' ny mpaminany»3 {IFM 138.2}

Raha tafavory ny nasaina dia nisy maro toa sahirana tamin' ny resaka nahavariana sy nahaliana. Nisy zavatra tsy hainy nafenina nanaitra azy rehetra. Nitsitokotoko niresaka moramora sy taminkafanam-po, ary nitopy matetika teny amin' ny zanak' i Maria ny fijeriny nitory fahagagana. Raha nahare ny teny vavolombelona nataon' ny mpianatra momba an' i Jesosy i Maria, dia natoky fa tsy very maina ireo fanantenana nankamamiany ela. Nefa ho nihoatra noho ny olombelona izy raha tsy niaro tamin' io fifaliana io ny soritry ny rehareha voajanahary ao am-pon' ny reny be fitiavana. Raha nahita ny fijery maro nitopy tamin' i Jesosy izy, dia naniry mafy ny hanaporofoan' i Jesosy tamin' ny olona teo fa Izy tokoa no Ilay nomen' Andriamanitra voninahitra. Nanantena izy fa hisy fotoana mety ahazoany manao fahagagana eo anatrehany. {IFM 138.3}

Fomba tamin' izany andro izany ny lanonam-panambadiana mitohy mandritra ny andro maromaro. Tamin' io fotoana io, talohan' ny hifaranan' ny fanasana, dia hita fa tsy ampy ny divay nomanina. Nahavery hevitra sy nampalahelo fatratra ny nahitana izany. Tsy fomba ny mametra ny divay amin' ny fotoan-danonana, ary ny tsy fisian' izany dia toa manambara tsy fahaiza-mandray olona. Fianakaviana i Maria ka nandray anjara tamin' ny fikarakarana ny fanasana, ary indro izy niteny tamin' i Jesosy nanao hoe : «Tsy manana divay izy. Tsipi-teny mba hanomezany izay ilainy ny teny nataony. Namaly anefa Jesosy hoe : «Ravehivavy, moa mifaninona akory Izaho sy Hianao ? Tsy mbola tonga ny fotoako». {IFM 139.1}

Na dia toa nivantana aza io valinteny io amintsika, dia tsy mitory fangatsiahana na tsy fifanajana. Nifanaraka tamin' ny fomba amam-panao tatsinanana ny fomba fitenin' ny Mpamonjy tamin' ny reniny. Nampiasaina tamin' ny olona tiana hanehoana fanajana izany. Ny fihetsik' i Kristy tamin' ny fiainany teto an-tany dia nifandrindra tamin' ny foto-kevitra efa nomen' ny tenany ihany : «Manajà ny rainao sy ny reninao»4 Teo ambonin' ny hazo fijaliana raha nampiseho ny fihetsika farany mitory titiavana tamin' ny reniny Izy, dia fomba toy izany indray no nitenenan' i Jesosy taminy, raha nankininy tamin' ny mpianany tiany indrindra ny fikarakarana azy. Teo amin' ny fampakaram-bady sy teo amin' ny hazo fijaliana, dia nidika ho fitiavana, nasehon' ny feony sy ny fijeriny ary ny fihetsiny, ny teny nataony. {IFM 139.2}

Raha tany amin' ny tempoly Izy fony zaza, ka nivelatra teo anatrehany ny zava-

miafina eo amin' ny asa mandritra ny fiainany, dia hoy Kristy tamin' i Maria : «Tsy fantatrareo va fa tsy maintsy ho eto an-tranon' ny Raiko Aho?»5Ireo teny ireo no nibaiko ny fiainany sy ny asa fanompoany manontolo. Nampandeferiny ny zavatra rehetra teo anatrehan' ny asany, dia Ilay asa lehibe fanavotana izay nahatongavany teto amin' izao tontolo izao hotanterahina. Mamerina ny lesona Izy izao. Loza ho an' i Maria ny mihevitra fa manome azy alalana manokana Aminy ny fifandraisana misy aminy sy Jesosy, dia zo hitarika Azy eo amin' ny asa nanirahana Azy. Nandritra ny telopolo taona dia zanakalahy be fitiavana sy nankatò Izy teo anatrehany, ary tsy niova ny fitiavany, nefa tsy maintsy mandeha manao ny asan' ny Rainy Izy izao. Zanaky ny Avo Indrindra Izy, sady Mpamonjy an' izao tontolo izao, ka tsy tokony hisy fatorana araka izao tontolo izao manakana Azy tsy hanao ny asa nanirahana Azy, na hiasa mangina amin' ny fomba fitondrany ny tenany. Tsy maintsy malalaka ny fijoroany hanao ny sitrapon' Andriamanitra. Ho antsika koa io lesona io. Ny fitakian' Andriamanitra no ambony indrindra na dia eo amin' ny fatorana misy amin' ny fifandraisan' ny olombelona aza. Tsy tokony hisy zavatra hisarika ny tongotsika hiala amin' ny lalana izay hibaikoany handehanantsika. {IFM 139.3}

Ny hany fanantenana fanavotana ho an' ny taranaka lavo dia ao amin' i Kristy ; na dia i Maria aza dia tsy afaka nahita famonjena tsy amin' ny alalan' ny Zanak' ondrin' Andriamanitra. Raha eo amin' ny tenany dia tsy manana fahamendrehana mihitsy izy. Ny fihavanany amin' i Jesosy dia tsy mametraka azy hanana fifandraisana ara-panahy hafa Aminy, mihoatra noho izay amin' ny fanahin' olombelona hafa. Asehon' ny tenin' ny Mpamonjy izany. Asehony mazava aminy ny fahasamihafan' ny fifandraisany Aminy sy ny maha-Zanak' Andriamanitra Azy. Ny fatorana arapihavanana teo amin' izy ireo dia tsy nahatonga an' i Maria hitovy Aminy mihitsy tsy akory. {IFM 140.1}

Ny teny hoe : «Tsy mbola tonga ny fotoako», dia manambara fa ny fihetsik' i Kristy teto an-tany, dia fanatanterahana ny drafitra izay efa nisy hatrizay hatrizay. Talohan' ny nahatongavany teto an-tany dia efa nivelatra teo anatrehany ny drafitra teo amin' ny fahatanterahan' ny antsipiriany rehetra. Nefa raha nandeha teo anivon' ny olona Izy, dia notarihin' ny sitrapon' ny Ray isaky ny indray mandingana. Tsy nisalasala ny niasa Izy rehefa tonga ny fotoana voatondro. Nilefitra toy izany ihany Izy niandry mandrapahatongan' ny fotoana. {IFM 140.2}

Tamin' ny nilazany tamin' i Maria fa tsy mbola tonga ny fotoany dia namaly ny eritreriny tsy niloaka Izy, dia izay zavatra nandrasany sy nankamamiany niaraka tamin' ny vahoaka. Nanantena izy fa hampiseho ny tenany ho Mesia Jesosy ary hanjaka amin' ny Isiraely. Nefa tsy mbola tonga ny fotoany. Tsy amin' ny mahaMpanjaka Azy, fa amin' ny maha-Lehilahy ory sady zatra fahoriana no naneken' i Jesosy ny anjaran' ny maha-olombelona. {IFM 140.3}

Na dia tsy nazava tamin' i Maria aza ny asa nanirahana an' i Kristy, dia natoky Azy

amin' izao izy. Io finoana io no novalian' i Jesosy mba hanomezam-boninahitra ny fitokisan' i Maria, sy hanatanjahana ny finoan' ny mpianany, no nanaovana ny fahagagana voalohany. Hisetra fakam-panahy maro sy lehibe izay mety hitarika azy tsy hino ny mpianatra. Nazava tamin' izy ireo tsy nisy adihevitra mihitsy, tamin' ny alalan' ny faminaniana, fa Jesosy no Mesia. Nibanjina ireo mpitarika ara-pivavahana izy ireo handray Azy amimpahatokiana mihoatra noho ny azy ireo aza. Nambarany teo amin' ny vahoaka ny asa mahagaga nataon' i Kristy sy ny toky nananany tamin' ny asa nanirahany Azy, nefa talanjona sady tratry ny fahadisoam-panantenana mangidy izy ireo noho ny tsy finoana, ny hevitra nibahana sady lalim-paka teo an-tsain' ny mpisorona sy ny raby, ary ny fandrafiana Azy nasehon' izy ireo. Ny fahagagana voalohany nataon' ny Mpamonjy dia nampahery ny mpianatra hijoro sy hisetra io fanoherana io. {IFM 141.1}

Tsy nahasanganehana an' i Maria velively ny tenin' i Jesosy, ka hoy izy tamin' ireo nandroso sakafo teo amin' ny latabatra : «Ataovy izay asainy ataonareo». Tamin' izany no nanaovany izay azony natao mba hanomanana ny lalana ho an' ny asan' i Kristy. {IFM 141.2}

Teo akaikin' ny varavarambe dia nisy siny vato enina, ary nasain' i Jesosy nofenoin' ny mpanompo rano izy ireo. Natao izany. Ary rehefa nisy nangataka divay hosotroina avy hatrany, dia hoy Izy : «Tovozy amin' izao, ka ento ho eo amin' ny mpandahatra ny fanasana». Tsy ny rano izay namenoana ny siny no tao, fa divay no nivoaka avy tao. Na ny mpandahatra ny fanasana, na ny ankabeazan' ny olona nasaina, dia samy tsy nahalala fa tsy ampy ny divay nomanina. Rehefa nandraman' ilay mpandahatra ny fanasana izay nentin' ny mpanompo, dia hitany fa tsara lavitra noho izay tsy mbola nosotroiny izany, ary hafa indrindra noho izay naroso tamin' ny fiantombohan' ny fanasana. Nitodika tany amin' ny mpampakatra izy ka nanao hoe : «Araka ny fanaon' ny olona dia ny divay tsara no arosony aloha; ary rehefa nisotro be ny olona dia vao izay ratsiratsy kokoa, fa hianao kosa dia efa nitahiry ny divay tsara ambaraka ankehitriny». {IFM 141.3}

Tahaka ny olona manolotra ny divay tsara kokoa aloha, dia izay vao ny ratsy kokoa, tahaka izany koa no ataon' izao tontolo izao amin' ny fanomezany. Mety hahafinaritra ny maso sy manintona ny retsika izay arosony, nefa hita mazava fa tsy mahafa-po. Miova ho mangidy ny divay, ary ho alahelo ny fifaliana. Izay nanomboka tamin' ny hira sy ny fahasambarana dia miafara amin' ny havizanana sy ny rikoriko. Ny fanomezana avy amin' i Jesosy dia tsara sy vaovao mandrakariva. Ny fanasana izay homaniny ho an' ny fanahy, dia tsy mba diso mihitsy amin' ny fanomezana fahafahampo sy fifaliana. Ny fanomezana vaovao tsirairay dia samy mampitombo ny fahazoan' ny mpandray mankasitraka ny fitahian' ny Tompo sy mifaly amin' izany. Fahasoavana no omeny ho solon' ny fahasoavana. Tsy mety lany ny tahiriny. Raha mitoetra ao aminy ianao, ny nahazoanao fanomezana sarobidy androany, dia manome toky ho amin' ny handraisanao fanomezana sarobidy kokoa rahampitso. Ny tenin' i Jesosy tamin' i Natanaela dia

manambara ny lalàn' ny fifandraisan' Andriamanitra amin' ny finoan' ny zanany. Ny fanambarana vaovao rehetra momba ny fitiavany dia samy ilazany amin' ny fo mandray izany hoe : «Hahita zavatra lehibe noho izany hianao»6 {IFM 142.1}

Tandindona ity fanomezan' i Kristy ho an' ny fanasana fampakarambady ity. Nampiseho ny batisa ho amin' ny fahafatesana ny rano; ny ra nalatsaka noho ny fahotan' izao tontolo izao, ny divay. Ny rano namenoana ny siny dia nentin' ny tanan' olombelona, fa ny tenin' i Kristy ihany no afaka nanome izany hery mitondra aina izany. Tahaka izany koa ireo fanompoam-pivavahana manondro ny fahafatesan' ny Mpamonjy. Ny herin' i Kristy irery ihany, izay miasa amin' ny alalan' ny finoana, no afaka mamelona ny fanahy. {IFM 142.2}

Ny tenin' i Kristy no nanomana tahiry betsaka ho amin' ny fanasana. Betsaka toy izany koa ny fahasoavany nomaniny hikosehana ny fahadisoan' ny olombelona sy hanavaozana ary hanohanana ny fanahy. {IFM 142.3}

Tamin' ny fanasana voalohany natrehin' i Jesosy niaraka tamin' ny mpianany, dia natolotr' i Jesosy azy ireo ny kapoaka izay tandindon' ny asa ataony ho famonjena azy ireo. Nomeny indray izany tamin' ny fanasana farany nataony, tamin' ny nanorenany ilay fanompoam-pivavahana masina izay ho fanehoana ny fahafatesany «mandra-piaviny»7 Raha nalahelo ny mpianatra tamin' ny fisarahana tamin' ny Tompony, dia fiononana ho azy ireo ny teny fikasana milaza fihaonana, raha hoy Izy hoe : «Tsy mba hisotro itony vokatry ny voaloboka itony intsony Aho mandrapiavin' ny andro hiarahako misotro izay vaovao aminareo any amin' ny fanjakan' ny Raiko»8 {IFM 142.4}

Ny divay izay namboarin' i Kristy ho an' ny fanasana sy ilay nomeny ny mpianatra ho tandindon' ny ran' ny tenany, dia ranomboaloboka madio. Io no lazain' ny mpaminany Isaia raha milaza ny amin' ny divay vaovao «ao an-tsapahony», ka hoy izy hoe : «Aza simbana, fa misy fitahiana ao anatiny»9 {IFM 143.1}

Kristy no nampitandrina an' Isiraely ao amin' ny Testamenta Taloha hoe : «Mpaniratsira ny divay, ary mpitabataba ny toaka, koa izay miraikiraiky azon' izany dia tsy hendry»10 Koa ny tenany dia tsy nanome zava-pisotro toy izany. Maka fanahy ny olona i Satana amin' ny fampanaranam-po, izay manamaizina ny saina mandanjalanja sy manadombo ny fandrenesana ara-panahy, fa Kristy kosa mampianatra antsika hampandefitra ny fironana ambany. Ohatry ny fahafoizan-tena ny fiainany manontolo. Mba hahazoany manapaka ny hatendan-kanina, dia niaritra ny fitsapana mafy indrindra azon' ny olombelona zakaina ho antsika Izy. Kristy no nitari-dalana an' i Jaona Mpanao batisa tsy hisotro na divay na zava-pisotro mahamamo mahery. Izy ihany koa no nibaiko fifadiana toy izany tamin' ny vadin' i Manoa, ary nanozona ny lehilahy izay mampitohoka ny tavoahangy eo amin' ny molotry ny namany. Tsy nanohitra ny fampianarana nataon' ny tenany mihitsy Kristy. Zava-pisotro mahasalama sy

mamelombelona ny divay tsy nilona izay nomeny ho an' ireo nasaina tamin' ny fampakarambady. Ny vokatr' izany dia ny hampifandrindra ny lela' ', ny amin' ny fitiavan-komana mahasalama. {IFM 143.2}

Rehefa tsapan' ireo nasaina tamin' ny fanasana ny hatsaran' ny divay dia nipetraka ny fanontaniana izay nitarika ny mpanompo hitantara ny fahagagana. Zendana loatra aloha ny olona ka tsy afaka nihevitra Ilay nahatanteraka asa mahagaga toy izany. Nony farany, rehefa nitady Azy izy, dia indro efa lasa moramora Izy ka na dia ny mpianany aza tsy nahita Azy. Nitodika nankany amin' ny, mpianatra izao ny sain' ny olona. Voalohany izao no ahazoan' izy ireo mampahafantatra ny finoany an' i Jesosy. Nolazainy izay efa hitany sy reny tao Jordana, ka nitsiry tao am-pon' ny maro ny fanantenana fa efa nanangana mpanafaka ho an' ny vahoakany Andriamanitra. Niparitaka nanerana iny faritany manontolo iny io fahagagana io ka tonga tany Jerosalema. Liana indray ny mpisorona sy ny loholona nandinika ireo faminaniana manondro ny fiavian' i Kristy. Nisy faniriana marina hahalala ny asa nanirahana ity mpampianatra vaovao, izay niseho teo amin' ny vahoaka tamin' ny fomba tsy dia manaitra firy. {IFM 143.3}

Niavaka tanteraka tamin' ny asa fanompoan' ireo loholona jiosy ny an' i Kristy. Nanimba ny tena fahafahana marina hihevitra na hiasa malalaka, ny fitiavan' izy ireo ny lovan-tsofina sy ny fanao ivelambelany. Feno tahotra ny fahalotoana lava izao ny fiainany. Ny tsy fikasihana ny «maloto» no nasandrany avo, tsy izay avy amin' ny jentilisa fotsiny, fa ny avy amin' ny ankabeazan' ny vahoakany koa aza, koa tsy nikatsaka izay hahasoa azy izy ireny na izay itiavany azy. Ireny zava-poana ireny hatrany no noheveriny, hany ka nambotry ny sainy sy nahatery ny faritra niainany izany. Namporisika ny fiheveran-tena ho zavatra sy ny tsy fahaizamandefitra teo amin' ny saranga rehetra teo amin' ny vahoaka ny ohatra nomeny. {IFM 144.1}

Nanomboka ny asa fanavaozana tamin' ny firaisam-po akaiky tamin' ny taranak' olombelona Jesosy. Nampiseho fanajana ambony indrindra ny lalàn' Andriamanitra Izy, ary nanameloka koa ny fitiavam-bavaka feno fireharehana nasehon' ny Fariseo, ka niezaka ny hanafaka ny vahoaka amin' ireo lalàna tsy misy dikany izay namatotra azy. Nitady izay hampirodana ny fefy nampisaraka ireo saranga samihafa teo amin' ny fiaraha-monina Izy, mba hampifandraisany ny olona ho toy ny fianakaviana tokana amin' ny mahazanak' Andriamanitra. Natao ho dingana hanatanterahana izany ny nanatrehany ny fanasana fampakaram-bady. {IFM 144.2}

Nitarika an' i Jaona Mpanao batisa tany an-efitra Andriamanitra mba hiarovana azy amin' ny hery miasa mangina avy amin' ny mpisorona sy ny raby, sy hanomanana azy amin' ny asa manokana hanirahana azy. Tsy ohatra ho an' ny vahoaka anefa ny hamafin' ny fiainany sy ny nitokanany monina. I Jaona koa tsy nitarika ny mpihaino azy handao ny adidiny teo aloha. Nobaikoiny hampiseho mazava ny fibebahany izy ireo, tamin' ny toetrany mahatoky amin' Andriamanitra eo amin' ny toerana izay efa niantsoany

azy. {IFM 144.3}

Nanameloka ny fampanaranam-po ny tena amin' ny endriny rehetra Jesosy, toetrany anefa ny mahay miara-monina amin' ny hafa. Nanaiky ny hiantrano tany amin' ny sarangan' olona rehetra Izy, nitsidika ny tokantranon' ny manankarena sy ny mahantra, ny avara-pianarana sy ny tsy nahita fianarana, ka nokatsahiny ny hanondrotra ny fihevitr' izy ireny hiala amin' ny toe-javatra mikasika ny fiainana andavanandro, hisandratra amin' izay arapanahy sy mandrakizay. Tsy nanome alalana kely akory ny fandaniam-poana Izy, ka tsy nisy aloky ny toetra maivamaivana nandoto ny fitondrantenany; nahita fifaliana teo amin' ny fisehoan' ny fahasambarana tsy manan-tsiny anefa Izy, ka nanamasina ny fivoriana teo amin' ny fiaraha-monina tamin' ny fanatrehany izany. Toejavatra manaitra tokoa ny fanambadiana jiosy, koa naharavoravo ny Zanak' olona ny fifaliana teo amin' izany. Nanome voninahitra ny fanambadiana ho zavatra naorin' Andriamanitra Jesosy tamin' ny nanatrehany io fanasana io. {IFM 145.1}

Ao amin' ny Testamenta Taloha sy Vaovao, dia ampiasaina ny fatoram-panambadiana mba hanehoana ny firaisana mamy sy masina misy amin' i Kristy sy ny vahoakany. Ho an' i Jesosy, ireo lanonana tamin' ny fampakaram-bady dia nandroso tao an-tsainy ny haravoana amin' ilay andro izay hitondrany ny vadiny hody ao an-tokantranon' ny Rainy, ka hiara-mipetraka amin' ny Mpanavotra amin' ny fanasana fampakaram-badin' ny Zanak' ondry ny voavotra. Hoy Izy : «Tahaka ny fifalian' ny mpampakatra amin' ny ampakariny no hifalian' Andriamanitra aminao». «Hianao tsy hatao intsony hoe Nafoy ... fa hianao hatao hoe Ilay sitrako ... fa sitrak' i Jehovah hianao». «Hiravoravo anao amin' ny fifaliana Izy ; ho sondriana amin' ny fitiavany Izy ; hifaly anao amin' ny fihobiana Izy»11 Raha nomena ny apostoly Jaona ny fahitana ny zavatra any an-danitra, dia izao no nosoratany : «Dia nahare feo tahaka ny an' ny vahoaka betsaka aho, sy tahaka ny firohondrohon' ny ranobe ary tahaka ny fikotroky ny kotrokorana mafy, nanao hoe : Haleloia ! Fa ny Tompontsika, dia ny Tsitoha no Mpanjaka. Aoka isika hifaly sy ho ravoravo ka hanome voninahitra Azy fa tonga ny fampakaram-badin' ny Zanak' Ondry, ka efa niomana ny vadiny». «Sambatra izay nantsoina ho amin' ny fanasana fampakaram-badin' ny Zanak' Ondry»12 {IFM 145.2}

Teo amin' ny fanahy tsirairay avy dia nahitan' i Jesosy olona tsy maintsy handefasana ny antso ho amin' ny fanjakany. Nahatratra ny fon' ny vahoaka Izy satria nandeha teo anivony toy ny olona izay maniry ny soa ho azy ireo. Notadiaviny teny an-dalambe Izy, tany an-tranon' ny tsirairay, teny ambonin' ny sambo, tao amin' ny synagoga, teny amoron' ny farihy sy tao amin' ny fanasana fampakaram-bady. Nihaona taminy teo amin' ny asa niantsoana azy andavanandro Izy, ka nasehony fa nahaliana Azy ny asa amandraharahany ara-nofo. Nentiny tao amin' ny ankohonana ny fampianarany ka tao ambanin' ny hery miasa mangina avy tamin' ny fanatrehany — Izy Andriamanitra — ireo fianakaviana tao amin' ny ankohonany avy. Nanampy tamin' ny fahazoana ny fo ny

firaisam-po matanjaka tao Aminy. Matetika Izy no nankany an-tendrombohitra mba hivavaka samirery, nefa fiomanana ho amin' ny asa mafy nataony teo anivon' ny olona izany. Rehefa miverina avy amin' izany Izy, dia lasa mba hanamaivana ny marary, hampianatra ny tsy manampahalalana ary hanapaka ny fatorana amin' ireo babon' i Satana. {IFM 145.3}

Fifandraisana sy fiaraha-miasa tamin' ny tenany manokana no nitaizan' i Jesosy ny mpianany. Indraindray nampianatra azy Izy, raha niara-nipetraka teo an-tendrombohitra, indraindray teo amoron' ny ranomasina, na raha niara-nandeha taminy teny an-dalana, teny no nanambarany ireo zava-miafin' ny fanjakan' Andriamanitra. Tsy teny lava reny toy ny fanaon' ny olona ankehitriny no nataony taminy. Na taiza na taiza nisy fo nisokatra handray ny hafatr' Andriamanitra, dia novelariny ireo fahamarinana milaza ny lalan' ny famonjena. Tsy mibaiko ny mpianany hanao an' izao sy izao Izy. fa hoy Izy hoe : «Manaraha Ahy». Nentiny niaraka taminy izy ireo tamin' ny dia nataony nitety tanàna sy vohitra, mba hahitany ny fomba fampianarany ny vahoaka. Nakambany tamin' ny Azy ny tombon-tsoany, koa niray taminy izy ireo teo amin' ny asa. {IFM 146.1}

Ny ohatra nomen' i Kristy tamin' ny nanakambanany ny tenany tamin' ny tombon-tsoan' ny taranak' olombelona dia tokony harahin' izay rehetra mitory ny teniny, sy izay rehetra nandray ny filazantsaran' ny fahasoavany. Tsy tokony hahafoy ny firaisana eo amin' ny fiaraha-monina isika. Tsy tokony hitokantokana tsy hiaraka amin' ny hafa isika. Mba hahazoantsika mahatratra ny sarangan' olona rehetra, dia tsy maintsy mihaona aminy eo amin' izay misy azy isika. Raha izy tenany ihany dia mahalana vao hitady antsika izy. Tsy avy eny amin' ny polipitra ihany no hanohina ny fon' ny olona ny fahamarinana avy amin' Andriamanitra. Misy sahan' asa hafa koa, na dia ambany kokoa aza, izay feno sy mampanantena betsaka. Ao an-tokantranon' ny olon-tsotra no ahitana izany, sy ao amin' ny lapan' ny olona ambony ; eo amin' ny fiarahamisakafo iantsoana anao sy eo amin' ny fivorian' ny mpiara-monina noho ny fifaliana madio. {IFM 146.2}

Amin' ny maha-mpianatr' i Kristy antsika dia tsy tokony hifangaro amin' izao tontolo izao isika noho ny fitiavana fahafinaretana fotsiny, ka hiray hadalana aminy. Ratsy ihany no mety ho vokatry ny fikambanana toy izany. Tsy tokony hanome vahana ny fahotana mihitsy isika amin' ny teny na ny fihetsika ataontsika, amin' ny fanginana na ny fanatrehantsika. Na aiza na aiza alehantsika, dia tokony hoentintsika miaraka amintsika Jesosy, ary tokony hambarantsika amin' ny hafa ny hasarobidin' Ilay Mpamonjintsika. Ireo izay miezaka hitahiry ny fivavahany kosa amin' ny fanafenana izany ao anaty rindrim-bato, dia manary fotoan-tsarobidy nety hanaovana soa. Amin' ny alalan' ny fifandraisana eo amin' ny fiaraha-monina, no ifampikasohan' ny fivavahana kristiana amin' izao tontolo izao. Izay rehetra nandray fanazavana avy amin' Andriamanitra dia tokony hampamirapiratra ny lalan' ireo izay tsy mahalala ny Fahazavan' aina. {IFM

147.1}

Samy tokony ho tonga vavolombelona ho an' i Jesosy isika rehetra. Ny hery ananantsika eo amin' ny fiaraha-monina, rehefa nohamasinin' ny fahasoavan' i Kristy, dia tsy maintsy hampitomboina eo amin' ny fahazoana fanahy ho an' ny Mpamonjy. Aoka ho hitan' izao tontolo izao fa tsy variana samirery amin' ny fitiavan-tena sy ny tombon-tsoa manokana isika, fa irintsika handray anjara amin' ny fitahiana sy ny tombon-tsoa azontsika kosa ny hafa. Aoka ho hitany fa tsy mahatonga antsika ho tsy maha-te ho tia sy mahasorena ny fivavahantsika. Aoka izay rehetra nahita an' i Kristy, hanompo tahaka ny nataony, hahasoa ny olona. {IFM 147.2}

Tsy tokony havelantsika hanana fiheveran-diso mihitsy izao tontolo izao fa olona malahelo sady tsy sambatra ny kristiana. Raha mifantoka amin' i Jesosy ny masontsika, dia Mpanavotra mangoraka no ho hitantsika, ary handray ny fahazavana avy amin' ny endriny isika. Na aiza na aiza anjakan' ny fanahiny, dia itoeran' ny fiadanana. Hisy fifaliana koa eo, satria misy fitokisana tony sy masina an' Andriamanitra. {IFM 147.3}

Mahafaly an' i Kristy ny mpanaraka Azy rehefa asehon' izy ireo fa, na dia olombelona aza izy, dia mpiray amin' ny fomban' Andriamanitra. Tsy tsangambato izy ireo, fa lehilahy sy vehivavy velona. {IFM 147.4}

Ny fony, izay mahazo aina vaovao avy amin' ny andon' ny fahasoavan' Andriamanitra, dia misokatra sy mivelatra handray ny Masoandron' ny Fahamarinana. Ny fahazavana izay mamirapiratra aminy dia alefany amin' ny hafa amin' ny alalan' ny asa izay mazava noho ny fitiavan' i Kristy. {IFM 148.1}

## Toko 16—Tao amin'ny tempoliny

«Rehefa afaka izany. dia nidina nankany Kapernaomy Jesosy mbamin' ny reniny sy ny rahalahiny ary ny mpianany, nefa tsy nitoetra ela teo Izy. Ary efa akaiky ny Pasky ny Jiosy, ka dia niakatra tany Jerosalema Jesosy»1 {IFM 149.1}

Teny an-dalana dia niara-dia tamin' ny antokon' olona maro nandeha ho any amin' ny renivohitra Jesosy. Tsy mbola nambarany ampahibemaso anefa ny asa nanirahana Azy, ka nifangaro tsy fantatry ny olona tao anaty vahoaka Izy. Tamin' ny toe-javatra toy izao dia ny fiavian' ny Mesia, izay nasongadin' i Jaona tamin' ny asa nanirahana azy, no matetika ambetin-teny. Noresahina maharitra tamin' ny hafanam-po miredareda ny fanantenana ny ho fahalehibeazan' ny firenena. Fantatr' i Jesosy fa ho fahadisoam-panantenana no ho vokatr' izany, satria hita fa fandraisana diso ny Soratra Masina izany. Tamin-jotom-po no nanazavany ny faminaniana ka niezahany hanainga ny vahoaka handinika akaiky kokoa ny tenin' Andriamanitra. {IFM 149.2}

Efa nampianarin' ireo mpitarika jiosy ny vahoaka fa any Jerosalema izy no tokony hampianarina hanompo an' Andriamanitra. Nandritra ny herinandron' ny Paska, dia vahoaka marobe no nivory tao, tonga avy tamin' ny faritr' i Palestina rehetra, ary na dia avy tamin' ny tany lavitra aza. Feno izany vahoaka nifanizina izany ny kianjan' ny tempoly. Betsaka no tsy afaka nitondra ny fanatitra izay hatolotra ho tandindon' Ilay Fanatitra lehibe. Mba hanampiana ireo, dia nisy biby namidy sy novidina tao amin' ny kianja ivelan' ny tempoly. Tao no nivory ny olona avy amin' ny saranga rehetra mba hividy fanatitra. Tao no nanakalozana ny vola vahiny rehetra tamin' ny vola fampiasa ao amin' ny fitoerana masina. {IFM 149.3}

Nasaina nandoa an-tsasaky ny sekely iray avy isan-taona ny Jiosy mba ho «avotry ny ainy»2 , ary nampiasaina ho fanohanana ny tempoly ny vola voangona toy izany. Ankoatr' izany, dia nisy vola be nentina natao fanatitra an-tsitrapo, hapetraka ao amin' ny fitehirizan' ny tempoly. Koa nangatahina ny vola vahiny rehetra hatakalo amin' ny vola nantsoina hoe sekelin' ny tempoly, izay nekena ho amin' ny fanompoana ao amin' ny fitoerana masina. Ny fanakalozana vola dia nohararaotina hanambakana sy hanaovana an-keriny ary nitombo ho varotra mahamenatra izany, izay loharano niavian' ny tombom-barotra ho an' ny mpisorona. {IFM 150.1}

Nitaky vola tsy toko tsy forohana ny mpivarotra ho vidin' ny biby ary nozarainy tamin' ny mpisorona sy ny mpanapaka ny tombony. Toy izany no nampitombo ny harenany tamin' ny fitsentsefana ny vahoaka. Nampianarina ny mpivavaka hino fa raha tsy manolotra fanatitra izy dia tsy hitoetra eo amin' ny zanany sy ny taniny ny fitahian' Andriamanitra. Noho izany dia azo antoka ho ambony ny vidin' ny biby ; satria rehefa avy nandeha lavitra toy izany ny vahoaka dia tsy tiany ny hiverina any an-tokantranony, nefa tsy nahavita asa fanompoam-pivavahana izay antony nahatongavany. {IFM 150.2}

Be dia be ny fanatitra natolotra tamin' ny andron' ny Paska ka nihalehibe ny tsena tao amin' ny tempoly. Nanambara tsena fivarotam-biby fiompy naresaka fa tsy tempoly masin' Andriamanitra ny tabataba vokatr' izany. Re tao ny ady varotra mafana. ny fimàmàn' ny omby, ny fibarareokan' ny ondry, ny fitolokolokon' ny voromailala, nifangaro tamin' ny fikarantsan' ny vola. Be loatra ny tabataba ka voakorontana ny mpivavaka ary ny vavaka natao tamin' ny Avo Indrindra dia safotry ny antsoantso izay nameno ny tempoly. Nirehareha diso tafahoatra ny amin' ny fitiavany vavaka ny Jiosy. Nihobiany ny tempoliny ary noraisiny ho fitenenan-dratsy ny teny natao ho tsy fankasitrahana izany. Sarotiny dia sarotiny izy tamin' ny fanatanterahana ireo fanompoam-pivavahana nikasika izany, saingy efa nifehy tanteraka ny feon' ny fieritreretany ny fitiavam-bola. Saika tsy fantany ny fahalaviran' ny lalana nialany tamin' ny zavatra nokendrena tany am-boalohany momba ireo fanompoam-pivavahana izay naorin' hy tenan' Andriamanitra mihitsy. {IFM 150.3}

Fony nidina teo amin' ny tendrombohitra Sinay Jehovah, dia nohamasinin' ny fanatrehany ny toerana. Nobaikoina i Mosesy hanisy fefy manodidina ny tendrombohitra ka hanamasina izany, ary re ny tenin' i Jehovah nampitandrina hoe : «Mitandrema hianareo mba tsy hiakatra ao amin' ny tendrombohitra na hikasika ny sisiny akory aza, fa na iza na iza mikasika ny tendrombohitra dia hatao maty tokoa; tsy hisy tànana hikasika azy, fa hotorahambato tokoa, na biby, na olona, tsy mba hovelomina izy»3 Tamin' izany no nampianarana ny lesona fa na aiza na aiza nanehoan' Andriamanitra ny fanatrehany, dia masina io toerana io. Tokony ho noheverina ho masina ny manodidina ny tempolin' Andriamanitra. Very tsy teo imaso anefa izany rehetra izany teo amin' ny fifandroritana hahazo vola. {IFM 151.1}

Nantsoina ho solontenan' Andriamanitra teo amin' ny firenena ny mpisorona sy ny mpanapaka; tokony no nahitsiny ireo fanao tafahoatra tao amin' ny kianjan' ny tempoly. Tokony ho nanome ohatry ny fahitsian-toetra sy ny fangorahana tamin' ny vahoaka izy ireo. Tsy tokony nandinika izay tombon-tsoan' ny tenany izy, fa tokony nijery akaiky kosa ny toerana nisy ny mpivavaka sy izay nilainy, ka ho vonona izy amin' izay hanampy ireo izay tsy afaka nividy ny fanatitra notakiana. Tsy nataony anefa izany. Nanamafy ny fony ny fahihirana. {IFM 151.2}

Tonga tamin' io andro firavoravoana io ny mijaly, ny sahirana sy ny tra-pahoriana. Ny jamba, ny mandringa, ny marenina dia samy tao; nisy nentina tamin' ny fandriana. Betsaka no tonga, nefa nahantra loatra ka tsy afaka nividy ny fanatitra tsotra indrindra ho an' i Jehovah, nahantra loatra ka tsy afaka na dia ny hividy sakafo hampitony ny hanoanany aza. Ireo dia nalahelo mafy tamin' ny teny navoakan' ny mpisorona. Nirehareha tamin' ny fitiavany vavaka ny mpisorona ; nilaza ny tenany ho mpiambina ny vahoaka izy, nefa sady tsy niray fo tamin' ny olona izy no tsy nangoraka. Sasa-poana nitaraina hahazo sitraka tamin' ireo ny mahantra, ny marary, ny miala aina. Tsy niteraka

fangorahana tao am-pon' ny mpisorona ny fijalian' izy ireo. {IFM 151.3}

Raha tonga tao amin' ny tempoly Jesosy, dia nataony indray mijery ny toe-javatra rehetra. Hitany ny fifampiraharahana tsy marina. Hitany ny fahorian' ny mahantra, izay nihevitra fa raha tsy misy ra latsaka, dia tsy hahazo famelana ny fahotany Hitany ny kianja ivelan' ny tempoly natao toerana fanaovana varotra tsy masina. Nanjary toerana malalaka fifanakalozan-javatra ilay toerana masina voafefy. {IFM 151.4}

Hitan' i Kristy fa misy zavatra tsy maintsy havaozina. Maro dia maro ny fanompoam-pivavahana nasaina nataon' ny olona, nefa tsy nampianariny azy akory ny heviny. Nanolotra fanatitra ny mpivavaka, nefa tsy fantany akory fa tandindon' Ilay tena fanatitra tanteraka izany. Ary indro, teo anivon' izy ireo, tsy nisy nahalala sady tsy nisy nanome voninahitra Azy Ilay nasehon' ny tandindon' ny fanompoam-pivavahana rehetra nataony. Efa nanome toro-marika momba ny fanatitra Izy. Tsapany ny lanjany amin' ny mahatandindona azy, nefa hitany fa nanova ny heviny sady diso ny fandraisana azy Efa kely sisa dia ho very ny fanompoam-pivavahana ara-panahy. Tsy misy fatorana nampiray ny mpisorona sy ny mpanapaka tamin' Ilay Andriamaniny. Nanorina fanompoampivavahana hafa noho izany no fototry ny asan' i Kristy. {IFM 152.1}

Fijery mahafanta-javatra no nentin' i Kristy nanao indray mitopy maso ny toe-javatra teo anatrehany raha nijoro teo amin' ny tohatra mankeo amin' ny kianjan' ny tempoly Izy. Mason' ny mpaminany no nibanjinany ny ho avy, ary tsy ny taona ihany no hitany fa ny taona an-jatony sy ny arivo taona maro. Hitany ny fomba hoentin' ny mpisorona sy ny mpanapaka hanala ny zon' ny sahirana, sy ho sakanany ny hitoriana ny filazantsara amin' ny mahantra. Hitany ny fomba hoenti-manafina ny fitiavan' Andriamanitra amin' ny mpanota sy hanaovan' ny olona entam-barotra ny fahasoavany. Raha nibanjina ny zava-niseho Izy dia naneho fahatezerana sy fahefana ary hery ny endriny. Voasintona ho eo Aminy ny sain' ny vahoaka. Mifantoka eo amin' ny tavany ny mason' ireo olona izay variana tamin' ny varotra tsy masina. Tsy afaka miala Aminy ny fijeriny mibanjina Azy. Tsapany fa mamaky hatramin' ny fisainana lalina indrindra io lehilahy io. ka mahita ny anton-javatra miafina manosika ny olona. Nisy nanandrana nanafina ny tavany, tahaka ny hoe voasoratra eo amin' ny endriny iny ny asa ratsy nataony, ka hodinihin' ireto maso mpamanta-javatra ! {IFM 152.2}

Nitsahatra ny tabataba. Nangina ny feon' ny varotra sy ny adivarotra. Nanjary nampahory ny fanginana. Toa nisy fanajana niaro tahotra nanjaka tamin' ny mpivory ; toa tahaka ny nantsoina teo anatrehan' ny fitsaran' Andriamanitra iny izy hampamoahana ny amin' ny asany. Raha nijery an' i Kristy izy, dia hitany ny mahaAndriamanitra manjelanjelatra ao amin' ny tenan' ny maha-olombelona. Nijoro toy ny Mpitsara amin' ny andro farany Ilay Andriandahin' ny lanitra, tsy voahodidin' ny voninahitra izay hanaraka Azy amin' izay andro izay anefa Izy, fa efa manana ilay hery mahay mamaky ny ao am-po. Nahafaoka ny vahoaka marobe ny fijeriny, ka niditra ao amin' ny tsirairay.

Toa nijaridina ambonin' izy ireo amin' ny voninahitry ny manam-pahefana ny tenany, ary namirapiratra teo amin' ny endriny ny fahazavana avy amin' Andriamanitra. Miteny Izy. ary ilay feony mazava, mikarantsana, dia ilay feo tao Sinay nanambara ny lalàna dikain' ny mpisorona sy ny mpanapaka, izay no re manakoako eny amin' ny andohalambon' ny tempoly nanao hoe : «Ento mivoaka ireto zavatra ireto ; aza atao trano fivarotana ny tranon' ny Raiko». {IFM 152.3}

Nidina ny tohatra moramora Izy, dia narangarangany ilay kotopia noraisiny tamin' Izy niditra tao, ary nobaikoiny ireo olona ireo hiala eo amin' ny manodidina ny tempoly. Hafanampo sy fihetsika henjana mbola tsy nasehony mihitsy no nentiny nanongana ireo latabatry ny mpanakaio vola. Raraka ny vola. nikorintsana teo amin' ny vatososa teny amin' ny gorodona. Tsy nisy nihevitra izay hanontany ny fahefany. Tsy nisy sahy nijanona nanangona ny tombom-barotra azony tamin' ny fomba tsy tsara. Tsy nikapoka azy tamin' ny kotopia akory Jesosy, fa teny an-tanany io kotopia tsotra io dia tahaka ny sabatra milela afo. Ny mpanao raharaha tao amin' ny tempoly, ny mpisorona mpamisavisa izay ahazoany tombony, ny mpanao irakely sy ny mpivarotra biby fiompy, niaraka tamin' ny ondriny sy ny ombiny, dia samy niroho ra niala teo, tsy nihevitra afa-tsy ny handositra ny fanamelohana noho ny fanatrehany. {IFM 153.1}

Tahotra nampisavoritaka no nanenika ny vahoaka, rehefa tsapany fa nandindona azy ny maha-Andriamanitra an' i Jesosy. Antsoantso feno tahotra no nivoaka tsy tana avy tamin' ny molotra hatsatra an-jatony. Na dia ny mpianatra aza nangovitra. Raiki-tahotra izy noho ny teny sy ny fihetsik' i Jesosy, izay tsy nitovy tamin' ny fitondrantenany mahazatra. Tsaroany fa misy teny voasoratra momba azy manao hoe : «Fa ny firehetako ny amin' ny tranonao no naharitra aina ahy»5Vetivety dia lasa lavitry ny tempolin' i Jehovah ireo vahoaka mitabataba, miaraka amin' ny entam-barony. Afaka amin' ny varotra tsy masina ny kianja, ary fahanginana lalina sy manetriketrika no nisolo toerana ny korontana niseho teo. Nahamasina ny tempoly natsangana ho voninahiny ankehitriny ny fanatrehan' i Jehovah, dia izay nanamasina ny tendrombohitra Sinay koa fahiny. {IFM 153.2}

Nanambara ny asa nanirahana Azy ho Mesia Jesosy sady nanomboka izany tamin' ny nanadiovany ny tempoly. Natsangana ho fitoeran' ny fanatrehan' Andriamanitra io tempoly io ary natao mba hitondra lesona azo tsapain-tanana ho an' ny Isiraely sy ho an' izao tontolo izao. Hatramin' ny mandrakizay dia fikasan' Andriamanitra ny hahatonga izay noforoniny rehetra, hatramin' ny serafima mamirapiratra sy masina ka hatramin' ny olombelona, ho tempoly hitoeran' ny Mpamorona. Noho ny fahotana, dia nijanona tsy ho tempoly ho an' Andriamanitra ny taranak' olombelona. Nohamaizinin' ny ratsy sy nolotoiny ny fon' ny olona ka tsy naneho intsony ny voninahitr' Ilay Andriamanitra. Nefa tamin' ny nandraisan' ny Zanak' Andriamanitra ny nofon' olombelona, dia tanteraka ny fikasan' ny lanitra. Nitoetra tao amin' ny mahaolombelona Andriamanitra. ary amin' ny

alalan' ny fahasoavany mamonjy dia manjary tempoliny indray ny fon' ny olombelona. Nokendren' Andriamanitra ho vavolombelona mitohy ny amin' ny fikendrena ambony ho an' ny fanahy tsirairay ny tempolin' i Jerosalema. Tsy azon' ny Jiosy anefa ny dikan' ilay trano nireharehany be dia be. Tsy nekeny ho tempoly masina ho an' ny Fanahin' Andriamanitra ny tenany. Tena marina loatra fa nampiseho ny tempolin' ny fo voaloton' ny fisian' ny filan' ny nofo sy ny fisainana tsy masina ny kianjan' ny tempoly tany Jerosalema, dia Jerosalema izay fenon' ny tabataban' ny varotra tsy masina. Ny nanadiovan' i Jesosy ny tempoly tamin' ny mpividy sy ny mpivarotra araka izao tontolo izao dia nanambarany ny asa nanirahana Azy, dia ny hanadio ny fo avy amin' ny fahalotoan' ny fahotana — avy amin' ny filan' ny nofo, ny filan-dratsy ombam-pitiavan-tena, ny fahazaran-dratsy izay mandoto ny fanahy. «Ny Tompo Izay tadiavinareo dia ho avy tampoka ho eo an-tempoliny ; ary ny anjelin' ny fanekena Izay irinareo, dia indro tamy Izy, hoy Jehovah Tompon' ny maro. Nefa iza no mahatanty ny andro hiaviany ? Ary iza no mahajanona raha miseho Izy.? Fa Izy dia tahaka ny afon' ny mpandrendrika sy ny savonin' ny mpanasa lamba. Ary hipetraka handrendrika sy hanadio volafotsy Izy ; eny, hanadio ny taranak' i Levy Izy sy handrendrika azy toy ny fandrendrika volamena sy volafotsy»6 {IFM 154.1}

«Tsy fantatrareo va fa tempolin' Andriamanitra hianareo, ary ny Fanahin' Andriamanitra mitoetra ao anatinareo ? Raha misy manimba ny tempolin' Andriamanitra, dia mba hosimban' Andriamanitra koa izy ; fa masina ny tempolin' Andriamanitra, dia hianareo izany»7 Tsy misy olona afaka mandroaka amin' ny tenany samirery ny ratsy miditra ao am-po. Kristy irery ihany no afaka manadio ny tempolin' ny fanahy. Tsy hiditra an-keriny anefa Izy. Tsy tahaka ny nidirany tao amin' ny tempoly fahiny no idirany ao amin' ny fo ; fa hoy kosa Izy : «Indro, efa mitsangana eo am-baravarana aho ka mandondona; raha misy mihaino ny feoko ka mamoha ny varavarana, dia hiditra ao aminy Aho»8 Hiditra Izy, tsý indray andro fotsiny, satria hoy Izy «Honina ao aminy Aho sy handeha eo aminy ... ary izy ho oloko». «Hanitsakitsaka ny fahotantsika, eny, harianao ho any amin' ny ranomasina lalina ny fahotany rehetra»8 9 Hanadio sy hanamasina ny fanahy ny fanatrehany, hany ka ho tempoly masina ho an' i Jehovah sy ho «fonenan' Andriamanitra amin' ny Fanahy»10 {IFM 154.2}

Resin' ny hery lehibe ny mpisorona sy ny mpanapaka ary natahotra ka lasa nandositra ny kianjan' ny tempoly, sy nandositra ilay fijery mikaroka lalina izay mamaky ny ao am-po. Teo am-pandosirana dia nifanena tamin' ny hafa izay handeha ho any amin' ny tempoly izy ; nobaikoiny hiverina ireo ka notantarainy taminy izay efa hitany sy reny. Nangoraka sy antra Kristy nijery ireto olona nandositra noho ny tahotra. sy noho ny tsy fahalalany ny tena fanompoam-pivavahana marina. Io zavatra miseho io, dia nahitany ny tandindon' ny fiparitahan' ny firenena jiosy manontolo noho ny faharatsiany sy ny tsy fetezany hibebaka. {IFM 155.1}

Ary nahoana no nandositra ny tempoly ny mpisorona ? Nahoana izy no tsy nijoro teo amin' ny toerany ? Zanaky ny mpandrafitra no nibaiko azy handeha, Galiliana mahantra, tsy manana laharamboninahitra na fahefana ara-nofo akory. Nahoana no tsy notoheriny Izy ? Nahoana no navelany ny tombom-barotra azony tamin' ny fomba tsy mety, ka nandositra rehefa nibaiko Ilay tso-dahy izay tsy misy itiavana Azy ? {IFM 155.2}

Niteny tamin' ny fahefan' ny mpanjaka Kristy, ary teo amin' ny fisehoany ivelany, teo amin' ny feony, dia nisy fahefana izay tsy hainy notoherina. Tsapany, araka izay tsy mbola hitany teo aloha mihitsy, ny tena toerana nisy azy amin' ny maha-mpihatsaravelatsihy sy mpangalatra azy. Rehefa namirapiratra avy tao amin' ny mahaolombelona ny maha-Andriamanitra, dia tsy hatezerana fotsiny no hitany teo amin' ny endrik' i Kristy ; tsapany koa ny maha-zavadehibe ny teny nataony. Tahaka ny teo anoloan' ny Mpitsara mandrakizay ny tenany, mandre ny didim-pitsarana mianjady aminy ho amin' ny fotoana sy ho mandrakizay. Resy lahatra fotoana fohy izy aloha fa mpaminany Kristy : ary betsaka no nino Azy ho Mesia. Nitselatra tao an-tsainy tamin' ny alalan' ny Fanahy Masina ireo teny nataon' ny mpaminany mikasika an' i Kristy. Hanaiky izany faharesen-dahatra izany va Izy ? {IFM 155.3}

Ny hibebaka, tsy tiany izany. Fantany fa nifoha ny fangorahan' i Kristy ny mahantra. Fantany fa meloka izy rehetra noho izy nanao an-keriny tamin' ny vahoaka. Koa satria fantatr' i Kristy ny eritreriny dia nankahala Azy izy. Nampietry ny avonavony ny fanamelohana ampahibemaso, ary nialona ny heriny mitombo hatrany niasa mangina teo amin' ny vahoaka izy ireo. Tapa-kevitra ny hiaika Azy izy momba ny fahefana izay nandroahany azy, ary momba izay nanome Azy io fahefana io. {IFM 156.1}

Niverina tsimoramora ho eo amin' ny tempoly izy sady lasa fisainana, ny fankahalana anefa tao am-pony. Fiovana manao ahoana no nitranga tamin' izy tsy teo. Rehefa nandositra izy, dia nijanona tao aoriana ny mahantra.: ary ankehitriny dia mijery an' i Jesosy ireo, izay nanambara fitiavana sy firaisam-po ny endriny. Nanganohano ny ranomasony raha niteny tamin' ireo nangovitra nanodidina Azy Izy hoe : Aza matahotra. Hanafaka anao Aho, dia hanome voninahitra Ahy ianao. Izany no nahatongavako eto amin' izao tontolo izao. {IFM 156.2}

Nifanizina teo anatrehan' i Kristy ny vahoaka sady nanao antso dodona sy nahonena hoe : Mpampianatra o ! tahio aho. Reny ny antso rehetra. Nangoraka mihoatra noho ny reny be fitiavana Izy, niondrika teo amin' ireo madinika mijaly. Nokarakarainy avokoa izy rehetra. Sitrana ny tsirairay na toy inona na toy inona aretiny. Nanoka-bava nisaotra ny moana; ny jamba nibanjina ny tavan' Ilay namerina ny fahasalamany. Faly ny fon' ny nijaly. {IFM 156.3}

Fanambarana toy inona tamin' ny mpisorona sy ny mpandraharaha tao amin' ny tempoly re ny nahita maso io asa lehibe io ! Nitantara ny fahoriana nozakainy ny

vahoaka, ny fahadisoampanantenany, ny andro feno fijaliana sy ny alina tsy natoriana. Rehefa ho faty ilay taratry ny fanantenana farany dia nanasitrana azy Kristy. Navesatra loatra ny entana, hoy ny anankiray ; nefa nahita Mpanampy aho. Izy no Zanak' Andriamanitra kahanokana ny fiainako hanompo Azy aho. Hoy ny ray aman-dreny tamin' ny zanany : namonjy ny ainareo Izy ; asandrato ny feonareo ka miderà Azy. Niray feo hisaotra sy hankalaza Azy ny zaza sy ny tanora, ny ray sy ny reny, ny sakaiza sy ny mpitazana. Fanantenana sy fifaliana no nameno ny fo. Tonga tao an-tsainy ny fiadanana. Sitrana ny fanahiny sy ny vatany, koa dia niverina tany an-tokantranony izy, nanambara hatraiza hatraiza ny fitiavan' i Jesosy tsy misy toa azy. {IFM 156.4}

Tamin' ny nanomboana an' i Kristy teo amin' ny hazo fijaliana dia tsy niaraka tamin' ny vahoaka romotra niantsoantso hoe : Homboy, homboy amin' ny hazo fijaliana ireo izay nositraniny toy izany. Niray fo tamin' i Jesosy izy ; efa tsapany mantsy ny firaisampony lehibe sy ny heriny mahagaga. Fantany fa Mpamonjy azy Izy, satria nanome azy ny fahasalaman' ny vatana sy ny fanahy. Nihaino ny toritenin' ny apostoly izy ka nanome azy saina mahafantatra ny fidiran' ny tenin' Andriamanitra tao am-pony. Nanjary fiasan' ny famindrampon' Andriamanitra izy sy fitaovana ho amin' ny famonjeny. {IFM 157.1}

Rehefa afaka fotoana fohy dia niverina tsimoramora ireo olona marobe nandositra niala ny kianjan' ny tempoly. Efa afaka ny tahotra nampisavoritaka azy, nefa mbola nampiseho tsy fahatapahan-kevitra sy fahamenarana ny endriny. Gaga izy nahita ny asan' i Jesosy ary niaiky fa tanteraka ireo faminaniana mikasika ny Mesia. Raha ny tena izy dia nitoetra teo amin' ny mpisorona ny fahotana tamin' ny fametavetana ny tempoly. Ny fandaminana nataony no nahatonga ny kianja ho tsena. Azo heverina ho tsy manan-tsiny ny vahoaka. Nanaitra azy ny fahefan' Andriamanitra tao amin' i Jesosy ; nefa faratampony ho azy ireo ny hery miasa mangina avy amin' ny mpisorona sy ny mpanapaka. Zava-baovao taminy ny asa nataon' i Kristy, ary nanontany tena izy hoe : hatraiza no faritry ny hahazoan' i Jesosy manohitra ny fahefan' ireo mpandraharaha ao amin' ny tempoly. Nanafintohina azy ny nampiatoana ny varotra; koa nampangininy ny faharesen-dahatra avy amin' ny Fanahy Masina. {IFM 157.2}

Ny mpisorona sy ny mpanapaka, mihoatra noho ny hafa rehetra, no tokony nahita teo amin' i Jesosy Ilay voahosotr' i Jehovah ; teo am-pelatanan' izy ireo mantsy ireo horonan-taratasy sarobidy izay milaza ny toetry ny asa nanirahana Azy ; ary fantatr' izy ireo fa fanehoana hery mihoatra noho ny an' ny olombelona ny fanadiovana ny tempoly. Na dia betsaka aza ny fankahalany an' i Jesosy, dia tsy afaka niala taminy fa mpaminany nirahin' Andriamanitra Izy mba hamerina ny fahamasinan' ny tempoly. Niteraka fanajana io tahotra io, koa nanatona Azy izy nanontany hoe : «Inona no famantarana asehonao aminay, no manao izao zavatra izao Ianao ?» {IFM 157.3}

Efa naneho famantarana Jesosy. Nampitselatra ny fahazavana tao am-pony Izy, ary

nanao ny asa tokony hataon' ny Mesia teo anatrehany, ary tamin' izany dia nanome porofo maharesy lahatra ny amin' ny toetra amam-panahiny Izy. Rehefa nangataka famantarana taminy izy dia novaliany tamin' ny alalan' ny fanoharana izay nanehoany fa novakiany ny faharatsian' izy ireo ary hitany, hatraiza no mety hitarihan' izany azy ireo. «Ravao ity tempoly ity, hoy Izy, ary amin' ny hateloana dia hatsangako indray izy». {IFM 158.1}

Mandray roa ny dikan' ireo teny ireo. Tsy ny faharavan' ny Tempoly sy ny fombam-pivavahana jiosy ihany no ambarany, fa ny fahafatesan' ny tenany koa, dia ny fandravana ny tempolin' ny tenany. Efa notetehin' ny Jiosy sahady izany. Rehefa niverina ho any amin' ny tempoly ny mpisorona sy ny mpanapaka, dia nikasa ny hamono an' i Jesosy izy, ary amin' izany fomba izany dia ho afaka amin' ny mpanakorontana. Nefa kosa rehefa nasehon' i Jesosy teo anatrehany ny fikasany, dia tsy azony ny teniny. Noraisiny ho azo ampiharina amin' ny tempolin' i Jerosalema fotsiny izany teny izany, ary tezitra izy niloa-bava hoe : «Enina amby efa-polo taona izay no efa nanaovana ity tempoly ity, ka Hianao va hahatsangana azy amin' ny hateloana ?» Tsapan' izy ireo izao fa efa nohamarinin' i Jesosy ny tsy finoany; koa nohamafisiny ny fandavany Azy. {IFM 158.2}

Tsy nokendren' i Kristy ho azon' ny Jiosy tsy mino ny teniny, na dia ireo mpianany aza, tamin' io fotoana io. Fantany fa ho diso fandray izany ny fahavalony, ary havadika hamelezana Azy izany. Hoentina hiampangana Azy amin' ny fitsarana Azy izany ary eny Kalvary dia hatoraka Aminy ho fanarabiana. Ny manazava izany aminy ankehitriny anefa dia hahatonga ny mpianatra hahalala ny fijaliany, ary hiteraka alahelo aminy izay tsy mbola hainy zakaina. Ny fanazavana izany koa dia hampiharihary mialoha amin' ny Jiosy ny ho vokatry ny hevitra mibahana ao am-pony sy ny tsy finoany. Efa niditra sahady teo amin' ny lalana izay hiafara amin' ny fitondrana Azy toy ny zanak' Ondry entina hovonoina Izy. {IFM 158.3}

Ho an' ireo te-hino Azy no nanaovan' i Kristy ireo teny ireo. Fantany fa haverina izany. Nolazaina tamin' ny Paska izany ka ho tonga any an-tsofin' olona an' arivony, ary hoentina any amin' ny faritra rehetra eo amin' izao tontolo izao. Rehefa ho tafatsangana amin' ny maty Izy, dia hazava ny dikan' izany. Ho porofo mazava ny maha-Andriamanitra Azy izany amin' ny maro. {IFM 158.4}

Noho ny fahamaizinany ara-panahy, na dia ny mpianatr' i Jesosy aza matetika dia diso tamin' ny fandraisana ny lesona nomeny. Betsaka tamin' ireo lesona ireo anefa no nanjary nazava ho azy ireo noho ny toe-javatra niseho nanaraka. Rehefa tsy niaraka taminy intsony Izy, dia nijanona tao am-pony ny teniny. {IFM 159.1}

Raha momba ny amin' ny tempoly tany Jerosalema ny tenin' ny Mpamonjy manao hoe : «Ravao ity tempoly ity, ary amin' ny hateloana dia hatsangako indray izy», dia manana dikany lalina mihoatra noho izay mety ho takatry ny mpihaino. Kristy no fototry

ny tempoly sy ainy. Tandindon' ny fanatitry ny Zanak' Andriamanitra ny fanompoam-pivavahana tao. Naorina ny antokon' ny mpisorona mba haneho ny toetra sy ny asan' i Kristy amin' ny maha mpanelanelana Azy. Ny drafitra manontolo momba ny fanompoampivavahana fanatitra dia fanehoana mialoha ny fahafatesan' ny Mpamonjy hanavotana an' izao tontolo izao. Tsy misy asany ireny fanatitra ireny rehefa ho tanteraka ilay toe-javatra lehibe efa notondroiny nandritra ny taona nifandimby. {IFM 159.2}

Koa satria tandindon' i Kristy avokoa ny fanompoam-pivavahana manontolo, dia tsy misy tombam-bidiny izany rehefa tsy eo Aminy. Rehefa nanamafy ny fandavany an' i Kristy toy ny nasiana tombokase ny Jiosy ka nanolotra Azy ho faty, dia nolaviny koa izay rehetra dikan' ny tempoly sy ny fanompoam-pivavahana natao tao. Lasa ny fahamasinany. Notandindomim-paharavana izany. Hatramin' io andro io dia tsy misy dikany ny fanatitra sy ny fanompoam-pivavahana nifanaraka tamin' izany. Tahaka ny fanatitr' i Kaina, dia tsy nanambara finoana ny Mpamonjy izany. Raha namono an' i Kristy ny Jiosy, dia azo lazaina fa nandrava ny tempoliny izy. Rehefa nohomboina tamin' ny hazo fijaliana Kristy, dia triatra roa ny lamba tao anatin' ny tempoly hatrany ambony ka hatrany ambany ; nanambara izany fa vita ilay fanatitra lehibe farany, ary tapitra mandrakizay ny drafitra momba ny fanatitra. {IFM 159.3}

«Amin' ny hateloana dia hatsangako indray izy». Teo amin' ny fahafatesan' ny Mpamonjy dia toa nandresy ny herin' ny maizina ka nihoby ny fandreseny. Nefa nivoaka toy ny mpandresy avy teo amin' ny fasana nampindramin' i Josefa Jesosy. «Ary nesoriny tsy ho eo amin' ny tenany ny fanapahana sy ny fahefana, ary . . . nasehony miharihary ny fitondrany ireo toy ny fanaon' izay avy nandresy»11 Noho ny fahafatesany sy ny fitsanganany tamin' ny maty, dia nanjary mpanao fanompoam-pivavahana ao amin' ny fitoerana masina sy «ny tena tabernakeiy izay naorin' ny Tompo fa tsy olona Izy»12 Olona no nanorina ny tabernakelin' ny Jiosy: olona no nanorina ny tempolin' ny Jiosy ; fa ilay fitoerana masina any an-danitra kosa, izay tandindon' izany ny eto an-tany, dia tsy mpanao mari-trano olombelona no nanao izany. «Indro Lehilahy atao hoe Rantsana ... Izy no hanao ny tempolin' i Jehovah, ary Izy no hitondra voninahitra ka hipetraka sy hanapaka eo amin' ny seza fiandrianany» 13 {IFM 159.4}

Nijanona ny fanompoam-pivavahana izay nanondro an' i Kristy ; nitodika ho amin' ilay tena sorona ho an' ny fahotan' izao tontolo izao kosa ny mason' ny olona : tapitra ny asa fisoronana teto an-tany ; mijery an' i Jesosy kosa isika. «ilay mpanao fanompoam-pivavahana ao amin' ny fanekena vaovao», ary amin' ny «ra famafazana, izay miteny tsara lavitra noho ny an' i Abela». «Tsy mbola voaseho ny làlana mankany amin' ny fitoerana masina indrindra raha mbola ao ihany ny tabernakeiy voalohany ;... fa Kristy kosa, rehefa tonga ho Mpisoronabe ny amin' ny zavatra ho avy, dia namaky teo amin' ny tabernakeiy lehibe lavitra sady tsara lavitra, izay tsy nataon-tànana, . . . dia niditra indray mandeha ho any amin' ny fitoerana masina ka nahazo fanavotana mandrakizay»14 {IFM

160.1}

«Koa amin' izany dia mahavonjy tokoa izay manatona an' Andriamanitra amin' ny alalany Izy, satria velona mandrakizay hanao fifonana ho azy»1 Na dia natao hoesorina tamin' ny tempoly teto an-tany ka afindra ho any an-danitra aza ny fanompoam-pivavahana, na dia tsy ho hitan' ny mason' olombelona aza ny fitoerana masina sy ny mpisoronabentsika, dia tsy hisy fatiantoka ho an' ny mpianatra tsy akory izany. Tsy ho tsapany fa tapaka ny firaisany ary mihena ny heriny noho ny tsy maha-eo ny Mpamonjy. Raha manao fanompoam-pivavahana any amin' ny fitoerana masina any ambony Jesosy, dia mbola eto amin' ny fiangonana eto an-tany Izy amin' ny alalan' ny Fanahiny. Nalana tsy ho hitan' ny mason' ny nofo Izy, tanteraka kosa ny teny fikasana nataony tamin' Izy nandeha : «Indro, Izaho momba anareo mandrakariva ambarapahatongan' ny fahataperan' izao tontolo izao»16 Nomeny mpanao fanompoam-pivavahana ambany kokoa ny fahefany, fa ny fanatrehany mitondra aina kosa dia mbola eo amin' ny fiangonany. {IFM 160.2}

«Koa satria isika manana Mpisoronabe lehibe,... dia Jesosy Zanak' Andriamanitra, aoka isika hihazona ilay efa nekentsika. Fa isika tsy manana mpisoronabe izay tsy mahay miara-mitondra ny fahalementsika fa Izay efa nalaim-panahy tamin' ny zavatra rehetra tahaka antsika, kanefa tsy nanana ota. Koa aoka isika hanatona ny seza fiandrianan' ny fahasoavana amin' ny fahasahiana, mba hahazoantsika famindrampo sy hahitantsika fahasoavana ho famonjena amin' izay andro mahory»17 {IFM 161.1}

## Toko 17—Nikodemosy

Nitana toeram-pitokisana ambony tao amin' ny firenena Jiosy i Nikodemosy. Nahita fianarana ambony izy, nanan-talenta tsy fahita firy, sady mambra henin-kaja tao amin' ny filan-kevi-pirenena. Tahaka ny hafa koa dia voakitikitiky ny fampianaran' i Jesosy izy. Na dia nanan-karena sy nahita fianarana ary be voninahitra aza izy, dia nahasarika azy tamin' ny fomba hafahafa ilay Nazareana tsotra. Latsaka lalina tao am-pony ireo lesona avy amin' ny molotry ny Mpamonjy, ka naniry ny hahalala bebe kokoa ny momba ireo fahamarinana mahagaga izy. {IFM 163.1}

Ny fampiasan' i Kristy ny fahefany tamin' Izy nanadio ny tempoly dia namohafoha fankahalana hentitra avy amin' ireo mpisorona sy ireo mpanapaka. Nampatahotra azy ireo ny fahefan' ity vahiny ity. Tsy azo leferina ny fahasahiana toy izany avy amin' ity Galiliana tsy dia fantatra loatra ity. Nikaon-doha ry zareo ny amin' izay hahatapaka tarangana ny asany. Nefa tsy niray hevitra tamin' izany fikasana izany ny rehetra. Nisy natahotra ny hanohitra izay hita mazava fa nohetsehin' ny Fanahin' Andriamanitra. Tsaroany ny namonoana ny mpaminany izay niampanga ny fahotan' ny mpitarika tao amin' Isiraely. Fantany fa vokatry ny fikiribibiana hitsipaka ireo fanomezan-tsiny avy amin' Andriamanitra ny fanandevozan' ny firenena jentilisa ny Jiosy. Natahotra izy ireo sao manaraka ny dian' ireo razany ny mpisorona sy ny mpanapaka raha mioko hamely an' i Jesosy, ka hitarika antambo vaovao indray amin' ny firenena. Niray saina tamin' ireo i Nikodemosy. Tamin' ny fivorian' ny Synedriona, rehefa nodinihina izay tokony hatao ny amin' i Jesosy, dia nanorohevitra i Nikodemosy ny hitandremana sy ny hitonena. Nanantitrantitra izy fa raha tena manana fahefana avy amin' Andriamanitra Jesosy, dia hampidi-doza ny mitsipaka ny fananarany. Tsy sahy nanao tsinontsinona io toro-hevitra io ny mpisorona, ka tamin' izany fotoana izany dia tsy nisy fanapahan-kevitra mivantana noraisiny hanoherana ny Mpamonjy. {IFM 163.2}

Hatramin' ny nandrenesany an' i Jesosy, dia nianatra fatratra tamim-pangitakitahana ireo faminaniana mikasika ny Mesia i Nikodemosy ; ary arakaraka ny nandinihany, dia arakaraka izany koa no naharesy lahatra azy fa Izy no Ilay ho avy. Toy ireo olonkafa maro tao amin' Isiraely dia nampalahelo azy mafy tokoa ny fametavetana ny tempoly. Vavolombelon' ny toe-javatra nitranga izy raha nandroaka ny mpivarotra sy ny mpividy tao amin' ny tempoly Jesosy ; nahita ny fanehoana mahagaga ny herin' Andriamanitra izy ; nahita ny Mpamonjy nandray ny mahantra sy nahasitrana ny marary izy ; nahita ny fijerin' izy ireo nitory hafaliana sy nandre ny teny fiderana nataon' izy ireo izy, ka tsy afaka nisalasala fa Jesosy avy any Nazareta no Ilay nirahin' Andriamanitra. {IFM 164.1}

Naniry indrindra ny hiresaka amin' i Jesosy izy, nefa natahotra ny hitady Azy ampahibemaso. Ho fanetren-tena be loatra ho an' ny mpanapaka teo amin' ny Jiosy ny hitsotra fa miray fo amin' ny mpampianatra mbola ambany laza toy izao. Ary raha ren'

ny Synedriona ny nanatonany an' i Jesosy, dia hahatonga fanesoesoana sy fanamelohana azy izany. Nanapa-kevitra izy fa hanatona an' i Jesosy mangingina, ary ho fanamarinana izany fihetsika izany dia nataony hoe : raha mankany amin' i Jesosy ampahibemaso izy, dia hanaraka ny ohatra nomeny koa ny hafa. Rehefa fantany ny toerana fitokanan' ny Mpamonjy teo amin' ny tendrombohitra Oliva, tamin' ny alalan' ny fanadihadiana manokana nataony, dia nandrasany ho renoky ny torimaso ny tanàna, dia lasa nitady Azy izy. {IFM 164.2}

Raha teo anatrehan' i Kristy i Nikodemosy dia menamenatra hafahafa, ka niezahany nafenina izany tamin' ny fihetsika tony sy mendrika haja : «Raby o, hoy izy, fantatray fa mpampianatra avy amin' Andriamanitra Hianao ; fa tsy misy olona mahay izao famantarana ataonao izao, raha tsy Andriamanitra no momba azy»1 Nanantena izy fa raha miteny ny amin' ireo fahaizana manokana dia manokana teo amin' i Kristy amin' ny maha-mpampianatra Azy, sy miteny ny amin' ny fahefany mahatalanjona hanao fahagagana, dia hanamboamboatra ny lalana hahatsara.ny resany. Nokasainy haneho fitokisana an' i Jesosy ireo teny nataony; kanjo tena tsy finoana no nasehon' izany raha ny tena marina. Tsy nekeny ho Mesia Jesosy fa mpampianatra avy amin' Andriamanitra fotsiny. {IFM 164.3}

Tsy nanaiky io fiarahabana io Jesosy, fa nampifantoka ny masony tamin' ilay niteny izany Izy, toy ny nahafantatra izay tao amin' ny fanahiny mihitsy. Noho ny fahendreny tsy misy fetra dia olona mikatsaka ny fahamarinana no hitany teo anatrehany. Fantany ny anton' ny nitadiavany Azy, ary naniry ny handatsaka lalindalina kokoa ny faharesen-dahatra efa tao an-tsain' ilay nihaino Azy Izy, ka ny tena izy avy hatrany no nolazainy tamin' ny fomba manetriketrika nefa tamim-pahalemem-panahy : «Lazaiko aminao marina dia marina tokoa fa raha tsy ateraka avy any ambony ny olona, dia tsy afaka mahita ny fanjakan' Andriamanitra». {IFM 165.1}

Nanatona ny Tompo i Nikodemosy mba hiady hevitra Aminy, nefa nasehon' i Jesosy nihanjahanja ireo foto-kevitry ny fahamarinana. Hoy Izy tamin' i Nikodemosy : tsy fahalalana ara-tsaina no ilainao mihoatra noho ny fanavaozana ara-panahy. Tsy ilainao ny hahafa-po ny fitiavanao hahalala zavatra, fa ny hanana fo vaovao no ilainao. Tsy maintsy mandray fiainam-baovao avy any ambony ianao, alohan' ny hahazoanao mankasitraka ny zavatra any an-danitra. Mandra-pahavitan' io fanovana io, izay hahatonga ny zavatra rehetra ho vaovao, dia tsy hitondra voka-tsoa ho anao ny hiady hevitra Amiko ny amin' ny fahefako na ny momba ny asa nanirahana Ahy. {IFM 165.2}

Efa ren' i Nikodemosy ny toritenin' i Jaona Mpanao Batisa momba ny fibebahana sy ny batisa, sy ny nanondroany tamin' ny vahoaka Ilay hanao batisa amin' ny Fanahy Masina. Ny tenany mihitsy no nahatsapa fa banga ny ara-panahy teo amin' ny Jiosy; fa ny fisehoana ho tia vavaka sy ny hambom-po araka izao tontolo izao no nifehy betsaka azy ireo. Nanantena izy fa ho tsara kokoa ny toe-javatra tamin' ny fiavian' ny Mesia.

Nefa ny hafatra nampihetsi-po nentin' i Jaona Mpanao Batisa dia tsy afaka niasa tao aminy hampihaiky azy ny fahotany. Fariseo hiringiriny izy, sady nirehareha tamin' ny asa tsara nataony. Nankasitrahana tokoa izy noho ny hatsaram-panahiny sy ny fahalahantanany tamin' ny fanohanany ny asa fanompoana tao amin' ny tempoly, ary nahazo toky izy fa ankasitrahan' Andriamanitra. Nanaitra azy ny filazana fa misy fanjakana madio indrindra ka tsy ho hitany amin' izao toetrany izao. {IFM 165.3}

Ny sarin' ny fahateraham-baovao, izay nampiasain' i Jesosy, dia tsy hoe vaovao ho an' i Nikodemosy akory. Ny Jentilisa niova fo ka nandray ny finoan' ny Isiraely dia nampitahaina matetika tamin' ny zaza vao teraka. Noho izany dia tsy maintsy azony tsara ny tenin' i Kristy fa tsy ekeny horaisina ara-bakiteny. Nefa noho izy Isiraelita ara-pirazanana dia noheveriny fa azo antoka ny toerana ho azy ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra. Tsapany fa tsy mila fiovana izy. Ary izany no nahataitra azy tamin' ny tenin' ny Mpamonjy. Nahasosotra azy ny fampiharana izany akaiky tamin' ny tenany. Niady tamin' ny faniriana marina hikatsaka ny fahamarinana ny avonavon' ny Fariseo. Nahagaga azy ny nitenenan' i Kristy azy tamin' izany fomba izany, izay tsy nisy fanajana ny toerany amin' ny mahampanapaka azy ao amin' Isiraely. {IFM 165.4}

Voan' ny tampoka izy teto ka tsy nahafehy ny tenany, ary namaly an' i Kristy tamin' ny teny feno fanesoesoana hoe : «Hatao ahoana no hahatonga izany zavatra izany ?» Tahaka ny olona maro hafa, rehefa misy fahamarinana mazava tonga ao amin' ny feon' ny fieritreretany, dia nasehony koa fa tsy mandray ny zavatra araka ny Fanahin' Andriamanitra ny olona ara-nofo. Tsy misy na inona na inona ao aminy izay mifandray amin' ny zavatra ara-panahy ; satria ny ara-panahy no mahay manavaka ny zavatra ara-panahy. {IFM 166.1}

Nefa tsy notsenain' ny Mpamonjy tamin' ny adi-hevitra ny adi-hevitra. Natsangany tamin' ny fomba manetriketrika, tony sy mendrika ny tanany, dia nantitranteriny tamin' ny toky bebe kokoa ny fahamarinana : «Lazaiko aminao marina dia marina tokoa, raha tsy ateraky ny rano sy ny fanahy ny olona, dia tsy mahazo miditra ny fanjakan' Andriamanitra». Fantatr' i Nikodemosy tsara fa ny manitra no nambaran' i Kristy. Resy lahatra izy fa manoloana azy izao Ilay nolazain' i Jaona Mpanao batisa mialoha. {IFM 166.2}

Notohizan' i Jesosy hoe : «Izay ateraky ny nofo dia nofo; ary izay ateraky ny Fanahy dia fanahy». Amin' ny ara-nofo dia ratsy ny fo ary «aiza no misy madio ateraky ny tsy madio ? Tsy misy na dia iray akory aza»2 Tsy misy zavatra azon' ny olombelona foronina izay ho fanafodin' ny fanahy manota. «Fandrafiana an' Andriamanitra ny hevitry ny nofo; fa tsy manaiky ny lalàn' Andriamanitra izy, sady tsy hainy akory izany». «Fa avy amin' ny fo no ivoahan' ny sain-dratsy, dia ny vonoan' olona, ny fakam-badin' olona, ny fijangajangana, ny halatra, ny ampanga lainga, ny fitenenan-dratsy»3 Tsy maintsy diovina ny loharanon' ny fo izay vao hadio ny rano mikoriana avy ao. Izay

miezaka ny hahatratra ny lanitra amin' ny asan' ny tenany amin' ny fitandremana ny lalàna, dia manandrana zavatra tsy ho vita. Tsy misy antoka ho an' ny olona izay mivavaka araka ny lalàna fotsiny, izay endriky ny toe-panahy araka an' Andria-manitra. Ny fiainana kristiana dia tsy fanamboarana na fanatsarana ny teo aloha, fa fanavaozana azy. Misy fahafatesana amin' ny tena sy amin' ny fahotana, ary fiainam-baovao miaraka amin' izany. Tsy misy afa-tsy ny asa mahomby ataon' ny Fanahy Masina ihany no mahatanteraka io fanovana io. {IFM 166.3}

Mbola very hevitra i Nikodemosy ka nampiasain' i Jesosy ny sary momba ny rivotra hanazavany ny tiany holazaina : «Ny rivotra mitsoka amin' izay tiany, ary renao ny feony, nefa tsy fantatrao izay iaviany na izay alehany, dia tahaka izany izay rehetra ateraky ny Fanahy». {IFM 167.1}

Re eny amin' ny rantsan-kazo ny fitsoky ny rivotra, mikasaosaoka eny amin' ny ravinkazo sy ny voninkazo ; nefa tsy hita maso izy, ary tsy misy olona mahalala izay niaviany, na izay alehany. Toy izany koa ny asan' ny Fanahy Masina eo amin' ny fo. Tsy azo hazavaina toy ny fandehan' ny rivotra izany. Mety tsy ho azon' ny olona holazaina ny fotoana marina na ny toerana niovany fo. na tsy azony atao ny hanoritra ny antsipiriany momba izany ; nefa tsy milaza akory izany fa tsy niova fo izy. Amin' ny alalan' ny fiasana tsy hita maso tahaka ny rivotra no iasan' i Kristy tsy miato eo amin' ny fo. Tsikelikely eny, ary angamba tsy tsapan' ilay mandray izany akory, dia misy hevitra tafiditra ao am-po izay mitarika ny fanahy ho eo amin' i Kristy. Mety ho azo izany amin' ny fieritreretana momba Azy, amin' ny famakiana ny Soratra Masina, avy amin' ny fihainoana ny teny avy amin' ny mpitoriteny. Ary amin' ny tsy ampoizina, rehefa misy antso mivantana kokoa avy amin' ny Fanahy, dia milefitra amirnpifaliana amin' i Jesosy ny fanahy. Lazain' ny maro fa fiovam-po tampoka izany ; nefa vokatry ny fitarainana maharitra nataon' ny Fanahin' Andriamanitra, izay nitaky asa maharitra feno faharetana. {IFM 167.2}

Tsy hita ny rivotra, nefa misy vokany hita maso sy tsapan' ny tanana. Toy izany koa, ny asan' ny Fanahy eo amin' ny fanahy dia hiseho eo amin' ny fihetsika rehetran' izay mahatsapa ny heriny mahavonjy. Rehefa mambabo ny fo ny Fanahy Masina dia manova ny fiainana. Avela ny eritreritra feno fahotana, afoy ny asa ratsy ; ny fitiavana, ny fanetren-tena, ny fiadanana no mandray ny toeran' ny fahatezerana, ny fitsiriritana sy ny ady lahy. Mandray ny toeran' ny alahelo ny fifaliana, ka mitaratra ny fahazavan' ny lanitra ny endrika. Tsy misy mahita ny tanana ilay manala ny enta-mavesatra, na mibanjina ny fahazavana midina avy amin' ny lapa any ambony. Tonga ny fitahiana rehefa milefitra amin' ny finoana eo amin' Andriamanitra ny fanahy. Amin' izay dia mamorona olom-baovao araka ny endrik' Andriamanitra ilay hery izay tsy azon' ny mason' ny olombelona jerena. {IFM 167.3}

Tsy mety ho azon' ny saina voafetra atao ny mahazo ny asan' ny fanavotana.

Mihoatra ny fahalalan' ny olombelona ny zava-miafina raketiny ; nefa izay miala amin' ny fahafatesana ka tonga amin' ny fiainana dia manaiky fa zava-misy avy amin' Andriamanitra izany. Mety ho fantatsika eto ny fiantombohan' ny fanavotana amin' ny alalan' ny fanandramana ataon' ny tena. Mahatratra ny taona mifandimby mandrakizay ny vokatr' izany. {IFM 168.1}

Raha niteny Jesosy dia nisy tara-pahazavan' ny fahamarinana sasany niditra tao an-tsain' ilay mpanapaka. Latsaka lalina tao am-pony ny hery miasa mangina avy amin' ny Fanahy Masina manalefaka sy mampilefitra. Nefa mbola tsy azony mazava ny tenin' ny Mpamonjy. Tsy nanaitra azy araka izay tokony ho izy ny ilàna ny fahateraham-baovao noho ny fomba ahatanteraka izany. Hoy izy gaga : «Ahoana no ahatanteraka izany zavatra izany ?» {IFM 168.2}

«Mpampianatra ny Isiraely hianao kanefa tsy mahalala izany zavatra izany ?» hoy Jesosy nanontany. Azo antoka fa olona nametrahana ny fampianarana ny vahoaka eo amin' ny ara-pivavahana toa anao dia tsy tokony tsy hahalala fahamarinana lehibe toy izany. Ny teniny dia nilaza fa tsy tokony hahasosotra an' i Nikodemosy ny filazana tsotra ny fahamarinana, fa tokony hahafantatra amim-panetren-tena ny momba ny tenany izy noho ny tsy fahaizany eo amin' ny ara-panahy. Nefa nanetriketrika indrindra ny fomba fitenin' i Kristy ary na ny fijeriny na ny feony dia naneho fitiavana mafana indrindra, ka tsy nanafintohina an' i Nikodemosy ny nahatsapa ny toerana tena mampietry nisy azy. {IFM 168.3}

Nefa rehefa nohazavain' i Jesosy fa ny asa nanirahana Azy teto an-tany dia ny hanangana fanjakana ara-panahy, fa tsy ara-nofo, dia voatohina ilay mpihaino Azy. Rehefa nahita izany Jesosy dia nanampy hoe : «Raha ny zavatra ety an-tany aza no nolazaiko taminareo ka tsy inoanareo, ahoana no hinoanareo, raha milaza aminareo ny zavatra any an-danitra Aho?» Raha tsy azon' i Nikodemosy atao ny nandray ny fámpianaran' i Kristy manazava ny asan' ny fahasoavana eo amin' ny fo, ahoana no ahazoany ny toetry ny fanjakany be voninahitra any an-danitra ? Raha tsy tsapany ny toetry ny asan' i Kristy eto an-tany, dia tsy mety ho azony ny asany any an-danitra. {IFM 168.4}

Ireo Jiosy noroahin' i Jesosy avy tao amin' ny tempoly, dia nihambo ho zanak' i Abrahama, nefa nandositra tsy ho eo anatrehan' ny Mpamonjy noho izy ireo tsy nahazaka ny voninahitr' Andriamanitra izay niseho teo Aminy. Tamin' izay dia nasehony mazava fa tsy mendrika ny fahasoavan' Andriamanitra izy ireo ka handray anjara amin' ny fanompoana masina ao amin' ny tempoly. Nafana fo izy hitana ny endriky ny fahamasinana, nefa nanao an-tsirambina ny fahamasinan' ny fo. Mpiady hevitra be kiry momba ny soratry ny lalàna izy, nefa nandika lalandava ny tena heriny. Ny zavatra tena nilainy dia ny fiovana marina izay nohazavain' i Kristy tamin' i Nikodemosy, — dia fahateraham-baovao ara-panahy, fanadiovana amin' ny fahotana, ary fanavaozana ny

fahalalana sy ny fahamasinana. {IFM 169.1}

Tsy nisy fialan-tsiny teo amin' ny fahajamban' ny Isiraely mikasika ny asa fanavaozana. Isaia dia nanoratra teo ambanin' ny tsindrimandrin' ny Fanahy Masina : «Fa samy efa tahaka ny olomaloto izahay rehetra, ary tahaka ny lamba mihosin-dra ny fahamarinanay rehetra». Davida dia nivavaka hoe : «Amoròny fo madio aho Andriamanitra ô ; ary havaozy hiorina marina ny fanahiko ato anatiko»4 Ary tamin' ny alalan' i Ezekiela no nomena ny teny fikasana hoe : «Ary homeko fo vaovao hianareo, ary fanahy vaovao no hataoko ao anatinareo, ary hesoriko amin' ny nofonareo ny fo vato, ka homeko fo nofo hianareo. Ary ny Fanahiko no hataoko ao anatinareo ka hahatonga anareo handeha araka ny lalàko»5 {IFM 169.2}

Efa novakian' i Nikodemosy jreo teny ireo, fa saingy maizina ny sainy, ankehitriny kosa dia manomboka mahazo ny hevitr' izany izy. Hitany fa ny fankatoavana hentitra indrindra ny soratry ny lalàna fotsiny raha ampiharina amin' ny fiainana miseho eo ivelany, dia tsy hanome alalana ho an' ny olona na iza na iza hiditra ao amin' ny fanjakan' ny lanitra. Raha ny fanombantombanan' ny olona dia marina sy mendri-kaja ny fiainany ; nefa eo anatrehan' i Kristy dia tsapany fa tsy madio ny fony ary tsy masina ny fiainany. {IFM 169.3}

Voataona ho eo amin' i Kristy i Nikodemosy. Raha. nanazava taminy ny momba ny fahateraham-baovao ny Mpamonjy, dia naniry mafy indrindra izy ny mba hananany izany fanovana izany ho tanteraka eo amin' ny tenany. Fomba ahoana no hahavitana izany ? Novalian' i Jesosy io famantarana tsy niloaka io : «Tahaka ny nanandratan' i Mosesy ny menarana tany an-efitra no tsy maintsy hanandratana ny Zanak' olona, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay». {IFM 169.4}

Lafin-javatra nahazatra an' i Nikodemosy io. Nampahazava taminy ny asa nanirahana ny Mpamonjy ny tandindon' ny menarana nasandratra. Raha teo ambavahaona ny vahoakan' Isiraely noho ny kaikitry ny menarana afo, dia nobaikoin' Andriamanitra i Mosesy mba hanao menarana varahina ka hametraka izany amin' ny toerana avo eo afovoan' ny olona. Dia nampandrenesina eran' ny toby rehetra ny teny milaza fa izay rehetra mijery ny menarana dia ho velona. Fantatry ny vahoaka tsara fa tsy nisy hery hanampy azy ireo tao amin' ny menarana. Tandindon' i Kristy io. Tahaka ny nanandratana ilay sary natao ho fanasitranana ho azy ireo araka ny endrik' ireo menarana nahafaty, dia toy izany koa Ilay Anankiray «naka ny endriky ny nofo ota»6 no ho Mpanavotra azy ireo. Betsaka ireo Isiraelita no nihevitra ny fanompoam-pivavahana fanatitra ho nanana hery hanafaka azy amin' ny fahotana. Tian' Andriamanitra ny mampianatra azy ireo fa io dia tsy nisy tombam-bidiny nihoatra noho ny menarana varahina. Natao hitarika ny sain' izy ireo ho amin' ny Mpamonjy ireny. Tsy afaka manao na inona na inona ho an' ny tenany ireny, na ho fanasitranana ny ratrany, na ho famelana ny fahotany, fa mba hahazoany maneho ny finoany an' Ilay Fanomezan' Andriamanitra.

Tokony hijery izy ireo mba ho velona. {IFM 170.1}

Ireo izay voakaikitry ny menarana dia mety ho nangatak' andro hijery. Mety nametraka fanontaniana izy ny amin' izay ho fahombiazan' io tandindona varahina io. Mety ho nangataka fanazavana ara-tsiansa izy. Nefa tsy nisy fanazavana nomena. Tsy maintsy nanaiky ny teny nataon' Andriamanitra azy ireo tamin' ny alalan' i Mosesy izy ireo. Ny fandavana hijery, dia fahafatesana. {IFM 170.2}

Tsy ny fifamaliana sy ny adi-hevitra no manazava ny fanahy. Tsy maintsy mijery isika dia ho velona. Noraisin' i Nikodemosy ny lesona, ka nentiny ho azy. Nandinika ny Soratra Masina tamin' ny fomba vaovao izy, tsy hoenti-mifamaly momba ny hevitra iray, fa mba handraisana fiainana ho an' ny fanahy. Nanomboka nahita ny fanjakan' ny lanitra izy, raha nampilefitra ny tenany hotarihin' ny Fanahy Masina. Misy an' arivony ankehitriny no mila ny hianatra ny fahamarinana izay nampianarina an' i Nikodemosy tamin' ny alalan' ilay menarana nasandratra. Miankina amin' ny fankatoavany ny lalàn' Andriamanitra izy ireo mba hahazoany sitraka Aminy. Rehefa baikoina izy ireo hijery an' i Jesosy ka hino fa amin' ny alalan' ny fahasoavany irery ihany no hamonjeny azy ireo, dia miteny izy ireo hoe : «Hatao ahoana no hahatonga izany zavatra izany ?» {IFM 170.3}

Tahaka an' i Nikodemosy, dia tsy maintsy manam-pinoana hiditra eo amin' ny fiainana isika araka ny fomba mitovy amin' ny nataon' ny lohan' ny mpanota (Jao. 3 : 16 ; 1 Tim. 1 : 15). Afa-tsy Kristy, dia «tsy misy anarana hafa ambanin' ny lanitra nomena ny olona izay hahazoantsika famonjena»7 Amin' ny alalan' ny finoana no andraisantsika ny fahasoavan' Andriamanitra; tsy ny finoana anefa no Mpamonjy antsika. Tsy mahazo na inona na inona izany. Tanana izay hamikirantsika an' i Kristy izany, ka handraisantsika ho an' ny tenantsika ny fahamendrehany, ho fanafodin' ny fahotana. Tsy azontsika atao akory aza ny mibebaka raha tsy noho ny fanampian' ny Fanahin' Andriamanitra. Hoy ny Soratra Masina momba an' i Kristy : «Izay nasandratry ny tànana ankavanan' Andriamanitra ho Tompo sy Mpamonjy hanome fibebahana sy famelan-keloka ho an' ny Isiraely»8 Avyamin' i Kristy tahaka ny maha-avy Aminy ny marina, ny famelan-keloka sy ny fibebahana. {IFM 171.1}

Ahoana ary no hahavoavonjy antsika? — «Tahaka ny nanandratan' i Mosesy ny menarana tany an-efitra», no nanandratana koa ny Zanak' olona, ary izay rehetra voafitaka sy voakaikitry ny menarana, ka afaka mijery dia ho velona. «Indro ny Zanak' ondrin' Andriamanitra, izay manaisotra ny fahotan' izao tontolo izao»9 Ny fahazavana mamirapiratra avy amin' ny hazo fijaliana dia maneho ny fitiavan' Andriamanitra. Ny fitiavany no mitaona antsika ho eo Aminy. Raha tsy manohitra io fitaomana io isika dia ho voatarika eo am-pototry ny hazo fijaliana, hibebaka noho ireo fahotana izay nanombo ny Mpamonjy teo amin' ny hazo fijaliana. Amin' izay dia mahatonga aina vaovao ao amin' ny fanahy ny Fanahin' Andriamanitra amin' ny alalan' ny finoana. Voababo

hankatò ny sitrapon' i Kristy ny fisainana sy ny faniriana. Voaforona indray ny fo, ny saina ho araka ny endrik' Ilay miasa ao anatintsika mba hampanaiky ny zavatra rehetra ho Azy. Amin' izay dia voasoratra ao an-tsaina sy ao am-po ny lalàn' Andriamanitra, ary azontsika atao ny miteny miaraka amin' i Kristy hoe : «Ny hanao ny sitraponao, Andriamanitra ò no sitrako» 10 {IFM 171.2}

Tamin' ny resaka nataony tamin' i Nikodemosy, dia novelarin' i Jesosy ny drafitry ny famonjena, sy ny asa nanirahana Azy teto amin' izao tontolo izao. Tsy nisy resaka nataony tatý aoriana izay nanazavany tamin' ny fomba feno, tamin' ny antsipiriany toy izany, ny asa ilaina atao ao am-pon' izay rehetra handova ny fanjakan' ny lanitra. Tamin' ny fiantombohan' ny asany indrindra dia novelariny tamin' ny mambran' ny Synedriona iray ny fahamarinana, tamin' ny saina vonon-kandray, sy tamin' ny mpampianatra voatendry tao amin' ny vahoaka. Nefa tsy nandray ny fahazavana ireo mpitarika tao amin' ny Isiraely. Nafenin' i Nikodemosy tao am-pony ny fahamarinana, ary nandritra ny telo taona dia toa kely ny vokatra hita. {IFM 172.1}

Nefa fantatr' i Jesosy ny tany izay nandatsahany voa. Ny teny izay nolazaina tamin' ny alina tamin' ny mpihaino iray tao amin' ny tendrombohitra mangina dia tsy very tsy akory. Nisy fotoana izay tsy naneken' i Nikodemosy am-pahibemaso an' i Kristy, nefa dia niaro ny ainy izy, ary nandanjalanja ny fampianarany. Tao amin' ny Synedriona dia imbetsaka no nahodiny ny fikasan' ny mpisorona hamono an' i Jesosy. Nony farany, rehefa nasandratra teo amin' ny hazo fijaliana Jesosy, dia tsaroan' i Nikodemosy ny fampianarana teo amin' ny tendrombohitra Oliva : «Tahaka ny nanandratan' i Mosesy ny menarana tany an-efitra, no tsy maintsy hanandratana koa ny Zanak' olona; mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay». Ny fahazavana avy tao amin' io resaka mangina io dia manazava ny hazo fijaliana teo Kalvary, ary mahita ny Mpanavotra an' izao tontolo izao teo amin' i Jesosy i Nikodemosy. {IFM 172.2}

Rehefa niakatra ho any an-danitra ny Tompo, rehefa nipariitaka noho ny fanenjehana ny mpianatra, dia nankeo an-tanim-piadiana tamin-kasahiana i Nikodemosy. Nampiasa ny harenany izy mba hanohanana ilay fiangonana vao teraka izay nokasain' ny Jiosy hopotehina tamin' ny nahafatesan' i Kristy. Tamin' ny fotoana nisian' ny loza dia nijoro toy ny harambato ilay nisalasala sy be fanontaniana, nampahery ny finoan' ny mpianatra, sy nanome izay ilaina hampandrosoana ny asan' ny filazantsara. {IFM 172.3}

Nesoesoina sy nenjehin' ireo izay nanaja azy tamin' ny andro hafa izy. Nanjary nahantra tamin' ny haren' izao tontolo izao izy; nefa tsy nihozongozona ny finoana izay nanomboka tamin' ilay resaka natao indray alina tamin' i Jesosy. {IFM 173.1}

Notantarain' i Nikodemosy tamin' i Jaona izany resaka izany, ary tamin' ny alalan' ny diam-peniny dia voatahiry ho fampianarana ny olona an-tapitrisany izany. Ireo fahamarinana ampianarina ao dia manan-danja ankehitriny tahaka ny tamin' ilay alina

miezinezina teo amin' ny tendrombohitra rakotr' aloka, fony nanatona ilay mpanapaka Jiosy hianatra ny lalàn' ny fiainana avy amin' Ilay Mpampianatra Galiliana tsodahy. {IFM 173.2}

## Toko 18—Izy tsy maintsy mitombo

Nisy fotoana izay nahatonga ny hery miasa mangina amin' ny firenena avy amin' i Jaona Mpanao batisa, ho lehibe noho izay teo amin' ny mpanapaka, na ny mpisorona, na ny andriandahy aza. Raha ohatra ka nilaza ny tenany ho Mesia izy, ary nitarika fikomiana hanohitra an' i Roma, dia ho nanao andiany maro ny mpisorona sy ny vahoaka teo ambanin' ny fanevany. Efa vonona i Satana hamporisika an' i Jaona Mpanao batisa ho amin' ny zavatra rehetra izay mitarika ho amin' ny hambom-pon' ny mpanafika eo amin' izao tontolo izao. Nazava teo anatrehany ny heriny, nefa nolaviny ankitsirano izao ny fanolokolena marevaka. Notarihiny ho amin' ilay Anankiray ny saina nifantoka taminy. 1 {IFM 175.1}

Hitany izao fa niala taminy ny hafanan' ny fitiavan' ny vahoaka azy ka nifindra ho amin' ny Mpamonjy. Nihena isan' andro isan' andro ny olona marobe nanodidina azy. Rehefa tonga avy tany Jerosalema Jesosy ho any amin' ny faritra manodidina an' i Jordana, dia nanao andiany marobe ny vahoaka handeha hihaino Azy. Nitombo isan' andro ny isan' ny mpianany. Betsaka no tonga mba hatao batisa. Tsy nanao batisa Jesosy nefa nekeny ny nanaovan' ny mpianany izany. Toy izany no nametrahany ny tombo-kaseny tamin' ny asa nanirahana ilay mpialoha lalana Azy. Nialona kosa ny mpianatr' i Jaona nahita ny fitomboan' ny fitiavan' ny vahoaka an' i Jesosy. Vonona ny hanakiana ny asany izy ireo ary tsy ela dia nahita fotoana mety ho amin' izany izy. Nisy fanontaniana nipetraka teo aminy sy ny Jiosy mikasika ny batisa ilaina mba hanadiovana ny fanahy amin' ny fahotana; notanany fa samy hafa tanteraka amin' ny an' i Jaona ny batisan' i Jesosy. Vetivety dia nifanditra tamin' ny mpianatr'i Kristy izy mikasika ny teny tsara ampiasaina amin' ny batisa, ary farany dia mikasika ny zon' ity faharoa hanao batisa mihitsy aza. {IFM 175.2}

Tonga nanatona an' i Jaona ny mpianany nitondrany alahelony, ka nanao hoe : «Raby ò, Ilay tany aminao tany an-dafin' i Jordana, Izay nambaranao, indro, manao batisa Izy, ary ny olona rehetra manatona Azy». Tamin' ny alalan' ireo teny ireo no nitondran' i Satana fakam-panahy tamin' i Jaona. Na dia efa hifarana aza ny asa nanirahana an' i Jaona, dia mbola azony natao ny nanakana ny asan' i Kristy. Raha nangoraka ny tenany izy ka nampiseho ny alahe-lony na ny fahadisoam-panantenany tamin' izy voasongona, dia ho namafy ny voan' ny fisarahana izy ka, namporisika ny fitsiriritana sy ny fialonana, ary ho nanakana be dia be ny fandrosoan' ny filazantsara. {IFM 176.1}

Nanana ny fahadisoana sy ny fahalemena nikambanan' ny taranak' olombelona i Jaona amin' ny nofo, fa efa nanova azy kosa ny fanendren' ny fitiavan' Andriamanitra. Nitoetra tao amin' ny rivo-piainana tsy voaloton' ny fitiavan-tena sy ny hambom-po tamin' ny tsy fahafaham-pon' ny mpianany izy. Nasehony kosa fa mazava taminy ny fifandraisany tamin' ny Mesia, ary nasehony taminy ny fifaliany nandray Ilay nomaniny

ny lalany. {IFM 176.2}

Hoy izy: «Tsy misy olona mahay mandray na inona na inona raha tsy nomena azy avy any an-danitra izany. Ianareo no vavolombeloko fa hoy izaho: Tsy izaho no Kristy, fa nirahiny hialoha lalana Azy aho. Izay manana ny ampakarina no mpampakatra, izay mitsangana sy mihaino azy, dia mifaly indrindra noho ny feon' ny mpampakatra». Nasehon' i Jaona ho sakaiza izy izay toy ny mpitondra hafatra eo amin' ny mpifamofo, ka manomana ny lalana ho amin' ny fampakarambady. Rehefa mandray ny ampakarina ny mpampakatra, dia vita ny asa nanirahana ny sakaiza. Faly izy noho ny fahasambaran' ireo izay nampiraisiny. Toy izany no efa niantsoana an' i Jaona hitarika ny vahoaka ho eo amin' i Jesosy, ary ny fifaliany dia ny manatri-maso ny fahombiazan' ny asan' ny Mpamonjy. Hoy izy: «Ary efa tanteraka izany fifaliako izany. Izy tsy maintsy mitombo fa izaho kosa tsy maintsy mihena». {IFM 176.3}

Nijery ny Mpanavotra tamim-pinoana i Jaona ka nahatratra ny fara-tampon' ny fandavana ny tenany. Tsy nitady izay hisarihana ny olona ho eo aminy izy, fa ny hanandratra ny fisainan' izy ireny ho ambony kokoa hatrany, mandra-pahitany fialan-tsasatra eo amin' ny Zanak' ondrin' Andriamanitra. Feo ihany izy, antso tany an-efitra. Ekeny amim-pifaliana izao ny fahanginana sy ny haizina mba ho afaka hitodika any amin' Ilay Fahazavan' aina ny mason' ny rehetra. {IFM 176.4}

Izay mahatoky amin' ny fiantsoana azy amin' ny maha-mpitondra hafatr' Andriamanitra azy, dia tsy hitady voninahitra ho an' ny tenany. Ho safotra ao amin' ny fitiavana an' i Kristy ny fitiavana ny tena. Tsy hisy fandrafiana hanapentina ny filazantsara sarobidy. Hoekeny fa asany ny mitory, tahaka ny nataon' i Jaona Mpanao batisa hoe : «Indro ny Zanak' ondrin' Andriamanitra Izay manaisotra ny fahotan' izao tontolo izao»2 Hanandratra an' i Jesosy izy, ary ho tafasandratra miaraka Aminy ny taranak' olombelona. «Fa izao no lazain' ny Iray avo sy manerinerina, Izay monina mandrakizay, Masina no anarany : ao amin' ny fitoerana avo sy masina no onenako, ary ao amin' ny torotoro fo sy ny manetry tena, sy hamelombelona ny fon' ny torotoro fo»3 {IFM 177.1}

Afaka tamin' ny «izaho» ny fanahin' ny mpaminany ka fenon' ny fahazavan' Andriamanitra. Raha nahita maso ny voninahitry ny Mpamonjy izy dia saiky setrin' ny teny izay nataon' i Kristy tamin' Izy niresaka tamin' i Nikodemosy ny teny nataony. Hoy i Jaona : «Izay avy any ambony dia ambonin' izy rehetra ary izay avy amin' ny tany dia avy amin' ny tany, ka ny momba ny ety an-tany ihany no lazainy. Izay avy any an-danitra dia ambonin' izy rehetra . . . Fa Izay nirahin' Andriamanitra dia milaza ny teniny ; fa tsy misy fetra ny fanomezan' Andriamanitra ny Fanahy». Ary Kristy dia afaka niteny hoe : «Fa tsy mitady ny sitrapoko Aho, fa ny sitrapon' Izay naniraka Ahy»4 Izao no teny nanambarana Azy hoe : «Tianao ny fahamarinana, fa halanao ny heloka ; koa Andriamanitra, dia Andriamanitrao efa nanoso-diloilo fifaliana anao, mihoatra noho ny

namanao»5 Tsy misy fetra ny fanomezan' Andriamanitra Azy ny Fanahy. {IFM 177.2}

Toy izany koa ny mpanaraka an' i Kristy. Tsy azontsika atao ny mandray ny fahazavan' ny lanitra raha tsy vonona ny hanafoana ny «izaho» isika. Tsy azontsika atao ny mahafantatra ny toetra amam-panahin' Andriamanitra, na ny manaiky an' i Kristy amin' ny finoana raha tsy manana ny hambaboana ny eritreritra rehetra, hankato an' i Kristy isika. Omena tsy misy fetra ny Fanahy Masina izay rehetra manao izany. Ao amin' i Kristy no «itoeran' ny fahafenoan' ny fomban' Andriamanitra rehetra, ary hianareo dia tanteraka ao aminy» 6 {IFM 177.3}

Nambaran' ny mpianatr' i Jaona fa mankany amin' i Kristy ny olona rehetra ; mazava kokoa anefa ny fahitan' i Jaona niteny hoe : «tsy misy mandray ny fanambarany» ; vitsy izany no ho vonona handray Azy ho Mpamonjy amin' ny fahotana. Fa «izay mandray ny fanambarany dia nanisy tombo-kase fa marina Andriamanitra. Izay mino ny Zanaka no manana fiainana mandrakizay». Tsy ilaina ny adi-hevitra mba hahafantarana na ny batisan' i Kristy na ny batisan' i Jaona no manadio amin' ny fahotana. Ny fahasoavan' i Kristy no manome aina ny Fanahy. Raha tsy eo amin' i Kristy, dia endrika ivelany tsy misy vidiny tahaka ny fanompoam-pivavahana hafa rehetra ny batisa. «Izay tsy mino ny Zanaka dia tsy hahita ny fiainana». {IFM 178.1}

Ny fahombiazan' ny asan' i Kristy, izay efa noraisin' i Jaona Mpanao batisa tamim-pifaliana toy izany, dia nisy nanao tatitra tany amin' ny manam-pahefana tany Jerosalema koa. Nialona ny hery mangina avy amin' i Jaona niasa teo amin' ny vahoaka ny mpisorona sy ny raby raha nahita azy niala ny synagoga ka nanao andiany marobe ho any an-efitra ; nefa ity misy Anankiray izay manan-kery mbola lehibe kokoa hisarika ny vahoaka marobe. Ireo mpitarika tao Isiraely dia tsy vonona hiara-miteny amin' i Jaona hoe : «Izy tsy maintsy mitombo fa izaho kosa tsy maintsy mihena». Nitsangana - izy ireo tamin' ny fanapahan-kevitra vaovao fa hampitsahatra izay - asa mety hitarika ny vahoaka hiala Aminy. {IFM 178.2}

Fantatr' i Jesosy fa tsy hitandro hasasarana izy ireo hahatonga fisarahana eo amin' ny mpianany sy ny an' i Jaona. Fantany fa niangona izao ny tafiotra izay hifofofofo sy hamono ny anankiray amin' ny mpaminany lehibe indrindra tsy mbola nisy teo amin' izao tontolo izao. Nirin' i Jesosy ny hiala amin' izay rehetra mety hiteraka tsy fifankazahoana na fisarahana, koa najanony moramora ny asany ka nisintona tany Galilia Izy. Isika koa, sady mahatoky amin' ny fahamarinana, no tokony hiezaka hiala amin' izay rehetra mety hitarika adi-hevitra sy tsy fifanarahana. Isaka ny miseho mantsy ireo, dia fahaverezan' ny fanahy no vokany. Na oviana na oviana misy toe-javatra miseho izay mananontanona hiteraka fisarahana, dia tokony hanaraka ny ohatra nomen' i Jesosy sy Jaona mpanao batisa isika. {IFM 178.3}

Nantsoina ho mpanao asa fanavaozana i Jaona. Noho izany dia notandindomin-doza

hampifantoka ny sainy taminy ny mpianany. Tsapany fa niankina tamin' ny fiezahana mafy nataony ny fahombiazan' ny asa, ka very tsy teo imasony ny maha-fitaovana azy fotsiny izay ahazoan' Andriamanitra miasa. Tsy ampy anefa ny asan' i Jaona hametrahana ny fototry ny fiangonana kristiana. Rehefa nahatanteraka ny asa nanirahana azy izy, dia nisy asa hafa mbola hatao, izay tsy vitan' ny filazana nataony. Tsy azon' ny mpianany izany. Rehefa nahita an' i Kristy tonga handray ny asa izy ireo. dia sady nialona no diso fanantenna. {IFM 179.1}

Mbola misy ihany ny loza toy izany. Miantso olona iray hanao asa voafaritra tsara Andriamanitra, ary rehefa manao izany araka izay fahaizana natolotra azy hanatanterahana izany izy, dia homen' ny Tompo ny hafa izany, mba hotohizany. Nefa tahaka ny mpianatr' i Jaona, dia maro no mahatsapa fa miankina amin' ilay mpiasa voalohany ny fahombiazan' ny asa. Mifantoka amin' ny olombelona fa tsy amin' Andriamanitra ny saina. Tonga ny fialonana, ary simba ny asan' Andriamanitra. Ny olona izay omem-boninahitra tsy tokony ho azy toy izany dia voan' ny fakam-panahy hatoky tena. Tsy tsapany ny fiankinany amin' Andriamanitra. Ny vahoaka ampianarina hiankina amin' ny olona dia latsaka ao amin' ny fahadisoan-kevitra, ary voatarika hiala amin' Andriamanitra {IFM 179.2}

Tsy tokony hitondra ny endrika sy ny dian-tanan' olombelona ny asan' Andriamanitra. Indraindray Andriamanitra dia manangana mpiasa hafa izay afaka hanatanteraka tsara kokoa ny fikasany. Sambatra izay manaiky hanetry ny «izaho», ka hilaza toa an' i Jaona Mpanao batisa hoe : «Izy tsy maintsy mitombo, fa izaho kosa tsy maintsy mihena». {IFM 179.3}

## Toko 19—Teo amin' ny fantsakan' i Jakoba

Raha ho any Galilia Jesosy dia namakivaky an' i Samaria. Nitataovovonana ny andro raha tonga teo amin' ny lohasaha kanton' i Sikara Izy. Teo an-dohan' izany lohasaha izany no nisy ny fantsakan' i Jakoba. Vizana noho ny dia nataony Izy ka nipetraka teo niala sasatra raha lasa nividy sakafo ny mpianany.1 {IFM 181.1}

Mpifahavalo nifankahala tokoa ny Jiosy sy ny Samaritana, ary araka izay azo natao dia nialany ny fifampiraharaharahana rehetra. Ny manao varotra amin' ny Samaritana anefa, raha nilaina izany, dia noheverin' ireo raby ho ara-dalàna ; fa nomelohina kosa izay fifampi-raharahana rehetra eo amin' ny fiaraha-monina. Tsy azon' ny Jiosy atao ny mindrana na dia tapa-mofo kely na rano iray zinga aza avy amin' ny Samaritana, na ny mandray fahasoavana kely avy aminy. Nifandrindra tamin' ny fomba amam-panaon' ny fireneny ny nataon' ireo mpianatra raha nividy sakafo izy. Nefa tsy nanao mihoatra noho izany izy ireo. Ny hitambitamby amin' ny Samaritana, na hitady izay tombon-tsoa ho azy ireo na amin' ny fomba inona na amin' ny fomba inona, dia tsy niditra tao an-tsain' ireo mpianatr' i Kristy koa aza. {IFM 181.2}

Reraky ny hanoanana sy ny hetaheta Jesosy raha nipetraka teo amoron' ny fantsakana. Lavitra ny lalana naleha iny maraina iny, ary mamely Azy izao ny masoandro mitataovovonana. Vao mainka nampitombo ny hetahetany ny fieritreretany ny rano mangatsiatsiaka akaiky dia akaiky Azy, nefa tsy azony, satria sady tsy nanana tady Izy mantsy no tsy nanana siny, nefa lalina ny fantsakana. {IFM 181.3}

Nanjo Azy ny nanjo ny olombelona rehetra, ka niandry olona haka rano Izy. {IFM 181.4}

Nisy vehivavy Samaritana nanatona izay toa tsy nahatsapa ny fanatrehany, ka nameno rano ny sininy. Raha handeha hiala teo izy, dia nangataka rano taminy Jesosy. Fangatahana toy izany tsy mba lavin' ny tatsinanana. Any atsinanana ny rano dia antsoina hoe «fanomezan' Andriamanitra». Noheverina ho adidy masina indrindra ny manome rano ny mpandeha mangetaheta, ka mandeha mivily lalana ny Arabo any an' efitra mba hanatanteraka izany. Nanakana an' ilay vehivavy tsy hanolotra izany fahasoavana izany ho an' i Jesosy ny fifankahalana nisy tamin' ny Jiosy sy ny Samaritana, nefa niezaka ny hahita ny fanalahidy hanokatra io fo io Jesosy, ka tamin' ny fahaizana nateraky ny fitiavan' Andriamanitra, dia nangataka fahasoavana Izy fa tsy nanolotra fahasoavana. Nety ho nolavina ny fahasoavana natolotra, fa ny fitokisana kosa miantso fitokisana. {IFM 182.1}

Tonga teo amin' ity fanahy nolavin' ny olona ity ny Mpanjakan' ny lanitra, ka nangataka fanampiana avy tamin' ny tanany Ilay nanao ny ranomasina midadasika, Ilay mifehy ny rano lalina, Ilay mamoha ny loharano sy ny lalan-drano amin' ny tany, dia

niala sasatra noho ny havizanany teo amin' ny fantsakan' i Jakoba, ka niankina tamin' ny fahamoram-panahin' ny hafa firenena taminy mba hahazoany na dia ny fanomezana rano hosotroina fotsiny aza. {IFM 182.2}

Hitan' ilay vehivavy fa Jiosy Jesosy. Gaga izy ka hadinony ny namaly ny fangatahany, nefa niezaka ny hahalala ny anton' izany izy : «Nahoana Hianao no Jiosy ka mangataka amiko hosotroina, nefa aho vehivavy Samaritana ?» {IFM 182.3}

Fa Jesosy namaly ka nanao taminy hoe : «Raha fantatrao ny fanomezan' Andriamanitra sy Izay miteny aminao hoe : Omeo Aho hosotroiko, dia hianao no ho nangataka taminy, ka nomeny rano velona». Gaga ianao satria mangataka zavatra kely toy ny rano indray migoka avy amin' ny fantsakana eto an-tongotsika Aho. Raha nangataka tamiko ianao, dia ho nomeko ranon' ny fiainana mandrakizay hosotroina. {IFM 182.4}

Tsy azon' ilay vehivavy ireo tenin' i Kristy, nefa tsapany ny maha-zava-dehibe sy miezinezina an' izany. Niova ny fihetsiny maivamaivana sy manesoeso. Noheveriny fa ny fantsakana nanoloana azy no nolazain' i Jesosy ka hoy izy : «Tompoko, tsy manana fanovozana Hianao sady lalina ny fantsakana; koa avy aiza no ahazoanao izany rano velona izany ? Hianao va lehibe noho Jakoba razantsika izay nanome anay ity fantsakana ity, sady izy no nisotro teto ?» Mpandeha mangetaheta, vizaky ny lalana sady feno vovoka fotsiny no hitany teo anatrehany. Tao an-tsainy dia nampitahainy tamin' i Jakoba Patriarka mendri-kaja Izy. Nankamamiany ny fihetseham-po voajanahary milaza fa tsy misy fantsakana mety hitovy amin' izay nomen' ny razambeny. Nitodika ny lasa nijery ny razambeny izy, nibanjina ny aloha sy ny fiavian' ny Mesia ; teo anilany anefa Ilay Fanantenan' ny razany, ny Mesia mihitsy, nefa tsy fantany. Firy firy ny fanahy mangetaheta ankehitriny no eo am-pototry ny loharano velona, nefa mibanjina lavitra mitady ny loharanon' aina ! {IFM 182.5}

«Aza milaza ao am-ponao hoe : Iza no hiakatra any an-danitra ? (dia ny hampidina an' i Kristy izany); na : Iza no hidina any amin' ny lalina ? (dia ny hampiakatra an' i Kristy avy any amin' ny maty izany) . . . Eo akaikinao ny teny, dia eo am-bavanao sy ao am-ponao . . ., raha manaiky an' i Jesosy ho Tompo amin' ny vavanao hianao ary mino amin' ny fonao fa Andriamanitra efa nanangana Azy tamin' ny maty, dia hovonjena hianao !»2 {IFM 183.1}

Tsy novalian' i Jesosy avy hatrany ny fanontaniana mikasika ny tenany, nefa nanao izao teny miezinezina izao tamin-kafanam-po Izy hoe : «Izay rehetra misotro ity rano ity dia mbola hangetaheta indray ; fa na iza na iza misotro ny rano izay homeko azy dia tsy hangetaheta mandrakizay ; fa ny rano izay homeko azy dia ho loharano miboiboika ao anatiny ho fiainana mandrakizay». {IFM 183.2}

Izay mitady ny hampitony ny hetahetany amin' ny loharanon' izao tontolo izao, dia

hisotro, nefa hangetaheta indray. Hatraiza hatraiza tsy afa-po ny olona. Maniry zavatra hitondra izay ilain' ny fanahy izy. Anankiray ihany no afaka hanome izay ilainy. Ny ilain' izao tontolo izao, ny irin' ny firenena rehetra dia Kristy. Ny fahasoavan' Andriamanitra, izay Izy irery ihany no afaka mizara azy, dia toy ny rano velona, manadio, manavao sy mampahatanjaka ny fanahy. {IFM 183.3}

Tsy nilaza akory Jesosy fa ranon' aina indray migoka dia ho ampy ho an' izay mandray izany. Izay manandrana ny fitiavan' i Kristy dia haniry bebe kokoa hatrany ; ary tsy hitady zavatra hafa intsony Izy. Tsy manintona azy ny harena, ny voninahitra sy ny fahafinaretan' izao tontolo izao. Ny antsoantso ataon' ny fony hatrany dia ny hoe : «Bebe kokoa hatrany ny Aminao». Ary Ilay mampiseho amin' ny fanahy izay ilainy dia miandry mba hahafany hanoanany sy ny hetahetany. Ho foana avokoa izay notehirizin' ny olombelona sy izay ianteherany rehetra. Ho maina ny fantsakana. ho ritra ny kamory ; fa loharano tsy mety lany kosa ny Mpanavotra antsika. Azontsika atao ny misotro, ny misotro hatrany, nefa mbola hahita tahiry vaovao hatrany. Izay itoeran' i Kristy dia manana loharanom-pitahiana ao anatiny, «loharano miboiboika ao anatiny ho fiainana mandrakizay». Azony atao ny misintona hery sy fahasoavana ampy ho amin' izay rehetra ilainy avy amin' io loharano io. {IFM 183.4}

Raha niteny ny momba ny rano velona Jesosy, dia gaga ravehivavy nibanjina Azy tsara. Nanaitra ny sainy Izy, ka namohafoha faniriana hahazo izany fanomezana lazainy izany. Azony fa tsy ny ranon' ny fantsakan' i Jakoba no lazainy, satria io foana no ampiasainy, sotroiny, nefa dia mangetaheta hatrany izy. «Tompoko, hoy izy, omeo izany rano izany aho, mba tsy hangetaheta na hanketo hantsaka intsony». {IFM 184.1}

Izao dia navadik' i Jesosy tampoka ny resaka. Alohan' ny ahazoan' ity fanahy ity mandray ny fanomezana izay iriny atosaka aminy, dia tsy maintsy tarihina izy hanaiky ny fahotany sy hanaiky ny famonjeny. Ary hoy Izy taminy : «Andeha ary, antsoy ivadinao, ka mankanesa aty». «Tsy manam-bady aho», hoy ny navaliny. Nantenainy tamin' izay fa ho voasakana ny fanontaniana rehetra mikasika izany. Nefa notohizan' ny Mpamonjy hoe : «Marina ihany izay nolazainao hoe : Tsy manam-bady aho, fa efa nanam-bady indimy hianao sady tsy vadinao ilay itoeranao ankehitriny ; marina izany voalazanao izany». {IFM 184.2}

Nipararetra ravehivavy nihaino Azy. Nisy tanana tsy fantatra namadika ireo takila eo amin' ny tantaram-piainany, ka nampiharihary izay niriny hokobonina mandrakizay. Iza ity Izay afaka mamaky ireo tsiambaratelo eo amin' ny fiainany ? Tonga tao an-tsainy ny momba ny mandrakizay, ny momba ny Fitsarana ho avy, izay hampibaribary izay rehetra afenina ankehitriny. Teo amin' izany fahazavana izany, dia nifoha ny feon' ny fieritreretany. {IFM 184.3}

Tsy misy azony nolavina; nefa nataony izay rehetra azo nialana tamin' ny

fikasikasihana ny momba io zavatra mahasorena indrindra io. Hoy izy feno fanajana : «Tompoko, hitako fa Mpaminany Hianao». Manaraka izany, nanantena ny hampangina ny fahareseny lahatra izy, dia navadiny ho amin' ny adi-hevitra ara-pivavahana ny resaka. Raha Mpaminany io lehilahy io, dia tsy maintsy hampahafantatra azy ny momba ireo anton-javatra izay niadian-kevitra hatry ny ela Izy. {IFM 184.4}

Navelan' i Jesosy hotarihiny tamin' izay nitiavany azy tamimpaharetana ny resaka. Na dia izany aza dia nandrasany izay fotoana mety hamerenany indray ny fahamarinana ao am-pony. «Ny razantsika, hoy izy, nivavaka teto amin' ity tendrombohitra ity ; fa hianareo kosa milaza fa any Jerosalema no tokony hivavahana». Tazany teo indrindra ny tendrombohitra Gerizima. Rava ny Tempoly teo ka ny alitara no hany sisa tavela. Nanjary nifandiran' ny Jiosy sy ny Samaritana ny toerana ivavahana. Ny sasany tamin' ny razan' ny Samaritana dia anisan' ny Isiraely fahiny ; nefa noho ny fahotany, dia navelan' Andriamanitra ho resin' ny firenena mpanompo sampy izy ireo. Mandritra ny taranaka maro nifandimby dia nifangaro tamin' ny mpanompo sampy izy ireo, ka nifindra miandalana taminy ny fivavahan' ireo mpanompo sampy. Marina fa lazainy fa ireo sampy ireo dia mampahatsiahy azy fotsiny Ilay Andriamanitra velona, Ilay Mpifehy an' izao rehetra izao ; na dia izany aza dia voatarika hivavaka tamin' ny sary voasokitra ihany ny olona. {IFM 185.1}

Rehefa naorina indray ny Tempolin' i Jerosalema tamin' ny andron' i Ezra, dia nirin' ny Samaritana ny hiaraka hiasa amin' ny Jiosy hanorina an' i Jerosalema. Tsy nomena azy izany tombon-tsoa izany, ka vao mainka nitombo ny fifankahalana nisy tamin' ireo vahoaka roa ireo. Nanangana Tempoly hafa teo amin' ny tendrombohitra Gerizima ny Samaritana hifaninana amin' ny ao Jerosalema. Nanao fanompoam-pivavahana araka ny fomba nomen' i Mosesy tao izy ireo, na dia tsy niala tanteraka tamin' ny fanompoan-tsampy aza. Nefa nisy loza amin' antambo nihatra taminy. Noravan' ny fahavalo ny Tempoliny, ary dia voaozona izy ; nefa mbola nifikitra tamin' ny lovan-tsofiny sy ny fomba fivavahany ihany. Tsy noheveriny ho tranon' Andriamanitra ny Tempolin' i Jerosalema, ary tsy nekeny ho ambonin' ny azy ny fivavahana Jiosy. {IFM 185.2}

Hoy Jesosy namaly an-dravehivavy : «Minoa Ahy, fa avy ny andro ka tsy amin' ity tendrombohitra ity, na any Jerosalema aza, no hivavahanareo amin' ny Ray. Hianareo mivavaka amin' izay tsy fantatrareo; izahay kosa mivavaka amin' izay fantatray satria avy amin' ny Jiosy ny famonjena». Nasehon' i Jesosy fa afaka tamin' ny hevitra nibahana tao an-tsain' ny Jiosy momba ny Samaritana Izy. Ankehitriny Izy dia nitady izay hampirodana ny hevitra mibahana ao an-tsain' io Samaritana io momba ny Jiosy. Raha nanao an-tsiliantsofina Izy fa voaloton' ny fanompoan-tsampy ny finoan' ny Samaritana, dia nambarany fa nankinina tamin' ny Jiosy ireo fahamarinana lehibe momba ny fanavotana, ary avy amin' izy ireo no hiavian' ny Mesia. Voaseho mazava tsara tamin' izy ireo ao amin' ny Soratra Masina ny toetra amam-panahin' Andriamanitra sy ny foto-

kevitry ny Fanjakany. Nametraka ny tenany ho anisan' ny Jiosy Jesosy, dia ireo izay nomen' Andriamanitra fahalalana momba Azy. {IFM 185.3}

Tiany hasandratra ho ambonin' ny zavatra mikasika ny fomba sy ny fanompoam-pivavahana, sy ireo anton-javatra iadian-kevitra ny sain' ilay nihaino Azy. «Avy ny andro, hoy Izy, sady tonga ankehitriny, raha ny tena mpivavaka hivavaka amin' ny Ray amin' ny fanahy sy ny fahamarinana ; fa ny Ray koa mitady ny mpivavaka aminy ho tahaka izany. Andriamanitra dia Fanahy ; ary izay mivavaka Aminy tsy maintsy mivavaka amin' ny fanahy sy ny fahamarinana. {IFM 186.1}

Voalaza eto ny fahamarinana izay efa nasehon' i Jesosy tamin' i Nikodemosy tamin' Izy nanao hoe : «Raha tsy ateraka avy any ambony ny olona, dia tsy mahazo mahita ny fanjakan' Andriamanitra»3. Tsy ny fitadiavana tendrombohitra masina na tempoly masina no hampiray ny olona amin' ny lanitra. Tsy tokony ho voafetran' ny fombafomba ivelany sy ny fanompoam-pivavahana ny fivavahana. Ny fivavahana izay avy amin' Andriamanitra no hany fivavahana izay hitarika ho eo amin' Andriamanitra. Mba hanompoana Azy araka izay tokony ho izy, dia tsy maintsy ateraky ny Fanahin' Andriamanitra isika. Hanadio ny fo izany ary hanavao ny saina, ka hanome antsika fahaizana vaovao hahalala sy ho tia an' Andria-manitra. Hanome antsika finiavana hankatò ny fitakiany rehetra izany. Izany no tena fanompoam-pivavahana marina. Vokatry ny asan' ny Fanahy Masina izany. Ny Fanahy no manonona ny fivavahana rehetra atao amin' ny fo, ary eken' Andriamanitra ny fivavahana toy izany. Na aiza na aiza misy fanahy mitady an' Andriamanitra, dia miseho ny asan' ny Fanahy, ary Andriamanitra mihitsy no hiseho amin' io fanahy io. Mpivavaka toy izany no tadiaviny. Miandry ny handray azy ireny Izy, ka hahatonga azy ireo ho zanakalahy sy zanakavaviny. {IFM 186.2}

Raha niresaka tamin' i Jesosy ravehivavy, dia latsaka tao am-pony ny teniny. Tsy mbola nandre fihetseham-po toy izany na oviana na oviana avy amin' ireo mpisorona teo amin' ny fireneny na avy amin' ny Jiosy izy. Rehefa nivelatra teo anatrehany ny fiainany teo aloha dia tsaroany ny zavatra tena nilainy, tsapany ny hetahetan' ny fanahiny, izay tsy nahazoany fahafaham-po na oviana na oviana teo amin' ny ranon' ny fantsakan' i Sikara. Tsy mbola nisy hatramin' izay zavatra nihatra taminy izay namohafoha faniriana ambony toy izao. Nandresy lahatra azy Jesosy Izay namaky ny tsiambaratelon' ny fiainany; tsapany fa sakaizany Izy, nangoraka sy tia azy. Nanameloka ny fahotany ny fanatrehany feno fahadiovana; nefa tsy nanao teny fanamelohana Izy, ny fahasoavany kosa no nambarany taminy fa afaka manavao ny fanahy Izy. Nanomboka resy lahatra ny amin' ny toetra amam-panahiny izy. Nipoitra tao an-tsainy ny fanontaniana hoe : «Mety ho ity ve ilay Mesia nandrasana hatry ny ela ?» Hoy izy taminy : «Fantatro fa avy ny Mesia (Ilay atao hoe Kristy); ka rehefa tonga Izy dia hambarany amintsika ny zavatra rehetra. Hoy Jesosy namaly azy : «Izaho Izay miresaka aminao no Izy». {IFM 186.3}

Raha nandre ireo teny ireo ravehivavy dia nitsiry tao am-pony ny finoana. Nekeny ny fanambarana mahagaga avy amin' ny molotr' Ilay Andriamanitra Mpampianatra. {IFM 187.1}

Nanana toe-tsaina vonona hankasitraka io vehivavy io. Vonona handray ny fanambarana ambony indrindra izy ; nahaliana azy mantsy ny Soratra Masina ary nanomana ny sainy handray fahazavana bebe kokoa ny Fanahy Masina. Efa nianatra ny teny fikasana tao amin' ny Testamenta Taloha izy hoe : «Mpaminany avy eo aminao, dia avy amin' ny rahalahinao, tahaka ahy, no hatsangan' i Jehovah Andriamanitrao ho anao ; Izy no hohenoinao»4. Niriny tokoa ny hahazo io faminaniana io. Efa namirapiratra tao an-tsainy ny fahazavana. Ny ranon' aina, ny fiainana ara-panahy izay homen' i Kristy ny fanahy mangetaheta rehetra, dia efa nanomboka nitsiry tao am-pony. Niasa tao aminy ny Fanahin' i Jehovah. {IFM 187.2}

Ny fanambarana mazava nataon' i Kristy tamin' io vehivavy io dia tsy azo natao tamin' ny Jiosy mpanamarin-tena. Tsy nilaza zavatra firy Izy rehefa niresaka tamin' izy ireo. Izay tsy nomena ny Jiosy, ary izay nasaina notazonin' ny mpianatra ho tsiambaratelo taty aoriana, no naseho azy. Hitan' i Jesosy fa hampiasainy ny fahalalany hitarihana olon-kafa hizara ny fahasoavany. {IFM 187.3}

Rehefa niverina ny mpianatra, dia gaga izy nahita ny Tompony niresaka tamin-dravehivavy. Tsy nisotro ny rano mangatsiatsiaka nangatahiny Izy, ary tsy niato akory Izy hihinana ny sakafo nentin' ny mpianatra. Rehefa lasa ravehivavy, dia nangataka Azy hihinana ny mpianatra. Hitany fa nangina Izy, variana toa nisy eritreritra naha-tretrika Azy. Namirapiratry ny fahazavana ny tavany, ary natahotra ny hanapaka ny fifandraisany tamin' ny lanitra izy ireo. Nefa fantany fa reraka sy vizana Izy, ka noheveriny fa adidiny ny mampahatsiahy Azy izay ilain' ny vatany. Neken' i Jesosy ny fikarakarany feno fitiavana, ka hoy Izy : «Izaho manan-kanin-kohanina izay tsy fantatrareo». {IFM 187.4}

Gaga ny mpianatra izay nitondra sakafo ho Azy ; nefa nohazavainy hoe : «Ny haniko dia ny manao ny sitrapon' Izay naniraka Ahy, sy ny mahavita ny asany». Rehefa namohafoha ny feon' ny fieritreretan-dravehivavy ny teny nataony, dia ravoravo Jesosy. Hitany izany izy nisotro ny ranon' aina ka afa-po ny hanoanany sy ny hetahetany. Ny fahatanterahan' ny asa izay nandaozany ny lanitra hanaovany izany, dia nampahery ny Mpamonjy tamin' ny asany, ka nanandratra Azy ho ambonin' izay ilain' ny olombelona. Nahafeno fankasitrahana Azy bebe kokoa ny niasa ho an' ny fanahy noana sy nangetaheta ny fahamarinana noho ny mihinana sy ny misotro. Fampiononana sy fampaherezana ho Azy izany. Ny fanaovan-tsoa no fiainana ho an' ny fanahiny. Nangetaheta fankasitrahana ny Mpanavotra antsika. Naha-mosarena Azy ny firaisam-po sy ny fitiavan' ireo izay novidin' ny ran' ny tenany. Niriny mafy indrindra, tamin' ny fomba tsy hay lazaina. ny hanatonan' izy ireo Azy ka hananany fiainana. Tahaka ny reny miandry ny fitsikim-pankasitrahan' ny zanany kely, izay manambara fa manomboka

mifoha ny sainy, dia toy izany koa no iandrasan' i Kristy ny fitiavana feno fankasitrahana izay manambara fa manomboka ny fiainana ara-panahy ao amin' ny olona iray. {IFM 188.1}

Feno fifaliana ravehivavy raha nihaino ny tenin' i Kristy. Saiky nanentanentana azy mihitsy ilay fanambarana mahagaga. Navelany ny sininy dia lasa izy niverina ho any an-tanàna hitondra ny hafatra ho an' ny hafa. Fantatr' i Jesosy ny antony nandehanany. Ny famelany ny sininy dia milaza mazava ny vokatry ny tenin' i Jesosy. Faniriana marina tao amin' ny fanahiny ny handray ny ranon' aina, ka hadinony ny anton-diany tao amin' ny fantsakana, hadinony ny hetahetan' ny Mpamonjy izay nokasainy homena fahafaham-po. Diboky ny fifaliana ny fony, raha nilomay handeha hizara amin' ny hafa ny fahazavana sarobidy efa noraisiny izy. {IFM 188.2}

Ary hoy izy tamin' ny olona tao an-tanàna : «Andeha hizaha izaroa Lehilahy izaroana, izay nilaza tamiko ny nataoko rehetra. Izao angaha no Kristy ?» Nanohina ny fon' izy ireo ny teniny. Nisy endrika vaovao hita teo amin' ny tavany, nisy fiovana teo amin' ny fijery azy manontolo. Liana ta-hahita an' i Jesosy izy ireo. «Dia nivoaka avy tao an-tanàna ny olona ka nankeo amin' i Jesosy». {IFM 188.3}

Raha mbola nipetraka teo amoron' ny fantsakana Jesosy, dia nitazana ny tanimbary maitso tanora mitomandavana teo anoloany, notarafin' ny masoandro mivolom-bolamena. Nasehony ny mpianatra izany sady nampiasainy ho sary an' ohatra : «Moa hianareo tsy manao hoe va : Efa-bolana no sisa dia tonga ny fararano ? Indro, lazaiko aminareo : Atopazy ny masonareo, ka jereo ny eny an-tsaha, fa efa masaka sahady hojinjaina izy». Ary raha niteny Izy, dia nijery ny olona manatona ny fantsakana. Mbola efa-bolana vao tonga ny fotoana fijinjana vary, nefa ity misy vokatra vonona ho an' ny mpijinja. {IFM 189.1}

«Ary izay mijinja, hoy izy, dia mandray karama ka mamory vokatra ho amin' ny fiainana mandrakizay, mba hiara-mifaly ny mpamafy sy ny mpijinja. Ary amin' izany dia marina ilay teny hoe : Ny iray mamafy, ary ny iray kosa mijinja». Eto dia nasehon' i Kristy ny amin' ny fanompoana masina tokony ho an' Andriamanitra ka atolotr' ireo efa nandray ny filazantsara. Tokony ho fiasana velona ho Azy ireo. Mitaky ny asa fanompoana samy ataon' ny tenany manokana Izy. Ka na mamafy isika na mijinja, dia samy miasa ho an' Andriamanitra. Ny iray mamafy ny voa ; ny iray manangona ny vokatra ; ary na ny mpamafy na ny mpijinja dia samy mandray valin' asa. Samy mifaly amin' ny vokatry ny asany izy. {IFM 189.2}

Hoy Jesosy tamin' ny mpianany : «Izaho naniraka anareo hijinja izay tsy nisasaranareo; olon-kafa no nisasatra, fa hianareo kosa no niditra teo amin' izay nisasarany». {IFM 189.3}

Nibanjina nialoha ny fanangonam-bokatra lehibe amin' ny andron' ny Pentekosta eto

ny Mpamonjy. Tsy tokony heverin' ny mpianatra ho vokatry ny fiezahana nataony izany. Niditra teo amin' ny asan' ny olona hafa izy. Hatramin' ny nahalavoan' i Adama, dia efa nankinin' i Kristy tamin' ny mpanompo nofidiny ny voan' ny teniny, mba hafafy ao ampon' ny olombelona. Ary misy fiasana tsy hita maso, hery tsy voafetra mihitsy aza, efa niasa mangina, nefa amin' ny fomba mahomby mba hitondra vokatra. Ny ranon' ando, ny ranonorana sy ny tanamasoandron' ny fahasoavan' Andriamanitra dia efa nomena, mba hanavao sy hamelona ny voan' ny fahamarinana. Efa hanondraka ny voa amin' ny ran' ny tenany izao Kristy. Nomena tombon-tsoa ny mpianany hiara-miasa amin' Andriamanitra. Mpiara-miasa amin' i Kristy izy ireo sy amin' ny olona masina tamin' ny andro fahiny. An' arivony no ho voaova fo indray andro noho ny firotsahan' ny Fanahy Masina tamin' ny Pentekosta. Vokatry ny voa nafafin' i Kristy izany, nojinjaina avy amin' ny asany. {IFM 189.4}

Ireo teny natao tamin' ilay vehivavy teo am-patsakana dia voa tsara nafafy ary manao ahoana ny hafaingan' ny fahazoana vokatra. Tonga nihaino an' i Jesosy ny Samaritana ka nino Azy. Nitangorona teo Aminy teo amin' ny fantsakana izy ireo, ary nametraka fanontaniana maro taminy ka nahazo mora foana fanazavana momba ny zavatra maro izay maizina taminy teo aloha. Raha nihaino izy ireo, dia nihanisava ny nanahirana ny sainy. Tahaka ny olona tao amin' ny haizina be izy ireo ka manara-dia tara-pahazavana tonga tampoka mandra-pahitany ny andro. Nefa tsy nahafa-po azy ireo io resaka fohy io. May ny hihaino bebe kokoa izy sy ny handrenesan' ireo sakaizany koa ity Mpampianatra mahagaga ity. Nasainy ho ao amin' ny tanànany Izy, ka nangatahiny hijanona miaraka aminy. Mandritra ny roa andro dia nijanona tao Samaria Izy ka nihamaro ireo nino Azy. {IFM 190.1}

Nohamavoin' ny Fariseo ny fahatsoran' i Jesosy. Niniany tsy nofantarina ny fahagagana nataony ka nangataka famantarana izy ireo manambara fa Izy no Zanak' Andriamanitra. Ny Samaritana kosa tsy nangataka famantarana, ary tsy nanao fahagagana teo amin' izy ireo Jesosy, afa-tsy ny nanehoany ny tsiambaratelon' ny fiainana tamin' ilay vehivavy teo am-pantsakana. Nefa dia maro no nandray Azy. Noho ny fifaliana vaovao nameno azy ireo dia hoy izy ireo tamin-dravehivavy : «Tsy noho ny filazanao ihany no inoanay, fa ny tenanay no mandre, ka fantatray fa Izy tokoa no Mpamonjy izao tontolo izao». {IFM 190.2}

Nino ny Samaritana fa ho avy ny Mesia, tsy ho Mpanavotra ny Jiosy ihany, fa ho Mpanavotra an' izao tontolo izao. Nilaza Azy mialoha tamin' ny alalan' i Mosesy ny Fanahy Masina fa hoe mpaminany no hirahin' Andriamanitra. Tamin' ny alalan' i Jakoba dia nolazaina fa ao Aminy no hanangonana ny vahoaka; ary tamin' ny alalan' i Abrahama dia nolazaina fa ao Aminy no hitahiana ny firenena rehetra ambonin' ny tany. Ireo tenin' ny Soratra Masina ireo no nampiorenan' ny vahoaka tao Samaria ny finoany ny Mesia. Ny fandraisan' ny Jiosy diso ny sarin' ireo mpaminany farany ka noraisiny ho amin' ny

fiavian' i Kristy voalohany ny voninahitry ny fiverenany fanindroany, dia nitarika ny Samaritana hampihataka ny tenin' ny Soratra Masina rehetra, afa-tsy ireo izay nomena an' i Mosesy. Rehefa nofafan' ny Mpamonjy ireo dika vilana rehetra ireo, dia betsaka no nanaiky ireo faminaniana farany ireo sy ny tenin' i Kristy mihitsy momba ny fanjakan' Andriamanitra. {IFM 190.3}

Natombok' i Kristy noravana ny efitry ny fisarahana tamin' ny Jiosy sy ny Jentilisa, ary nanomboka nitory ny famonjena tamin' izao tontolo izao Izy. Na dia Jiosy aza Izy, dia nifangaro tsotra izao tamin' ny Samaritana, ka nanafoana ny fomba amam-panaon' ny Fariseo teo amin' ny fireneny. Teo anatrehan' ireo hevitra mibahana tao an-tsaina dia nanaiky ny hiantrano tao amin' ity vahoaka nohamavoina ity Izy. Natory teo ambanin' ny tafon-tranony Izy, nihinana teo amin' ny latabany Izy, nandray anjara tamin' ny sakafo nomanina sy naroson' ny tanany, nampianatra teny amin' ny arabeny, ary nifandray tamin' izy ireo tamin' ny fahalemem-panahy sy ny fahalalam-pomba fatratra indrindra. {IFM 191.1}

Tao amin' ny tempolin' i Jerosalema dia nisy rindrina kely nampisaraka ny kianja anatiny tamin' ny faritra hafa rehetra tao amin' ny tempoly masina. Nisy soratra tamin' ny fiteny samihafa teo, izay nilaza fa tsy nisy afa-tsy ny Jiosy no nahazo nihoatra io faritra io. Raha nisy Jentilisa sahy niditra tao amin' ny kianja anatiny indrindra, dia ho nametaveta ny tempoly izy, ka handoa ny fahadisoany amin' ny ainy. Jesosy kosa, izay niavian' ny tempoly sy ny fanompoana natao tao, dia nitarika ny Jentilisa ho eo Aminy tamin' ny alalan' ny fatoran' ny fangoraham-pon' olombelona, ary ny fahasoavan' Andriamanitra avy Aminy dia nanome azy ireo ny famonjena izay nolavin' ny Jiosy. {IFM 191.2}

Ny nijanonan' i Jesosy tao Samaria dia nokendrena mba hahasoa ireo mpianany izay mbola teo ambanin' ny herin' ny fivavahana jiosy mandray an-tendrony. Nihevitra izy ireo fa adidiny amin' ny fireneny ny mitaky azy ireo hanolokolo ny fankahalany ny Samaritana. Gaga tamin' ny fihetsik' i Jesosy izy ireo. Tsy afaka nandà ny tsy hanaraka ny ohatra nomeny izy ireo, ka nandritra ny roa andro tao Samaria, dia nifehy ireo hevitra nibahana tao an-tsainy ny fanajany an' i Jesosy ; tao am-pony anefa dia tsy nanaiky izy ireo. Sarotra taminy ny nianatra fa tsy maintsy ny fangorahana sy ny firaisam-po no hisolo toerana ny fanarabiany Sy ny fankahalany. Taorian' ny niakaran' ny Tompo ho any an-danitra anefa vao niverina indray, tamin' ny dikany vaovao, ireo lesona nataony ho azy ireo. Rehefa nirotsaka ny Fanahy Masina, dia tsaroany indray ny fijerin' ny Mpamonjy, ireo teny nataony, ny fanajany sy ny fitiavana hita teo amin' ny fihetsiny tamin' ireo hafa firenena nohamavoina. Toe-tsaina toy izany no nentin' i Petera teo amin' ny asany rehefa nandeha nitory tany Samaria izy. Rehefa nantsoina ho any Efesosy sy Smyrna i Jaona dia tsaroany ny fanandramana tao Sikara, ka feno fankasitrahana an' Ilay Andriamanitra Mpampianatra izy, izay nahatazana mialoha ireo zava-tsarotra tsy maintsy

hifanehatra aminy, ka nanampy azy tamin' ny ohatra nomeny. {IFM 191.3}

Mbola manao ny asa mitovy amin' ny nataony fony Izy nampitobaka ny ranon' aina tamin' ilay vehivavy tao Samaria ihany ny Mpamonjy. Ireo izay milaza ny tenany ho mpanaraka Azy, dia mety hanamavo sy hampihataka ireo izay lavin' ny mpiara-monina; nefa tsy misy anton-javatra eo amin' ny nahaterahana, na eo amin' ny firazanana, na eo amin' ny fiainana izay afaka hampiala ny fitiavany amin' ny zanaky ny olona. Ny fanahy tsirairay, na dia mpanota aza, dia ilazan' i Jesosy hoe : «raha mangataka ianao, dia homeko rano velona». {IFM 192.1}

Tsy tokony hofeperana ny fiantsoan' ny filazantsara, ka tsy aseho afa-tsy amin' ny olona vitsy voafantina, izay, araka ny heverintsika, hanome voninahitra antsika raha manaiky izany. Tokony homena ny rehetra ny hafatra. Na aiza na aiza misy fo misokatra handray ny fahamarinana, dia vonona hampianatra azy Kristy. Asehony azy ireo ny Ray sy ny fanompoana eken' Ilay mahay mamaky ny ao am-po. Amin' ny olona toy ireny dia tsy mampiasa fanoharana Izy. Hoy Izy amin' ireny, toy ny tamin' ilay vehivavy tao amin' ny fantsakana : «Izaho izay miteny aminao no Izy». {IFM 192.2}

Raha nipetraka hiala sasatra teo amin' ny fantsakan' i Jakoba Jesosy dia avy tany Jodia, izay toerana tsy namokaran' ny asany afa-tsy kely foana Izy. Nolavin' ireo mpisorona sy ireo raby Izy, ary na dia ny vahoaka izay nilaza fa mpianany aza, dia tsy nahita ny toetra amam-panahiny maha Andriamanitra Azy. Reraka sy vizana Izy; nefa tsy nataony an-tsirambina ny fotoana nety niresahany tamin' ny vehivavy iray, na dia hafa firenena azy izy io, vahiny amin' Isiraely, sady nivelona tamin' ny fahotana mivandravandra. {IFM 192.3}

Tsy nandrasan' ny Mpamonjy ny hahavory ny vahoaka. Matetika dia nanomboka ny fampianarany tamin' ny olona vitsy nitangorona teo Aminy Izy, dia mijanona tsirairay ny mpandalo hihaino Azy, mandra-pisian' ny vahoaka be izay gaga sy talanjona mihaino ny tenin' Andriamanitra amin' ny alalan' ity Mpampianatra nalefan' ny lanitra. Ny mpiasa ho an' i Kristy dia tokony hahatsapa fa afaka miteny amin-kafanam-po, na mitory amin' ny mpihaino vitsy. na mitory amin' ny olona betsaka. Mety ho olona iray ihany no hihaino ny hafatra ; nefa iza no afaka hilaza hoe hatraiza ny fitaran' ny vokatry ny hery miasa avy amin' iny olona iny ? Toa tsy dia nisy antony, na dia teo imason' ny mpianatra aza, ny nandanian' i Jesosy ny androny tamin' ilay vehivavy tao Samaria. Nefa afaka nampiseho ny heviny tamin' ny hafanam-po sy tamim-pahakingana bebe kokoa teo aminy Izy noho ny teo anatrehan' ny mpanjaka, ny mpanolotsaina, na ny mpiroronabe. Ny lesona izay nomeny io vehivavy io dia naverimberina hatrany amin' ny faran' ny tany lavitra indrindra. {IFM 192.4}

Raha vantany vao nahita ny Mpamonjy ilay vehivavy Samaritana dia nitondra Azy teo amin' ny hafa. Nasehony tamin' izay fa misionera mahomby noho ireo mpianatr' i Jesosy

izy. Tsy nahita na inona na inona tao Samaria izay mampiseho saha mamporisika hiasa ny mpianatra. Nifantoka tamin' ny asa lehibe hatao ho amin' ny ho avy ny sainy. Tsy hitany fa nanodidina azy akaiky dia nisy vokatra tokony hangonina. Nefa tamin' ny alalan' ilay vehivavy izay nohamavoiny dia tanàna iray manontolo no voatarika hihaino ny Mpamonjy. Nentin-dravehivavy avy hatrany tamin' ny mpiray tanàna taminy ny fahazavana. {IFM 193.1}

Io vehivavy io dia mampiseho ny vokatry ny finoana an' i Kristy, dia finoana tsotra, ary avy hatrany dia miasa amim-pahendrena. Ny tena mpianatra marina rehetra dia teraka ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra mba ho misionera. Izay misotro ny rano velona dia manjary loharanon' aina. Manjary mpanome ny mpandray. Ny fahasoavan' i Kristy ao amin' ny fanahy dia tahaka ny loharano any an' efitra, izay miboiboika mba hampangatsiatsiaka ny rehetra sy hahatonga ireo izay efa ho faty hazoto hisotro ny ranon' aina. {IFM 193.2}

## Toko 20—Raha tsy mahita famantarana sy fahagagana ianareo

Nitondra ny tatitra momba ny asa mahagaga nataon' i Jesosy ireo olona niverina tany Galilia izay avy nanatrika ny Paska. Ny faninian' ireo lehibe sy mpitondra tany Jerosalema momba ny asa nataon' i Jesosy dia nanokatra ny lalany tany Galilia. Betsaka ny vahoaka no nitaraina ny amin' ny zavatra tafahoatra tao amin' ny tempoly, ny amin' ny fitiavan-karena sy ny avonavona nireharehan' ny mpisorona. Nanantena izy ireo fa ity lehilahy ity, izay nampandositra ny mpanapaka, dia azo antenaina ho Ilay Mpanafaka. Tonga izao ny vaovao izay toa manamafy ny zavatra mamirapiratra indrindra niheverana Azy. Nolazain' ny tatitra fa efa nanambara ny tenany ho Mesia ilay mpaminany. {IFM 195.1}

Tsy nino azy anefa ny mponina tao Nazareta. Noho io antony io, dia tsy namangy an' i Nazareta Jesosy raha nankany Kana. Nambaran' ny Mpamonjy tamin' ny mpianany fa tsy misy mpaminany manandaza eo amin' ny taniny. Araka izay azon' ny olona entina mankasitraka no ankasitrahany ny tena amin' ny toetra amam-panahy. Ny nahaterahany feno fietrena, ny fitafiany tsotra, sy ny asa fanaony andavanandro, no nitsaran' ireto olona tery saina sy araka an' izao tontolo izao an' i Kristy. Tsy hainy ny mankasitraka ny fahadiovan' io fanahy io izay tsy voakasiky ny fahotana. {IFM 195.2}

Vetivety dia niparitaka nanerana an' i Galilia ny vaovao momba ny fiverenan' i Kristy tao Kana ka nitondra fanantenana ho an' ny mijaly sy ny tra-pahoriana. Tao Kapernaomy dia nisy andriandahy jiosy iray izay tandapan' ny mpanjaka nanan-janakalahy voan' ny aretina tsy azo sitranina. Afa-nenina taminy ny dokotera, fa rehefa nahare ny amin' i Jesosy rainy, dia tapa-kevitra hitady fanampiana Aminy. Reraka dia reraka ny zaza, ka natahorana, sao tsy ho velona intsony izy mandra-piverin' ny rainy ; tsapan' io andriandahy io anefa fa tsy maintsy ny tenany mihitsy no manazava ny antonantony amin' i Jesosy. Nanantena izy fa hanaitra ny fangorahan' Ilay Dokotera Lehibe ny fiangavian' ny ray1. {IFM 195.3}

Rehefa tonga tao Kana izy dia nahita vahoaka betsaka nanodidina an' i Jesosy. Feno tebiteby ny fony raha nisisika ho tonga eo anatrehan' i Jesosy izy. Nihozongozona ny finoany rehefa tsy nahita afa-tsy olona miankanjo tsotra, mihosom-bovoka sy reraky ny dia. Nisalasala izy raha io olona io no ho afaka hanao izay nahatongavany hangatahana ; nefa nanao izay ahazoany mihaona amin' i Jesosy izy ; nolazainy taminy ny anton-diany, ary niangavy ny Mpamonjy izy hiaraka aminy ho any an-tokantranony. Efa fantatr' i Jesosy anefa ny nanjo azy. Raha mbola tsy niainga tao an-tokantranony ilay manam-boninahitra dia efa hitan' ny Mpamonjy ny fahoriany. {IFM 196.1}

Fantany koa anefa fa nisy fepetra tao an-tsain' io raim-pianakaviana io momba ny finoany an' i Jesosy. Raha tsy tanteraka ny fangatahany dia tsy handray Azy ho Mesia

izy. Raha niandry izay ho valin' izany ilay tandapa izay efa nangitakitaka sy nitebiteby mafy dia mafy, dia hoy Jesosy taminy : «Raha tsy nahita famantarana sy fahagagana hianareo tsy mba hety hino mihitsy». {IFM 196.2}

Na dia teo aza ny porofo rehetra fa Jesosy no Kristy, dia nanapa-kevitra ity mpanao fangatahana fa hankininy amin' ny faneken' i Jesosy ny fangatahana nataony ny finoany Azy. Nampitahain' ny Mpamonjy tamin' ny finoana tsotra teo amin' ny Samaritana, izay tsy nangataka fahagagana na famantarana io finoana misalasala io. Ny teniny, ny porofon ny maha-Andriamanitra Azy hita manatrika eo lalandava, dia nisy hery mandresy lahatra izay nahatratra ny fon' izy ireny. Nampalahelo an' i Kristy fa ny vahoakany indrindra indray, dia ilay efa nametrahana ny Soratra Masina no tsy handre ny feon' Andriamanitra miteny aminy avy amin' ny alalan' ny Zanany. {IFM 196.3}

Azo lazaina fa nanam-pinoana ihany anefa io andriandahy io, satria tonga nangataka izay noheveriny ho sarobidy indrindra tamin' ny fitahiana rehetra izy. Nanana fanomezana sarobidy kokoa atolotra azy Jesosy. Tsy ny hanasitrana ny zanany ihany no nirin' i Jesosy, fa ny hahatonga an' ilay tandapa sy ny ankohonany ho mpandray anjara amin' ny fitahian' ny famonjena. sy ny hampirehitra ny fahazavana ao Kapernaomy, izay ho saha hiasany rehefa afaka fotoana fohy. Tsy maintsy ho tsapan' io andriandahy io aloha izay ilainy vao afaka haniry ny fahasoavan' i Kristy izy. Mampiseho olona maro tao amin' ny fireneny io tandapa io. Fitiavan-tena no antony nahaliana azy ny amin' i Jesosy. Nanantena ny handray tombontsoa manokana izy ireny amin' ny alalan' ny heriny, ka nataony ho famantarana ho an' ny finoany ny fanomezana io tombontsoa ara-nofo io ; tsy fantany anefa ny momba ny aretiny ara-panahy ka tsy hitany ny nilany ny fahasoavan' Andriamanitra. {IFM 196.4}

Tahaka ny fahazavana mitselatra ny tenin' ny Mpamonjy tamin' ilay andriandahy ka nampihanjahanja ny fony. Hitany fa fitiavan-tena no antony nanosika azy hitady an' i Jesosy. Niseho taminy araka ny tena toetrany marina ny finoany nangozohozo. Lalina ny alahelony nahatsapa fa mety hahavery ny ain' ny zanany ny fisalasalany. Fantany fa teo anatrehan' Ilay mahay mamaky ny eritreritra izy, sy mahay manao ny zavatra rehetra. Nihatra aman' aina ny fitarainany manao hoe : «Tompoko, midina re, dieny tsy mbola maty ny zanako». Namikitra an' i Kristy tahaka ny nataon' i Jakoba rehefa nitolona tamin' ilay Anjely ny finoany izay niteny hoe : «Tsy havelako handeha Hianao, raha tsy tahinao aho»2. {IFM 197.1}

Tahaka an' i Jakoba dia nandresy izy. Tsy azon' ny Mpamonjy hialana ny fanahy izay mifikitra Aminy, mitaraina ny amin' ny fahantrany lehibe. «Andeha mody, hoy Izy ; velona ny zanakao». Niala teo anatrehan' ny Mpamonjy ilay andriandahy feno fiadanana sy fifaliana tsy mbola tsapany talohan' izao. Tsy nino fotsiny izy fa ho sitrana ny zanany, fa nahery ny finoany ka natoky izy fa Kristy no Mpanavotra. {IFM 197.2}

Tampoka foana teo ary tamin' io ora io indrindra dia nahita fiovana mahagaga ireo niandry ny zaza teo am-bavahaona tao an-tranony tao Kapernaomy. Niala tsy ho eo amin' ny endriky marary ny aloky ny fahafatesana. Ilay mena dorehitry ny tazo teo dia nanjary nalefadefaka nanambara fahasalamana miverina indray. Namirapiratra tao amin' ny masony izay matromatroka teo ny saina matsilo ary niverina tao amin' ilay vatana kely aina sy mahia ny hery. Tsy nisy izay namantarana ny aretina tafajanona teo amin' ilay zaza. Nalefadefaka sy tsemboka ny nofony mahamay teo ka rendrika tao amin' ny torimaso tony dia tony izy. Afaka ny tazo tamin' ny fotoana nampigaingaina ny andro iny indrindra. Gaga ny fianakaviana, ary lehibe ny fifaliana. {IFM 197.3}

Tsy dia lavitra loatra an' i Kapernaomy i Kana ka azon' io manamboninahitra io natao ny ho tody tany an-tranony ny harivan' ny nihaonany tamin' i Jesosy ; tsy nahamaika azy anefa ny diany nody tany an-tranony. Ny ampitso maraina vao nankany Kapernaomy izy. Nanao ahoana izany niverenany tany izany ! Navesatry ny alahelo ny fony tamin' izy nandeha nitady an' i Jesosy. Toa nasiaka taminy ny tanamasoandro, toa naneso azy ny hiran' ny vorona. Samihafa manao ahoana ny zavatra tsapany izao ! Miravaka zavabaovao ny zavaboary rehetra. Maso vaovao no hijereny. Toa niaranidera an' Andriamanitra taminy ny zavaboary rehetra raha nandeha izy tamin' iny vao maraina tony iny. Raha mbola lavidavitry ny trano itoerany izy, dia nisy mpanompo nivoaka nitsena azy, may hanala ny fitaintainana noheveriny fa tsy maintsy ho tsapany. Tsy hita ho gaga izy tamin' ny vaovao nentin' izy ireo, fa nisy zavatra nahaliana azy fatratra ary tsy fantatry ny mpanompo izany, koa nanontany azy ny ora izay nanaretan' ny zaza izy. «Omaly tokony tamin' ny ora fahafito no niala taminy ny tazo», hoy ny navaliny. Tamin' ny fotoana indrindra izany izay namikiran' ny finoan' ny ray ilay toky nomena azy hoe : «Velona ny zanakao», tamin' izay no nikasika ilay zaza teo am-bavahaona ny fitiavan' Andriamanitra. {IFM 198.1}

Nihazakazaka rainy hiarahaba ny zanany. Nofihininy tamin' ny fony toy izay nitsangana tamin' ny maty izy ka nisaotsaotra an' Andriamanitra noho io fanasitranana mahagaga io. {IFM 198.2}

Naniry mafy ny hahalala bebe kokoa ny amin' i Kristy ilay manamboninahitra. Rehefa nandre ny fampianarany izy, dia nanjary mpianatra izy sy ny ankohonany manontolo. Nohamasinina ny fahorian' izy ireo ka nitarika ny fiovam-pon' ny fianakaviana manontolo. Niparitaka ny vaovao mahafaly momba ny fahagagana; koa voaomana tao Kapernaomy, izay hanaovan' i Kristy asa mahagaga be dia be tokoa, ny lalana ho an' ny asa fanompoany. {IFM 198.3}

Maniry ihany koa ny hitahy antsika Ilay nitahy ilay andriandahy tany Kapernaomy. Nefa matetika isika, tahaka io ray tra-pahoriana io, no voatarika hitady an' i Jesosy noho ny faniriana zava-tsoa ara-nofo, ary ankinintsika amin' ny fanatanterahana ny fangatahantsika ny fitokisantsika ny fitiavany. Maniry ny hanome antsika fitahiana lehibe

noho izay angatahintsika ny Mpamonjy, ary maharitra ela ny famaliany ny fangatahantsika mba hahazoany maneho amintsika ny faharatsian' ny fontsika, sy ny fahasoavany tena ilaintsika. Maniry antsika hahafoy ny fitiavan-tena izay mitarika antsika hitady Azy Izy. Rehefa miaiky ny tsy fahazoantsika manampy ny tenantsika sy ny fahatsapana mangidy izay ilaintsika isika, dia tokony hanankina ny tenantsika manontolo amin' ny fitiavany. {IFM 198.4}

Nirin' ilay manamboninahitra ny hahita ny fahatanterahan' ny fivavahany vao hino izy; nefa tsy maintsy ekeny ny tenin' i Jesosy, fa efa nohenoina ny fangatahany, ary efa nomena azy ny fitahiana. Tokony hianarantsika koa io lesona io. Tsy noho ny ahitantsika na ahatsapantsika fa mihaino antsika Andriamanitra no tokony hinoantsika. Tokony hatoky ny teny fikasany isika. Rehefa manatona Azy amin' ny finoana isika, dia miditra ao am-pon' Andriamanitra ny fangatahana rehetra. Rehefa nangataka ny fitahiana isika, dia tokony hino fa nandray ary hisaotra Azy satria nandray izany. Rehefa izany dia tokony handeha hanao ny adidintsika isika, nahazo toky fa ho tanteraka ny fitahiana rehefa tena ilaina indrindra izany. Rehefa nianatra ny nanao izany isika, dia ho fantatsika fa voavaly ny fivavahantsika. Hanao ho antsika «mihoatra ny zavatra rehetra» Andriamanitra, «araka ny haren' ny voninahiny», sy ny «fiasan' ny herin' ny faherezany»3. {IFM 199.1}

## Toko 21—Betesda sy ny Synedriona

«Nisy farihy tany Jerosalema teo akaikin' ny vavahadin' Ondry, izay atao amin' ny teny Hebreo hoe Betesda, nisy fialofana dimy. Tao no nandrian' ny marary maro, ny jamba, ny mandringa, ny kilemaina, ny maty ila. niandry ny fihetsehan' ny rano»1 {IFM 201.1}

Nisy fotoana izay nampihetsika ny ranon' io farihy io, ary ninoan' ny besinimaro fa avy amin' ny hery ambony noho ny an' ny olombelona izany, ka na iza na iza tafatsambikina voalohany ao anaty rano rehefa mihetsika izy, dia ho sitrana na inona na inona aretina mahazo azy. An-jatony ny marary tonga teo ; nefa satria be loatra ny vahoaka nifanizina rehefa mihetsika ny rano dia nifanosika handroso izy ireo, ka nanitsakitsaka na lehilahy, na vehivavy sy ankizy izay malemy noho izy ireo. Betsaka no tsy afaka nanatona ny farihy. Betsaka ireo izay tonga teo, no maty teo amorony. Nasiana fialofana teo amin' io toerana io, mba hiarovana ny marary amin' ny hafanan' ny andro sy ny hatsiaka amin' ny alina. Nisy nijanona teo ambanin' ireo fialofana ireo tamin' ny alina, mandadilady ho eo amin' ny sisin' ny farihy isan' andro isan' andro manantena fanasitranana tsy nisy. {IFM 201.2}

Tonga tao Jerosalema indray Jesosy. Nandeha irery Izy, toa variana nieritreritra sy nivavaka. Tonga teo amin' ny farihy Izy. Hitany ireto marary mijaly miandry izay noheveriny ho hany fanantenana hahasitrana azy. Naniry mafy hampiasa ny heriny manasitrana Izy, ka hamerina ny marary rehetra ho amin' ny fahasalamana. Nefa Sabata ny andro. Vahoaka be no nandeha hivavaka any amin' ny tempoly, ary fantany fa ny fanasitranana toy izany dia hampirongatra ny hevitra nibahana tao an-tsain' ny Jiosy ka hampijanona ny asany. {IFM 201.3}

Nefa nahita olona iray tao amin' ny fahoriana mangidy indrindra ny Mpamonjy. Ilay lehilahy malemy voan' ny paralysisa nandritra ny valo ambin' ny telopolo taona io. Vokatry ny fahotany ny betsaka tamin' ny aretiny, ary noheverina fa fitsarana avy amin' Andriamanitra izany. Irery izy sady tsy nanana namana, ka nahatsapa fa nihidy ho azy ny famindrampon' Andriamanitra, ary taona maro no nijalian' io marary io tao amin' ny fahoriana. Tamin' ny fotoana izay noheverina fa fihetsehan' ny rano. ireo izay nangoraka ny fahalemeny dia nitondra azy teo amin' ny vavahady. Nefa tamin' ny fotoana mety dia tsy nisy olona hanampy azy. Hitany ny rano nivalombalona, nefa mbola tsy afaka nandeha na oviana na oviana nihoatra ny sisin' ny farihy izy. Nisy natanjaka noho izy niroboka tao anatin' ny rano alohany. Tsy nisy fahombiazana ny fiezahany teo anatrehan' ny vahoaka tia tena sy nifandrombaka. Saiky naharitra ny hany heriny sisa ny fiezahana mitohy hanatratra tarigetra iray, ny tebitebiny sy ny fahadisoam-panantenany mifanesy. {IFM 202.1}

Dia niondrika ilay paralysisa sitrana handray ny fandriany izay lamba firakotra

matevina sy bodofotsy ihany, ary rehefa nitraka izy nahatsiaro fahafinaretana, dra nijery manodidina nitady Ilay nanafaka azy, nefa nanjavona tao anatin' ny vahoaka Jesosy. Natahotra ilay olona sao tsy fantany Izy raha mahita Azy indray. Raha nilomay izy, kinga sy mailaka namindra, nidera an' Andriamanitra sy nifaly tamin' ny heriny vao hitany indray, dia nifanena tamin' ny Fariseo maro, ka nitantara avy hatrany tamin' ireo ny fahasitranany. Gaga izy nahita fa nangatsiatsiaka ny fihainoan' ireo ny tantarany. {IFM 202.2}

Maloka ny endrik' izy ireo nanapaka ny teniny, sy nanontany ny antony itondrany fandriana amin' ny andro Sabata. Nampahatsiaroviny azy tamin' ny fomba hentitra fa tsy mifanaraka amin' ny lalàna ny mitondra entana amin' ny andron' ny Tompo. Noho ny fifaliany dia hadinon-dralehilahy fa Sabata ny andro, nefa tsy nahatsiaro meloka izy raha nankatò ny baikon' Ilay nanana hery lehibe toy izany avy amin' Andriamanitra. Novaliany tamin-kasahiana hoe : «Ilay nahasitrana ahy no nanao tamiko hoe : Ento ny fandrianao, ka mandehana». Dia nanontanian' izy ireo izay nanao izany, fa tsy afaka nilaza izy. Fantatr' ireo mpifehy ireo tsara fa Anankiray ihany no hany afaka manao io fahagagana io ; nefa nitady porofo mivantana izy ireo fa Jesosy izany, mba hahazoany manameloka Azy ho mpandika ny Sabata. Araka ny fiheviny dia tsy nandika ny lalàna fotsiny tamin' ny fanasitranana ilay marary tamin' ny Sabata Izy, fa nanao fahotana be mihitsy tamin' ny nibaikoany azy hibata ny fandriany. {IFM 202.3}

Nosimban' ireo Jiosy indrindra ny lalàna ka nanjary zioga fanandevozana izany. Ny fitakiany tsy dia misy antony dia nanjary fihomehezana teo amin' ny firenena hafa. Ny Sabata dia voafefy tamin' ny fomba manokana tamin' ny alalan' izao fameperana tsy misy dikany rehetra izao. Tsy fahafinaretana ho azy ireo ny andro masina sy henikajan' ny Tompo. Nataon' ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo zioga tsy laitra zakaina ny fitandremana izany. Tsy nahazo nampirehitra jiro na dia labozy aza tamin' ny andro Sabata. Ho vokatr' izany dia niankina tamin' ny jentilisa ny vahoaka momba ny asa fanompoana maro izay tsy navelan' ny lalana ataony ho an' ny tenany. Tsy noeritreretiny fa raha fahotana ireo zavatra ireo, dia meloka tahaka ny nanao ny asa ho an' ny tenany ihany ireo izay mampiasa ny hafa hanao izany. Noheveriny fa voatokana ho azy Jiosy ny famonjena, ka tsy nety ho ratsy kokoa rahateo ny toerana nisy ny hafa rehetra satria efa tsy misy antenaina tsinona. Nefa Andriamanitra tsy nanome didy izay tsy ho azon' ny rehetra hankatoavina. Tsy manamarina fameperana tsy ara-drariny na feno fitiavan-tena ny lalàny. {IFM 203.1}

Nihaona tamin' ilay lehilahy nositraniny Jesosy tao amin' ny Tempoly. Tonga nitondra fanatitra noho ny fahotana sy fanatipisaorana izy noho ny famindrampo lehibe efa noraisiny. Nahita azy tao anatin' ny vahoaka nivavaka Jesosy, dia nampahafantatra ny tenany tamin' ny fampitandremana nataony hoe : «Indro, efa sitrana hianao, aza manota intsony, fandrao hanjo anao izay ratsy noho ny teo». {IFM 203.2}

Diboky ny hafaliana ilay lehilahy sitrana raha tafahaona tamin' Ilay nanafaka azy. Tsy fantany ny fankahalana an' i Jesosy ka nolazainy tamin' ireo Fariseo nanontany azy, fa Izy Ilay nahatanteraka ny fanasitranana azy. «Ary noho izany ny jiosy dia nanenjika an' i Jesosy, satria nanao izany zavatra izany tamin' ny Sabata Izy». {IFM 203.3}

Nentina teo anatrehan' ny Synedriona Jesosy mba hamaly ny fanamelohana Azy ho mpandika ny Sabata. Raha firenena afaka ny Jiosy tamin' izay dia ampy hanamelohana Azy ho faty io fiampangana io. Voasakana izany noho izy ireo teo ambanin' ny fanapahana Romana. Tsy nanana fahefana hampihatra ny fanamelohana ho faty ny Jiosy, ary ho tsy nisy lanjany eo amin' ny fitsarana Romana ny fanamelohana natao tamin' i Kristy. Nisy anton-javatra hafa, na dia izany aza, nantcnain' izy ireo ho azony antoka. Na dia teo aza ny fiezahan' izy ireo hanohitra ny asan' i Kristy, dia nitombo nihalehibe noho ny azy ireo ny hery miasa avy Aminy teo amin' ny vahoaka, na tao Jerosalema aza. Betsaka ireo vahoaka tsy mba liana tamin' ny kabarin' ny raby, no voasariky ny fampianarany. Azon' ireo vahoaka ireo ny teniny, ka nahazo hafanana sy fampaherezana ny fony. Tsy mba lazainy ho toy ny mpitsara mamaly faty Andriamanitra, fa toy ny ray be fitiavana ka nasehony ny endrik' Andriamanitra nitaratra teo amin' ny tenany. Tahaka ny balsama ho an' ny fanahy maratra ny teniny. Tamin' ny alalan' ny teniny sy tamin' ny alalan' ny asampamindrampony dia nanapaka ny hery mangejan' ireo lovan-tsofina efa ela sy ireo didy nataon' olombelona izy ; nasehony taminy ny fitiavan' Andriamanitra tamin' ny fahafenoany tsy mety ritra. {IFM 203.4}

Voalaza ao amin' ny faminaniana voalohany indrindra Kristy hoe : «Ny tehim-panjakana tsy hiala amin' i Joda, na ny tehina fanapahana eo anelanelan' ny tongony, mandra-pahatongan' i Silo, ka hanoa Azy ny firenena» 2 Nanatona an' i Kristy ny olona. Ny fon' ny vahoaka mora mangoraka dia nandray ny lesom-pitiavana sy ny lesom-piantrana ho takalon' ny fanompoam-pivavahana henjana takian' ireo mpisorona. Raha tsy nisakana ny mpisorona sy ny raby, dia ho nitondra fanovana lehibe tsy mbola hitan' izao tontolo izao ny fampianarany. Nefa mba hitazonany ny fahefany, dia nanapakevitra ireo mpitarika ireo fa harodana ny hery nananan' i Jesosy. Ny nitondrana Azy teo anatrehan' ny Synedriona, sy ny fanamelohana ampahibemaso ny fampianarany dia hanampy eo amin' ny fanatanterahana izany ; ny olona mantsy dia mbola feno fanajana an' ireo mpitarika azy ara-pivavahana. Na iza na iza sahy manameloka ireo fitakian' ny raby, na manandrana manamaivana ny entana napetrany teo amin' ny vahoaka dia noheverina ho meloka, tsy hoe niteny ratsy an' Andriamanitra fotsiny, fa namadika mihitsy. Izany no nantenain' ny raby fa hamohafoha fiahiahiana an' i Kristy. Nasehony ho toy ny olona ta-handrodana ny fomba amam-panao efa tafapetraka Izy, ka mampisaraka ny vahoaka ary manomana lalana mba hahafeno tanteraka ny fanandevozan' ny Romana azy ireo. {IFM 204.1}

Ny drafitra izay notanterahin' ireo raby tamin-kafanampo anefa dia avy amin' ny

filan-kevitra hafa noho ny Synedriona no niaviany. Rehefa tsy naharesy an' i Kristy tany an-efitra i Satana, dia navondrony ny heriny rehetra hanoherany Azy teo amin' ny asa fanompoana ataony, ary raha azo atao aza dia ny hampijanona mihitsy ny asany. Izay tsy azony natao tamin' ny fiezahana mivantana nataon' ny tenany, dia notapahiny fa ataony amin' ny alalan' ny tetik' ady. Raha vantany vao niala avy teo amin' ny ady tany an-efitra izy, dia nila hevitra tamin' ireo anjely namany mba hamolavola drafitra maty paika hoenti-manamaizina kokoa ny sain' ny vahoaka jiosy, ka tsy ahafantaran' izy ireo ny Mpanavotra azy. Nanao drafitra hampiasa olombelona ao amin' ny sokajin' olona mpitondra fivavahana izy, ka nofenoiny tamin' ny fankahalan' ny tenany Ilay mahery fon' ny fahamarinana ny sain' izy ireo. Tiany hotarihina handà an' i Kristy sy hampangidy ny fiainany araka izay azo atao izy ireo mba hahakivy Azy sy hijanonany tsy hanohy ny asa nanirahana Azy. Koa dia nanjary fiasan' i Satana ireo mpitarika tao amin' Isiraely tamin' ny ady nataony tamin' ny Mpamonjy. {IFM 205.1}

Tonga «hanandratra ny lalàna sy hahabe voninahitra azy» Jesosy. Tsy hampihena ny hajany Izy, fa hanandratra izany. Hoy ny Soratra Masina : «Tsy ho reraka na ho kivy Izy, mandra-panoriny ny rariny amin' ny tany» 3 Tonga Izy hanafaka ny Sabata amin' ireo fitakiana mahasorisorena izay nahatonga izany ho ozona fa tsy ho fitahiana. {IFM 205.2}

Noho izany no nifidianany ny Sabata hanatanterahany ilay asam-panasitranana tao Betesda. Azony natao ny nanasitrana ilay marary na andro inona na andro inona tao amin' ny herinandro ; na azony atao ny nanasitrana azy fotsiny ka tsy nibaiko azy hitondra ny fandriany. Nefa tsy ho nahazoany nanao izay tiany atao izany. Nisy fikasana hendry hatrany tao ambadiky ny fihetsik' i Kristy rehetra teo amin' ny fiainany teto an-tany. Ny zavatra rehetra izay nataony dia nisy antony lehibe nifanaraka tamin' ny fampianarany. Nofidiny ilay voa mafy indrindra tamin' ireo marary teo amin' ilay farihy mba hampiasany ny heriny manasitrana, ary nobaikoiny ralehilahy hitondra ny fandriany namakivaky ny tanàna mba hanambara ny asa lehibe efa natao taminy. Hahatonga fanontaniana ny momba izay azo atao araka ny lalàna amin' ny Sabata izany, ka hanokatra lalana ho Azy hiampangany ireo fameperana nataon' ny Jiosy momba ny andron' ny Tompo sy hilazana fa tsy misy vidiny ireo lovan-tsofiny. {IFM 205.3}

Nasehon' i Jesosy mazava tsara fa ny asa manamaivana ny ory dia mifandrindra amin' ny lalàn' ny Sabata. Mifandrindra amin' ny asan' ny anjelin' Andriamanitra koa izany, izay miakatra sy midina mandrakariva avy any an-danitra ho eto an-tany hanao fanompoana ho an' ny olombelona mijaly. Hoy Jesosy : «Ny Raiko miasa mandraka ankehitriny, ary Izaho koa miasa». An' Andriamanitra ny andro rehetra, mba hanatanterahana ny drafitra nataony ho an' ny taranak' olombelona. Raha marina ny fandikan' ny Jiosy ny lalàna, dia Jehovah izany no diso, izay nanao asa nampahatanjaka sy nitana ny zava-miaina rehetra hatramin' ny nanorenany voalohany ny tany ; amin' izay, Ilay milaza fa tsara ny asany, ka nanangana ny Sabata ho tsangambaton' ny

fahatanterahany, dia tsy maintsy mametra fotoana ho an' ny asany, ka hampijanona ny fandehan izao rehetra izao tsy manam-pahataperana. {IFM 206.1}

Moa ve Andriamanitra manakana ny masoandro tsy ahatanteraka ny asany amin' ny Sabata, ka manapaka ireo tanany tsy hitondra hafaliana amin' ny tany sy hamelona ny zava-maniry ? Moa ve tsy maintsy hijanona tsy hihetsika izao rehetra izao mandritra io andro masina io ? Moa ve Izy nibaiko ny renirano madinika hijanona tsy handena ny saha sy ny ala, ka nibaiko ny onjan-dranomasina hampijanona ny fihemorany sy ny fandrosoany tsy misy farany ? Moa ve tsy maintsy mijanona tsy hitombo ny vary, ary moa ve ny sampaho efa ho masaka manemotra ny fotoana hahatonga azy ho voaloboka manga ? Moa ve tsy mahazo mamoaka ny tsimokazo na voninkazo ny hazo sy ny voninkazo amin' ny andro Sabata ? {IFM 206.2}

Raha izany, dia tsy ahazo ny vokatry ny tany sy ireo fitahiana izay mahatonga ny fiainana ho maha-te hanana ny olona. Tsy maintsy manohy tsy miova ny fizotrany ny zavaboary. Tsy afaka mampijanona ny tanany Andriamanitra na dia fotoana kely aza, raha tsy izany dia ho reraka ny olona ka ho faty. Ny olona koa dia manana asa tokony hatao amin' io andro io. Tsy maintsy atrehina ireo zavatra ilaina amin' ny fiainana. Tsy maintsy karakaraina ny marary, tsy maintsy homena azy izay ilainy. Tsy ho tsy manan-tsiny izay manao tsirambina ny fanamaivanana ny fahoriana amin' ny andro Sabata. Ny andro masina fitsaharan' Andriamanitra dia natao ho an' ny olona, ka mifandrindra indrindra amin' ny fikendreny ny asam-pamindrampo. Tsy sitrak' Andriamanitra ny hampahory ireo izay nohariany na dia fotoana fohy aza, nefa mba azo hamaivanina ihany izany na amin' ny andro Sabata na amin' ny andro hafa. {IFM 206.3}

Ny fangatahana atao amin' Andriamanitra dia lehibe lavitra amin' ny andro Sabata noho ny amin' ny andro hafa. Ajanon' ny olona amin' izay ny fanaony andavanandro ka mandany ny fotoanany amin' ny fandinihana ny Soratra Masina sy ny fanompoampivavahana izy. Betsaka noho ny amin' ny andro hafa ny fahasoavana angatahiny amin' ny andro Sabata. Mitaky fikarakarana manokana izy. .Miangavy ireo fitahiana tsara indrindra izy : Tsy handrasan' Andriamanitra ho lasa ny Sabata vao mamaly ireo fangatahana ireo Izy. Tsy mitsahatra na oviana na oviana ny asan' ny lanitra, ary ny olona koa tsy tokony hitsahatra na oviana na oviana hanao soa. Tsy notendrena ho fotoana tsy iasana sy tsy ahavitana zavatra mahasoa ny Sabata. Raran' ny lalàna ny asa ara-nofo amin' ny andro fialan-tsasatry ny Tompo; ny asa ahazoam-pivelomana dia tsy maintsy ajanona; tsy misy asa itadiavana fahafinaretana araka izao tontolo izao na tombon-tsoa araka ny lalàna azo atao amin' io andro io ; fa tahaka ny nijanonan' Andriamanitra tamin' ny asam-pamoronany, ka nitsahatra Izy tamin' ny andro Sabata sy nitahy izany andro izany, dia toy izany koa, ny olona dia tokony hamela ny asany andavanandro, ka hanokana ireo ora masina ireo ho amin' ny fialan-tsasatra mahasoa, hanompoana an' Andriamanitra sy hanaovana asa fanasoavana. — Ny asan' i Kristy

tamin' ny fanasitranana ny marary dia mifanaraka tanteraka amin' ny lalana. Manome voninahitra ny Sabata Izy. {IFM 207.1}

Notakian' i Jesosy ny zo mitovy amin' ny an' Andriamanitra teo amin' ny fanaovana asa masina mitovy toetra amin' izay ataon' ny Ray any an-danitra. Vao mainka nirehitra kosa ny Fariseo. Tsy nandika ny lalana fotsiny Izy, araka ny fahazoany azy, fa tamin' ny nilazany fa «Rainy Andriamanitra» dia nampitovy ny tenany tamin' Andriamanitra Izy. {IFM 207.2}

Ny firenena Jiosy manontolo dia niantso an' Andriamanitra ho Rainy, noho izany, dia tsy tokony ho romotra toy izany izy ireo raha nampiseho ny tenany teo amin' izany toerana izany koa Kristy. Nefa dia nampangainy ho niteny ratsy an' Andriamanitra Izy, ary nasehony tamin' izany fa noraisin' izy ireo amin' ny dikany hoe tsy mitovy aman' olona ny nilazan' ny tenany ho Zanak' Andriamanitra. {IFM 207.3}

Ireo fahavalon' i Kristy dia tsy nanana fonjan-kevitra ho entimanohitra ny fahamarinana izay nampidirin' i Jesosy tao amin' ny feon' ny fieritreretan' izy ireo mihitsy. Ny mitanisa ny fomba amampanaony sy ny lovan-tsofiny ihany no azony natao, ka toa kely sy maivana izany rehefa hampitahaina amin' ny fonjan-kevitra raisin' i Jesosy avy amin' ny tenin' Andriamanitra sy ny fizotry ny zavaboary tsy miato. Raha nanana faniriana handray ny fahazavana ireo Raby, dia ho resy lahatra izy ireo fa miteny ny fahamarinana Jesosy. Nefa nidifiny ireo fotokevitra nasehony momba ny Sabata, ka notadiaviny izay hampirongatra fahatezerana amin' Ilay milaza fa manam-pitoviana amin' Andriamanitra. Tsy nisy fetrany intsony ny haromotan' ireo mpanapaka. Raha tsy natahotra ny vahoaka ny mpisorona sy ny raby dia ho novonoiny teo ihany Jesosy. Nefa nahery ny fankasitrahan' ny vahoaka Azy. Betsaka no nanaiky fa Jesosy no sakaiza Izay nanasitrana ny aretiny sy nampahery azy teo amin' ny alahelony, ka nohamarininy ny fanasitranany ilay marary tao Betesda. Koa noho izany dia voatery ireo mpitarika hametra ny fankahalany aloha tamin' izany fotoana izany. {IFM 207.4}

Nolavini Jesosy ny fiampangana Azy ho niteny ratsy an' Andriamanitra. Ny fahefako, hoy Izy, hanao ny asa izay iampanganareo Ahy, dia satria Izaho no Zanak' Andriamanitra, iray toetra Aminy, ao amin' ny sitrapo sy eo amin' ny fikasana. Niaraniasa tamin' Andriamanitra Aho teo amin' ny asany rehetra famoronana sy ny fitantanany. «Ny Zanaka tsy manao na inona na inona, afa-tsy izay hitany fa ataon ny Ray». Nitana ny Zanak' Andriamanitra ireo mpisorona sy Raby noho ny fanaovany izay nanirahana Azy indrindra hatao eo amin' izao tontolo izao. Nefa nampisaraka azy ireo tamin' Andriamanitra ny fahotany, ka noho ny avonavony dia niasa tsy niankina taminy izy ireo. Nahatsapa fa afa-po tamin' ny tenany izy ireo amin' ny zavatra rehetra ka tsy nila fahendrena ambony kokoa hitarika azy. Ny Zanak' Andriamanitra kosa dia nilefitra teo ambanin' ny sitrapon' ny Ray, ka niankina tamin' ny heriny. Nanafoana tanteraka indrindra ny amin' ny tenany Kristy ka tsy nanao drafitra ho Azy Izy. Nanaiky ny drafitra

nataon' Andriamanitra ho Azy Izy, ary isan' andro isan' andro dia novelarin' ny Ray teo anatrehany ny drafitra nataony ho Azy. Toy izany koa no tokony hiankinantsika amin' Andriamanitra, mba hahatonga ny fiainantsika ho fanehoana fotsiny ny sitrapony. {IFM 208.1}

Rehefa andeha hanorina ny tabernakely i Mosesy ho toy ny trano itoeran' Andriamanitra, dia nobaikoina izy hanao ny zavatra rehetra araka ny ohatra naseho azy teny an-tendrombohitra. Feno hafanam-po hanao ny asan' Andriamanitra i Mosesy. Nisy olona be talenta sy havanana indrindra teo am-pelatanany hanatanteraka ny hevitra haposany. Nefa tsy nanao lakolosy izy na ampongabendanitra na somotr' aviavy na sisin-damba, na lambam-baravarana, na inona na inona fanaka teo amin' ny tabernakely, afa-tsy izay nifanaraka tamin' ny ohatra izay naseho azy. Nantsoin' Andriamanitra teo amin' ny tendrombohitra izy, ka nasehony azy ny zavatra any an-danitra. Nasaron' Andriamanitra azy ny voninahitry ny tenany, mba hahazoany mahita ny ohatra ka hifanaraka amin' izany ny hanaovana ny zavatra rehetra. Toy izany koa no nanehoany an' Isiraely izay niriny ho tonga trano itoerany, ny tarigetra be voninahitra eo amin' ny toetra amam-panahiny. Naseho azy ireo ny ohatra teo an-tendrombohitra raha nomena tao Sinay ny lalàna, ary rehefa nandalo teo anatrehan' i Mosesy Jehovah ka nilaza hoe : «Jehovah, Jehovah Andriamanitra, mamindra fo sy miantra, mahari-po sady be famindrampo sy fahamarinana, mitahiry famindrampo ho an' ny olona arivo mandimby, mamela heloka sy fahadisoana ary fahotana» 4 {IFM 208.2}

Nifidy lalana ho azy Isiraely. Tsy nanangana araka ny ohatra nomena azy izy ; fa Kristy kosa, Ilay tena tempoly itoeran' Andriamanitra. dia nanao lasitra ny antsipirian' ny fiainany teto an-tany hifandrindra amin' ny tarigetran' Andriamanitra. Hoy Izy : «Ny hanao ny sitraponao, Andriamanitra Ò, no sitrako ; ary ny lalànao no ato anatiko»5 Toy izany koa, ny toetra amam-panahintsika dia tokony haorina ho «fonenan' Andriamanitra amin' ny Fanahy»6 Ary tokony «hanao ny zavatra rehetra isika araka ny endrika» dia Ilay «efa nijaly hamonjy anareo ka namela fianarana ho anareo, mba hanarahanareo ny diany»7 {IFM 209.1}

Ny tenin' i Kristy dia mampianatra fa tokony hihevitra ny tenantsika ho voafatotra amin' ny Ray any an-danitra amin' ny fatorana tsy azo vahana isika. Na inona na inona toerana misy antsika. dia miankina amin' Andriamanitra isika. izay mitana eo am-pelatanany ny fiainana rehetra. Nanendry asa ho antsika Izy, ka nanome antsika fahaizana sy harena hanaovana izany asa izany. Raha mbola milefitra eo ambanin' ny sitrapon' Andriamanitra isika, ka matoky ny heriny sy ny fahendreny, dia ho voatarika amin' ny lalana azo antoka isika mba hahatanterahantsika ny anjara notendrena ho antsika ao amin' ny drafitra lehibe nataony. Fa izay miankina amin' ny fahendrena sy ny herin' ny tenany kosa, dia misaraka amin' Andriamanitra. Tsy miara-miasa amin' i Kristy izy, fa manatanteraka ny fikasan' ny fahavalon' Andriamanitra sy ny olona. {IFM 209.2}

Notohizan' ny Mpamonjy hoe: «Fa na inona na inona no ataon' ny Ray dia toy izany koa no ataon' ny Zanaka. . . Fa toy ny Ray manangana sy mamelona ny maty, dia tahaka izany koa no ameloman' ny Zanaka izay tiany». Nolazain' ny Sadoseo fa tsy hisy fananganana ny nofo amin' ny maty ; nefa nolazain' i Jesosy taminy fa ny anankiray amin' ny asa lehibe indrindra ataon' ny Rainy dia ny manangana ny maty, ary Izy tenany koa dia manan-kery hanao asa toy izany. «Avy ny andro izay handrenesan' ny olona rehetra any am-pasana ny feony, dia hivoaka izy». Ny Fariseo dia nino ny fitsanganana amin' ny maty. Nambaran' i Kristy fa na dia ankehitriny aza dia efa eo anivony ny hery izay manome aina ny maty, ary hahita ny fanehoana an' izany izy. Io hery manangana amin' ny maty io no manome aina koa ny fanahy «izay maty amin' ny fahadisoana sy ny fahotana». Io fanahin' aina ao amin' i Jesosy Kristy io, «ny herin' ny fananganana amin' ny maty», dia «nahafaka ahy tamin' ny lalan' ny fahotana sy ny fahafatesana»8 Tapaka ny fanapahan' ny ratsy, ary amin' ny alalan' ny finoana dia voaro amin' ny fahotana ny fanahy. Izay manokatra ny fony hiasan' ny Fanahin' i Kristy dia manjary mpiray amin' io hery lehibe io izay hamoaka ny tena avy ao am-pasana. {IFM 210.1}

Nanantitrantitra ny tena maha andriana Azy ilay Nazareana feno fanetren-tena. Nisandratra ambonin' ny olombelona Izy, nesoriny ny fitafian' ny fahotana sy ny henatra, ka nijoro Izy amin' ny mahaIlay nohajain' ny anjely, Ilay Zanak' Andriamanitra, Ilay Iray amin' ny Mpamorona an' izao rehetra izao Azy. Sina ireo mpihaino Azy. Tsy mbola nisy olona nanao teny tahaka izany, na niseho tamin' ny fahamboniana mendrika andriana toy izany. Mazava sady tsotra ny teny nataony, manambara amin' ny fomba feno ny asa nanirahana Azy, sy ny adidin' izao tontolo izao. «Fa ny Ray aza tsy mitsara olona, fa ny fitsarana rehetra dia nomeny ny Zanaka, mba hanajan' ny olona rehetra ny Zanaka, tahaka ny fanajany ny Ray. Izay tsy manaja ny Zanaka dia tsy manaja ny Ray, Izay naniraka Azy. . . Fa tahaka ny Ray manana fiainana ho Azy, dia tahaka izany koa ny Zanaka nomeny hanana fiainana ho Azy, ary nomeny fahefana hitsara Izy, satria Zanak' olona». {IFM 210.2}

Nanendry ny tenany ho mpitsara ireo mpisorona sy mpanapaka, mba hanameloka ny asan' i Kristy, nefa Izy indray no manambara fa mpitsara azy ireo, ary mpitsara ny tany manontolo. Nankinina tamin' i Kristy izao tontolo izao, ary avy Aminy no nahatongavan' ny fitahiana rehetra avy amin' Andriamanitra ho an' ny taranaka lavo. Izy no Mpanavotra taloha ny naha-nofo Azy sy tao aorian' izany. Raha vao nisy ny fahotana dia nisy ny Mpamonjy. Nanome fahazavana sy fiainana ho an' ny rehetra Izy, ary arakaraka ny fatran' ny fahazavana nomeny, no hitsarana ny tsirairay. Ary Ilay nanome ny Fahazavana, Ilay nanaraka ny fanahy tamin' ny fikarakarana feno fitiavana indrindra, Ilay mitady hahazo azy hiala amin' ny fahotana ho amin' ny fahamasinana. Izy ihany no sady Mpisolovava no Mpitsara koa. Hatramin' ny niandohan' ny ady lehibe tany an-danitra, dia fitaka no nitazonan' i Satana ny fiezahana nataony ; ary Kristy dia niasa mba hanala

sarona ny tetika nataony sy hanapaka ny fahefany. Ilay nifanehatra tamin' Ilay mpamitaka sy niezaka handrombaka ny babony avy eo am-pelatanany mandritra ny andro nifandimby rehetra, Izy no hampihatra fitsarana amin' ny fanahy tsirairay. {IFM 210.3}

Ary Andriamanitra dia nanome Azy fahefana hanao fitsarana koa, satria Zanak' olona Izy. Satria Izy efa nanandrana ny tena faikany tamin' ny fahorian' olombelona sy ny fakam-panahy mahazn Azy, sady mahazo ny fahosan' ny olona sy ny fahotana ataony, satria nijoro tamim-pandresena ho antsika Izy sy tsy lávon' ny fakampanahin' i Satana, ary hifandray amim-pahamarinana sy amimpitiavana amin' ireo fanahy izay nahararaka ny rany mba hamonjeny azy - noho izany ny Zanak' olona no voatendry hanao fitsarana. {IFM 211.1}

Nefa tsy ny fitsarana no asa nanirahana an' i Kristy, fa ny famonjena : «Tsy naniraka ny Zanany ho amin' izao tontolo izao Andriamanitra mba hanameloka an' izao tontolo izao, fa mba hahavoavonjy an' izao tontolo izao»9 Ary hoy Jesosy teo anatrehan' ny Synedriona : «Izay mandre ny teniko, ka mino Izay naniraka Ahy, no manana fiainana mandrakizay, ka tsy hohelohina, fa tafafindra niala tamin' ny fahafatesana ho amin' ny fiainana». {IFM 211.2}

Nibaiko ny mpihaino Azy tsy ho gaga Kristy raha novelariny teo anatrehan' izy ireo, tamin' ny fomba fijery midadasika kokoa, ny zava-miafin' ny ho avy. «Avy ny ora, hoy Izy, izay handrenesan' ny olona rehetra any am-pasana ny feony, dia hivoaka izy, izay nanao tsara dia ho any amin' ny fitsanganana ho fiainana; fa izay nanao ratsy dia ho any amin' ny fitsanganana ho fahamelohana». {IFM 211.3}

Io toky nomeny momba ny fiainana ho avy io anefa no efa nandrasan' ny Isiraely hatramin' izay, ary izany no efa nantenainy ho azo tamin' ny fiavian' ny Mesia. Ny hany fahazavana afaka hanazava ny haizin' ny fasana dia namirapiratra teo aminy. Nefa jamban' ny fanarahana izay sitrapon' ny tena fotsiny izy. Nandika ireo lovan-tsofina notazonin' ny Raby Jesosy, ka tsy nihevitra ny fahefan' izy ireo, noho izany dia tsy afaka hino izy ireo. {IFM 212.1}

Ny fotoana, ny toerana, ny anton-javatra, ny fihetseham-po nahery vaika izay nameno ny mpivory, dia samy nitambatra mba hahatonga ny tenin' i Kristy teo anatrehan' ny Synedriona handaitra bebe kokoa. Nitady ny ain' Ilay nanambara ny tenany ho mpamerina an' Isiraely tamin' ny laoniny ireo manam-pahefana ara-pivavahana ambony indrindra tao amin' ny firenena. Nentina teo anatrehan' ny fitsaran' ny tany ny Tompon' ny Sabata mba hamaly ny fiampangana Azy ho nandika ny lalàna momba ny Sabata. Rehefa tsy natahotra toy izany nanambara ny asa nanirahana Azy Izy, dia gaga sady romotra ny mpitsara nijery Azy; nefa tsy hita izay hamaliana ny teniny. Tsy azony melohina Izy. Nolaviny ny zon' ny mpisorona sy ny Raby hanadina Azy na hanakantsakana ny asany. Tsy tonga hatramin' izany ny fahefana ananany. Nifototra

tamin' ny avonavony sy ny fireherehany ny fitakiana nataony. Tsy nanaiky ho diso na ho ampianarin' izy ireo Jesosy. {IFM 212.2}

Tsy niala tsiny ny amin' ny fihetsika niavian' ny fitarainana Jesosy, na nanazava ny antony nanaovany izany, fa nifototra tamin' ny mpitsara Izy, ka ny mpiampanga indray no nanjary voampanga. Nomeny tsiny izy ireo noho ny hamafin' ny fony, sy ny tsy fahalalany ny Soratra Masina. Nambarany fa efa nolaviny ny tenin' Andriamanitra, satria efa nanda Azy Izay nirahin' Andriamanitra izy ireo. «Dinihinareo ny Soratra Masina, satria ataonareo fa ao aminy no anananareo fiainana mandrakizay ary ireny no manambara Ahy». {IFM 212.3}

Ny takila tsirairay, na ny tantara, na ny foto-kevitra, na ny faminaniana ao amin' ny Testamenta Taloha dia mamirapiratry ny voninahitry ny Zanak' Andriamanitra. Raha mbola naorin' Andriamanitra koa ny fanompoam-pivavahana jiosy manontolo dia faminaniana voatambatra manondro ny Filazantsaran' i Kristy no «ambaran' ny mpaminany rehetra, fa amin' ny anarany no hahazoan' izay rehetra mino Azy famelan-keloka» 10 Hatramin' ny teny fikasana nomena an' i Adama, ka hatramin' ireo patriarka nifandimby sy ireo fomba fitondrana teo ambanin' ny lalàna dia nampahazava ny dian-tongotry ny Mpanavotra ny fahazavana be voninahitra avy any an-danitra. Nibanjina Ilay Kintan' i Betlehema ireo mpahita, ilay Siloa ho tonga toy ny zavatra ho avy nampandalovina teo anatrehany tamin' ny fomba miafina. Naseho tamin' ny fanatitra tsirairay ny fahafatesan' i Kristy. Nasandratra teo amin' ny setroky ny zava-manitra rehetra ny fahamarinany. Nanakoako ny anarany tamin' ny feon' ny trompetra isaky ny jobily. Nitoetra tao amin' ny zava-miafina mahatahotry ny masina indrindra ny voninahiny. Teo am-pelatanan' ny Jiosy ny Soratra Masina, ary nihevitra izy ireo fa ny fahalalany ivelambelany fotsiny ny teniny, dia nananany ny fiainana mandrakizay. Nefa hoy Jesosy : «Tsy manana ny teniny mitoetra ao aminareo hianareo». Rehefa nandà an' i Kristy tao amin' ny teniny izy ireo, dia nandà ny tenany koa. «Nefa hianareo, tsy manatona Ahy, hoy Izy, mba hanananareo fiainana». {IFM 212.4}

Efa nandinika ny fampianaran' ny mpaminany momba ny fanjakan' ny Mesia ireo mpitarika jiosy ; nefa nataony izany, tsy tamin' ny faniriana marina hahalala ny fahamarinana, fa mba hahitany porofo hoenti-manohana ny fanantenany feno hambom-po. Rehefa tonga Kristy tamin' ny fomba mifanohitra tamin' izay noheveriny dia tsy noraisiny ; ary mba hanamarina ny tenany, dia niezaka izy ireo haneho marimarina fa mpamitaka Kristy. Rehefa nametraka ny tongony indray mandeha ho amin' izany lalana izany izy ireo, dia mora ho an' i Satana ny hanamafy ny fanoherany an' i Kristy. Ny teny izay tokony ho noraisina indrindra fa maneho mazava ny maha-Andriamanitra Azy, dia nodisoiny hanohitra Azy. Tamin' izany fomba izany dia nahodiny ho lainga ny fahamarinan' Andriamanitra, ary arakaraka ny nitenenan' ny Mpamonjy nivantana taminy tamin' ny asam-pamindrampo, arakaraka izany no vao mainka nahatapa-kevitra

azy ireo hanohitra ny fahazavana. {IFM 213.1}

Hoy Jesosy : «Tsy mandray laza avy amin' olona Aho». Tsy ny hery miasa avy amin' ny Synedriona, tsy ny faneken' izy ireo ny asany no niriny. Tsy afaka mandray dera avy amin' ny fankasitrahan' izy ireo Izy. Nandray voninahitra sy fahefana avy any an-danitra Izy. Raha niriny izany, dia ho tonga ny anjely hidera Azy ; azon' ny Ray atao ny hanambara indray ny maha-Andriamanitra Azy. Nefa ho azy ireo sy ho an' ny firenena izay tarihin' izy ireo, dia niriny ny hahitan' ireo mpitarika jiosy ny toetra amampanahiny, ka handraisan' izy ireo ny fitahiana izay nentiny ho azy. {IFM 213.2}

«Izaho dia avy amin' ny anaran' ny Raiko, nefa tsy raisinareo, raha misy hafa avy amin' ny anaran' ny tenany, dia ho raisinareo ihany izy». {IFM 214.1}

Tonga tamin'. ny fahefan' Andriamanitra Jesosy nitondra ny endriny, nanatanteraka ny teniny, ary nitady ny voninahiny, nefa tsy neken' ireo mpitarika an' Isiraely Izy ; fa rehefa hisy hafa ho avy, mampiseho ny toetra amam-panahin' i Kristy, nefa atosiky ny sitrapon' ny tenany sy mitady ny voninahitry ny tenany, dia horaisiny. Nahoana kosa ary ? Satria izay mitady ny voninahitry ny tenany, dia mifanaraka amin' ny faniriana hanandra-tena ao amin' ny hafa. Ny antso toy izany no azon' ny Jiosy novaliana. Handray mpampianatra sandoka izy ireo satria manasohaso ny avonavony izany amin' ny fanekeny ny hevitra sy ny lovantsofina nankamamiany. Tsy mifanandrify amin' ny heviny kosa ny fampianaran' i Kristy. Ara-panahy izany, ary mitaky fahafoizana ny tena ; noho izany dia tsy noraisiny izany. Tsy nifandray tamin' Andriamanitra izy ireo, ary feon' olon-kafa ny feon' Andriamanitra tamin' ny alalan' i Kristy. {IFM 214.2}

Moa ve tsy izany koa no miverina amin' ny androntsika ? Moa ve tsy maro, na dia ireo mpitarika ara-pivavahana aza, no manamafy ny fony hanohitra ny Fanahy Masina, ka manjary tsy azony atao ny mahalala ny feon' Andriamanitra ? Moa ve tsy mandà ny tenin' Andriamanitra izy mba ahazoany mitana ny lovan-tsofiny ? {IFM 214.3}

«Raha mba nino an' i Mosesy hianareo dia hino Ahy, satria nanoratra nilaza Ahy izy. Fa raha tsy mino izay nosoratany hianareo, hataonareo ahoana no fino ny teniko ?» {IFM 214.4}

Kristy, no niteny tamin' Isiraely tamin' ny alalan' i Mosesy. Raha nihaino ny feon' Andriamanitra niteny tamin' ny alalan' io mpitarika lehibe io ireo, dia ho fantany izany feo izany tao amin' ireo fampianaran' i Kristy. Raha nino an' i Mosesy izy, dia ho nino koa Ilay nosoratan' i Mosesy. {IFM 214.5}

Fantatr' i Jesosy fa tapa-kevitra ny hanala ny ainy ireo mpisorona sy Raby ; nefa dia nohazavainy mazava tsara taminy ny maha-iray Azy amin' ny Ray, sy ny fifandraisany tamin' izao tontolo izao. Hitany fa tsy nisy fialan-tsiny ny fanoherany Azy, nefa dia tsy tony ny fankahalany sy ny faniriany hamono Azy. Natahotra izy ireo raha hitany maso ny

hery maharesy lahatra teo amin' ny asa fanompoany ; notoheriny anefa ny antsony, ka nanidi-tena tao amin' ny haizina izy. {IFM 214.6}

Nivandravandra ny tsy nahombiazany tamin' ny nanodinany ny fahefan' i Kristy, na tamin' ny nanimbany ny sain' ny vahoaka ta-hahalala ; betsaka tamin' izy ireo no resy lahatra tamin' ny teniny. Na dia ireo mpifehy aza dia nahatsapa fanamelohana lalina, raha nafototr' i Kristy teo amin' ny feon' ny fieritreretan' izy ireo ny fahadisoany ; nefa vao mainka naharomotra azy ireo taminy izany. Tapa-kevitra izy ireo hanala ny ainy. Nandefa mpitondra hafatra eran' ny faritany rehetra izy ireo hampitandrina ny vahoaka fa mpisoloky Jesosy. Nalefa ny mpitsikilo hitsongo dia Azy, sy hitatitra izay lazainy sy ataony. Ankehitriny Ilay Mpamonjy sarobidy dia azo antoka sahady fa nijoro teo amin' ny aloky ny hazo fijaliana. {IFM 215.1}

## Toko 22—Ny nanagadrana an' i Jaona sy ny nahafatesany

Jaona Mpanao batisa no voalohany tamin' ny fampandrenesana ny fanjakan' i Kristy ary izy koa no voalohany nijaly martiora. Avy tamin' ny rivotra malalaka tany an-efitra sy ny vahoaka marobe nigoka ny teniny izy izao voahidy ao amin' ny rindrin' ny efitra tery ao amin' ny tranomaizina anaty lavaka izao. Nigadra tao amin' ny tanàna mimandan' i Heroda Antipasy izy. Tao amin' ny faritra atsinanan' i Jordana, izay teo ambanin' ny fanapahan' i Antipasy no nandanian' i Jaona ny betsaka tamin' ny andro nanompoany. Ny tenan' i Heroda mihitsy no efa nihaino ny toritenin' i Jaona Mpanao batisa. Nangovitra ilay mpanjaka ratsy fitondrantena rehefa nandre ny antso ho amin' ny fibebahana. «Fa Heroda natahotra an' i Jaona, satria fantany fa lehilahy marina sy masina izy ;. . . ary rehefa nandre azy izy, dia very hevitra be ihany ; ary nihaino azy tamin' ny fifaliana». Nopotsirin' i Jaona tamim-pahamarinana ny nakany an' i Herodiasy vadin' ny rahalahiny. Nisy fotoana izay niezahan' i Heroda moramora hanapaka ny gadran' ny fironana ambany izay namatotra azy ; nangeja azy mafy kokoa tao amin' ny fandrika novelariny anefa i Herodiasy, ka nahita izay hamaliany faty tamin' ny fitaomana an' i Heroda hanao an' i Jaona mpanao batisa any am-ponja izy.1. {IFM 217.1}

Fiainana feno asa ny fiainan' i Jaona, koa mafy taminy ny fiainana manjombona sy nipetra-potsiny tao an-tranomaizina. Rehefa nifandimby ny herinandro, ka tsy nisy fiovana, dia nisosoka tao aminy ny fahakiviana sy ny fisalasalana. Tsy nandao azy ny mpianany. Nomena alalana ho eo aminy ao an-tranomaizina izy, ka nentiny teo aminy ny vaovao mahafaly momba ny asan' i Jesosy, ary notantarainy azy ny firohotry ny vahoaka ho eo Aminy. Nitanontany ny antony tsy hanaovan' io Mpampianatra vaovao io na inona na inona hanafahana an' i Jaona anefa izy ireo raha Izy no Mesia. Ahoana no hamelany ilay mpialoha lalana Azy mahatoky tsy hanana ny fahafahany, ary angamba mety ho very koa aza ny ainy ? {IFM 217.2}

Tsy nijanona amin' izao tsy hisy valiny ireo fanontaniana ireo. Nampiditra tao antsain' i Jaona ireo fisalasalana izay tsy ho nipoitra mihitsy tamin' ny fomba hafa izany. Niravoravo i Satana nandre ny tenin' ireo mpianatra ireo, sy nahita ny fomba nandratrany ny fanahin' ilay mpitondra hafatr' i Jehovah. Matetika impiry moa ireo izay mihevitra ny tenany ho sakaizan' ny olona tsara, ka mafana fo maneho toetra mahatoky aminy, no hita fa fahavalony mampididoza indrindra. Impiry moa no tsy mampahery ny finoany akory izy, fa vao mainka aza mampalahelo sy manakivy azy ny teny ataony. {IFM 218.1}

Tahaka ireo mpianatry ny Mpamonjy dia tsy azon' i Jaona Mpanao batisa ny toetry ny fanjakan' Andriamanitra. Nanantena izy fa haka ny seza fiandrianan' i Davida Jesosy ; rehefa nandeha ny fotoana, nefa tsy nitaky ny fahefana amin' ny maha-mpanjaka Azy ny Mpamonjy, dia tonga tao amin' i Jaona ny fahaverezankevitra sy ny fahorian-tsaina. Efa

nambarany tamin' ny olona fa mba hanomanana ny lalana eo anatrehan' ny Tompo, dia tsy maintsy ho tanteraka ny faminanian' Isaia : tsy maintsy haetry ny tendrombohitra sy ny havoana, tsy maintsy hahitsy ny lalana meloka ary ho tonga lemaka ny tany sarodalana. Ny toerana avo misy ny avonavona sy ny fahefan' olombelona no noheveriny hazera ambany. Efa nanondro ny Mesia izy, dia Ilay mitana ny fikororohana eny antanany «hanadiovany tsara ny ao am-pamoloany ka hanangonany ny vary ho any amin' ny sompiny, fa ny akofa sy ny mololo hodorany amin' ny afo tsy azo vonoina». Tahaka ny mpaminany Elia izay ny fanahiny sy ny heriny no nahatongavany teo amin' Isiraely, dia nibanjina an' i Jehovah izy hanambara ny tenany ho Andriamanitra Izay mamaly amin' ny afo. {IFM 218.2}

Nijoro tsy tamin-tahotra amin' ny maha-mpanameloka ny tsy rariny azy i Jaona Mpanao batisa teo amin' ny asa nanirahana azy, na teo anatrehan' ny ngeza na teo anatrehan' ny madinika. Sahy niatrika mivantana an' i Heroda mpanjaka izy ary nanameloka azy mazava ny amin' ny fahotany. Tsy noheveriny ho mamy ny ainy raha ny amin' ny tenany, mba hahazoany manatanteraka ny asa notendrena hataony. Ary izao dia avy ao amin' ny tranomaizina misy azy izy no miandry Ilay liona avy amin' ny taranak' i Joda hanitsakitsaka ny avonavon' ny mpampahory, ka hanafaka ny mahantra izay mitaraina Aminy. Nefa toa afa-po fotsiny amin' ny fanangonana ny mpianatra manodidina Azy, sy ny manasitrana ary ny mampianatra ny olony Jesosy. Mihinana eo amin' ny latabatry ny mpamory hetra Izy, nefa mihamavesatra isan' andro amin' ny Isiraely ny ziogan' ny Romana, ary i Heroda sy ny sakaizavaviny maharikoriko manao ny danin' ny kibony, koa tafakatra any an-danitra ny fitarainan' ny mahantra sy ny mijaly. {IFM 218.3}

Toa zava-miafina tsy hay takarina izany rehetra izany ho an' ilay mpaminany tany anefitra. Nisy ora izay nampijaly mafy ny fanahiny tamin' ny bitsibitsika nataon' ny demonia, ka nisoko tonga teo aminy ny aloky ny tahotra mahatsiravina: Dia tsy mbola niseho ve Ilay Mpanafaka nantenaina ela ? Koa inona ary no dikan' ny hafatra izay nahavoatery azy mihitsy hoentina ? Fahadisoam-panantenana mangidy no hitan' i Jaona ho vokatry ny asa nanirahana azy. Nanantena izy fa ho toy ny namakiana ny lalàna tamin' ny andron' i Josia sy Ezra 2 , no ho vokatry ny hafatra avy amin' i Jehovah, fa hisy asa fibebahana lalim-paka sy fiverenana amin' i Jehovah hanaraka izany. Efa nataony sorona ny fiainany manontolo ho fahombiazan' ity asa nanirahana azy ity. Very maina ve izany ? {IFM 219.1}

Nampahory saina an' i Jaona ny nahita fa noho ny fitiavany azy, dia nokolokoloin' ireo mpianany ny tsy finoana mikasika an' i Jesosy. Tsy nisy vokany ve ny asa nataony ho azy ? Tsy nahatoky ve izy teo amin' ny asa nanirahana Azy, ka nofaranany izany ? Raha efa niseho Ilay Mpanafaka nampanantenaina, ka hita fa nahatoky tamin' ny asany i Jaona, tsy handresy ny herin' ny mpampahory azy ve Jesosy, ka hanafaka ilay mpialoha

lalana Azy ? {IFM 219.2}

Tsy nialan' ilay Mpanao batisa anefa ny finoany an' i Kristy. Ny fahatsiarovany ilay feo avy any an-danitra sy ilay voromailala nidina, ny fahadiovana tsy nisy pentina teo amin' i Jesosy, ny herin' ny Fanahy Masina izay nitoetra teo amin' i Jaona raha nanatona teo anatrehan' ny Mpamonjy izy, ary ny teny fanambarana ao amin' ny faminanian' ny Soratra Masina, — izany rehetra izany dia vavolombelona manamarina fa Jesosy avy any Nazareta no Ilay nampanantenaina. {IFM 219.3}

Tsy sitrak' i Jaona ny hiady hevitra amin' ny mpiara-dia aminy ny amin' ny fisalasalany na ny tebitebiny. Tapa-kevitra izy fa handefa hafatra mampanontany an' i Jesosy. Nankininy tamin' ny mpianany anankiroa ny hafatra ary nanantena izy fa hanamafy orina ny fiainan' izy ireo ny fihaonana amin' ny Mpamonjy sy hanome toky ireo rahalahiny. Naniry mafy teny mivantana ho an' ny tenany avy amin' i Kristy koa izy. {IFM 220.1}

Dia nankeo amin' i Jesosy ny mpianatra nitondra ny hafatra nanao hoe : «Hianao va no Ilay ho avy, sa mbola hafa no andrasantsika ?» {IFM 220.2}

Tsy ela akory fa vao haingana ny fotoana nanondroan' ilay Mpanao batisa an' i Jesosy ka nilazany hoe : «Indro ny Zanak' ondrin' Andriamanitra izay manaisotra ny fahotan' izao tontolo izao»3. Ilay avy ao aoriako, dia efa tonga eo alohako. Ary izao tonga ny fanontaniana hoe : «Hianao va Ilay ho avy ?» Tena nangidy sy nandiso fanantenana izany ho an' ny olombelona. Raha i Jaona ilay mpialoha lalana mahatoky no tsy mahafantatra ny asa nanirahana an' i Kristy, inona no azo antenaina amin' ny vahoaka marobe mitady ny tombon-tsoan' ny tenany ? {IFM 220.3}

Tsy namaly avy hatrany ny fanontanian' ny mpianatra ny Mpamonjy. Raha mbola gaga izy ireo noho ny fanginany dia nanatona Azy ny marary sy ny tra-pahoriana mba hositranina. Nitsapatsapa ny lalany tany anaty vahoaka ny jamba. ny marary avy amin' ny sarangan' olona rehetra, ny sasany niezaka samirery. ny sasany entin' ny namany, izy rehetra dia samy nazoto nilomay ho eo anatrehan' i Jesosy. Tafiditra tao amin' ny sofin' ny marenina ny feon' Ilay Mpanasitrana mahery. Teny iray, fikasihan' ny tanany, dia nampahiratra ny mason' ny jamba hahita ny fahazavan' ny andro, ny hatsaran-tarehin' ny zavaboary, ny endriky ny sakaiza sy ny endrik' Ilay Mpanafaka. Notenenin' i Jesosy ny aretina ary noroahiny ny tazo. Nipaka tany an-tsofin' izay miala aina ny feony ka nitsangana ireo ary feno fahasalamana sy tanjaka. Nankatò ny teniny ireo nanana demonia ka nalemy tsy afa-mihetsika; niala izao ny fahadalany ka nidera Azy izy. {IFM 220.4}

Raha nanasitrana ny aretin' ny olona Izy, dia nampianatra ny vahoaka. Ny tantsaha sy ny mpamboly mahantra, izay nandosiran' ny raby satria maloto, dia nitangorona teo akaikiny, ary nolazainy taminy ny tenin' ny fiainana mandrakizay. Lany tamin' izany ny

andro ; nijery sy nihaino izany rehetra izany ny mpianatr'i Jaona. Tamin' ny farany dia niantso azy ireo ho eo Aminy Jesosy ka nibaiko azy handeha hitantara amin' i Jaona izay efa hitan' ny masony, ka nampiany hoe : «Sambatra izay tsy ho tafintohina noho ny Amiko»4 Hita mazava ny mahaAndriamanitra Azy teo amin' ny fampifanarahany izany tamin' izay ilain' ny taranak' olombelona mijaly. Teo amin' ny fanekeny hidina eo amin' ny toerana ambany misy antsika no nanehoana ny voninahiny. {IFM 220.5}

Nentin' ny mpianatra ny hafatra dia ny hafatra ihany. Tsaroan' i Jaona ny faminaniana momba ny Mesia hoe : «Jehovah efa nanosotra Ahy hitory teny soa mahafaly amin' ny mpandefitra, efa naniraka Ahy hahasitrana ny torotoro fo Izy, ary hitory fanafahana amin' ny babo sy hamoaka ny ao an-tranomaizina ho amin' ny mazava, hitory taona ankasitrahan' i Jehovah» 5 Tsy manambara Azy ho Mesia fotsiny ny asan' i Kristy, fa maneho koa ny fomba hanorenana ny fanjakany. Novelarina teo anatrehan' i Jaona ilay fahamarinana izay efa tonga tamin' i Elia tany an-efitra raha «nisy rivotra be sady mahery namakivaky ny tendrombohitra sy nanorotoro ny harambato teo alohan' i Jehovah ; nefa Jehovah tsy tao amin' ny rivotra ; ary manarakaraka ny rivotra nisy horohorontany ; nefa Jehovah tsy tao amin' ny horohorontany ; ary manarakaraka ny horohorontany nisy afo ; nefa Jehovah tsy tao amin' ny afo» 6 ; ary manarakaraka ny afo, dia niteny tamin' ilay mpaminany tamin' ny feo nitsoka malemy Andriamanitra. Tahaka izany koa no tokony hanaovan' i Jesosy ny asany, tsy amin' ny alalan' ny fikarantsan' ny fiadiana sy ny fanonganana seza fiandrianana sy fanjakana, fa amin' ny fitenenana amin' ny fon' ny olona amin' ny alalan' ny fiainan' ny famindrampo sy ny fahafoizan-tena. {IFM 221.1}

Ny foto-kevitry ny fiainana manafoana ny tena izay teo amin' ny fiainan' ilay Mpanao batisa no foto-kevitry ny fanjakan' ny Mesia koa. Fantatr' i Jaona koa fa tsy misy ifandraisany amin' ny fotokevitra sy ny fanantenan' ireo mpitarika teo amin' Isiraely izany rehetra izany. Ny porofo nandresy lahatra azy ireo ny maha Andriamanitra an' i Kristy dia tsy nitondra fahazavana ho azy. Mesia hafa tsy araka Izay nampanantenaina no nandrasany. Hitan' i Jaona fa tsy hahazo afa-tsy fankahalana sy fanamelohana avy amin' ireo ny asa nanirahana ny Mpamonjy. Izy, izay mpialoha lalana, dia tokony hisotro tamin' ny kapoaka izay tsy maintsy holanian' i Kristy hatramin' ny faikany. {IFM 221.2}

Fanomezan-tsiny amim-pitiavana nataon' ny Mpamonjy tamin' i Jaona ny teniny hoe : «Sambatra izay tsy ho tafintohina noho ny Amiko». Tsy very maina fa nisy vokany izany. Nazava taminy kokoa izao ny toetry ny asa nanirahana an' i Kristy ka nampilefitra ny tenany tamin' Andriamanitra izy na ho amin' ny fiainana na ho amin' ny fahafatesana, araka izay hahasoa indrindra ny tombontsoan' ity asa tiany ity. {IFM 222.1}

Rehefa lasa ireo mpitondra hafatra ireo, dia niteny tamin' ny vahoaka mikasika an' i Jaona Jesosy. Niray fo sy niarak' ory tamin' ilay vavolombelona nahatoky izay milevom-belona ankehitriny tao amin' ny tranomaizin' i Heroda ny Mpamonjy. Tsy tiany havela

hanao fehinteny ny olona ka hihevitra fa efa nahafoy an' i Jaona Andriamanitra, na nalemy ny finoany tamin' ny andro fitsapana. «Hizaha inona no nalehanareo tany an-efitra ?» hoy Izy. «Volotara nohozongozonin' ny rivotra va ?» {IFM 222.2}

Ireo volotara lavabe mpaniry teo amoron' i Jordana, izay miondrika raha vao misy rivotra malefaka, dia tena mampiseho tsara ny raby izay nijoro ho mpaninitsiny sy ho mpitsara ny asa nanirahana an' ilay Mpanao batisa, nefa noho ny fahatahorany ny vahoaka dia tsy sahy nanohitra ankarihary ny asany izy. Tsy nanana toe-tsaina kanosa toy izany ny mpitondra hafatr' Andriamanitra. Ireo vahoaka izay nitangorona teo amin' i Kristy dia vavolombelon' ny asan' i Jaona. Efa nahare ny fanamelohana tsy amin-tahotra nataony ny amin' ny fahotana izy. Ireo Fariseo mpanamarin-tena, ireo mpisorona, sadoseo, Heroda mpanjaka sy mpanotrona azy, ny andriana ambony sy ny miaramila, ny mpamory hetra sy ny tantsaha dia samy nitenenan' i Jaona tamin' ny fomba mivantana avokoa. Tsy volotara nangozohozo izy, ka tsofin' ny rivotry ny fanindrahindran' ny olombelona na ny hevitra mibahana ao am-pony. Raha tao an-tranomaizina izy dia nahatoky tamin' Andriamanitra sy nafana fo ho amin' ny fahamarinana tahaka ny fony izy nitory ny hafatr' Andriamanitra tany an-efitra ihany. Mafy tahaka ny vatolampy izy raha ny fijoroany ho mahatoky amin' ny foto-kevitra. {IFM 222.3}

Notohizan' i Jesosy hoe : «Sa hizaha inona no nalehanareo ? Olona mitafy lamba soa va ? Indro ny mitafy soa dia ao an-tranon' ny mpanjaka». Nantsoina hiampanga ny fahotana sy ny fanao tafahoatra tamin' ny androny izy, ary nifandrindra tamin' ny toetry ny asa nanirahana azy ny fitafiany tsotra sy ny fiainany feno fandavan-tena. Tsy anjaran' ny mpanompon' Andriamanitra ny fitafiana marevaka sy ny zava-tsoa hanaranam-po eto amin' ity fiainana ity, fa anjaran' ireo izay mivelona «ao amin' ny tranon' ny mpanjaka», ireo mpanapaka an' ity izao tontolo izao ity izany, izay tompon' ny fahefana sy ny harena. Tian' i Jesosy ny hitarika ny saina amin' ny fahasamihafana misy eo amin' ny fitafian' i Jaona sy amin' izay anaovan' ny mpisorona sy ny mpanapaka. Nitafy fitafiana marevaka sy niravaka haingo sarobidy ireo mpitondra ireo. Tia fisehosehoana tamin' ny fampiderana ny hareny sy ny fitadiavam-boninahitra izy. Nampitebiteby azy kokoa ny hahazo ny olona hidera azy toy izay ny hahazo fahadiovam-po izay ankasitrahan' Andriamanitra. Niseho tamin' izany fa tsy Andriamanitra no nekeny, fa ny fanjakan' ity izao tontolo izao ity. {IFM 222.4}

«Sa hizaha inona, hoy Jesosy, no nalehanareo tany ? Mpaminany va ? Eny, hoy Izaho aminareo, sady mihoatra lavitra noho ny mpaminany izy. Fa izy ilay voasoratra hoe : Indro, Izaho maniraka ny irako hialoha Anao. Izay hamboatra ny làlanao eo alohanao». Lazaiko aminareo : Amin' izay nateraky ny vehivavy tsy misy lehibe noho Jaona». Raha nanao fanambarana tamin' i Zakaria ny anjely talohan' ny nahaterahan' i Jaona, dia hoy izy hoe : «Fa ho lehibe eo anatrehan' ny Tompo izy»7 Inona no atao hoe fahalehibeazana raha eo amin' ny fanombanan' ny lanitra ? — Tsy izay isain' izao tontolo izao ho lehibe

tsy akory ; tsy ny harena, na ny toerana, na ny firazanana ambony, na ny fanomezampahasoavana ara-tsaina, amin' ny maha-izy an' ireo avy. Raha ny faharanitan-tsaina tsy miankina amin' ny fiheverana ny fahamboniana no jerena, dia i Satana no mendripiderana, satria tsy misy olona na iza na iza mahasongona ny fahaizany ara-tsaina. Arakaraka ny halehiben' ny fanomezampahasoavana no maha ozona lehibe azy raha toa ka entina manompo ny «izaho» izy. Ny fahamendrehana ara-pitondrantena no misy tombambidiny eo anatrehan' Andriamanitra. Ny fitiavana sy ny fahadiovana no toetra ankasitrahany indrindra. Lehibe teo imason' ny Tompo i Jaona rehefa nifehy tena tsy hitady voninahitra ho an' ny tenany, fa nanondro an' i Jesosy tamin' ny olona rehetra amin' ny maha-Ilay nampanantenaina Azy, teo anatrehan' ny vahoaka, ary teo anatrehan' ny mpianatry ny tenany manokana. Ny fifaliany tsy nombam-pitiavan-tena teo amin' ny asa fanompoana an' i Kristy, dia mampiseho ny karazan-toetra mendrika ambony indrindra tsy mbola niseho teo amin' ny olona. {IFM 223.1}

Rehefa maty izy, ny vavolombelona nomba azy nataon' ireo izay nandre ny teny fanambaran' i Jesosy dia ny hoe : «Jaona tsy mba nanao famantarana, nefa izay rehetra nolazainy ny amin' ity Lehilahy ity dia marina avokoa»8. Tsy nomena an' i Jaona ny hampidina afo avy any an-danitra, na ny hanangana ny maty tahaka ny nataon' i Elia, na ny hampiasa ny tehim-pahefan' i Mosesy amin' ny anaran' Andriamanitra. Nalefa izy hanambara ny fiavian' ny Mpamonjy, sy hiantso ny olona hiomana ho amin' ny fiaviany. Tamim-pahatokiana indrindra no nanatanterahany ny asa nanirahana azy, hany ka tadidin' ny olona izay nampianariny momba an' i Jesosy, koa afaka niteny izy hoe : «Izay rehetra nolazainy ny amin' ity Lehilahy ity dia marina avokoa». Antsoin' ny Tompo hanao vavolombelona toy izany ny amin' i Kristy ny mpianatra tsirairay avy. {IFM 224.1}

«Mihoatra noho ny mpaminany i Jaona amin' izy nanambara ny Mesia. Ny mpaminany dia nahatazan-davitra ny fiavian' i Kristy, i Jaona kosa nomena tombon-tsoa hahita Azy, handre ny teny vavolombelona avy any an-danitra amin' ny maha-Mesia Azy, hampahafantatra Azy an' Isiraely amin' ny maha-Irak' Andriamanitra Azy. Nefa hoy Jesosy hoe : «Nefa ny kely indrindra amin' ny fanjakan' Andriamanitra dia lehibe noho izy». {IFM 224.2}

Ny mpaminany Jaona no fatorana nampifandray ireo fanompoam-pivavahana roa. Amin' ny maha-solontenan' Andriamanitra azy dia nijoro izy hampiseho ny fifandraisan' ny lalàna sy ny mpaminany tamin' ny fanompoam-pivavahana kristiana. Fahazavana kely kokoa izy, izay harahin' ny fahazavana lehibe kokoa. Nohazavain' ny Fanahy Masina ny sain' i Jaona mba hahazoany mampitosaka fahazavana eo amin' ny vahoakany ; tsy mbola nisy anefa fahazavana hafa na hisy fahazavana hamirapiratra amin' ny fomba mazava tahaka izay mitaratra avy amin' ny fampianarana sy ny ohatra nomen' i Jesosy amin' ny olona lavo any aoriana. Nanjavozavo fotsiny ihany ny nahazoana an' i Kristy sy

ny asa nanirahana Azy araka izay nasehon' ireo fanatitra ara-tandindona. Na i Jaona koa aza tsy nahafantatra mazava tsara ny fiainan-koavy tsy mety maty tao amin' ny Mpamonjy. {IFM 224.3}

Ankoatry ny fifaliana izay hitan' i Jaona teo amin' ny asa nanirahana azy, dia saika fiainam-pahoriana sy manirery ny azy. Tsy dia re firy ny feony raha tsy tany an-efitra. Ary tsy navela hahita ny vokatry ny asan' ny tenany izy. Tsy mba tombon-tsoa nananany izany miaraka amin' i Kristy, sy ny hahita maso ny fanehoana ny herin' Andriamanitra miaraka amin' ny fahazavana lehibe kokoa. Tsy anjarany ny nahita ny jamba nahiratra indray, ny marary sitrana, ary ny maty naverina ho amin' ny fiainana. Tsy nijery ny fahazavana izay namirapiratra teo amin' ny tenin' i Kristy tsirairay izy izay nampitosaka fahazavana teo amin' ireo teny fikasan' ny faminaniana. Ny mpianatra kely indrindra izay nahita ny asa lehibe nataon' i Kristy ka nandre ny teniny, dia azo lazaina, araka izany lafiny izany, fa nahazo tombontsoa ambony lavitra noho i Jaona Mpanao batisa, ary noho izany dia lehibe noho izy. {IFM 224.4}

Tamin' ny alalan' ny vahoaka marobe izay nihaino ny fampianaran' i Jaona dia niparitaka manerana ny tany ny lazany. Nisy fahalianana lalina tsapa vokatry ny nanaovana azy am-ponja. Ny fiainany tsy azo nokianina anefa sy ny fankasitrahana azy mafy teo amin' ny vahoaka, dia nahatonga finoana fa tsy hisy fanaovana an-keriny hampiharina aminy. {IFM 225.1}

Nino i Heroda fa mpaminanin' Andriamanitra i Jaona, ary nikasa marina ny handefa azy izy. Nangatahany andro anefa ny fikasany noho ny fahatahorany an' i Herodiasy. {IFM 225.2}

Fantatr' i Herodiasy fa raha fepetra mivantana dia tsy ho azony na oviana na oviana hanaiky ny fahafatesan' i Jaona i Heroda, koa nanapa-kevitra ny hampiasa hafetsena izy mba hanatanterahana ny fikasany. Hisy lanonam-pifaliana hatao ho an' ny manamboninahitra ao amin' ny fanjakana, sy ho an' ny andriana mpanotrona ny mpanjaka noho ny tsingerin-taona nahaterahan' ny mpanjaka. Hisy sakafo be sy fisotroana ao. Amin' izay dia tsy hahatandrintena i Heroda ka ho voatarika mora foana hanaraka ny sitrapondravehivavy. {IFM 225.3}

Rehefa tonga ilay andro lehibe ka nihinana sy nisotro niaraka tamin' ny andrianany teo ny mpanjaka, dia nirahin' i Herodiasy teo amin' ny trano lehibe filanonana ny zananivavy mba handihy ka hamalifaly ny nasaina. Zazavavy vao nivelatra teo amin' ny fahatanorany i Salome ka nambabo ny filana ambany teo amin' ny andriandahy mpilanona ny hatsaran-tarehiny. Tsy fomban' ny andriambavy mpanotrona ny mpanjaka ny miseho amin' ireny lanonana ireny, koa nodokadokafana i Heroda rehefa nandihy mba ho fanalan' andron' ny olona nasainy ity zanakavavin' ny mpisorona sy ny andrianan' Isiraely ity. {IFM 225.4}

Tsy nahalala ny ataony ny mpanjaka noho ny divay. Nanjaka ny filàna ambany ka nirodana ny saina mandanjalanja. Ilay efitrano lehibe fitadiavam-pahafinaretana ihany no hitany sy ireo mpilanona nasainy, ny latabatra fihinanana, ny divay mandroatra sy ny jiro manjelanjelatra, ary ilay tovovavy nandihy teo anatrehany. Tamin' io fotoana tsy nitandremany io, dia naniry ny hanao zavatra tia sehoseho izay hanandratra azy eo anatrehan' ny olona ambony eo amin' ny fanjakany izy. Nianiana izy nampanantena fa homeny ny zanakavavin' i Herodiasy na inona na inona angatahiny, eny, na dia ny antsasaky ny fanjakany aza. {IFM 226.1}

Nihazakazaka nankany amin-dreniny i Salome, ahafantarany izay tokony hangatahiny. Vonona ny valinteny : ny lohan' i Jaona Mpanao batisa. Tsy nahalala ny hetaheta valifaty tao am-pon-dreniny i Salome ka nihemotra hitondra izany hafatra fangatahana izany izy ; nandresy anefa ny fanapahan-kevitr' i Herodiasy. Niverina ilay zazavavy nitondra ilay fangatahana mahatsiravina : «Tiako raha homenao ahy faingana eto an-dovia ny lohan' i Jaona Mpanao batisa» 9 {IFM 226.2}

Talanjona sady very hevitra i Heroda. Nijanona ny haravoana sy ny tabataba, ary fanginana tanteraka no nameno ny toerampilanonana. Raiki-tahotra ny mpanjaka raha nihevitra izany handatsaka ny ain' i Jaona. Efa niloa-bava anefa izy ka tsy tiany ny hiseho ho mpitsoa-teny na tsy mihevitra izay iafarany. Natao ho fanomezam-boninahitra ny olona nasainy iny fianianana iny, koa raha nisy iray tamin' izy ireo namoaka teny hanoherana ny fanatanterahana ny teny fikasany, dia ho fifaliana ho azy ny nanavotra ilay mpaminany. Nomeny fotoana mety ireo nasainy hiteny hiaro ilay mpifatotra. Efa nanao lalan-davitra izy ireo mba handre ny toritenin' i Jaona, ary fantany fa olona tsy meloka izy sady tena mpanompon' Andriamanitra. Na dia nanafintohina azy aza ny fangatahandrazazavavy, dia efa tena adala izy ireo ka tsy nanao fanakianana fanoherana. Tsy nisy olona na dia iray aza nanandratra ny feony hamonjy ny ain' ilay Mpitondra hafatry ny lanitra. Nitana toerana ambony sy toeram-pitokisana teo amin' ny firenena ireo olona ireo, ary andraikitra mavesatra no nipetraka taminy ; nanaram-po tamin' ny fihinanana sy ny fisotroana anefa izy mandra-pahadonto ny retsiny rehetra. Nitodika ho eo amin' ny zava-maneno sy ny dihy mahafanina ny sainy ; koa dia navela hatory ny feon' ny fieritreretana. Tamin' ny alalan' ny fanginany dia namoaka ny didim-pitsarana hahafatesan' ilay mpaminanin' Andriamanitra izy mba hanomezana fahafaham-po ity vehivavy janga namaly faty. {IFM 226.3}

Niandry foana i Heroda hamahàna ny fianianana nataony; dia tamin' alahelo no nanekeny ny famonoana ny mpaminany. Vetivety dia nentina teo anatrehan' ny mpanjaka sy ny olona nasainy ny lohan' i Jaona. Nikombona ho mandrakizay ireto molotra nananatra an' i Heroda tamin' ny fomba mahatoky hiala amin' ny fiainam-pahotany. Tsy ho re intsony io feo miantso ny olona ho amin' ny fibebahana io. Ny lanonana tamin' ny indray alina dia nahavery ny ain' ny anankiray amin' ny mpaminany lehibe

indrindra. {IFM 227.1}

Impiry impiry moa no natao sorona ny ain' ny tsy manan-tsiny noho ny tsy fahalalana onony teo amin' ireo izay tokony hiaro ny fahamarinana. Izay nampitohoka ny kapoaka misy poizina eo amin' ny molony dia mahatonga ny tenany ho tompon' andraikitra ny amin' ny tsy fahamarinana rehetra mety hataony, raha mbola eo ambanin' ny hery mahadala ao amin' izany kapoaka izany izy. Donto ny retsika eo aminy ka manjary tsy hainy ny mitsara amin' ny saina tony na ny mahafantatra mazava ny tsara sy ny ratsy. Mampidanadana ny lalana ho an' i Satana izy hiasa amin' ny alalany eo amin' ny fampahoriana sy ny famonoana ny tsy manan-tsiny. «Mpaniratsira ny divay, ary mpitabataba ny toaka; koa izay miraikiraiky azon' izany dia tsy hendry». Amin' izay dia «nahemotra ny rariny. . . ary izay mifady ny ratsy dia hoatra ny manolo-tena ho baboin' ny sasany»10. Tokony hotazonina ho meloka amin' ny heloka bevava izay manam-pahefana araka ny lalàna eo amin' ny fiainan' ny mpiara-belona aminy rehefa tsy mahalala onony. Tokony ho mpitandrina lalàna izay rehetra mampihatra ny lalàna. Tokony ho olona mahafehy tena izy. Ilain' izy ireo ny ho afaka mibaiko tanteraka ny heriny ara-batana sy ara-tsaina ary ara-pitondrantena mba hananany saina mavitrika, sy hahatsapany lalina ny fahamarinana. {IFM 227.2}

Nentina teo amin' i Herodiasy ny lohan' i Jaona Mpanao batisa, ary tamin' ny fahafaham-pon' ny demonia no nandraisany izany. Nibitabitaka izy teo amin' izany valifaty izany ka niarahaba tena fa tsy ho voakotaba intsony ny feon' ny fieritreretan' i Heroda.

Tsy nisy fahasambarana ho azy anefa ny fahotany. Nanjary nalaza sy nankahalaina ny anarany, ary i Heroda kosa nokekerin' ny nenina nihoatra noho ny tamin' ny fampitandremana nataon' ny mpaminany. Tsy nangina ny hery miasa avy tamin' ny fampia-naran' i Jaona. Nitatra amin' ny taranaka mifandimby izany mandrapiavin' ny farany. {IFM 228.3}

Teo anatrehan' i Heroda mandrakariva ny fahotany. Nitady hatrany izay hanamaivana ny fiampangan' ny feon' ny fieritreretany meloka izy. Tsy niala fa tafatoetra tao an-tsainy ny fahatokiany an' i Jaona. Raha nitanisa ny fiainany feno fandavan-tena izy, ny antso miezinezina sy mafana nataony, ny fahaizany mandanjalanja eo amin' ny torohevitra omeny, ary avy eo mahatsiaro ny fomba mahatsiravina nahafatesany, dia tsy nety nahita fiadanana i Hercoa. Rehefa manao ny raharaham-panjakana izy, ka omen' ny olona voninahitra, dia endrika mitsikitsiky sy toetra mendri-kaja no asehony, nefa manafina fa mitebiteby izy, ary itambesaran' ny tahotra mandrakariva fa misy ozona manandindona azy. {IFM 228.1}

Latsaka lalina tao am-pon' i Heroda ny tenin' i Jaona fa tsy misy na inona na inona azo afenina an' Andriamanitra. Resy lahatra izy fa manatrika amin' ny toerana rehetra

Andriamanitra, vavolombelon' ilay lanonana tao amin' ny efitrano lehibe fisakafoana, reny ny baiko nampanapa-doha an' i Jaona ary hitany ny fibitabitak' i Herodiasy sy ny fihetsika manevateva nasehony tamin' ny loha tapak' ilay mpananatra azy. Betsaka koa ny zavatra efa ren' i Heroda tamin' ny molotr' ilay mpaminany no miteny amin' ny feon' ny fieritreretany ankehitriny amin' ny fomba mazava kokoa noho ny toriteny nataony tany an-efitra. {IFM 228.2}

Rehefa nandre ny amin' ny asan' i Kristy i Heroda dia sahirantsaina mafy dia mafy. Noheveriny fa efa nantsangan' Andriamanitra tamin' ny maty i Jaona ka nalefany aminkery bebe kokoa mba hanameloka ny fahotana. Natahotra foana izy sao mamaly ny nahafatesany i Jaona amin' ny fanamelohana azy sy ny fianakaviany. Nijinja izay efa nambaran' Andriamanitra fa ho vokatry ny fiainampahotana i Heroda, — dia «fo miemponempona sy maso pahina ary fahakiviam-panahy. Ary ny ainao hihevingevina eo anatrehanao, dia hatahotra andro aman' alina hianao ka tsy hanampo izay ho velona. Nony maraina ny andro, dia hanao hianao hoe : Malakia hariva ! ary nony hariva ny andro dia hanao hoe hianao : Malakia maraina ! noho ny tahotry ny fonao izay hatahoranao sy noho ny zavatra izay ho hitan' ny masonao»11. Ny eritreritry ny mpanota ihany no mpiampanga azy ; ary tsy mety hisy fampijaliana mahamay noho ny fanindronan' ny feon' ny fieritreretana meloka, izay tsy manome fitsaharana azy na andro na alina. {IFM 228.3}

Ho an' ny saina maro dia misy zava-miafina lalina manodidina izay nanjo an' i Jaona Mpanao batisa. Mipetraka ny fanontaniana hoe : nahoana no navela hiferinaina sy ho faty tao an-tranomaizina izy. Tsy mety ho fantatsika ny zava-miafin' io fitondran' Andriamanitra io izay tsy mazava amin' ny fomba fijerintsika olombelona, nefa tsy hampihozongozona mihitsy ny fahatokiantsika an' Andriamanitra izany, rehefa tsaroantsika fa tsy iza tsy akory i Jaona fa mpiray amin' ny fahorian' i Kristy. Izay rehetra manaraka an' i Kristy dia hitondra ny satroboninahitry ny fahafoizan-tena. Azo antoka fa tsy ho azon' ny olona tia tena izy, ary ho tonga lasibatra ho an' ny fahasiahana sy ny fanafihan' i Satana. Io foto-kevitry ny fahafoizan-tena io no mahatapa-kevitra ny fanjakan' i Satana hofongorana ary hiadiany izany na aiza na aiza hisehoany. {IFM 229.1}

Nampiavaka ny fahazazana sy ny fahatanorana ary ny fahalehibeazan' i Jaona ny fijoroany sy ny hery ara-pitondrantena nananany. Rehefa re ny feony tany an-efitra nanao hoe: «Amboary ny làlan' i Jehovah, ataovy mahitsy ny làlan-kalehany»12, dia natahoran' i Satana ny maha-azo antoka ny fanjakany. Nambara tamin' ny tena faharatsiany indrindra ny fahotana ka nangovitra ny olona. Tapaka ny herin' i Satana tamin' ny maro izay teo ambanin' ny fanapahany. Tsy sasatra izy teo amin' ny ezaka nataony tamin' ny fisintonana ilay Mpanao batisa hiala amin' ny fiainana milefitra amin' Andriamanitra tsy misy fepetra; nefa tsy nahavoa. Tsy nahavoa koa izy ka tsy naharesy an' i Jesosy. Resy i

Satana teo amin' ny fakam-panahy tany an-efitra ka lehibe ny fahavinirany. Tapa-kevitra izy izao fa hampahory an' i Kristy amin' ny famelezana an' i Jaona. Azony hampijaliana Ilay tsy azony tarihina hanota. {IFM 229.2}

Tsy nisalovana Jesosy mba hanafahany ny mpanompany. Fantany fa zakan' i Jaona ny fisedrana. Ho fifaliana ho an' ny Mpamonjy ny namangy an' i Jaona ka hampamirapiratra ny tranomaizina nitoerany amin' ny fanatrehany. Nefa tsy tokony hametraka ny tenany eo am-pelatanan' ny fahavalo izy ka hampididoza ny asa nanirahana Azy. Ho fifaliana ho Azy ny nanafaka ny mpanompony mahatoky. Nefa noho ireo olona an' arivony izay tsy maintsy handalo tranomaizina sy fahafatesana amin' ny andro ho avy, dia tokony nisotro ny kapoaky ny maha-maritiora i Jaona. Rehefa hiferin' aina samirery ao anatin' ny efitra maizin' ny tranomaizina ny mpanaraka an' i Kristy, na rehefa matin' ny sabatra, noho ny fampijaliana na hodorana velona ao amin' ny antontankitay, toa nafoin' Andriamanitra sy ny olona, dia fanohanana ny fony manao ahoana ny fieritreretana fa efa nandalo fanandramana toy izany koa i Jaona Mpanao batisa, ary Kristy mihitsy no nijoro ho vavolombelon' ny toetrany mahatoky. {IFM 229.3}

Navela hanapaka tangarana ny fiainan' ny mpitondra hafatr' Andriamanitra i Satana; fa tsy azon' ilay mpandringana kasihina kosa ilay fiainana «izay miara-miafina amin' i Kristy ao amin' Andriamanitra»13. Nibitabitaka izy fa nampitondra fahoriana an' i Kristy nefa tsy nahavoa ka tsy naharesy an' i Jaona. Ny fahafatesana dia nametraka azy fotsiny eo amin' ny toerana izay tsy tratry ny herin' ny fakam-panahy mandrakizay. Nasehon' i Satana ny tena toetra amam-panahiny teo amin' io ady io. Teo anatrehan' izao rehetra izao nanatri-maso no nanehoany mazava ny fanafihany an' Andriamanitra sy ny olona. {IFM 230.1}

Na dia tsy nisy fahafahana mahagaga aza natao tamin' i Jaona, dia tsy nafoy izy tsy akory. Niaraka mandrakariva tamin' ny anjelin' ny lanitra izy, izay namelatra an' ireo faminaniana momba an' i Kristy teo anatrehany, sy ireo teny fikasana sarobidy ao amin' ny Soratra Masina. Nanohana azy ireo anjely ireo, tahaka ny hanohanany koa ny vahoakan' Andriamanitra amin' ny andro ho avy. Nomena an' i Jaona Mpanao batisa, ary nomena koa an' ireo izay avy atý aoriana ny toky manao hoe: «Indro, Izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan' ny fahataperan' izao tontolo izao»14 {IFM 230.2}

Tsy mitarika ny zanany amin' ny fomba hafa noho izay nofidin' izy ireo hitarihana azy mihitsy Andriamanitra, raha hitan' izy ireo ny voalohany sy ny farany, ka fantany ny voninahitry ny fikasana tanterahiny amin' ny maha-mpiara-miasa azy Aminy. Tsy Enoka izay nakarina velona ho any an-danitra, tsy Elia izay niakatra tamin' ny kalesy afo, no lehibe kokoa na nomem-boninahitra kokoa noho i Jaona Mpanao batisa izay maty samirery tao an-tranomaizina. «Fa hianareo efa nomena noho ny amin' i Kristy, tsy ny

hino Azy ihany, fa ny hiharam-pahoriana koa noho ny aminy»15. Koa ny fanomezana rehetra azon' ny lanitra arotsaka amin' ny olona, ny fiarahana amin' i Kristy eo amin' ny fahoriany no lova mavesadanja indrindra sy voninahitra ambony indrindra {IFM 230.3}

## Toko 23—Akaiky ny fanjakan' Andriamanitra

«Nankany Galilia Jesosy nitory ny Filazantsaran' Andriamanitra ka nanao hoe: Efa tonga ny fotoana, fa efa akaiky ny fanjakan' Andriamanitra, mibebaha hianareo ka minoa ny filazantsara»1 {IFM 231.1}

Tany Jodia no efa nanambarana voalohany ny fiavian' ny Mesia. Tao amin' ny Tempoly tao Jerosalema no efa nambara mialoha tamin' i Zakaria ny fahaterahan' ny mpialoha lalana raha nanao fanompoana teo anoloan' ny alitara izy. Efa nilaza ny fahaterahan' i Jesosy ny anjely teo amin' ny havoanan' i Betlehema. Tonga tany Jerosalema ny magy nitady Azy. Efa nijoro ho vavolombelona ny amin' ny maha-Andriamanitra azy i Simeona sy Ana tao amin' ny tempoly. Efa nihaino ny fitoriana nataon' i Jaona Mpanao batisa «Jerosalema sy Jodia manontolo»; ary ireo iraka avy amin' ny Synedriona, niaraka tamin' ny vahoaka marobe, dia efa samy nandre ny teny vavolombelona mikasika an' i Jesosy. Efa nandray ny mpianany voalohany Kristy tany Jodia. Tao no efa nanaovan' i Kristy ny betsaka tamin' ny asa fanompoana teto an-tany. Ny fisehoan' ny maha-Andriamanitra Azy namirapiratra teo amin' ny nanadiovana ny tempoly, ny fahagagana nataony teo amin' ny fanasitranana azy, ny lesona mirakitra ny fahamarinan' Andriamanitra avy amin' ny molony. izany rehetra izany dia nilaza mazava izay efa nambarany teo anatrehan' ny Synedriona taorian' ny fanasitranana tany Betesda, — dia ny maha-Zanak' Andriamanitra Azy. {IFM 231.2}

Raha nandray an' i Kristy ireo mpitarika tao Isiraely, dia ho nanome voninahitra azy ireo Izy amin' ny maha-mpitondra hafatra azy ireo izay hitory ny filazantsara amin' izao tontolo izao. Izy ireo no voalohany nomena fotoana mety nahazoany ho tonga mpilaza be voninahitra ny fanjakan' Andriamanitra sy ny fahasoavany. Tsy fantatr' Isiraely anefa ny fotoana namangiana azy. Nanova ny fialonana sy ny tsy fahatokisana ho fankahalana miharihary ireo mpitarika Jiosy, ka niala nanalavitra an' i Jesosy ny fon' ny vahoaka. {IFM 231.3}

Efa nitsipaka ny hafatr' i Kristy ny Synedriona ary nikendry ny hahafatesany; noho izany dia nandao an' i Jerosalema Jesosy, nandao ny mpisorona, ny tempoly, ny mpitarika ara-pivavahana, ny vahoaka izay efa nampianarina teo amin' ny lalàna, ka nitodika ho amin' ny antokon' olona hafa hitoriany ny hafatra nentiny, sy hanangona ireo izay hitondra ny filazantsara amin' ny firenena rehetra. {IFM 232.1}

Tahaka ny nandavan' ireo fahefana ara-pivavahana ny fahazavana sy ny fiainan' ny olona tamin' ny andron' i Kristy, dia toy izany koa no nandavana azy tamin' ireo taranaka nifandimby rehetra. Niverimberina hatrany ny tantaran' ny nialan' i Kristy tsy ho ao Jodia. Rehefa nitory ny Tenin' Andriamanitra ireo Mpanavao fivavahana, dia tsy nihevitra mihitsy ny hisaraka amin' ny fiangonana efa voaorina izy ; tsy zakan' ireo mpitarika teo amin' ny fivavahana anefa ny fahazavana, ka voatery nitady antokon' olona

hafa ireo izay nitondra izany, dia antokon' olona naniry mafy ny fahamarinana. Amin' izao androntsika izao, dia vitsy ireo izay misora-tena ho mpanaraka ny Mpanavao fivavahana no tena hetsehin' ny toe-tsain' izy ireo. Vitsy no mihaino ny feon' Andriamanitra ary vonona ny handray ny fahamarinana na toy inona na toy inona endrika anehoana azy. Matetika ireo izay manaraka ny dian' ny Mpanavao fivavahana no voatery miala amin' ny fiangonana tiany, mba hahazoany manambara ny fampianarana mazavan' ny Tenin' Andriamanitra. Matetika koa no voatery mandao ny fiangonan' ny razany ireo izay mitady fahazavana sy fampianarana miaraka amin' izany mba hahazoany mankatò. {IFM 232.2}

Nohamavoin' ny raby tany Jerosalema ny mponin' i Galilia satria hoe tsy mahalala fomba sady tsy nahita fianarana, nefa tany tsara kokoa ho an' ny asan' ny Mpamonjy izy ireo. Mafana fo kokoa sy manana fo madio kokoa izy ireo; tsy dia fehezin' ny fitiavambavaka diso toerana firy, nidanadana tokoa handray ny fahamarinana ny sainy. Raha nankany Galilia Jesosy, dia tsy nitady ny hisaraka na hitoka-monina Izy tsy akory. Toerana nisy vahoaka be io faritany io tamin' izany andro izany, ary be kokoa ny olona avy tamin' ny firenen-kafa noho izay hita tao. Jodia. {IFM 232.3}

Raha nandeha nitety an' i Galilia Jesosy, ka nampianatra sy nanasitrana, dia vahoaka marobe no nitangorona teo Aminy avy amin' ny tanàn-dehibe sy ny vohitra kely. Betsaka no tonga na ny avy tany Jodia sy tamin' ireo faritany manodidina. Matetika Izy no voatery miafina tsy ho hitan' ny vahoaka. Be dia be ny hafanampo ka voatery nisy fitandremana tsy maintsy natao sao taitra ny fahefana Romana ka hatahotra ny hisian' ny fikomiana. Tsy mbola nisy vanim-potoana toy izao talohan' izao ho an' izao tontolo izao. Nampidinina ho an' ny olona ny lanitra. Ny fanahy noana sy nangetaheta izay efa ela niandrasana ny fanavotana an' Isiraely ankehitriny no mihinana hanim-py amin' ny fahasoavan' ny Mpamonjy mamindra fo. {IFM 233.1}

Ny lahin-kevitry ny toritenin' i Kristy dia ny hoe : «Efa tonga ny fotoana, ka efa akaiky ny fanjakan' Andriamanitra, mibebaha hianareo ka minoa ny filazantsara». {IFM 233.2}

Ny hafatry ny filazantsara izany, araka izay nomen' ny Mpamonjy mihitsy, dia nifototra tamin' ny faminaniana. Ny «fotoana» nambara fa tonga dia ilay nampahafantarin' ny anjely Gabriela tamin' i Daniela. «Fito-polo herinandro, hoy ny anjely, no voatendry ho an' ny firenenao sy ny tanànanao masina, hahatapaka ny fahadisoana sy hanampina ny fahotana, ary hanao fanavotana noho ny heloka sy hampiditra fahamarinana mandrakizay, ary hanisy tombo-kase ny fahitana sy ny faminaniana sy nanosotra izay masina indrindra»2. Herintaona ny indray andro ao amin' ny faminaniana3. Ny fito-polo herinandro, na ny sivifolo sy efajato andro dia mampiseho sivifolo sy efajato taona. {IFM 233.3}

Misy vanin' andro iantombohan' io fe-potoana io, nomena: «Ka aoka ho fantatrao sy ho azonao fa hatramin' ny hivoahan' ny didy hanavaozana sy hanamboarana an' i Jerosalema ka hatramin' ny Mesia Andriana dia ho fito herinandro sy roa amby enimpolo herinandro»4, izany hoe sivy amby enimpolo herinandro na telo amby valopolo sy efajato taona. Ny didy hanamboatra sy hanangana indray an' i Jerosalema araka ny nofenoin' ny didy navoakan' i Artaksersesy Lava-tanana5, dia nihatra tamin' ny fararanon' ny taona 457 talohan' i Kristy. Raisina amin' io fotoana io ny telo amby valopolo sy efajato taona, dia mahatratra ny fararanon' ny taona faha-27 tamin' ny andron' i Kristy. Araka ny faminaniana dia hahatratra ny Mesia, Ilay Voahosotra io fotoana io. Tamin' ny taona faha-27 tamin' ny andron' i Kristy dia nandray ny hosotry ny Fanahy Masina Jesosy teo amin' ny batisany, ary vetivety taorian' izany dia nanomboka ny asany. Dia notoriana ny hafatra hoe : «Tonga ny fotoana». {IFM 233.4}

Dia hoy ny anjely : «Hanorina fanekena ho herinandro (fito taona) amin' ny maro Izy». NandTitra ny fito taona taorian' ny nidiran' ny Mpamonjy teo amin' ny asany, dia notorina tamin' ny Jiosy manokana ny filazantsara; nandritra ny telo taona sy tapany dia Kristy mihitsy no nanao izany, ary ny apostoly tatý aoriana. «Ary hampitsahatra ny fanatitra alatsa-drà sy ny fanatitra hafa hatramin' ny antsasaky ny herinandro»6, Izy. Tamin' ny lohataonan' ny faha-31, tamin' ny andron' i Kristy, dia natolotra tao Kalvary Kristy Ilay tena fanatitra. Triatra nizara roa tamin' izay ny lamba tao amin' ny tempoly, izay mampiseho fa efa lasa ny fahamasinana sy ny dikan' ny fanompoam-pivavahana fanatitra. Tonga ny fotoana hitsaharan' ny fisoronana sy ny fanatitra eto an-tany. {IFM 234.1}

Nifarana tamin' ny taona faha-34 tamin' ny andron' i Kristy ny herinandro - na fito taona. Ny nitoraham-bato an' i Stefana no nanamafisan' ny Jiosy farany ny fitsipahana ny Filazantsara ; ny mpianatra izay niparitaka tany ivelany noho ny fanenjehana dia «nandeha nitory teny tontolo eny»7 ;ary fotoana fohy taorian' izany no niova fo i Saoly mpanenjika ka nanjary Paoly, apostolin' ny jentilisa. {IFM 234.2}

Ny fotoana iavian' i Kristy, ny anosorana Azy amin' ny Fanahy Masina, ny ahafatesany ary ny anomezana ny filazantsara amin' ny jentilisa, dia samy voatondro mazava. Tombon-tsoan' ny vahoaka jiosy ny mahazo ireo faminaniana ireo, ary ny mahafantatra ny fahatanterahan' ny asa nanirahana an' i Jesosy. Namporisika ny mpianany Kristy ny amin' ny maha-zava-dehibe ny fandinihana ny faminaniana. Raha niteny momba ny faminaniana nomena an' I Daniela mikasika ny andron' izy ireo Izy, dia hoy Izy hoe : «aoka hisaina izay mamaky izany» 8. Taorian' ny nitsanganany tamin' ny maty, dia nohazavainy tamin' ny mpianany «ny mpaminany rehetra», sy «ny hevitry ny teny milaza Azy» 9. Efa niteny tamin' ny alalan' ny mpaminany rehetra ny Mpamonjy. «Ny Fanahin' i Kristy tao Aminy no «nanambara ny fijalian' I Kristy sy ny voninahitra manaraka izany»10 {IFM 234.3}

Gabriela, ilay anjely nanaraka ny Zanak' Andriamanitra raha ny laharany, no tonga nitondra ny hafatr' Andriamanitra ho an' i Daniela. Gabriela, «ilay anjeliny», no nalefan' i Kristy hanokatra ny ho avy amin' i Jaona malala, ary misy fitahiana hatao amin' izay mamaky sy mihaino ny tenin' ny faminaniana, ka mitandrina ny zavatra voasoratra ao11 {IFM 235.1}

«Tsy manao na inona na inona tokoa Jehovah Tompo, raha tsy milaza ny heviny amin' ny mpaminany mpanompony». «An' i Jehovah Andriamanitsika ny zava-miafina ; fa antsika kosa . . . ny zavatra ambara»12 Nomen' Andriamanitra antsika ireo zavatra ireo, ary hanampy izay mandinika ny faminaniana ao amin' ny Soratra Masina amim-panajana sy amim-pivavahana ny fitahiany. {IFM 235.2}

Ny hafatra momba ny fiavian' 1 Kristy voalohany dia manambara ny fanjakam-pahasoavany, dia toy izany koa ny hafatry ny fiaviany fanindroany izay manambara ny fanjakan' ny voninahiny. Ary ny hafatra faharoa, tahaka ny voalohany dia mifototra amin' ny faminaniana. Ny teny nataon' ny anjely tamin' i Daniela mikasika ny andro farany, dia natao ho azo amin' ny andro farany. Amin' izany fotoana izany «maro no hivoivoy, ka hitombo ny fahalalana». «Ny ratsy fanahy kosa mbola hanao ratsy ihany, ary tsy hisy amin' ny ratsy fanahy hahafantatra, fa ny hendry no hahafantatra»13 Ny Mpamonjy mihitsy no nanome ny famantarana momba ny fiaviany, ka hoy Izy :«Raha vao hitanareo fa tonga izany zavatra izany, dia aoka ho fantatrareo fa akaiky ny fanjakan' Andriamanitra». Ary mitandrema fandrao ny fonareo hovesaran' ny vokatry ny fisotroan-toaka sy ny fahamamoana ary ny fiahiahiana izao fiainana izao, ka ho avy tampoka aminareo tahaka ny fandrika izany andro izany». «Fa miambena ka mivavaha mandrakariva, mba hahery hianareo, ka handositra izany zavatra ho avy rehetra izany ary hitsangana eo anatrehan' ny Zanak' olona»14 {IFM 235.3}

Tonga eo amin' ny fotoana nambaran' ireo tenin' ny Soratra Masina ireo isika. Tonga ny andro farany, novahana ireo fahitan' ny mpaminany, ary manondro amintsika ny fiavian' ny Tompontsika amim-boninahitra ho akaiky eo am-baravarana ireo fampitandremana miezinezina lazainy. {IFM 235.4}

Diso ny nandraisan' ny Jiosy sy ny nampiharany ny Tenin' Andriamanitra, ka tsy fantany ny fotoana namangiana azy. Ireo taona niasan' i Kristy sy ny apostoly, — ireo taona sarobidin' ny fahasoavana farany ho an' ny vahoaka voafidy, — dia nolaniany tamin' ny fiokoana handringanana ny mpitondra hafatr' i Jehovah. Babon' ny hambom-po ara-nofo izy ary tonga foana taminy ny nanolorana ny fanjakana ara-panahy ho azy. Tahaka izany koa ankehitriny, babon' ny fanjakan' ity izao tontolo izao ity ny sain' ny olona, ka tsy mandinika ny fahatanterahan' ny faminaniana haingana sy ny famantarana ny fahakekezan' ny fiavian' ny fanjakan' Andriamanitra. {IFM 236.1}

«Fa hianareo, ry rahalahy, tsy ao amin' ny maizina, mba hahatratra anareo toy ny

mpangalatra izany andro izany. Fa hianareo rehetra dia zanaky ny mazava sy zanaky ny andro; tsy an' ny alina na an' ny maizina isika». Tsy fantatsika ny ora iavian' ny Tompontsika, nefa mety ho fantatsika ny fahakekezany. «Koa dia aza mba matory toy ny sasany isika, fa aoka hiambina ka hahonon-tena»15 {IFM 236.2}

## Toko 24—Tsy Ilehity va Ilay Zanaky ny mpandrafitra?

Nandritra ireo andro mamirapiratra tamin' ny asan' i Kristy tany Galilia, dia nisy aloka iray nampanjombona Azy. Nitsipaka Azy ny mponin' i Nazareta. «Tsy Ilehity va Ilay zanaky ny mpandrafitra» 1 hoy izy. {IFM 237.1}

Nandritra ny fahazazany sy ny fahatanorany, dia efa nivavaka niaraka tamin' ny rahalahiny tao amin' ny synagoga tany Nazareta Jesosy. Hatramin' ny niantombohan' ny asany dia tsy teo amin' izy ireo Izy, nefa tsy hoe tsy fantany tsy akory izay zavatra nanjo Azy. Rehefa niseho teo aminy indray Izy, dia tonga teo amin' ny faratampony ny fahalianany sy ny fanantenany. Tao ireo endrika sy tava nahazatran' ireo olom-pantany hatramin' ny fahazazany. Tao ny reniny, ny rahalahiny sy ny anabaviny, ary nitodika taminy ny maso rehetra raha niditra ny synagoga Izy tamin' ny andro Sabata, ka naka ny toerany teo amin' ny mpivavaka. {IFM 237.2}

Teo amin' ny fanompoam-pivavahana ara-dalàna ho amin' io andro io, dia mamaky teny avy amin' ny mpaminany ny loholona ka mamporisika ny olona mbola hanantena Ilay ho avy, Izay hitondra fanjakana be voninahitra, sy hanafoana ny fampahoriana rehetra. Niezaka ny hampahery ny mpihaino azy izy amin' ny fandrenesana indray ny porofo mazava fa efa akaiky ny fiavian' ny Mesia. Tantarainy ny voninahitry ny fiaviany, ka hasongadiny ao an-tsaina fa ho avy Izy mitarika tafika hanafaka an' Isiraely. {IFM 237.3}

Rehefa nisy raby tao amin' ny synagoga, dia nantenaina fa hanao ny toriteny izy, ary azon' ny Isiraelita rehetra atao ny mamaky ny teny avy amin' ny mpaminany. Tamin' io Sabata io dia nangatahina handray anjara tamin' ny fanompoam-pivavahana Jesosy. «Nitsangana hamaky teny Izy. Dia natolotra Azy ny bokin' Isaia mpaminany». Ny teny Izay novakiny dia fantatra fa mikasika ny Mesia : {IFM 238.1}

*«Ny Fanahin' i Jehovah no ato amiko,*
*Satria nanosotra Ahy hitory teny soa mahafaly amin' ny malahelo Izy ;*
*Naniraka Ahy hitory fandefasana amin' ny mpifatotra Izy,*
*Sy fampahiratana amin' ny jamba,*
*Hanafaka izay nampahoriana,*
*Hitory ny taona ankasitrahan' i Jehovah» 2 {IFM 238.2}*

«Ary rehefa nahorony ny boky ka naveriny tamin' ny mpanao raharaha dia nipetraka Izy ;. .. ary nandinika Azy ny mason' izay rehetra teo amin' ny synagoga. . . Ary izy rehetra nankalaza Azy sady talanjona noho ny tenin' ny fahasoavana naloaky ny vavany». {IFM 238.3}

Nijoro teo anoloan' ny vahoaka toy ny mpanazava velona ireo faminaniana mikasika ny tenany Jesosy. Nohazavainy ny teny vao novakiny, dia ny amin' ny Mesia izay

hanampy ny sahirana, hanafaka ny mpifatotra, hanasitrana ny tra-pahoriana, hamerina ny jamba hahita indray, ary hanambara ny fahazavan' ny fahamarinana amin' izao tontolo izao. Nampangitakitaka ny mpihaino tamin' ny hery izay tsy mbola tsapany mihitsy teo aloha ny fihetsiny latsaka lalina tao am-pony sy ny maha-zava-dehibe sy mahagaga ny teniny. Nandrava ny fefy rehetra ny fisamontan' ny hery miasa mangina avy amin' Andriamanitra ; tahaka an' i Mosesy nibanjina Ilay tsy hita izy ireo. Raha nohetsehin' ny Fanahy Masina ny fony, dia namaly tamin' ny «Amena» mafana izy ka nidera ny Tompo. {IFM 238.4}

Nefa kosa rehefa nanambara Jesosy hoe : «Androany no efa tanteraka eto anatrehanareo izany soratra izany» dia tsaroany tampoka ny hihevitra ny tenany sy ny filazan' Ilay niteny taminy. Izy, Isiraelita, zanak' i Abrahama, no nasehony toy ny ao amin' ny fanandevozana. Niteny taminy toy ny tamin' ny mpifatotra izay hafahana amin' ny herin' ny ratsy izy, tahaka izay ao anatin' ny haizina, ka mila ny fahazavan' ny fahamarinana. Voatohina ny hambom-pony, nifoha ny tahotra tao aminy. Nambaran' ny tenin' i Jesosy fa tena ho samihafa amin' izay niriny ny asa ataon' i Kristy ho azy. Mety ho voahadihady akaiky loatra ny asany. Na dia aradalàna aza ireo fanompoam-pivavahana etý ivelany nataon' izy ireo, dia nihemotra kosa izy teo anatrehan' ny fandinihana ataon' ireto maso mahita mazava sy manadihady. {IFM 238.5}

Iza ity Jesosy ity ? hoy ny fanontaniana. Ilay nitaky ny voninahitry ny Mesia ho an' ny tenany ve tsy zanak' i Josefa mpandrafitra, ary efa niara-niasa taminy ? Efa nahita Azy niasa niakatra sy nidina teo amin' ireo havoana ny olona, ary fantany tsara ny fiainany sy ny asany ary ireo rahalahiny sy anabaviny. Nahita ny fitomboany hatramin' ny fahazazany ka hatramin' ny fahatanorany izy, ary hatramin' ny fahatanorany ka hatramin' ny nahalehilahy lehibe Azy. Na dia tsy nisy pentina aza ny fiainany, dia tsy te-hino izy fa Izy no Ilay nampanantenaina. {IFM 239.1}

Manao ahoana ny fahasamihafan' ny fampianarany mikasika ny fanjakana vaovao sy izay efa reny tamin' ireo loholona ! Tsy misy na inona na inona nolazain' i Jesosy momba ny fanafahana amin' ny Romana. Efa reny ny fahagagana nataony, ary nanantena izy fa hampiasainy hahitan' izy ireo tombon-tsoa ny heriny, nefa tsy nisy fanambarana ny fikasana toy izay efa hitany. {IFM 239.2}

Raha nanokatra varavarana hidiran' ny fisalasalana izy, dia nanjary mafy indrindra ny fony rehefa nolefahana vetivety. Tsy sitrak' i Satana raha ny jamba no ampahiratina amin' io andro io, na hisy fanahy afahana amin' ny fanandevozana. Koa dia nampiasainy ny heriny rehetra mba hangeja azy ireo ao amin' ny tsy finoana. Tsy noraharahainy ny famantarana efa nomena, rehefa nanohina azy ny faharesen-dahatra fa Ilay Mpanavotra azy no niteny taminy. {IFM 239.3}

Izao anefa Jesosy dia nanome porofo mazava ny amin' ny mahaAndriamanitra Azy

tamin' ny fanambarany ny eritreritra miafina tao an-tsain' izy ireo. Hoy Izy taminy : «Hataonareo amiko tokoa izao ohabolana izao hoe: Mpanao fanafody, sitrano ny tenanao; izay renay fa nataonao tao Kapernaomy dia mba ataovy eto amin' ny taninao koa. Ary hoy koa Izy : Lazaiko aminareo marina tokoa : Tsy misy mpaminany izay ankasitrahana ao amin' ny taniny. Fa lazaiko aminareo marina tokoa : maro ny mpitondratena amin' ny Isiraely tamin' ny andron' i Elia, raha nihantona ny andro telo taona sy enimbolana, ka nisy mosary mafy tamin' ny tany rehetra; nefa tsy mba nirahina ho any amin' ny anankiray tamin' ireo i Elia, fa ho any Zarefata any amin' ny tany Sidona ihany, dia any amin' izay vehivavy mpitondratena. Ary maro no boka teo amin' Isiraely tamin' ny andron' i Elisa mpaminany, nefa tsy mba nisy nodiovina na dia iray akory aza, fa Namana Syriana ihany». {IFM 239.4}

Ny fitantarana ny toe-javatra teo amin' ny fiainan' ireo mpaminany ireo no nentin' i Jesosy namaly ny fanontaniana tao amin' ireto mihaino Azy. Ny mpanompo izay nofidin' Andriamanitra amin' ny asa manokana, dia tsy navela hiasa amin' ny vahoaka mafy fo sy tsy mino. Fa ireo izay manana fo afaka hahatsapa ny finoana hoenti-mino dia nomena tombon-tsoa manokana tamin' ny porofon' ny heriny tamin' ny alalan' ny mpaminany. Tamin' ny andron' i Elia, dia niala tamin' Andriamanitra Isiraely. Nifikitra tamin' ny fahotany izy, ka nitsipaka ny fampitandremana avy tamin' ny Fanahy tamin' ny alalan' ny mpitondra hafatra nalefan' ny Tompo. Tamin' izany dia nanentsina ny fantsona izay mety ahatongavan' ny fahasoavan' Andriamanitra aminy izy. Nodinganin' i Jehovah ireo tokantrano tao Isiraely ka nahita fialofana ho an' ny mpanompony tany amin' ny tany jentilisa izy, dia tao an-tranon' ny vehivavy izay tsy anisan' ny vahoaka voafidy. Nomena izany tombon-tsoa izany io vehivavy io satria efa nanaraka ny fahazavana noraisiny izy ka nivoha ny fony handray fahazavana lehibe kokoa izay nalefan' Andriamanitra ho azy tamin' ny alalan' ny mpaminany. {IFM 240.1}

, Noho ny antony toy izany ihany no nandaozana ny boka tao amin' Isiraely tamin' ny andron' i Elisa, fa i Namana kosa, andriandahy jentilisa iray, dia efa natoky tamin' izay noheveriny fa marina ary efa nahatsapa fa nila dia nila fanampiana, no nandray tombon-tsoa. Teo aminy izany ny fepetra hanomezana ny fahasoavan' Andriamanitra. Tsy sitrana tamin' ny habokana fotsiny izy, fa nahazo fitahiana koa tamin' ny fahalalana ny Andriamanitra marina. {IFM 240.2}

Tsy miankina amin' ny habetsahan' ny fahazavana noraisintsika ny fijoroantsika eo anatrehan' Andriamanitra fa amin' ny fampiasantsika izany fahazavana izany. Noho izany, na dia ny jentilisa aza izay nifidy ny tsara araka izay farany ahazoany mahafantatra Azy, dia eo aminy ny toerana tsaratsara kokoa noho ireo izay efa nanana fahazavana lehibe, ka milaza ny tenany ho manompo an' Andriamanitra, nefa manao jery vilana ny fahazavana sy manohitra izay lazainy eo amin' ny fiainany andavanandro. {IFM 240.3}

Ny tenin' i Jesosy tamin' ny mpihaino Azy tao amin' ny synagoga dia nikapa ny

fanamarinantenan' izy ireo tany amin' ny fakany, ka nampibosesika tao am-pony ilay fahamarinana mangidy nilaza fa efa niala tamin' Andriamanitra izy, ary tsy nahatanteraka ny filazany ny tenany ho vahoakany. Tahaka ny antsy mandrasarasa ny teny rehetra rehefa naseho teo anatrehany ny tena toetrany. Nozimbazimbainy izao ny finoana izay nanaingan' i Jesosy azy tamin' ny voalohany. Amin-drizareo mantsy, dia tsy inona fa olon-tsotra ihany ny Lehilahy teraka tao amin' ny fahantrana sy ny toerana ambany. {IFM 240.4}

Niteraka fahasiahana ny tsy finoany. Satana no nifehy azy ary niantsoantso tamim-pahatezerana izy nanohitra ny Mpamonjy. Nitodika niala tamin' Ilay nirahina sy hanasitrana hamerina azy amin' ny laoniny izy ; ny toetr' ilay mpandringana izao no nasehony. {IFM 241.1}

Rehefa nilaza ny amin' ny fitahiana nomena ny Jentilisa Jesosy, dia tohina ny fon' ireo mpihaino Azy mba ho fiarovana ny hajampirenena ka tsy re intsony ny teniny fa safotry ny horakoraka. Nireharehan' ireo olona ireo ny fitandremany ny lalàna. Ankehitriny anefa dia tafintohina teo amin' ny hevitra nibahana tao an-tsainy izy, ka vonona ny hamono olona. Nirava ny fivoriana, ary nikasitanana an' Jesosy izy ka nanosika azy hivoaka ny synagoga sy ny tanàna. Toa samy nifofo ny ainy izy rehetra. Natosiny teo amoron' ny tevana iray Izy, nokasainy hazera tany ambany tany. Antsoantso sy fanozonana no nameno ny rivotra. Nisy nitorabato Azy, nefa tsy hita tampoka foana teo Izy. Ireo mpitondra hafatry ny lanitra izay teo anilany tao amin' ny synagoga dia nisintona Azy teo afovoan' ireo vahoaka romotra ireo. Nafeniny tsy ho hitan' ny fahavalony Izy ka notarihiny ho any amin' ny toerana azo antoka. {IFM 241.2}

Toy izany no niarovan' ny anjely an' i Lota, ka nitondrany azy soamantsara niala tsy ho eo afovoan' i Sodoma. Toy izany no niarovany an' i Elisa tao amin' ilay tanàna kely tany an-tendrombohitra. Rehefa feno soavaly sy kalesin' ny mpanjakan' i Syria, ary fenon' ireo tafika maro sy miaramila mitam-piadiana ny vohitra manodidina, dia tazan' i Elisa nitoby teo amin' ny havoana nifanolotra aminy kosa ny miaramilan' Andriamanitra, - dia soavaly sy kalesy afo nanodidina ny mpanompon' i Jehovah. {IFM 241.3}

Toy izany koa, tamin' ny fotoana rehetra, no nisian' ny anjely teo akaikin' ny mpanaraka an' i Kristy mahatoky. Mitambatra hamely izay rehetra ta-handresy ny andian-tafik' ilay ratsy ; tian' i Jesosy anefa ny hibanjinantsika ny tsy hita, dia ireo tafiky ny lanitra mitoby manodidina izay rehetra tia an' Andriamanitra mba hanafaka azy. Inona avy no loza hita sy tsy hita, izay niarovana antsika tamin' ny alalan' ny fisalovanan' ny anjely ? Tsy ho fantatsika mihitsy izany raha tsy ho hitantsika ny fitondran' Andriamanitra eo amin' ny fahazavan' ny mandrakizay. Amin' izay dia ho fantatsika fa mihevitra ny fianakaviana etý an-tany ny fianakaviana any an-danitra manontolo ary manaraka ny diantsika isan' andro isan' andro ny mpitondra hafatra avy eo amin' ny seza fiandrianan' Andriamanitra. {IFM 241.4}

Rehefa namaky ny teny avy tao amin' ny faminaniana Jesosy tao amin' ny synagoga, dia najanony tsy novakina ny fanambarana farany mikasika ny Mesia. Rehefa novakiany ny hoe : «Hitory taona ankasitrahan' i Jehovah», dia najanony ny hoe «sy andro famalian' Andriamanitra»2 Marina sahala amin' ny faminaniana voalohany izany, ary tsy fandavana izany tsy akory ny fanginan' i Jesosy momba izany. Io fehezanteny farany io dia nahafinaritra ny mpihaino Azy ny nanantitrantitra izany, ary io no niriny ho tanteraka. Nilaza fitsarana manameloka ny jentilisa izy ireo, nefa tsy hitany ny fahadisoan' ny tenany izay lehibe noho ny an' ny hafa. Izy ireo indrindra no tena nila ilay famindrampo izay nahavonona azy fatratra ny handavana izany ho an' ny jentilisa. Io andro nijoroan' i Jesosy teo anivon' izy ireo tao amin' ny synagoga io no fotoana mety hanekeny ny antson' ny lanitra. Ilay «tia famindrampo»3 dia ho namonjy an-tsitrapo amin' ny fandringanana izay niantsoan' ny fahotana azy. {IFM 242.1}

Tsy azony nafoy ireo raha tsy nisy antso iray indray ho amin' ny fibebahana. Rehefa nadiva hifarana ny asany tao Galilia dia notsidihany indray ny akanin' ny fahazazany. Hatramin' ny nandavana Azy tao, dia efa nameno ny tany ny lazan' ny toriteniny sy ny fahagagana nataony. Tsy misy afaka mandà ankehitriny fa manana hery mihoatra noho ny an' ny olombelona Izy. Fantatry ny mponin' i Nazareta fa nandehandeha nanao soa Izy, sy nanasitrana izay rehetra nampahorian' i Satana. Nanodidina azy ireo dia nisy tanàna iray manontolo tsy nandrenesana fitarainana noho ny aretina na dia trano iray aza, satria nandalo tao Jesosy ka nanasitrana ny aretina rehetra. Ny famindrampo nasehony teo amin' ny fihetsika rehetra teo amin' ny fiainany, dia vavolombelon' ny hosotra avy amin' Andriamanitra taminy. {IFM 242.2}

Nohetsehin' ny Fanahin' Andriamanitra indray ireo mponina tao Nazareta raha nihaino ny teniny. Nefa na dia izao aza dia mbola tsy azony nekena ihany fa io lehilahy io, izay nitombo nihalehibe teo aminy, dia olon-kafa lehibe noho izy ireo. Mbola nahalotika ny fony ihany ny fahatsiarovana mangidy fa raha nilaza ny tenany ho Ilay Nampanantenaina Izy, dia tena nolaviny marina koa ny hananan' izy ireo toerana ao Isiraely ; nasehony azy mantsy fa ambany noho ny an ny lehilahy sy vehivavy jentilisa ny fahamendrehany amin' ny fankasitrahan Andriamanitra. Noho izany, na dia nifanontany aza izy hoe : «Avy taiza re no nahazoan' Ilehity izany fahendrena sy asa lehibe izany». dia tsy noraisiny ho Kristin' Andriamanitra Izy. Noho ny tsy finoany dia tsy afaka nanao fahagagana teo aminy ny Mpamonjy. Fo vitsy ihany no nisokatra handray ny fitahiany, ka lasa tamin' alahelo Izy, tsy hiverina intsony. {IFM 242.3}

Rehefa nankafiziny indray mandeha ny tsy finoana dia nitohy nifehy ny mponina tao Nazareta izany. Toy izany koa no nifehezany ny synedriona sy ny iray firenena. Ho an' ny mpisorona sy ny vahoaka, ny fitsipahana voalohany ny fanehoana ny herin' ny Fanahy Masina no fiafaran' ny fiainana. Mba hanaporofoana fa marina ny fanoherana voalohany nataony, dia notohizany ihany ny fanarabiana ny tenin' i Kristy. Niafara tao amin' ny

hazo fijalian' i Kalvary sy teo amin' ny nandravana ny tananany ary teo amin' ny fanaparitahana ny fireneny tany amin' ny vazantany rehetra ny fandavany ny Fanahy Masina. {IFM 243.1}

Manao ahoana re ny nanirian' i Kristy hanokatra ho an' Isiraely ireo rakitra sarobidin' ny fahamarinana ! Nefa mafy indrindra ny fahajambana ara-panahin' izy ireo ka tsy azo natao ny nanambara ny fahamarinana mikasika ny fanjakany. Nifikitra tamin' izay ninoany sy tamin' ireo fanompoam-pivavahana tsy misy antony izy, nefa niandry azy hanaiky izany ireo fahamarinan' ny lanitra. Nolaniany tamin' ny mololo sy ampombo ny volany, nefa azon' ny tanany noraisina ny mofon' aina. Nahoana no tsy nankeo amin' ny tenin' Andriamanitra izy ka nandinika tamin-kafanam-po na diso izy na tsia ? Ny Teny ao amin' ny Testamenta Taloha dia mampiseho mazava ny antsipiriany rehetra eo amin' ny asa nanirahana an' i Kristy, ary naverimberiny novakiana avy tamin' ny mpaminany izany ka nambarany hoe : «Androany no efa tanteraka eto anatrehanareo izany soratra izany». Raha nandinika ny Soratra Masina tamin' ny fo marina izy, ka nosedrainy tamin' ny tenin' Andriamanitra ny hevitra nalahany, dia tsy ho nilain' i Jesosy ny nitomany noho ny tsy fetezany nibebaka. Tsy ho nilainy ny hilaza hoe : «Indro, avela ho anareo ny tranonareo»4. Nety nifankazatra tamin' ny porofo mazava momba ny asany amin' ny maha-Mesia Azy izy, ary ho voasakana ny loza sy ny antambo izay hanapotika ny tanànany be avonavona. Nefa efa nahatery ny sain' ny Jiosy ny fitiavam-bavaka diso toerana sy tsy nisy fiheverana teo aminy. Nampiseho ny fahabangany izy ireo teo amin' ny ara-panahy, ka nitaky fibebahana ireo lesona nataon' i Kristy. Raha nanaiky ny fampianarany izy, dia tsy maintsy niova ny fomba fanaony, ary nialany ny fanantenana nankamamiany. Mba hanomezan' ny lanitra voninahitra azy dia tsy maintsy mandà ny voninahitry ny olombelona izy. Raha mankatò ny tenin'ity Mpampianatra ity izy, dia tsy maintsy manohitra ny hevitr' ireo mpandalina sy mpampianatra tamin' izany andro izany. {IFM 243.2}

Tsy mamim-bahoaka tahaka ny tamin' ny andron' i Kristy koa ny fahamarinana ankehitriny. Tsy mamim-bahoaka izany hatramin' ny nanaovan' i Satana izany ho mankaleo voalohany tamin' ny nanehoany angano nitarika ho amin' ny fanandratan-tena. Moa ve tsy mahita laha-kevitra sy fampianarana tsy manana fanorenana amin' ny tenin' Andriamanitra isika ankehitriny ? Mikiry mamikitra mafy amin' ireny ny olona tahaka ny fifikiran' ny Jiosy tamin' ny Tovan-tsofina. {IFM 244.1}

Feno avonavona ara-panahy ireo mpitarika Jiosy. Niseho na dia teo amin' ny fanompoana teo amin' ny Fitoerana masina aza ny faniriany hanome voninahitra ny tenany. Tiany ny toerana aloha teo amin' ny synagoga. Tiany ny fiarahabana teny an-tsena, ary nahafaly azy ny fihainoana ny anaram-boninahiny notanisaina. Rehefa mihena ny tena fitiavam-bavaka marina, dia manjary mahasaro-piaro azy bebe kokoa ny lovan-tsofina sy ny fanompoampivavahana. {IFM 244.2}

Satria ny sainy dia nohamaizinin' ny hevitra feno fitiavan-tena nibahana tao, dia tsy azony natao ny nampirindra ny herin' ny tenin' i Kristy maharesy lahatra tamin' ny fanetren-tena hita teo amin' ny fiainany. Tsy tsapany fa tsy mila fisehoana ivelany ny tena fahalehibeazana. Toa tsy mifanaraka mihitsy amin' ny fihamboany ho Mesia ny fahantran' ity olona ity. Nanontany izy ireo, raha izay ihamboany fa izy Izy, nahoana Izy no tsy tia fisehosehoana toy izao ? Raha afa-po amin' ny tsy fampiasana ny herin' ny fiadiana Izy, inona no hanjo ny fireneny ? Fomba ahoana no hahatonga ny hery sy ny voninahitra efa nandrandraina ela, hampanaiky ny firenena an' ilay tanànan' ny Jiosy ? Moa ve ny mpisorona tsy nampianatra fa hifehy ny tany manontolo Isiraely ? ary mety ho diso ve ireo mpampianatra ngezalahy eo amin' ny ara-pivavahana ? {IFM 244.3}

Tsy ny tsy fisian' ny voninahitra miseho ivelany fotsiny anefa no nitarika ny Jiosy hitsipaka an' i Jesosy. Fanehoana ara-batana ny fahadiovana Izy, nefa izy ireo tsy nadio. Nitoetra teo amin' ny olona Izy ho ohatry ny fahamarinan-toetra tsy misy pentina. Nampitosaka fahazavana teo amin' ny fony ny fiainany tsy misy tsiny. Nanambara ny tsy fananany fo madio ny fo madio teo Aminy. Nampiharihary ny naha-poak' aty ny fitiavam-bavaka feno fihamboana teo aminy izany, ka namelatra teo anatrehan' izy ireo ny toetra maharikorikon' ny fanaovan-dratsy. Tsy nankasitrahany ny fahazavana toy izany. {IFM 245.1}

Raha nitarika ny saina ho eo amin' ny Fariseo Kristy, ka nanandratra ny fahaizany sy ny fitiavany vavaka, dia ho noraisin' izy ireo tamim-pifaliana. Nefa kosa rehefa nilaza Izy fa fanomezana famindrampo ny taranak' olombelona manontolo ny fanjakan' ny lanitra, dia lafiny iray eo amin' ny fivavahana tsy zakan' izy ireo no nasehony. Ny ohatra nomeny sy ny fampianarana nataony dia tsy nahatonga ny fanompoana an' Andriamanitra ho mahate-ho tia mihitsy. Rehefa hitany fa nifikitra tamin' izay nankahalainy ny sain' i Jesosy, dia nifoha ny fironana ratsy indrindra tao amin' ny fony be avona. Na dia teo aza ny fireharehany fa rehefa eo ambanin' ny Liona avy amin' ny firenen' i Joda 5 Isiraely, dia hasandratra ho lohany eo amin' ny firenena rehetra, ary ho zakany kokoa ny fahadisoam-panantenany momba ireo hambom-pony ireo noho ity fanamelohan' i Kristy ny fahotany, sy ny faniniana tsapany teo anatrehan' ny fahadisoany. {IFM 245.2}

## Toko 25—Ny antso teo amoron' ny ranomasina

Niposaka ny andro teo amin' ny Ranomasin' i Galilia. Sasatry ny alina niasana mafy tsy nisy vokany ny mpianatra, ka mbola tao amin' ny sambokely fanjonoany teo amin' ny farihy. Tonga teo amoron-drano Jesosy handany ora hilamindaminana. Nanantena fotoana fohy hialana sasatra lavitry ny vahoaka nanaraka Azy isan' andro Izy. Vetivety anefa dia nanomboka nitangorona teo Aminy ny vahoaka. Nitombo haingana ny isany, hany ka voahodidina hatraiza hatraiza Izy. Nandritra izany fotoana izany dia efa nidina an-tanety ny mpianatra. Mba hialany amin' ny faneren' ny vahoaka dia niditra tao amin' ny sambon' i Petera Jesosy, ka nangataka taminy hihataka kely amin' ny tany. Mety ho hita sy ho ren' ny rehetra tsara kokoa Jesosy eo, ary avy tao amin' ny sambokely no nampianarany ny vahoaka marobe teo amoron-drano.1 {IFM 247.1}

Fisehoan-javatra manao ahoana re ity atrehin' ny anjely ity ! Ilay Komandiny be voninahitra, mipetraka ao amin' ny sambokelin' ny mpanjono, atopatopan' ny onja tsy an-kijanona, ary manambara ny vaovao mahafalin' ny famonjena amin' ny vahoaka be manongilantsofina, izay mifanizina eo amoron' ny rano ! Ilay nomen' ny Lanitra ny voninahitra dia nanambara zava-dehibe momba ny fanjakany teo ankalamanjana tamin' ny olona faran' izay tsotra. Nefa nety nisy toerana mety kokoa hiasany. Ny farihy, ny tendrombohitra, ny saha midadasika, ny tara-pahazavan' ny masoandro manafotra ny tany, izany rehetra izany dia samy nentiny nanazava ny lesona nataony sy nandatsaka izany lalina tao am-po. Ary tsy nisy lesona nataon' i Kristy izay tsapa fa tsy nisy vokany. Ny hafatra rehetra avy tamin' ny molony dia nitondra teo amin' ny fanahy ny tenin' ny fiainana mandrakizay. Nitombo araka ny fandehan' ny fotoana rehetra ny vahoaka teo amoron-drano. Ny antitra niankina tamin' ny tehiny, ny tantsaha matanjaka mitsontsorika ny havoana, ny mpanjono avy niasa mafy teo amin' ny farihy, ny mpivarotra sy ny raby, ny manankarena sy ny avara-pianarana, ny antitra sy ny tanora dia samy nitondra ny marariny sy ny nijaly tao aminy, nifanizina hihaino ny tenin' Ilay Andriamanitra Mpampianatra. {IFM 247.2}

Ny toe-javatra toy izany no efa tazan' ny mpaminany mialoha ka nanoratra izy hoe : {IFM 248.1}

*«Ny tanin' ny Zebolona sy ny tanin' ny Naftaly,*
*Ao amin' ny tany amoron-dranomasina, any an-dafin' i Jordana,*
*Galilia, tanin' ny jentilisa,*
*Ny olona izay nitoetra tao amin' ny maizina dia nahita mazava lehibe ;*
*Ary izay nitoetra tao amin' ny tany aloky ny fahafatesana*
*No iposahan' ny fahazavana» 2 {IFM 248.2}*

Ankoatry ny vahoaka marobe teo amoron' i Genesareta dia nisy mpihaino hafa koa tazany an-tsaina nihaino ny toriteny nataony teo amoron' ny ranomasina. Nibanjina ny

andro nifandimby Izy, ka nahatazana ireo olony mahatoky ao an-tranomaizina sy ao amin' ny trano fitsarana, alaim-panahy, manirery ary tra-pahoriana. Nivelatra teo anatrehany avokoa ireo sehatra nisehoan' ny fifaliana sy ny adin-tsaina ary ny fahaverezan-kevitra. Tamin' ny teny nataony tamin' ireo olona nivory nanodidina Azy, dia niteny tamin' ireo fanahy hafa ireo Izy, ary ny teny indrindra izay hitondra hafatry ny fanantenana eo amin' ny fitsapana, hitondra fampiononana eo amin' ny alahelo, sy fahazavan' ny lanitra eo amin' ny haizina no nataony ho azy ireo. Amin' ny alalan' ny Fanahy Masina dia ho re ilay feo izay nitený avy teo amin' ny sambokelin' ny mpanjono teo amin' ny Ranomasin' i Galilia, hiteny fiadanana amin' ny fon' olombelona mandra-piavin' ny farany. {IFM 248.3}

Nifarana ny lahateny, nitodika tany amin' i Petera Jesosy ka nibaiko azy handroso ho amin' ny lalina ary handatsaka ny haratony hahazoana hazandrano. Kivy anefa i Petera. Tsy nahazo na inona na inona izy nandritra ny alina. Nandritra ireo ora naha-irery azy, dia nieritreritra ny amin' izay nanjo an' i Jaona Mpanao batisa izy, izay niferinaina samirery tao an-tranomaizina. {IFM 248.4}

Nihevitra sy nanombantombana ny ho avin' i Jesosy sy ny mpanaraka Azy izy, ny tsy fahombiazan' ny asa tany Jodia, ary ny fahasiahan' ny mpisorona sy ny raby. Na dia ny asan' ny tenany aza tsy nanambina azy ; ary raha niandry teo akaikin' ireo harato foana tsy nisy na inona na inona izy, dia toa maizina sy nahakivy azy ny ho avy. «Tompoko, hoy izy, nandritra ny alina no efa nikelezanay aina, nefa tsy nahazo na inona na inona; kanefa noho ny teninao, dia halatsako ihany ny harato». {IFM 249.1}

Ny alina ihany no fotoana mety handratoana ao amin' ny rano madio ao amin' ny farihy. Rehefa niasa mafy nandritra ny alina tsy nisy vokany, dia toa tsy misy fanantenana ho azy izany hanipy ny harato amin' ny andro izany; nibaiko anefa Jesosy ary nanosika ny mpianatra hankatò ny fitiavana ny Tompony. Niaraka nandatsaka ny haratony i Simona sy ny rahalahiny. Rehefa nandramany nosintonina izany, dia be indrindra ny trondro tao anatiny ka efa ho triatra ny harato. Voatery niantso an' i Jakoba sy Jaona hanampy azy izy, ary vetivety foana dia feno trondro ny sambokely anankiroa, hany ka notandindomin-doza hilentika. {IFM 249.2}

Izao anefa i Petera dia tsy nihevitra ny sambokeliny na ny tao anatiny. Io fahagagana io, mihoatra noho izay rehetra efa natrehiny maso, dia fanehoana ny herin' Andriamanitra ho azy. Hitany teo amin' i Jesosy Ilay mitana ny zavaboary rehetra eo ambanin' ny fifehezany. Nampiseho ny tsy fahamasinan' ny tenany ny fanatrehan' Andriamanitra. Ny fitiavany ny Tompony, ny fahamenarany noho ny tsy finoan' ny tenany, ny fankasitrahany ny fampanaranan' i Kristy, ary ambonin' ny zavatra rehetra, ny fahatsapany ny fahalotoany eo anatrehan' ny fahadiovana tsy misy fetra, izany rehetra izany dia nitambesatra taminy avokoa. Raha mbola nametraka ny tao anatin' ny harato tamin' ny toerana azo antoka ireo namany, dia niankohoka teo an-tongotry ny Mpamonjy

kosa i Petera ka niloa-bava hoe : «Tompoko, mialà amiko, fa olo-meloka aho». {IFM 249.3}

Io fanatrehan' ny fahamasinan' Andriamanitra io ihany no nahatonga ny mpaminany Daniela ho lavo tahaka ny maty teo anatrehan' ny anjelin' Andriamanitra. Hoy izy : «Nihasimba sy nivaloarika ny tarehiko». Toy izany koa Isaia, rehefa nibanjina ny voninahitr' i Jehovah izy, dia niloa-bava hoe : «Lozako ! maty aho ! fa lehilahy maloto molotra sady ato amin' ny firenena maloto molotra no itoerako, fa ny Mpanjaka, dia Jehovah Tompon' ny maro no efa hitan' ny masoko» 3. Naseho ny maha-olombelona miaraka amin' ny fahalemcny sy ny fahotany hifanohitra amin' ny fahatanterahan' ny maha-Andriamanitra, koa miara-tsapany ny fahabangany sy ny tsy tahamasinany. Toy izany izay rehetra nomena ny hahita ny fahalehibeazan' Andriamanitra sy ny voninahiny. {IFM 249.4}

Hoy i Petera: «Miala amiko; fa olo-meloka aho» ; namikitra teo an-tongotr' i Jesosy anefa izy, nahatsapa fa tsy afaka misaraka Aminy. Hoy ny navalin' ny Mpamonjy : «Aza matahotra ; hatramin' izao ankehitriny izao dia olona kosa no ho azonao». Rehefa nahita ny fahamasinan' Andriamanitra sy ny tsy fahamendrehan' ny tenany Isaia vao nankinina taminy ny hafatra avy amin' Andriamanitra. Rehefa voatarika hahafoy ny izaho sy hiankina amin' ny herin' Andriamanitra i Petera vao nandray ny antso hiasa ho an' i Kristy. {IFM 250.1}

Hatramin' io fotoana io dia mbola tsy nisy tamin' ireo mpianatra ireo, niara-niasa tanteraka tamin' i Kristy. Efa nanatri-maso fahagagana maro izy ary efa nandre ny fampianarany; nefa tsy nandao tanteraka ny asany teo aloha. Fahadisoam-panantenana mangidy ho azy rehetra ny nanaovana an' i Jaona Mpanao batisa tany am-ponja. Raha toy izany no niafaran' ny asa nampanaovina an' i Jaona, dia kely ny fanantenany ho an' ny Tompony, noho ireo mpitarika arapivavahana rehetra niray hina hanohitra Azy. Teo amin' ny toe-javatra toy izany dia nanamaivamaivana azy ny niverina fotoana fohy tany amin' ny fanjonoany. Ankehitriny anefa niantso azy Jesosy handao ny fiainany teo aloha ka hiray tombon-tsoa Aminy. Efa nanaiky ny antso i Petera. Rehefa tonga teo amoron-drano Jesosy dia nibaiko ny mpianatra telo hafa Izy hoe : «Manaraha Ahy, dia hataoko mpanarato olona hianareo». Avy hatrany dia nahafoy ny zavatra rehetra izy ka nanaraka Azy. {IFM 250.2}

Talohan' ny nangatahany azy handao ny haratony sy ny sambokely fanjonoany, dia nanome toky azy Jesosy fa Andriamanitra no hanome izay ilainy. Nisy setriny sarobidy ny nampiasana ny sambokelin' i Petera ho amin' ny asan' ny filazantsara. Ilay «manankarena homeny izay rehetra miantso Azy», dia nanao hoe : «Omeo dia mba homena hianareo, fatra tsara sady ahintsana no afatratra ka mihoatra no homeny ho ao am-pofoanareo»4. Io fatra io no efa namaliany soa ny asa fanompoana nataon' ny mpianatra. Ary ny fahafoizan-tena rehetra izay atao amin' ny asa fanompoana Azy dia

hisy valisoany araka ny «haren' ny fahasoavany»5 {IFM 250.3}

Nandritra io alina nanjombona teo amin' ny farihy io, rehefa tafasaraka tamin' i Kristy ny mpianatra, dia latsaka tao amin' ny tsy finoana, sady sasatry ny asa mafy tsy nisy vokany. Namelona ny finoany anefa ny fanatrehany, ka nitondra fifaliana sy fahombiazana ho azy. Toy izany koa amintsika; raha misaraka amin' i Kristy, dia tsy misy vokany ny asantsika, ary zavatra mora ny tsy matoky sy ny mimonomonona. Nefa rehefa akaiky Izy, ka miasa eo ambanin' ny fitarihany isika, dia mifaly isika eo amin' ny fahitana mazava ny heriny. Asan' i Satana ny manakivy ny fanahy ; asan' i Kristy ny manainga ny finoana sy ny fanantenana. {IFM 251.1}

Ny lesona lalina kokoa izay nentin' ny fahagagana ho an' ny mpianatra, dia lesona ho antsika koa, dia izao : Ilay afaka nanangona ny hazandrano avy ao amin' ny ranomasina tamin' ny teniny, dia afaka koa handatsaka lalina ny teniny ao am-po ka hitarika azy amin' ny mahazakan' ny fitiavana, hany ka mety ho tonga «mpanarato olona» ny mpanompony. {IFM 251.2}

Olona tsotra sady tsy nahita fianarana ireto mpanaraton' i Galilia ireto, nefa Kristy kosa, izay fahazavan' izao tontolo izao, dia tena afaka tokoa hanome azy ny toetra tena ahazoany mitana ny toerana efa nofidiny ho azy. Tsy manao tsinontsinona ny fianarana tsy akory Andriamanitra; rehefa fehezin' ny fitiavan' Andriamanitra ka voatokana ho an' ny asany ny fahaizana ara-tsaina dia manjary fitahiana. Nialany ireo olon-kendry tamin' ny androny, satria natoky tena loatra ireo ka tsy afaka hiray fo amin' ny taranak' olombelona mijaly, ka ho tonga mpiara-miasa amin' Ilay Lehilahin' i Nazareta. Noho ny fitiavam-bavaka diso lalana teo aminy dia nohamavoiny izany hoe ampianarin' i Kristy. Mitady ny fiaraha-miasa amin' izay rehetra te-ho tonga fantsona tsy tsentsina hampita ny fahasoavany ny Tompo Jesosy. Ny zavatra voalohany hianaran' izay rehetra te-hiasa miaraka amin' Andriamanitra, dia ny lesona momba ny tsy fahatokiana ny «izaho» ; amin' izay dia voaomana izy tamin' ny nizarany taminy ny toetra amam-panahin' i Kristy. Tsy ny fanabeazana any amin' ny sekoly ara-tsiansa ambony indrindra no ahazoana izany. Vokatry ny fahendrena azo izay avy amin' Ilay Andriamanitra Mpampianatra ihany izany. {IFM 251.3}

Nifidy mpanarato tsy nahita fianarana Jesosy, satria tsy nampianarina hanaraka ny lovan-tsofina sy ny fomba amam-panao mirakitra hevi-diso tamin' izany fotoana izany izy ireo. Olona nanana talenta voajanahary izy ireo. ary olona tsotra sady azo ampianarina, olona izay azony beazina ho amin' ny asany. Eo amin' ny lalam-be fizoran' ny besinimaro dia misy olona maro mamindra amim-paharetana eo amin' ny asa andavanandro mihodinkodina eo. tsy mahafantatra fa manana hery izy, izay raha asaina ampiasaina. dia hanandratra azy hitovy amin' ny olona omem-boninahitra indrindra eo amin' izao tontolo izao. Ilaina hikasika ireny talenta matoritory ireny ny tanana kinga mba hamoha azy. Olona toy izany no nantsoin' i Jesosy hiaramiasa Aminy, ary nomeny

tombon-tsoa ho mpikambana Aminy mihitsy. Tsy mbola nanana mpampianatra toy izany mihitsy ny olona ambony eto amin' izao tontolo izao. Rehefa avy nizatra teo amin' ny Mpamonjy ny mpianatra, dia tsy kely fahalalana sy tsy nahalala fomba intsony izy. Nanjary tahaka Azy izy teo amin' ny saina sy ny toetra amam-panahy, ary nandray fahalalana tamin' ireo izay efa niaraka tamin' i Jesosy ny olona. {IFM 251.4}

Tsy ny mampita fahalalana fotsiny no anjara asa lehibe indrindra eo amin' ny fanabeazana, fa ny mizara hery mitondra aina izay raisintsika avy amin' ny fifampikasohan' ny saina amin' ny saina, ary ny fanahy amin' ny fanahy. Ny aina ihany no miteraka aina. Tombon-tsoa nanao ahoana ary ny an' ny mpianatra izay nifampikasoka isan' andro nandritra ny telo taona tamin' ny ain' Andriamanitra izay nitosahan' ny hery manosika mitondra aina izay mitahy an' izao tontolo izao. Nihoatra noho ny tamin' ny mpiara-dia taminy rehetra i Jaona ilay mpianatra malala izay nilefitra tamin' ny herin' io fiainana mahagaga io. Hoy izy : «Fa efa naseho ny fiainana, ary efa nahita azy izahay, dia tonga vavolombelona ka manambara aminareo ny fiainana mandrakizay, izay tao amin' ny Ray ka efa naseho taminay». Fa tamin' ny fahafenoany no nandraisantsika rehetra, dia fahasoavana anampy fahasoavana»6 {IFM 252.1}

Tsy nisy na inona na inona nitondra voninahitra ho an' ny tenany teo amin' ireo apostolin' ny Tompo. Hita mazava fa avy amin' Andriamanitra irery ihany ny fahombiazana teo amin' ny asany. Ny fiainan' ireo olona ireo, ny toetra amam-panahy nampitomboiny, ary ny asa mahery vaika notanterahin' Andriamanitra tamin' ny alalany, no vavolombelona ny amin' izay tiany hatao ho an' izay rehetra azo ampianarina sy mankatò. {IFM 252.2}

Izay tia an i Kristy indrindra no hanao asa soa miavosa be indrindra. Tsy misy fetrany ny fahazoana manao soa eo amin' izay mametraka ny «izaho», ary mamela toerana hiasan' ny Fanahy Masina ao amin' ny fony, ka miaina amin' ny fiainana voatokana tanteraka ho an' Andriamanitra. Raha tsy maintsy hiaritra ny fifehezan-tena ilaina ny olona, ka tsy hitaraina na ho reraka eny an-dalana, dia hampianatra azy isan' ora isan' ora, sy isan' andro isan' andro Andriamanitra. Maniry mafy ny haneho ny fahasoavany Izy. Raha hesorin' ny olona ny zava-misakana, dia handrotsaka ny onin' ny famonjena hitosaka be dia be amin' ny alalan' ny olombelona natao fantsona Izy. Raha ampaherezina hanao ny soa rehetra mety ho vitany ny olona manana fiainana tsotra, raha tsy misy tanana misakana mipetraka aminy ka mampihemotra ny hafanam-pony, dia hisy mpiasa zato ho an' i Kristy amin' ny toerana tsy misy afa-tsy anankiray. {IFM 252.3}

Raisin' Andriamanitra araka izay maha-izy azy ny olona ka beaziny hanompo Azy, raha mety hilefitra Aminy. Ny Fanahin' Andriamanitra, izay raisina ao amin' ny fanahy, no hanome aina ny fahaizany rehetra. Eo ambanin' ny fitarihan' ny Fanahy Masina dia mitombo amin' ny fomba mirindra ny saina izay voatokana tsy misy fepetra ho an' Andriamanitra, ka mahazo hery hahazo sy hanatanteraka ny fitakian' Andriamanitra. Ny

toetra amam-panahy malemy sy marefo dia ovana ho manan-kery sy mahafahatra. Mampiorina firaisana akaiky indrindra amin' i Jesosy sy ny mpianany ny fanolorantena mitohy, hany ka manjary tahaka Azy ny kristiana eo amin' ny saina sy ny toetra amam-panahy. {IFM 253.1}

Amin' ny alalan' ny fifandraisana amin' i Kristy dia hanana fomba fijery mazava kokoa sy malalaka kokoa izy. Ho lalina kokoa ny sainy mamakafaka, ho tsara fandanjalanja kokoa ny sainy mitsara. Izay maniry mafy hanompo an' i Kristy dia velombelomin' ny hery mitondra aina eo amin' ny Masoandron' ny Fahamarinana, hany ka afaka mitondra vokatra betsaka ho voninahitr' Andriamanitra izy. {IFM 253.2}

Misy olona nobeazina hatramin' ny faratampony teo amin' ny zava-kanto sy ny siansa, no nianatra lesona sarobidy avy amin' ny kristiana tso-piaina izay notondroin' izao tontolo izao ho tsy manampahalalana. Ireny mpianatra tsy fanta-daza ireny anefa dia nandray fanabeazana tao amin' ny sekoly ambony indrindra amin' izy rehetra. Nipetraka teo an-tongotr' Ilay niteny toy ny tsy mbola nisy olona niteny tahaka izany izy. {IFM 253.3}

## Toko 26—Tao kapernaomy

Tao Kapernaomy no nijanonan' i Jesosy teny anelanelan' ny diany nivezivezy, ka nanjary fantatra hoe «tanàanany izany». Teo amoron' ny ranomasin' i Galilia no falehany, teo akaikin' ny sisin' ny tany lemaka kanton' i Genesareta, ary angamba teo mihitsy aza. Lempona lalina ny farihy ka nahatonga ny toe-tany teny amin' ny lemaka teo an-tsisiny ho mafanafana antonontonona toy ny any atsimo. {IFM 255.1}

Tamin' ny andron' i Kristy dia nandrobona tao ny hazo rofia sy ny hazo oliva ; nisy saha feno hazo fihinam-boa tao sy tanimboaloboka, saha maitso, ary voninkazo namelana kanto dia kanto sady tsara loko, izany rehetra izany dia notondrahin' ny renirano velona nibosesika avy tany amin' ny havoana misy hantsana. Ny moron' ny farihy sy ny havoana teo amin' ny toerana akaiky manodidina dia nisy tanàna sy vohitra miparitadritaka. Rakotry ny sambokelin' ny mpanjono ny farihy. Hatraiza hatraiza dia nahitana fiainana mihetsiketsika sy be raharaha. {IFM 255.2}

Antonona tsara ho foiben' ny asan' ny Mpamonjy i Kapernaomy. Teo amin' ny lalambe avy any Damaskosy ho any Jerosalema sy Egypta ary ny Ranomasina Mediteranea no nisy azy, sady toerana midadasika nifamezivezena fatratra. Olona avy tamin' ny faritany maro no nandalo tao an-tanàna, na nijanona kely tamin' ny diany mba hiala sasatra tao. Tao no nahazoan' i Jesosy nihaona tamin' ny firenena rehetra sy ny sarangan' olona rehetra, ny manankarena sy ny olona ambony, ny mahantra sy ny ambany, ary avy ao dia niparitaka tany amin' ny tany hafa sy tany amin' ny ankohonana maro ny fampianarany. Voahetsika tamin' izany fomba izany hamotopototra ny faminaniana ny olona, voatarika ho eo amin' ny Mpamonjy ny saina, ary ho nahafantatra ny asa nanirahana Azy izao tontolo izao. {IFM 255.3}

Na dia teo aza ny asan' ny Synedriona nanohitra an' i Jesosy, dia naniry mafy sy niandry ny fitomboan' ny asany ny vahoaka. Taitra sy voahetsika avokoa ny lanitra. Nanomana ny lalana ho an' ny asa nanirahana an' i Jesosy ny anjely, ka nampihetsika ny fon' ny olona sy nitarika azy ho eo amin' ny Mpamonjy. {IFM 256.1}

Tao Kapernaomy dia vavolombelon' ny herin' i Kristy ny zanak' ilay tandapa izay nositraniny. Ary ny mpanaraka ilay manam-boninahitra sy ny ankohonany dia nijoro tamim-pifaliana ho vavolombelon' ny finoany. Rehefa fantatra fa Ilay Mpampianatra mihitsy no tonga teo anivon' izy ireo, dia nifoha ny tanàna manontolo. Vahoaka marobe no nanao andiany ho eo anatrehany. Tamin' ny Sabata dia nifanizina tao amin' ny Synedriona ny olona, hany ka marobe no niverin-dalana, fa tsy nahita izay hidirany. {IFM 256.2}

Izay rehetra nandre ny Mpamonjy dia «talanjona tamin' ny fampianarany satria nisy fahefana ny teniny». «Nampianatra azy toy izay manana fahefana Izy, fa tsy tahaka ny

mpanora-dalàna sy ny loholona». 1a Nangatsiaka sady ivelambelany fotsiny ny fampianaran' ny mpanora-dalàna, tahaka ny lesona miverimberina foana no nianarany azy. Tsy nanana hery hitondra aina ho azy ireo ny Tenin' Andriamanitra. Nosoloiny ny fampianarana ny hevitry ny tenany sy ny lovantsofina notanany izany. Nilaza ny tenany ho mpanazava ny lalàna izy teo amin' ny fanompoana nifandimby nahazatra azy, nefa tsy nisy ainga avy tamin' Andriamanitra nanetsika ny fony na ny fon' ny mpihaino. {IFM 256.3}

Tsy noheverin' i Jesosy na oviana na oviana ireo anton-javatra samihafa niadian-kevitra teo amin' ny Jiosy. Ny asany dia ny mampiseho ny fahamarinana. Nampitosaka fahazavana be dia be teo amin' ny fampianaran' ny patriarka sy ny mpaminany ny teniny, ary toy ny fanambarana vaovao tamin' ny olona ny Soratra Masina. Tsy mbola nahatsapa ny halalin' ny dikan' ny tenin' Andriamanitra toy izao mihitsy ny mpihaino talohan' izao. {IFM 256.4}

Nihaona tamin' ny vahoaka teo amin' ny toerana nisy azy Jesosy ary nifankazatra tamin' ny tebitebin-tsainy. Nasehony ny hankaton' ny fahamarinana tamin' ny fanehoany azy tamin' ny fomba mivantana sy tsotra. Madio ny fiteniny, voafantina, ary mangarangarana tahaka ny kristaly. Toy ny feon-java-maneno ny feony ho an' ireo izay efa zatra ny feo dridralavan' ny raby. Na dia tsotra aza ny fampianarany dia niteny toy izay manana fahefana Izy. Io no toetra nampiavaka ny fampianarany sy tsy nampitovy azy tamin' ny hafa. Nisalasala sy niahotrahotra kosa ny raby raha niteny, tahaka ny hoe sao mifanohitra amin' ny tokony ho izy izay voalazan' ny Soratra Masina. Isan' andro dia voatarika ho amin' ny fisalasalana hatrany hatrany ny mpihaino. Jesosy anefa dia nampianatra tamin' ny fahefana tsy azo iadian-kevitra. Na inona na inona lohahevitra noraisiny, dia nasehony tamin-kery izany, ka tsy azo notoherina ny teniny. {IFM 256.5}

Nafana fo Izy, nefa tsy nirehidrehitra foana. Niteny tahaka izay nanan-javatra nokendrena voafaritra tsara Izy. Nentiny teo ambanin' ny maso ny zava-misy mandrakizay. Nasehony ao amin' ny laha-kevitra rehetra Andriamanitra. Niezahan' i Jesosy ny nanapaka ny fitompoan-teny fantatra teto an-tany. Napetrany teo amin' izay tena tokony hisy azy ny zavatra momba ity fiainana ity, ka nabaribariny fa latsa-danja noho ny zavatra misy tombany maharitra mandrakizay ; tsy hoe tsy fantany anefa ny maha-zava-dehibe izany. Nampianariny fa mifamatotra ny lanitra sy ny tany ; ary ny fahalalana ný fahamarinan' Andriamanitra dia manomana ny olona hahay manatanteraka kokoa ny adidy eo amin' ny fiainana andavanandro. Niteny toy ny olona izay efa nifanerasera tamin' ny lanitra Izy, nahafantatra tsara ny fifandraisany tamin' Andriamanitra, nefa koa nahatsapa ny maha-iray Azy amin' ny tsirairay ao amin' ny fianakavian' ny olombelona. {IFM 257.1}

Niovaova ary nifanaraka tamin' ny mpihaino Azy ireo hafatry ny famindrampo nentiny. Hainy ny «nanao teny hampahatanjaka» izay «reraka» 1b ; fahasoavana no

nitosaka avy teo amin' ny molony mba hahazoany manolotra amin' ny olona ny harentsarobidin' ny fahamarinana amin' ny fomba mahasarika indrindra. Nanana fahaizana miresaka tamin' ireo olona nanana hevitra nibahana tao am-pony Izy ary gaga ireo noho ny fanazavana nataony izay nahásarika ny sainy. Nahatratra hatrany amin' ny fo Izy tamin' ny alalan' ny sary an' eritreritra. Ny zavatra teo amin' ny fiainana andavanandro no nakany ohatra hoenti-manazava ny lesony ; ary na dia tsotra aza ireny, dia nisy heviny lalina mahagaga. Ny vorona eny amin' ny habakabaka, ny lilia eny an-tsaha, ny voa, ny mpiandry ondry sy ny ondry, — ireny zavatra ireny no nanazavan' i Kristy ny fahamarinana mandrakizay ; ary tatỳ aoriana, isaka ny sendra mahita ireny zavatra ireny eo amin' ny zavaboary ny mpihaino Azy, dia mahatsiaro ny teniny, ary namerina hatrany tao an-tsainy ny lesona nataony tamin' ny zavatra nentiny nanazava izany. {IFM 257.2}

Tsy nandokadoka ny olombelona mihitsy Kristy. Tsy nanao teny mety hanandratra ny hevi-dravina foroniny na ny eritreriny Izy, na nidera azy noho ny fahakingany teo amin' ny zavatra noforoniny ; nandray ny fampianarany anefa ireo nisaina lalina sady tsy nanana hevitra nibahana tao ám-pony ary hitan' izy ireo fa nisedra ny fahendreny izany. Nampitolagaga azy ny fahamarinana ara-panahy izay nambara tamin' ny fomba fiteny tsotra indrindra. Voasariky ny teniny ireo olona nandray fanabeazana ambony indrindra, ary izay tsy nobeazina kosa samy nandray tombon-tsoa mandrakariva. Nanana hafatra ho an' ny tsy mahay mamaky teny Izy ; ary na dia ny jentilisa aza dia nataony izay ahatsapany fa nanana hafatra ho azy ireo koa Izy. {IFM 258.1}

Ny fitiavany sy ny fangorahany no nentiny nanendry sy nanasitrana ny fo reraka sy sahirana. Na dia teo anivon' ny tabataban' ny fahavalo tezitra aza Izy, dia nohodidinin' ny rivo-piainana feno fiadanana, ny endrika soa, ny toetra amam-panahiny mahate-ho tia, ary ambonin' izany rehetra izany, ny fitiavana niseho teo amin' ny fijeriny sy ny feony dia nitarika ho eo Aminy, izay rehetra tsy nohamafisin' ny tsy finoana. Raha tsy noho ny toe-tsainy mamy sy nanam-pitiavana izay namirapiratra teo amin' ny fijeriny sy ny teniny rehetra, dia ho tsy nahasarika olona marobe nivory mba hivavaka tahaka ny nataony Izy. Ny tra-pahoriana izay nanatona Azy dia nahatsapa fa nampifamatorany tamin' ny tombon-tsoany ny azy ireo amin' ny maha-sakaiza mahatoky sy mamy Azy, ary koa nirin' izy ireo ny hahalala bebe kokoa ny amin' ny fahamarinana izay nampianariny. Nanjary nanakaiky ny lanitra. Nirin' ny olona tokoa ny hitoetra eo anatrehany, mba ho eo aminy mandrakariva ny fampiononana avy amin' ny fitiavany. {IFM 258.2}

Narahin' i Jesosy maso sady nahaliana Azy fatratra ny fiovan' ny tarehin' ny mpihaino Azy. Nitondra fahafaham-po lehibe ho Azy ny endrika izay nampiseho fahalianana sy fahafinaretana. Rehefa manindrona ny fanahy ny zana-tsipikan' ny fahamarinana, ka managorobaka ny fefin' ny fitiavn-tena, mahatonga alahelo ary farany fankasitrahana, dia faly ny Mpamonjy. Rehefa manao indray mijery ny vahoaka mihaino Azy Izy, ka hitany ao ireo endrika efa hitany teo aloha, dia hazavain' ny fifaliana ny

endriny. Olona nahabe fanantenana Azy ho ao amin' ny fanjakany no hitany teo amin' ireo. Rehefa nanohina sampy nankamamiana ny fahamarinana nolazaina tamin' ny fomba tsotra, dia voamariny ny fiovan' ny endrika, teo amin' ny fijery mangatsiaka ; ilay endrika kitokitonina dia manambara fa tsy noraisina tsara ny fahazavana. Rehefa mahita olona mandà ny hafatry ny fahazavana Izy. dia voantsindrona hatrany anatiny indrindra ny fony. {IFM 258.3}

Tao amin' ny synagoga Jesosy no niteny ny amin' ny fanjakana izay haoriny, sy ny amin' ny asa nanirahana Azy hanafaka ny babon' i Satana. Nanapaka ny teniny ny kiakiakan' ny olona raiki-tahotra iray. Nisy olona adala nihazakazaka nankeo amin' ny vahoaka sady niantsoantso hoe: «Avelao izahay ; moa mifaninona akory izahay sy Hianao, ry Jesosy avy any Nazareta ? Avy handringana anay va Hianao ? Fantatro fa Ilay Masin' Andriamanitra Hianao». {IFM 259.1}

Samy nikorontana sy taitra avokoa ny olona. Niala teo amin' i Kristy ny sain' ny vahoaka ka tsy nohenoina intsony ny teniny. Izany no fikasan' i Satana tamin' ny nitarihany io hazany io tao amin' ny Synagoga. Notenenin' i Jesosy ary ilay demonia hoe : «Mangina hianao, ka mivoaha aminy. Ary ny demonia nony namotraka azy teo afovoan' ny olona, dia nivoaka taminy, nefa tsy naharatra azy». {IFM 259.2}

Nohamaizinin' i Satana ny sain' ity olona mahantra sy mijaly ity, nefa teo anatrehan' ny Mpamonjy dia nisy tara-pahazavana iray nahagorobaka ny haizina somambisamby. Tafatsangana izy ka naniry mafy ho afaka amin' ny fifehezan' i Satana; nanohitra ny herin' i Kristy anefa ny demonia. Rehefa niezaka ilay lehilahy hiantso vonjy tamin' i Jesosy, dia nasian' ny fanahy ratsy teny tao am-bavany ka niantsoantso izy tao amin' ny ady mihatra aman' aina sy mahatahotra natrehiny. Nisy nahatsapan' ilay demoniaka fa teo anatrehan' Ilay mahay manafaka azy izy ; nefa rehefa niezaka ho tonga eo amin' izay hahatraran' ilay tana-mahery azy izy, dia nisy tanana hafa nitana azy, ary teny hafa tsy araka izay tao an-tsainy no nivoaka avy teo aminy. Nahatsiravina ny ady nifanaovan' ny herin' i Satana sy ny fanirian' ny tenany ho afaka. {IFM 259.3}

Ilay efa naharesy an' i Satana tany an-efitry ny fakam-panahy no indro mifanatrika indray tamin' ny fahavalony. Nampiasa ny heriny rehetra ilay demonia hitana ao ambany fifehezany ilay hazany. Ny mitsoak' ady eto dia fanomezana ny fandresena an' i Jesosy. Toa tsy maintsy ho afak' aina mihitsy ilay olona mijaly mafy teo amin' ny ady natao tamin' ilay fahavalo izay efa nahatonga fahasimbana teo amin' ny maha-olona azy. Niteny tamim-pahefana anefa ny Mpamonjy ka nahafaka ny babo. Nijoro teo anoloan' ny vahoaka nitolagaga ilay lehilahy nisy demonia teo aloha, sambatra noho ny fahafahany teo amin' ny fahazoany mifehy ny tenany. Na dia ny demonia aza dia vavolombelon' ny herin' Andriamanitra niseho tao amin' ny Mpamonjy. {IFM 259.4}

Nidera an' Andriamanitra noho ny fanafahana azy ilay lehilahy. Ilay maso izay

nandefa taratry ny hadalana fahiny izao, dia nanjary mamirapiratry ny saina hendry, ary diboky ny ranomasom-pankasitrahana. Sina noho ny hagagana ny vahoaka. Raha vantany vao afaka niteny izy, dia niloa-bava samy nifampilaza hoe : «Manao ahoana re izao ? Fampianarana vaovao misy fahefana izao ! fa ny fanahy maloto aza dia didiany, ka manaiky Azy». {IFM 260.1}

Ny toetra miafina nananan' ity lehilahy ity ihany no anton' izao fahoriana izao izay nahatonga azy ho mahatahotra ny sakaizany ny mijery azy sy enta-mavesatra ho an' ny tenany. Nambabo ny fony ny fahafinaretan' ny fahotana, ary nihevitra ny hanao ny fiainany ho lanonam-be tsy miato izy. Tsy mba nonofinofisiny izany ho tonga fampitahorana an' izao tontolo izao sy henatra ho an' ny fianakaviany izany. Nihevitra izy fa azony atao ny mandany ny androny amin' ny hadalana tsy mahadiso. Nefa raha vantany vao nitsontsorika ny diany, dia vetivety dia nidina ny tongony. Nanimba ireo toetra mendrika voajanahary tao aminy ny tsy fahalalana onony sy ny toetra maivamaivana, koa dia lasan-ko babon' i Satana tanteraka izy. {IFM 260.2}

Diso aoriana loatra ny nenina. Rehefa te-hanao sorona ny harenany sy ny fahafinaretana izy mba hahazoany indray ny mahaolona azy éfa veriny, dia efa nanjary malemy teo ambanin' ny vahoan' ilay ratsy izy. Nametraka ny tenany teo amin' ny tanin' ny fahavalo izy, ka noraisin' i Satana ho fananany ny fahaizany rehetra. Efa nitaona azy tamin' ny fisehoan-javatra maro mahasondriana ilay mpaka fanahy ; nefa raha vantany vao teo ambanin' ny fahefany ilay olona mahantra, dia nanjary tsy nitsahatra ny fahasiahan' ny demonia, ary nahatsiravina ny fitsidihany feno fahatezerana. Ho tahaka izany koa amin' izay rehetra milefitra amin' ny ratsy ; ny fahafinaretana mambabo ny fo amin' ny dingana voalohany, dia miafara amin' ny haizin' ny famoizam-po, na amin' ny fahadalan' ny fanahy efa simba. {IFM 260.3}

Ilay fanahy ratsy izay naka fanahy an' i Kristy tany an-efitra sy izay niditra tao amin' ilay demoniaka tany Kapernaomy ihany no nifehy ireo Jiosy tsy nino. Tamin' izao anefa dia endriky ny fitiavambavaka no nentiny ; niezaka izy hamitaka azy mba hahitany antony hitsipahany ny Mpamonjy. Tsy nisy fanantenana noho ny an' ilay demoniaka ny toerana nisy azy ; satria tsy nahatsapa intsony teo aminy ny filany an' i Kristy izy, ka noho izany dia voatana mafy tao ambanin' ny fahefan' i Satana. {IFM 261.1}

Ny vanim-potoana nanaovan' i Kristy fanompoana teo amin' ny olona dia fotoana niasan' ny herin' ny fanjakan' ny maizina be indrindra. Nandritra ny taona maro Satana sy ny anjely ratsy no nitady hifehy ny tena sy ny fanahin' ny olona, ka hitondra fahotana sy fahoriana eo aminy ; ary amin' izay dia hazerany amin' Andriamanitra ny antony nahatonga ireny. Jesosy no naneho tamin' ny olona ny toetra amam-panahin' Andriamanitra. Nanorotoro ny herin' i Satana Izy, ka nahafaka ny babony. Fiainana vaovao sy fitiavana ary hery avy any an-danitra no nampihetsika ny fon' ny olona, ka voatery nitsangana ilay andrianan' ny ratsy hiaro ny fiandrianany eo amin' ny fanjakany.

Navondron' i Satana ny heriny rehetra, ka isaka ny indray mandingana dia nanohitra ny asan' i Kristy izy. {IFM 261.2}

Ho toy izany koa amin' ny ady lehibe farany hifanatrehan' ny fahamarinana sy ny fahotana. Raha midina avy any ambony ny aina vaovao sy ny fahazavana ary ny hery ho eo amin' ny mpianatr' i Kristy, dia misy koa hery mipoitra avy any ambany, izay mampahery ny anjelin' i Satana. Tratran' ny fitomboana tafahoatra ireo tsirairay hita eo amin' ny zavaboary. Hafetsena azony noho ny ady nandritra ny taonjato maro no iasan' ny andrianan' ny ratsy ka hanovany ny endriny. Miseho mitafy toy ny anjelin' ny mazava izy, ka marobe no «manaiky fanahy mamitaka sy fampianaran' ny demonia»2 {IFM 261.3}

Tamin' ny andron' i Kristy dia tsy nanan-kery hanoherana ny asan' i Satana ny mpitarika sy ny mpampianatra teo amin' ny Isiraely. Nataony an-tsirambina ny hany hery azony hijoroana hanohitra ny fanahy ratsy. Tamin' ny. alalan' ny Tenin' Andriamanitra no naharesen' i Kristy ilay ratsy. Nilaza ny tenany ho mpamelabelatra ny tenin' Andriamanitra ireo mpitarika teo amin' ny Isiraely, nefa nianarany izany mba hanohanany ny lovan-tsofiny sy hanamafy orina ireo didididy nataon' olombelona. Amin' ny fanazavana ataony dia mamorona fihetseham-po izay tsy nananan' Andriamanitra na oviana na oviana izy. Ny hevi-dalina arafidrafiny eo dia mifonofono zava-miafina ary mampanjavozavo izay efa naschon' Andriamanitra mazava tsara. Niady hevitra mikasika ny fomban-javatra tsy dia misy heviny loatra izy, nefa raha ny tena izy dia mandà ireo fahamarinana lehibe indrindra izy ireo. Tamin' izany no namafazana betsaka ny tsy finoana an' Andriamanitra. Norobaina ny herin' ny tenin' Andriamanitra, ary miasa manao ny sitrapony ireo fanahy ratsy. {IFM 261.4}

Miverina ny tantara. Maro ireo mpitondra fivavahana amin' izao androntsika izao no manokatra ny Baiboly eo anatrehany, ary milaza fa feno fanajana ny fampianarany, nefa mandrava ny finoana amin' ny maha-tenin' Andriamanitra azy. Sahirana dia sahirana izy mandrasarasa ny teny, ary mametraka ny hevitry ny tenany ambonin' ny fanambarana tsotra ataon' ny Soratra Masina. Eo am-pelatanan' izy ireo dia very ny hery manavao ao amin' ny Tenin' Andriamanitra. Izany no mahatonga ny tsy finoana ny fisian' Andriamanitra hiroborobo fatratra ary hihabetsahan' ny faharatsiana. {IFM 262.1}

Rehefa voafongotr' i Satana ny finoana ny Baiboly, dia tarihiny ho eo amin' ny loharanom-pahazavana sy hery hafa ny olona. Amin' izany dia ny tenany no asosony. Ireo izay miala amin' ny fampianarana tsotran' ny Soratra Masina sy ny hery afaka hampiaiky ao amin' ny Fanahin' Andriamanitra, dia miantso ny fifehezan' ny demonia azy. Ny fanakianana sy ny fanombatombanana diso momba ny Soratra Masina dia mampidanadana lalana ho an' ny fivavahana amin' ny maty sy ny fivavahana manandratra ny tena ho Andriamanitra - izay endrika ankehitriny isehoan' ny fivavahana amin' ny sampy fahiny - ka nahazo vahana na dia eo amin' ireo fiangonana misora-tena

ho fiangonan' i Jesosy Kristy Tompontsika aza. {IFM 262.2}

Miara-dalana amin' ny fitoriana ny filazantsara dia misy mpiasa izay miasa koa, nefa tsy inona fa mpanelanelana amin' ny fanahy mandainga. Betsaka ny olona misangisangy ireny noho ny fitiavankahalala zavatra fotsiny, nefa eo am-pahitana ny asa mihoatra ny herin' ny olombelona dia voafitaka, mandra-pahatongan' ny sitrapony ho voafehin' ny sitrapo mahery noho ny azy. Tsy afaka mandositra izany hery mifono zava-miafina izany izy. {IFM 262.3}

Mirarakompana ireo fiarovan' ny fanahy. Tsy manana fefy hisakanana ny fahotana izy. Rehefa lavina indray mandeha ireo fifehezan' ny Tenin' Andriamanitra sy ny Fanahiny, dia tsy fantatry ny olona ny halalin' ny fahalavoana mety hilentehany. Ny fahotana miafina na ny filàna manjaka iray dia mety hitana azy ho babo tsy manan-kery toy ilay demoniaka tany Kapernaomy. Nefa ny fisehoan-javatra iray toy izany dia tsy hoe tsy misy fanantenana tsy akory. {IFM 263.1}

Ny fomba hahazoantsika mandresy ilay ratsy dia ireo fomba nentin' i Kristy : ny herin' ny Tenin' Andriamanitra. Tsy mifehy ny saintsika Andriamanitra raha tsy manaiky isika; nefa raha irintsika ny hahalala sy hanao ny sitrapony, dia ho antsika ny teny fikasana «ka ho fantatrareo ny marina ary ny marina hahafaka anareo tsy ho andevo». «Raha misy olona ta-hanao ny sitrapony dia hahalala ny amin' ny fampianarana izy»3 Noho ny finoana ireo teny fikasana ireo, dia mety ho afaka amin' ny fandriky ny fahadisoan-kevitra sy ny fanapahan' ny fahotana ny olona tsirairay. Mahazo mifidy malalaka izay hery tiany hanjaka aminy ny olona tsirairay. Tsy misy lavo ambany loatra, tsy misy ratsy loatra, ka tsy hahita fahafahana ao amin' i Kristy. Rehefa nikasa hivavaka ilay demoniaka dia tsy nisy afa-tsy ny tenin' i Satana ihany no notononiny, nefa re ilay antson' ny fo tsy niloaka. Tsy misy antso avy amin' ny fanahy sahirana iray, na dia tsy tafavoaka ho teny aza, ka tsy hohenoina. Izay hanaiky ny hiditra ao amin' ny fifanarahana amin' ny Andriamanitry ny lanitra dia tsy avela ho eo ambanin' ny herin' i Satana na eo amin' ny fahalemen' ny nofony. Miantso azy ny Mpamonjy hoe : «Aoka hifikitra amin' ny heriko kosa izy ka hihavana Amiko ; eny, aoka hihavana Amiko izy» 3 Ny fanahin' ny fahamaizinana dia hiady mba hihazona ny fanahy iray ao ambanin' ny fanapahany, fa ny anjelin' Andriamanitra kosa hampiasa ny hery mandresy hamonjy azy. Hoy Jehovah : «Azo alaina eny amin' ny mahery va ny sambotra ? na ho afaka va ny babo marina ? Nefa izao no lazain' i Jehovah : Na dia ny sambotry ny mahery aza dia halaina ihany, ary ho afaka ny babon' ny mpandroba; fa Izaho no hiady amin' izay miady aminao, ary Izaho no hamonjy ny zanakao»4 {IFM 263.2}

Raha mbola tsy nahateny noho ny.tahotra sy ny fanajana ny mpiangona tao amin' ny synagoga, dia niala Jesosy ka nankany an-tokantranon' i Petera hiala sasatra kely. Nisy rahona koa anefa tao. Narary ny rafozambavin' i Petera ka nandry, «azon ' ny tazo mafy». Notenenin' i Jesosy ny aretina ka nitsangana ny marary ary nanompo ny Tompo

sy ny mpianany. {IFM 263.3}

Niparitaka haingana nanerana an' i Kapernaomy ny vaovao mahafaly momba ny asan' i Kristy. Tsy sahy nanatona hositranina tamin' ny Sabata ny olona noho ny fahatahorany ny raby ; nefa raha vantany vao nilentika teny amin' ny faravodilanitra ny masoandro dia nisy fihetsiketsehana be. Avy tany amin' ny tokantrano, avy tany amin' ny toeram-pivarotana, avy teny an-tsena ny mponin' ny tanàna nidodododo ho any amin' ilay trano tsotsotra nialofan' i Jesosy. Nentina tamin' ny fandriana ny marary, nisy nitondra tehina na notohanan' ny sakaizany, nijaikojaiko moramora sady nangozohozo ho eo anatrehan' ny Mpamonjy. {IFM 264.1}

Nifamoivoy teo Aminy isan' ora isan' ora ireo ; tsy misy mahalala mantsy raha mbola ho eo aminy ihany Ilay Mpanasitrana ny ampitso. Tsy mbola nahita toe-javatra toy izao mihitsy Kapernaomy hatramin' izay. Feno hiram-pandresena sy antsoantsom-pahafahana ny habakabaka. Ravoravo ny Mpamonjy noho ny fifaliana nafafiny manodidina Azy. Raha nahita maso ny fahorian' ireo izay nanatona Azy Izy, dia onena ny fony, ary naharavo Azy ny nahazoany namerina ny fahasalamana sy ny fahasambarana ho azy ireo. {IFM 264.2}

Tsy najanon' i Jesosy ny asany raha tsy sitrana ny marary rehetra. Efa alimbe vao lasa ny vahoaka ary nanjaka tao an-tokantranon' i Simona ny fahanginana. Lasa ilay andro lava nahatrotraka ka nitady fialan-tsasatra Jesosy. Raha mbola renoky ny torimaso ny tanàna dia «nifoha maraina alina koa ny Mpamonjy, dia nivoaka nankany an-tany foana ka nivavaka tany». {IFM 264.3}

Toy izany no nandanian' i Jesosy ny andronу tamin' ny fiainany teto an-tany. Matetika no nalefany hamangy ny tokantranony sy hiala sasatra ny mpianatra; fa notoheriny tamim-pitiavana kosa ny fiezahan' izy ireo hisarika Azy hiala amin' ny asa nataony. Niasa mafy Izy nandritra ny andro, nampianatra ny kely fahalalana, nanasitrana ny marary, nampahiratra ny jamba, ary namahana ny vahoaka; ary amin' ny hariva na amin' ny maraina be, dia lasa mankany an-tendrombohitra Izy, toy ny fanao any amin' ny fitoerana masina, hitady firaisana amin' ny Rainy. Matetika Izy no nandany ny alina manontolo tamin' ny fivavahana sy ny fandinihana lalina ka niverina rehefa niposaka ny masoandro, mba hanao ny asany eo amin' ny vahoaka. Raha vao maraina koa, dia nankeo amin' i Jesosy Petera sy ny namany nilaza fa efa nitady Azy sahady ny vahoakan' i Kapernaomy. Nangidy ny fahadisoam-panantenan' ny mpianatra tamin' ny fomba nandraisana an' i Kristy hatramin' izao. Nitady izay hamonoana Azy ho faty ireo manam-pahefana tany Jerosalema ; na dia ny iray tanàna Aminy aza dia nitady handatsaka ny ainy ; fa tao Kapernaomy kosa dia noraisina tamim-pifaliana sy tamin-kafanam-po Izy, ka nitsiry indray ny fanantenan' ny mpianatra. Mety ao amin' ireo Galiliana tia fahafahana ireo no ahitana ny mpanohana ny fanjakana vaovao. Nefa gaga ny mpianatra nandre ny tenin' i Kristy hoe : «Tsy maintsy mitory ny teny soa mahafaly ny amin' ny

fanjakan' Andriamanitra any amin' ny tanàna hafa koa Aho, satria izany no nanirahana Ahy» {IFM 264.4}

Tao anivon' ny fihetsiketsehana nanenika an' i Kapernaomy tamin' izay dia nisy loza nananontanona mety hahavery tsy ho eo imaso ny anton' ny asa nanirahana an' i Kristy. Tsy nahafa-po an' i Jesosy ny nanintona ny saina tamin' ny tenany fotsiny amin' ny maha-mpanao fahagagana na mpanasitrana ny aretina ara-nofo Azy. Niezaka ny hitarika ny olona ho eo Aminy Izy amin' ny mahaMpamonjy Azy. Raha nafana fo ny olona, hino fa tonga amin' ny maha-Mpanjaka Azy Izy, hanorina fanjakana ara-nofo, dia niriny ny hanodina ny sainy hiala amin' ny ara-nofo ho eo amin' ny ara-panahy. Mety hanakana ny asany ny fahombiazana araka izao tontolo izao fotsiny. {IFM 265.1}

Nanorisory ny sain' i Jesosy koa ny fitalanjonan' ny vahoaka tsy miraika. Tsy nisy fizahozahoana mihitsy nifangaro tamin' ny fiainany. Zavatra tsy fantatry ny Zanak' olona izany voninahitra omen' izao tontolo izao ny toerana ambony, na ny harena, na ny talenta. Tsy nisy nampiasain' i Jesosy ireo fomba fanaon' ny olombelona hitarihana ny olona hankatò sy hanaja ary hanaiky ny hevitra asehony. An-jatony taona talohan' ny nahaterahany dia izao no voalazan' ny faminaniana momba Azy : «Tsy hiantsoantso Izy, na hanandratra ny feony, na hanao izay handrenesana ny feony any an-dàlana. Tsy hotapahiny ny volotara torotoro, ary tsy hovonoiny ny lahin-jiro manetona; hamoaka izay tena rariny tokoa Izy, Tsy ho reraka na ho kivy Izy, mandra-panoriny ny rariny amin' ny tany»5 {IFM 265.2}

Nitady hanava-tena ny Fariseo tamin' ny fanarahany ny fanompoam-pivavahana amin' ny antsipiriany sy ny Fisehosehoany tao amin' ny fivavahany sy ny asa soa nataony. Nasehony ny hafanam-pony ho amin' ny fivavahana tamin' ny fanaovany izany ho lohateny iadian-kevitra. Nahery vaika sy naharitra ny adi-hevitra tamin' ireo antoko mifanohitra, ary zava-nahazatra ny nandre teny amin' ny arabe, feo tezitry ny adi-hevitra teo amin' ireo mpahay lalàna ngezalahy. {IFM 265.3}

Nifanohitra tanteraka tamin' izany rehetra izany ny fiainan' i Jesosy. Tsy mba nisy tabataba sy fifandirana, tsy nisy fivavahana nisehoseho, tsy nisy fihetsika natao ahazoan-dera hita mihitsy teo Aminy. Niafina tao amin' Andriamanitra Kristy, ary Andriamanitra dia naseho tao amin' ny toe-panahin' ny Zanany. Io fanambarana io no tian' i Jesosy hitarihana ny sain' ny vahoaka sy homena ny voninahitra entiny. {IFM 266.1}

Tsy miparasaka amin' izao tontolo izao eo amin' ny famirapiratany ny Masoandron' ny Fahamarinana mba hahajambena ny maso noho ny voninahiny. Izao no voasoratra momba an' i Kristy : «Mahatoky toy ny maraina ny fiposahany»6. Amin' ny fomba mangina sy moramora no ahatongavan' ny fahazavan' ny andro eo amin' ny tany, ka mampisava ny aloky ny haizina ary mamoha an' izao tontolo izao ho eo amin' ny

fiainana. Toy izany koa no fiposahan' ny Masoandron' ny Fahamarinana, «manana fanasitranana eo amin' ny tanany»7 {IFM 266.2}

## Toko 27—Mahay manadio ahy Hianao

Ny habokana no aretina mahatsiravina indrindra tamin' izay rehetra fantatra tany atsinanana. Tsy azo nositranina sady nifindra izany, ary nameno tahotra ny be herim-po indrindra ny vokany mahatsiravina teo amin' izay voany. Teo amin' ny Jiosy dia noheverina ho fitsarana noho ny fahotana izany ary noho izany dia nantsoina hoe «kapoka» na «rantsan-tanan' Andriamanitra. Lalim-paka, tsy voahongotra sady mahafaty izy ka noheverina ho tandindon' ny fahafatesana. Ny lalàna teo amin' ny fanompoampivavahana, dia nilaza ny boka ho maloto. Tahaka ny olona efa maty izy, ka nosakanana tsy hiditra ny trano itoeran' ny olona. Naloto izay rehetra nokasihiny. Voaloton' ny fofon' ainy ny rivotra. Ny olona izay nahiana ho voan' ny aretina dia tsy maintsy niseho teo amin' ny mpisorona izay nandinika sy nanao fanapahan-kevitra ny momba azy. Raha nolazaina fa boka izy, dia natokana tsy ho eo amin' ny fianakaviana, nosarihiny tamin' ny fiangonan' Isiraely, ary nohelohina tsy hiaraka afa tsy amin' ireo izay tra-pahoriana tahaka azy. Tsy azo nalefitra ny fitakian' ny lalàna. Tsy afaka tamin' izany na ny mpanjaka na ny mpanapaka. Nisy mpanjaka iray voan' io aretina mahatsiravina io, ka tsy maintsy nametraka ny tehimpanjakana ary nandositra ny tany ama-monina. {IFM 267.1}

Lavitry ny sakaizany sy ny havany no tsy maintsy itondran' ny boka ny ozona avy amin' ny aretiny. Voatery nanambara ampahibemaso ny antambo nanjo azy izy, mandrovitra ny fitafiany ary mampaneno famantarana, mampitandrina ny olona rehetra mba handositra tsy hanatrika azy, fa mamindra aretina izy. Ny antsoantso hoe : «Maloto ! Maloto !» re avy tamin' ny feo malahelo tany an-tsesi-tany manirery, no fanambarana mahatahotra sy maharikoriko. Tao amin' ny faritra niasan' i Kristy dia nisy maro tamin' ireny olona nijaly ireny, ary nahatratra azy ireo ny vaovao momba ny asany ka namelona tselatry ny fanantenana tao aminy. Nefa hatramin' ny andron' i Elia mpaminany, dia tsy mbola nisy mihitsy zavatra toy izany fantatra, dia ny fanadiovana olona izay tratry ny aretina efa nihombo. Tsy sahy namantana teo amin' i Jesosy izy hiangavy Azy hanao izay tsy mbola natao mihitsy ho an' olona. Nisy anankiray, na dia izany aza, izay nanana finoana nitsiry tao am-pony. Tsy fantatr' io olona io anefa izay fomba hahatrarany an' i Jesosy. Norarana tsy hifandray amin' ny mpiara-belona aminy izy, koa ataony ahoana no fiseho eo amin' Ilay Mpanasitrana ? Nanontany koa izy raha te-hanasitrana azy Kristy. Hijanona ve Izy ka hijery olona iray izay ninoana fa teo ambanin' ny fitsaran' Andriamanitra ? Tsy hanao tahaka ny Fariseo ve Izy, ary na dia tahaka ireo mpitsabo aza, ka hanozona azy, ary hibaiko azy handositra ny toerana falehan' ny olona. Noeritreretiny izay rehetra nolazaina momba an' i Jesosy. Tsy nisy na dia iray aza nitady fanampiana avy Aminy ka nolaviny. Tapa-kevitra ilay lehilahy mahantra fa hitady ny Mpamonjy. Na dia voasakana tsy ho any amin' ny tanàn-dehibe aza izy, dia afaka mandray lalana manapaka na eny amin' ny sisin-dalana na koa any an-tendrombohitra. Any no mety

hahitany Azy rehefa mampianatra any ivelan' ny tanàna Izy. Lehibe ny zava-tsarotra nibahana teo anatrehany, nefa io no hany fanantenana ho azy. {IFM 267.2}

Dia tonga teo amin' ny Mpamonjy ilay boka. Mampianatra eo amoron' ny farihy Jesosy ary manodidina Azy ny vahoaka. Nijoro tery lavidavitra aloha ilay boka nisambotra ny teny avy eo amin' ny molotry ny Mpamonjy. Hitany Izy nametra-tanana tamin' ny marary. Hitany ny mandringa, ny jamba, ny voan' ny paralysisa, sy ireo efa niala aina aza noho ny aretina samihafa, mitsangana salama, midera an' Andriamanitra noho ny fahafahana azony. Nihanahery ny finoana tao am-pony. Nanatona akaikikaiky kokoa izy ary nanakaiky ireo vahoaka nitangorona. Hadinony ny fandrarana natao taminy, ho fiarovana ny vahoaka, tsy nahoany ny tahotr' izay rehetra nijery azy. Tsy nihevitra afa-tsy ny fanantenana mahafinaritra ny ho sitrana izy. {IFM 268.1}

Maharikoriko ny fijery azy. Efa nandoaka ny nofony tamin' ny fomba nahatahotra ny aretina ary mahatsiravina ny fijery ny tenany efa mihalò. Raha nahita azy ny olona dia nihemotra noho ny horohoro. Nifanitsakitsaka izy ireo noho ny fahamaizany handositra tsy hifampikasoka aminy. Nisy aza niezaka ny hanakana azy tsy hanatona an' i Jesosy, nefa tsy nisy hevitra. Sady tsy hitany izany no tsy reny akory. Tsy nanan-kery taminy ny fisehoan' ny rikoriko teo amin' ny endrik' izy ireo. Ny Zanak' Andriamanitra ihany no tazany. Ny feony ihany izay milaza fiainana amin' izay ho faty no reny. Nihazakazaka teo amin' i Jesosy izy, dia niankohoka teo an-tongony sady niantsoantso hoe : «Tompoko, raha mety Ianao dia mahay manadio ahy». {IFM 268.2}

Namaly Jesosy hoe : «Mety Aho ; madiova Ianao», dia nametraka ny tanany taminy Izy. {IFM 269.1}

Avy hatrany dia nisy fiovana nanerana ny tenan' ilay boka. Nanjary salama izy, nitambelona ny hozatra, vory ny nofony. Afaka ilay hoditra maraorao sy marokoroko vokatry ny habokana, ka hoditra velon-drà, malefaka tahaka ny an' ny zazakely salama, no nisolo toerana izany. {IFM 269.2}

Nohafatrafaran' i Jesosy ralehilahy tsy hampahafantatra ny asa vao notanterahana teo aminy, fa nasainy nandeha avy hatrany hiseho any amin' ny tempoly nitondra; fanatitra izy. Ny fanatitra toy izany dia tsy azo nekena raha tsy efa nandinika azy ny mpisorona ka nanambara fa afaka tanteraka tamin' ny aretina ralehilahy. Na dia tsy tian' ny mpisorona aza ny hanao io asa fanompoana io, dia tsy azony ialana ny fandinihana sy ny fanapahan-kevitra momba izany. {IFM 269.3}

Ny tenin' ny Soratra Masina dia mampiseho ny fahamaizan' i Kristy tamin' Izy nametra azy ny amin' ny tsy maintsy hanginany sy hialany haingana. «Ary namepetra azy mafy Jesosy, dia nampandeha azy niaraka tamin' izay ka nanao taminy hoe :Tandremo tsara mba tsy hisy holazainao na amin' iza na amin' iza; fa mandehana miseho amin' ny mpisorona ka manatera ny fanadiovana anao, izay nandidian' i Mosesy ho

vavolombelona amin' ireo». Raha fantatry ny mpisorona ny zavatra momba ny fanasitranana ilay boka, dia ho nitarika azy hanao fitsarana tsy marina ny fankahalany an' i Kristy izany. Tian' i Jesosy ny hisehoany eo amin' ny tempoly alohan' ny hahatongavan' ny feo momba ny fahagagana any amin' ny mpisorona. Amin' izay dia mety ho azo antoka ny fanapahan-kevitra tsy misy fiangarana ka havela hiverina indray eo amin' ny fianakaviany sy ny sakaizany ilay boka sitrana. {IFM 269.4}

Nisy zavatra hafa koa notsinjovin' i Jesosy tamin' Izy namepetra an-dralehilahy hangina. Fantatry ny Mpamonjy fa nitady mandrakariva izay hamerana ny asany ny fahavalony, ka hampiodina ny

olona tsy eo Aminy. Fantany fa nahoraka any ivelany ny nanasitranana ilay boka, dia hisy olona hafa mijaly noho io aretina mahatsiravina io hitangorona manodidina Azy, ka hiakatra ny antsoantso hilaza fa mety hifindrany ny olona mifampikasoka amin' izy ireo. Betsaka ireo boka no tsy hampiasa ny fanomezana fahasalamana ho azy ka hahatonga izany ho fitahiana ho an' ny tenany na ho an' ny hafa. Ary ny fisarihany ny boka hanodidina Azy, dia hanomezany fomba hahazoana miampanga Azy ho nandika ny fameperana ataon' ny lalàna momba ny fanompoam-pivavahana. Amin' izay dia hovoasakana ny asa fitoriana ny filazantsara. Nanamarina ny fampitandremana nataon' i Kristy ny toe-javatra nitranga. Vahoaka marobe no nanatri-maso ny nanasitranana ilay boka, ary nahamay azy ireo ny hahafantatra ny fanapahan-kevitry ny mpisorona. Rehefa niverina teo amin' ny sakaizany ralehilahy, dia nisy hotakotaka be ihany. Na dia teo aza ny fandrarana nataon' i Jesosy, dia tsy nitady hanafina ny maha-zava-misy ny fahasitranany intsony izy. Tsy azo atao rahateo intsony koa ny manafina izany, satria nambaran' ilay boka tany ivelany ihany. Noheveriny fa fanetrentenan' i Jesosy fotsiny no nahatonga Azy hamepetra azy, ka lasa izy nitory teny amin' ny manodidina ny amin' ny herin' Ilay Mpanasitrana lehibe. Tsy takatry ny sainy fa ny fisehoana rehetra tahaka izany, dia mahatonga ny mpisorona sy ny loholona ho tapakevitra hamono an' i Jesosy. Tsapan-dralehilahy sitrana, fa sarobidy indrindra ny fahasalamana natolotra azy. Niriaria teo amin' ny herin'. ny maha-lehiiahy lehibe azy izy, sy ny nahatafaverina azy teo amin' ny fianakaviany sy ny tany ama-monina, koa tsapany fa tsy azo atao ny manakana azy tsy hanome voninahitra Ilay Dokotera Izay nanasitrana azy. Nefa ny vokatry ny hafanam-pony miredareda nanaparitaka izany tany ivelany, dia nahatonga fanakanana ny asan' ny Mpamonjy. Nahatonga ny olona hanao andiany hanatona Azy ho vahoaka be dia be izany, hany ka nisy fotoana nahavoatery Azy hampijanona ny asany. {IFM 269.5}

Mahataka-davitra eo amin' ny fikasany ny asa tsirairay teo amin' ny fanompoana nataon' i Kristy. Mahafaoka mihoatra noho izay miseho eo amin' io asa io izany. Toy izany ny momba ilay boka. Nanompo izay rehetra nanatona Azy Jesosy, nefa niriny indrindra koa ny hitahy izay rehetra tsy nanatona. Rehefa nitarika ny mpamory hetra sy ny jentilisa ary ny Samaritana Izy, dia niriny koa raha niriny ny hahatratra ny mpisorona

sy ny mpampianatra izay voahidin' ny hevitra nibahana tao am-pony sy ny lovan-tsofina namatotra azy. Tsy nisy navelany tsy handramana ny fomba rehetra hahazoany mahatratra azy ireo. Ny nandefasany ilay boka sitrana tany amin' ny mpisorona, dia ny hanomezany azy ireo vavolombelona nokendrena hanala ny hevitra nibahana tao an-tsainy. {IFM 270.1}

Efa nanantitrantitra ny Fariseo fa nifanohitra tamin' ny lalàna nomen' Andriamanitra tamin' ny alalan' Mosesy ny fampianaran' i Kristy ; nasehon' i Kristy kosa fa diso io fiampangana io, tamin' ny nibaikoany ilay boka voadio hitondra fanatitra araka ny lalàna. Ampy izany vavolombelona izany ho an' izay rehetra te-ho resy lahatra. {IFM 271.1}

Efa naniraka mpitsikilo ireo mpitarika tany Jerosalema mba hitady anton-javatra hamonoana an' i Kristy. Novaliany izany tamin' ny nanomezany azy porofo mazava ny amin' ny fitiavany ny taranak' olombelona. ny amin' ny fanajany ny lalàna, sy amin' ny heriny hanafaka amin' ny fahotana sy ny fahafatesana. Toy izao ny teny vavolombelona nataony momba azy ireo : «Ny soa nataoko novaliany fankahalana» 1. Ilay nanome ny didy tao an-tendrombohitra nanao hoe:«Tiava ny fahavalonao», dia Izy mihitsy no nanome ohatra ny amin' io foto-kevitra io ka «tsy namaly ratsy ny ratsy, na fanaratsiana ny fanaratsiana, fa nisaotra kosa» 2 {IFM 271.2}

Ireo mpisorona izay nanameioka ilay boka nitoka-monina ihany no nanamarina ny fahasitranany. Io didy io, izay navoaka ampahibemaso sy nosoratana teo amin' ny boky. dia nijoro ho vavolombelona ho an' i Kristy. Koa raha naverina indray ho ao amin' ny fiangonan' Isiraely ralehilahy sitrana, noho ny fahazoan' ny mpisorona antoka tanteraka fa tsy misy pentin' ny aretina intsony teo aminy, dia ralehilahy io mihitsy no vavolombelona velona ho an' Ilay nanasoa azy. Tamim-pifaliana no nanolorany ny fanatitra nentiny, sy nankalazany ny anaran' i Jesosy. Resy lahatra ny mpisorona ny amin' ny herin' Andriamanitra teo amin' ny Mpamonjy. Nomena fotoana mety izy hahafantatra ny fahamarinana sy ny handray tombontsoa ny amin' ny fahazavana. Raha laviny izany, dia ho lasa ka tsy hiverina intsony. Betsaka no nitsipaka ny fahazavana ; tsy very maina anefa ny nanomezana izany : betsaka ny fo voahetsika izay nisy fotoana tsy nanehoany izany. Nandritra ny fiainan' ny Mpamonjy, dia toa valintenim-pitiavana vitsy no azony avy tamin' ny mpisorona sy ny mpampianatra teo amin' ny asa nanirahana Azy ;nefa taorian' ny niakarany tany an-danitra, dia «maro be ny mpisorona nanaiky ny finoana» 3. {IFM 271.3}

Ny asa nataon' i Kristy tamin' ny nanadiovany ilay boka ho afaka amin' ny aretiny mahatsiravina, no enti-manazava ny asany eo amin' ny fanadiovana ny fanahy amin' ny fahotana. «Heniky ny habokana» ilay lehilahy nanatona an' i Jesosy. Nanenika ny tenany manontolo ny poizina mahafaty. Niezaka ny mpianatra hanakana ny Tompony tsy hikasika azy ;izay mikasika boka mantsy dia manjary maloto koa. Fa raha nametraka ny tanany teo amin' ilay boka Jesosy, dia tsy nifindran' ny fahalotoana. Mizara hery

mitondra aina ny fikasihany. Voadio ny habokana. Toy izany koa amin' ny habokan' ny fahotana, — lalim-paka, mahafaty ary tsy sitran' ny herin' olombelona. «Henika aretina avokoa ny loha rehetra, ary marary ny fo rehetra. Hatramin' ny faladia ka hatramin' ny loha, dia tsy misy izay tsy marary, fa ratra sy dian-kapoka ary fery vao» 4 Fa Jesosy kosa tonga niaina teo amin' ny maha-olombelona, dia tsy mandray loto. Manana hery mahasitrana ny mpanota ny fanatrehany. Na iza na iza miankohoka eo amin' ny tongony ka miteny amin' ny finoana hoe:«Tompoko ò, raha mety Ianao, dia mahay manadio ahy», dia handre valinteny hoe:«Mety Aho, madiova ianao». {IFM 272.1}

Tamin' ny fitsaboana sasany nataony, dia tsy namaly avy hatrany ny fitahiana notadiaviny Jesosy. Fa tamin' ity boka ity kosa, raha vantany vao nangataka izy, dia voavaly. Rehefa mivavaka isika ka mangataka fitahiana ara-nofo, dia mety hitaredretra ny valin' ny fivavahantsika, na mety hanome antsika zavatra hafa noho izay angatahintsika Andriamanitra, fa tsy mba toy izany kosa rehefa mangataka fahafahana amin' ny fahotana isika. Sitrapony ny hanadio antsika amin' ny fahotana, ny hanao antsika ho zanany, sy ny hahatonga antsika ho afaka hiaina amin' ny fiainana masina. «Nanolotra ny tenany noho ny fahotantsika Kristy», «fanafahana antsika amin' izao miara-belona ratsy fanahy izao, araka ny sitrapon' Andriamanitra Raintsika». «Ary izao no fahasahiana ananantsika eo anatrehany : Raha mangataka zavatra araka ny sitrapony isika dia mihaino antsika Izy ary raha fantatsika fa mihaino antsika Izy, na inona na inona no angatahintsika, dia fantatsika fa azontsika izay angatahintsika aminy» 5 «Raha miaiky ny fahotantsika isika dia matoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin' ny tsy fahamarinana rehetra»5. {IFM 272.2}

Nampianarin' i Kristy indray io fahamarinana io tamin' ny nanasitranany ilay mararin' ny paralysisa tany Kapernaomy. Mba hanehoany ny fahefany hamela heloka no nanaovany ilay fahagagana. Ary ho enti-manazava fahamarinana sarobidy hafa koa ny nanasitranana ilay mararin' ny paralysisa. Feno fampanantenana sy fanpaherezana io fanasitranana io, ary ny fifandraisan' izany amin' ny Fariseo nanana fihevitra diso, dia mirakitra lesona sy fampitandremana koa. {IFM 273.1}

Tahaka ilay boka, dia efa very avokoa ny fanantenan' ity mararin' ny paralysisa ity ho sitrana. Vokatry ny fiainam-pahotana ny aretiny, ary vao mainka nampangidy ny fahoriany ny nenina. Efa ela talohan' izao no nanatonany ny Fariseo sy ny dokotera, nanantena ny hahazo fanamaivanana amin' ny fahoriana ara-tsaina sy ny fangirifiriana ara-nofo nahazo azy. Tamin' ny fomba mangatsiaka anefa no nanambaran' ireo fa tsy mety ho sitrana izy, ka navelany hiharan' ny fahatezeran' Andriamanitra. Noraisin' ny Fariseo ho porofo mazava ny amin' ny tsy fankasitrahan' Andriamanitra ny fahoriana, koa nihatakataka lavitry ny marary sy ny sahirana izy. Matetika anefa ireo nanandra-tena ho masina ireo indrindra no meloka noho ny mijaly izay nomelohiny. {IFM 273.2}

Tsy nanan-kery mihitsy ilay mararin' ny paralysisa, ary rehefa tsy hitany izay

hanantenany fanampiana na avy taiza na avy taiza, dia rendrika tao amin' ny famoizampo izy. Reny anefa ny asa mahagaga nataon' i Jesosy. Nolazaina taminy fa sitrana ny hafa, dia mpanota sy tsy nanan-kery tahaka azy ; na dia ny boka aza voadio. Ary ireo sakaizany izay nitatitra izany zavatra izany, dia nampirisika azy hino fa mety ho sitrana koa izy raha entina eo amin' i Jesosy. Nihena anefa ny fanantenany rehefa nahatsiaro ny antony nahatonga ny aretina teo aminy izy. Natahotra izy sao tsy ho tantin' Ilay Mpitsabo madio ny fanatrehany. {IFM 273.3}

Nefa tsy ny famerenana ny fahasalamana ara-nofo no niriny mihoatra noho ny fanamaivanana azy tamin' ny enta-mavesatry ny fahotana. Raha mba mahita an' i Jesosy izy ka mandray ny toky fa ho voavela heloka, sy ho vita fihavanana amin' Andriamanitra. dia hahafaly azy izany, na ho velona izy na ho faty araka ny sitrapon' Andriamanitra. Izao no antsoantson' ilay lehilahy efa teo ambavahoana : Raha mba tonga eo anatrehany aho ! Tsy misy fotoana azo ariana foana ; efa miseho ny famantarana ny fahalovana teo amin' ny nofony simba. Niangavy ny sakaizany izy hitondra azy amin' ny fandriany ho eo amin' i Jesosy, ary nataon' izy ireo tamim-pifaliana izany. Nefa nifanizina loatra ny olona izay nivory tao anatin' ny trano nisy ny Mpamonjy sy nanodidina Azy, ka tsy azon' ilay marary sy ny sakaizany natao ny ho tonga teo Aminy, na dia ny nanatona handre ny feony aza. {IFM 273.4}

Nampianatra tao an-tranon' i Petera Jesosy. Araka ny fomba nahazatra Azy, dia nipetraka teo akaikiny nanodidina Azy ny mpianatra, ary «nipetraka teo koa ny Fariseo sasany sy ny mpampiana-dalàna, izay efa niala tamin' ny tanàna rehetra any Galilia sy Jodia ary tany Jerosalema». Hitsikilo no nahatongavan' ireo, nitady izay hiampangana an' 1 Jesosy. Afa-tsy ireo manampahefana ireo, dia nifanizina tao ny vahoaka marobe nifangaro, tao ny mafana fo, ny tia jerijery sy ny tsy mino. Nanana solontena tao ny firenena samihafa sy ny saranga rehetra teo amin' ny tany ama-monina. «Ary ny herin' ny Tompo dia tao aminy mba hahasitranany». Nanomba teo amin» ny fivoriana ny Fanahin' aina, nefa tsy tsapan' ny Fariseo sy ny mpampiana-dalàna ny fanatrehany. Tsy niriny ny hanana izany, ka dia tsy sitrana izy.«Ny noana novokisany soa ; fa ny manankarena nampialany maina» 6. {IFM 274.1}

Niverimberina ireo nitondra ilay mararin' ny paralysisa niezaka hanavatsava lalana tao anaty vahoaka, nefa tsy nisy vokany izany. Ady mihatra aman' aina tsy hay lazaina no nentin' ilay lehilahy marary nijery manodidina azy. Efa akaiky toy izao ilay fanampiana efa niriny ela, ka ataony ahoana no fandao ny fanantenany ? Araka ny hevitra naposany, dia nentin' ny sakaizany ho eny amin' ny tampon' ny trano izy, ary rehefa namahana ny tafo, dia nampidininy teo an-tongotr' i Jesosy izy. Tapaka ny lahateny. Nijery ilay endrika malahelo ny Mpamonjy ary hitany ireto maso mitalaho mifikitra Aminy. Fantany ny momba azy; Izy no nitarika ho eo Aminy ity fanahy very hevitra sy nisalasala ity. Raha mbola tany an-tranony ilay mararin' ny paralysisa, dia efa nitondra

faharesen-dahatra teo amin' ny feon' ny fieritreretany ny Mpamonjy. Rehefa nibebaka ny amin ny fahotany izy ka nino ny herin' i Jesosy hanasitrana azy, dia nitahy ny fony feno faniriana sahady ny famindrampo mitondra aina. Nitsinjo ny taratra mitsilopilopin' ny finoana Jesosy, ary hitany fa nihamatanjaka izany isaky ny fiezahany rehetra ho tonga eo anatrehany. {IFM 274.2}

Izao ary dia injao fa niteny toa feon-java-maneno tao amin' ny sofin' ilay mijaly ny Mpamonjy ka nanao hoe : «Matokia, anaka, voavela ny helokao». {IFM 275.1}

Nisinda niala tamin' ny fanahin' ilay marary ny enta-mavesatry ny famoizam-po, nirotsaka tao amin' ny fanahiny ny fiadanana avy amin' ny famelan keloka, ka namirapiratra teo amin' ny endriny. Lasa ny fangirifiriana ara-nofo, ary voaova ny tenany manontolo. Sitrana ilay paralysisa tsy nanan-kery ! Voavela ny nipanota meloka. {IFM 275.2}

Nekeny tamin' ny finoana tsotra ny tenin' i Jesosy izay nanolotra aina vaovao natao fanomezana ho azy. Tsy naniry zavatra hafa intsony izy, fa nitoetra teo tamim-panginana sady tretrika, sambatra loatra ka tsy afaka niteny. Nampamirapiratra ny endriny ny fahazavan' ny lanitra, ary feno tahotra sy fanajana ny vahoaka nanatrika izany. {IFM 275.3}

Nangitakitaka ny raby niandry ny hahita izay zavatra hataon' i Kristy momba io toe-javatra io. Tadidiny ny efa nangatahin' io lehilahy io fanampiana taminy, ary nolaviny ny hanome fanantenana azy na ny hiray fo taminy. Tsy afa-po tamin' izany izy, fa nambarany fa ny fanozonan' Andriamanitra noho ny fahotany no nampijaly azy. Niverina tao an-tsainy ireny zavatra ireny, rehefa hitany teo anatrehany ilay marary. Hitany ny fahalianan' ny rehetra hanaramaso ny zava-niseho, ary nahatsapa tahotra mafy izy sao very ny heriny hiasa mangina amin' ny vahoaka. {IFM 275.4}

Tsy nifampiteny ireo olo-manan-kaja ireo, ka rehefa nifampijery izy dia hitany teo amin' ny endriny avy ny eritreritra mitovy, fa nisy zavatra tsy maintsy hatao mba hampijanonana ny fisamontan' ny fihetseham-po. Nambaran' i Jesosy fa voavela ny helok' ilay mararin' ny paralysisa. Noraisin' ny Fariseo ho fitenenan-dratsy ireo teny ireo, ka noheveriny fa azony haseho ho fahotana mendrika ny fahafatesana izany. Hoy izy anakampony hoe : «Iza no mahavela heloka, afa-tsy Andriamanitra ihany ?» {IFM 275.5}

Nafantok' i Jesosy taminy ny Fijeriny ka niondrika izy ireo sady niala tamin' ny toerany, ary hoy Jesosy: «Nahoana ianareo no mieritreritra ao am-ponareo ? Iza moa no moramora kokoa, ny manao hoe va : Voavela ny helokao sa ny manao hoe : Mitsangana, ka mandchana, fa mba ho fantatrareo fa ny Zanak' olona manana fahefana etỳ ambonin' ny tany hamela heloka — dia hoy Izy, nitodika tamin' ilay mararin' ny paralysisa: «Mitsangana, dia betao ny fandrianao, ary modia any an-tranonao». {IFM 275.6}

Tamin' izay dia nitsangana tamin' ny tongony ilay nentina teo amin' i Jesosy tamin' ny filanjana, nitsipitsipika sy natanjaka tahaka ny tanora. Nitosaka nanerana ny lalandrany ny rà nanome aina. Niaina ny taova rehetra tao amin' ny tenany, ka nihetsika tampoka. Nisolo toerana ny hodi-tava hatsatry ny fahafatesana nanandindona azy ny hodi-tava mena nitory fahasalamana. «Dia nitsangana izy ka nibata ny fandriany niaraka tamin' izay ary niala teo anatrehan' ny olona rehetra ; dia talanjona izy rehetra ka nankalaza an' Andriamanitra nanao hoe:Tsy mbola nahita izay toy izao izahay». {IFM 276.1}

Endrey izany fitiavana mahagagan' i Kristy, manetry tena hanasitrana ny meloka sy ny trà-pahoriana ! Araka ny maha-Andriamanitra Azy dia nalahelo noho ny aretin' ny taranak' olombelona mijaly Izy ka mampitony izany ! Endrey ! izany hery mahagaga naseho tamin' ny zanaky ny olona ! Iza no afaka hisalasala ny amin' ny hafatry ny famonjena ? Iza no hanao tsinontsinona ny famindrampon' Ilay Mpanavotra feno fangorahana ? {IFM 276.2}

Tsy misy afa-tsy ny hery mamorona no afaka hamerina ny fahasalamana amin' ity tena mihalò ity. Ilay feo izay niteny fiainana tamin' ny olona ara-nofo noforoniny tamin' ny vovoky ny tany no niteny fiainana koa tamin' ilay mararin' ny paralysisa teo ambavahoana. Ilay «niteny, dia ary izany», Ilay «nandidy dia nitoetra mafy izany» 7, no niteny fiainana tamin' ilay fanahy matin' ny fahadisoana sy ny fahotana. Ny fanasitranana ny tena no porofon' ny hery izay efa nanavao ny fo. Nibaiko ilay mararin' ny paralysisa hitsangana sy handeha Kristy, «mba ho fantatrareo hoy Izy, fa ny Zanak' olona manana fahefana etỳ ambonin' ny tany hamela heloka». {IFM 276.3}

Nahita fanasitranana ho an' ny fanahy sy ny vatana tao amin' i Kristy ilay mararin' ny paralysisa. Narahin' ny fiverenan' ny arabatana amin' ny laoniny ny fanasitranana arapanahy. Tsy tokony hodian-tsy hita io lesona io. Ankehitriny dia misy an' arivony ny olona mijaly noho ny aretina ara-batana izay maniry mafy tahaka ilay mararin' ny paralysisa, handre ny hafatra manao hoe : «Voavela ny helokao». Ny enta-mavesatry ny fahotana, miaraka amin' ny faniriany tsy mety sasatra sy tsy mety afa-po, no fototry ny aretiny. Tsy mety mahita fanamaivanana izy raha tsy tonga eo amin' Ilay Mpanasitrana ny fanahy. Ny fiadanana izay Izy irery no afaka hanome izany, no omeny hery ho an' ny saina, sy fahasalamana ho an' ny tena. {IFM 276.4}

Tonga Jesosy «handrava ny asan' ny devoly». «Izy no nisiampiainana», ary hoy Izy «Izaho avy mba hananany fiainana, sady hananany be dia be». «Fanahy mahavelona» Izy 8. Ary mbola manana io hery manome aina io ihany tahaka ny fony Izy teto an-tany raha nanasitrana ny marary Izy, ka niteny famelan-keloka ho an' ny mpanota. «Mamela ny helokao rehetra, manasitrana ny aretinao rehetra» Izy 9. {IFM 277.1}

Noho ny nanasitranana ilay mararin' ny paralysisa teo amin' ny vahoaka, dia toa

nisokatra ny lanitra ka nanambara ny voninahitry ny izao 'tontolo izao tsara kokoa. Rehefa nandeha teo afovoan' ny vahoaka marobe ilay lehilahy nositranina, nidera an' Andriamanitra isaky ny mandingana, dia nihatakataka ny vahoaka hanome lalana azy, ary nijery azy tamin' ny endrika feno fanajana sy tahotra sady nifampibitsibitsika hoe «Efa nahita zavatra mahagaga isika androany»;. {IFM 277.2}

Sina ny Fariseo noho ny hagagany sady safotry ny fahareseny. Hitany fa tsy fotoana mety izao hisehoan' ny fialonany, ka hampirehitra ny vahoaka marobe. Latsaka lalina loatra tao am-pon' ny olona ny asa mahagaga notanterahina tamin' ilay olona izay efa navelany ho amin' ny fahatezeran' Andriamanitra, hany ka adinony aloha ny raby. Hitany fa nanan-kery tokoa Andriamanitra ary nasehony tamin' ny alalan' i Kristy izany ; nefa nifanohitra mazava tsara tamin' ny fitondratenany miavonavona ny fahamendrehan' i Kristy sy ny fihetsiny malefaka. Sanganehana sady menatra izy nahafantatra fa niaiky teo anatrehan' Ilay ambony noho izy. Arakaraka ny nampahazava ny porofo fa manan-kery hamela heloka eto an-tany Jesosy, dia arakaraka izany no nifikirany mafimafy kokoa tao amin' ny tsy finoana. Rehefa avy tao an-tranon' i Petera izay nahitany ilay mararin' ny paralysisa nositranina izy ireo, dia nandeha nitady drafitra vaovao indray mba hampanginana ny Zanak' Andriamanitra. {IFM 277.3}

Ny aretina ara-nofo, na dia mafy sy lalim-paka aza, dia nositranin' ny herin' i Kristy; fa mamikitra mafimafy kokoa amin' ireo izay manakimpy ny masony tsy hahita ny fahazavana ny aretin' ny fanahy. Ny habokana sy ny paralysisa, dia zava-doza tahaka ny fitiavambavaka diso lalana sy ny tsy finoana. {IFM 278.1}

Nisy fifaliam-be tao amin' ny tokantranon' ilay mararin' ny paralysisa sitrana rehefa niverina tao amin' ny fianakaviany izy, tsy sahirana intsony nitondra ilay filanjana fitondrana marary izay nitondrana azy moramora niala teo anatrehany fotoana fohy talohan' izao. Nitangorona hanodidina azy tamin-dranomasom-pifaliana ireo, ary mila tsy hino izay hitan' ny masony. Nijoro teo anatrehany izy, manana ny hery feno mahalehilahy lehibe azy. Mailaka hankatò ny sitrapony ireto sandry tsy nisy aina teo. Ny nofo izay efa nikainkona sy naka ny volon' ny firaka, dia nanjary vaovao sy salama izao. Matotra sy mailaka ny famindrany. Fifaliana sy fanantenana no hita nisoritra teo amin' ny salovan-tavany manontolo ; fahadiovana sy fiadanana no hita naka ny toeran' ny fahotana sy ny fijaliana. Fisaoram-pifaliana no niakatra avy tao amin' ilay tokantrano, ary nomemboninahitra tamin' ny alalan' ny Zanany, Andriamanitra, Izay namerina fanantenana tamin' ny very fanantenana, sy hery ho an' izay tratry ny voina. Vonona ny hahafoy ny fiainany ho an' i Jesosy io lehilahy io sy ny fianakaviany. Tsy misy intsony ny fisalasalana hampihena ny finoany ; tsy misy tsy finoana mandoto ny fahatokiany an' Ilay nitondra fahazavana tao amin' ny tokantranony tratry ny haizina. {IFM 278.2}

## Toko 28—Levy Matio

Tamin' ireo mpiasam-panjakana tany Palestina, dia tsy nisy nankahalaina tahaka ny mpamory hetra. Satria firenena vahiny no mpampandoa hetra dia nahasorena mandrakariva ny Jiosy izany, ka nahatsiarovany fa efa very ny fiandrianam-pireneny. Tsy hoe fiasana fotsiny nentin' ny Romana hampahory vahoaka ireo mpamory hetra, fa ireo mihitsy koa no nanao an-keriny tamin' ny vahoaka ka nahavory harena ho an' ny tenany. Noheverina ho mpamadika ny voninahitry ny fireneny izay Jiosy nanaiky handray io asa natolotry ny Romana io. Natao tsinontsinona izy ireny tahaka ny olona namadika ny finoana, ary nosokajiana ho anisan' ny ambany indrindra teo amin' ny mpiara-monina. {IFM 279.1}

Tao amin' io saranga io no nisy an' i Matio; izy no nantsoin' i Kristy hanaraka Azy nanarakaraka ny mpianatra efatra tany Genesareta. Ny asa aman-draharahany no nitsaran' ny Fariseo an' i Matio ho ratsy. Nefa kosa fo misokatra handray ny fahamarinana no hitan' i Jesosy tao amin' ity olona ity. Efa nihaino ny fampianaran' ny Mpamonjy i Matio. Rehefa nandresy lahatra azy ny Fanahin' Andriamanitra ka nasehony taminy ny maha-mpanota azy, dia naniry mafy ny hitady ny fanampiana avy amin' i Kristy izy. Efa nahazatra azy ny nahita ireo Raby tsy azony ifandraisana ka tsy nampoiziny fa hiantefa eo aminy ny fiheveran' ity Mpampianatra lehibe ity.1 {IFM 279.2}

Nipetraka teo am-pamorian-ketra izy indray andro raha nahita an' i Jesosy nanatona. Akory ny hagagany nandre ny teny natao taminy hoe «Manaraha Ahy». {IFM 279.3}

Dia «nahafoy ny zavatra rehetra izy ka nitsangana dia nanaraka Azy». Tsy nisy fisalasalana, tsy nisy fanontaniana, tsy nisy fiheverana ny asa nidiram-bola be hatakalo fahantrana sy zava-tsarotra. Ampy ho azy ny miaraka amin' i Jesosy, mba hahazoany nandre ny teniny, ka hiray Aminy amin' ny asany. {IFM 280.1}

Toy izany koa tamin' ireo mpianatra nantsoina teo aloha. Rehefa nibaiko an' i Petera sy ny namany Jesosy hanaraka Azy, dia nilaozany avy hatrany ny sambokeliny sy ny haratony. Nisy tamin' ireo mpianatra nanana sakaiza niankina taminy teo amin' ny fivelomana; rehefa nandray ny fiantsoan' ny Mpamonjy anefa izy, dia tsy nisalasala nanontany hoe : «Raha nirahiko tsy nitondra kitapom-bola na kitapom-batsy na kapa hianareo, moa nisy zavatra nahory anareo va ? Dia hoy ireo : Tsy nisy»2. {IFM 280.2}

Nitovy ny fisedrana natao tamin' i Matio teo amin' ny harenany sy tamin' i Andrea sy Petera teo amin' ny fahantrany ; fanoloran-tena mitovy no samy nataony. Tamin' ny fotoana nisian' ny fahombiazana ka feno hazandrano ny harato ary mafy indrindra ny faniriany hiverina amin' ilay fiainana taloha, dia nangataka ny mpianatra handao ny zavatra rehetra ho amin' ny asan' ny filazantsara Jesosy. Toy izany koa no hisedrana ny fanahy tsirairay avy mba hahitana izay mahery indrindra ao aminy na ny faniriana ny

tombon-tsoa ara-nofo na ny fiarahana amin' i Kristy. {IFM 280.3}

Misy zavatra takin' ny foto-kevitra mandrakariva. Tsy misy olona afaka hahita fahombiazana amin' ny fanompoana an' Andriamanitra afa-tsy ao amin' ny fanolorany ny fony manontolo ho amin' ny asa ka ahatsapany fa fatiantoka avokoa ny zavatra rehetra noho ny fihoaran' ny fahalalana an' i Kristy. Ny olona mametraka fepetra dia tsy mety ho mpianatr' i Kristy ary tsy mety ho mpiara-miasa Aminy koa. Rehefa mankasitraka ny famonjena lehibe ny olona dia tsy maintsy hita eo amin' ny fiainany ny fahafoizan-tena teo amin' ny Tompo. Na aiza na aiza hitarihany azy dia ho faly hanaraka Azy ireo. {IFM 280.4}

Niteraka fahatezerana be tamin' ny Fariseo ny niantsoana an' i Matio ho anisan' ny mpianatr' i Kristy. Raha mpampianatra arapivavahana no mifidy mpamory hetra ho mpanampy azy akaiky, dia fanafintohinana amin' ny fomba amam-panao eo amin' ny fivavahana sy eo amin' ny fiaraha-monina ary eo amin' ny firenena izany. Ny hevitra nibahana tao an-tsain' ny vahoaka no nohetsehin' ny Fariseo ary nanantena izy tamin' izay fa hampiodina ny fandehan' ny fihetsepam-pon' ny besinimaro hanohitra an' i Jesosy. {IFM 280.5}

Nirehitra tao amin' ilay mpamory hetra ny fahalianana naterak' izany. Nihanjahanja teo amin' Ilay Andriamanitra Mpampianatra ny fony. Noho ny fifaliany tamin' ny nahampianatra vaovao azy, dia nirian' i Matio ny hitondra ireo mpiara-rniasa taminy teo aloha ho eo amin' i Jesosy. Izany no antony nanaovany fanasana tao an-tranony ary nanasany ny havana aman-tsakaizany. Tsy ny mpamory hetra ihany no voasa tao, fa nisy koa olona maro hafa Izay tsy dia tsara laza loatra ary nihatakatahan' ireo mpifanolobodirindrina sarotsarotiny. {IFM 281.1}

Natao ho voninahitr' i Jesosy ilay lanonana fandraisam-bahiny ary tsy nisalasala izy hanaiky izany fanajana azy izany. Fantany tsara fa hanafintohina ny antokon' ny Fariseo izany ary mety hahatonga fisalasalana any Aminy eo amin' ny vahoaka. Nefa tsy nisy resaka tetika fikomiana tamin' ny fihetsika nataony.Tsy nisy lanjany taminy ny mariboninahitra ivelany. Izay manintona ny fony dia fanahy mangetaheta ny ranon' aina. {IFM 281.2}

Vahiny hotoloran-kaja Jesosy tao amin' ny latabatr' ilay mpamory hetra; tamin' ny firaisam-pony sy ny hatsaram-panahiny teo amin' izay niaraka taminy no nanehoany ny fanajany ny fahambonian' ny olombelona, ka noho izany dia naniry mafy ny ho mendrika ny fitokisany ny olona. Nitondra fitahiana sy hery manome aina ny teniny latsaka tao ampon' ireo nangetaheta. Nifoha ny hery manosika vaovao, ary nisokatra teo amin' ireo nolavin' ny tany ama-monina ny mety hahazoana fiainana vaovao. {IFM 281.3}

Tamin' ny fitoriana tahaka ity, dia tsy vitsy no nandatsaka tao am-pony ny fampianaran' ny Mpamonjy, nefa tsy nety nanaiky Azy hatramin' ny niakarany ho any

an-danitra. Rehefa nirotsaka ny Fanahy Masina, ka telo arivo no niova fo indray andro monja, dia nisy maro tamin' ireo izay nandre voalohany ny fahamarinana teo amin' ny latabatry ny mpamory hetra, no nanjary mpitondra ny hafatry ny filazantsara. Lesona nitohy ho an' i Matio ny ohatra nomen' i Jesosy teo amin' ny fanasana. Ilay mpamory hetra nohamavoina dia nanjary anankiray tamin' ny evanjelistra nafana fo indrindra teo amin' ny asa fanompoany ka nanaraka akaiky ny dian' ny Tompony. {IFM 281.4}

Rehefa ren' ny raby ny nanatrehan' i Jesosy ny fanasan' i Matio, dia noraisiny ho fotoana mety hiampangana Azy izany. Nifidy ny hi,asa tamin' ny alalan' ny mpianatra anefa izy. Nofohaziny ny hevitra nibahana tao am-pon' izy ireo, ary nanantena ny hampifanalavitra azy tamin' ny Tompony izy. Tetika nampiasainy ny hiampanga an' i Kristy tamin' ny mpianany, ka nokendreny ho eo amin' izay mety hahatonga ratra mafy indrindra ny zana-tsipika nalefany. Izany no fomba niasan' i Satana hatramin' ny fisarahankevitra tany an-danitra; ary izay rehetra niezaka ny hahatonga fisarahana sy fifanalavirana dia samy hetsehin' ny fanahiny. {IFM 282.1}

«Nahoana kosa ny Mpampianatra anareo no miara-komana amin' ny mpamory hetra sy ny mpanota ?» hoy ny fanontanian' ireo raby be fialonana. {IFM 282.2}

Tsy nandrasan' i Jesosy ho ny mpianatra no hamaly ny fiampangana Azy fa Izy mihitsy no niteny hoe : «Tsy ny finaritra no mila mpanao fanafody, fa ny marary ; tsy avy hiantso ny marina Aho, fa ny mpanota hibebaka». Nihambo ho salama ara-panahy ny Fariseo, ary noho izany dia tsy nila mpanao fanafody, fa ny mpamory hetra sy ny jentilisa kosa no noheveriny ho efa maty noho ny aretin' ny fanahiny. Ka moa ve tsy adidiny. araka ny amin' ny maha-mpitsabo Azy, ny maneho fitiavana amin' ny antokon' olona mila ny fanampiany indrindra toy itony ? {IFM 282.3}

Nefa na dia nihevitra ny tenany ho ambony toy izany aza ny Fariseo, dia tena teo amin' ny toerana ratsy kokoa noho izay nohamavoiny izy. Tsy dia mpivavaka tonga ohatra loatra na nihevitra ny tenany ho ampy tahaka ny Fariseo sy ny mpamory hetra izy ireo ; ary noho izany dia nisokatra kokoa hiasan' ny fahamarinana ny fony. Hoy Jesosy tamin' ny raby : «Fa mandehana ka mianara izay hevitry ny teny hoe : «Famindrampo no sitrako. fa tsy fanatitra alatsa-dra». {IFM 282.4}

Nasehony tamin' izany ta raha nilaza ny tenany ho mpanazava ny tenin' Andriamanitra izy, dia tsy nahalala velively ny ara-panahy eo amin' ny lalàna notandremany. {IFM 282.5}

Nangina fotoana fohy aloha ny Fariseo nefa izao vao mainka tapa-kevitra teo amin' ny fandrafiany Azy izy. Notadiaviny ny mpianatr' i Jaona Mpanao batisa mba ho taominy hanohitra ny Mpamonjy. Tsy nanaiky ny asa nanirahana an' i Jaona Mpanao batisa ny Fariseo. Nataony fihomehezana ny fiainany feno fifadiana sy ny fahazarany tsotra, ny fitafiany tsizarizary, ary nolazainy aza fa mpitompo teny fantatra izy. Satria

nopotsipotsirin' i Jaona ny fihatsarambelatsihiny, dia nanohitra ny teniny ireo ary niezaka hanetsika ny vahoaka hanohitra azy. Niasa tao amin' ny fon' ireo mpanimbazimba ireo anefa ny Fanahin' Andriamanitra, ka nampiaiky azy ny amin' ny fahotana; kanjo notsipahiny ny torohevitra avy amin' Andriamanitra, ary nolazainy aza fa nanana demonia i Jaona. {IFM 282.6}

Ankehitriny raha nifangaro tamin' ny olona Jesosy, ka nihinana sy nisotro teo amin' ny latabatra nisy azy, dia nampangainy ho tendan-kanina sy mamon-divay. Ireo nanao io fiampangana io indrindra no tena meloka. Tahaka ny mahadiso ny fanehoana an' Andriamanitra sy ny niampangan' i Satana Azy tamin' ny toetra mampiavaka Azy indrindra, dia toy izany koa no hiampangan' ny ratsy fanahy ny mpitondra hafatr' i Jehovah. {IFM 283.1}

Tsy tian' ny Fariseo ny hihevitra fa matoa niara-nihinana tamin' ny mpamory hetra sy ny mpanota Jesosy dia ny mba hitondrany ny fahazavan' ny lanitra ho an' ireo izay nipetraka tao amin' ny haizina. Tsy tian' i Satana ho hita fa ny teny rehetra mikoriana avy tamin' Ilay Andriamanitra Mpampianatra dia voa velona hitsimoka sy hitondra voa ho voninahitr' Andriamanitra. Efa nanapa-kevitra tsy hanaiky ny fahazavana izy ireo ; ka na dia efa nanohitra ny asan' Ilay Mpanao batisa aza izy, dia vonona kosa ankehitriny hila sitraka amin' ny mpianany sy handray azy ireo ho namana, ka hanantena fiaraha-miasa azo antoka amin' ireo hoenti-manohitra an' i Jesosy. Nasehony fa nanao tsinontsinona ny lovan-tsofina hatry ny ela Jesosy ; ary nampitahainy ny fitiavam-bavaka sarotiny dia sarotiny teo amin' i Jaona sy ny fihetsik' i Jesosy niaraka tamin' ny mpamory hetra sy ny mpanota teo amin' ny fanasana. {IFM 283.2}

Tao anatin' ny alahelo mafy ny mpianatr' i Jaona tamin' izay fotoana izay, satria talohan' ny nanatonany an' i Jesosy hitondra hafatra avy tamin' i Jaona io fotoana io. Tao an-tranomaizina ilay mpampianatra malalany ka nisaona nandritra ny andro izy ireo. Jesosy koa tsy niezaka ny hanafaka an' i Jaona, ary toa nanala voninahitra ny fampianarany aza. Raha tena irak' Andriamanitra tokoa i Jaona, nahoana Jesosy sy ny mpianany no manao izao fihetsika hafa lavitra izao ? {IFM 283.3}

Tsy nanana fahalalana mazava ny amin' ny asan' i Kristy ny mpianatr' i Jaona; koa dia noheveriny fa mety ho mari-pototra ny fiampangan' ny Fariseo Azy. Nisy fitsipika maro nataon' ny raby izay nankatoaviny fatratra ary nanantena aza izy fa hohamarinina amin' ny asan' ny lalàna. Nataon' ny Jiosy ny fifadiankanina satria noheveriny fa ho asa hanome fahamendrehana azy izany, ary sarotiny indrindra tamin' izany izy ka nahavatra nifady hanina in-droa isan-kerinandro. Nifady hanina ny Fariseo sy ny mpianatr' i Jaona raha tonga nanontany an' i Jesosy ireo mpianatr' i Jaona hoe : «Nahoana izahay sy ny Fariseo no mifady hanina matetika, fa ny mpianatrao kosa tsy mba mifady hanina ?» {IFM 283.4}

Novalian' i Jesosy malefaka dia malefaka izy ireo. Tsy niezaka hanitsy ny fiheverany diso momba ny fifadian-kanina Izy, fa niezaka fotsiny hampahafantatra ny marina momba ny asa nanirahana Azy. Ary ny nentiny nanao izany dia ny sary izay efa nampiasain' ilay Mpanao batisa ihany hanambarana an' i Jesosy. Hoy Jaona : «Izay manana ny ampakarina no mpampakatra: fa ny sakaizan' ny mpampakatra izay mitsangana sy mihaino azy, dia mifaly indrindra noho ny feon' ny mpampakatra, ary efa tanteraka izany Fifaliako izany» 3. Tsy hadinon' ny mpianatr-' i Jaona tsy akory ireo tenin' ny mpampianatra azy ireo, raha noraisin' i Jesosy io sary io ka hoy Izy hoe : «Moa mahay misaona va ny havan' ny mpampakatra, raha mbola eo aminy ihany ny mpampakatra ?» {IFM 284.1}

Teo anivon' ny vahoakany ny Zanak' Andriamanitry ny lanitra. Efa nomen' Andriamanitra an' izao tontolo izao ny fanomezana lehibe indrindra. Fifaliana ho an' ny mahantra ; fa Kristy efa tonga hampiditra azy ho mpandova ny fanjakany. Fifaliana ho an' ny manan-karena fa nampianatra azy ny fomba fitehirizana harena mandrakizay mantsy Izy. Fifaliana ho an' ny kely fahalalana ny hampianarany azy ho hendry ho amin' ny famonjena. Fifaliana ho an' ny manam-pahalalana ny hanokatra zava-miafina lalina kokoa izay tsy mbola takatry ny sainy ; fahamarinana izay nafenina hatrizay nanorenana an' izao tontolo izao no hovelarina ho an' ny olona amin' ny alalan' ny asa nanirahana ny Mpamonjy. {IFM 284.2}

Nifaly i Jaona Mpanao batisa raha nibanjina ny Mpamonjy. Antom-pifaliana manao ahoana ny an' ny mpianatra izay nanana tombon-tsoa hiara-mandeha sy hiresaka amin' ny Andrianan' ny lanitra. Tsy fotoana tokony hisaonana sy hifadian-kanina izao. Tsy maintsy mampidanadana ny fony izy handraisany ny fahazavan' ny voninahiny, mba hahazoany mandefa tara-pahazavana eo amin' izay mitoetra ao amin' ny haizina sy ny aloky ny fahafatesana. {IFM 284.3}

Sary mamirapiratra no nampahatsiarovan' ny tenin' i Kristy, kanefa hosembanin' ny aloka mavesatra izany, ka ny mason' Izy irery no afaka hahita izany : «Ho avy ny andro, hoy Izy, izay hanesorana ny mpampakatra hiala aminy, dia amin' izay vao hifady izy». Rehefa hahita ny hamadihana sy hanomboana ny Tompony eo amin' ny hazo fijaliana ny mpianatra, dia hitomany sy hifady izy. Hoy Jesosy tamin' ny teny farany nataony ho azy ireo tao amin' ny efitra ambony : «Vetivety foana dia tsy hahita Ahy ianareo ary vetivety foana indray dia hahita Ahy ianareo. Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Hitomany sy hisaona ianareo, fa izao tontolo izao kosa hifaly ;ary hianareo halahelo, nefa ny alahelonareo hody fifaliana»4. {IFM 285.1}

Rehefa hivoaka ny fasana Izy, dia hody fifaliana ny alahelon' ny mpianatra. Aorian' ny hiakarany any an-danitra, dia tsy ho eo intsony ny tenany ;fa mbola ho eo aminy kosa Izy amin' ny alalan' Ilay Mpananatra, dia ny Fanahy, ka tsy tokony handany andro hitomaniana izy. Io no irin' i Satana haseho amin' izao tontolo izao, dia ny fahatsapana fa

voafitaka sy diso fanantenana izy ireo ; nefa kosa hijery ny fitoerana masina any ambony amin' ny alalan' ny finoana ny mpino izay hanaovan' i Jesosy fanompoana ho azy ; ka ny tokony hataony dia ny hanokatra ny fony hiasan' ny Fanahy Masina, ilay Solontenan' i Kristy, ka hifaly eo amin' ny fahazavan' ny fanatrehany. Ho avy anefa ny andro fakam-panahy rehefa entina hifanefatra amin' ny mpifehin' ity izao tontolo izao ity izy ireo, ka hotsarain' ny mpitarika eo amin' ny fanjakan' ny maizina ; rehefa tsy miaraka aminy intsony ny tenan' i Kristy, ka tsy ho hainy ny mahafantatra Ilay Mpananatra, amin' izay fotoana izay dia mety aminy kokoa ny mifady. {IFM 285.2}

Nitady hanandratra ny tenany tamin' ny alalan' ny fanarahana hentitra ny fombafomba ivelany ny Fariseo, nefa ny fony feno fitsiriritana sy adilahy. «Indro, hoy ny Soratra Masina, ny hiady sy ny hifanditra no anton' ny ifadianareo ary ny hamely amin' ny totohondrin' ny faharatsiana; izao fifadianareo izao dia tsy andrenesana ny feonareo any aimin' ny avo. Moa fifadiana toy izany va no ankasitrahako ? Dia andro hampahorian' ny olona tena ? Ny hampiondrika ny lohany tahaka ny zozoro sy ny hamelatra lamba fisaonana rarahan-davenona ho fandriany. — Moa izany va no ataonao hoe fifadiana sy andro ankasitrahan' i Jehovah ? 5» {IFM 285.3}

Tsy fanompoam-pivavahana ivelambelany no tena fifadiana. Lazain' ny Soratra Masina ny fifadiana ankasitrahan' Andriamanitra, — «dia ny hamaha ny famatoran' ny faharatsiana sy hanaboraka ny fehin' ny zioga, sy handefa ny ampahoriana ho afaka, ary hanapatapaka ny zioga rehetra, ny mahafoy ho an' ny noana izay hanina tianao ka mahavoky ny ory» 6. Aseho eto ny tena toe-tsaina sy ny toetry ny asan' i Kristy. Ny fiainany manontolo dia fanaovana sorona ny tenany hamonjena an' izao tontolo izao. Na ny fifadiana tany an-efitra fakam-panahy na ny fiarahana nihinana tamin' ny mpamory hetra teo amin' ny fanasan' i Matio, dia samy nanomezany ny ainy ho fanavotana ny very. Tsy ny fitomaniana tsy misy vokany sy ny fanetren-tena ara-batana fotsiny na ny fanatitra alikisa akory no tena fisehoan' ny toe-tsaina tia vavaka marina, fa hita izany eo amin' ny fampileferana ny «izaho» ho amin' ny fanompoana antsitrapo an' Andriamanitra sy ny olona. {IFM 286.1}

Nanohy ny valinteniny ho an' ny mpianatr' i Jaona Jesosy ka nanao fanoharana hoe: «Ary tsy misy olona manampina lamba tonta amin' ny tapa-damba tsy mbola voalona ; fa ny vaovao izay natampina dia handrovitra ny lamba, ka hitatra ny triatra». Ny hafatr' i Jaona Mpanao batisa dia tsy tokony hifaningotra amin' nylovan-tsofina sy ny finoanoam-poana. Raha andramana afangaro ny fihamboan' ny Fariseo sy ny fitiavam-bavak' i Jaona, dia vao mainka hampiharihary ny hantsana mampisaraka azy fotsiny izany. {IFM 286.2}

Ny foto-kevitry ny fampianaran' i Kristy koa dia tsy tokony hampiraisina amin' ny fombafomban' ny Fariseo. Tsy hanentsina ny banga niseho noho ny fampianaran' i Jaona Jesosy. Hampiavaka bebe kokoa ny fisarahan' ny taloha sy ny vaovao Izy. Mbola

nohazavain' i Jesosy ihany io toe-javatra io, ka hoy Izy hoe : «tsy misy manisy divay vaovao ao anaty siny hoditra tonta ; raha izany, dia ho triatra ny siny hoditra, ka ho raraka ny divay sady ho simba ny siny hoditra». Ny siny hoditra nampiasaina mba hasiana divay vaovao, rehefa afaka kelikely dia manjary maina sy mora vaky izany ary tsy azo ampiasaina ho amin' izany intsony. Nasehon' i Jesosy tamin' io sary mahazatra io ny toe-javatra nisy teo amin' ny mpitarika Jiosy. Raikitra tao amin' ny fanompoam-pivavahana sy ny lovantsofina efa nanjary volan-kakafotra ny mpisorona sy ny mpanoradalàna. Nikainkona ny fony tahaka ny siny hoditra nihamaina ary fametrahana divay izay nihamaina. Nijanona ho afa-po tamin' ny fivavahana fatra-panaraka lalàna izy, ka tsy azony atao ny ho tonga olona azo hametrahana ny fahamarinana velona avy any an-danitra. Noheveriny fa ampy ny fahamarinan' ny tenany, ka tsy tiany hisy zava-baovao hampidirina ao amin' ny fivavahany intsony. Tsy nekeny ho zavatra ho any ivelan' ny tenany ny sitrapon' Andriamanitra tsara ho an' ny olona. Nampifandraisiny tamin' ny fahamendrehan' ny tenany izany noho ny asa tsara nataony. Ny finoana izay miasa amin' ny fitiavana sy manadio ny fanahy dia tsy afaka mahita toerana hiraisany amin' ny fivavahan' ny Fariseo, izay fanompoam-pivavahana sy didin' olombelona fotsiny. Ny ezaka atao hampiray ny fampianaran' i Jesosy amin' ny fivavahana nisy tamin' izay, dia herim-po very foana: Ny fahamarinan' Andriamanitra no mitondra aina, tahaka ny divay mandroatra, ka hampitriatra ny siny tonta efa simba, dia ny lovan-tsofin' ny Fariseo. {IFM 286.3}

Nihevitra ny tenany ho hendry loatra ny Fariseo, ka tsy nety handray fampianarana avy amin' i Kristy, marina loatra izy ka tsy nila famonjena, ambony sy be voninahitra loatra izy ka tsy nila ny voninahitra avy amin' i Kristy. Niala tamin' izy ireo ny Tompo ka nitady olon-kafa hanaiky ny hafatry ny lanitra. Ireo mpanarato tsy nahita fianarana kosa sy ilay mpamory hetra teny an-tsena, ary koa ilay vehivavy tany Samaria, ny olon-tsotra toy ireny no nihaino Azy tamim-pifaliana, ka azo noharina tamin' ny siny vaovao hasiana divay vaovao. Ny Fitaovana hampiasaina ao amin' ny asan' ny filazantsara dia ireo fanahy izay handray amim-pifaliana ny fahazavana alefan' Andriamanitra ho azy. Ireo no mpiasa hizara ny fahalalana ny fahamarinana ho an' izao tontolo izao. Raha tonga siny vaovao amin' ny alalan' ny fahasoavan' i Kristy ny vahoakany, dia hameno azy amin' ny divay vaovao Izy. {IFM 287.1}

Tsy foto-pianarana vaovao ny fampianaran' i Kristy, na dia naseho tamin' ny alalan' ny divay vaovao aza, fa fanambarana izay efa nampianarina hatramin' ny voalohany. Ho an' ny Fariseo anefa dia efa very ny dikan' ny fahamarinan' Andriamanitra sy ny hakantony tany am-boalohany, vaovao ho azy saiky tamin' ny lafiny rehetra ny fampianaran' i Kristy, ka tsy hainy fantarina sy ekena. {IFM 287.2}

Nopotsirin' i Jesosy ny herin' ny fampianaran-diso ho mamono ny fitiavana ny fahamarinana sy ny faniriana azy. «Tsy misy olona hoy Izy rehefa nisotro ny divay ela,

no maniry ny vaovao, fa hoy izy : Ny ela no tsara». Ny fahamarinana rehetra izay nomena an' izao tontolo izao tamin' ny alalan' ny patriarka sy ny mpaminany no nanjary namirapiratra eo amin' ny hatsaran-tarehy vaovao teo amin' ny tenin' i Kristy. Ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo kosa dia tsy naniry ny divay vaovao sarobidy. Raha tsy afaka ny lovan-tsofina, ny fomba amam-panao eia, dia tsy misy toerana ho an' ny fampianaran' i Kristy ao an-tsainy, na ao am-pony. Nifikitra tamin' ny fombafomba ivelany efa maty izy ka nialany ny fahamarinana velona sy ny herin' Andriamanitra. {IFM 287.3}

Io mihitsy no antony marina naharingana ny Jiosy, ary io ihany koa no handringana fanahy maro amin' ny androntsika. An' arivony no manao ny hadisoana izay nataon' ny Fariseo nanameloka an' i Kristy tao amin' ny fanasan' i Matio. Betsaka no mandà ny fahama-rinana nidina avy tamin' ny Rain' ny fahazavana, satria tsy foiny ny hevitra ankamamiany ary tsy hariany ny hevitra nataony sampy. Matoky ny «izaho» izy, ka miankina amin' ny fahendren' ny tenany ary tsy mahatsapa ny fahantrany ara-panahy. Antitranteriny ny mahavoaavonjy azy amin' ny fomba izay mety hahavitany asa lehibe. Rehefa hitany fa tsy misy fomba hampidirany ny «izaho» hotenomina ao amin' ny asa, dia tsipahiny ny famonjena nomanina ho azy. {IFM 288.1}

Tsy afaka hitarika ny fanahy ho eo amin' i Kristy na ovivana na oviana ny fivavahana fatra-panaraka fitsipika; fivavahana kristiana tsy misy fitiavana mantsy izany. Ny fifadiana na ny fivavahana izay entanin' ny toe-tsaina manamarin-tena dia fahavetavetana eo imason' Andriamanitra. Ny fivoriana manetriketrika hanaovana fanompoampivavahana. ny fombam-pivavahana mifandimby marobe, ny fanetrentena ivelambelany, ny fanatitra lehibe sy mahagaga, ireo dia manambara fa mihevitra ny tenany ho marina sy manana zo ho any an-danitra ny mpanao ireo zavatra ireo; nefa fitaka avokoa izany rehetra izany. Tsy mahavidy famonjena mihitsy ny asan' ny tenantsika. {IFM 288.2}

Tahaka izay tamin' ny andron' I Kristy, dia toy izany koa ankehitriny; tsy mahafantatra ny fahantrany ara-panahy ny Fariseo. Tonga aminy ny hafatra manao hoe:«Fa hoy ianao: Manan-karena sy efa nihary fananana be aho ka tsy manan-java-mahory ; kanjo tsy fantatrao fa ianao no ilay ory sy mahantra sy malahelo sy jamba ary mitanjaka; dia manoro hevitra anao Aho hividy amiko volamena voadio tamin' ny afo, mba hanan-karena hianao, ary fitafiana fotsy hoiafianao mba tsy hisehoan' ny henatrao noho ny fitanjahanao»7. Ny finoana sy ny fitiavana no volamena voadio tamin' ny afo. Fa ho an' ny maro dia nihamatroka ny volamena ary very ny harena sarobidy. Raha ny aminy, dia fitafiana tsy anaovany sy loharano tsy kasihiny ny fahamarinan' i Kristy. Izao no voalaza ny aminy : «Manan-teny aminao Aho, satria efa niala tamin' ny fitiavanao voalohany ianao. Koa tsarovy izay nitoeranao fony tsy mbola lavo dia mibebaha ka manaova ny asa voalohany ; fa raha tsy izany, dia ho avy aminao Aho ka hamindra ny

fanaovan-jironao hiala amin' ny fitoerany, raha tsy mibebaka ianao»8. {IFM 288.3}

«Ny tanatitra ho an' Andriamanitra dia fanahy torotoro;ny fo torotoro sy mangorakoraka, Andriamanitra ô tsy mba ataonao tsinontsinona» 9. Tsy maintsy foana ny «izaho» ao amin' ny olona vao mety ho tonga mpino an' i Jesosy amin' ny heviny feno izy. Rehefa afoy ny «izaho», amin' izay vao azon' ny Tompo atao olom-baovao ny olona. Azo asiana divay vaovao ny siny vaovao. Hamelona ny mpino ho amin' ny fiainana vaovao ny fitiavan' i Kristy. Haseho ao amin' izay mijery an' i Kristy tompon' ny finoantsika sy mpanefa azy ny toetra amam-panahin' i Kristy. {IFM 289.1}

## Toko 29—Ny Sabata

Nohamasinina tany amin' ny famoronana ny Sabata. Notendrena ho an' ny olona izy raha «fony niara-nihira ny kintan' ny maraina, ary nihoby avokoa ireo zanak' Andriamanitra»1. Nanomba teo ambonin' izao tontolo izao ny fiadanana; nifandrindra tamin' ny lanitra mantsy ny tany. «Ary hitan' Andriamanitra izay rehetra nataony, ary, indro, tsara indrindra izany» 2. {IFM 291.1}

Satria nitsahatra Izy tamin' ny Sabata «dia nitahy ny andro fahafito sy nanamasina azy» Andriamanitra ary nanokana azy hampiasaina amin' ny zavatra masina. Nomeny an' i Adama ho andro fialantsasatra izany. Tsangambato fahatsiarovana ny asa famoronana izy ary noho izany dia famantarana ny herin' Andriamanitra sy ny fitiavany. Hoy ny Soratra Masina : «Manao izay hahatsiarovana ny fahagagana ataony Izy». «Ny zavatra nataony» «dia manambara ny fombany tsy hita hatramin' ny nanaovana an' izao tontolo izao» «dia ny heriny mandrakizay sy ny maha-Andriamanitra Azy»3. {IFM 291.2}

Ny zavatra rehetra dia nohariana tamin' ny alalan' ny Zanak' Andriamanitra. «Tamin' ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin' Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra. . . Izy no nahariana ny zavatra rehetra ; ary raha tsy Izy dia tsy nisy nahariana izao zavatra ary izao»4. Koa satria tsangambato fahatsiarovana ny asa famoronana ny Sabata, dia io koa no antoky ny fitiavan' i Kristy sy ny heriny. {IFM 291.3}

Mitarika ny eritreritsika ho amin' ny zavaboary ny Sabata ary mitondra antsika eo amin' ny firaisana amin' ny Mpahary. Ny hiran' ny vorona, ny feon' ny hazo, ny firohondrohon' ny ranomasina toy ny feon-java-maneno, dia mbola handrenesantsika ny feon' Ilay niresaka tamin' i Adama tany Edena raha harivariva ny andro. Koa rehefa nibanjina ny heriny eo amin' ny zavaboary isika dia mahita fampiononana satria ny Teny izay namoronany ny zavatra rehetra no miteny fiainana amin' ny fanahy. Ilay «nandidy hoe : Aoka ny mazava hahazava ao amin' ny maizina, no nampahazava ny fonay ho amin' ny fahazavan' ny fahalalana ny voninahitr' Andriamanitra eo amin' ny tavan' i Jesosy Kristy»5. {IFM 292.1}

Ny fieritreretana an' izany no nanainga ny hira hoe : {IFM 292.2}

*«Fa ampifalianao amin' ny nataonao aho, Jehovah ò ;*
*Ny asan' ny tànanao no hihobiako,*
*Jehovah ó, akory ny halehiben' ny asanao !*
*Lalina indrindra ny fisainanao !»6 {IFM 292.3}*

Ary izao no nambaran' ny Fanahy Masina tamin' ny alalan' ny mpaminany Isaia : «Koa ampitovianareo amin' iza moa Andriamanitra ? ary endrik inona no ampanahafinareo Azy ? . . . Tsy fantatrareo va ? Tsy efa nambara taminareo fony taloha

va ? Tsy efa azonareo an-tsaina va ny amin' ny fanorenan' ny tany ? Izy no mipetraka amin' ny habakabaka ambonin' ny tany, ary ny mponina etỳ dia tahaka ny valala ; Izy no mamelatra ny lanitra tahaka ny lamba manify kararavina, ary manenjana azy tahaka ny lay hitoerana. . . Koa ampitovianareo amin' iza moa Aho, hitahako aminy ? hoy ny Iray Masina. Asandrato ny masonareo, ka mijere ; Iza no nahary ireny ? Izy no namoaka ny antokony araka ny isany sy miantso azy rehetra amin' ny anarany avy noho ny haben' ny fahatanjahany sy ny heriny Tsitoha ; ka tsy misy diso ireny na dia iray akory aza. Nahoana no miteny hianao ry Jakoba ò, ary milaza hianao, ry Isiraely Ô, hoe : Miafina tsy hitan' i Jehovah ny làlako, ary mihelina tsy hitan' Andriamanitra ny rariny tokony ho ahy ? Tsy fantatrao va ? tsy efa renao va fa Andriamanitra mandrakizay Jehovah, Izay namorona ny faran' ny tany ? Tsy mba mety ho reraka na sasatra Izy ?.. . Mampahatanjaka ny reraka Izy, ary izay kely hery dia omeny hery be». «Aza matahotra hianao, fa momba anao Aho; ary aza mierikerika foana, fa Izaho no Andriamanitrao; mampahery anao Alio sady mamonjy anao; eny, mitantana anao amin' ny tànana ankavanan' ny fahamarinako Aho». «Mijere Ahy, dia ho voavonjy hianareo ry vazan-tany rehetra ! Fa Izaho no Andriamanitra, ka tsy misy hafa». Izany no hafatra voasoratra eo amin' ny zavaboary, ary notendrena ny Sabata mba hahatsiarovana an' izany. Rehefa nibaiko ny Isiraely hanamasina ny Sabatany Jehovah dia hoy Izy hoe : «Ho famantarana ho Amiko sy ho aminareo, ka dia ho fantatrareo fa Izaho no Jehovah Andriamanitrareo»7. {IFM 292.4}

Natambatra tao amin' ny lalàna nomena tao Sinay ny Sabata ; tsy tamin' izay anefa no voalohany nahafantarana azy ho andro fitsaharana. Efa nahalala izany ny vahoaka Isiraely talohan' ny nahatongavany tao Sinay. Notandremana ny Sabata raha teny an-dalana ho any izy. Rehefa nisy nanao tsinontsinona izany, dia nanome tsiny azy Jehovah nanao hoe : «Mandra-pahoviana no handavanareo tsy hitandrina ny didiko sy ny lalàko»8. {IFM 293.1}

Tsy ho an' ny Isiraely irery ny Sabata, fa ho an' izao tontolo izao koa. Nampahafantarina ny olona izany tany Edena, ary tahaka ireo foto-kevitra hafa amin' ny didy folo dia mitaky fankatoavana mandrakizay koa izy. Izao no ambaran' i Kristy momba io lalàna izay misy ny Sabata io : «Mandra-pahafoana ny lanitra sy ny tany dia tsy hisy ho foana akory amin' ny lalàna, na dia litera iray, na tendrontsoratra iray aza, mandra-pahatanterak' izy rehetra»9. Raha mbola misy koa ny lanitra sy ny tany, dia mbola ho famantarana ny herin' ny Mpamorona ihany ny Sabata. Ary rehefa tafaverina indray amin' ny fahatsaran-tarehiny eto an-tany Edena, dia hohajain' ny rehetra ny andro fitsaharana masin' Andriamanitra : «Ary isantSabata» dia «ho avy hiankohoka eo anatrehako» ny mponina rehetra ao amin' ny tany vaovao be voninahitra, hoy Jehovah»10. {IFM 293.2}

Tsy misy fomba naorina hafa nankinina tamin' ny Jiosy izay mikendry amin' ny

fomba feno kokoa ny hampiavaka azy ireo amin' ny firenena manodidina tahaka ny Sabata. Nekendren' Andriamanitra hanondro ny mpivavaka Aminy ny fitandremana izany. Natao ho famantarana ny fisarahana amin' ny fanompoantsampy sy ny fifandraisany amin' Ilay Andriamanitra marina izany. Nefa mba hanamasinana ny Sabata dia tsy maintsy ho masina ny olona. Amin' ny alalan' ny finoana dia tsy maintsy ho tonga mpiray amin' ny fahamarinan' i Kristy izy. Rehefa nomena an' Isiraely ny baiko hoe : «Mahatsiarova ny andro Sabata hanamasina azy», dia niteny koa Jehovah nanao hoe : «Ary ho olona masina ho Ahy hianareo»11. Amin' izay ihany ny Sabata vao hampiavaka an' Isiraely ho mpivavaka amin' Andriamanitra. {IFM 293.3}

Rehefa niala tamin' Andriamanitra ny Jiosy ka diso tsy nanao ny fahamarinan' i Kristy ho fahamarinan' ny tenany tamin' ny alalan' ny finoana, dia very teo imasony ny dikan' ny Sabata. Niezaka ny hanandratra ny tenany i Satana sy hitarika ny olona hiala amin' i Kristy, ka niasa hanimba ny Sabata izy satria io no famantarana ny herin' i Kristy. Nanatanteraka ny sitrapon' i Satana ireo mpitarika Jiosy tamin' ny fametrahany fitakiana mavesatra manodidina ny Sabata. Tamin' ny andron' i Kristy dia efa nanjary simba indrindra ny Sabata, hany ka nitaratra ny toetra amam-panahin' ny olona tia tena sy manjakazaka ny fitandremana izany, fa tsy ny toetra amam-panahin' Ilay Ray any andanitra be fitiavana. Noheverina na dia tsy tena izany aza fa mampiseho an' Andriamanitra ny raby amin' izy manome lalàna tsy hain' ny olona hankatoavina. Nitarika ny vahoaka hijery an' Andriamanitra toy ny tsy refesi-mandidy izy, ka hihevitra fa manamafy ny fon' ny olona sy mahatonga ho olondozabe ny fitandremana ny Sabata araka izay takiany. Asan' i Kristy ny manazava sy ny manitsy izany fahadisoan-kevitra izany. Na dia narahin' ny raby tamin' ny fankahalana tsy misy famindrampo aza Izy, dia tsy niseho akory ho manaraka ny fitakian' izy ireo, fa mandeha mahitsy hatrany, nitandrina ny Sabata araka ny lalàn' Andriamanitra. {IFM 294.1}

Indray Sabata, raha niverina avy tamin' ny toerana nivavahana ny Mpamonjy sy ny mpianany, dia nandalo saha nisy vary efa masaka. Notohizan' i Jesosy hatramin' ny ora efa lasa dia lasa ny asany, ary raha nandalo ny saha ny mpianatra dia nanomboka nioty salohim-bary, ka nihinana ny vary rehefa avy nokosokosohiny tamin' ny tanany. Raha tamin' ny andro hafa dia tsy niteraka resaka mihitsy izany fihetsika izany, satria ny olona izay mandalo tanimbary, na saham-boankazo na tanimboaloboka, dia mahazo maka izay tiany hohanina. 12 Fa ny manao izany amin' ny andro Sabata no noheverina ho fihetsika manazimbazimba. Tsy ny fiotazana voambary ihany no karazan' ny fijinjana hono, fa karazana fivelezam-bary koa ny fikosehana azy ao amin' ny tanana. Noho izany, araka ny hevitry ny raby, dia fandikan-dalàna roa sosona izany. {IFM 294.2}

Avy hatrany dia nanome tsiny azy ireo ny mpitsikilo ka nilaza tamin' i Jesosy hoe : «Indro ny mpianatrao manao izay tsy mety hatao amin' ny Sabata». {IFM 295.1}

Rehefa nampangaina ho nandika ny Sabata Jesosy tao Betesda. dia niaro tena Izy

tamin' ny fanantitranterana ny maha-Zanak' Andriamanitra Azy, sy tamin' ny fanambarana fa mifandrindra amin' izay ataon' ny Ray ny asany. Ny mpianatra indray izao no ampangaina. Maka ohatra avy ao amin' ny Testamenta Taloha ho an' ny mpiampanga Jesosy, dia ohatra mampiseho fihitsika nataon' izay teo amin' ny fanompoana an' Andriamanitra tamin' ny Sabata. {IFM 295.2}

Nireharehan' ireo mpampianatra Jiosy ny fahalalany ny Soratra Masina, ary nisy fanomezan-tsiny ny tsy fahalalany ny Soratra Masina ny valintenin' ny Mpamonjy. Hoy Izy : «Tsy mbola novakinareo va ny teny izay milaza ilay nataon' i Davida, raha noana izy mbamin' izay nanaraka azy, fa niditra tao an-tranon' Andriamanitra izy ka nandray ny mofo aseho ary nihinana, . . . nefa mahadiso raha misy homana izany, afa-tsy ny mpisorona ihany ?» «Ary hoy Izy taminy : Ny Sabata no natao ho an' ny olona, fa tsy ny olona ho an' ny Sabata». «Ary tsy mbola novakinareo ao amin' ny lalàna va fa amin' ny Sabata ny mpisorona ao amin' ny tempoly manota amin' ny Sabata, nefa tsy manan-tsiny ? Ary dia lazaiko aminareo fa misy eto lehibe noho ny tempoly». «Fa Tompon' ny Sabata ny Zanak' olona» 13. {IFM 295.3}

Raha nety ny nataon' i Davida tamin' ny nampitoneny ny hanoanany ka nihinanany ny mofo izay efa natokana ho amin' ny zavatra masina, dia nety koa ny nataon' ny mpianatra tamin' ny nakany izay nilainy ka niotazany vary tamin' ny ora masin' ny Sabata. Ankoatr' izany, ny mpisorona dia nanao asa lehibe tao amin' ny tempoly tamin' ny Sabata mihoatra noho ny tamin' ny andro hafa. Ho fahotana ny asa toy izany raha eo amin' ny asa aman-draharaha ara-nofo, fa ny asan' ny mpisorona kosa dia ao amin' ny fanompoana an' Andriamanitra. Nanatanteraka ny asany izay nirindra tamin' ny zava-kendren' ny Sabata izy. Kristy mihitsy anefa izao no tonga. Tamin' ny fanaovany ny asan' i Kristy dia niditra teo amin' ny asan' Andriamanitra ny mpianatra, ary izay ilaina hanatanterahana io asa io, dia mety ny manao izany amin' ny andro Sabata. {IFM 295.4}

Tian' i Kristy hampianarina ny mpianany sy ny fahavalony fa ny fanompoana an' Andriamanitra no voalohany amin' ny zavatra rehetra. Ny zava-kendren' ny asan' Andriamanitra eto amin' ity izao tontolo izao ity dia ny fanavotana ny olona ; noho izany, izay ilaina hatao amin' ny andro Sabata ho fanatanterahana io asa io, dia mifanaraka amin' ny lalàna momba ny Sabata. Rehefa izany dia nofaranan' i Jesosy ny fonjan-kevitra nentiny tamin' ny fanambarana ny tenany ho «Tompon' ny Sabata» - dia Ilay ambonin' ny fanontaniana rehetra sy ambonin' ny lalàna rehetra. Nanafaka ny fanamelohana ny mpianatra io Mpitsara tsy voafetra io, ka ny didy indrindra izay niampangana azy ho nodikainy no nentina nanamarina azy. {IFM 296.1}

Tsy navelan' i Jesosy handeha amin' izao tsy nanomezany tsiny ny fahavalony iny toe-javatra iny. Nambarany fa noho ny fahajambany dia diso fihevitra izy momba ny zava-kendren' ny Sabata. Hoy Izy : «Fa raha fantatrareo izay hevitry ny teny hoe : «Famindrampo no sitrako, fa tsy fanatitra alatsa-dra, dia tsy mba manameloka ny tsy

manan-tsiny hianareo»14. Ny fanompoam-pivavahana marobe tsy ataony amin' ny fo dia tsy afaka hameno ny fahabangan' ny fahamarinan-toetra mahatoky sy ny fitiavana mamy izay hampiavaka mandrakizay ny tena mpivavaka marina amin' Andriamanitra. {IFM 296.2}

Naverin' i Kristy indray ny fahamarinana milaza fa raha ny fanatitra amin' ny maha-fanatitra azy fotsiny dia tsy misy tombambidiny. Fitaovana izy fa tsy fiafaran-javatra. Ny zava-kendreny dia ny hitarika ny olona ho eo amin' ny Mpamonjy, ary amin' izay dia hampifandrindra azy amin' Andriamanitra. Ny fanompoan' ny fitiavana no misy tombabidiny amin' Andriamanitra. Rehefa banga izany, dia fanafintohinana ho Azy ny fanompoam-pivavahana marobe mifandimby fotsiny. Toy izany koa ny amin' ny Sabata. Natao hitondra ny olona hifandray amin' Andriamanitra izany ; nefa raha variana amin' ny fombam-pivavahana mandreraka ny saina, dia voasakana ny zava-kendren' ny Sabata. Fanarabiana ny fitandremana azy ivelambelany fotsiny. {IFM 296.3}

Sabata iray hafa, raha niditra tao amin' ny synagoga Jesosy, dia nahita lehilahy efa maina ny tanany. Nanara-maso Azy ny Fariseo, liana fatratra hahita izay hataony. Fantatry ny Mpamonjy tsara, fa raha manasitrana amin' ny andro Sabata Izy dia horaisina ho mpandika lalàna, nefa tsy nisalasala Izy nandrodana ny rindrin' ny fitakian' ny lovan-tsofina izay namefifefy ny Sabata. Nobaikoin' i Jesosy hitsangana ilay lehilahy mahantra, dia nanontany Izy hoe : «Inona moa no mety hatao amin' ny Sabata, ny manao soa, sa ny manao ratsy? ny mamonjy aina va, sa ny mahafaty?» Fombampitenenana teo amin' ny Jiosy ny hoe ny tsy fanaovana ny soa, rehefa misy fotoana mety hanaovana izany, dia fanaovana ratsy ; ary ny fanaovana an-tsirambina ny famonjena aina dia famonoana olona. Noho izany dia teo amin' ny toerana nisy azy ihany no nifanoheran' i Jesosy taminy. «Fa tsy nety niteny ny olona. Ary nony nijerijery azy tamin' ny fahatezerana Izy sady nalahelo noho ny hamafin' ny fony, dia hoy izy tamin-dralehilahy : «Ahinjiro ny tànanao. Dia nahinjiny, ka sitrana ny tànany»15. {IFM 296.4}

Rehefa nanontaniana Jesosy hoe : «Mety ve ny manasitrana amin' ny andro Sabata ?» dia novaliany hoe : «Iza moa no olona ao aminareo, raha manana ondry anankiray, ka latsaka any an-kady amin' ny Sabata, no tsy handray azy sy hampakatra azy ? Ary tsy mihoatra lavitra noho ny ondry va ny olona ? Koa amin' izany dia mety ny manao soa amin' ny Sabata»16- {IFM 297.1}

Tsy sahy namaly an' i Kristy teo anatrehan' ny vahoaka marobe ny mpitsikilo noho ny fahatahorany ho tafiditra ao amin' ny zavatsarotra. Fantany fa nilaza ny marina Izy. Naleony namela olona hijaly toy izay handika ny lovan-tsofmy, nefa hamonjy biby satria fatiantoka ho an' ny tompony ny fanaovana an-tsirambina izany. Noho izany dia lehibe kokoa noho ny ho an' ny olona natao araka ny endrik' Andriamanitra ny fikarakarana ny biby tsy afaka miteny. Sary manazava ny asan' ny fivavahana diso rehetra izany. Ny fanirian' ny. olona hanaridratra ny tenany ho ambonin' Andriamanitra no niavian' ireny,

ary ny vokany dia fanetrena ny olona ho ambanin' ny biby. Ny fivavahana rehetra izay manohitra ny maha-mpanjaka an' Andriamanitra dia manala ny voninahitry ny olona izay nomena azy teo amin' ny famoronana, ary haverina aminy indray amin' ny alalan' i Kristy. Ny fivavahana diso rehetra dia mampianatra ny mpanaraka azy tsy hikarakara izay ilain' ny olona, ny fijaliany sy ny zony. Mametraka tombambidiny ambony eo amin' ny olombelona ny Filazantsara, amin' izy novidin' ny ran' i Kristy, ary mampianatra ny hijery amim-pitiavana izay ilain' ny olona sy izay mampahory azy. Hoy Jehovah : «Dia hataoko ho saro-tadiavina mihoatra noho ny volamena tsara ny olombelona, eny, noho ny tena volamena avy any Ofira aza»17. {IFM 297.2}

Rehefa nitodika tamin' ny Fariseo Jesosy ka nanontany azy raha mety ny manao soa na ny manao ratsy amin' ny andro Sabata, ny mamonjy aina na ny mamery aina, dia ny fikasan-dratsiny no nentiny nifanehatra taminy. Nihaza ny ain' i Jesosy tamin' ny fankahalana mangidy izy, nefa Izy kosa namonjy aina ary nitondra fahasambarana ho an' ny vahoaka marobe. Mety kokoa ve ny mamono olona amin' ny Sabata, araka ny fikasan-dratsin' izy ireo, toy izay manasitrana ny tra-pahoriana araka izay ataony ? Mety kokoa ve ny mamono olona ao am-po amin' ny andron' Andriamanitra, toy izay ho tia ny olona rehetra, dia fitiavana miseho eo amin' ny asa famindrampo. {IFM 298.1}

Nanameloka ny fomba amam-panaon' ny Jiosy Jesosy tamin' ny nanasitranany ilay tanana maina, ka navelany hijoro araka ny nanomezan' Andriamanitra azy ny didy fahefatra. «Mety ny manao soa amin' ny andro Sabata» hoy ny nambarany. Nesorin' i Kristy ireo fameperana tsy misy dikany nataon' ny Jiosy, ary tamin' izany dia nanome voninahitra ny Sabata Izy, fa ireo nitaraina ny Aminy kosa no nanala baraka ny andro masin' Andriamanitra. {IFM 298.2}

Izay mitana fa nanafoana ny lalàna Kristy, dia mampianatra fa nandika ny Sabata Izy, ary milaza marina koa fa nanao izany ny mpianatra. Amin' izany dia tena mankeo amin' ny toerana nisy ny Jiosy mpanazimbazimba koa izy ireo. Ary izany dia hanoherany ny teny vavolombelon' i Kristy mihitsy izay nanambara hoe : «Nitandrina ny didin' ny Raiko Aho sy nitoetra amin' ny fitiavany»18. Na ny Mpamonjy na ny mpanaraka Azy dia samy tsy nandika nylalàna momba ny Sabata. Kristy no fanehoana velona ny lalàna. Tsy nisy fandikana ny fitsipiny masina hita teo amin' ny fiainany. Raha nijery ireo vavolombelona iray firenena izay nitady fotoana mety hanamelohana Azy Izy, dia azony natao ny niteny hoe : «Iza moa aminareo no mampiseho Ahy ho nanota ?» 19 {IFM 298.3}

Tsy tonga mba hanala izay efa nolazain' ny patriarka sy ny mpaminany ny Mpamonjy ; Izy mihitsy no efa niteny tamin' ny olona tamin' ny alalan' ireo solontenany. Ny fahamarinana rehetra ao amin' ny tenin' Andriamanitra dia avy Aminy, saingy napetraka teo amin' ny toerana diso ireny vatosoa sarobidy ireny. Nampiasaina ho fanompoana ny hevi-diso ny fahazavany sarobidy. Tian' Andriamanitra ny hanesorana

azy eo amin' ny toeran' ny hevi-diso ary hametrahana azy indray eo amin' ny rafitry ny fahamarinana. Ny tanan' Andriamanitra irery ihany no afaka hanatanteraka io asa io. Ny fifandraisany amin' ny hevi-diso dia nahatonga ny fahamarinana hiasa ho an' ny fahavalon' Andriamanitra sy ny olona. Tonga Kristy hametraka azy eo amin' izay hanomezany voninahitra an' Andria-manitra sy hiasany ho famonjena ho an' ny taranak' olombelona. {IFM 298.4}

«Ny Sabata no natao ho an' ny olona, fa tsy ny olona ho an' ny Sabata», hoy Jesosy. Natao hitondra tombon-tsoa ho an' ny taranak' olombelona ny zavatra izay naorin' Andriamanitra. «Fa ny zavatra rehetra dia natao noho ny aminareo». «Na Paoly, na Apolosy, na Kefasy, na izao tontolo izao, na fiainana, na fahafatesana, na ny zavatra ankehitriny, na ny zavatra ho avy ; dia anareo izany rehetra izany, ary hianareo an' i Kristy, ary Kristy an' Andriamanitra»20. Nomen' Andriamanitra ny vahoakany mba ho fitahiana ny lalàn' ny didy folo, ary anisan' izany ny Sabata. «Ary Jehovah nandidy antsika, hoy Mosesy, hanaraka ireo didy rehetra ireo sy hatahotra an' i Jehovah Andriamanitsika, mba hahita soa mandrakariva isika sy ho velona tahaka ny amin' izao anio izao»21. Nomena ny Isiraely koa, tamin' ny alalan' ny mpanao Salamo, ny hafatra manao hoe : «Manompoa an' i Jehovah amin' ny fifaliana; mankanesa eo anatrehany amin' ny fihobiana. Aoka ho fantatrareo fa Jehovah no Andriamanitra ; Izy no nanao antsika ary Azy isika, dia olony sy ondry fiandriny. Midira eo amin' ny vavahadiny amin' ny fisaorana ary eo an-kianjany amin' ny fiderana»22. Ary izao no ambaran' i Jehovah «ny amin' izay rehetra mitandrina ny Sabata ka tsy manao azy ho tsy masina : Dia ho entiko ho any an-tendrombohitro masina izy, ka ampifaliko ao an-tranoko fivavahana»23. {IFM 299.1}

«Fa ny Zanak' olona no Tompon' ny Sabata». Feno fampianarana sy fampiononana ireo teny ireo. Satria natao ho an' ny olona ny Sabata dia andron' i Jehovah izy. An' i Kristy izy. Fa «Izy no nahariana ny zavatra rehetra; ary raha tsy Izy dia tsy nisy nahariana izao zavatra ary izao, na dia iray aza»24. Koa satria nahary ny zavatra rehetra Izy, dia nahary ny Sabata koa. Izy no nanokana Azy ho tsangambaton' ny asa famoronana. Manondro Azy ho Mpamorona sy Mpanamasina izany. Manambara izany fa Ilay namorona ny zavatra rehetra any an-danitra sy etý an-tany, sy Ilay ihazonana ny zavatra rehetra, Izy no lohan' ny fiangonana ary amin' ny alalan' ny heriny dia ampihavanina amin' Andriamanitra isika. Hoy Izy mantsy raha miteny ny amin' Isiraely : «Ary nomeko azy koa ny Sabatako ho famantarana ho amiko sy ho aminy, mba ho fantany fa Izaho Jehovah no nanamasina azy»,25 mahatonga azy ho masina. Famantarana ny herin' i Kristy hahatonga antsika ho masina izany ny Sabata, ary nomena ho an' izay rehetra ataon' i Kristy ho masina koa. Amin' ny maha-famantarana ny heriny manamasina ny Sabata, dia nomena izay rehetra tonga anisan' ny Isiraelin' Andriamanitra amin' ny alalan' i Kristy izy. {IFM 299.2}

Hoy koa Jehovah : «Raha miaro ny tongotrao amin' ny Sabata hianao ka tsy manao izay tianao amin' ny androko masina, ary manao ny Sabata hoe fahafinaretana, ary ny nohamasinin' i Jehovah hoe Miendrika hohajaina. . . dia hiravoravo amin' i Jehovah hianao» 26. Ho fahafinaretana ny Sabata ho an' izay rehetra mandray azy ho famantarana ny herin' i Kristy mamorona sy manavotra. Mahita an' i Kristy ao amin' ny Sabata izy ka mifaly ao Aminy. Manondro azy ny asan' ny famoronana ho porofo mazava ny heriny lehibe eo amin' ny fanavotana ny Sabata. Mamerina ao an-tsaina ny fiadanana very tany Edena izany, nefa milaza koa ny fiadanana tafaverina amin' ny alalan' ny Mpamonjy. Ary ny zavatra rehetra eo amin' ny zavaboary dia mamerina ny antso manao hoe : «Mankanesa atỳ Amiko, hianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa Izaho no hanome anareo fitsaharana»27. {IFM 300.1}

## Toko 30—Nanendry roa ambin' ny folo lahy Izy

«Ary niakatra teo an-tendrombohitra Jesosy ka niantso izay tiany hankeo aminy; dia nankeo Aminy ireo. Ary nanendry roa ambin' ny folo lahy Izy ho ao Aminy sy hirahiny hitoriteny» 1. {IFM 301.1}

Teo ambanin' ny hazo zary fialofana teo amin' ny tehezan' ny tendrombohitra, tsy lavitry ny ranomasin' i Galilia, no niantsoana azy roa ambin' ny folo lahy ho amin' ny asa fitoriana, sy nanaovana ny toriteny teo an-tendrombohitra. Ny saha sy havoana no toerana tian' i Jesosy sy nahazatra Azy, ary maro tamin' ireo fampianarany no natao teny ankalamanjana, toy izay tao amin' ny tempoly na tao amin' ny synagoga. Tsy nisy synagoga antonona ny vahoaka be izay nanaraka Azy ; nefa tsy izay antony izay ihany no nifidianany hampianatra eny an-tsaha sy eny anaty ala-kely. Tian' i Jesosy ny zava-misy eny amin' ny zava-boahary. Ho Azy dia tempoly masina ny toerana mangingina rehetra azo itokanana. {IFM 301.2}

Teo ambanin' ny hazo tany Edena no nifidianan' ireo mponina voalohany ny fitoerany masina. Teo Kristy no nifandray tamin' ny rain' ny taranak' olombelona. Rehefa voaroaka avy tao amin' ny Paradisa ireo razambentsika dia mbola nivavaka tao amin' ny saha sy ny ala-kely izy, ary tao no nihaonan' i Kristy taminy nitondrany ny filazantsaran' ny fahasoavana. Kristy no niteny tamin' i Abrahama teo ambonin' ny hazo ôkan' i Mamre. Niteny tamin' i Isaka Izy raha nivoaka hivavaka tany an-tsaha rehefa harivariva ; niteny tamin' i Jakoba Izy teo amin' ny havoanan' i Betela; niteny tamin' i Mosesy Izy teo amin' ny tendrombohitr' i Midiana; ary niteny tamin' i Davida, zazalahy niandry ny andian' ondriny. Noho ny fitarihan' i Kristy no nialan' ny vahoaka Hebreo tao an-tranony herinandro iray isan-taona nandritra ny taonjato dimy ambin' ny folo, ka nitoerany tao amin' ny trano heva natao tamin' ny rantsan-kazo maitso avy tamin' ny «hazo tsara tarehy, dia sampan-drofia sy rantsan' ny hazo mikirindro ary hazo malahelo amoron' ny renirano»2. {IFM 301.3}

Raha nampiofana ny mpianany Jesosy, dia nifidy ny hiala amin' ny tabataban' ny tanàn-dehibe, ka nankany amin' ny saha sy ny havoana izay nifandrindra bebe kokoa tamin' ny leson' ny fahafoizan-tena izay tiany ampianarina azy. Ary nandritra ny asa fanompoana nataony dia tiany ny nanangona ny vahoaka manodidina Azy teo ambanin' ny lanitra manga, na teo amin' ny havoana rakotr' ahitra, na teo amoron' ny farihy. Teo amin' io toerana io, voahodidin' ny asa noharian' ny tenany, no nahazoany nanodina ny fisainan' ny mpihaino Azy hiala tamin' ny vitan' olombelona ho amin' ny voajanahary. Teo amin' ny fitomboan' ny zavaboary sy ny fivelarany no nanehoany ny foto-kevitry ny fanjakany. Raha nanandrandra ny masony ho amin' ny havoanan' Andriamanitra ny olona ka nibanjina ny asa mahagaga nataon' ny tanany, dia afaka hianatra ny lesona sarobidy momba ny fahamarinan' Andriamanitra izy. Averimberina aminy eo amin' izay

mitranga eo amin' ny zavaboary ny fampianaran' i Kristy. Toy izany koa amin' izay rehetra mankeny amin' ny saha miaraka amin' i Kristy ao am-pony. Ho tsapany manodidina azy ny hery masina miasa mangina. Izay mitranga eo amin' ny zavaboary dia iaingan' ny fanoharana nataon' ny Tompo ka mamerimberina ny torohevitra omeny. Misandratra ny saina ary mahita fiadanana ny fo amin' ny firaisana amin' Andriamanitra eo amin' ny zavaboary. {IFM 302.1}

Hanao ny dingana voalohany eo amin' ny fandaminana ny fiangonana izay ho solontenany eto an-tany Kristy rehefa lasa Izy. Tsy nisy fitoerana masina nandaniana volabe azony nampiasaina, fa nentin' ny Mpamonjy teo amin' ny toerana mangingina tiany ny mpianany mba hifandray mandrakizay tao an-tsain' izy ireo tamin' ny hakanton' ny tendrombohitra sy ny lohasaha ary ny ranomasina ireo fanandramana masina tamin' io andro io. {IFM 302.2}

Niantso ny mpianany Jesosy mba hahazoany mandefa azy ho vavolombelony, hanambara izay efa hitany sy reny taminy amin' izao tontolo izao. Tsy mbola nisy olombelona nantsoina hanao asa toy izao mihitsy, ary ny asan' i Kristy irery ihany no manantombo amin' izy rehetra. Ho mpiara-miasa amin' Andriamanitra izy hamonjena izao tontolo izao. Tahaka ireo patriarka 10a ambin' ny folo nijoro ho solontenan' ny Isiraely ireo apostoly roa ambin' ny folo izay nijoro ho solontenan' ny fiangonan' ny filazantsara. {IFM 302.3}

Fantatry ny Mpamonjy ny toetra amam-panahin' ny olona izay efa nofidiny, miharihary teo anatrehany ny fahalemeny sy ny hevi-diso tao aminy rehetra ; fantany ny loza izay tsy maintsy handalovany, ny andraikitra hipetraka aminy ;ka nalahelo mafy ireto nofinidiny Izy. Izy irery no teo amin' ny tendrombohitra teo akaikin' ny Ranomasin' i Galilia ary nandany ny alina manontolo hivavahana ho azy, raha indreo kosa izy ireo natory teo ambodin' ny tendrombohitra. Raha niseho ny tara-pahazavana voalohany amin' ny maraina vao niposaka, dia nasainy nihaona taminy izy ; nanana zava-dehibe holazaina aminy Izy mantsy. {IFM 303.1}

Efa nisy fotoana niarahan' ireo mpianatra ireo niasa marina tamin' i Jesosy. Jaona sy Jakoba, Andrea sy Petera niaraka tamin' i Filipo, ary Natanaela sy Matio no efa nifandray akaikikaiky kokoa taminy noho ireo hafa , sady efa nahita maso bebe kokoa ny fahagagana nataony. Petera sy Jakoba ary Jaona dia mbola akaiky Azy kokoa indray. Saika niaraka taminy mandrakariva ireo, ka nanatrimaso ny fahagagana nataony, ary nihaino ny teniny. Mbola nifankahazo am-po bebe kokoa tamin' i Jesosy i Jaona, ka niavaka izy amin' ny maha ilay tian' i Jesosy azy. Samy tian' ny Mpamonjy izy rehetra, fa i Jaona no nanana saina amam-panahy mora mandray indrindra. Zandriny indrindra izy, ary mihoatra noho ny fianteheran' ny zaza mahatoky no nanokafany ny fony tamin' i Jesosy. Noho izany no nifandraisany am-po bebe kokoa tamin' i Kristy, ary tamin' ny alalany no nampitaina tamin' ny vahoaka ny fampianarana ara-panahy lalina indrindra

nataon' ny Mpamonjy. {IFM 303.2}

Filohan' ny antoko iray nozarina ho apostoly Filipo. Izy no mpianatra voalohany nilazan' i Jesosy ny baiko mazava hoe : «Manaraha Ahy». Avy any Betsaïda Filipo, dia ilay tanànan' i Andrea sy Petera. Efa nihaino ny fampianaran' i Jaona Mpanao batisa izy ary nandre ny fanambarany an' i Kristy ho Zanak' ondrin' Andriamanitra. Tamin' ny fo madio no nikatsahan' i Filipo ny fahamarinana, nefa toa mbola nisalasala ny finoany Azy. Na dia efa nanaraka an' i Kristy aza izy, dia hita teo amin' ny fanambarany Azy tamin' i Natanaela fa tsy resy lahatra tanteraka ny amin' ny maha-Andriamanitra an' i Jesosy izy. Na dia efa nambaran' ilay feo avy tany an-danitra aza fa Zanak' Andriamanitra Jesosy, dia mbola «Jesosy avy any Nazareta, zanak' i Josefa» 3 ihany no nahafantaran' i Filipo Azy. Tamin' ny namahanana ny dimy arivo lahy no niseho indray ny tsy fananan' i Filipo finoana: Hitsapana azy no namctrahan' i Jesosy ny fanontaniana hoe : «Aiza no hividianantsika mofo hohanin' ireo?» Niandany tamin' ny tsy finoana ny valintenin' i Filipo: «Na dia mofo vidina denaria roan-jato aza tsy ampy azy rehetra hananany kely avy» 4. {IFM 303.3}

Nalahelo Jesosy satria na dia efa nahita ny asany aza Filipo ka nahatsapa ny heriny, dia mbola tsy nanam-pinoana ihany. Rehefa nanontany an' i Filipo ny mikasika an' i Jesosy ny Grika, dia tsy nohararaotiny ny fotoana nety nitondrana azy ireo teo amin' ny Mpamonjy, fa nandeha nilaza tamin' i Andrea izy. Tamin' ireo ora farany indray, talohan' ny nanomboana an' i Kristy teo amin' ny hazo fijaliana, dia nahakivy ny tsy finoana niseho teo amin' i Filipo. Raha hoy Tomasy tamin' i Jesosy hoe : «Tompoko, tsy fantatray izay alehanao, ka hataonay ahoana no fahafantatra ny lalana» ? Dia namaly ny Mpamonjy hoe: «Izaho no lalàna sy fahamarinana ary fiainana . . . Raha nahafantatra Ahy ianareo, dia ho nahafantatra ny Raiko koa». Avy tamin' i Filipo ny valinteny mitory tsy finoana : «Tompoko asehoy anay ny Ray, dia ampy ho anay izay» 5. Io mpianatra io no niadam-pandroso indrindra tamin' izay niaraka tamin' i Jesosy nandritra ny telo taona, fa nalemy indrindra ny finoany. {IFM 304.1}

Nahafinaritra kosa fa nifanohitra tamin' ny tsy finoan' i Filipo ny fahatokian' i Natanaela, toy ny fahatokian' ny zazakely. Lehilahy nafana fo izy, olona nanana finoana nifikitra tamin' ny tsy hita. Mpianatra teo amin' ny sekolin' i Kristy anefa Filipo ka nozakain' Ilay Andriamanitra Mpampianatra tamim-paharetana ny tsy finoany sy ny sainy votsa. Rehefa nirotsaka tamin' ny mpianatra ny Fanahy Masina, dia nanjary mpampianatra araka izay ilain' Andriamanitra Filipo. Fantany izay nolazainy ary nampianatra tamim-pahatokiana izy ka nandresy lahatra ireo mpihaino izany. {IFM 304.2}

Raha nanomana ny mpianany amin' ny nanirahany azy Jesosy, dia nisy anankiray izay tsy nantsoina, nefa nikiry ny ho anisan' ireo. Jodasy Iskariota io, lehilahy izay nisora-tena ho mpanaraka an' i Kristy. Niroso hangataka toerana aloha eo amin' ny

antokon' ny mpianatra nifampikasoka akaiky indrindra tamin' i Kristy Jodasy. Hafanam-po lehibe sy toa vokatry ny fo madio marina no nanambarany hoe : «Mpampianatra ô, hanaraka anao Aho na aiza na aiza halehanao». Tsy nandà azy Jesosy ary tsy nandray azy koa, fa namoaka ireto teny mampalahelo ireto fotsiny Izy hoe: «Ny amboahaolo manan-davaka ; ary ny voro-manidina manana fialofana ; fa ny Zanak' olona tsy mba manana izay hipetrahan' ny lohany»6. Nino Jodasy fa Jesosy no Mesia ; koa niaraka tamin' ny apostoly izy, nanantena fa hahazo toerana ambony ao amin' ny fanjakana vaovao. Io fanantenana io no nokendren' i Jesosy ho tapahina tangarana tamin' ny nilazany ny fahantrana nivelomany. {IFM 304.3}

Naniry fatratra ny hahatonga an' i Jodasy ho anisany ny mpianatra. Zatra mifehy no fijery azy, olona mahay mandinika sady havanana eo am-panaovan-javatra, koa noderainy tamin' i Jesosy izy, ary nolazainy fa afaka hanampy Azy betsaka amin' ny asany. Gaga anefa Jodasy raha nahatsapa ny fomba mangatsiaka dia mangatsiaka nandraisan' i Jesosy azy. {IFM 305.1}

Diso fanantenana be ny mpianatra noho Jesosy tsy niezaka hitady ny fiaraha-miasa tamin' ireo mpitarika tao amin' Isiraely. Tsapany fa fahadisoana ny tsy manamafy ny asany amin' ny fahazoana antoka ny fanohanan' ireny olona manam-pahefana ireny. Raha nitsipaka an' i Jodasy Izy dia ho nanontany anakam-po ireo, raha azo ianteharana tokoa ny fahendren' ny Tompony. Ny tohin' ny tantaran' i Jodasy no hampiseho azy ireo ny loza avy amin' ny famelana ny fomba fijerin' izao tontolo izao, hanan-danja eo amin' ny fanapahan-kevitra ny amin' ny fahamendrehan' ny olona iray hiasa ho an' Andriamanitra. Ny fiaraha-miasa amin' ny olona toy izany izay noheverin' ny mpianatra ho azo antoka, no azon' ilay fahavalo ratsy nohararaotina, ka hitaomany an' i Jodasy hamadika an' i Jesosy. {IFM 305.2}

Na dia niaraka tamin' ny mpianatra aza Jodasy, dia tsy niraika tamin' ny hakanton' ny toetra amam-panahin' i Kristy akory izy. Tsapany ny herin' Andriamanitra niasa mangina izay mitarika fanahy ho an' ny Mpamonjy. Ilay tsy manapaka ny volotara torotoro ary tsy mamono ny lahin-jiro manetona, dia tsy hitsipaka ity fanahy ity raha nisy faniriana na dia kely aza tao aminy, mba hanatratra ny fahazavana. Nahafantatra ny tao am-pon' i Jodasy ny Mpamonjy ; fan tany ny halalin' ny faharatsiana nilentehan' i Jodasy, raha tsy manafaka azy ny fahasoavan' Andriamanitra. Tamin' ny niarahan' io lehilahy io tamin' i Kristy no nametrahany azy teo amin' ny toerana izay nahazoany nifandray isan' andro isan' andro tamin ny fitiavana tsy ombam-pitiavan-tena, nitosaka avy teo Aminy. Raha namoha ny fony lamin' i Kristy Jodasy, dia ho voaroakan ny fahasoavan' Andriamanitra ny demonian' ny fitiavan-tena, ary nety ho tonga anisan' ny vahoakan' Andriamanitra izy. {IFM 305.3}

Mandray ny olona araka izay toetrany Andriamanitra, eo amin' ny maha-olombelona azy, eo amin' ny toetra amam-panahiny, ka manazatra azy ho amin' ny fanompoana Azy,

raha mety hotarihiny sy hianatra Aminy izy. Tsy nofidina amin' ny maha-tanteraka azy izy fa nofidina kosa na dia eo aza ny tsy fahatanterahany, mba hiova araka ny endriny amin' ny alalan' ny fahalalana ny fahamarinana sy ny fampiharana izany, ary koa amin' ny alalan' ny fahasoavan' i Kristy. {IFM 306.1}

Nanana fotoana azo nohararaotina tahaka ny mpianatra hafa ihany koa Jodasy. Samy nihaino ireo lesona sarobidy izy. Nefa ny fampiharana ny fahamarinana izay notakin» i Kristy, dia tsy nifanaraka tamin' ny faniriana sy ny fikasan' i Jodasy, hany ka tsy tiany ny hampilefitra ny heviny mba handraisany ny fahendrena avy any an-danitra. {IFM 306.2}

Fitiavana manao ahoana no nifandraisan' ny Mpamonjy tamin' ilay hamadika Azy. Teo amin' ny fampianarany dia nitoetra teo amin' ny foto-kevitry ny fiantrana Jesosy izay manongotra ny fitsiriritana hatrany amin' ny fotony. Nasehony teo anatrehan' i Jodasy ny toetra maharikorikon' ny filàna zavatra ho an' ny tena samirery, ary imbetsaka io mpianatra io no nahatsapa fa ny toetra amam-panahiny no notantaraina, ary ny fahotany no notondroina ; nefa tsy niaiky ny tsy fahamarinany izy sady tsy niala tamin' izany. Afa-po tamin' ny tenany izy ka tsy nanohitra ny fakam-panahy, fa mbola notohizany ihany ny fombany mangalangalatra. Kristy no ohatra velona teo anatrehany ny amin' izay nety ho tratrany raha mba nijinja ny tombon-tsoa avy tamin' ny fanelanelanana sy ny asany izy; fa nifandimby foana ny lesona, kanefa tsy nisy ren' ny sofin' i Jodasy. {IFM 306.3}

Tsy nanome tsiny azy mafy Jesosy momba ny fitsiriritana tao aminy, fa nitondra an' ity lehilahy nanao fahadisoana ity tamin' ny faharetan' Andriamanitra na dia nanome porofo mazava taminy aza Izy fa nahafantatra ny tao am-pony toy ny mamaky boky mivelatra. Nasehony teo anatrehany ny tarigetra ambony indrindra hampahazoto azy hanao ny tsara; ka dia tsy hisy fialan-tsiny ho an' i Jodasy raha mitsipaka ny fahazavan' ny Lanitra izy. {IFM 306.4}

Tsy nandeha teo amin' ny mazava Jodasy fa nifidy ny hitana ny toetra tsy mety eo aminy. Ny faniriana ratsy,ny fironana ambany mitarika hamaly faty, ny fisainana maizina sy maloto no nankamamiany, satria nifehy tanteraka ny maha-olona azy Satana. Nanjary solontenan' ny fahavalon' i Kristy Jodasy. Fony niditra hiaraka amin' i Jesosy izy, dia nanana lafin-toetra sarobidy sasantsasany, izay nety ho tonga fitahiana ho an' ny fiangonana. Raha tiany ny hitondra ny ziogan' i Kristy dia nety ho tonga anisan' ny filohan' ny apostoly izy; nohamafisiny anefa ny fony rehefa nabaribary ny toetra ratsiny, ka ny hambom-pony feno fitiavan-tena no nofidiny noho ny avonavony sy ny fikomiany. Fa raha naharesy izany kosa izy dia ho afaka hanao ny asa tian' Andriamanitra hataony. {IFM 307.1}

Samy nanana fahadisoana lehibe avokoa ny mpianatra rehetra raha niantso azy ho amin' ny fanompoana Jesosy. Na dia Jaona aza, izay nanana firaisana akaiky indrindra

tamin' Ilay malemy fanahy sy tsy miavona am-po, dia tsy nanana toetra voajanahary malemy fanahy sy milefitra akory. Izy mirahalahy no nomena anarana hoe : «zana-baratra». Raha niaraka tamin' i Jesosy izy indray mandeha. dia nirongatra ny hatezerany sy ny toetrany tia ady noho ny tsy fanajana nasehon' ny olona tamin' i Kristy. Samy tao amin' ilay mpianatra malala avokoa ny toetra ratsy sy ny valifaty, ny toe-tsaina mpaninitsiny. Feno rehareha izy, ary ny hambom-pony dia ny ho voalohany ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra. Nefa isan' andro isan' andro no nibanjinany ny fitiavana sy ny faharetan' i Jesosy izay nifanohitra tamin' ny toetran' ny tenany nirehidrehitra, ary reny ny lesona nataony nitory fanetren-tena sy faharetana. Nanokatra ny fony ho amin' ny herin' Andriamanitra miasa mangina izy, ka nanjary tsy mpihaino fotsiny fa mpanatanteraka ny tenin' ny Mpamonjy koa. Niafina tao amin' i Kristy ny «izaho». Nianatra ny hitondra ny ziogan' i Kristy sy ny hizaka ny entany izy. {IFM 307.2}

Nanome tsiny ny mpianany Jesosy. nampitandrina sy nananatra azy Izy, nefa tsy niala taminy Jaona sy ny rahalahiny ; nifidy an' i Jesosy izy na dia teo aza ny fanomezan-tsiny. Tsy niala taminy ny Mpamonjy noho ny fahalemeny sy ny fahadisoany. Notohizany hatramin' ny farany ny fizarana ny fitsapana sy ny fandraisana ny lesona teo amin' ny fiainany. Ny fibanjinany an' i Kristy no nahatonga fiovana teo amin' ny toetra amam-panahiny. {IFM 307.3}

Samihafa be ny apostoly teo amin' ny fahazarany sy ny toetrany. Tao ny mpamory hetra, toa an-dry Levi-Matio sy Simona feno hafanam-po mirehitra, mpankahala ny fahefan' i Roma ary tsy manaiky marimaritra iraisana aminy, tao ry Petera malala-tanana sy taitaitra, ry Jodasy manana toe-tsaina mahihitra ; tao ry Tomasy, manana fo mahatoky, ry Filipo manana fo mitaraikiraiky sy mirona ho amin' ny fisalasalana, ary ireo zanak' i Zebedio be hambom-po, mivantambantana sy ireo rahalahiny. Tafaraka izy rehetra ireo, samy nanana ny fahadisoany samihafa avy, ny fironany ho amin' ny ratsy nolovana sy nokolokoloina ; nefa tao amin' i Kristy sy tamin' ny alalan' i Kristy no nivelomany teo anivon' ny fianakavian' Andriamanitra, ka nianarany ny ho tonga iray ao amin' ny finoana, ao amin' ny fampianarana, ao amin' ny fanahy. Nanana ny fitsapana nihatra taminy izy, nanana ny alahelony, ny tsy fitovian-kevitra teo aminy ; nefa raha nitoetra tao am-pony Kristy, dia tsy nety hisy fisarahana intsony. Hitarika fifankatiavana eo aminy ny fitiavan' i Jesosy ; hitarika azy ho eo amin' ny fampirindrana ny fahasamihafana rehetra ny lesona nataon' ny Tompo, ka hitondra ny mpianatra eo amin' ny firaisana, mandra-pahatonga azy rehetra hiray saina sy hiray hevitra. Kristy no foibe lehibe, hifanatonan' izy ireo araka ny hanatonany ny foibe. {IFM 308.1}

Rehefa nofaranan' i Jesosy ny fampianarana nomeny ny mpianany dia nangoniny manodidina Azy akaiky ilay antokon' olona kely ; nandohalika teo afovoany Izy, nametra-tanana taminy, nanao vavaka ho fanolorana azy ho amin' ny asa masina. Toy izany no nanendrena ny mpianatry ny Tompo ho amin' ny asan' ny filazantsara. {IFM

308.2}

Mba hisolo tena Azy eo amin' ny olona, dia tsy anjely tsy mbola lavo no nofidin' i Kristy, fa olombelona, olona manana fironana ambany tahaka ireo mpanota iriny ho vonjena ihany. Noraisin' i Kristy teo amin' ny tenany ny maha-olombelona mba hahazoany mahatratra ny taranak' olombelona manontolo. Ilain' ny mahaAndriamanitra ny maha-olombelona ; satria samy ilaina ny mahaAndriamanitra sy ny maha-olombelona mba hitondrana famonjena amin' izao tontolo izao. Nilain' ny maha-Andriamanitra ny mahaolombelona mba hahazoan' i Kristy taranak' olombelona hanolotra fantsona mampifandray an' Andriamanitra sy ny olona. Toy izany koa amin' ny mpanompo sy ny mpitondra hafatra ho an' i Kristy. Mila hery ivelan' ny tenany sy mihoatra noho ny tenany izy, mba hamerina aminy ny fitoviana amin' Andriamanitra ka hahatonga azy ho afaka hanao ny asan' Andriamanitra; nefa tsy mahatonga ny asan' ny olombelona tsy ho zava-dehibe tsy akory izany. Mamikitra amin' ny herin' Andriamanitra ny taranak' olombelona, mitoetra ao am-po amin' ny alalan' ny finoana Kristy ; ary manjary mahasoa hanao ny tsara ny herin' ny olona amin' ny alalan' ny fiaraha-miasa amin' ny herin' Andriamanitra. {IFM 308.3}

Ilay niantso ny mpanarato tany Galilia no mbola miantso olona koa ankehitriny hanompo Azy. Vonona indrindra haneho ny heriny amin' ny alalantsika izy tahaka ny nahavonona Azy tamin' ny mpianatra voalohany. Na dia tsy tanteraka sy mpanota aza isika, dia maharitra manolotra antsika ny fiaraha-miasa Aminy Izy, sy ny fianarana asa Aminy. Manasa antsika Izy handray ny fitarihan' Andriamanitra, mba hahazoantsika manao ny asan' Andriamanitra, rehefa miray amin' i Kristy isika. {IFM 309.1}

«Fa manana izao rakitra izao amin' ny vilany tany izahay, mba ho an' Andriamanitra ny halehiben' ny hery fa tsy ho avy aminay» 7 Io no antony nanankinana ny fitoriana ny filazantsara amin' ny olombelona diso fa tsy amin' ny anjely. Mazava fa herin' Andria-manitra ny hery izay miasa amin' ny alalan' ny fahalemen' ny olombelona ; ary noho izany dia amporisihina isika hino fa ny hery izay afaka hanampy ny hafa izay malemy tahaka antsika, dia afaka manampy antsika koa. Izay «hodidinin' ny fahalemena» dia tokony ho afaka «mitondra mora ny tsy mahalala sy ny mania» 8 Satria efa notandindomin-doza koa izy, ary efa nifamahofaho tamin' ny loza sy ny zava-tsarotra teny an-dalana ny fiainany ary noho io antony io dia nantsoina izy ireo mba hanatsotra ny tanana amin' ny hafa izay tandindomin-doza tahaka izany koa. Misy fanahy very hevitra noho ny fisalasalana, vesaran' ny fahosana, malemy amin' ny finoana, ary tsy afaka mamikitra ilay tsy hita ; nefa indro misy sakaiza iray mety ho hitany, manatona azy amin' ny alalan' i Kristy, manaiky ho tonga masom-by iray ka hampifikitra sy hampiray ny finoana mangozohozo amin' i Kristy. {IFM 309.2}

Mpiara-miasa amin' ny anjelin' ny lanitra isika rehefa maneho an' i Jesosy eo amin' izao tontolo izao. Mila tsy ho andrin' ny anjely mafana fo ny fiarahantsika miasa aminy ;

satria tsy maintsy ho olona no hanjary fantsona hikorianan' ny fahasoavana ho eo amin' ny olona tahaka azy. Rehefa manolo-tena ho an' i Kristy amin' ny fitiavam-bavaka mameno ny fontsika manontolo isika, dia mifaly ny anjely satria azony atao ny manambara ny fitiavan' Andriamanitra amin' ny alalan' ny feontsika. {IFM 309.3}

## Toko 31—Ny toriteny teo an-tendrombohitra

Mahalana Kristy no manangona ny mpianany irery handray ny teniny. Tsy ireo izay efa mahalala ny lalan' ny fiainana irery no nofidiny hihaino Azy. Ny asany dia ny mitory amin' ny vahoaka marobe ao anatin' ny tsy fahalalana sy ny fahadisoan kevitra. Nomeny ireo leson' ny fahamarinana ireo mba, hiantefa hatrany amin' ny saina nohamaizinina. Ny tenany mihitsy no Fahamarinana; voasikina ny valahany sy mitsotra vonon-kitahy ny tanany, ary miezaka ny hanandratra izay rehetra manatona Azy amin' ny teny fampitandremana sy fiangaviana ary fampaherezana Izy. {IFM 311.1}

Na dia nomena manokana ho an' ny mpianatra aza ny toriteny teo an-tendrombohitra 1, dia natao ho ren' ny vahoaka marobe. Rehefa avy nanendry ny apostoly Jesosy, dia niaraka taminy teo amoron' ny ranomasina Izy. Vao maraina koa dia nanomboka nivory teo ny olona. Ankoatr' ireo vahoaka mahazatra avy tamin' ny tanànan' i Galilia, dia nisy olona avy tany Jodia, eny na avy tany Jerosalema aza; ary koa avy tany Perea, Dekapolisy, Edoma, any atsimo lavitr' i Jodia, ary Tyro sy Sidona, tanàna Foinikiana teo amoron' ny ranomasina Mediteraneana. «Rehefa nandire izay zavatra nataony» ireo, dia nankeo Aminy, «hihaino azy sy hositranina amin' ny aretiny»2 {IFM 311.2}

Tery ilay morontsikara ka tsy ampy hatao sehatra hijoroana handrenesan' izay rehetra maniry ny hihaino Azy, koa notarihin' i Jesosy hiverina ho eo amin' ny tehezan' ny tendrombohitra ireo. Rehefa tonga teo amin' ny toerana avo marin-tampona, izay toerana mahafinaritra azon' ny mpiangona betsaka nivoriana Izy, dia nipetraka teo amin' ny ahitra, ary nanaraka ny ohatra nomeny koa ny mpianatra sy ny vahoaka marobe. {IFM 311.3}

Teo akaikin' i Jesosy mandrakariva no nitoeran' ny mpianatra. Na dia nifanizina taminy aza ny olona, dia nataon' ny mpianatra izay tsy hahavoatosiky vahoaka Azy tsy ho eo anatrehany. Nipetraka teo anilany izy ireo, mba tsy hisy ho very na dia teny iray aza amin' ny fampianarany. Mpihaino nanongilan-tsofina izy ireo, maniry mafy ny handray ny fahamarinana izay tokony hampahafantariny any amin' ny tany rehetra sy amin' ny fotoan' andro rehetra. {IFM 312.1}

Tsapany fa tsy maintsy misy zavatra hafa noho ny fahita mety hiseho ka nifanety nanodidina ny Tompony izy. Nino izy fa efa kely sisa dia haorina ny fanjakana, ary ny toe-javatra nitranga tamin' ny maraina no nahazoany antoka fa misy filazana hambara mikasika izay hatao tsy ho ela. Nanenika ny vahoaka koa ny fahatsapana fa misy zavatra andrasana, ka hita mazava teo amin' ny endriny nitory fahazotoana fa liana dia liana izy. Raha nipetraka teo amin' ny ahitra teo amin' ny havoana ny olona, niandry ny tenin' Day Andriamanitra Mpampianatra, dia feno ny fieritreretana ny voninahitra ho avy ny fony. Teo koa ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo izay nibanjina ny andro hananany fahefana

amin' ny Romana nankahalainy, ka handraisany ny harena sy ny famirapiratan' ny fanjakana lehibe eo amin' izao tontolo izao. Ny tantsaha sy ny mpanarato mahantra dia nanantena handre fanomezan-toky fa hosoloina tranobe feno ny ampy sy androm-piadanana ny fisoko kely mahantra misy azy, ny haniny tapa-kibo, ny fiainany lany amin' ny asa mafy sy ny fahatahorany ny tsy fahampiana. Nanantena izy fa ho solon' ny akanjo notafiany tamin' ny antoandro sy nirakofany tamin' ny alina, dia homen' i Kristy azy ny akanjo sarobidy sy lafo natokana ho an' ny mpandresy. Nangitakitaka ny fo rehetra noho ny fanantenana nireharehany fa kely sisa dia homemboninahitra eo anatrehan' ny firenena Isiraely amin' ny maha-voafidin' i Jehovah azy, ary hasandratra ho lohan' ny fanjakana manerana ny tany i Jerosalema. {IFM 312.2}

Nandiso ny fanantenan' ny olona momba ny fahalehibeazana araka izao tontolo izao Kristy. Tao amin' ny toriteny teo an-tendrombohitra no niezahany mafy hamaha ny asa izay efa notanterahin' ny fanabeazana diso, sy hanome fahalalana araka izay izy momba ny fanjakany sy ny toetra amam-panahin' ny tenany ho an' ny mpihaino Azy. Tsy namely mivantana ny hevi-diso teo amin' ny olona Izy na dia izany aza. Hitany ny fahantran' izao tontolo izao raha ny momba ny fahotana, nefa tsy nasehony teo anatrehany ny sary velona maneho ny fahoriany. Zavatra tsara lavitra noho izay efa fantany no nampianariny azy. Tsy nanohitra ny heviny momba ny fanjakan' Andriamanitra Izy, fa nolazainy taminy ny fepetra hidirana ao, ka navelany izy ireo no hisintona ny fehin-keviny ny amin' ny toetran' izany fanjakana izany. Tsy latsa-danja ho antsika ny maha-zava-dehibe ny fahamarinana izay nampianariny mihoatra noho ny ho an' ny vahoaka marobe izay nanaraka Azy. Daintsika tsy latsaka noho ireo ny hianatra ny foto-kevitra iorenan' ny fanjakan' Andriamanitra. {IFM 312.3}

Ny teny voalohany nataon' i Kristy tamin' ny vahoaka teo an-tendrombohitra dia teny milaza fitahiana. Sambatra, hoy Izy, izay manaiky ny fahantrany ara-panahy ka mahatsapa ny ilàny fanavotana. Tokony hotoriana amin' ny mahantra ny Filazantsara. Tsy ny miavonavona ara-panahy, izay milaza ny tenany ho manankarena sy tsy manan-java-mahory no hanambarana izany, fa izay manetry tena sy torotoro fo. Loharano tokana ihany no nosokafana hanadio ny fahotana, dia loharano ho an' ny malahelo am-panahy. {IFM 313.1}

Miezaka ny hahazo famonjena samirery ny fo mirehareha; nefa eo amin' ny fahamarinan' i Kristy ihany no ananantsika zo hiditra any an-danitra sy ny fahavononantsika ho any. Tsy misy na inona na inona azon' ny Tompo atao hanasitranana ny olona raha tsy miaiky ny fahalemeny izy, ka miala amin' ny fiheverantena ho zavatra, ary mampilefitra ny tenany ho fehezin' Andriamanitra. Amin' izay dia azony atao ny handray ny fanomezana izay andrasan' Andriamanitra harotsaka. Ny fanahy izay mahatsapa ny ilainy dia tsy mitana na inona na inona. Azony atao ny manatona tsy misy fepetra an' Ilay itoeran' ny fahafenoana rehetra. «Fa izao no lazain'

ny Ilay avo sy manerinerina, Izay monina mandrakizay, Masina no anarany : Ao amin' ny fitoerana avo sy masina no onenako, ary ao amin' ny torotoro fo sy manetry tena, hamelombelona ny fanahin' ny manetry tena sy hamelombelona ny fon' ny torotoro fo» 3. {IFM 313.2}

«Sambatra ny ory ; fa izy no hampifaliana». Amin' ireo .teniny ireo Kristy dia tsy mampianatra fa manan-kery hanala ny fanamelohan' ny ota ny fahoriana. Tsy manome alalana ny fisehosehoana na ny fanatren-tena iniana Izy. Ny fahoriana izay lazainy dia tsy alahelohelo foana sy fitarainana. Raha malahelo noho ny fahotana isika, dia mifaly kosa noho ny tombon-tsoa lehibe amin' ny mahazanak' Andriamanitra antsika. {IFM 313.3}

Matetika isika no malahelo satria mitondra vokatra tsy mahafinaritra ho antsika ny asa ratsy ataontsika; tsy fibebahana anefa izany. Ny tena alahelo noho ny fahotana dia vokatry ny asan' ny Fanahy Masina. Ny Fanahy no manambara ny tsy fahaizan' ny fo mankasitraka, dia ny fo manao tsinontsinona ny Mpamonjy sy mandratra Azy , ka entiny eo am-pototry ny hazo fijaliana isika rehefa torotoro fo. Mandratra an' i Jesosy indray ny fahotana rehetra ; ary raha mijery Azy Izay nolefonina isika dia malahelo noho ny fahotana izay nahatonga ady mihatra aman' aina taminy. Ny alahelo toy izany no hitarika ho amin' ny fahat ', oizana ny fahotana. {IFM 314.1}

Mety hilaza izao tontolo izao fa fahalemena io alahelo io ; nefa izany no hery mamatotra ny mibebaka amin' Ilay tsy voafetra amin' ny alalan' ny fatorana tsy azo tapahina. Mampiseho izany fa averin' ny anjelin' Andriamanitra amin' ny fanahy ny fahasoavana izay veriny noho ny hamafin' ny fo sy ny fandikany lalàna. Tsy inona ny ranomason' ny mibebaka fa ranonorana mitete izay mialoha ny tara-masoandron' ny fahamasinana. Io alahelo io no mahatonga fifaliana izay hanjary loharano velona ho an' ny fanahy. «Kanefa kosa ekeo ny helokao, fa tamin' i Jehovah Andriamanitrao no niodinanao» ; «fa mamindra fo Aho, hoy Jehovah, ka tsy hitahiry fahatezerana»4 aminao Aho. Ho an' ny malahelo ao Ziona dia nokendreny homena «hamama ho solon' ny lavenona, sy diloilo fifaliana ho solon' ny fahalahelovana, ary fitafiana fiderana ho solon' ny fanahy reradreraka»5. Misy fampiononana koa ho an' ireo izay ory noho ny fitsapana sy ny alahelo. Tsara noho ny fampanaranam-po ny fahotana ny ngidin' ny fahoriana sy ny fietrena. Amin' ny alalan' ny fahoriana no anehoan' Andriamanitra amintsika ny fototr' aretina eo amin' ny toetra amam-panahintsika, mba hahazoantsika mandresy ny fahadisoana amin' ny alalan' ny fahasoavany. Misy tokoa ny fandrika velarina amintsika izay ho fisedrana, na hanaiky ny fananarana sy ny torohevitr' Andriamanitra isika na tsia. Rehefa entina eo amin' ny fitsapana isika dia tsy tokony ho sorena na hitaraina ; tsy tokony hikomy na hiahiahy ka hiala avy eo am-pelatanan' i Kristy isika. Tokony hampietry ny fanahintsika eo anatrehan' Andriamanitra isika. Maizina ny lalan' i Jehovah ho an' izay maniry hijery ny zava-mitranga amin' ny fahazavana mahafinaritra ny tenany. Toa maizina sy tsy misy fifaliana izany ho an' ny toetry ny maha-olombelona antsika.

Lalan' ny famindrampo anefa ny lalan' Andriamanitra ary miafara amin' ny famonjena. {IFM 314.2}

Tsy fantatr' i Elia ny nataony fony izy tany an-efitra ka nilaza izy fa leon' ny fiainana ary nivavaka mba ho faty. Tsy noraisin' i Jehovah tamin' ny teniny izy noho ny famindrampony. Mbola nisy asa lehibe hataon' i Elia, ary rehefa vita ny asany, dia tsy ho faty amin' ny famoizam-po sy manirery any an-efitra izy. Tsy hidina velively ao amin' ny vovoky ny tany izy, fa hiakatra amim-boninahitra amin' ny kalesy afo ho any amin' ny seza fiandrianana any amin' ny Avo. {IFM 315.1}

Izao no tenin' Andriamanitra amin' ny malahelo : «Efa nahita ny làlany Aho, nefa hahasitrana azy ihany, dia hitari-dàlana azy Aho ka hampody ny fiononana ho aminy sy ho amin' ny malahelo ao aminy». «Fa hampodiko ho fifaliana ny fitomaniany, ka hampiononiko sy hampifaliako izy ho afaka ahahelo»6. {IFM 315.2}

«Sambatra ny malemy fanahy». Ny zava-tsarotra hatrehintsika dia mety hihena betsaka noho ny fahalemem-panahy izay miafina ao amin' i Kristy. Raha manana ny fanetren-tenan' ny Tompontsika isika dia hijoro hisetra ny fanaovana tsinontsinona, ny faninitsiniana, ny fanorisorenana mihatra amintsika isan' andro, ary ho foana ho azy ka tsy hahatonga haizina amin' ny fanahy ireo toe-javatra ireo. Ny porofo ambony indrindra momba ny fahamendrehana kristiana dia ny fifehezan-tena. Izay tsy mahay mitana toe-tsaina tony sy mahatoky rehefa iharan' ny herisetra sy ny fahasiahana, dia mandroaka an' Andriamanitra amin' ny zony haneho eo aminy ny fahatanterahan' ny toetra amam-panahin' ny tenan' Izy Andriamanitra. Ny fo mietry no hery izay manome fandresena ny mpanaraka an' i Kristy ; io no antoky ny fifandraisany amin' ny lapa any ambony. {IFM 315.3}

«Fa na dia avo aza Jehovah, dia mijery ny ambany toetra»7. Izay mampiseho ny toe-tsain' i Kristy malemy fanahy sy tsy miavona am-po no jeren' Andriamanitra amim-pitiavana. Mety hijery azy amin' ny fanesoesoana izao tontolo izao, nefa kosa sarobidy eo imason' Andriamanitra izy. Tsy ny hendry na ny lehibe na ny manao soa ihany no hahazo alalana ho any amin' ny lapan' ny lanitra ; tsy ny mpiasa be raharaha ihany na ireo feno hafanam-po sy miasa tsy an-kijanona ihany no manana izany zo izany. Tsia, ny mahantra am-panahy, izay mangetaheta ny fanatrehan' i Kristy hitoetra ao aminy, izay manana fo manetry tena ka ny hanao ny sitrapon' Andriamanitra no faniriany ambony indrindra, — ireo koa no hahazo miditra malalaka. Ho anisan' ireo izay nanasa ny akanjony' sy namotsy azy tao amin' ny ran' ny Zanak' ondry izy. «Ary noho izany dia mitoetra eo anoloan' ny seza fiandrianan' Andriamanitra izy ka manompo Azy andro aman' alina eo amin' ny tempoliny; ary Ilay mipetraka eo ambonin' ny seza fiandrianana dia hamelatra ny trano lainy handrakotra azy»8. {IFM 315.4}

«Sambatra izay noana sy mangetaheta ny fahamarinana». Ny fahatsapana ny tsy

fahamendrehana no mitarika ny fo ho noana sy hangetaheta ny fahamarinana, ary tsy ho diso fanantenana io faniriana io. Izay manome toerana ho an' i Jesosy ao am-pony no hahatsapa ny fitiavany. Izay rehetra maniry mafy hanana ny fitoviana amin' ny toetra amam-panahin' Andriamanitra dia ho afa-po tokoa. Tsy hamela ny fanahy izay mibanjina an' i Jesosy tsy hahazo fanampiana mihitsy ny Fanahy Masina. Raisiny ny zavatra momba an' i Kristy ka asehony azy. Raha maharitra mibanjina an' i Kristy ny maso, dia tsy mijanona ny asan' ny Fanahy Masina raha tsy mitovy endrika Aminy ny fanahy. Hampitombo ny fanahy ny fitiavana madio, ka hanome azy ny fomba hahatrarany ny tarigetra ambony indrindra sy ny fahalalana mitombo hatrany momba ny zavatry ny lanitra, hany ka tsy hisy ho banga intsony eo aminy fa ho heniky ny fahafenoana izy. «Sambatra izay noana sy mangetaheta ny fahamarinana fa izy no hovokisana !» {IFM 316.1}

Hahita famindrampo ny mpamindra fo, ary hahita an' Andriamanitra ny madio am-po. Ny fisainana maloto rehetra no mandoto ny fanahy, mahaosa ny fiainana ara-pitondrantena, ary mahatonga fahasimbana amin' ny toetra nalatsaky ny Fanahy Masina ao am-po. Mampihena ny fahitana ara-panahy izany, ka manjary tsy afaka mibanjina an' Andriamanitra ny olona. Afaka mamela heloka ny mpanota mibebaka Andriamanitra sady maniry izany indrindra Izy ; nefa na dia voavela heloka aza ny mpanota, dia efa niharan' ny fahasimbana ny fanahiny. Tsy maintsy hialan' izay te hanana fahalalana mazava ny fahamarinana ara-panahy ny tsy fahadiovana rehetra eo amin' ny fiteny sy ny fisainana. {IFM 316.2}

Nefa mahafaoka be lavitra noho ny fahafahana amin' ny tsy fahadiovana sy ny filàna ny tenin' i Kristy, eny, mihoatra noho ny fahafahana amin' ny fahalotoana araka ny lalàna teo amin' ny fanompoam-pivavahana izay nireharehan' ny Jiosy fatratra aza. Ny fitiavan-tena no manakana antsika tsy hibanjina an' Andriamanitra. Ny toe-tsaina mitady ny an' ny tena dia mitsara an' Andriamanitra ho toy ny olona tahaka ny tena ihany. Raha tsy afointsika izany, dia tsy ho haintsika ny hahafantatra Azy Izay fitiavana. Ny fo tsy mihevitra ny tena ihany, ny toe-tsaina manetry tena sy mahatoky ihany no hahita an' Andriamanitra Izay «mamindra fo sy miantra, mahari-po sady be famindrampo sy fahamarinana»9. {IFM 316.3}

«Sambatra ny mpampihavana». Ny fiadanan' i Kristy dia avy amin' ny fahamarinana. Mifandrindra amin' Andriamanitra izany. Mandrafy ny lalàn' Andriamanitra izao tontolo izao; mandrafy ny Mpanao azy ny mpanota; ary ho vokatr' izany dia mifandrafy izy roroa. Nefa hoy ny Mpanao salamo hoe : «Be fiadanana izay tia ny lalànao, ary tsy misy mahatafintohina azy»10. Tsy manan-kery hampisy fiadanana ny olona. Ny drafitra nataon' ny olombelona mba hanadiovana sy hanandratana ny isam-batan' olona na ny fikambanana dia tsy hahomby amin' ny fanamboarany fiadanana, satria tsy mahatratra ny fo izany. Ny fahasoavan' i Kristy no hany hery afaka hamorona na hampaharitra ny tena

fiadanana. Rehefa voavoly ao am-po izany, dia handroaka ny fironana ratsy rehetra izay mahatonga ady sy fisarahana. «Ny hazo kypreso haniry ho solon' ny tsilo, ary ny rotra ho solon' ny sampivato», «ary ny tany hay mifaly sy mamony tahaka ny lilia»11. {IFM 317.1}

Gaga tamin' ny fampianaran' i Jesosy, izay samihafa indrindra tamin' ny fitsipika sy ny ohatra nomen' ny Fariseo ny vahoaka. Noheverin' izy ireo fa ny atao hoe fahasambarana dia ny fananana zavatra eto amin' ity tany ity, ary ny laza sy ny voninahitry ny olona no tokony hotsiriritina mafy. Nahafinaritra tokoa ny atao hoe Raby, sy ny hoderaina fa hendry sy mivavaka, manana ny toetra tsara aseho eo anatrehan' ny besinimaro. Izany no noheverina fa fara-tampon' ny fahasambarana. Nefa teo anatrehan' ireo vahoaka marobe ireo no nanambaran' i Jesosy fa ny tombon-tsoa sy ny voninahitra eto an-tany no hany valisoa mety ho azon' ny olona toy izany. Niteny tamim-pahatokiana Izy ary nisy hery nandresy lahatra nanaraka ny teniny. Nangina ny olona, ary nisy tahotra tsapany fa nanenika ny fanahiny. Nifampijery izy ireo ka feno fisalasalana hoe : Iza amin' izy ireo no ho voavonjy raha marina ny fampianaran' ity Lehilahy ity ? Betsaka no niaiky fa tena nohetsehin' ny Fanahin' Andriamanitra io Mpampianatra mahatalanjona io, ary tena avy tamin' Andriamanitra ny fihetseham-po izay navoakany. Rehefa nanazava ny atao hoe tena fahasambarana sy ny fomba ahazoana izany Jesosy, dia notondroiny tamin' ny fomba mazava kokoa ny adidin' ny mpianany amin' ny maha-Mpampianatra nofidin' Andriamanitra azy hitarika ny hafa eo amin' ny lalan' ny fahamarinana sy ny fiainana mandrakizay. Fantany fa hiharan' ny fahadisoam-panantenana sy ny fahakiviana matetika izy ireo, ka hifanehatra amin' ny fanoherana hentitra, sy hotenenin-dratsy, ary ho lavina ny teny vavolombelona hoentiny. Fantany tsara fa eo amin' ny fanatanterahana ny asa nanirahana Azy, dia tsy maintsy hizaka fanaratsiana, fampijaliana, fanaovana am-ponja ary fahafatesana ireto olona tsotra mihaino ny teniny sy manongilan-tsofina fatratra ireto, ka dia hoy indray Izy hoe : {IFM 317.2}

«Sambatra izay enjehina noho ny fahamarinana; fa azy ny fanjakan' ny lanitra. Sambatra hianareo, raha haratsian' ny olona sy enjehiny ary asiany izay teny ratsy rehetra hitenenany lainga anareo noho ny amiko. Mifalia sy miravoravoa hianareo, fa lehibe ny valim-pitianareo any an-danitra; fa toy izany ihany no nanenjehany ny mpaminany izay talohanareo». {IFM 318.1}

Tia fahotana izao tontolo izao ary mankahala ny fahamarinana, ary izany no anton' ny fankahalany an' i Jesosy. Izay rehetra mandà ny fitiavany tsy misy fetra, no hanakorontana ny fivavahana kristiana. Ny fahazavan' i Kristy no mampisava ny haizina izay manarona ny fahotany, ary mampiharihary fa ilaina ny fanavaozana. Raha manomboka miady amin' ny tenany ireo izay milefitra amin' ny herin' ny Fanahy Masina miasa mangina ao anatiny ireo, dia hiady amin' ny fahamarinana sy amin' ny solontenany kosa ireo izay mifikitra amin' ny fahotana. {IFM 318.2}

Mipoaka ny ady, ary ny mpanaraka an' i Kristy no hampangaina ho mpanakorontana ny vahoaka. Nefa ny fiarahany amin' Andriamanitra no mahatonga ny fandrafian' izao tontolo izao azy. Mitondra ny-fahafaham-barakan' i Kristy izy ary nandeha eo amin' ny lalana izay nandehanan' ny Olona mendrika indrindra eto an-tany. Tsy amin' alahelo fa amim-piravoravoana no hisetrany ny fanenjehana. Ny fitsapana mahamay tsirairay avy dia samy fiasan' Andriamanitra hanadiovana azy. Samy mampiofana azy ho amin' ny asany ireny ka hahatonga azy ho mpiara-miasa Aminy. Ny ady rehetra dia samy manana ny toerany eo amin' ny tolona lehibe ho an' ny fahamarinana, ary samy hanampy fifaliana ho amin' ny fandresena farany. Rehefa ao an-tsaina izany, dia hekena amim-pifaliana ny fisedrana ny finoana sy ny faharetana fa tsy hatahorana sy hialana. Revo dia revo ny mpanompon' Andriamanitra hanatanteraka ny adidiny amin' izao tontolo izao, ary maniry hahazo ny fankasitrahan' Andriamanitra. Hanatontosa ny adidy rehetra natolotra azy ny mpanompony, ka tsy heveriny ho zavatra akory ny tahotra ny olona na ny fankasitrahany. {IFM 318.3}

«Hianareo no fanasin' ny tany», hoy Jesosy. Aza mihatakataka amin' izao tontolo izao mba handositra ny fanenjehana. Tokony hitoetra eo anivon' ny olona ianareo, mba ho fanasina hiaro an' izao tontolo izao amin' ny fahalovana ny tsiron' ny fitiavan' Andria-manitra ao aminareo. {IFM 319.1}

Ny fo izay mamaly ny herin' ny Fanahy Masina miasa mangina aminy no fantsona ikorianan' ny fitahian' Andriamanitra. Raha miala amin' ny tany ireo izay manompo an' Andriamanitra, ka miala tsy ho eo amin' ny olona ny Fanahiny, dia ho voatarika ho amin' ny fahasimbana sy ny faharavana izay vokatry ny fanapahan' i Satana izao tontolo izao. Na dia tsy fantatry ny ratsy fanahy aza izany, dia ny fisian' ny vahoakan' Andriamanitra, izay hamavoiny sy hampahoriana eo amin' izao tontolo izao, no ahazoany ny fitahiana amin' ity fiainana ity. Fa raha anarana fotsiny ny maha-kristiana ny kristiana, dia tahaka ny fanasina tsy misy tsirony intsony izy, ary tsy manana hery hiasa mangina ho amin' ny tsara eo amin' izao tontolo izao. Noho ny kristiana diso fampiseho an' Andriamanitra, dia ratsy noho ny tsy mpino izy. {IFM 319.2}

«Hianareo no fahazavan' izao tontolo izao». Ny Jiosy dia nihevitra ny hamihina ny tombon-tsoan' ny famonjena ho an' ny fireneny irery ihany ; nasehon' i Kristy azy anefa fa tahaka ny fahazavan' ny masoandro ny famonjena ka ho an' izao tontolo izao manontolo. Tsy tokony hafenina ao anaty fonom-boky ny fivavahan' ny Baiboly, na ao anatin' ny rindrim-piangonana. Tsy tokony hampiasaina indraindray hahazoana tombon-tsoa izany, ary avy eo dia apetraka indray. Tokony hanamasina ny fiainana andavanandro izany, sy hiseho eo amin' ny asa aman-draharaha rehetra ary eo amin' ny fifandraisantsika eo amin' ny fiaraha-monina. {IFM 319.3}

Tsy isalorana avy etỳ ivelany tsy akory ny tena toetra amampanahy marina; fa mamirapiratra avy ao anaty izany. Raha irintsika ny hitarika ny hafa ho eo amin' ny

lalan' ny fahamarinana, dia tsy maintsy voarakitra ao am-pontsika ny foto-kevitry ny fahamarinana. Mety hanambara ny laha-kevitra eo amin' ny fivavahana ny fanekempinontsika, nefa ny fitiavam-bavaka iainana no mampiseho mazava ny teny fahamarinana. Ny fiainana mirindra, ny resaka masina atao, ny fahamarinan-toetra tsy azo hozongozonina, ny toe-tsaina vonon-kiasa, manao soa sy ny ohatry ny toe-panahy araka an' Andriamanitra, — ireo no fitaovana mpanelanelana izay itondrana ny fahazavana ho amin' izao tontolo izao. {IFM 319.4}

Tsy nijanona ela teo amin' ny filazalazana momba ny lalàna Jesosy, nefa tsy navelany ho raisin' ny mpihaino Azy ho fehinteny ny hoe tonga Izy mba hampiseho ny fitakian' ny lalàna ho azo apetrapetraka. Fantany fa vonona hanararaotra izay rehetra azony nitsofohana ireo mpitsikilo mba hanatanterahana ny fikasany. Fantatr' i Kristy ny hevitra nibahana tao an-tsain' ny maro tamin' ny mpihaino Azy ; tsy misy na inona na inona nolazainy izay mety hampihozongozona ny finoany ny fivavahana sy izay naorina tamin' ny alalan' i Mosesy ka nankinina taminy. Kristy ihany no nanome ny lalàna ara-pitondrantena sy ny lalàna momba ny fanompoampivavahana. Tsy tonga handrava ny fatokiana nomen' ny tenany Izy. Noho ny fanajany fatratra ny lalàna sy ny mpaminany no niezahany nandrodana ny rindrin' ny fitakiana noforonin' ny lovantsofina izay niainan' ny Jiosy. Nalany ny fanazavana diso nataon' izy ireo momba ny lalàna, nefa narovany fatratra ny mpianany tsy hanary ireo fahamarinana mitondra aina nankinina tamin' ny Hebreo. {IFM 320.1}

Nireharehan' ny Fariseo ny fankatoavany ny lalàna; nefa kely loatra no fantany momba ny foto-keviny teo amin' ny fampiharana izany eo amin' ny fiainana andavanandro, hany ka toa fampianarana tsy araka ny fihevitry ny maro no fandrenesany ny tenin' ny Mpamonjy. Raha nofafany ny fakofako izay nanarona ny fahamarrinana, dia noheverin' izy ireo fa ny. fahamarinana mihitsy no nofafany. Nifampibitsibitsika izy nilaza fa manamaivana ny lalàna Jesosy. Novakiany tao amin' ny eritreriny izany ka izao no nolazainy hamaliany azy : «Aza ataonareo fa tonga Aho handrava ny lalàna na ny mpaminany, tsy tonga Aho handrava fa hanatanteraka». Mitsipaka ny fiampangana ataon' ny Fariseo Jesosy eto. Ny asa nanirahana Azy eto amin' izao tontolo izao dia ny hamerina ny fitakian' ilay lalàna izay niampangana Azy ho nodikainy. Raha azo novàna na nofoanana ny lalàn' Andriamanitra dia tsy ho nilaina ny nijalian' i Kristy noho ny vokatry ny fandikantsika izany. Tonga Izy mba hanazava ny fifandraisan' ny lalàna amin' ny olona, sy hanazava ny fitsipiny amin' ny alalan' ny fiainam-pankatoavany. {IFM 320.2}

Nomen' Andriamanitra antsika ny fitsipiny masina satria tia ny taranak' olombelona Izy. Mba hiarovana antsika amin' ny vokatry ny tsy fankatovan-dalàna, dia nambarany ny foto-kevitry ny fahamarinana. Fanehoana ny fihevitr' Andriamanitra ny lalàna, ka rehefa raisina ao amin' i Kristy izany, dia manjary fihevitsika koa. Manandratra antsika ho any

ambonin' ny herin' ny faniriana sy ny fironana ara-nofo izany, ambonin' ny fakampanahy izay mitarika ho eo amin' ny fahotana. Irin' Andriamanitra ny hahasambatra antsika, koa nomeny ny fitsipika ao amin' ny lalàna mba hananantsika fifaliana amin' ny fankatoavana azy. Raha nihira ny anjely tamin' ny nahaterahan' i Jesosy hoe : {IFM 321.1}

*«Voninahitra any amin' ny avo indrindra ho an' Andriamanitra! Ary fiadanana ho etỳ ambonin' ny tany amin' ny olona ankasitrahany»12 dia nanambara ny foto-kevitry ny lalàna Izy izay ny hahalehibe sy ny hahabe voninahitra azy no nahatongavany. {IFM 321.2}*

Rehefa nolazaina tao Sinay ny lalàna dia nampahafantarin' Andriamanitra ny olona ny fahamasinan' ny toetra amam-panahiny. Niriny ny mba hahitany ny fahasamihafan' izany amin' ny toetra maha-mpanota ananany. Nomena ny lalàna mba hampiaiky azy ny fahotana, ka hanehoany ny filàny Mpamonjy. Ho tanteraka izany rehefa hampiharina amin' ny fo ny foto-keviny amin' ny alalan' ny Fanahy Masina. Ezaka mitohy izany. Mazava ny foto-kevitry ny lalàna ao amin' ny fiainan' i Kristy ; ary rehefa manohina ny fo ny Fanahy Masina, ka asehon' ny fahazavan' i Kristy amin' ny olona ny ilàny ny rany manadio sy ny fahamarinany manamarina, dia mbola ny lalàna ihany no fitaovana hitondra antsika ho eo amin' i Kristy, mba hohamarinina amin' ny finoana isika. «Tsy misy tsiny ny lalàn' i Jehovah, mamelombelona ny fanahy»13. {IFM 321.3}

«Mandra-pahafoan' ny lanitra sy ny tany, hoy Jesosy, dia tsy hisy ho foana akory amin' ny lalàna, na dia litera iray na tendrontsoratra izay aza, mandra-pahatanterak' izy rehetra». Ny masoandro izay mamirapiratra eo amin' ny lanitra. ny tany mafy izay itoeranareo no vavolombelon' Andriamanitra fa tsy miova ary maharitra mandrakizay ny lalàny. Na dia mety ho lasa aza ireo, ny fitsipika nomen' Andriamanitra kosa haharitra. «Fa ho moramora kokoa ny hahafoanan' ny lanitra sy ny tany noho ny hahafoanan' ny tendrontsoratra iray monja aza amin' ny lalàna»14. Ny rafitra momba ny tandindona izay nanondro an' i Jesosy amin' ny maha-Zanak' ondrin' Andriamanitra Azy, dia natao ho rava tamin' ny nahafatesany ; fa ny fitsipiky ny didy folo kosa dia tsy miova tahaka ny seza fiandrianan' Andriamanitra ihany. {IFM 321.4}

Koa satria «tanteraka ny lalàn' i Jehovah», dia tsy maintsy diso ny ezaka rehetra hanovana azy. Nohelohin' i Kristy ireo izay mandika ny lalàna sy mampianatra ny hafa hanao izany; mampijoro ny fitakian' ny lalàna ny fiainam-pankatoavan' ny Mpamonjy. Manaporofo izany fa azo tandremana ao amin' ny maha-olombelona ny lalàna, ary mampiseho ny fahatanterahan' ny toetra amam-panahy ny fitomboan' ny fankatoavana. Izay rehetra mankatò tahaka Azy, dia miteny tahaka Azy koa ka hilaza fa «masina sy tsara ary marina»15 ny lalàna. Etsy andaniny kosa, izay rehetra mandika ny didin' Andriamanitra dia manome rariny an' i Satana izay nanambara fa tsy marina ny lalàna ary tsy azo ankatoavina. Manampy ny fitaka ataon' ilay fahavalo lehibe izy sady manala-

baraka an' Andriamanitra. Zanak' ilay ratsy izy, dia ilay voalohany nikomy tamin' ny lalàn' Andriamanitra. Ny fanekena azy hiditra any an-danitra dia hamerina indray ireo fototra nahatonga korontana sy fikomiana teo aloha ka hampidi-doza ny fahasambaran' izao rehetra izao. Tsy misy olona minia manao tsinontsinona ny foto-kevitra iray ao amin' ny lalàna ka hahazo hiditra ao amin' ny fanjakan' ny lanitra. {IFM 322.1}

Noheverin' ny raby ho tsisakanana ho any an-danitra ny fahamarinany; nambaran' i Jesosy anefa fa sady tsy ampy izany no tsy mendrika rahateo. Ny fombam-pivavahana ivelambelany sy ny fahalalana ny marina ara-tsaina fotsiny no fahamarinan' ny Fariseo. Nihambo ho masina amin' ny alalan' ny ezaka ataon' ny tenany eo amin' ny fitandremana ny lalàna ny raby ; nefa nampisarahany tamin' ny alalan' ny asany ny fahamarinana sy ny Fivavahana. Sarotiny dia sarotiny izy eo amin' ny fanarahana ny fombam-pivavahana, nefa ambany sy maloto ara-pitondrantena ny fiainany. Tsy ahazoany hiditra ao amin' ny fanjakan' ny lanitra na oviana na oviana izay lazainy fa fahamarinany. {IFM 322.2}

Ny fahadisoan-kevitra lehibe indrindra natao tamin' ny sain' olombelona tamin' ny andron' i Kristy dia ny filazana fa ny fanekena fotsiny ny marina no atao hoe fahamarinana. Hita mazava teo amin' ny fanandraman' ny olombelona rehetra fa tsy ampy hamonjena ny fanahy ny fahalalana ny marina ara-tsaina fotsiny. Tsy mitondra ny vokatry ny fahamarinana izany. Ny fomba fijery feno hasarotampiaro sy atao hoe marina ara-teolojia dia matetika miaraka amin' ny fankahalana ny tena marina miseho eo amin' ny fiainana. Feno fitantarana ny heloka bevava nataon' ny mpanaraka ny fivavahana diso toerana ireo toko maizina indrindra eo amin' ny tantara. Nilaza ho zanak' i Abrahama ny Fariseo ary nirehareha tamin' ny fananany ny teny nambaran' Andriamanitra; tsy niaro azy tamin' ny fitiavantena na ny faharatsiana na ny fanangonana tombony ho an' ny tenany sy ny fihatsarambelatsihy ambany indrindra anefa ireny tombontsoa ireny. Nihevitra ny tenany ho mpivavaka ambony indrindra eo ámin' izao tontolo izao izy, nefa nitarika azy hanombo ny Tompon' ny voninahitra teo amin' ny hazo fijaliana izany ary noheveriny fa izany no anarahany ny finoana nekeny. {IFM 322.3}

Mbola misy ankehitriny koa io loza mananontanona io. Betsaka no mihevitra fa azo ekena ho kristiana izy, noho ny antony tsotra, dia noho izy manaiky ny fampianaran' ny teolojiana sasantsasany. Nefa tsy notanterahiny teo amin' ny fiainana andavanandro ny fahamarinana. Tsy nino na tia izany izy, noho izany tsy noraisiny ny hery sy ny fahasoavana izay tonga avy amin' ny fahamasinan' ny fahamarinana. Azon' ny olona atao ny milaza fa mino ny fahamarinana ; nefa raha tsy mahatonga azy ho madio fo, ho malemy fanahy, hanam-paharetana, hahari-po, hanana ny toe-tsain' ny lanitra izany, dia ozona ho an' izay manana azy ary ozona ho an' izao tontolo izao koa amin' ny alalan' ny hery miasa mangina avy amin' izy ireo. {IFM 323.1}

Ny fahamarinana nampianarin' i Kristy dia fampifanarahana ny fo sy ny fiainana

amin' ny sitrapon' Andriamanitra efa voambarany. Ny hany ahazoan' ny mpanota ho tonga marina dia ny fananany finoana an' Andriamanitra, sy ny itehirizany fifandraisana velona Aminy. Amin' izay dia hanandratra ny fisainany ny tena toe-panahy araka an' Andriamanitra ka hampahamendrika ny fiainany. Amin' izay koa no hita mifanaraka amin' ny fahadiovan' ny kristiana ao anaty ny endrika ivelan' ny fivavahana. Amin' izay dia tsy fombam-pivavahana tsy misy dikany intsony ny fanompoampivavahana takiana eo amin' ny fanompoana an' Andriamanitra, tahaka izay nataon' ireo Fariseo mpihatsaravelatsiny. {IFM 323.2}

Noraisin' i Jesosy tsirairay ny didy ka nohazavainy ny zavatra takian' ireo araka ny halaliny sy ny fivelarany. Tsy nanala na tendrontsoratra iray aza tamin' izany Izy, fa nasehony ny fihoarana lavitra teo amin' ny foto-keviny, sady novelabelariny ny fahadisoana mampidi-doza teo amin' ny Jiosy tamin' ny fampisehoany fankatoavana ivelambelany fotsiny. Nambarany fa voadika ny lalàn' Andriamanitra amin' ny fisainana ratsy sy ny fijery mitory filàna ambany. Izay miandany amin' ny tsy fahamarinana kely indrindra no mandika lalàna ka mampiseho ny maha-ambany toetra azy ara-pitondrantena. Miandoha ao an-tsaina ny vonoan' olona. Izay manome toerana ny fankahalana ao am-pony dia mametraka ny tongony eo amin' ny lalan' ny mpamono olona, ka maharikoriko an' Andriamanitra ny fanatitra ataony. {IFM 323.3}

Nanolokolo toe-tsaina mamaly faty ny Jiosy. Noho ny fankahalany ny Romana dia namoaka fiampangana henjana izy, ary nahafaly an' ilay ratsy ny fanehoany ny anankiray amin' ny toetrany. Tamin' izay no nitaizany tena hanao ny asa mahatsiravina izay nitarihan' ireo azy hataony. Tsy nisy na inona na inona izay nahatonga ny jentilisa ho tia vavaka teo amin' ny fiainam-pivavahan' ny Fariseo. Nampitandrina azy Jesosy tsy hamita-tena amin' ny fiheverany fa azony atao ny mikomy ao am-pony amin' ny mpampahory azy ka hankamamy ny faniriana hamaly ny ratsy natao taminy. {IFM 324.1}

Marina fa misy fahatezerana azo hamarinina, eny, na dia amin' ny mpanaraka an' i Kristy aza. Rehefa hitany fa haetry ny voninahitr' Andriamanitra, ka halana baraka ny fanompoana Azy, ary tazany fa ampahoriana ny tsy manan-tsiny, dia misy fahatezerana ara-drariny manetsika ny fanahiny. Ny fahatezerana toy izany, izay avy amin' ny fahatsapana ara-panahy, dia tsy fahotana. Fa izay mihevitra kosa fa mahazo mampanarampo ny fahatezerana na ny alahelo noho ny fihantsiana rehetra heverin' ny tenany, dia manokatra ny fony amin' i Satana. Tsy maintsy roahina tsy ho ao amin' ny fanahy ny fangidiana sy ny fahabibiana rehetra raha tiantsika ny hifandrindra amin' ny lanitra. {IFM 324.2}

Lasa lavitra noho izany ny Mpamonjy. Hoy Izy : «Raha mitondra ny fanatitrao ho eo amin' ny alitara hianao ary eo no mahatsiaro fa ny rahalahinao manana alahelo aminao, dia avelao eo anoloan' ny alitara ny fanatitrao, ka mandehana aloha, ataovy izay

hihavananao amin' ny rahalahinao, ary rehefa miverina, dia vao atero ny fanatitrao. «Betsaka no mafana fo amin' ny fanompoana ara-pivavahana, nefa misy tsy fifanarahana mampalahelo izay tokony halamina aminy sy ny rahalahiny. Mangataka azy Andriamanitra hanao izay rehetra azony atao mba hamerina indray ny firindrana. Tsy ekena ny fanompoana ataony, raha tsy vita izany fepetra izany. Voatondro mazava ny adidin' ny kristiana ny amin' izany zavatra izany. {IFM 324.3}

Mandrotsaka ny fitahiany amin' ny olona rehetra Andriamanitra. «Mampiposaka ny masoandrony amin' ny ratsy fanahy sy ny tsara fanahy ary mampilatsaka ny ranonorana amin' ny marina sy ny tsy marina» Izy. Fa «Izy mora fanahy amin' izay tsy misaotra sy ny ratsy fanahy»16. Mibaiko antsika ho tahaka Azy Izy. «Tiavà ny fahavalonareo, hoy Jesosy ; ary manaova soa amin' izay mankahala anareo, . . . mba ho tonga zanaky ny Rainareo Izay any an-danitra hianareo». Toy izany no foto-kevitry ny lalàna ary avy amin' izany no miboiboika ny fiainana. {IFM 325.1}

Ambony noho izay mety ho takatry ny fisainan' olombelona ny tarigetran' Andriamanitra ho an' ny zanany. «Aoka ho tanteraka hianareo toy ny fahatanterahan' ny Rainareo Izay any an-danitra». Teny fikasana io baiko io. Nibanjina ny fahasitranantsika tanteraka ho afaka amin' ny fahefan' i Satana ny drafitry ny fanavotana. Mampisaraka mandrakariva ny fanahy torotoro amin' ny fahotana Kristy. Tonga handrava ny asan' ny Devoly Izy, ka maniry ny hizara ny Fanahy Masina amin' ny fanahy mibebaka rehetra, mba hiaro azy tsy hanota. {IFM 325.2}

Tsy tokony ho raisina ho fialan-tsiny amin' ny asa ratsy anankiray ny asan' ny mpaka fanahy. Mibitaka i Satana rehefa mandre ireo izay milaza ny tenany ho mpanaraka an' i Kristy, nefa manao fialan-tsiny noho ny lesoka eo amin' ny toetra amam-panahiny. Ireny fialan-tsiny ireny no mitarika amin' ny fahotana. Tsy misy fialan-tsiny ny fanaovana fahotana. Mety ho tratran' ny zanak' Andriamanitra rehetra mibebaka sy mino ny toetra masina, ny fiainana mifanahaka amin' ny an' i Kristy. {IFM 325.3}

Ny tarigetran' ny toetra amam-panahy kristiana dia ny fitoviana amin' i Kristy. Tahaka ny nahatanteraka an' Ilay Zanak' olona teo amin' ny fiainany no tokony hahatanteraka ny mpanaraka Azy eo amin' ny fiainany. Natao tahaka ny rahalahiny tamin' ny zavatra rehetra Jesosy. Nanjary nofo tahaka antsika Izy, noana sy nangetaheta ary nahatsiaro sasatra. Notohanan' ny sakafo sy nahazo aina vaovao tamin' ny torimaso Izy. Naka ny toetran' olombelona Izy; nefa Zanak' Andriamanitra tsy nisy nanamelohana Azy koa. Andriamanitra tao amin' ny nofo Izy. Tokony ho toetra amam-panahintsika ny Azy. Hoy ny Tompo amin' izay mino Azy : «Honina eo aminy Aho sy handeha eo aminy; ary ho Andriamaniny Aho, ary izy ho oloko»17. {IFM 325.4}

Kristy no tohatra hitan' i Jakoba, niorina tamin' ny tany ka nipaka tamin' ny vavahadin' ny lanitra ary teo amin' ny tokonambaravaran' ny voninahitra mihitsy ny

lohany, teo anivon' ny voninahitra. Raha tsy eo ny zana-tohatra iray monja ka tsy nahatratra ny tany io tohatra io, dia ho very isika. Nefa mahatratra antsika eo amin' izay misy antsika Kristy. Nandray ny toetrantsika Izy ary nandresy, mba handresentsika koa amin' ny fandraisantsika ny toetrany. «Naka ny endriky ny nofo ota»18 Izy, nefa nivelona tamin' ny fiainana tsy nisy fahotana. Ankehitriny dia mihazona ny seza fiandrianan' ny lanitra amin' ny maha-Andriamanitra Azy Izy, ary miantefa atỳ amintsika amin' ny maha-olombelona Azy. Mibaiko antsika Izy amin' ny finoantsika Azy mba hahatratra ny voninahitry ny toetra amam-panahin' Andriamanitra. Noho izany dia tokony ho tanteraka isika, tahaka ny «fahatanterahan' ny Rainareo Izay any an-danitra». {IFM 326.1}

Efa nasehon' i Jesosy ny atao hoe fahamarinana, ary Andriamanitra no notondroiny ho loharanon' izany. Izao dia nitodika ho amin' ny adidy eo amin' ny fiainana andavanandro Izy. Eo amin' ny fanaovana fiantrana sy ny fivavahana ary ny fifadian-kanina, hoy Izy, aoka tsy hisy na inona na inona hatao handranitana ny saina amin' ny «izaho» na hiderana azy. Manomeza amin' ny fo madio ho fanampiana ny mahantra mijaly. Aoka hiray amin' Andriamanitra eo amin' ny fivavahana ny fanahy. Raha mifady hanina dia aza mitanondrika, nefa ny fo feno fanindrahindrana ny «izaho». Tany ngazana sy tsy mahavokatra ny fon' ny Fariseo, ary tsy misy voan' ny fiainan' Andriamanitra mety hitsimoka ao aminy. Izay mampilefitra ny tenany tsy misy fepetra amin' Andriamanitra kosa no hanao fanompoana mendrika indrindra. Amin' ny alalan' ny fifankazarana amin' Andriamanitra no hahatonga ny olona ho mpiara-miasa Aminy amin' ny fanehoana ny toetra amam-panahiny eo amin' ny mahaolombelona. {IFM 326.2}

Ny fanompoana atao amin' ny fo madio no misy valiny lehibe. «Ary ny Rainao, Izay mahita ao amin' ny mangingina, no hamaly anao». Ny fetezantsika hivelona eo ambanin' ny herin' ny fahasoavan' i Kristy no hamolavolana ny toetra amam-panahintsika. Manomboka ho tafaverina ao amin' ny fanahy ny toetra mahate ho tia tany am-boalohany. Zaraina amintsika ny lafiny mampiavaka ny toetra amam-panahin' i Kristy, ary mamirapiratra indray ny endrik' Andriamanitra. Mampiseho ny fiadanan' ny lanitra ny endriky ny lehilahy sy ny' vehivavy izay miara-mandeha sy miara-miasa amin' Andriamanitra. Voahodidin' ny rivo-piainan' ny lanitra izy. Efa nanomboka ao amin' ireny fanahy ireny ny fanjakan' Andriamanitra. Manana ny fifalian' i Kristy izy, dia fifaliana amin' ny maha-loharanom-pitahiana ho an' ny taranak' olombelona azy. Manana ny voninahitra amin' ny nanekena azy hampiasain' ny Tompo izy, ary azo hitokiana hanao ny asany amin' ny anarany. {IFM 326.3}

«Tsy misy olona mahay manompo Tompo roa». Tsy azontsika atao ny manompo an' Andriamanitra amin' ny fo voazarazara. Tsy hery miasa mangina eo anivon' ny maro hafa ny fivavahan' ny Baiboly ; tokony ho ambony indrindra ny heriny, ka hanenika sy hifehy ny hafa rehetra. Tsy ho tahaka ny hoso-doko vandambandana ny fiainam-

pivavahana, fa ho tahaka ny loko tsy mety miofo mamonto ny lamba manontolo. {IFM 327.1}

«Koa amin' izany, raha tsara ny masonao dia hazava avokoa ny tenanao rehetra. Fa raha ratsy ny masonao, dia ho maizina avokoa ny tenanao». Ny fikasana madio sy tsy miovaova no fepetra handraisana ny fahazavana avy amin' Andriamanitra. Izay maniry hahalala ny fahamarinana dia tsy maintsy vonona ny hanaiky izay rehetra ambarany. Tsy afaka hitady marimaritra iraisana amin' ny hevi-diso izy. Ny mihambahamba sy ny mitavozavoza amin' ny fiarovana ny fahamarinana dia misafidy ny haizin' ny hevi-diso sy ny fitak' i Satana. {IFM 327.2}

Ny foto-kevitra iankinan' ny zavatra atao araka izao tontolo izao sy ny foto-kevitra tsy mivadibadiky ny fahamarinana dia tsy mahay mifangaro amin' ny fomba tsy hitan' ny maso tahaka ny lokon' ny avana. Misy tsipika lehibe sy mazava nosoritan' Andriamanitra mandrakizay mampisaraka azy roa. Miavaka tahaka ny mitataovovonana sy ny misasak' alina ny fitoviana amin' i Kristy sy ny fakan-tahaka an' i Satana. Izay miaina amin' ny fiainan' i Kristy ihany no mpiara-miasa Aminy. Raha misy fahotana iray ankamamiana ao amin' ny fanahy, na fanao ratsy iray tehirizina ao amin' ny fiainana, dia voaloto ny tena manontolo. Manjary fiasan' ny tsy fahamarinana ny olona toy izany. {IFM 327.3}

Izay rehetra nifidy ny fanompoana an' Andriamanitra dia tokony hipetraka eo amin' ny fikarakarany. Nanondto ny voro-manidina eny amin' ny lanitra Kristy, ary nampiseho koa ireo voninkazo eny an-tsaha ka nibaiko ny mpihaino Azy handinika ireny zavatra noharin' Andriamanitra ireny. «Moa tsy mihoatra lavitra noho ireny va hianareo ?» hoy Izy. Mifandanja eo amin' ny laharana misy azy eo amin' ny fikarakaran' Andriamanitra ny manan' aina, ny fatran' ny fitiavan' Andriamanitra ny zavatra rehetra. Manara-maso ny fody kely volondavenona Andriamanitra. Mandray anjara amin' ny fitsinjovan' Andriamanitra sy ny fikarakaran' ny Raintsika Izay any an-danitra ny voninkazo eny an-tsaha mbamin' ny ahitra mivelatra toy ny karipetra mandrakotra ny tany. Nihevitra ny lilia Ilay Mpiangaly zava-kanto ngezalahy ka nataony tsara tarehy indrindra ireny, eny, mihoatra noho ny voninahitr' i Solomona aza. Manao ahoana ny fihoaran' ny ataony ho an' ny olona, izay endrik' Andriamanitra sy voninahiny ! Iriny mafy ny hahita ny zanany haneho toetra amam-panahy manampitoviana Aminy. Tahaka ny tana-masoandro mizara loko samihafa sy kanto amin' ny voninkazo, no ataon' Andriamanitra mizara ny hakanton' ny toetra amam-panahiny amin' ny fanahy. {IFM 327.4}

Izay rehetra mifidy ny fanjakam-pitiavana sy ny fahamarinana ary ny fiadanan' i Kristy, ka mametraka ny tombon-tsoan' izany ho ambonin' ny hafa rehetra, dia mifamatotra amin' ny fiainan' ny any ambony, ary azy ny fitahiana rehetra ilaina ho amin' ity fiainana ity. Omena takila iray avy isika ao amin' ny bokin' ny lanitra, dia ao amin' ny bokin' ny fiainana izany. Misy ny zavatra rehetra manokana momba ny fiainantsika io takila io ary na dia ny volon-dohantsika aza dia voaisa. Tsy misy tsy ao

amin' ny fiheveran' Andriamanitra na dia iray aza ny zanany. {IFM 328.1}

«Aza manahy ny amin' ny ampitso hianareo». Tokony hanaraka an' i Kristy isan' andro isika. Tsy manome fanampiana ho amin' ny ampitso Andriamanitra. Tsy manome ny zanany ny baiko rehetra itarihany azy eo amin' ny diany mandritra ny fiainany indray miaraka Izy, sao manjary mifangaro izany. Araka izay mety hotadidiny sy hotanterahiny ihany no lazainy azy. Ho an' ny zava-manahirana ankehitriny ny hery sy ny fahendrena zaraina. «Raha misy aminareo tsy manam-pahendrena», ho an' ny andro anio, — «aoka izy hangataka amin' Andriamanitra, Izay manome malalaka ho an' ny olona rehetra sady tsy mandatsa»19. {IFM 328.2}

«Aza mitsara mba tsy hotsaraina». Aza mihevitra ny tenanao ho tsara noho ny olon-kafa, ka mametraka ny tenanao ho mpitsara. Satria tsy fantatrao ny toe-tsaina nanosika azy, dia tsy afaka hitsara ny hafa ianao. Ny faninitsinianao azy dia famoahanao didim-pitsarana ho an' ny tenanao ihany ; asehonao amin' izay mantsy fa mpiaramiasa amin' i Satana ilay mpiampanga ny rahalahy ianao. Hoy ny Tompo : «Diniho ny tenanareo, na mitoetra amin' ny finoana hianareo, na tsia ; izahao toetra ny tenanareo». Io no anjara asantsika. «Fa raha mamantatra ny tenantsika isika dia tsy hotsaraina»20. {IFM 328.3}

Hitondra voa tsara ny hazo tsara. Raha tsy azo tsapain-tanana sy tsy misy vidiny ny vokatra, dia ratsy ny hazo. Tahaka izany, ny vokatra eo amin' ny fiainana no manambara ny toetran' ny fo sy ny fahatsaran' ny toetra amam-panahy. Tsy mahavidy na oviana na oviana ny famonjena ny asa tsara, fa porofo mazava kosa izany ny amin' ny finoana izay miasa amim-pitiavana sy manadio ny fanahy. Ary na tsy omena noho ny fahamendrehantsika aza ny valisoa mandrakizay, dia hifandanja amin' ny asa vita izany amin' ny alalan' ny fahasoavan' i Kristy. {IFM 329.1}

Toy izany no nanambaran' i Kristy ny foto-kevitry ny fanjakany, ka nanehoany ny fitsipika lehibe mitondra ny fiainana. Mba hampilatsaka lalina ny lesona ao an-tsaina dia nampiany sary hanazava izany. Tsy ampy ho anareo, hoy Izy, ny mihaino ny teniko. Tsy maintsy ataonareo fototry ny toetra amam-panahinareo izany amin' ny alalan' ny fankatoavana. Fasika mandrevo fotsiny ny «izaho». Raha manorina ny tranonao eo ambonin' ny hevitr' olombelona sy izay noforonin' ny olombelona ianao, dia hianjera izany trano izany. Hopaohin' ny. rivotry ny fakam-panahy, sy ny tafiotry ny fitsapana izany. Fa ireo foto-kevitra nomeko ireo dia haharitra. Raiso Aho, aoreno eo amin' ny teniko ny finoanao. {IFM 329.2}

«Koa amin' izany na zovy na zovy no mandre izany teniko izany ka mankatò azy, dia oharina amin' ny lehilahy manan-tsaina izay nanorina ny tranony teo ambonin' ny vatolampy. Ary latsaka ny ranonorana, ka nisy riaka be, sady nifofofofo ny rivotra ka namely izany trano izany; nefa tsy nianjera izy satria efa naorina teo ambonin' ny vatolampy». {IFM 329.3}

## Toko 32—Ilay Kapiteny

Hoy Jesosy tamin' ilay tandapa nanan-janaka nositraniny : «Raha tsy mahita famantarana sy fahagagana hianareo, dia tsy mba hety hino mihitsy»1. Nampalahelo Azy fa ny fireneny dia nitaky ireo famantarana ivelany ireo ho porofon' ny maha-Mesia Azy. Efa nahagaga Azy hatrany ny tsy finoany. Fa nahatalanjona Azy kosa ny finoan' ilay kapiteny izay nanatona Azy. Tsy nisalasala ny amin' ny fahefan' ny Mpamonjy ilay kapiteny. Tsy nangataka Azy akory hiditra tao an-tranony hanao fahagagana izy : «Mitenena ihany, hoy izy, dia hositrana ny ankizilahiko». {IFM 331.1}

Voan' ny paralysisa ny mpanompon' ilay kapiteny ary efa teo am-bavahaonan' ny fahafatesana. Teo amin' ny Romana dia andevo ny mpanompo, novidina sy namidy teny an-tsena, ary nampizakana herisetra sy habibiana; fa raiki-pitia kosa tamin' ny mpanompony ity kapiteny ity ary .naniry mafy ny hahasitranany. Nino izy fa afaka hanasitrana azy Jesosy. Tsy mbola nahita ny Mpamonjy izy, fa namelona finoana tao aminy ny tatitra reny. Na dia teo aza ny fivavahana ivelambelany fotsiny teo amin' ny Jiosy, dia resy lahatra ity Romana ity fa ambony noho ny azy ny fivavahan' izy ireo. Efa nogorobahany ny fefy natsangan' ny fiheverana tsy marim-pototra notanan' ny firenena sy ny fankahalana izay nampisaraka ny vahoaka mpandresy tamin' ny vahoaka resy. Efa nampiseho fanajana ny fanompoana an' Andriamanitra izy, sy halemem-panahy tamin' ny Jiosy noho izy ireo nivavaka tamin' i Jehovah. Hitany teo amin' ny fampianaran' i Kristy, araka izay notanterina taminy, izay mifanaraka indrindra amin' ny ilain' ny fanahy. Izay ara-panahy rehetra tao aminy dia namaly ny tenin' ny Mpamonjy. Tsapany anefa fa tsy mendrika ny hiseho teo anatrehan' i Jesosy izy, ka dia niantso ny loholon' ny Jiosy izy hangataka ny fanasitranana ny mpanompony. Nahafantatra Ilay Mpampianatra lehibe izy ireo, hoy ny fiheviny, ka dia mahalala ny fomba mety hanatonana Azy mba ahazoana sitraka avy Aminy. {IFM 331.2}

Raha niditra tao Kapernaomy Jesosy, dia nifanena tamin' ny solontenan' ny loholona Izy, izay nilaza taminy ny fanirian' ilay kapiteny. Noantitranteriny fa «miendrika ny hanaovana izany izy, satria tia ny firenentsika izy sady izy no efa nanao ny synagoga ho antsika». {IFM 332.1}

Niroso avy hatrany ho any amin' ny tranon' ilay manamboninahitra Jesosy ; nefa miadana ny fandehany noho ny vahoaka nifanizina taminy. Nialoha lalana Azy ny vaovao momba ny fiaviany, ka nandefa iraka ilay kapiteny noho ny tsy fahatokiany tena: «Tompoko, aza manahirana ny tenanao Hianao; fa tsy miendrika hidiranao ao ambanin' ny tafon-tranoko aho». Notohizan' ny Mpamonjy ihany anefa ny diany, ka nony farany dia nanao vy very nanatona ny Mpamonjy ilay kapiteny, ary nanampy teny hoe : «Koa na dia ny tenako aza dia nataoko fa tsy miendrika hankeo Aminao ; fa mitenena ihany dia ho sitrana ny ankizilahiko. Fa izaho koa dia lehilahy manan-dehibe ihany, manana miaramila

izay feheziko; koa hoy izaho amin' ny anankiráy : Mandehana dia mandeha izy, ary amin' ny anankiray koa : Avia, dia avy izy, ary amin' ny mpanompoko : ataovy izao, dia manao izy». Tahaka ny tenako mampiseho ny fahefan' i Roma, ary ny miaramilako manaiky ny fahefako ho ambony indrindra, dia toy izany koa : Ianao dia mampiseho ny fahefan' Andriamanitra tsy misy fetra, ary ny zavaboary rehetra dia mankatò ny teninao. Azonao atao ny mibaiko ny aretina hiala, dia hankatò Anao izy. Azonao atao ny mandidy ireo iraka avy any an-danitra, dia hizara ny hery manasitrana izy. Mitenena ihany dia ho sitrana ny mpanompoko. {IFM 332.2}

«Ary nony nahare izany Jesosy, dia gaga taminy; ary dia nitodika Izy ka nanao tamin' ny vahoaka izay nanaraka Azy hoe : Lazaiko aminareo fa tsy mbola nahita finoana lehibe toy izany Aho, na dia tamin' ny Isiraely aza». Ary hoy Izy tamin' ilay kapiteny : «Tongava aminao araka ny ninoanao. Dia sitrana tamin' izany ora izany ilay ankizilahy». {IFM 332.3}

Nasehon' ireto loholona Jiosy izay nanolotra ilay kapiteny teo amin' i Kristy, fa tena tsy nanana na kely akory aza ny fanahin' ny filazantsara izy ireo. Tsy nekeny fa ny fahantrantsika be dia be no hany ahazoantsika mitaky ny famindrampon' Andriamanitra. Noho izy fatra-mpanamarin-tena, dia nidera ilay kapiteny izy noho ny fitia efa nasehony tamin' ny «firenentsika». Fa ilay kapiteny kosa nilaza ny tenany hoe: «Tsy mendrika aho». Voatohin' ny fahasoavan' i Kristy ny fony. Hitany ny tsy fahamendrehany ; na izany aza dia tsy natahorany ny hangataka fanampiana; ny fahalemeny lehibe no nentiny nitalaho. Namikitra an' i Kristy teo amin' toetra naha Izy Azy ny finoany: Tsy nino Azy ho mpanao fahagagana fotsiny izy, fa koa ho sakaiza sy Mpamonjy ny taranak' olombelona. {IFM 332.4}

Amin' izany fomba izany no ahazoan' ny mpanota rehetra manatona an' i Kristy. «Tsy avy tamin' ny asa amin' ny fahamarinana izay nataontsika, fa araka ny famindrampo kosa no namonjeny antsika»2. Rehefa milaza aminao Satana fa mpanota ianao ka tsy mahazo manantena ny handray fitahiana avy amin' Andriamanitra, dia lazao azy fa tonga teto amin' izao tontolo izao Kristy hamonjy ny mpanota. Tsy manana na inona na inona hoentina eo amin' Andriamanitra isika haha-mendrika antsika eo aminy; fa ny fiangaviana izay azontsika aroso ankehitriny sy lalandava, dia ny toepahalemena tanteraka misy antsika izay mahatonga ny heriny manavotra ho tsy maintsy ilaina. Rehefa mahafoy ny fiankinantsika rehetra amin' ny «izaho» isika, dia azontsika atao ny mijery an' i Kalvary, ka hanao hoe : {IFM 333.1}

*Tsy manan-katerina na inona na inona eto am-pelatanako aho ; Fa mamikitra fotsiny amin' ny hazo fijalianao. {IFM 333.2}*

Efa nampianarina hatramin' ny fahazazany ny momba ny asan' ny Mesian' ny Jiosy. Ny teny tsindrimandry nataon' ny patriarka sy ny mpaminany, sy ny fampianarana tamin'

ny alalan' ny tandindona teo amin' ny fombam-pivavahana nisy fanatitra, dia efa fantany. Nefa ninia tsy nijery ny mazava izy ; koa ankehitriny dia tsy misy na inona na inona maha-te-haniry hitany teo amin' i Jesosy. Ilay kapiteny kosa, izay teraka teo amin' ny fahajentilisana, nobeazina tamin' ny fanompoam-tsampy teo amin' ny fanjakan' i Roma, nofanina ho miaramila, toa tafasaraka tamin' ny fiainana ara-panahy araka ny fanabeazana noraisiny sy ny tontolo niainany, sady mainka koa voasakana noho ny fitiavam-bavaka diso lalan' ny Jiosy, sy ny fanivaivan' ny mpiray firenena taminy ny vahoaka Isiraely, — io lehilahy io dia nahatsinjo ny fahamarinana izay nahajamba ny zanak' i Abrahama. Tsy niandry izy hahita na handray na tsia Ilay nilaza ny tenany fa Mesiany ny Jiosy. Rehefa namirapiratra teo aminy ny mazava «izay nahazava ny olona rehetra tonga amin' izao tontolo izao»3, dia hitany, na dia lavitra aza ny voninahitry ny Zanak' Andriamanitra. {IFM 333.3}

Tamin' i Jesosy dia santatry ny asa fitoriana ny filazantsara izay tsy maintsy hatao amin' ny jentilisa izany. Nobanjininy tamimpifaliana ny fanangonana fanahy avy amin' ny firenena rehetra ho amin' ny fanjakany. Nalahelo mafy Izy raha naneho tamin' ny Jiosy ny ho vokatry ny fandavany ny fahasoavany : «Ary lazaiko aminareo fa maro ny avy any atsinanana sy any andrefana no ho tonga ka hipetraka hiara-mihinana amin' i Abrahama sy Isaka ary Jakoba any amin' ny fanjakan' ny lanitra ; fa ny zanaky ny fanjakana dia hariana any amin' ny maizina any ivelany ; any no hisy ny fitomaniana sy ny fikitroha-nify». Indrisy, firy no mbola miomana ho amin' io fahadisoam-panantenana mampidi-doza io ! Raha misy fanahy mitakizina ao anatin' ny haizina any amin' ny jentilisa manaiky ny fahasoavany, dia firifiry kosa ireo ao amin' ny tany kristiana izay ninia tsy hijery ny fahazavana mamirapiratra eo aminy. {IFM 334.1}

Mahery ny roapolo maily avy ao Kapemaomy, teo amin' ny ankamarenana ahatazanana ny lemak' i Esdraelona, malalaka sady kanto, no nisy ny tanànan' i Naina, ary tany no nalehan' i Jesosy nony avy teo. Betsaka ny mpianany sy olona hafa koa no niaradia taminy, ary teny an-dalana rehetra teny dia nanatona Azy ny vahoaka, liana hahare ny teniny mitory fitiavana sy fangorahana, ka nitondra ny marariny hositraniny, sady nanantena mandrakariva fa Ilay nanana fahefana nahagaga toy izany dia hampahafantatra ny tenany ho Mpanjakan' Isiraely. Vahoaka marobe no nifanizina nanara-dia Azy, ary olona ravoravo, nanandrandra zavatra no nanaraka Azy niakatra ny lalana be vato ho any amin' ny vavahadin' ilay vohitra kely anaty tendrombohitra. {IFM 334.2}

Rehefa mby akaiky izy ireo, dia nisy mpandevina tazana nivoaka ny vavahady. Nandeha miadana sy feno alahelo izy ireo nizotra ho any amin' ny toeram-pandevenana. Tao anaty tranovorona tsy nisarona terý aloha ny razana, ary nanodidina azy ny mpitomany, nameno ny rivotra tamin' ny fidradradradrany sy ny antsoantsony. Toa ny mponina rehetra tao an-tanàna no tafavory haneho ny fanajany ny maty sy ny fiarahany

miory tamin' ny misaona. {IFM 334.3}

Nampangorakoraka ny nahita izany. Lahitokan-dreniny ity maty, ary mpitondratena ravehivavy. Nanatitra ny hany mpamelona sy mpampionona azy teto an-tany ho any amin' ny fasana ilay vehivavy misaona sarak' olona irery. «Ary nony nahita an-dravehivavy ny Tompo, dia onena». Raha nandroso ihany izy, ny masony jambenan' ny ranomaso ka tsy nahita ny fanatrehany, dia nanatona azy akaiky Jesosy ka niteny moramora taminy hoe : «Aza mitomany» Madiva hanova ny alahelony ho fifaliana Jesosy, nefa tsy afaka ny tsy haneho ny fangorahany tamim-pitiavana Izy. {IFM 334.4}

«Ary nanatona Izy ka nanendry ny tranovorona» ; raha ny taminy, ny fikasihana ny maty dia tsy nampahaloto Azy. Nijanona ny mpilanja, ary nangina ny fitolokon' ny mpitomany. Nitangorona nanodidina ny tranovorona ireo antokon' olona roa, nanantena ihany izay tsy azo antenaina. Nanatrika teo Ilay nandroaka ny aretina sy naharesy ny demonia; hanaiky ny fahefany koa ve ny fahafatesana ? {IFM 335.1}

Mazava sy misy fahefana ny teny nolazainy: «Ry zatovo, hoy Izaho aminao, : Miarena ! Nipaka tany an-tsofin' ny maty io feo io. Nampihiratra ny masony ilay tovolahy. Noraisin' i Jesosy ny tanany dia natsangany izy. Niantefa tamin' ilay nitomany teo anilany ny fijeriny ka, indreo nifamihina ela tamim-pifaliam-be ny reny sy ny zanany. Nangina ny vahoaka nijery, talanjona fatratra. «Raiki-tahotra ny olona rehetra». Sina sy feno fanajana izy aloha, tahaka ny teo anatrehan' Andriamanitra mihitsy. Avy eo dia «nankalaza an' Andriamanita izy hoe: Mpaminany lehibe no efa nitsangana eto amintsika; ary Andriamanitra efa nitsinjo ny olony». Nitodi-doha niverina nankany Naina ny mpandevina, nilahatra toy ny mpandresy. «Dia niely teny Jodia rehetra sy teny amin' ny tany manodidina rehetra ny lazan' i Jesosy ny amin' izany zavatra izany». {IFM 335.2}

Izay nijoro teo anilan' ilay reny nitomany teo ambavahadin' i Naina, dia manatrika izay rehetra mitoloko eo anilan' ny tranovorona. Manohina sy mampangorakoraka Azy ny fahoriantsika. Ny fony izay tia sy onena, dia fo manana fitiavana tsy miova fenitra. Ny teniny izay niantso ny maty ho amin' ny fiainana dia tsy latsa-danja ankehitriny ny heriny noho ny fony Izy niteny tamin' ilay tovolahy tany Naina. Hoy Izy : «Efa nomena Ahy ny fahefana rehetra any an-danitra sy etý an-tany»4. Tsy nampihena io heriny io ny taona maro nifandimby, ary ny asa tsy an-kiato ataon' ny fahasoavany mitobaka dia tsy naharitra izany. Ho an' izay rehetra mino Azy, dia mbola Mpamonjy velona Jesosy. {IFM 335.3}

Novan' i Jesosy ho fifaliana ny fahorian' ilay reny rehefa naveriny taminy ny zanany; nefa nantsoina hiverina amin' ity fiainana eto an-tany ity ihany ilay zatovolahy, mba hiaritra ny fahoriany, ny asany mandreraka, ny lozany mitatao, ary mba handalo indray eo ambanin' ny herin' ny fahafatesana. Fa Jesosy kosa mampionona ny alahelontsika ireo

maty amin' ny hafatra mitondra fanantenana tsy misy fetra : «Izaho Ilay velona ; efa maty Aho, nefa indro velona mandrakizay mandrakizay sady manana ny fanalahidin' ny fahafatesana sy ny fiainan-tsi-hita». «Koa satria manana nofo aman-dra ny zaza, dia mba nandray izany koa Izy, mba handringanany amin' ny fahafatesana ilay manana ny herin' ny fahafatesana, dia ny devoly, ary mba hanafahany izay rehetra nandany ny fiainany rehetra tamin' ny fanandevozana noho ny tahotra ny fahafatesana»5. {IFM 335.4}

Tsy azon' i Satana hazonina ao amin' ny vahohony ny maty rehefa mibaiko azy ho velona ny Zanak' Andriamanitra. Tsy azony atao ny mitana fanahy iray ao amin' ny fahafatesana ara-panahy izay mandray amin' ny finoana ny tenin' i Kristy manan-kery. Miteny amin' izay rehetra maty ao amin' ny fahotana Andriamanitra manao hoe : «Mifohaza ianao izay matory, ary mitsangana amin' ny maty»6. Fiainana mandrakizay izany teny izany. Ny tenin' Andriamanitra izay nibaiko ny olona voalohany ho velona, no mbola manome aina antsika ; tahaka ny tenin' i Kristy hoe : «Ry zatovo, hoy Izaho aminao: Miarena», izay nanome aina ilay zatovo tany Naina, dia toy izany koa ny teny manao hoe: «Mitsangàna amin' ny maty», dia aina ho an' ny fanahy izay mandray izany. «Nahafaka antsika tamin' ny fahefan' ny maizina ka mamindra antsika ho amin' ny fanjakan' ny Zanany malalany»7, Andriamanitra. Atolotra antsika manontolo ao amin' ny teniny izany. Raha mandray ny teny isika, dia antsika ny fanafahana. {IFM 336.1}

«Ary raha ny Fanahin' Izay nanangana an' i Jesosy tamin' ny maty no mitoetra ao anatinareo, dia Izay nanangana an' i Kristy Jesosy tamin' ny maty no hamelona ny tenanareo mety maty amin' ny Fanahiny, Izay mitoetra ao anatinareo». «Fa ny tenan' ny Tompo no nidina avy any an-danitra amin' ny fiantsoana sy ny feon' ny arkanjely ary ny trompetran' Andriamanitra, ka izay maty ao amin' i Kristy no hitsangana aloha; ary rehefa afaka izany, dia isika izay velona ka mbola mitoetra no hakarina hiaraka aminy ho eny amin' ny rahona hitsena ny Tompo any amin' ny habakabaka; dia ho any amin' ny Tompo mandrakariva isika»8. Io no teny fampiononana izay ibaikoany antsika hifampiononana. {IFM 336.2}

## Toko 33—Iza no rahalahiko ?

Lavitra ireo zanak' i Josefa ny niray fo tamin' i Jesosy momba ny asany. Nahafeno fahagagana sy fahasorenana azy ny tatitra tafapaka taminy momba ny fiainan' i Jesosy sy ny asany. Reny fa nandany alina manontolo tamin' ny fivavahana Izy, ary nanontolo andro dia nifanizina taminy ny vahoaka marobe, ka saiky tsy nisy fotoana nihinanany akory. Tsapan' ny sakaizany fa namizan-tena tamin' ny asa mafy tsy an-kijanona Izy ; tsy fantany ny hevitr' izao fihetsiny tamin' ny Fariseo izao, ary nisy aza natahotra sao nisy voa ny sainy.1 {IFM 337.1}

Nahare izany ny rahalahiny, ary reny koa ny fiampangana nataon' ny Fariseo Azy ho namoaka demonia amin' ny alalan' ny herin' i Satana. Naharary azy ny fanomezan-tsiny nihatra taminy noho ny rohim-pihavanana nampiray azy tamin' i Jesosy. Fantany fa niteraka korontana ny teniny sy ny asany, ary tsy nanahy fotsiny izy ny amin' ny fanambarana sahisahy nataony, fa nahatezitra azy mafy koa ny fiampangany ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo. Nanapakevitra izy ireo fa tsy maintsy horesena lahatra izy na hoterana hampijanona izao fomba fiasa izao, ka notaominy Maria hiray hevitra taminy. Noheveriny mantsy fa noho ny fitiavany azy, dia mety hahataona Azy ho malina kokoa izy. {IFM 337.2}

Talohan' izao indrindra no fanindroany nanaovan' i Jesosy fahagagana tamin' ny nanasitranana lehilahy nanana demonia, jamba sy marenina, ary naverin' ny Fariseo indray ny fiampangana hoe : «Ny lohan' ny demonia no amoahany ny demonia»2. Nambaran' i Kristy mazava tsara tamin' izy ireo fa ny fanaovana ny asan' ny Fanahy Masina ho avy amin' i Satana, dia fampisarahany ny tenany tamin' ny loharanon' ny fitahiana. Mety mahazo famelan-keloka izay niteny nanohitra an' i Jesosy noho ny tsy fahafantarana ny mahaAndriamanitra Azy; satria amin' ny alalan' ny Fanahy Masina, dia mety ho voatarika izy ireny hahita ny fahadisoany ka hibebaka. Na toy na toy inona fahotana, raha mibebaka sy mino ny fanahy, dia voasasa ao amin' ny ran' i Kristy ny fahamelohana ; fa izay mitsipaka ny asan' ny Fanahy Masina, dia mametraka ny tenany eo amin' ny toerana izay tsy ahazoany mibebaka sy mino. Amin' ny alalan' ny Fanahy no iasan' Andriamanitra amin' ny fo; rehefa inian' ny olona tsipahina ny Fanahy ka lazainy fa avy amin' i Satana, dia manapaka ny fantsona izay ahazoan' Andriamanitra mifandray aminy izy. Rehefa tsipahina ny Fanahy, amin' ny farany dia tsy misy na inona na inona intsony azon' Andriamanitra atao ho an' ny olona. {IFM 337.3}

Ny Fariseo izay nilazan' i Jesosy io fampitandremana io dia tsy nino akory ny fiampangany Azy. Tsy nisy na dia iray aza tamin' izy mpitarika ireo no tsy nahatsapa fa voasarika ho eo amin' ny Mpamonjy. Efa reny ny feon' ny Fanahy tao am-pony nanambara taminy fa Izy io no Ilay Voahosotra teo amin' Isiraely, sy namporisika azy hiaiky ny tenany ho mpianany. Teo amin' ny fahazavan' ny fanatrehany, dia efa tsapany

ny tsy fahamasinany, ary efa naniry mafy izy hahazo ny fahamarinana izay tsy azo nohariana. Nefa rehefa nitsipaka Azy izy dia ho fanetren-tena be loatra taminy ny handray Azy indray ho Mesia. Rehefa nametraka ny tongony teo amin' ny lalan' ny tsy finoana izy, dia voasakan' ny avonavom-pony tsy hiaiky ny fahadisoany. Ary mba hialany amin' ny fanekena ny fahamarinana, dia nanao izay fara-heriny izy, hanohitra ny fampianaran' ny Mpamonjy. Nahavinitra azy ny porofo mibaribarin' ny heriny sy ny famindrampony. Tsy azony nosakanana tsy hanao fahagagana ny Mpamonjy ary tsy azony nampanginina koa ny fampianarany; efa nataony kosa izay rehetra azony natao mba handiso ny fanehoana Azy sy hanova ny teniny. Mbola nanjohy azy mba handresy lahatra azy ihany ny Fanahin' Andriamanitra, ka dia voatery izy hanangam-pefy maro ho enti-misakana ny heriny. Nitolona taminy Ilay fiasana mahery vaika indrindra afaka hiasa ao amin' ny fon' ny olombelona, fa tsy nety nilefitra izy. {IFM 338.1}

Tsy Andriamanitra tsy akory no manajamba ny maso na manamafy ny fo. Alefany ny fahazavana hanitsy ny hevi-dison' ny olona sy hitarika azy ho amin' ny lalana azo antoka ; ny fitsipahana io fahazavana io no mahajamba ny maso sy manamafy ny fo. Matetika no miandalana ny fizotran' izany ary saiky tsy re akory. Tonga eo amin' ny fanahy amin' ny alalan' ny tenin' Andriamanitra ny fahazavana, na amin' ny alalan' ny mpanompony, na amin' ny alalan' fitarihan' ny Fanahy mivantana; nefa rehefa misy tara-pahazavana iray tsy raharahaina, dia mihadombo ny faharanitan' ny fanahy, ary ny fahazavana manaraka dia manjavozavo ny fahitana azy. Toy izany no itomboan' ny haizina, mandra-pahatongan' ny alina ao amin' ny fanahy. Izany no nanjo ireo mpitarika Jiosy. Resy lahatra izy fa nisy herin' Andriamanitra nanampy an' i Kristy ; nefa mba ahazoany mandà ny fahamarinana, dia nataony ho asan' i Satana ny asan' ny Fanahy Masina. Tamin' izany no nanaovany fanahy iniana hisafidy ny fitaka: nitolo-batana ho an' i Satana izy, ary hatramin' izay dia nofehezin' ny heriny. {IFM 338.2}

Nifandray akaiky tamin' ny fampitandremana nataon' i Kristy momba ny fahotana amin' ny Fanahy Masina ny fampitandremany momba ny teny foana sy ny teny ratsy. Mampiseho izay ao am-po ny teny. «Fa avy amin' ny haben' ny ao am-po no itenenan' ny vava». Mihoatra noho ny fanehoana ny toetra anefa ny teny; fa manan-kery koa hiasa hamolavola toetra avy amin' i Satana ireny. Miasa mangina amin' ny olona ny teny ataony. Matetika no entanin' ny fihetseham-po miserana ny olona ka mamoaka teny mitory fialonana na fanaratsiana, izay tsy tena inoany akory ; nefa dia miasa ao amin' ny eritreriny ny teny nambarany. Voafitaky ny teniny izy ka manjary inoany fa marina izay nampirisihan' i Satana holazainy. Rehefa nambarany indray mandeha ny heviny na ny fanapahankeviny, dia matetika ny hambom-pony tafahoatra dia misakana azy tsy hanatsoaka izany, ary dia miezaka izy hanaporofo fa manana ny marina, ka amin' ny farany dia mino fa izany tokoa. Mampididoza ny mamoaka teny fisalasalana, mampididoza ny tsy matoky tanteraka sy maninitsiny ny fahazavan' Andriamanitra. Miantraika

amin' ny toetra amam-panahy ny fahazarana manao antsirambina sy tsy misy fanajana; miteraka tsy fanajana sy tsy finoana izany. Betsaka no mampanaram-po io fahazarana io ka miroso hatrany tsy manampo ny loza mananontanona azy, mandra-pahatonga azy ho vonona hanakiana sy hitsipaka ny asan' ny Fanahy Masina. Hoy Jesosy: «Hampamoahina ny olona amin' ny andro fitsarana noho ny amin' ny teny foana rehetra izay ataony. Fa ny teninao no hanamarinana anao, ary ny teninao no hanamelohana anao». {IFM 339.1}

Rehefa izany dia nanampy teny fampitandremana Izy ho an' izay nandatsaka am-po ny teniny, izay nandre Azy tamin-kafaliana, nefa tsy nitolo-batana hitoeran' ny Fanahy Masina. Tsy ny fanoherana ihany fa ny fanaovana an-tsirambina koa no namono ny fanahy. «Raha mivoaka amin' ny olona ny fanahy maloto»,hoy Jesosy, «dia mandeha mitety ny tany tsy misy rano izy, mitady fitsaharana, fa tsy mahita: Dia hoy izy: Hody any amin' ny tranoko izay nivoahako aho; ary nony tonga izy ka mitondra fanahy fito hafa koa miaraka aminy izay ratsy noho izy ; dia miditra ireo ka mitoetra ao». {IFM 339.2}

Nisy olona maro tamin' ny andron' i Kristy, tahaka ny ankehitriny koa izay toa nahatapaka ny fatoran' i Satana nandritra ny fotoana voafetra ; tamin' ny alalan' ny fahasoavan' Andriamanitra dia afaka tamin' ny fanahy ratsy izay nanapaka ny fanahy izy ireny. Nifaly tamin' ny fitiavan' Andriamanitra izy; nefa tahaka ny mpihaino asehon' ny tany be vato ao amin' ny fanoharana, dia tsy nitomoetra tao amin' ny fitiavany izy. Tsy nanolotra ny tenany isan' andro tamin' Andriamanitra izy, mba ahazoan' i Kristy mitoetra ao amin' ny fo; koa rehefa niverina ny fanahy ratsy, dia «mitondra fanahy fito hafa koa miaraka aminy izay ratsy noho izy», ary dia babon' ny herin' ny ratsy tanteraka izany olona izany. {IFM 340.1}

Rehefa mitolo-batana amin' i Kristy ny fanahy, dia misy hery vaovao manjaka ao amin' ny fo vaovao. Misy fanavaozana vita izay tsy hain' ny olona tanterahina na oviana na oviana ho an' ny tenany. Asa ambonin' izay vitan' olombelona izany, izay mitondra hery ambony noho ny an' ny olombelona ao amin' ny toetry ny olombelona. Ny fanahy izay milefitra amin' i Kristy, dia manjary tanàna mimanda ho Azy, izay anjakany eo anivon' izao tontolo izao mikomy aminy, ary ny kasainy dia tsy hisy fahefana hafa hekena ao afa-tsy ny Azy irery ihany. Ny fanahy izay voatahirin' ny anjelin' ny lanitra ho an' Andriamanitra toy izany, dia mahatohitra ny fanafihan' i Satana. Nefa raha tsy manolo-tena tokoa hofehezin' i Kristy isika, dia hotapahin' ilay ratsy. Tsy maintsy ho eo ambanin' ny fifehezan' ny anankiray amin' ireo hery lehibe roa izay milofo mafy ho tompon' ny fahefana fara-tampony eto amin' izao tontolo izao isika. Tsy ilaintsika ny hinia hifidy ny hanompo ny fanjakan' ny maizina mba hahatonga antsika ho ambanin' ny fanapahany. Ampy ho antsika ny hanao an-tsirambina ny firaisantika hina amin' ny fanjakan' ny mazava dia tonga ho azy izany. Raha tsy miara-miasa amin' ny anjelin' ny lanitra isika, dia hanjaka ao am-po Satana, ka hanao izany ho fonenany. Ny hany

fiarovana amin' ny ratsy dia ny fitoeran' i Kristy ao amin' ny fo amin' ny alalan' ny finoana ny fahamarinany. Raha tsy manana firaisana velona amin' Andriamanitra isika, dia tsy ho afaka na oviana na oviana hanohitra ny vokatra tsy masina ateraky ny fitiavantena, sy ny fampanaranampo ny tena ary ny fakam-panahy hanota. Azontsika atao ny miala amin' ny fahazaran-dratsy maro, eo amin' ny fotoana mety isarahantsika amin' i Satana; nefa raha tsy misy firaisana mitondra aina amin' Andriamanitra, amin' ny alalan' ny fileferantsika Aminy eo amin' ny fotoana rehetra, dia ho resy isika. Raha tsy misy fifankazaran' ny tena manokana amin' i Kristy, sy firaisana lalandava Aminy, dia afaka hanao amintsika araka izay tiany ilay fahavalo, ka amin' ny farany dia hanatanteraka ny baikony isika. {IFM 340.2}

«Ary ny faran' izany olona izany, dia ho ratsy noho ny voalohany. Ary dia tahaka izany koa» hoy Jesosy, «ny ho amin' ity taranaka ratsy fanahy ity». Tsy misy mafy fo tahaka izay nandà ny antson' ny famindrampo, ka nanao tsinontsinona ny Fanahin' ny fahasoavana. Ny fisehoan' ny fahotana amin' ny Fanahy Masina, fahita matetika indrindra, dia ny fiziriziriana handà ny antson' ny lanitra ho amin' ny fibebahana. Ny dingana rehetra atao handà an' i Kristy dia dingana atao hitsipahana ny famonjena, sy mankeo amin' ny fahotana amin' ny Fanahy Masina. {IFM 341.1}

Tamin' ny nandavany an' i Kristy dia nanao ny fahotana tsy azo avela ny firenena jiosy ; ary amin' ny fandavantsika ny antson' ny famindrampo, dia mety hanao izany koa isika. Miteny ratsy ny Andrianan' ny fiainana isika, ka manala baraka Azy eo anatrehan' ny synagogan' i Satana sy eo imason' ny rehetra any an-danitra. rehefa mandà tsy hihaino ny mpitondra hafatra nirahiny fa mihaino kosa ny mpiasan' i Satana, izay nitarika ny fanahy hiala amin' i Kristy. Raha mikiry amin' izany ny olona iray, dia tsy mety hahita fanantenana na famelan-keloka izy, ary amin' ny farany dia tsy hanampaniriana intsony ho vita fihavanana amin' Andriamanitra. {IFM 341.2}

Raha mbola nampianatra ny vahoaka Jesosy, dia nilaza taminy ny mpianany fa tao ala-trano ny reniny sy ny rahalahiny, ka te-hahita Azy. Fantany ny tao am-pon' izy ireo koa namaly Izy nanao tamin' ilay nilaza taminy hoe : «Iza moa no reniko, ary iza no rahalahiko ? Ary naninjitra ny tanany nanondro ny mpianany Izy ka nanao hoe : Indreo ny reniko sy ny rahalahiko. Fa na iza na iza no hanao ny sitrapon' ny Raiko Izay any an-danitra, dia izy no rahalahiko sy anabaviko ary reniko». {IFM 341.3}

Izay rehetra mety manaiky an' i Kristy amin' ny finoana, dia tafaray Aminy amin' ny fatorana ety kokoa noho ny fihavanana amin' ny maha-olombelona. Ho tonga iray Aminy izy, tahaka ny maha-iray Azy amin' ny Ray. Tamin' ny naha-mpino sy mpankato ny teniny an-dreniny no nampanakaiky ho famonjena azy tamin' i Kristy mihoatra noho ny fihavanana ara-nofo nisy amin' izy mianaka. Tsy ho nandray tombon tsoa tamin' ny fifandraisany taminy ny rahalahiny raha tsy nanaiky Azy ho Mpamonjin' ny tenany manokana. {IFM 341.4}

Fanohanana manao ahoana no nety ho azon' i Kristy tamin' ireo havany ara-nofo raha tahiny ka nino Azy ho avy any an-danitra izy ireo, ka niara-niasa taminy tamin' ny fanaovana ny asan' Andriamanitra ! Nahatonga aloka teo amin' ny fiainan' i Jesosy tetý antany ny tsy finoan' ireo. Anisan' ny nampangidy ny kapoaky ny fahoriana izay nosotroiny ho antsika hatramin' ny farany izany. {IFM 342.1}

Tsapan' ny Zanak' Andriamanitra ny fanindronan' ny fandrafiana nitsiry tao am-pon' ny olombelona, indrindra tao amin' ny ankohonany; feno fahalemem-panahy sy fitiavana mantsy ny fony koa nankasitrahany ny fifanajana nombam-pitiavana teo amin' ny fifandraisan' ny mpianakavy. Nirin' ny rahalahiny ny hanekeny ny heviny, nefa nety ho tsy nifandrindra velively tamin' ny asa nanirahan' Andriamanitra Azy ny fihetsika toy izany. Nataon' izy ireo fa nila toro-hevitra avy taminy Izy. Notsarainy araka ny maha-olombelona azy Izy ka noheveriny fa raha mba nety niteny fotsiny zavatra izay ankasitrahan' ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo Izy, dia ho nisoroka ny adi-hevitra mahasorena nateraky ny teniny: Nataony fa very saina Izy raha nihambo fa nandray ny fahefany avy tamin' Andria-manitra, sy tamin' ny nitsanganany teo anatrehan' ny raby ho mpanameloka ny fahotan' izy ireo. Fantany fa nitady toe-javatra hiampangana Azy ny Fariseo, ary tsapany fa efa ampy dia ampy izay efa nomen' i Jesosy azy ireo hararaotiny. {IFM 342.2}

Fohy ny refy nampiasainy ka tsy nahatakarany ny halalin' ny asa nanirahana Azy hotanterahina, ary noho izany dia tsy afaka niray fo taminy ireo rahalahiny teo amin' ny fitsapana nihatra taminy. Ny teny matevina, tsy nisy fankasitrahana nataony dia nampiseho fa tsy nanana fahalalana marina ny amin' ny tena naha-Izy Azy ireo, sady tsy nahatsikaritra ny maha-Andriamanitra niray tamin' ny maha-olombelona tao aminy. Matetika no nahitany Azy oriory ; tsy nampionona Azy izy anefa, fa mainka nandratra ny fony tamin' ny toe-tsaina nasehony sy ny teny nataony. Nampangirifirina ilay toetrany mora nandairan' alahelo, tsy nofantarina araka ny tena izy ny toe-tsaina nanesika Azy, tsy takatra ny hevitry ny asany. {IFM 342.3}

Matetika no naroson' ny rahalahiny ny hevi-tsain' ny Fariseo izay efa konka sy fotsivolon' ny fahanterana ary nihambo ho afaka hampianatra Azy, dia Izy Izay efa nahafantatra ny fahamarinana rehetra, sy nahatakatra ny zava-miafina rehetra. Nomelohiny ankitsirano izay tsy nety ho takany. Nandratra mafy ny fony ny fiampangan' ireo, ka torovana sy ory ny fanahiny. Nilaza izy ireo fa nino an' Andriamanitra ary nihevitra fa niady ho an' Andriamanitra kanefa Andriamanitra no tonga teo aminy fa tsy fantany. {IFM 342.4}

Ireny zavatra ireny dia nahatonga ny lalana nodiaviny ho feno tsilo. Nampahory an' i Kristy indrindra ny tsy fahazoana Azy tao amin' ny ankohonany, hany ka nanamaivamaivana Azy ny nandeha tany amin' izay tsy nisy izany. Nisy tokantrano iray izay tiany notsidihina, — dia ny tokantranon' i Lazarosy sy Marta ary Maria ; satria

nahitan' ny fanahiny fitsaharana ny rivo-pinoana sy fitiavana niainana tao. Nefa tsy nisy olona na iray aza teto-an-tany afaka nahatakatra ny asa nanirahan' Andriamanitra Azy, na nahalala ny vesatry ny entana nozakainy ho an' ny taranak' olombelona. Matetika Izy no tsy nahita fanamaivanana raha tsy efa nanirery, ka niray tamin' ny Rainy any an-danitra. {IFM 343.1}

Izay nantsoina hijaly ho an' i Kristy, izay tsy maintsy hiaritra tsy fahazoana sy tsy fitokisana, na dia ao amin' ny ankohonany aza, dia mety mahita fiononana amin' ny fieritreretana fa efa niaritra izany koa Jesosy. Mangoraka an' ireo Izy. Mibaiko azy hiaradia Aminy, sy hahita fanamaivanana teo amin' izay nahitany izany, dia eo amin' ny firaisana amin' ny Ray Izy. {IFM 343.2}

Tsy havela ho kamboty hilonjy samiréry ny fitsapan' ny fiainana izay manaiky an' i Kristy ho Mpamonjy ny tenany. Raisiny ho anisan' ny fianakaviana any an-danitra izy ; asainy miantso ny Rainy ho Rainy ireo; ireny no «madinika» ho Azy, malalan' ny fon' Andriamanitra, mifamatotra aminy amin' ny fatorana mamy sy maharitra indrindra. Fitiavana mitafotafo no itiavany azy, tafahoatra lavitra noho izay voatsapan' ny ray na ny renintsika ho antsika tao amin' ny fahalementsika, tahaka ny fihoaran' ny maha-Andriamanitra amin' ny maha-olombelona. {IFM 343.3}

Momba ny fifandraisan' i Kristy amin' ny vahoakany, dia misy sary kanto manazava izany ao amin' ny lalàna nomena ny Isiraely. Rehefa voatery nisaraka tsy fidiny tamin' ny tanindrazany ny Hebreo noho ny fahantrana, ka nivarotra ny tenany ho andevo, dia adidin' izay havany akaiky azy indrindra ny manavotra azy sy ny lovany 3. Dia toy izany koa: ny asa fanavotana ny tenantsika sy ny lovantsika, izay very noho ny fahotana, dia niandraiketan' Ilay «havantsika akaiky». Hanavotra antsika no nahatonga Azy ho havantsika. Akaiky noho ny ray, ny reny, ny rahalahy, na fofombady Jehovah Mpamonjy antsika. «Aza matahotra ianao», hoy Izy, «fa efa nanavotra anao Aho; efa niantso ny anaranao Aho, Ahy ianao». «Satria malala eo imasoko ianao sady tiako, dia olona no omeko ho solonao ary firenena ho solon' ny ainao»4. {IFM 343.4}

Tia ireo mponina any an-danitra manodidina ny seza fiandrianany Kristy; fa iza no mahalaza ny amin' ilay fitiavana lehibe izay nitiavany antsika ? Tsy tratry ny saintsika izany, nefa azontsika hamarinina eo amin' ny fanandramana ataontsika. Ary raha hazonintsika tokoa ny fifandraisana amin' ny maha-havantsika Azy, dia ho amin' ny fitiavana manao ahoana no hiheverantsika ireo izay rahalahy sy anabavin' ny Tompontsika. Moa tsy tokony ho dodona isika hanaiky ny zo avy amin' ny fifandraisantsika amin' Andriamanitra ? Natsangana ho anisan' ny fianakavian' Andriamanitra isika, ka moa ve tsy tokony hanome voninahitra ny Raintsika sy ny mpianakavintsika ? {IFM 344.1}

## Toko 34—Ny fiantsoana

«Mankanesa atý amiko, hianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa Izaho no hanome anareo fitsaharana»1 {IFM 345.1}

Natao tamin' ny vahoaka marobe izay nanaraka an' i Jesosy ireo teny fampaherezana ireo. Efa nolazain' ny Mpamonjy fa amin' ny alalany ihany no ahazoan' ny olona mandray ny fahalalana an' Andriamanitra. Niteny tamin' ny mpianany toy ny tamin' izay efa nomena fahalalana momba ny zavatra any an-danitra Izy. Nefa tsy nisy navelany hihevitra ny tenany ho voasakana tsy handray ny fikarakarany sy ny fitiavany. Izay rehetra miasa fatratra sy mavesatra entana dia afaka mankeo Aminy. {IFM 345.2}

Nisy fahabangana tsapan' ny mpanora-dalàna sy ny raby teo amin' ny fanarahany tamin' ny antsipiriany ny fombam-pivavahana, fahabangana izay tsy azon' ny fombam-pivavahana fivalozana nofenoina. Mety hihambo ny mpamory hetra sy ny mpanota ka hilaza fa afa-po amin' ny zavatra araka ny filàna ara-nofo, nefa ao am-pony izy dia tsy matoky sady matahotra. Nibanjina izay rehetra tra-pahoriana sy itambesaran' entana ao am-po Jesosy, dia ireo izay very fanantenana, ka nitady ny hampitony ny hetahetan' ny fanahiny amin' ny fifaliana ara-nofo : samy antsoiny hahita fitsaharana ao Aminy izy rehetra. {IFM 345.3}

Nobaikoiny tamim-pitiavana ny olona miasa mafy hoe : «Ento ny ziogako, ka mianara Amiko ; fa malemy fanahy sady tsy miavona am-po Aho; dia hahita fitsaharana ho an' ny fanahinareo hianareo». {IFM 345.4}

Miteny amin' ny olombelona tsirairay Kristy amin' ireo teny ireo. Na fantany izany na tsia, dia samy sasatra sy mavesatra entana avokoa ny rehetra. Samy vesaran' ny entana avokoa izy, ary Kristy irery no afaka manala izany. Ny entana mavesatra indrindra zakaintsika dia ny entam-pahotana. Raha avela hitondra io entana io isika, dia hanapotika antsika izany. Naka ny toerantsika anefa Ilay tsy manam-pahotana. «Nataon' i Jehovah nihatra taminy avokoa ny helotsika rehetra»2. Nitondra ny entan' ny helotsika Izy. Esoriny tsy ho eo amin' ny sorontsika efa sasatra ny lanjany mavesatra. Hanome antsika fitsaharana Izy. Iantsorohany koa ny enta-mavesatra noho ny fiahiahiana sy ny alahelo mihatra amintsika. Miantso antsika hametraka ny ahiahintsika rehetra eo Aminy Izy, satria entiny eo amin' ny fony isika. {IFM 346.1}

Mijoro eo akaikin' ny seza fiandrianana mandrakizay Ilay Zokintsika lahimatoa. Mibanjina ny fanahy tsirairay izay mitodika ho eo Aminy toy ny amin' ny Mpamonjy Izy. Fantany tamin' ny fanandramana nataony izay fahalemen' ny taranak' olombelona; fantany koa izay ilaintsika sy izay itoeran' ny herin' ny fakam-panahy manjo antsika ; satria nalaim-panahy tahaka antsika tamin' ny zavatra rehetra Izy, nefa tsy nanota. Manara-maso anao Izy, ry zanak' Andriamanitra. Alaim-panahy ve ianao ? Hanafaka

anao Izy. Malemy ve ianao ? Hampahery Izy. Tsy manam-pahalalana ve ianao ? Hampahazava anao Izy. Maratra ve ianao? Hanasitrana anao Izy. «Sady milaza ny isan' ny kintana» ny Tompo no «mahasitrana ny torotoro fo Izy, sy mamehy ny feriny koa»3. «Mankanesa atý Amiko», hoy ny fiantsoany. Na toy inona na toy inona tebitebinao sy fitsapana mihatra aminao, borahy eo anatrehan' ny Tompo izany. Ho voatohana aminkery ny fanahinao ka hahazaka. Hisokatra ho anao ny lalana hamahàna ny tenanao amin' ny zava-tsarotra sy manahirana: Arakaraka ny ahafantaranao ny fahalemenao sy ny tsy fahazoanao manampy ny tenanao, arakaraka izany no hahabe kokoa ny herinao. Arakaraka ny mampahavesatra ny entanao, arakaraka izany no mahabe fitahiana kokoa ny fialan-tsasatra azonao amin' ny fametrahana ny entanao eo amin' Ilay Mpitondra ny entana rehetra. Misy fepetra anefa ny fitsaharana atolotr' i Kristy, ary voafariparitra mazava ireo fepetra ireo. Fepetra azon' ny rehetra tanterahina izany. Lazainy amintsika mazava ny fomba ahitana ny fitsaharana. {IFM 346.2}

«Ento ny ziogako», hoy Jesosy. Fitaovana hoenti-miasa ny zioga. Asiana zioga ny omby mba hoentiny miasa ary tena ilaina ny zioga mba ahazoany miasa marina. Ampianarin' i Kristy antsika, fa nantsoina hanompo isika raha mbola maharitra koa ny fiainantsika. Tsy maintsy horaisintsika eo amintsika ny ziogany, mba hahatonga antsika ho mpiara-miasa Aminy. {IFM 347.1}

Ny zioga mamehy eo amin' ny fanompoana dia ny lalàn' Andriamanitra, dia ilay lalàna lehibe momba ny fitiavana naseho tao Edena, nambara tao Sinay, ary soratana ao am-po amin' ny alalan' ny fanekena vaovao, lalàna mifehy ny olombelona hanatanteraka amimpitiavana ny sitrapon' Andriamanitra. Raha avela hanaraka ny fironana ao amintsika isika, sy handeha amin' izay hitarihan' ny sitrapontsika, dia ho latsaka ao amin' ny laharan' i Satana ka hanjary hitovy toetra aminy. Noho izany dia fefen' Andriamanitra amin' ny sitrapony izay ambony sy mendrika ary manandratra isika. Tiany raha raisintsika amim-paharetana sy amim-pahendrena ny adidy eo amin' ny fanompoana. Kristy mihitsy no nitondra ny ziogampanompoana tao amin' ny mahaolombelona Azy. Hoy Izy : «Ny hanao ny sitraponao, Andriamanitra ô no sitrako; ary ny lalànao no ato anatiko» 4. «Fa tsy nidina avy tany an-danitra Aho mba hanao ny sitrapoko, fa ny sitrapon' Izay naniraka Ahy» 5. Ny fitiavana an' Andriamanitra, ny hafanam-po ho an' ny voninahiny, sy ny fitiavana ny taranak' olombelona lavo, no nitarika an' i Jesosy hanketý an-tany hijaly sy ho faty. Io no hery nifehy ny fiainany. Io foto-kevitra io no baikoiny ho raisintsika. {IFM 347.2}

Misy maro no marary fo noho ny vesatry ny ahiahy satria mitady ny hanatratra ny tarigetran' izao tontolo izao izy. Nifidy ny hanompo an' izao tontolo izao izy ireny ka nanaiky ny tebitebiny, sy nanaraka ny fomba amam-panaony. Noho izany dia simba ny toetra amampanahiny, ary manjary torovan' ny harerahana ny fiainany. Mba hanomezany fahafaham-po ny hambom-pony sy ny faniriany araka izao tontolo izao, dia

ampandeferiny ny feon' ny fieritreretany, ka vao mainka mampitondra enta-mavesatra fanampiny ho azy ny nenina mihatra aminy. Mangeja tsy an-kijanona mandritra ny andrompiainana ny ahiahy. Irin' ny Tompontsika ny hanaisotra io ziogampanandevozana io. Miantso antsika Izy hanaiky ny ziogany fa hoy Izy : «Mora ny ziogako ary maivana ny entako». Mibaiko antsika Izy hikatsaka ny fanjakan' Andriamanitra sy ny fahamarinany, ary ny teny fikasana nataony dia milaza fa izay rehetra ilainy amin' ity fiainana ity dia homeny koa ho fanampin' izany. Jamba ny fo feno ahiahy ka tsy afaka hahita ny ho avy; fa Jesosy kosa mahita ny farany hatramin' ny voalohany. Manana lalana voaomana hitondra fanamaivanana amin' ny zava-tsarotra rehetra Izy. Manana fomba an' arivony nomanina mialoha izay tsy misy na inona na inona fantatsika ny amin' izany ny Raintsika izay any an-danitra. Ireo izay manaiky ilay foto-kevitra iray, ka mametraka ny fanompoana an' Andriamanitra sy ny voninahiny ho lohalaharana indrindra, dia hahatsapa fa hisinda ny tebitebiny ary hisy lalana mazava eo an-tongony. {IFM 347.3}

«Mianara amiko, hoy Jesosy, fa malemy fanahy sady tsy miavona am-po Aho, dia hahita fitsaharana ho an' ny fanahinareo hianareo». Tokony hiditra ao amin' ny sekolin' i Kristy isika, hianatra Aminy ny toetra malemy fanahy sy tsy miavona am-po. Ny fanavotana no fomba itaizana ny fanahy ho any an-danitra. Io fitaizana io dia midika fahalalana an' i Kristy : midika koa ho fahafahana amin' ny hevitra sy ny fahazarana, ary ny fomba amam-panao izay azo tao amin' ny sekolin' ny andrianan' ny maizina. Tsy maintsy ho afaka amin' izay rehetra mifanohitra amin' ny fahatokiana tokony ho an' Andriamanitra ny fanahy. {IFM 348.1}

Nisy fiadanana tanteraka tao am-pon' i Kristy izay nanjakan' ny fifandrindrana feno tamin' Andriamanitra. Tsy mba nampientana Azy na oviana na oviana ny dokadoka, na nahakivy Azy ny fanomezan-tsiny sy ny fahadisoam-panantenana. Tao anatin' ny fanoherana lehibe indrindra sy ny fomba fitondrana masiaka indrindra no nahavelomany, anefa dia mbola be herim-po ihany Izy. Betsaka ny misora-tena ho mpanaraka Azy no manana fo mitebiteby, malahelo, satria tsy sahy ny hitoky tanteraka amin' Andriamanitra. Tsy milefitra tanteraka Aminy izy, satria mampihemotra azy ny vokatra raketin' izany fileferana izany. Raha tsy manao io fileferana io izy dia tsy afaka hahita fiadanana. {IFM 348.2}

Ny fitiavana ny «izaho» no mampandositra. ny fiadanana. Rehefa teraka avy any ambony isika, dia ho ao amintsika ny saina izay tao amin' i Jesosy koa, dia ny saina nampidina Azy mba hamonjy antsika. Amin' izay dia tsy hitady ny toerana ambony indrindra isika. Ho faniriantsika ny hipetraka eo an-tongotr' i Jesosy ka hianatra Aminy. Ho tsapantsika fa ny tombambidin' ny asantsika dia tsy fisehosehoana sy fitabatabana eo amin' izao tontolo izao, na asa na hafanam-po amin' ny herin' ny tenantsika. Mifandanja amin' ny fizarana ny Fanahy Masina ny tombambidin' ny asantsika. Mitondra toetra tsara

sy masina kokoa eo amin' ny saina ny fahatokiana an' Andriamanitra, ka rehefa manana faharetana isika dia ho afaka mifehy ny fanahintsika. {IFM 348.3}

Apetraka eo amin' ny omby ny zioga mba hanampy azy amin' ny fitarihana ny entamavesatra sy hanamaivana azy koa. Toy izany koa ny ziogan' i Kristy. Rehefa mifandrindra amin' ny sitrapon' Andriamanitra ny sitrapontsika ka hampiasaintsika ho fitahiana ny hafa ny fanomezana avy amin' Andriamanitra, dia ho hitantsika fa maivana ny entan' ny fiainana. Izay mandeha eo amin' ny lalan' ny didin' Andriamanitra dia miara-dia amin' i Kristy, ka mahita fitsaharana ao amin' ny fitiavany vokatry ny fo. Fony Mosesy nivavaka hoe : «Ampahafantaro ny làlanao aho, hahalalako Anao», 6 dia namaly Azy Jehovah nanao hoe : «Ny Tavako no handeha, dia hanome fitsaharana Aho. Ary nomena ny hafatra tamin' ny alalan' ny mpaminany nanao hoe : «Izao no lazain' i Jehovah : Mijanòna eo an-dàlana hianareo ka izahao, ary anontanio izay làlana masaka hatry ny ela, dia izay làlana mankany amin' ny tsara, ka iny no izory, dia hahita fitsaharana ho an' ny fanahinareo hianareo»7. Ary hoy Izy : «Toy izay anie hianao mba nihaino ny didiko ! dia ho tahaka ny ony ny fiadananao, ary ho tahaka ny onjandranomasina ny fahamarinanao» 8. {IFM 349.1}

Izay mandray an' i Kristy amin' ny teniny ka mampilefitra ny fanahiny sy ny fiainany, dia hahita fiadanana sy fahatoniana. Tsy misy na inona na inona eto amin' izao tontolo izao izay mety hampalahelo ny olona rehefa Jesosy no tonga ampifaly azy amin' ny fanekena vaovao feno. Hoy ny Tompo: «Ny saina tsy miovaova dia harovanao ao amin' ny fiadanana tanteraka, satria matoky Anao izy» 9. Mety hitovy amin' ny volon' ondry misavorovoro ny fiainantsika; nefa raha manankina ny tenantsika amin' Ilay Mpampiasa hendry sady mahay isika, dia ataony vita filamatra ho fanomezamboninahitra Azy ny fiainana sy ny toetra amam-panahitsika. Ary io toetra amam-panahy izay notefena araka ny endrika be voninahitry ny toetra amam-panahin' i Kristy io ihany no horaisina ao amin' ny Paradisan' Andriamanitra. Taranaka nohavaozina no hiaramandeha Aminy, miakanjo fotsy, satria mendrika izy. {IFM 349.2}

Manomboka eto an-tany ny lanitra raha vao miditra ao amin' ny fitsaharan' i Jesosy isika. Miantso antsika Izy hoe : «Mankanesa atý Amiko», ary rehefa manatona Azy isika dia hanomboka ny fiainana mandrakizay. Ny atao hoe lanitra dia fanatonana an' Andriamanitra mandrakariva amin' ny alalan' i Kristy. Arakaraka ny itoerantsika ao amin' ny fahasambaran' ny lanitra, no hisokafan' ny voninahitra bebe kokoa hatrany ho antsika; ary arakaraka ny ahafantarantsika an' Andriamanitra bebe kokoa no hahabetsaka ny fahasambarantsika. Rehefa miaraka amin' i Jesosy eto amin' ity fiainana ity isika dia mety ho feno ny fitiavany, afa-po amin' ny fanatrehany. Izay rehetra mety hahasoa ny nofo, dia horaisintsika avokoa. Nefa inona moa izany raha hampitahaina amin' ny any an-koatra ? «Mitoetra eo anoloan' ny seza fiandrianan' Andriamanitra isika ka manompo Azy andro aman' alina eo amin' ny tempoliny ; ary Ilay mipetraka eo ambonin' ny seza

fiandrianana dia hamelatra ny trano lainy handrakotra azy. Tsy ho noana na hangetaheta intsony ireo ; ary tsy haninona azy ny masoandro na izay hafanana akory. Fa ny Zanak' ondry Izay eo afovoan' ny seza fiandrianana no ho Mpiandry azy ka hitondra azy ho amin' ny loharanon' ny ranon' aina ; ary hofafan' Andriamanitra ny ranomaso rehetra amin' ny masony» 10. {IFM 350.1}

## Toko 35—Mangina, mitsahara!

Andro nisehoan-javatra maro teo amin' ny fiainan' i Jesosy izany andro izany. Teo amoron' ny ranomasin' i Galilia Izy no nanambara ny fanoharana voalohany nataony, ka nampiasa sary mahazatra ho enti-manazava indray amin' ny vahoaka ny toetran' ny fanjakany sy ny fomba hanorenany azy. Nampitoviany tamin' ny asan' ny mpamafy ny asan' ny tenany ; ary tamin' ny fitomboan' ny voan-tsinapy sy ny asan' ny masirasira amin' ny fatran' ny koba ny fitomboan' ny fanjakany. Notantarainy tao amin' ny fanoharana momba ny vary sy ny tsimparifary ary ny harato tarihina ny fampisarahana farany ny tsara sy ny ratsy. Ny toetra sarobidy manatombo eo amin' ny fahamarinana nampianariny dia nohazavainy an-tsary tamin' ilay harena nafenina sy ilay perila sarobidy ; ary ny fanoharana momba ny tompon-trano dia nampianariny ny mpianany ny fomba tokony hiasany amin' ny maha-solontenany azy. {IFM 351.1}

Nandritra ny andro dia nampianatra sy nanasitrana Izy ; ary rehefa hariva, dia mbola nifanizina taminy ihany ny vahoaka. Nanompo azy ireo isan' andro Izy ary zara raha niato kely hisakafoanana na hialana sasatra. Nahatonga ny asany ho mafy sy manahirana lavitra ny faniniana mifono hasomparana sy ny fanehoana diso nataon' ny Fariseo ka nanenjehany Azy mandrakariva; ary rehefa hariva ny andro dia vizana indrindra Izy ka tapa-kevitra hitady izay hisintonany kely amin' ny toerana mangina any am-pitan' ny farihy. {IFM 351.2}

Tsy hoe tsy nisy mponina tsy akory teo amin' ny morony atsinananan' i Genesareta, fa nisy tanàna ihany tetsy sy teroa ; nefa na dia izany aza dia toerana tsy misy mponina izy raha ampitahaina amin' ny ilany andrefana. Jentilisa no betsaka tao mihoatra noho ny Jiosy ary tsy nifandray firy tamin' i Galilia io tany io. Tao izany no toerana nahazoana mitokana notadìavin' i Jesosy, ka nibaiko ny mpianany Izy hiaraka Aminy ho any. {IFM 351.3}

Rehefa nampirava ny vahoaka Izy dia nentin' ny mpianatra tamin' izao ihany ny sambokely nitondra an' i Jesosy ka nampandehaniny haingana. Tsy nandeha irery anefa izy ireo. Nisy koa sambon' ny mpanarato hafa teo amoron-drano, ary vetivety ireo dia feno olona nanaraka an' i Jesosy, izay naniry ny mbola hahita sy hihaino Azy. {IFM 352.1}

Nony farany dia afaka tamin' ny faneren' ny vahoaka Azy Jesosy ary resin' ny havizanana sy ny hanoanana, ka nitsotra tao amin' ny vodi-sambo ary vetivety dia natory. Tony sy nahafinaritra ny andro iny hariva iny, ary tsy nihetsika ny farihy. Tsy tapitapitr' izay anefa dia nandrakotra ny lanitra ny haizina, nifofofofo tsy hay notohaina ny rivotra avy tany amin' ny lohasaha teny amin' ny tendrombohitra ka namely ny morona atsinanana ary niantefa tamin' ny farihy ny tafiodrivotra masiaka. 1 {IFM 352.2}

Nilentika ny masoandro, ary nandrakotra ny ranomasina nisamboaravoara ny haizin' ny alina. Toy ny voavelin' ny karavasin' ny rivotra mitoreo mafy ny onja, ka romotra ary miantonta mafy amin' ny sambon' ny mpianatra, sy mandrahona ny hitelina azy mihitsy. Nandany ny fiainany teo amin' ny farihy ireto mpanarato efa zatra ady, ary efa nitondra ny sambokeliny tody soamantsara nanavatsava tafiotra maro; izao anefa tsy misy dikany ny heriny sy ny fahaizany. Tsy nanan-kery izy tao anatin' ny vahohon' ny tafiotra, ary very ny fanantenany rehefa hitany fa feno rano ny sambony. {IFM 352.3}

Variana niezaka hamonjy ny tenany izy ka adinony fa tao anaty sambo Jesosy. Rehefa hitany anefa fa tsy nisy vokany ny asany, ary fahafatesana ihany no nanoloana azy, dia tsaroany Ilay nibaiko azy hiainga ka hamaky ny ranomasina. Teo amin' i Jesosy ny hany fanantenana ho azy. Tao amin' ny fahatsapany fa tsy hahavita na inona na inona izy sy tratran' ny fahakiviana, dia niantsoantso hoe : «Tompo ò ! Tompo ò !» Nanakona Azy tsy ho eo imason' izy ireo anefa ny haizina mikitroka. Safotry ny fitreron' ny tafiotra ny feony ary tsy nisy valin-teny azony. Namely azy ny fisalasalana sy ny tahotra. Nandao azy ve Jesosy ? Tsy manan-kery hanampy ny mpianany ve ankehitriny Ilay naharesy ny aretina sy ny demonia, ary na dia ny fahafatesana aza ? Tsy raharahainy ve ny fahoriany ? {IFM 352.4}

Niantso indray izy, nefa tsy nisy valiny afa-tsy ny fifofofofon' ny rivotra misafoaka. Efa ho rendrika ny sambo. Kely sisa dia toa ho voatelin' ny rano misafoaka izy ireo. {IFM 353.1}

Tsy tapitapitr' izay dia nisy tselatra nanagorobaka ny haizina tamin' ny hazavany, ka tazan' ny mpianatra Kristy renoky ny tory, tsy voahelingelin' ny fisavoritahana. Sady gaga izy ireo no kivy ka niantso hoe : «Mpampianatra Ò, tsy mampaninona anao va izao hahafatesanay izao?» Ahoana no ahazoany miala sasatra amimpiadanana toy izao, nefa tandindomin-doza sy miady amin' ny fahafatesana izy ireo ? {IFM 353.2}

Nanaitra an' i Kristy ny antsoantsony. Hitan' ny mpianatra tamin' ny fahazavan' ireo tsela-baratra mitsoriandriaka ny fiadanan' ny lanitra teny amin' ny salovan-tavany ; hita taratra teo amin' ny fijeriny ny fitiavana manadino tena, feno halemem-panahy, ka nitodika tany Aminy tamin' ny fony rehetra izy ireo niantso hoe : «Tompoko, vonjeo fa maty izahay». {IFM 353.3}

Na oviana na oviana, tsy mbola nisy fanahy iray niantso toy izany ka tsy nohenoina. Raha nivoy mafy nanao fara-ezaka ny mpianatra, dia nitsangana Kristy. Nijoro teo afovoan' ny mpianany Izy, ny rivo-mahery amin' izany mbola mifofofofo ihany, ny onjandrano miantontatonta, ary ny hazavan' ny tselatra mifanesy nahitana ny toetran' ny endriny. Nanandratra ny tanany Izy, dia ilay tanana nampiasaina matetika hanao asam-pamindrampo, ka niteny ny ranomasina nisafoaka hoe : «Mangina, mitsahara !» {IFM 353.4}

Nijanona ny tafio-drivotra. Nalefaka sady tony ny onjan-drano. Nisinda ny rahona ka lasa ary namirapiratra indray ny kintana; ary indro nisosa nilamina teo amin' ny ranomasina ny sambo. Nitodika tamin' ny mpianany Jesosy ka nanontany azy tamin' alahelo hoe : «Nahoana no saro-tahotra hianareo? Tsy mbola manam-pinoana va hianareo ?» 2 {IFM 353.5}

Nangina ny mpianatra. Na dia i Petera aza tsy sahy nanandrana hampiseho ny tahotra ombam-panajana nameno ny fony. Notandindomin-doza tahaka ny mpianatra koa ireo sambo izay niainga hanaraka an' i Jesosy. Horohoro sy fahakiviana no nameno ireo olona tao anatiny ; nefa nitondra fahatoniana teo amin' ny sehatra nisehoan' ny korontana ny baikon' i Jesosy. Nampifanakaiky ny sambo ny fisafoakin' ny rivotra, ka samy nahita ny fahagagana izy rehetra. Hadino ny tahotra nony tonga ny fahatoniana manaraka. Nifampibitsibitsika ny olona nanao hoe : «Lehilahy manao ahoana re lo, fa ny rivotra sy ny ranomasina aza manaiky Azy ?» {IFM 354.1}

Tony tanteraka Jesosy raha nofohazina tao anatin' ny tafiodrivotra. Tsy nisy sombin-tahotra kely akory hita soritra tao amin' ny fijeriny, satria tsy nisy tahotra tao am-pony. Nefa tsy niankina tamin' ny fananany hery tsitoha Izy. Tsy ny maha-Tompon' ny tany sy ny ranomasina ary ny lanitra Azy «no nialany sasatra tamimpiadanana. Iny fahefana iny dia napetrany ary ny tenany mihitsy no nanambara hoe : «Raha Izaho dia tsy mahay manao na inona na inona»3. Natoky ny herin' ny Rainy Izy. Tamin' ny finoana, dia ny finoana ny fitiavan' Andriamanitra sy ny fikarakarany Azy, no niankinan' i Kristy ary ny herin' Andriamanitra no nampitsahatra ny tafio-drivotra. {IFM 354.2}

Tahaka ny niankinan' i Kristy tamin' ny finoana ny fikarakaran' ny Rainy, no tokony hiankinantsika koa amin' ny fikarakaran' ny Mpamonjy antsika. Raha mba natoky Azy ny mpianatra, dia ho voaaro ka ho nitoetra tao amin' ny fiadanana. Fa ny tahotra nasehony tamin' ny fotoana nisian' ny loza dia nampiharihary ny tsy finoany. Nahatonga azy hanadino an' i' Kristy ny fiezahany hamonjy tena. Ary tsy afaka namonjy azy Kristy raha tsy nitodika tany Aminy izy ireo tao amin' ny famoizam-pony noho ny fiankinany tamin' ny tenany. {IFM 354.3}

Impiry impiry moa no manao izany fanandraman' ny mpianatra izany koa isika. Rehefa mitambatra ny tafiotry ny fakam-panahy, ka masiaka ny tsela-baratra, ary mifaoka antsika ny onjan-drano, dia miady irery amin' ny tafiotra isika, ary manadino fa ao Ilay Anankiray afaka hanampy antsika. Matoky ny herin' ny tenantsika isika vao mahatsiaro an' i Kristy, nefa raha miantso azy hamonjy antsika isika dia tsy hiantso foana tsy akory. Na dia manome tsiny amin' alahelo ny tsy finoantsika sy ny fahatokiantsika tena aza Izy, dia tsy maintsy omeny antsika ny fanampiana ilaintsika. Na an-tanety na an-dranomasina, dia tsy misy tokony hatahorantsika, raha ao am-pontsika ny Mpamonjy. Hampitony ny ranomasin' ny fiainana ny finoana velona ny Mpanavotra, ka hanafaka antsika amin' ny loza eo amin' ny lalana izay fantany ho tsara indrindra

hizorantsika. {IFM 354.4}

Misy lesona ara-panahy hafa koa eo amin' ity fahagagana nampitsaharany ny tafio-drivotra ity. «Fa ny ratsy fanahy dia tahaka ny ranomasina misamboaravoara. . . . Tsy misy fiadanana ho an' ny ratsy fanahy, hoy Andriamanitra»4. Nanapotika ny fiadanantsika ny fahotana. Raha mbola tsy milefitra ny «izaho», dia tsy mety mahita fiadanana isika. Tsy misy herin' olombelona afaka hifehy ireo fironana manjaka ao am-po. Tahaka ny mpianatra, dia tsy manan-kery hampitony ny tafiotra mifofofofo isika. Nefa Ilay nampitony ny onjan-dranomasin' i Galilia, dia efa nanao teny mitondra fiadanana ho an' ny fanahy tsirairay avy. Na masiaka toy inona aza ny rivotra, dia ho afaka amin' izany izay rehetra mitodika eo amin' i Kristy ka miantso hoe : «Tompo ò, vonjeo izahay». Ny fahasoavany izay mampihavana ny fanahy amin' Andriamanitra. no mampitony ireo fironana mifandrirotra ao amin' ny olona, ka hahitan' ny fo fiadanana ao amin' ny fitiavany. «Nampitony ny rivotra mahery Izy, ka nitsahatra ny onjan-drano. Dia faly ireo, satria nitsahatra izany ; ary nentiny ho amin' ny fitodiana niriny izy»5. «Satria efa nohamarinina tamin' ny finoana isika. dia manana fihavanana amin' Andriamanitra amin' ny alalan' i Jesosy Kristy Tompontsika». «Ny asan' ny fahamarinana ho fiadanana; ary ny vokatry ny fahamarinana dia ho fiadanana sy fahatokiana mandrakizay»6. {IFM 355.1}

Vao maraina koa ny andro dia tonga teo amoron-drano ny Mpamonjy sy ireo mpiara-dia taminy. ka ny fitahiana mitondra fiadanan' ny fahazavan' ny masoandro niposaka teo amin' ny ranomasina sy ny tany. Nefa vao nidina teo amin' ny tora-pasika Izy, dia zavatra mahatsiravina noho ny fisafoakin' ny tafiotra no nitsena ny fijeriny. Nirohotra nankeo Aminy tahaka ny handrotika Azy ny olona roa very saina avy tamin' ny toerana miafina any anatin' ny fasana. Nikirazorazo teny aminy ny gadra tapaka tamin' izy nandositra ny tranomaizina nametrahana azy. Rotidrotika sy naratra ny tenany izay izy ihany no nitetika azy tamin' ny vato maranitra. Nanjopiaka avy tao anatin' ny volony lava sy misavoritaka ny masony ; ny endriky ny maha-olombelona mihitsy no efa voakosoky ny demonia tao aminy, ary toy ny bibidia fa tsy olona no fijery azy. {IFM 355.2}

Nihorohoro ny mpianatra sy ny mpiara-dia taminy ka nandositra, nefa rehefa afaka kelikely dia tsikariny fa tsy niaraka taminy Jesosy, ka nitodika izy nijery Azy. Nijanona teo amin' ny toerana nandaozany Azy ihany Izy. Ilay nampitony ny tafio-drivotra, Day nifanehatra tamin' i Satana ka naharesy azy, dia tsy mba nandositra teo anoloan' ireo demonia ireo. Rehefa nanatona azy ireo demoniaka, nihidy vazana sy nandoa vory, dia natsangan' i Jesosy ny tanany izay efa nibaiko ny onjan-drano hitsahatra, ka tsy afaka nanakaiky ireo olona ireo. Romotra izy, nefa tsy nanan-kery teo anatrehany. {IFM 356.1}

Notenenin' i Jesosy tamim-pahefana hivoaka tamin' izy ireo ny fanahy maloto. Nanagorobaka ny sain' ireto olona mahantra efa voasaron' ny haizina ny teniny. Tsapany

manjavozavo fa afaka hamonjy azy amin' ny fampahorian' ny demonia Day teo anilany. Niankohoka teo an-tongotry ny Mpamonjy izy ; nefa rehefa nisokatra ny vavany hitalaho famindrampo, dia niteny tamin' ny alalany ny demonia, ka nikiakiaka mafy hoe : «Moa mifaninona akory izaho sy Hianao, ry Jesosy Zanak' Andriamanitra Avo Indrindra ò! Ampianianiko amin' Andriamanitra Hianao, aza mampijaly ahy». {IFM 356.2}

Nanontany azy Jesosy hoe : «Iza moa no anaranao ?» Ary izao no navaliny : «Legiona no anarako, satria maro izahay». Nampiasainy ho mpanelanelana hanambata ny tenany ireo olona mahantra ireo ka niangaviany tsy hamoaka azy any ivelan' ny tanàna Jesosy. Ary nisy kisoa maro andiany iray nandrasana teny akaikin' ny tendrombohitra. Nangataka ny havela hiditra ao amin' izy ireo izy ka neken' i Jesosy izany. Avy hatrany dia nandositra noho ny tahotra ny andiankisoa. Nitratrevatreva toy ny romotra teny amin' ny hantsana izy ireo ary tsy tafajanona teo amoron' ny rano fa lasa nivarina tany anatin' ny farihy, ka maty. {IFM 356.3}

Tamin' izany fotoana izany dia nisy fiovana mahagaga teo amin' ireo demoniaka. Namirapiratra tao an-tsainy indray ny fahazavana. Hita taratra teo amin' ny fijeriny ny fifohazan' ny sainy. Ny tarehiny efa simba ela sy naka ny endrik' i Satana dia nanjary nalemy fanahy tampoka, ary ireo tanana nihosin-dra dia nanjary nipetraka tsara. Dia nanokatra ny vavany hidera an' Andriamanitra tamin' ny feo feno fifaliana izy roa lahy noho ny fahafahany. {IFM 356.4}

Hitan' ireo mpiandry kisoa avy teny an-kavoana izay rehetra nitranga ka lasa izy niolomay nilaza ny vaovao tamin' ny mpampiasa azy sy tamin' ny vahoaka rehetra. Natahotra sy talanjona ny mponina rehetra ka nirohotra nitsena an' i Jesosy. Nampihorohoro ny tanàna ireo demoniaka roa lahy ireo. Tsy nisy afaka nandalo teo amin' ny toerana nisy azy ka tsy niharan-doza, fa nitratrevatrevany ny mpandalo rehetra noho ny haromotan' ny demonia tao anatiny. Nanjary nitafy lamba ireo olona ireo sady vory saina tsara, nipetraka eo an-tongotr' i Jesosy, nihaino ny teniny ka nanome voninahitra an' Ilay nanasitrana azy. Tsy nahafaly ny vahoaka anefa ny fahitana izao toe-javatra izao. Lehibe kokoa taminy ny fahaverezan' ny kisoa noho ny fahafahan' ireto babon' i Satana. {IFM 356.5}

Famindrampo ho an' ireo tompon' ny kisoa ny namelana io fatiantoka io hihatra taminy. Variana tamin' ny zavatry ny tany izy ka tsy niraharaha ny tombon-tsoa lehibe teo amin' ny fiainana arapanahy. Nirin' i Jesosy ny hanapaka ny fanangolen' ny tsy firaihana feno fitiavan-tena nianjady taminy, mba ahazoany manaiky ny fahasoavany. Nefa nanajamba ny masony tsy hahita ny famindrampon' ny Mpamonjy ny alahelony sy ny fahatezerany vokatry ny fatiantoka ara-nofo. {IFM 357.1}

Nampifoha ny finoanoam-poana teo amin' ny vahoaka ny fisehoan' ny hery lehibe lavitra noho izay hita amin' ny zavaboary ka niteraka tahotra tao aminy. Mety hisy koa

angamba antambo hafa mety hitranga raha mbola eo aminy ity Vahiny ity. Nampahatahotra azy ny fahavoazany ara-bola ka nanapa-kevitra izy hampiala Azy tsy ho eo anatrehany. Notantarain' ireo izay namaky ny farihy niaraka tamin' i Jesosy izay rehetra nitranga ny alin' iny : ny loza nananontanona azy tao amin' ny tafio-drivotra, sy ny fomba nampitonena ny rivotra sy ny ranomasina. Tsy nisy vokany anefa ny teniny. Nihorohoro ny vahoaka nanodidina an' i Jesosy ka nitalaho taminy izy mba hiala tsy ho eo aminy, koa dia nekeny izany, ary niditra tao an-tsambo indray Izy ka nankany amin' ny moron-drano teny am-pita. {IFM 357.2}

Nanoloana ny mponina tao Gadarena ny porofo velona ny amin' ny herin' i Kristy sy ny famindrampony. Hitany ireo lehilahy izay efa nositranina ka niverina tamin' ny sainy ; natahotra loatra izy ndrao dia hidiran-doza ny tombon-tsoany ara-nofo, ka nataony ho mpanelingelina Ilay naharesy ny andrianan' ny haizina teo imasony, ary nesoriny tsy ho eo am-baravarany Ilay Fanomezan' ny lanitra. Tsy manana fotoana ahazoana miala tsy ho eo amin' ny tenan' i Kristy tahaka ny mponina tany Gadarena isika; nefa mbola betsaka no mandà tsy hankatò ny teniny, satria ny fankatoavana dia midika ho fahafoizana tombon-tsoa sasan-tsasany araka izao tontolo izao. Raha hitarika fatiantoka ara-bola ny fanatrehany, dia betsaka no hitsipaka ny fahasoavany, ka handroaka ny Fanahiny tsy ho eo aminy. {IFM 357.3}

Hafa lavitra anefa ny zavatra tsapan' ireo demoniaka sitrana. Niriny ny hiara-dia amin' ny Mpanafaka azy. Tsapany fa raha eo anatrehany mandrakariva Izy dia azo antoka tsy hiverina eo aminy intsony ny demonia izay efa nampitondra fahoriana ny fiainany, sy nanimba ny maha-olona azy. Rehefa niondrana an-tsambo Jesosy, dia nijanona teo akaikiny izy ireo, nandohalika teo an-tongony ka nangataka Azy hitana azy ireo ho eo akaikiny, mba hahazoany mandre mandrakariva ny teniny. Nibaiko azy anefa Jesosy hody, ary hilaza ny zava-dehibe efa nataon' ny Tompo ho azy. {IFM 358.1}

Misy asa tokony ataony eo, dia ny handeha any amin' ny tokantrano jentilisa, ka hilaza ny fitahiana efa noraisiny tamin' i Jesosy. Mafy tamin' izy ireo ny ho tafasaraka tamin' ny Mpamonjy. Azo antoka fa hisy zava-tsarotra lehibe miandry azy amin' ny fikambanany amin' ny mpiray tanindrazana jentilisa aminy. Ny fisarahany ela tamin' ny mpiara-monina taminy koa toa nahatonga azy tsy hanana fahamendrehana hanao ny anjara asa tokony ataony. Nefa raha vao notondroin' i Jesosy ny adidiny dia vonona ny hankatò izy. Tsy ny ankohonany sy ny mpifanolobodirindrina taminy ihany no nilazany ny momba an' i Jesosy, fa nandeha nitety an' i Dekapolisy izy nanambara hatraiza hatraiza ny heriny mamonjy, ka notantarainy ny nanafahany azy tamin' ny demonia. Tamin' ny nanaovany io asa io no nandraisany fitahiana lehibebe kokoa, toy izay nijanona teo anatrehany. ka tsy nandray tombon-tsoa afa-tsy ho an' ny tenany ihany. Amin' ny asa ataontsika hanaparitaka ny vaovao mahafalin' ny famonjena no mety hahatonga antsika ho eo akaikin' ny Mpamonjy indrindra. {IFM 358.2}

Ireo demoniaka sitrana ireo no misionera voalohany nirahin' i Kristy hitory ny Filazantsara tao amin' ny faritanin' i Dekapolisy. Fotoana fohy fotsiny ihany no nananan' ireo olona ireo tombon-tsoa hihainoana ny fampianaran' i Kristy. Tsy nisy akory toriteny iray avy amin' ny vavany ren' ny sofiny. Tsy afaka nampianatra ny vahoaka tahaka ny azon' ny mpianatra natao, izay niaraka tamin' i Kristy isan' andro izy ireo. Teo amin' ny tenany mihitsy anefa no nitondrany ny porofo mazava fa Jesosy no Mesia. Afaka nilaza izay fantany izy, izay efa hitany sy reny, ary tsapany ny amin' ny herin' i Kristy. Izany no asan' izay rehetra manana fo voatohin' ny fahasoavan' Andriamanitra. {IFM 358.3}

Izao no nosoratan' i Jaona, ilay mpianatra malala : «Izay hatramin' ny voalohany, dia izay efa renay, izay efa hitan' ny masonay, izay efa nojerenay, efa notsapain' ny tànanay, dia ny amin' ny Tenin' ny Fiainana ; . . . Izay efa hitanay sy renay no ambaranay aminareo»1. Amin' ny maha-vavolombelona ho an' i Kristy antsika, dia tokony hilaza izay fantatsika isika, izay eta hitan' ny tenantsika sy re ary tsapa. Raha nanaraka an' i Jesosy isaka ny indray mandingana isika, dia hanana zavatra masaka tsara holazaina momba ny lalana izay nitarihany antsika. Azontsika lazaina ny tomba nahatanterahan' ny teny fikasany teo amintsika, ka nahitantsika fa marina izany. Azontsika atao ny mijoro ho vavolombelona ny amin' izay fantatsika momba ny fahasoavan' i Kristy. Hampiseho izany no iantsoan' ny Tompo antsika, fa raha tsy misy izany dia ho very izao tontolo izao. {IFM 358.4}

Na dia tsy nandray an' i Jesosy aza ny mponina tany Gerasena, dia tsy navelan' i Jesosy tao amin' ny haizina izay nofidiny izy. Tsy mbola nandre ny teniny akory izy ireo dia nibaiko Azy hiala teo aminy. Tsy fantany mihitsy Izay nolaviny. Na dia izany aza dia nalefany taminy indray ny fahazavana, ary tamin' ny alalan' ireo izay tsy ho laviny ny hihaino azy. {IFM 359.1}

Tamin' ny nahafatesan' ny kisoa no nikasan' i Satana ny hampiodina ny vahoaka hiala amin' ny Mpamonjy, ka hanakana ny fitoriana ny Filazantsara tao amin' io faritra io. Io toe-javatra io indrindra anefa no nampifoha ny faritany manontolo ka tsy misy fomba hafa nahavitana toy izany, ary koa nitarika ny saina ho amin' i Kristy. Na dia lasa aza ny tenan' ny Mpamonjy, dia nitoetra teo ny olona izay nositraniny, ka nijoro ho vavolombelon' ny heriny. Ireo izay nampiasain' ny andrianan' ny haizina ho mpanelanelana dia nanjary fantson' ny fahazavana sy mpitondra hafatry ny Zanak' Andriamanitra. Talanjona ny olona nandre ny vaovao mahagaga. Nisy varavarana mivoha ho an' ny Filazantsara nanerana io faritany io. Rehefa niverina tany Dekapolisy Jesosy. dia nirohotra nanatona Azy ny olona, ka nandritra ny hateloana dia tsy ny mponina tao amin' ny tanàna iray ihany, fa an' arivony avy tamin' ny faritra manodidina, no nandre ny hafatry ny famonjena. Na dia ny herin' ny demonia aza dia teo ambanin' ny fanarahamason' ny Mpamonjintsika, ka azony fehezina hitondra soa ny asa ratsy ataony. {IFM 359.2}

Nisy lesona ho an' ny mpianatra iny fihaonana tamin' ny demoniaka tany Gerasena iny. Asehony ny halalin' ny fitotonganan' ny toetra izay tadiavin' i Satana hanjakana, sy ny fikasany hitarihana ny taranak' olombelona manontolo; nibaribary kosa ny asa nanirahana an' i Kristy hanafaka ny olona amin' ny heriny. Ireo olona mahantra ireo, izay nipetraka teo am-pasana, nohandevozin' ny firehetam-po tsy voafehy sy ny filana ambany maharikoriko, ireo no mampiseho izay ho nanjo ny taranak' olombelona raha navela teo ambanin' ny fanapahan' i Satana izy. Miasa mandrakariva amin' ny olona ny hery miasa mangina avy amin' i Satana mba hanary dia ny nofo, hifehy ny saina ho amin' ny ratsy, ary hamporisika ho amin' ny herisetra sy ny heloka bevava. Mampahaosa ny vatana izy, manamaizina ny saina ary manambany ny fanahy. Na oviana na oviana ny olona no mandà ny antson' ny Mpamonjy, dia mampilefitra ny tenany amin' i Satana izy. Marobe no manao izany ankehitriny eo amin' ny lafiny rehetra : na amin' ny fiainana, na ao an-tokantrano, na ao amin' ny asa aman-draharaha, ary na dia ao amin ny fiangonana aza. Noho izany no mahatonga ny herisetra sy ny heloka bevava hanerana ny tany; ary ny haizina eo amin' ny ara-pitondrantena no manarona ny fonenan' ny olona tahaka ny voaly maintin' ny fahafatesana. Amin' ny alalan' ny fakam-panahy fetsy indrindra ataon' i Satana no nitarihany ny olona ho amin' ny ratsy mihaloza hatrany hatrany, mandra-pahatongan' ny fahalotoana sy ny fandringanana tanteraka ho vokatr' izany. Ny hany fiarovana azo antoka amin' ny heriny dia hita eo amin' ny fanatrehan' i Jesosy. Teo anatrehan' ny olona sy ny anjely i Satana no naseho ho fahavalon' ny olona sy mpamono azy ; Kristy kosa dia sakaizan' ny olona sy mpanafaka azy. Hampitombo izay rehetra hanandratra ny toetra amam-panahy sy hahamendrika ny mahanofo ao amin' ny olona ny Fanahiny. Hanangana ny olona ho voninahitr' Andriamanitra ao amin' ny tena sy ny saina ary ny Fanahy Izy. «Fa tsy nomen' Andriamanitra fanahy osa isika fa fanahy mahery sy fitiavana ary fahononan-tena»8. Niantso antsika Izy hahazo «ny voninahitra» — dia ny toetra amam-panahin' i Kristy Jesosy Tompontsika. «Niantso antsika Izy «hitovy endrika amin' ny Zanany»9. {IFM 359.3}

Ary ny fanahy izay nitotongana ho fitaovan' i Satana, dia mbola amin' ny alalan' i Kristy ihany no hanovana azy ho mpitondra hafatry ny fahamarinana, ka irahin' ny Zanak' Andriamanitra mba hilaza «ny zava-dehibe nataon' i Jehovah ho azy, sy ny namindrany fo taminy». {IFM 360.1}

## Toko 36—Ny finoana mitarika hanendry

Raha niverina avy tany Gadarena Jesosy ka nankany amin' ny moron-drano andrefana, dia nahita vahoaka marobe nivory handray Azy, koa tamim-pifaliana no niarahabany Azy. Nijanona fotoana kely teo amoron-dranomasina Izy, nampianatra sy nanasitrana, dia niainga ho any amin' ny tranon' i Levi-Matio hihaona amin' ny mpamory hetra any amin' ny fanasana. Tao i Jaïro mpanapaka tao amin' ny synagoga no nahita Azy. 1 {IFM 361.1}

Ory dia ory ity loholon' ny Jiosy ity nanatona an' i Jesosy, koa niankohoka teo anatrehany izy sady niloa-bava hoe : «Maty ankehitriny izao ny zanako-vavy; fa andeha re, mametraha ny tànanao aminy, dia ho velona izy». {IFM 361.2}

Niainga avy hatrany niaraka tamin' ilay mpanapaka Jesosy ho any amin' ny tokantranony. Na dia efa nahita be dia be tamin' ny asam-pamindrampo nataony aza ny mpianatra, dia talanjona izy tamin' ny faneken' i Jesosy ny fiangavian' ilay raby be avonavona; niaraka tamin' ny Tompony izy anefa, ary nanaraka ny vahoaka nafana fo sady feno fanantenana. Tsy lavitra ny tranon' ilay mpanapaka, nefa niadana ny famindran' i Jesosy sy ireo mpiaradia taminy; nanery Azy hatraiza hatraiza mantsy ny vahoaka. Nitebiteby ilay ray tsy mahazaka ny fotoana mihemotra; nefa nangoraka ny vahoaka Jesosy ka nijanona tetsy sy teroa hanasitrana olona mijaly, na hampionona fo malahelo. {IFM 361.3}

Raha mbola teny an-dalana izy ireo, dia nisy mpitondra hafatra nanavatsava ny vahoaka nifanizina, nilaza ny vaovao tamin' i Jaïro fa maty ny zanany vavy, ka tsy ilaina intsony ny manahirana ny Tompo. Tonga tao an-tsofin' i Jesosy izany teny izany. «Aza matahotra, hoy Izy, minoa fotsiny ihany dia ho velona izy». {IFM 362.1}

Nanatona akaikikaiky kokoa ny Mpamonjy i Jaïro ka niaraka nandeha haingana ho any amin' ny tranon' ny mpanapaka. Efa tao ny mpitomany nokaramaina sy ny mpitsoka sodina, izay nameno ny tanàna tamin' ny antsoantsony. Nanelingelina ny sain' i Jesosy ny vahoaka sy ny tabataba. Niezaka nampangina azy Izy nanao hoe : «Nahoana hianareo no mitabataba sy mitomany ? Tsy maty razazavavy, fa matory». Tezitra tamin' ny tenin' ity Vahiny ireo. Efa hitany teo am-pelatanan' ny fahafatesana ny zaza, ka nihomehy sy nanaraby Azy izy. Nangatahin' i Jesosy hivoaka ny trano izy rehetra, ary nentin' i Jesosy niaraka taminy ny ray sy ny renin-drazazavavy, sy mpianatra telo, dia i Petera sy Jakoba ary'Jaona ; ary niara-niditra tao amin' ny efitra nisy ny maty izy ireo. {IFM 362.2}

Nanatona ny fandriana Jesosy, dia nataony tao amin' ny Azy ny tanan' ilay zaza, ary niteny moramora tamin' ny fiteny mahazatra tao an-tokantrano Izy hoe : «Ry zazavavy, hoy Izaho aminao : Mitsangàna». {IFM 362.3}

Avy hatrany dia nangovitra ilay vatana tsy nisy aina. Nitempo indray ny fo mitondra

aina. Nisokatra ny molotra ka nitsiky. Nihiratra ny maso, nivandravandra toy ny avy natory, ka gaga razazavavy nijery ny olona teo akaikiny. Nitsangana izy, ary nofihinin' ny ray aman-dreniny izay nandrotsa-dranomasom-pifaliana. {IFM 362.4}

Teny an-dalana ho any amin' ny tranon' ilay mpanapaka, dia nihaona tamin' ny vehivavy iray tao anatin' ny vahoaka, izay efa nijaly nandritra ny roa ambin' ny folo taona noho ny aretina izay nahatonga ny fiainany ho enta-mavesatra Jesosy. Nandany ny fananany rehetra tamin' ny dokotera sy ny fanafody izy, nefa dia nolazaina fotsiny fa tsy mety hositrana. Nitambelona anefa ny ny fanantenany rehefa reny ny fanasitranana vitan' i Jesosy. Azony antoka fa raha afaka mankeo Aminy izy, dia ho sitrana. Nalemy sy nijaly izy raha nankeo amoron-dranomasina izay nampianarany, ka niezaka nanavatsava ny vahoaka. nefa tsy afaka. Narahiny indray Jesosy hatrany amin' ny tranon' i Levi-Matio, nefa mbola tsy afaka nahatratra Azy ihany izy. Efa nanomboka namoy fo izy raha indro, fa nanavatsava tao anaty vahoaka Jesosy, ka tonga teo akaikin' ny nisy azy. {IFM 362.5}

Tonga ny fotoam-bolamena. Teo anatrehan' ny marary Ilay Dokotera lehibe ! Tsy afaka niteny taminy izy anefa noho ny korontana, ary tsy afaka nanao na inona na inona afa-tsy ny nijery indray mitopi-maso ny endriny fotsiny. Natahotra izy sao very ny hany fanantenana hahasitrana azy, ka nandroso teo aloha izy nanao hoe : «Na dia ny fitafiany ihany aza no voatendriko, dia ho sitrana aho». Raha nandalo Jesosy dia naninjitra ny tanany ravehivavy ka afaka nikasika kely ny sisin' akanjony. Ary tamin' izay fotoana izay anefa dia fantany fa sitrana izy. Nangoniny tao amin' io fanendreny ny fitafiany io ny finoan' ny fiainany. ka avy hatrany dia nisolo toerana ny fanaintainany sy ny faharerahany ny tanjaka avy amin' ny fahasalamana tanteraka. {IFM 363.1}

Feno fankasitrahana ny fony ary niezaka amin' izay izy hiala amin' ny vahoaka ; nefa nijanona tampoka Jesosy ary niara-niato taminy ny vahoaka. Nitodika Izy ka nijery manodidina Azy, nanontany tamin' ny feo mazava sy re tsara tao anatin' ny tabataban' ny vahoaka hoe : «Iza no nanendry Ahy ?» Fijery nitory hagagana no nasetrin' ny olona io fanontaniana io. Voatositosika hatraiza hatraiza Izy, ary voatery tetsy sy toroa, ka, araka izany, dia toa hafahafa ny fanontaniany. {IFM 363.2}

Vonona ny hiteny mandrakariva i Petera ka hoy izy hoe : «Tompoko, ny vahoaka betsaka mifanety ka manizina Anao, ka hoy Hianao va : Iza no nanendry Ahy ?» Namaly Jesosy ka nanao hoe : Nisy olona nanendry Ahy ; fa fantatro fa nisy hery nivoaka avy tamiko». Hain' ny Mpamonjy ny manavaka ny fanendrena avy amin' ny finoana sy ny fikasohana kisendrasendra eo amin' ny vahoaka tsy mihevitra izany. Ny fahatokiana toy izany dia tsy avelany handeha fotsiny amin' izao. Te-hanao teny fampiononana ho an' ilay vehivavy feno fanetren-tena izay loharanom-pifaliana ho azy Izy, — dia teny izay ho tonga fitahiana ho an' ireo mpanaraka Azy hatramin' ny fiafaran' ny andro. {IFM 363.3}

Nijery an-dravehivavy Jesosy ka nanantitrantitra ny hahalalany izay nanendry Azy.

Hitan-dravehivavy fa tsy afaka miafina izy, ka nanatona tamim-pangovitana ary niankohoka teo an-tongony. Tamin' ny ranomaso nitory fankasitrahana no nilazany ny tantaran' ny fahoriany sy ny fomba nahitany fanasitranana. Niteny moramora Jesosy hoe : «Anaka, ny finoanao no nahasitrana anao ; mandehana soa aman-tsara». Tsy tian' i Jesosy hotohanana ny finoanoam-poana amin' ny hoe fahasitranana azo avy amin' ny fikasihana ny fitafiany fotsiny. Ny fahasitranana dia tsy azo avy amin' ny fikasohana ivelany Aminy, fa amin' ny alalan' ny finoana izay mamikitra ny herin' Andriamanitra. {IFM 363.4}

Ny vahoaka be nitolagaga izay nifanizina nanodidina an' i Kristy dia tsy nahatsapa hery mitondra aina avy Aminy. Fa rehefa naninjitra ny tanany kosa ilay vehivavy nijaly mba hanendry Azy, ka nino fa ho sitrana izy, dia tsapany ny hery manasitrana. Toy izany koa eo amin' ny zavatra ara-panahy. Tsy misy antony ny miresaka fivavahana amin' ny fomba kisendrasendra, ny mivavaka tsy misy hetahetam-panahy sy finoana velona. Ny finoana anarany fotsiny an' i Kristy, izay manaiky Azy fotsiny ho Mpamonjy an' izao tontolo izao, dia tsy hitondra fanasitranana ho an' ny fanahy mihitsy. Ny finoana ho amin' ny famonjena dia tsy faneken' ny saina fotsiny handray ny fahamarinana. Izay miandry ny hanana fahalalana feno vao hampiasa finoana, dia tsy afaka handray Fitahiana avy amin' Andriamanitra. {IFM 364.1}

Tsy ampy ny mino ny amin' i Kristy ; tsy maintsy mino Azy mihitsy isika. Ny hany finoana izay hitondra tombon-tsoa ho antsika dia izay mandray Azy ho Mpamonjin' ny tena manokana sy izay maka ny fahamendrehany ho an' ny tena. Betsaka no mandray ny finoana ho toy ny hevitra tazonina. Ny finoana mahavonjy dia fifanarahana, izay idiran' izay mandray an' i Kristy amin' ny fanekena amin' Andriamanitra. Fiainana ny tena finoana. Ny finoana velona rehetra dia mitondra fitomboan-kery, fitokiana mitoetra, izay mahatonga ny fanahy ho hery mandresy. {IFM 364.2}

Rehefa nahasitrana an-dravehivavy Jesosy dia tiany hanaiky sy hilaza ny fitahiana efa noraisiny izy. Tsy tokony hotehirizina toy ny zavatra nangalarina na hifaliana mangingina ny fanomezana izay atolotry ny Filazantsara. Koa miantso antsika ny Tompo hanambara ny hatsarany. «Hianareo no vavolombeloko, hoy Jehovah, ary Izaho no Andriamanitra» 2. {IFM 364.3}

Ny fanambarantsika ny toetrany mahatoky no fitaovana nofidin' ny lanitra mba hanehoana an' i Kristy amin' izao tontolo izao. Tokony hoekentsika ny fahasoavany araka izay nampahafantarany izany tamin' ny alalan' ny olona masina fahiny ; fa izay hisy vokany be indrindra dia ny fanambarana ny fanandramana nataon' ny tenantsika manokana. {IFM 364.4}

Vavolombelona ho an' Andriamanitra isika rehefa maneho eo amin' ny tenantsika ny asan' ny hery avy amin' Andriamanitra. Samy manana fiainana miavaka amin' ny hafa

rehetra sy fanandramana samihafa indrindra ny tsirairay. Tian' Andriamanitra hiakatra ho any Aminy ny fiderantsika, araka izay maha-izy antsika avy. Ireny filazana sy fanekena sarobidy ireny dia ho fiderana ny voninahitry ny fahasoavany, ary rehefa tohanan' ny fiainana manampitoviana amin' i Kristy, dia manana hery tsy hay tohaina hiasa famonjena ho an' ny fanahy. {IFM 365.1}

Rehefa nanatona an' i Jesosy nitady fanasitranana ireo boka folo lahy, dia nibaiko azy Izy hiseho any amin' ny mpisorona. Ny fankatoavana izany baiko izany no hahasitrana azy ireo. Sitrana izy teny an-dalana, saingy ny anankiray ihany no niverina nanome voninahitra Azy. Nandeha tany amin' ny lalany ireo hafa, ary nanadino an' Ilay nahasitrana azy. Firifiry akory no mbola manao toy izany ankehitriny ! Miasa tsy miato hanasoa ny taranak' olom-belona Jehovah. Mizara mandrakariva ny mariky ny fitiavany Izy. Mampitsangana ny marary amin' ny fandrian' ny fanaintainana Izy, manafaka ny olona amin' ny loza izay tsy hitany Izy, maniraka ny anjelin' ny lanitra hamonjy azy amin' ny antambo Izy, hiaro azy amin' ny «areti-mandringana mandeha amin' ny maizina», sy amin' ny «fandringanana mandripaka amin' ny mitataovovonana» 3 ; nefa tsy mba voatohina ny fon' izy ireny. Nomeny azy ny haren' ny lanitra rehetra mba hanavotana azy, nefa tsy tsaroany ny fitiavany lehibe. Nanidy ny fony tsy hidiran' ny fahasoavan' Andriamanitra ny tsy fahaizany mankasitraka. Tahaka ny anjavidy any an-tany hay izy ka tsy mba hahita, na dia avy aza ny soa ; fa honina any amin' ny tany karankaina any an-efitra, dia any amin' ny tany sira izay tsy onenana ny fanahiny. {IFM 365.2}

Tombon-tsoa ho antsika ny hitahiry ny fanomezan' Andriamanitra ho vaovao ao amin' ny fitadidiantsika. Amin' izay dia matanjaka ny finoana ka afaka hitaky bebe kokoa sy handray bebe kokoa. Misy fampaherezana lehibe ho antsika ao amin' ny fitahiana kely indrindra raisintsika avy amin' Andriamanitra, mihoatra noho izay rehetra azontsika vakiana mikasika ny finoana sy ny fanandraman' ny hafa. Ny fanahy izay mamaly ny fahasoavan' Andriamanitra dia ho tahaka ny saha vonton-drano. Hitombo haingana ny fahasalamany ; hiposaka ao amin' ny haizina ny fahazavany, ary ho eo aminy ny voninahitr' i Jehovah. Aoka ary isika hahatsiaro ny fitiavana sy ny fahatsaram-panahin' ny Tompo sy ireo famindrampo marobe sy mamy indrindra. Tahaka ny vahoakan' Isiraely, dia aoka isika hanangana ny tsangambatontsika ho vavolombelona, ka hanoratra amin' ireo ny tantara sarobidy ny amin' izay nataon' Andriamanitra ho antsika. Koa rehefa miverina mijery ny fifandraisany tamintsika isika mandritra ny andro nivahinianantsika, dia aoka isika hiteny amin' ny fo feno fankasitrahana hoe: «Inona no havaliko an' i Jehovah noho ny soa rehetra nataony tamiko ? Handray ny kapoaky ny famonjena aho ka hiantso ny anaran' i Jehovah. Hanefa ny voadiko amin' i Jehovah aho. Eny, eo anatrehan' ny olony rehetra» 4. {IFM 365.3}

## Toko 37—Ireo evanjelista voalohany

Anisan' ny fianakavian' i Jesosy ny Apostoly ary efa niaraka taminy izy ireo raha nandeha an-tongotra nitety an' i Galilia Izy. Efa niarahany nitondra. taminy ny asa mafy sy ny zava-tsarotra nianjady niarahana. Efa nihaino ny lahateny nataony izy, sy efa niara-nandeha tamin' ny Zanak' Andriamanitra sy niresaka taminy, ary avy tamin' ny fampianarana voarainy isan' andro no efa nianarany ny fomba fiasa mba hanandratana ny taranak' olombelona. Raha nanompo ny vahoaka marobe izay nanodidina Azy Jesosy, dia nitodihany manokana ny mpianany izay naniry hankato ny baikony sy hanamaivana ny asany. Nanampy Azy teo amin' ny fandaminana ny vahoaka izy ireo, nitondra ny trapahoriana teo amin' ny Mpamonjy, ary nanao izay hampifalifaly ny rehetra. Nijery izay mpihaino liana izy sy nanazava ny Soratra Masina taminy, ary niasa tamin' ny fomba maro samihafa ho an' ny tombon-tsoany ara-panahy. Nampianatra izay efa nianarany tamin' i Jesosy izy, ary isan' andro dia nahazo fanandramana sarobidy. Nilainy koa anefa ny hanao fanandramana sarobidy tamin' ny asa ataony irery. Mbola nila torohevitra maro izy sy faharetana sy fitiavana lehibe. Ankehitriny, raha mbola niaraka taminy nivantana Jesosy, mba hampahalala azy ny fahadisoany, ka hanoro hevitra sy hanitsy ny tsy mety, dia naniraka azy ho solon-tenany ny Mpamonjy. 1 {IFM 367.1}

Raha mbola teo aminy Jesosy, dia matetika ny mpianatra no sahirana tamin' ny fampianaran' ny mpisorona sy ny Fariseo, nefa nentiny teo Aminy ny fahasahiranany. Efa nasehony teo anatrehany ireo fahamarinan' ny Soratra Masina mifanohitra amin' ny lovantsofina. Tamin' izay no nanamafisany ny fahatokiany ny tenin' Andriamanitra ary nanafahany azy imbetsaka tamin' ny fahatahorana ny raby, sy ny fanandevozan' ny lovan-tsofina azy. Raha nanao fanazarana ny mpianatra, dia nisy vokany be lavitra noho ny fampianarana foto-pianarana ny ohatra hitany teo amin' ny Mpamonjy. Rehefa tafasaraka taminy Izy, dia niverina tao an-tsainy ny fijery, ny feo sy ny teny rehetra. Matetika izy ireo no namerina ny teny nataony, rehefa nifanehatra tamin' ny fahavalon' ny filazantsara, ary rehefa hitany ny vokatr' izany teo amin' ny vahoaka, dia nifaly indrindra izy. {IFM 367.2}

Niantso ny roa ambin' ny folo nanodidina Azy Jesosy ka naniraka azy handeha tsiroaroa hitety ny tanàna sy ny vohitra. Tsy nisy nalefany irery, fa ny rahalahy nampiarahany tamin' ny rahalahy, ny mpinamana tamin' ny namany. Tamin' izany no nahazoany nifanampy sy nifampahery, nifanoro-hevitra sy nifampivavaka ; ny iray mameno ny fahalemen' ny anankiray. Tamin' ny fomba toy izany koa no nanirahany ny fitopolo lahy tatỳ aoriana. Fikasan' ny Mpamonjy ny hampiarahana toy izany ny mpitory ny filazantsara. Amin' izao androntsika izao dia hisy vokany be lavitra ny asa fitoriana ny filazantsara raha arahina akaiky kokoa io ohatra io. {IFM 368.1}

Ny hafatra nentin' ny mpianatra dia ilay nentin' i Jaona Mpanao batisa sy nentin' i

Kristy ihany : «Akaiky ny fanjakan' ny lanitra». Tsy hifanditra amin' ny olona izy ny amin' ny maha-Mesia an' i Jesosy avy any Nazareta na tsia ; fa amin' ny anarany no hanaovany ny asam-pamindrampo efa nataony. Hoy ny baikony : «Sitrano ny marary, atsangano ny maty, diovy ny boka, avoahay ny demonia ; efa nahazo maimaimpoana ianareo, koa manomeza maimaimpoana». {IFM 368.2}

Nandritra ny asa nataony, dia nanokana fotoana bebe kokoa Jesosy tamin' ny fanasitranana ny marary noho ny tamin' ny fitorian-teny. Vavolombelon' ny fahamarinan' ny teniny ny fahagagana nataony, fa tsy tonga mba handringana Izy fa hamonjy. Ny fahamarinany no loha-lalany, ary ny voninahitr' i Jehovah no vodilalany. Na taiza na taiza nalehany, dia nialoha Azy ny vaovao mahafaly momba ny famindrampo. Izay rehetra nandalovany, dia nifaly tao amin' ny fahasalamana, novokisany famindrampo, ary notolorany hery hisedrany ny zava-tsarotra. Vahoaka betsaka no nivory nanodidina Azy nihaino avy amin' ny vavany ny asa izay efa notanterahiny. Ny feony no feo ren' ny maro voalohany ,tsy mbola fandreny hatramin' izay, ny anarany no notonina voalohany ary ny endriny no nobanjininy voalohany. Nahoana ary izy no tsy ho tia an' i Jesosy sy ' hampanakoako ny fiderana Azy? Raha nandalo ny vohitra sy ny tanàna Izy, dia tahaka ny herim-baratra velona, mizara aina sy fifaliana na taiza na taiza nalehany. {IFM 368.3}

Tokony hiasa tahaka ny nataony ny mpanaraka an' i Kristy. Tokony hamahana ny noana isika, hanafy ny mitanjaka, ary hampahery ny mijaly sy ny trà-pahoriana. Tokony hanompo ny mamoy fo isika, ka hampitsiry fanantenana ao amin' izay tsy manana fanantenana. Dia ho tanteraka amintsika koa ny teny fikasana manao hoe: «Ny fahamarinanao no ho loha-lalanao; ary ny voninahitr' i Jehovah no ho vodi-lalanao»1. Ny fitiavan' i Kristy, izay aseho eo amin' ny asa fanompoana tsy misy fitiavan-tena, no hisy vokany bebe kokoa amin' ny fanovana ny mpanao ratsy noho izay vitan' ny sabatra na ny fitsarana. Ilaina ireo mba hampihorohoro ny mpandika lalàna, nefa kosa ny misionera be fitiavana dia mahavita be noho izany. Matetika no manamafy ny fo ny fanomezan-tsiny ; nefa hihamalefaka izany eo amin' ny fitiavan' i Kristy. Tsy ny aretina ara-nofo ihany no azon' ny misionera sitranina, fa azony atao koa ny mitarika ny mpanota ho eo amin' Ilay Dokotera lehibe, izay afaka manadio ny fanahy ho afaka amin' ny fahabokan' ny fahotana. Notendren' i Kristy handre ny feony amin' ny alalan' ny mpanompony ny marary, ny mahantra, ny manana fanahy maloto. Amin' ny alalan' ny olombelona miasa amin' ny anaran' i Kristy ho Azy no iriny hahalalany Ilay Mpampionona izay tsy mbola fantatr' izao tontolo izao hatramin' izao. {IFM 369.1}

Tamin' ny diany voalohany tamin' ny maha-misionera azy dia nandeha ho any amin' ny «ondry very amin' ny taranak' Isiraely» ihany ny mpianatra. Raha hitory ny filazantsara tamin' ny jentilisa dia ireo Samaritana kosa izy izao, dia ho very hatreo ny hery miasa mangina tamin' ny Jiosy. Raha ohatra ka namohafoha ireo hevitra nibahana

tao an-tsain' ny Fariseo izy dia ho tafiditra tao amin' ny adi-hevitra hitondra hahakiviana ho azy raha mbola vao teo ampiandohana fotsiny ny asany. Na dia ny apostoly aza dia niadampandray ny baiko hitory ny filazantsara any amin' ny firenendrehetra. Raha tsy efa takatry ny sainy tsara io fahamarinana io, dia tsy ho vonona hiasa ho an' ny jentilisa izy. Nokasain' Andria-manitra hatao mpitondra hafatra tany amin' ny jentilisa ny Jiosy raha tahiny nety handray ny filazantsara izy. Noho izany dia izy aloha no hampandrenesina ny hafatra. {IFM 369.2}

Teny amin' ny saha rehetra niasan' i Kristy no nahitana fanahy nifoha ka nahatsapa izay nilainy, ary noana sy nangetaheta ny fahamarinana. Tonga ny fotoana handefasana ny vaovao mahafaly momba ny fitiavany tamin' ireo nanana fo naniry mafy ny hovonjena. Handeha ho any amin' ireny rehetra ireny ny mpianatra ho solontenan' i Kristy. Amin' izay no ahazoany mitarika ny mpino hahafantatra fa izy ireo tokoa no mpampianatra notendren' Andriamanitra ka rehefa nesorina tsy ho eo aminy intsony ny Mpamonjy, dia tsy havela tsy hanana mpampianatra izy. {IFM 370.1}

Tamin' io diany voalohany io no nandeha tany amin' izay efa nialohavan' i Jesosy azy ny mpianatra, ka dia efa nisy sakaiza fantany sahady, ary nanomana indrindra ny fiomanany ho amin' ny diany izany. Tsy misy na inona na inona navelany hampihataka ny sainy tamin' ny asany lehibe, na hanetsika fanoherana azy tsy ahoan-tsy ahoana ka hanidy ny varavarana ho amin' ny asany manaraka. Tsy tokony hitondra ny fitafian' ireo mpampianatra ara-pivavahana izy, na hanao fitafy izay hampiavaka azy amin' ny tantsaha tsotra. Tsy hiditra ao amin' ny synagoga izy ka hiantso ny vahoaka hanatrika fanompoam-pivavahana ho an' ny besinimaro ; ny ezaka izay hataony dia eo amin' ny asa fitetezana tokantrano. Tsy handany fotoana amin' ny fiarahabana tsy misy antony izy, na hitety tokantrano hiantranoana fotsiny. Fa amin' ny toerana rehetra izay halehany no handraisan' ny olona azy amin' ny fony tokoa tahaka ny mampiantrano an' i Kristy mihitsy. Hiditra ao an-tokantrano izy ary hitondra ny fiarahabana kanto hoe: «Fiadanana ho amin' ity trano ity» 2. Handray fitahiana amin' ny fivavahany sy amin' ny hira fiderana hataony, ary amin' ny fanokafany ny Soratra Masina eo amin' ny fivorian' ny fianakaviana io tokantrano io. {IFM 370.2}

Ho mpialoha lalana ny fahamarinana ireto mpianatra ireto, hanomana lalana hiavian' ny Tompony. Ny tenin' ny fiainana mandrakizay no hafatra hoentiny, ary niankina tamin' ny fandraisan' ny olona na ny fitsipahany izany ny ho anjarany. Mba ho latsaka lalina ao am-pon' ny vahoaka ny maha-zava-dehibe izany, dia nibaiko ny mpianany Jesosy hoe : «Ary izay tsy hampandroso anareo, na tsy hihaino ny teninareo; raha miala amin' izany trano na tanàna izany ianareo, dia ahintsano ny vovoka amin' ny tongotrareo. Lazaiko aminareo marina tokoa fa ho moramora kokoa ny ho amin' ny tany Sodoma sy Gomora amin' ny andro fitsarana noho ny ho amin' izany tanàna izany. {IFM 370.3}

Nanagorobaka ny ho avy ny fijerin' ny Mpamonjy ; mibanjina ny saha midadasika

kokoa Izy, izay hijoroan' ny mpianatra ho vavolombelona, aorian' ny fahafatesany. Nataony indray mijery ara-paminaniana ny fanandramana handalovan' ny mpanompony mandritra ny andro rehetra mandra-piaviny fanindroany. Nasehony tamin' ny mpanaraka Azy ny tolona tsy maintsy hatrehiny; nambarany ny toetry ny ady sy ny fomba hisetrana izany. Novelabelariny teo anatrehany ny loza tsy maintsy hosetrainy, ny fandavantena hotakiana amin' izany. Niriny ny hahatakaran' ny sainy ny lanjan' izany mba hahazoany miambina ka tsy ho tratry ny fahavalony. Tsy tolona atao amin' ny nofo aman-drà no hatrehiny, fa «amin' ny fanapahana sy amin' ny fanjakana sy amin' ny mpanjakan' izao fahamaizinana izao, dia amin' ny fanahy ratsy eny amin' ny lanitra» 3. Hanohitra hery ambony noho ny an' ny olombelona izy, efa azony antoka anefa ny fanampiana ambony noho ny an' ny olombelona. Ao amin' io tafika io ireo anjely rehetra any an-danitra. Ary tsy ny anjely ihany no miandany aminy, fa ao koa ny Fanahy Masina, solontenan' Ilay kapitenin' ny tafik' i Jehovah, hiditra antsehatra hitarika ny ady. Mety ho betsaka ny fahalementsik ', ary mety havesatra loatra ny fahotana sy ny fahadisoantsika; nefa ho an' izay rehetra mitady izany amin' ny fo torotoro ny fahasoavan' Andriamanitra. Ny herin' Ilay manana ny hery rehetra no avondrona ho an' izay matoky an' Andriamanitra. {IFM 371.1}

«Indro, Izaho hoy Jesosy, maniraka anareo ho tahaka ny ondry ao ampovoan' ny amboadia; koa hendre tahaka ny menarana, ary morà tahaka ny voromailala». Tsy te hanafina ny tena marina Kristy, nefa tamim-pitiavana mandrakariva no nitenenany. Nampiasa ny fahaizana lehibe indrindra nifandray tamin' ny olona Izy tamin' ny fifampikasohany tamin' ny vahoaka, ka nihevitra ny nikarakara azy ireo tamim-pitiavana. Tsy mba nivatravatra fiteny mihitsy Izy, na nanao teny henjana tsy amin' ny antony, na koa nampalahelo be fahantany ny fanahy mora tohina. Tsy nanome tsiny ny fahalemen' ny olombelona Izy fa nampangainy tsy amin-tahotra kosa ny fihatsarambelatsihy, ny tsy finoana, sy ny fanaovan-dratsy, nefa tamindranomaso no nitenenany raha nanao ireo faniniana nandratra fo Izy. Nitomany an' i Jerosalema Izy, ilay tanàna malalany, izay nandà tsy handray Azy, dia Izy Izay Lalana sy Fahamarinana ary Fiainana. Nitsipaka Azy ho Mpamonjy ireo, nefa Izy kosa nijery azy tamimpitiavana feno fangorahana, ary lalina indrindra ny alahelony ka nahavaky ny fony. Sarobidy teo imasony avokoa ny fanahy tsirairay. Nitondra tena mandrakariva tamin' ny fahamendrehan' Andriamanitra Izy, nefa koa niondrika mba hijery amim-pitiavana lehibe indrindra ny mambra tsirairay ao amin' ny fianakavian' Andriamanitra. Fanahy lavo izay nanirahana Azy hovonjena no hitany teo amin' ny olona rehetra. {IFM 371.2}

Tsy tokony hanatanteraka ny didy baikoin' ny fo ara-nofo ny mpanompon' i Kristy. Ilainy ny hanana firaisana ety amin' Andriamanitra, sao, mitroatra ny «izaho», raha sendra misy fihaikana, ka migororoana avy ao ny teny tsy mety, tsy toy ny ando, na ny ranonorana malefaka mamelombelona ny zava-maniry efa maina. Izany no irin' i Satana

hataony ; izany mantsy no fomba fiasany. Ny dragona no tezitra; ny fanahin' i Satana no miseho amin' ny fahavinirana sy ny fiampangana tsy an-drariny. Fa ny mpanompon' Andriamanitra kosa dia solontenan' i Kristy. Iriny ny hifampiraharaha amin' ny fampiasana mari-karenan' ny lanitra ihany, dia ny fahamarinana izay nitondra ny endriny sy ny marika famantarana Azy. Ny hery izay hoentiny handresena ny ratsy dia ny herin' i Kristy. Ny voninahitr' i Kristy no heriny. Tokony hampifantoka ny masony amin' ny toetrany mahate ho tia izy. Amin' izay dia ho azony atao ny hampiseho ny filazantsara amin' ny fahaizana mifandray amin' olona sy ny fahalemem-panahin' Andriamanitra. Koa ny fanahy izay mahatahiry halemem-panahy na dia misy fihaikana azy aza no hahay hampiaiky ny fahamarinana noho izay fonjan-kevitra manan-kery indrindra. {IFM 372.1}

Tsy ny olona ihany, fa Satana sy ny anjeliny koa no hifanehatra amin' izay miroboka hanao adi-hevitra amin' ny fahavalon' ny fahamarinana. Aoka ho tsarovany ny tenin' ny Mpamonjy manao hoe : «Indro Izaho maniraka anareo tahaka ny zanak' ondry eo ampovoan' ny amboadia» 4. Aoka izy hitoetra eo amin' ny fitiavan' Andriamanitra, dia ho tony ny fanahiny, na dia ao anatin' ny herisetra mihatra amin' ny tenany aza. Hanafy azy amin' ny fiadian' Andriamanitra rehetra Jehovah. Hiasa mangina amin' ny saina sy ny fo ny Fanahiny Masina, hany ka tsy ho toy ny fivovon' ny amboadia ny feony. {IFM 372.2}

Raha nanohy ny torohevitra ho an' ny mpianany Jesosy dia nanao hoe : «Ary mitandremana hianareo noho ny amin' ny olona». Tsy tokony hametraka ny fahatokiana tsotra amin' izay tsy mahalala an' Andriamanitra izy, ka hamelatra aminy ny torohevitra noraisiny ; fa hanome tombony ny miasa ho an' i Satana izay manao izany. Matetika no manohitra ny drafitr' Andriamanitra ny zavatra foronin' olombelona. Izay manorina ny tempolin' i Jehovah, dia tokony hanorina araka ny ohatra naseho teo amin' ny tendrombohitra, — dia ny fitoviana amin' Andriamanitra izany. Fanalana baraka an' Andriamanitra sy famadihana ny filazantsara ny fiankinan' ny mpanompon' Andriamanitra amin' ny torohevitry ny olona izay tsy eo ambanin' ny fitarihan' ny Fanahy Masina. Fahadalana amin' Andriamanitra ny fahendrena araka izao tontolo izao. Izay miankina amin' izany, dia tsy maintsy ho diso lalana. {IFM 372.3}

«Hatolony ho amin' ny Synedriona . . . eny eo anatrehan' ny mpanapaka sy ny mpanjaka ianareo noho ny Amiko, ho vavolombelona aminy sy amin' ny jentilisa. Vao mainka hampiely ny fahazavana ny fanenjehana. Ny mpanompon' i Kristy dia hoentina eo anatrehan' ny olona ambony eo amin' izao tontolo izao, izay tsy handre mihitsy ny fahamarinana, raha tsy noho ny fanendrikendrehana hahatra amin' ireny olona ireny. Fiampangana lainga no reny momba ny finoan' ny mpianatr' i Kristy. Matetika dia ny fijoroana ho vavolombelona hataon' ireo nentina hotsaraina noho ny finoany no hany fomba ahafantarany ny tena toetran' izany finoana izany. Eo am-pitsarana azy, dia asaina mamaly izy, ka hihaino ny teny vavolombelona hataony ny mpitsara. Homena ny mpanompony ny fahasoavan' Andriamanitra izay hisetrany io zava-tsarotra io. «Fa

homena anareo, amin' izany ora izany, hoy Jesosy, izay holazainareo. Fa tsy ianareo no miteny, fa ny Fanahin' ny Rainareo no miteny ao anatinareo». Manazava ny sain' ny mpanompony ny Fanahin' Andriamanitra, ka mampiseho ao aminy ny heriny avy amin' Andriamanitra sy ny hasarobidin' ny fahamarinana. Hijoro hiampanga sy hampahory ny mpianatra ireo izay mitsipaka ny fahamarinana. Nefa na dia eo aza ny fatiantoka sy ny fahoriana, eny na dia hatramin' ny fahafatesana aza, dia hampiseho ny halemem-panahy nanan' Ilay Andriamanitra Ohatra ho antsika ny zanak' i Jehovah. Amin' izay no hahitana ny fahasamihafan' ny mpiasan' i Satana sy ny solontenan' i Kristy. Hasandratra eo anatrehan' ny mpanapaka sy ny vahoaka ny Mpamonjy. {IFM 373.1}

Tsy nomena ny herim-po sy ny faherezan' ny maritiora ny mpianatra raha tsy efa nilaina ny fahasoavana toy izany. Tamin' izay no nahatanteraka ny teny fikasan' ny Mpamonjy. Rehefa nijoro ho vavolombelona teo anatrehan' ny filan-kevitry ny Synedriona i Petera sy Jaona, dia «gaga» ny olona; ary fantany tsara fa efa niaraka tamin' i Jesosy izy roalahy»5. Izao no voasoratra ny amin' i Stefana : «Ary izay rehetra nipetraka teo amin' ny Synedriona, raha nandinika an' i Stefana, dia nahita ny tarehiny tahaka ny tarehin' ny anjely». «Tsy nahatohitra ny fahendrena sy ny Fanahy izay nitenenany» 6, ny olona. Paoly kosa, raha nanoratra momba ny fitsarana azy tany Kaisaria, dia nanao hoe : «Tamin' ny nandaharako voalohany hanala tsiny ny tenako, dia tsy nisy nomba ahy, fa nandao ahy avokoa izy rehetra . . . Kanefa ny Tompo nitsangana teo anilako ka nampahery ahy, mba hotanterahina tokoa amin' ny nataoko ny fitorianteny, ary mba ho ren' ny jentilisa rehetra izany ; ary izaho novonjena teo ambavan' ny liona» 7. {IFM 373.2}

Tsy tokony hanomana lahateny matipaika haseho rehefa tonga amin' ny fitsarana ny mpanompon' i Kristy. Tokony atao isan' andro isan' andro ny fiomanany amin' ny fanangonana ho rakitra ho an' ny tenany ireo fahamarinana sarobidy ao amin' ny tenin' Andriamanitra, sy amin' ny alalan' ny fivavahana izay mampahatanjaka ny finoany. Rehefa nentina teo amin' ny fitsarana izy ireo dia ny Fanahy Masina no hampahatsiaro ny fahamarinana izay ilaina indrindra. {IFM 374.1}

Ny fiezahana atao isan' andro hahalalana an' Andriamanitra sy Jesosy Kristy izay nirahiny, no hitondra hery sy fahombiazana ho an' ny fanahy. Ny fahalalana azo tamin' ny fandinihana feno fahazotoana ny Soratra Masina, no hamerina ao amin' ny fitadidiany izay teny tokony hataony amin' ny fotoana mety. Fa raha misy manao an-tsirambina ny fifankazarany amin' ny tenin' i Kristy, na tsy mbola nanandrana mihitsy ny herin' ny fahasoavany eo amin' ny fitsapana, dia tsy afaka hanantena fa hampahatsiaro ny teny tokony hataony ny Fanahy Masina. Tokony hanompo an' Andriamanitra isan' andro amim-pitiavana tsy mizarazara izy, ary hatoky Azy rehefa tonga ny fotoan-tsarotra. {IFM 374.2}

Hangidy indrindra ny fandrafiana ny filazantsara hany ka na dia ny fatorana mamy

indrindra eo amin' ny ara-nofo aza dia hatao tsinontsinona. Ny ao amin' ny ankohonan' ny tenany ihany no hamadika ny mpianatra ka hitarika azy ho amin' ny fahafatesana. «Ary ho halan' ny olona rehetra ianareo noho ny anarako», ary nampiany hoe : «fa izay maharitra hatramin' ny farany no hovonjena»8 Nibaiko azy Izy anefa tsy hitono tena ho amin' ny fanenjehana tsy ilaina. Matetika aza Izy no nandao ny saha niasany iray ka nankany amin' ny toerana hafa mba handosirany ireo izay mitady ny ainy. Rehefa notsipahina Izy tany Nazareta, ka nitady hamono Azy ny iray tanàna Aminy, dia nidina nankany Kapernaomy Izy ary talanjona ny amin' ny fampianarany ny olona tao: «satria nisy fahefana ny teniny» 9. Toy izany koa no tsy tokony hahakivy ny mpanompony noho ny fanenjehana, fa hitady ny toerana izay mbola ahazoany miasa ho amin' ny famonjena ny fanahy. {IFM 374.3}

Tsy lehibe noho ny tompony ny mpanompo. Nolazaina fa Belzeboba ny Andrianan' ny lanitra, ary haseho amin' ny fomba diso toy izany koa ny mpianany. Nefa na toy inona na toy inona loza mananontanona, dia tsy maintsy manambara ny foto-kevitra ijoroany ny mpanaraka an' i Kristy. Tokony hialany ny fiafinafenana. Tsy afaka hijanona fotsiny izy ka tsy hiroboka eo amin' ny ady mandra-pahazoany antoka fa voaaro izy amin' ny fanambarana ny fahamarinana. Apetraka ho mpitily izy, hampitandrina ny olona ny amin' ny loza mananontanona azy. Tsy maintsy zaraina amin' ny olona rehetra amin' ny fomba malalaka sy ampahibemaso ny fahamarinana noraisina tamin' i Kristy. Hoy Jesosy hoe : «Izay lazaiko aminareo ao amin' ny maizina, dia ambarao eo amin' ny mazava ary izay ren' ny sofinareo, dia torio eo ambonin' ny tampon-trano». {IFM 375.1}

Tsy nitady hampandefitra ny rariny na oviana na oviana Jesosy mba hividianany fiadanana. Nitobaka tao am-pony ny fitiavana ny taranak' olombelona manontolo, nefa tsy nandefitra mihitsy ny amin' ny fahotany Izy. Sakaizany akaiky azy loatra ny olombelona ka tsy hangina Izy raha hitany fa mizatra amin' ny lalana izay handringana ny fanahiny izy, — dia ireo fanahy izay efa novidiny tamin' ny ran' ny tenany. Niasa mafy Izy mba ho mahatoky amin' ny tenany ny olona, ho mahatoky amin' ny tombon-tsoany ambony kokoa sy mandrakizay. Antsoina hanao io asa io koa ny mpanompon' i Kristy, ka tokony hitandrina izy, sao mampilefitra ny fahamarinana eo amin' ny fitadiavany hisakana ny tsy fifanarahana. Tokony hiezaka hitady ny momba ny fiadanana»10 izy ; nefa tsy ho hita na oviana na oviana amin' ny fampandeferana ny rariny, ary ara-poto-kevitra ny tena fiadanana. Ary tsy misy olona afaka hatoky amin' ny foto-kevitra ka tsy hampifoha ny fanoherana. Hotoherin' ny zanaky ny tsy fankatoavana ny fivavahana kristiana satria ara-panahy. Nibaiko ny mpianany anefa Jesosy hoe : «Aza matahotra izay mahay mamono ny fanahy». Tsy ilain' izay matoky an' Andriamanitra ny hatahotra ny fahefan' ny olona na ny fandrafian' i Satana. Ao amin' i Kristy Jesosy no azo antoka ny fiainana mandrakizay. Ny hany tokony hatahorany dia ny hampandeferany ny fahamarinana, ka hamadika ny fahamarinana izay nanomezan' Andriamanitra

voninahitra azy. {IFM 375.2}

Asan' i Satana ny mameno fisalasalana ny fon' ny olona amin' ny fisalasalana. Mitarika azy hijery an' Andriamanitra toy ny mpitsara masiaka izy. Maka fanahy azy hanota izy, sy hihevitra avy eo fa ratsy loatra ny tenany ka tsy afaka hanatona ny Ray any an-danitra intsony na hampangoraka Azy. Fantatry ny Tompo izany rehetra izany. Manome toky ny mpianany Jesosy ny amin' ny firaisampon' Andriamanitra ho azy eo amin' izay ilainy sy ny fahalemeny. Tsy misy sentom-po, na fahoriana tsapa, na alahelo mandratra ny fanahy ka tsy mipaka any amin' ny fon' ny Ray ny fiantraikan' izany. {IFM 376.1}

Asehon' ny Baiboly antsika ho eo amin' ny toerana avo sy masina Andriamanitra, nefa tsy mitomoe-poana Izy, na mangina sy manirery, fa voahodidin' ireo anjely manantsaina sy masina, alinalina sy arivoarivo, samy miandry ny hanao ny sitrapony avokoa. Miasa Izy amin' ny fifandraisany amin' ny faritra rehetra eo amin' ny fanapahany amin' ny alalan' ny fantsona izay tsy haintsika fantarina. Nefa ity izao tontolo izao pcntina bitika kely ity, no ondry very izay nanomezany ny Zananilahy tokana mba hamonjy azy. Ireo no foibe mahaliana an» Andriamanitra sy mahaliana ny lanitra manontolo. Miondrika avy eo amin' ny seza fiandrianany Andriamanitra hihaino ny fitarainan' ny trà-pahoriana. Mamaly ny fiva-vahana marina rehetra Izy ka manao hoe : «Inty Aho». Manandratra ny ampahorina sy ny voahitsakitsaka Izy. Mahatsiaro mijaly noho ny fijaliantsika rehetra Izy. Manakaiky mba hanafaka amin' ny fakampanahy sy ny fisedrana rehetra ny anjelin' ny fanatrehany. {IFM 376.2}

Na dia tsintsina iray aza tsy milatsaka amin' ny tany ka tsy hitan' ny Ray. Ny fandrafian' i Satana an' Andriamanitra no mitarika azy hankahala izay rehetra karakarain' ny Mpamonjy. Miezaka ny hanimba ny asan-tanan' Andriamanitra izy; ka fahafinaretana ho azy ny mandringana na dia ny zava-boahary tsy afaka miteny aza. Ny fiarovan' Andriamanitra sy ny fikarakarany no mahavoatahiry ny vorona mba hamalifaly antsika amin' ny hiram-pifaliana ataony. Nefa tsy adinony na dia ny tsintsina aza. «Koa aza matahotra fa mihoatra noho ny tsintsina maro ianareo» {IFM 376.3}

Notohizan' i Jesosy hoe : «raha manaiky Ahy eo anatrehan' ny olona ianareo, dia hanaiky anareo koa eo anatrehan' Andriamanitra sy ny anjely masina Aho. Ianareo no vavolombeloko ety an-tany, fantsona ahazoan' ny fahasoavako mikoriana ho fanasitranana an' izao tontolo izao. Izaho koa ho solontenanareo any an-danitra. Tsy mijery ny toetra amam-panahinao be kilema ny Ray, fa mahita anao kosa mitafy ny fahatanterahako. Izaho no Mpanelanelana Izay ahatongavan' ny fitahian' ny Lanitra rehetra aminao. Ary izay rehetra manaiky Ahy amin' ny fizarana ny sorona nataoko ho an' ny very, dia hekeko ho mpandray anjara amin' ny voninahitra sy ny fifalian' ny voavotra. {IFM 377.1}

Izay ta-hanaiky an' i Kristy, dia tsy maintsy manana an' i Kristy mitoetra ao aminy. Tsy afaka hizara izay tsy noraisiny izy. Mety ho kinga ny vavan' ny mpianatra milaza ny amin' ny foto-pinoana, mety hamerina ny tenin' i Kristy mihitsy aza izy ; nefa raha tsy manana ny fahalemem-panahy sy ny fitiavana tahaka ny an' i Kristy izy, dia tsy manaiky Azy. Ny toe-tsaina mifanohitra amin' ny toetsain' i Kristy no fandavana Azy, na toy inona na toy inona zavatra lazaina. Mety handà an' i Kristy ny olona amin' ny fitenenan-dratsy, ny resaka adaladala, ny teny tsy mahatoky na masiaka. Mety handà Azy izy amin' ny fanarahana an' izao tontolo izao, amin' ny fitondrantena tsy mendrika, amin' ny fitiavana ny hevitry ny tenany, amin' ny fanamarinan-tena, amin' ny fankamamiana ny fisalasalana, amin' ny famelomana korontana, sy amin' ny fitoerana ao amin' ny haizina. Izany rehetra izany dia hanambarany fa tsy ao aminy Kristy. Koa «na zovy na zovy no handà Ahy eo anatrehan' ny olona, hoy Izy, dia holaviko kosa eo anatrehan' ny Raiko Izay any an-danitra». {IFM 377.2}

Nibaiko ny mpianany ny Mpamonjy tsy hanantena fa ho resin' ny fandrafian' izao tontolo izao ny filazantsara, ary hitsahatra ny fanoherany rehefa afaka fotoana kely. Hoy Izy: «Tsy tonga hitondra fiadanana Aho, fa sabatra». Tsy asan' ny filazantsara no mahatonga adi-lahy, fa vokatry ny fanoherana azy izany. Ny mafy indrindra ny mizaka azy amin' ny fanenjehana rehetra, dia ny tsy fifanarahana ao an-tokantrano, ny fihafahan' ny sakaiza mamy indrindra eto an-tany. Hoy anefa ny nambaran' i Jesosy: «Izay tia ray na reny mihoatra noho ny fitiavany Ahy, dia tsy miendrika ho Ahy, ary izay tia ny zanani-lahy na ny zanani-vavy mihoatra noho ny fitiavany Ahy, dia tsy miendrika ho Ahy. Ary izay tsy mitondra ny hazo fijaliany ka tsy manaraka Ahy dia tsy miendrika ho Ahy». {IFM 377.3}

Ny iraka nampanaovin' i Kristy ny mpanompony, dia voninahitra ambony sy asa masina napetraka taminy. «Izay mandray anareo hoy Izy, dia mandray Ahy, ary izay mandray Ahy dia mandray Izay naniraka Ahy». Tsy misy asam-pitiavana atao amin' izy ireo noho ny anarany ka tsy hoekena sy hovaliana soa. Ary amin' izany fanekena mamy izany dia ampidiriny ao ny fianakavian' Andriamanitra osa indrindra sy malemy indrin ', dra. «Ary na zovy na zovy no manome rano mangatsiaka na dia eran' ny kapoaka ihany aza hosotroin' ny anankiray amin'. ireo madinika ireo» - dia ireo tahaka ny zaza eo amin' ny finoany sy ny fahalalany an' i Kristy, «dia lazaiko aminareo marina tokoa fa tsy ho very na valim-pitiany». {IFM 378.1}

Toy izany no namaranan' ny Mpamonjy ny torohevitra nomeny. Tamin' ny anaran' i Kristy no nandehanan' izy roa ambin' ny folo lahy voafidy, tahaka ny nandehanany koa «hitory teny soa mahafaly amin' ny malahelo, . . . hahasitrana ny torotoro fo, hitory fandeferana amin' ny mpifatotra, sy fampahiratana amin' ny jamba, hanafaka izay nampahorina, hitory ny taona ankasitrahan' i Jehovah» 11. {IFM 378.2}

## Toko 38—Avia, miala sasatra kely

Rehefa niverina avy tamin' ny diany tany an-tany naha-misionera azy ny apostoly Paoly dia «niangona teo amin' i Jesosy ka nilaza taminy izay rehetra efa nataony mbamin' izay nampianariny. Ary hoy Jesosy taminy : Avia hianareo hitokana any an-tany foana, ka mialà sasatra kelikely, fa maro no nifamoivoy, ka tsy nisy hihinanana azas 1 {IFM 379.1}

Nankeo amin' i Jesosy ny mpianatra ka nolazainy taminy ny zavatra rehetra. Nifandray am-po taminy izy ireo ka nampahazoto azy ny hamelabelatra teo anatrehany ny fanandramana soa sy ratsy nataony, ny fifaliany nahita ny vokatry ny asany, sy ny alahelony teo amin' ny tsy fahombiazany, ny hadisoana nataony sy ny fahalemeny. Nisy tsy mety nataony teo amin' ny asa voalohany tamin' ny naha-evanjelista azy, ary rehefa notantarainy tamin' ny fo madio tamin' i Jesosy ny fanandramany, dia hitan' i Jesosy fa nila toro-lalana betsaka izy. Hitany koa fa sasatry ny asany izy, ka nila fialan-tsasatra. {IFM 379.2}

Nefa tsy azony natao ny nitokana araka izay nilainy teo amin' ny toerana nisy azy tamin' izay; «fa maro no nifamoivoy, ka tsy nisy nihinanana aza». Nifanizina nanaraka an' i Kristy ny vahoaka, nahamay azy ny ho sitrana sady naniry ny hihaino ny teniny izy. Betsaka no nahatsiaro ho voasintona ho eo Aminy, satria toa loharanon' ny fitahiana rehetra ho azy Izy. Betsaka tamin' ireo izay nifanizina nanodidina an' i Kristy mba handray ny fanomezana sarobidin' ny fahasalamana, no nanaiky Azy ho Mpamonjin' ny tenany. Betsaka koa ny hafa izay natahotra ny hanaiky Azy, noho ny amin' ny Fariseo, kanjo niova fo tamin' ny nilatsahan' ny Fanahy Masina, ary nanaiky Azy ho Zanak' Andriamanitra, teo anatrehan' ny mpisorona sy ny mpanapaka vinitry ny hatezerana. {IFM 379.3}

Naniry ny hiala sasatra anefa Kristy mba hahazoany miaraka amin' ny mpianany; nanan-javatra betsaka holazaina aminy Izy mantsy. Nandalo fisedrana avy amin' ny ady izy ireo teo amin' ny asany, ary efa nisetra fanoherana tamin' ny endriny samihafa. Hatramin' izao dia nanontany an' i Kristy tamin' ny zavatra rehetra, izy, nefa nisy kosa fotoana naha-irery azy, ary fotoana nahavery hevitra azy ny amin' ny tokony hatao. Nahita fampaherezana betsaka teo amin' ny asany izy, satria Kristy tsy nandefa azy tsy niaraka tamin' ny Fanahiny tsy akory ; noho izany dia nanao fahagagana betsaka izy ireo tamin' ny alalan' ny finoana Azy; nilainy anefa ankehitriny ny hofahanana amin' ny mofon' aina. Nilainy ny handeha amin' ny toerana fialan-tsasatra iray. mba handraisany torolalana ho amin' ny asany amin' ny ho avy. {IFM 380.1}

«Ary hoy Izy taminy : Avia hianareo hitokana any an-tany foana, ka mialà sasatra kelikely». Feno fitiavana sy fangorahana an' izay rehetra ao amin' ny fanompoana Azy Kristy. Tiany aseho ny mpianany fa tsy mitaky fanaovana sorona ny tena Andriamanitra,

fa famindrampo. Ny fanahiny rehetra no efa napetrany teo amin' ny asa ho an' ny vahoaka, ka nahatonga ny heriny ara-batana sy aratsaina ho ritra. Adidiny kosa izao ny miala sasatra. {IFM 380.2}

Nahita fahombiazana teo amin' ny asany ny mpianatra, ka nananontanona azy ny loza hihevitra izany ho an' ny tenany, ka ho tratran' ny fireharehana ara-panahy, ary amin' izany dia ho lavo ao amin' ny fakam-panahin' i Satana. Nisy asa lehibe nanoloana Azy, ary alohan' ny zavatra rehetra dia tsy maintsy nianarany fa tsy ao amin' ny «izaho» ny heriny, fa ao amin' Andriamanitra. Tahaka an' i Mosesy tany an-efitra Sinay, sy tahaka an' i Davida tany amin' ny havoanan' i Jodia, na Elia teo amoron' ny renirano Kerita, dia nilain' ny mpianatra ny hiala amin' ny fiasany mafy nahabe raharaha azy, ka hisinda kely mba hanana firaisana amin' i Kristy sy ny zavaboary, ary amin' ny fon' ny tenany koa aza. {IFM 380.3}

Raha nandeha nanao ny asa maha misionera azy ny mpianatra, dia nandeha nitsidika tanàna sy vohitra hafa Jesosy, nitory ny Filazantsaran' ny fanjakana. Tokony ho tamin' io fotoana io no nandrenesany ny vaovao momba ny nahafatesan' i Jaona Mpanao batisa. Nasehon' io toe-javatra io mazava teo anatrehany ny fiafarana itondran' ny diany Azy. Nisy rahona matevina nanaloka ny lalany. Nanara-maso Azy ny mpisorona sy ny raby ka nikendry ny hamono Azy, nanara-dia akaiky Azy ny mpitsikilo, ary nitombo isa hatraiza hatraiza ny fiokoana handringanana Azy. Tonga tany amin' i Heroda ny vaovao momba ny fitoriana ny Filazantsara nataon' ny apostoly nanerana an' i Galilia, ka nampifantoka ny sainy tamin' i Jesosy sy ny asany. «Jaona Mpanao batisa izay», hoy izy «nitsangana tamin' ny maty izy» ; nilaza izy fa te-hahita an' i Jesosy. Natahotra lalandava Heroda sao misy korontana kotrehina mangingina mipaoka, mikendry ny hanala azy amin' ny seza fiandrianana, ka hanapaka ny ziogan' ny Romana tsy ho eo amin' ny firenena Jiosy. Be dia be ny toe-tsaina tsy faly sy nikomy tamin' ny fanjakana teo anivon' ny vahoaka. Nazava fa tsy afaka hanohy ela ny asany ho an' ny besinimaro tany Galilia Kristy. Nanakaiky ny toe-javatra hisehoan' ny fijaliany ka naniry mafy ny hiala amin' ny tabataban' ny vahoaka Izy, ary hisinda kely mandritra ny fotoana fohy. {IFM 380.4}

Feno alahelo ny fon' ny mpianatr' i Jaona nitondra ny vatany tapa-doha tany ampasana. Avy eo dia nandeha nilaza tamin' i Jesosy izy. Nialona an' i Kristy ireto mpianatra ireto rehefa nitarika ny vahoaka niala tamin' i Jaona Izy. Niandany tamin' ny Fariseo izy tamin' ny niampangany Azy fony Izy niara-nipetraka tamin' ny mpamory hetra teo amin' ny fanasan' i Matio. Nampisalasala azy ny iraka nampanaovin' Andriamanitra Azy satria tsy nanafaka an' i Jaona Mpanao batisa Izy. Maty anefa izao ny mpampianatra azy, ary naniry fampiononana izy noho ny alahelony be, sy naniry fitarihandalana eo amin' ny asany ho avy, ka nankeo amin' i Jesosy izy ary nampiraisiny tamin' ny Azy ny tombon-tsoany. Nila fotoana hitonena koa izy ireo hiraisana amin' ny Mpamonjy. {IFM 381.1}

Teo akaikin' i Betesda, teo amin' ny tendrony avaratry ny farihy, no nisy faritra mangingina, kanto tokoa noho ny zava-maitso mavan' ny lohataona, toerana fialan-tsasatra nahafaly an' i Jesosy sy ny mpianany. Niainga ho any amin' io toerana io izy, nitaingina sambo niampita ny rano. Any izy no lavitry ny fifamoivoizana, ny fikoropahana sy ny tabataban' ny tanàn-dehibe. Efa fialan-tsasatra rahateo ny mitoetra eo anivon' ny zavaboary, ary fiovana mahasoa ny tena. Any izy ireo no afaka hihaino ny tenin' i Kristy, nefa tsy handre ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo tezitra, mpanapa-teny, manao valinteny henjana sy miampanga. Any izy no afaka hiriaria mandritra ny fotoana fohy ka hahita firaisana sarobidy miaraka amin' ny Tompony. {IFM 381.2}

Ny fialan-tsasatr' i Kristy sy ny mpianany dia tsy fialan-tsasatra nampanaram-po ny tena. Tsy natokana hitadiavana fahafinaretana ny fotoana laniny tamin' ny fitokanana. Niara-nifandinika momba ny asan' Andriamanitra izy, sy momba izay hahombiazan' ny asa bebe kokoa. Efa niaraka tamin' i Kristy ny mpianatra ka afaka nifandray am-po taminy ; raha hiteny tamin' ireo Izy dia tsy nilainy ny nampiasa fanoharana. Nanitsy ny fahadisoany Izy, ary nasehony mazava taminy ny fomba mety hanatonana ny vahoaka. Nasehony azy ireo tamin' ny fomba feno kokoa ireo haren-tsarobidin' ny fahamarinan' Andriamanitra. Nahazo aina vaovao avy tamin' ny herin' Andriamanitra izy, ary velona tao am-pony ny fanantenana sy ny faherezana. {IFM 382.1}

Na dia afaka nanao fahagagana aza Jesosy ary efa nanome fahefana ny mpianany hanao izany koa, dia notarihiny ireo mpanompony ireo rehefa hitany fa reraka mba hitokana any ambanivohitra ka hiala sasatra. Raha nilaza Izy fa be ny vokatra ary vitsy ny mpiasa, dia tsy namporisika ny mpianany hanao asa mafy tsy an-kijanona akory , fa hoy Izy : «Koa amin' izany mangataha amin' ny Tompon' ny vokatra mba hampandehanany mpiasa hamory ny vokatra» 2. Andriamanitra efa nanendry asa ho an' ny olona tsirairay avy araka ny fahaizany, ary tsy tiany raha ny sasany itambesaran' ny andraikitra nefa ny sasany tsy mitondra entana, ary tsy mihevitra ny amin' ireo fanahy. {IFM 382.2}

Atao amin' ny mpiasan' i Kristy ankehitriny koa ny teny fangorahana nolazain' i Kristy, tahaka ny nanaovany azy indrindra tamin' ny mpianany. «Avia hianareo hitokana,.. . ka mialà sasatra kelikely» hoy Izy amin' izay sasatra sy reraka. Tsy fahendrena ny milozoka eo amin' ny asa mafy sy ny fihetsiketsehana, na dia eo amin' ny fanaovana fanompoana momba izay ilain' ny olona amin' ny ara-panahy aza; atao an-tsirambina mantsy ny fitiavam-bavaky ny tena amin' izay, ary tafahoatra loatra ny fampiasana ny herin' ny saina sy ny fanahy ary ny vatana. Takiana amin' ny mpianatr' i Kristy ny fahafoizan-tena, ary tsy maintsy misy fandavan-tena atao; nefa tsy maintsy misy koa fikarakarana atao, ndrao dia araraotin' i Satana ny fahalemen' ny maha-olombelona vokatry ny hafanam-po tafahoatra, ka ho simba ny asan' Andriamanitra. {IFM 382.3}

Araka ny fanombanan' ny raby, dia fara-tampon' ny fivavahana ny misomadodoka

lava manao zavatra. Niankina tamin' ny zava-bita etỳ ivelany izy, mba hanehoana ny fahambonian' ny fitiavam-bavaka betsaka teo aminy. Tamin' izany dia nampisaraka ny fanahiny tamin' Andriamanitra izy, ka nampiorina ny tenany teo amin' ny fiheverantena ho ampy. Mbola misy ankehitriny io loza io. Raha mitombo ny zavatra atao, ka mahita fahombiazana ny olona izay eo amin' ny fanaovana ny asa ho an' Andriamanitra na inona na inona, dia misy loza amin' ny fitokisana ny tetik' asan' ny olombelona sy ny fomba fiasany. Misy fironana hampihena ny fivavahana, ka manjary mihena koa ny finoana. Tahaka ny mpianatra, dia tandindomin-doza tsy hitady ny fiankinana amin' Andriamanitra koa isika, fa hiantehitra amin' ny asantsika mba hahazoam-pamonjena. Ilaintsika ny hibanjina mandrakariva an' i Jesosy, ka hahatsapa fa ny heriny ihany no hahavitana ny asa. Raha miasa amin-kafanam-po ho amin' ny famonjena ny very isika, dia tsy maintsy manokana fotoana koa handinihan-tena, hivavahana, sy hianarana ny tenin' Andriamanitra. Ny asa atao amim-pivavahana betsaka ihany, sy nohamasinin' ny fahamendrehan' i Kristy, no hita amin' ny farany fa nahomby sy nahavokatra indrindra. {IFM 382.4}

Tsy nisy mihitsy fiainana hafa rakotry ny asa sy ny andraikitra toy ny an' i Jesosy; nefa matetika koa no nahitana Azy nivavaka. Naharitra manao ahoana ny firaisany tamin' Andriamanitra ! Hita miverimberina hatrany ao amin' ny tantaran' ny fiainany teto antany ny filazana toy izao: «Ary nifoha maraina alina koa Izy, dia nivoaka nankany antany foana ka nivavaka tany». Fa mainka niely bebe kokoa ny lazany, dia niangona ny vahoaka betsaka hihaino Azy sy hositranina tamin' ny aretiny. Ary niala teo Izy, dia nitoetra tany an-efitra nivavaka». «Ary tamin' izany andro izany dia lasa nankany antendrombohitra Jesosy mba hivavaka; ary nihaona tamin' Andriamanitra nandritra ny alina Izy»4. {IFM 383.1}

Eo amin' ny fiainana voatokana tanteraka hanao soa ny hafa, dia hitan' ny Mpamonjy fa ilaina ny miala ny lalambe fivezivezina sy ny vahoaka marobe nanaraka Azy isan' andro isan' andro. Tsy maintsy niala tamin' ny fiainana feno fihetsiketsehana tsy ankijanona sy nifandraisana tamin' izay ilain' ny olombelona Izy, mba hitady fialan-tsasatra sy firaisana tsy tapaka amin' ny Rainy. Amin' ny maha-iray amintsika Azy, izay nandray anjara tamin' izay ilaintsika sy ny fahalementsika, dia niankina tanteraka tamin' Andriamanitra Izy, ary tao amin' ny toerana mangina nivavahany no nitadiavany ny herin' Andriamanitra, mba hahazoany mandroso hatrany ka nahazo hery hanaovany ny andraikitra sy hizakany fitsapana. Teto amin' izao tontolo izao feno fahotana no niaretan' i Jesosy tolona mafy sy fijaliana am-panahy. Rehefa miray amin' Andriamanitra Izy dia azony atao ny mametraka eo aminy ny enta-mavesatry ny alahelo izay nanorotoro Azy. Teo no nahitany fiononana sy fifaliana. {IFM 383.2}

Nahatratra ny Rain' ny fangorahana tsy misy fetra ny antsoantson' ny taranak' olombelona tao amin' i Kristy. Amin' ny mahaolona Azy, dia nitaraina teo amin' ny seza

fiandrianan' Andriamanitra Izy, mandra-pahatonga ny maha-olombelona Azy ho voafahana amin' ny herin' aratra avy any an-danitra, izay tokony hampiray ny maha-olombelona amin' ny maha-Andriamanitra. Tamin' ny alalan' ny firaisana tsy miato no nandraisany hery avy tamin' Andriamanitra, izay ahazoany mizara aina amin' izao tontolo izao. Tokony hataontsika koa ny fanandramana nataony. {IFM 384.1}

«Avia hianareo», hoy Izy mibaiko antsika. Raha hihaino ny teniny isika, dia hatanjaka kokoa ary hahavita soa kokoa. Nitady an' i Jesosy ny mpianatra ka nambarany taminy ny zavatra rehetra; ary nampahery sy nampianatra azy Izy. Raha manokam-potoana hankanesana eo amin' i Jesosy koa isika ankehitriny mba hilaza Aminy izay ilaintsika, dia tsy tokony ho diso fanantenana, fa ho eo ankavanantsika Izy hanampy antsika. Mila toetra tsotra kokoa, fitokisana sy fahatokiana bebe kokoa ny Mpamonjy antsika isika. Ilay manana anarana hoe : «Andriamanitra mahery, Rain' ny mandrakizay, Andrianan' ny fiadanana» ; Ilay nosoratana ho «eo antsorony ny fanapahana» no Mpanolo-tsaina, Mahagaga. Antsoina isika hangataka fahendrcna Aminy «Izay manome malalaka ho an' ny olona rehetra sady tsy mandatsa» 5- {IFM 384.2}

Ao amin' izay rehetra tezain' Andriamanitra no isehoan' ny fiainana izay tsy mifandrindra amin' izao tontolo izao, amin' ny fombany na ny fanaony ; ary ny tsirairay avy dia mila ny hanao fanandramana manokana amin' ny fahazoana fahalalana ny sitrapon' Andriamanitra. Tsy maintsy ny tenantsika tsirairay no mandre Azy miteny amin' ny fo. Rehefa hampanginina ny feo hafa rehetra, ka miandry eo anatrehany ampahatoniana isika, dia mampahazava kokoa ny feon' Andriamanitra ny fanginan' ny fanahy. Mibaiko antsika Izy hoe : «Mitsahara, ka aoka ho fantatrareo fa Izaho no Andriamanitra»6. Eo ihany no mety ahitana tena fitsaharana marina. Ary izany no tena fiomanana mahomby ho an' ny asan' Andriamanitra rehetra. Eo anivon' ny vahoaka miasa mafy, dia ho voahodidin' ny rivo-piainana feno fahazavana sy fiadanana ny fanahy nahazo aina toy izany. Hamoaka fofo-manitra ny fiainany, ary haneho hery avy amin' Andriamanitra izay hiantefa hatrany amin' ny fon' ny olona. {IFM 384.3}

## Toko 39—Omeo nareo hanina izy

Nankeo amin' ny toerana mitokantokana niaraka tamin' ny mpianany Kristy, nefa vetivety dia tapaka io fotoana tsy fahita firy nisian' ny fahanginana feno fiadanana io. Noheverin' ny mpianatra fa nitokana teo amin' ny toerana tsy hahavoakotaba azy izy ; nefa raha vantany vao nisaraka tamin' Ilay Andriamanitra Mpampianatra ny vahoaka, dia nanontany sahady hoe : «Aiza Izy ?» Nisy nahatsikaritra ny nandehanan' i Kristy sy ny mpianany. Betsaka no nandeha an-tanety hitsena Azy, fa ny sasany kosa nandeha tamin' ny sambony niampita ny rano. Akaiky ny Paska tamin' izay, ary avy lavitra sy akaiky, dia nisy antokon' olona mpivahiny nandeha ho any Jerosalema ary niara-dia mba hahita an' i Jesosy. Nitombo ihany ny asany, mandra-pahavorian' ny dimy arivo lahy, afa-tsy ny zaza amambehivavy. Talohan' ny nahatongavan' i Kristy teo amoron-drano, dia efa nisy vahoaka marobe niandry Azy. Tsy hitan' izy ireo anefa ny niakarany an-tanety, ary afaka nitokana fotoana kely niaraka tamin' ny mpianatra Izy. {IFM 385.1}

Nitazana ny vahoaka sesehena avy teny amin' ny havoana Izy dia nangoraka ny fony. Na dia voakotaba aza Izy ary tapaka ny fialan-tsasatra nataony, dia tsy nahasosotra Azy izany. Fahantrana lehibe kokoa nitaky ny fikarakarany no hitany raha nijery ny olona tonga ary mbola tonga ihany Izy. Onena Izy, «fa tahaka ny ondry tsy manana mpiandry ireo». Niala teo amin' izay nitokanany Izy, ka nahita toerana mety hanampiany azy. Tsy nahazo fanampiana avy tamin' ny mpisorona sy ny mpanapaka izy ireo ; nikoriana avy tamin' i Kristy kosa ny ranon' aina mahavelona raha nampianatra ny lalam-pamonjena tamin' ny vahoaka Izy. {IFM 385.2}

Nihaino ny tenin' ny famindrampo nikoriana malalaka dia malalaka avy tamin' ny vavan' ny Zanak' Andriamanitra ny vahoaka. Reny ireo teny feno fahasoavana, tsotra sy mazava indrindra ka tahaka ny balisama avy any Gileada ho an' ny fanahiny izany. Ny fanasitranana avy tamin' ny tanan' ny maha-Andriamanitra Azy dia nitondra fifaliana sy aina ho an' izay teo ambavahoana, ary nitondra fanamaivanana sy fahasalamana ho an' izay nijaly tamin' ny aretina. Toy ny nidina teto an-tany ny lanitra tamin' iny andro iny, ary tsy tsapany mihitsy ny halavan' ny fotoana ka tsy tsaroana hatramin' ny fihinanan-kanina aza. {IFM 386.1}

Nony ela, hariva ny andro. Nilentika teny andrefana ny masoandro, nefa mbola naharitra teo amin' ny toerany ihany ny vahoaka. Niasa mafy nandritra ny andro Jesosy, tsy nihinan-kanina na niala sasatra akory. Hatsatra Izy noho ny havizanana sy ny hanoanana, ka niangavy Azy mafy ny mpianatra hampijanona ny asany. Tsy afaka niala tamin' ny vahoaka nifanizina taminy anefa Izy. {IFM 386.2}

Farany, nanatona Azy ny mpianatra, ka nanantitrantitra ny hampiravana ny vahoaka noho ny tombontsoan' izy ireo ihany. Betsaka no avy lavitra, ary tsy nihinana na inona na inona hatramin' ny maraina. Mety ho afaka mividy hanina eny amin' ny tanàna sy ny

vohitra manodidina izy. Nefa hoy Jesosy hoe : «Omeonareo hanina izy»1, dia nitodika tany amin' i Filipo Izy ka nanontany azy hoe: «Aiza no hividianantsika mofo hohanin' ireo ?» Nolazainy izany mba hisedrana ny finoan' ny mpianatra. Notazanin' i Filipo ireto lohan' olona marobe toa ranomasina ny fijery azy ka nihevitra izy fa tsy ho azo atao ny hanomana sakafo hahafapo izay ilain' ny vahoaka be tahaka izao. Namaly izy fa na dia mofo vidina denaria roan-jato aza tsy ampy azy rehetra hananany kely avy. Nanontanian' i Jesosy ny habetsahan' ny sakafo mety ho hita eo amin' ny olona. «Misy zazalahy aty, hoy Andrea, manana mofo vary hordea dimy sy hazandrano madinika roa, fa ho ampy inona moa izany amin' izao olona betsaka izao ?» Nasain' i Jesosy nentina teo Aminy izany. Dia nobaikoiny ny mpianatra hampipetraka ny olona amin' ny ahitra ho antokony dimam-polo na zato mba hisian' ny filaminana, ka samy ho vavolombelon' izay hataony ny olona rehetra. Rehefa vita izany, dia noraisin' i Jesosy ny sakafo, dia «niandrandra ny lanitra Izy, ka nanaovany fisaorana ireo, dia novakiny ka natolony ny mpianany harosony eny anoloan' ny vahoaka». «Ary samy nihinana avokoa ny olona rehetra ka voky. Ary nangoniny izay sombintsombin' ny mofo sy ny hazandrano, ka nahafeno harona roa ambin' ny folo». {IFM 386.3}

Ilay nampianatra ny olona ny lalana ahazoana antoka ny fiadanana sy ny fahasambarana dia sady nihevitra izay ilaina eo amin' ny ara-nofo tahaka izay ilaina koa eo amin' ny ara-panahy. Vizana sy reraka ny vahoaka. Tao ny reny nitondra ny zanany teny an-trotroany, ary ny zaza madinika nifikitra tamin' ny akanjony. Betsaka no nijoro nandritra ny ora maro. Liana dia liana nihaino ny tenin' i Kristy izy ka tsy tonga tao an-tsainy akory ny hipetraka, ary be dia be koa ny vahoaka ka mety ho nifanitsaka izy ireo ka nitera-doza. Tian' i Jesosy ny hanome azy fotoana ahazoany miala sasatra ka dia nampipetraka azy Izy. Nisy ahitra betsaka teo amin' io toerana io, ka samy afaka niala sasatra tsara ny rehetra. {IFM 387.1}

Tsy nanao fahagagana mihitsy Kristy raha tsy ny hanomezana zavatra tena ilaina marina; ary ny fahagagana rehetra dia nanana toetra mahatarika ny olona ho eo amin' ny hazon' aina, izay fanasitranana ny firenena rehetra ny raviny. Ilay sakafo tsotra izay nasaina nozarain' ny mpianatra, dia nirakitra fitambaran' ny lesona sarobidy. Sakafo tsotra no nomanina, sakafo andavan' andron' ny mpanarato nanodidina ny Ranomasin' i Galilia ny hazandrano sy ny mofo vary hordea. Azon' i Kristy natao ny nanolotra sakafo sarobidy ny vahoaka nefa raha sakafo natao hanomezana fahafahampo ny hatendan-kanina fotsiny dia tsy ho afaka nifono ny lesona hahasoa ny olona. Nampianarin' i Kristy azy tao amin' ity lesona ity fa efa simba ny sakafo voajanahary izay nomanin' Andriamanitra ho an' ny olombelona. Koa tsy mbola nahita mihitsy fifaliana tamin' ny sakafo miaingitraingitra natao hanomezana fahafahampo ny lela efa simba ny vahoaka toy ny fifaliana hitany teo amin' ny fialan-tsasatra sy ny sakafo tsotra izay nomanin' i Kristy tamin' ny toerana lavitry ny fonenan' ny olona. {IFM 387.2}

Raha tsotra ny olona ankehitriny eo amin' ny fahazarany, ka mivelona mifandrindra amin' ny lalàn' ny zava-boahary, tahaka an' i Adama sy Eva tany am-boalohany, dia hisy betsaka ny zavatra ilaina hampisinda ny fahasahiranana mianjady amin' ny fianakaviain ny olombelona. Ho vitsy kokoa ny zavatra ilaina an' eritreritra fotsiny, ary ho be kokoa ny fotoana mety hiasana araka ny lalàn' Andriamanitra. Ny fitiavan-tena sy ny fampanaranam-po ny fitiavanjavatra tsy voajanahary, dia nitondra fahotana sy fahoriana eto amin' izao tontolo izao. Ary izany no mahatonga fanaranam-po tafahoatra etsy ankilany sy ny tsy fahampiana etsy andaniny. {IFM 387.3}

Tsy nitady izay hisarihana ny vahoaka ho eo Aminy Jesosy tamin' ny fanomezana fahafahampo ny faniriany fahafinaretana haingitraingitra. Ho an' ity vahoaka be ity, izay sasatra sy noana taorian' iny andro lavabe nandreraka azy iny, dia sakafo tsotra no sady hahazoany hery no hahafahana ikarakarana azy amim-pitiavana koa teo amin' ny zavatra ilaina eo amin' ny fiainana andavanandro ; mety ho tsotra ny sakafon' izy ireo, ary kely loatra aza; mety ho voafetran' ny fahantrana ny anjarany; nefa nahazo toky izy fa homena azy izay ilainy, ary nampanantenaina azy koa izay tsara lavitra noho izay soa indrindra eto amin' izao tontolo izao, — dia ny fahafahampo vokatry ny fanatrehany. {IFM 388.1}

Tamin' ny namahanan' i Jesosy ny olona dimy arivo, dia ningainy ny lamba nanarona ny toetran' izao tontolo izao, ka nasehony ny hery izay miasa mandrakariva hahasoa antsika. Manao fahagagana isan' andro Andriamanitra eo amin' ny fanomezany ny vokatry ny tany. Tanteraka amin' ny alalan' ny zava-boahary ampiasainy ny asa nataony tamin' ny namelomany ny vahoaka marobe. Mamboatra ny tany ny olona ka mamafy ny voa, fa ny aina avy amin' Andriamanitra no nahatonga ny voa hitsiry. Ny orana sy ny rivotra ary ny tanamasoandron' Andriamanitra no mahatonga azy «voalohany misy tahony, dia teraka, ary rehefa izany, dia feno voa» 2. Andriamanitra no mamelona ny olona an-tapitrisany maro isan' andro avy amin' ny vokatry ny tany eny an-tsaha. Nantsoina hiaramiasa amin' Andriamanitra ny olona eo amin' ny fikarakarana ny voa sy ny fanomanana ny mofo, ary noho izany dia very teo imasony ny fitiavana ampiasain' Andriamanitra. Tsy omeny an' Andriamanitra ny voninahitra mendrika ny anarany masina. Lazaina fa voajanahary na avy amin' ny asan' ny olombelona ny asan' ny herin' Andriamanitra. Ny olona no omem-boninahitra fa tsy Andriamanitra, ary simbany ny fanomezana feno fahasoavana amin' ny fampiasany azy amim-pitiavan-tena, ka manjary ozona fa tsy fitahiana. Mitady ny hanova izany rehetra izany Andriamanitra. Tiany raha velombelomina ny saintsika efa donto ka hahafantatra ny fahalemem-panahiny sy ny famindrampony ka hankalaza Azy noho ny fiasan' ny heriny. Tiany raha hitantsika eo amin' ny fanomezana ataony Izy, mba ho tonga fitahiana ho antsika ireny, araka ny nikasany azy rahateo. Ny hanatanteraka io fikasana io no nanaovan' i Kristy fahagagana. Rehefa voafahana ny vahoaka, dia nisy ambiny betsaka ny sakafo. Nefa hoy Ilay afaka mibaiko ny haren' ny hery tsy misy fetra rehetra: «Angony ny sisa tsy lany

mba tsy hisy ho very». Midika mihoatra noho ny fametrahana ny mofo ao anatin' ny harona izany. Roa sosona ny lesona. Tsy misy na inona na inona tokony holanilaniana foana. Tsy msiy tombon-tsoa ara-nofo tokony havelantsika ho verivery foana. Tsy misy na inona na inona tokony hataontsika an-tsirambina izay mety hitondra soa ho an' ny olombelona. Aoka hangonina izay rehetra hanamaivanana ny fahasahiranan' ny noana ara-nofo. Ary tokony hisy koa fikarakarana toy izany ny amin' ny ara-panahy. Rehefa voangona ny harona nisy ny sombintsombiny, dia nahatsiaro ny namany tany an-tranony ny olona. Niriny ny hizara aminy ny mofo izay notahin' i Kristy. Nozaraina tamin' ny vahoaka mazoto ho amin' izany ny tao anatin' ny harona, ary nentina tany amin' ny faritra rehetra manodidina. Izay nanatrika izany fanasana izany dia tokony hanome koa ho an' ny hafa ny mofo avy any an-danitra, mba hahafa-po ny fanahiny noana. Tokony hamerina izay efa nianarany ny amin' ny zava-mahagaga momba an' Andriamanitra izy ireo. Tsy misy na inona na inona tokony hariana. Tsy misy na dia teny iray aza mikasika ny famonjena azy ho mandrakizay no havela ho raraka an-tany. {IFM 388.2}

Ny fahagagana momba ny mofo dia mampianatra antsika lesona ny amin' ny fiankinana amin' Andriamanitra. Rehefa namahana ny dimy arivo lahy Kristy, dia tsy teo am-pelatanany ny hanina ary ny fijery Azy dia toa tsy nanana na inona na inona. Indro Izy, any an-efitra, niaraka tamin' ny dimy arivo lahy, ankoatry ny zaza amam-behivavy. Tsy niantso ireo vahoaka be ireo hanaraka Azy Izy ; tonga tsy nantsoina na nobaikona ireo; fantany anefa fa rehefa nihaino ela toy izany ny fampianarany izy, dia hahatsiaro noana sy reraka; satria olona tahaka ireo koa izy raha ny.fìlàny haninkohanina. Lavitra ny tranony, ary efa akaiky ny alina. Betsaka no tsy nanana izay hividianan-kanina. Ilay nifady hanina ho azy nandritra ny efapolo andro tany an-efitra dia tsy hamela azy hody any antranony tsy nihinan-kanina. Napetraky ny fitondran' Andriamanitra teo amin' izany toerana izany Jesosy ; ary niankina tamin' ny Rainy any an-danitra Izy ny amin' izay hanafahana izao fahasahiranana izao. {IFM 389.1}

Rehefa latsaka an-katerena isika, dia tokony hiankina amin' Andriamanitra. Tokony hampiasa fahendrena sy handanjalanja ny zavatra rehetra ataontsika eo amin' ny fiainana andavanandro, mba tsy hihatra amin' ny tenantsika ny fitsapana, noho ny fihetsika tsy voahevitra. Tsy tokony hianjadian' ny zava-tsarotra isika, noho ny fanaovana an-tsirambina ny hery atolotr' Andriamanitra sy noho ny fampiasana tsy mety ny fahaizana nomeny antsika. Tokony hanaraka ny toro-lalana nomeny ny mpiasan' i Kristy. An' Andriamanitra ny asa, ary raha tiantsika ny hizara fitahiana ho an' ny hafa, dia tsy maintsy harahina ny drafitra nataony. Tsy azo atao lohalaharana ny «izaho» ary tsy tokony hindrahindraina ny «izaho». Raha manao drafitra araka ny hevitsika isika, dia havelan' ny Tompo hitoetra eo amin' ny fahadisoantsika. Nefa kosa, rehefa nanaraka ny baikony isika, ka latsaka an-katerena, dia hanafaka antsika Izy. Tsy tokony hamoifo sy ho kivy isika, fa kosa hitady fanampiana amin' Ilay afaka mibaiko ny hery tsy misy fetra

rehefa sendra ny zava-manahirana maro. Matetika no voahodidin' ny toe-javatra sarotra isika, amin' ny fahatokiana Azy tanteraka. Hiaro ny fanahy rehetra izay tafiditra ao amin' ny fahaverezan-kevitra Izy, dia ireo izay miezaka hanaraka ny lalan' ny Tompo. {IFM 389.2}

Nibaiko antsika tamin' ny alalan' ny mpaminany Kristy ka manao hoe: «Afoizo ho an' ny noana izay hanina tianao», ary «vokiso ny ory» ; «tafio izay hitanao mitanjaka», ary «ampiantranoy ny ory manjenjena»3. Toy izao ny baiko nomeny antsika : «Mandehana any amin' izao tontolo izao ianareo, ka mitoria ny filazantsara amin' ny olombelona rehetra»4. Impiry anefa ny fontsika no reraka ka resy mbamin' ny finoantsika, rehefa mahita ny fahalehibeazan' ny fahoriana, sy ny fahakelezan' ny fitaovana eo ampelatanantsika. Tahaka an' i Andrea isika, izay niloa-bava hoe : «Ho ampy inona moa izany amin' izao olona betsaka izao?» Matetika isika no misalasala tsy ta-hanome izay rehetra ananantsika, matahotra ny handany sy holaniana ho an' ny hafa. Nibaiko antsika anefa Jesosy hoe: «Omeonareo hanina izy». Teny fikasana ny baikony ; ary atolony miaraka amin' izany ilay hery izay nahavoky ny vahoaka be teo amoron' ny ranomasina. {IFM 390.1}

Ny asa nataon' i Kristy tamin' ny fanomezana izay zavatra ara-nofo nilain' ireo vahoaka marobe noana ireo, dia mifono lesona ara-panahy lalina ho an' ny mpiasany rehetra. Nandray avy tamin' ny Ray Kristy ; ary nizara tamin' ny mpianany ; ireo kosa nizara tamin' ny vahoaka; ary ny vahoaka nifampizara. Toy izany izay rehetra miray amin' i Kristy dia handray Aminy ny mofon' aina, ilay sakafo avy any an-danitra, ka hizara izany amin' ny hafa. {IFM 390.2}

Niankina tanteraka tamin' Andriamanitra Jesosy raha nandray ilay mofo kely teo an-tanany ; ary na dia tokony hanana ampahany kely aza ny mpianatra izay mpianakavikeliny, dia tsy nasainy nihinana ireo, fa nobaikoiny hizara amin' ny olona aloha. Nitombo ny mofo teny an-tanan' Í Jesosy ; ary tsy foana mihitsy ny tanan' ny mpianatra, izay nifandray tamin' i Kristy Izay tena Mofon' aina. Ampy ho an' ny rehetra ilay tahiry kely. Rehefa nahazo fahafahampo ny vahoaka, dia nangonina ny ambinambiny, ka niara-nihinana ny hanina sarobidy nomen' ny lanitra Kristy sy ny mpianany. {IFM 391.1}

Ny mpianatra no fantsona mampifandray an' i Kristy sy ny vahoaka. Mety ho fampaherezana lehibe ho an' ny mpianany izany ankehitriny. Kristy no foibe lehibe, loharanon' ny hery rehetra. Tokony handray izay ilainy avy eo Aminy ny mpianany. Tsy afaka hanome afa-tsy izay noraisiny ny manan-tsaina indrindra, ny manam-panahy indrindra. Raha avy amin' ny tenany dia tsy misy na inona na inona azony omena ho an' izay ilain' ny fanahy. Tsy afaka hizara afa-tsy izay noraisintsika tamin' i Kristy isika ; ary tsy afaka handray koa raha tsy mizara amin' ny hafa. Raha mitohy hatrany ny fizarantsika amin' ny hafa, dia tsy ho tapaka koa ny fandraisantsika ; ary arakaraka ny hizarantsika,

no handraisantsika koa. Amin' izay dia azontsika atao ny tsy hijanona ny hino, sy hatoky sy handray ary ny hizara. {IFM 391.2}

Handroso hatrany ny asa fanorenana ny fanjakan' i Kristy, na dia toa miadam-pandeha aza izany, ary toa misy zavatra tsy azo ihoarana izay mijoro hanohitra ny fandrosoany. An' Andriamanitra ny asa, ary Izy no hanome ny fitaovana, ary handefa mpanampy, dia mpianatra marina, mafana fo, mivimbina hanina feno ho an' ny vahoaka maty noana. Tsy manadino izay miasa mafy amim-pitiavana Andriamanitra mba hanome ny tenin' ny fiainana ho an' ny fanahy efa ho faty, izay haninjitra indray koa ny tanany handray hanina ho an' ny fanahy noana hafa. {IFM 391.3}

Eo amin' ny asa ataontsika ho an' Andriamanitra dia misy loza mananontanona antsika amin' ny fiankinantsika be loatra amin' izay azon' olona atao amin' ny talentany sy ny fahaizany. Fa raha miantehitra amin' izany izy dia tsy ho tazan' ny masony Ilay Tompon' ny asa. Matetika loatra ny mpiasa ho an' i Kristy no diso amin' ny tsy fahatsapany ny andraikitry ny tenany. Loza mananontanona azy ny amindrany ny entany amin' ny lamin' asa, fa tsy miankina amin' Ilay loharanon' ny hery rehetra. Fahadisoana lehibe ny miankina amin' ny fahendren' ny olombelona, na amin' ny hamaroana eo amin' ny asan' Andriamanitra. Ny asa mahomby indrindra ho an' i Kristy dia tsy miankina firy amin' ny isa na ny talenta fa amin' ny fahadiovan' ny fikasana, ny toetra tsotra sy marina miseho eo amin' ny hafanampo, ny finoana miankina amin' Andriamanitra. Tsy maintsy hozakaina ny andraikitry ny tena, tsy maintsy horaisina ny adidy tsy maintsy hataon' ny tena, ny ezaka hitory amin' izay tsy mahalala an' i Kristy. Aza afindra amin' izay heverinao fa manankarena kokoa amin' ny talenta noho ianao ny andraikitrao, fa miasà araka ny fahaizanao. {IFM 391.4}

Rehefa tonga ao am-ponao ny fanontaniana hoe : «Aiza no hividianantsika mofo hohanin' ireo ?» aoka tsy ho valintenin' ny tsy finoana no ho valintenintsika. Rehefa nandre ny toromariky ny Mpamonjy ny mpianatra hoe : «Omeonareo hanina izy», dia nirongatra tao an-tsainy ny zava-manahirana. Nanontany izy hoe : «Handeha ho any an-tanàna ve izahay hividy hanina ?» Toy izany koa ankehitriny, rehefa tsy manana ny mofon' aina ny vahoaka, dia manontany ny zanaky ny Tompo hoe: «Haniraka olona avy lavitra ve izahay hamahanana azy?» Ahoana anefa hoy Kristy? «Asaovy mipetraka ny olona», ary nofahanany izy. Toy izany koa rehefa voahodidin' ireo fanahy tratry ny fahasahiranana ianao, fantaro fa eo Kristy. Miraisa Aminy. Ento eo amin' i Jesosy ny mofo vary hordea. {IFM 392.1}

Mety tsy ho ampy ho an' ny asa ny fitaovana eo am-pelatanantsika ; nefa raha mandroso amim-pinoana isika, ka matoky ny herin' Andriamanitra izay ampy ho amin' ny zavatra rehetra, dia hitosaka amintsika ny loharanon-kery be dia be. Raha an' Andriamanitra ny asa, dia Izy mihitsy no hanome ny fitaovana ilaina hanatanterahana izany. Hamaly soa ny fitokiana madio sy tsotra Aminy Izy. Ny kely ampiasaina amim-

pahendrena sy amim-pitsitsiana ho amin' ny fanompoana ny Tompon' ny lanitra dia hitombo amin' ny fizarana azy indrindra avy eo am-pelatanan' i Kristy ka tsy hihena ilay sakafo kely zaraina mandra-pahafapo ny vahoaka maty noana rehetra. Raha mankeo amin' Ilay Loharanon' ny hery rehetra isika manatsotra ny tanan' ny finoantsika mba handray, dia hotohanana eo amin' ny asantsika, eny na dia eo amin' ny toe-javatra manahirana aza, ary ho afaka hizara ny mofon' aina ho an' ny hafa isika. {IFM 392.2}

Hoy ny Tompo : «Omeo, dia mba homena hianareo». «Izay mamafy kely, dia kely no hojinjainy» . . . «Ary Andriamanitra mahay mampitombo ny fahasoavana rehetra aminareo, mba hanananareo ny onony rehetra mandrakariva amin' ny zavatra rehetra, araka ny voasoratra hoe : «Namafy izy, eny, nanome ho an' ny malahelo ; Ny fahamarinany maharitra mandrakizay. Ary izay : «Manome voa ho an' ny mpamafy Sy mofo hohanina dia hanome sy hahabe ny voa afafinareo sy hampitombo ny vokatry ny fahamarinanareo, dia hanan-karena amin' ny zavatra rehetra ianareo ka handroso amin' ny hitsim-po, izay mahatonga ny fisaoranay an' Andriamanitra»5. {IFM 393.1}

## Toko 40—Indray alina teo amin' ny farihy

Nipetraka teo amin' ny lohasaha rakotra ahitra ny vahoaka, rehefa somambisamby ny andro iny harivan' ny lohataona iny, nihinana ny hanina izay nomen' i Kristy. Tonga taminy toy ny feon' Andriamanitra ny teny tamin' io andro io. Ny asa fanasitranana hitany maso, dia ny herin' Andriamanitra ihany no afaka manao izany. Nahasintona ny isam-batan' olona tao amin' ny vahoaka marobe anefa ny fahagagana momba ny mofo. Samy nandray tombontsoa tamin' izany avokoa izy. Tamin' ny andron' i Mosesy, dia namahana ny Isiraely tamin' ny mana tany an-efitra Andriamanitra; ary iza moa Ity namahana azy tamin' ity andro ity, raha tsy Ilay efa nambaran' i Mosesy mialoha ? Tsy misy herin' olombelona afaka hamorona hanina ampy, hamahanana olona noana an' arivony avy amin' ny mofo vary hordea dimy sy hazandrano kely anankiroa. Koa nifampilaza izy hoe : «Ity tokoa no Ilay Mpaminany Izay ho tonga amin' izao tontolo izao». {IFM 395.1}

Nihamafy izany faharesen-dahatra izany nandritra ny andro. Io asa fara-tampony nataony io no toky fa teo anivony Ilay Mpanafaka nandraindraina ela. Nisondrotra hatrany ihany ny fanantenan' ny vahoaka. Io no hanao an' i Jodia ho paradisa eto an-tany, ho tany tondra-dronono sy tantely. Mahafa-po ny faniriana rehetra Izy, ary hahatapaka ny fahefan' ireo Romana nankahalaina. Izy no hanafaka an' i Joda sy Jerosalema. Afaka hahasitrana ny miaramila marary any an' ady Izy, afaka hanome sakafo ny tafika manontolo. Haharesy ny firenena Izy ary afaka hanome ny Isiraely ny fanjakana nokatsahiny hatramin' ny ela. {IFM 395.2}

Noho ny firehetam-pon' ny vahoaka dia vonona ny hanosotra Azy ho mpanjaka avy hatrany izy. Hitany fa tsy nisy ezaka nataony mba hisintonana ny saina ho eo Aminy na nanao izay hahazoany antoka ny voninahitra ho an' ny tenany. Hafa indrindra tamin' ny mpisorona sy ny mpanapaka Izy ny amin' izany, ary natahotra ireo sao hitaky mihitsy ny zony ho amin' ny seza fiandrianan' i Davida Izy. Dia nifampidinika izy, ka nifanaraka fa haka Azy an-keriny, ary hanandratra Azy ho Mpanjakan' Isiraely. Niray tamin' ny vahoaka ny mpianatra tamin' ny fanambarana fa lovan' ny Tompony ara-dalàna ny seza fiandrianan' i Davida. Ny fanetren-tenan' i Kristy, hoy izy, no mahatonga Azy handà izany voninahitra izany. Aoka ny vahoaka hanandratra ny Mpanafaka azy. Aoka ho voatery hanaja an' Ilay tonga nitafy ny fahefan' Andriamanitra ny mpisorona sy ny mpanapaka mpirehareha. {IFM 396.1}

Naniry mafy ny hanao lamina hanatanterahana ny fikasany izy ireo. Hitan' i Jesosy anefa izay novolavolainy ary takatry ny sainy avy hatrany izay mety ho vokatry ny fihetsiketsehana toy izany. Efa nihaza ny ainy sahady ny mpisorona sy ny mpanapaka tamin' izay. Nampangain' ireo ho nitarika ny vahoaka hiala taminy Izy. Herisetra sy fikomiana no tsy maintsy ho vokatry ny ezaka atao hametrahana Azy eo amin' ny seza

fiandrianana, ka ho voasakana ny asan' ny fanjakana ara-panahy. Tsy maintsy hajanona tsy misy hatak' andro izao fihetsiketsehana izao. Niantso ny mpianany Jesosy, ka nibaiko azy hiditra ao an-tsambo ary hiverina avy hatrany any Kapernaomy, fa Izy kosa no mampirava ny vahoaka. {IFM 396.2}

Tsy mbola nisy mihitsy hatramin' izao baikon' i Kristy toa tsy azo tanterahina toy ity. Efa ela no nanirian' ny mpianatra mafy mba hisian' ny fihetsiketseham-bahoaka hametrahana an' i Jesosy eo amin' ny seza fiandrianana; tsy zakan' ny eritreriny raha tsy hisy vokany izao hafanam-po izao. May ta-hahita ilay mpaminany vaovao ny vahoaka marobe izay nivory hitandrina ny Paska. Araka ny fijerin' ny mpanaraka Azy dia toa io no fotoam-bolamena mety hametrahana ny Tompo malalany eo amin' ny seza fiandrianan' Isiraely. Raha ny firehetam-pony eo amin' izao hambom-po vaovao izao, dia sarotra taminy ny handeha, ka hamela an' i Jesosy irery eto amin' ity morondrano mangina ity. Notoheriny ny fandaminana; nefa tamimpahefana tsy mbola fahita no nibaikoan' i Jesosy azy hiampita. Fantatr' izy ireo fa tsy hisy vokany ny fanoherana ny teniny, ka nandeha ho any an-dranomasina tamim-pahanginana izy.1 {IFM 396.3}

Mibaiko ny vahoaka hiparitaka Jesosy ; hentitra indrindra ny fihetsiny, ka tsy sahiny ny tsy hankato Azy. Nitsahatra ho azy ny teny fiderana sy fanandratana teo amin' ny molony. Raha hanatona indrindra haka Azy an-keriny izy ireo, dia voatery niato tampoka ary nanjavona teo amin' ny endriny ilay fijeriny feno fifaliana sy risi-po teo. Nisy olona nanana sitrapo mahery sy fanapahan-kevitra hentitra tao amin' ireo vahoaka be ireo ; nefa nampitony ny tabataba sy nanakana ny fikasany ny fihetsika feno fahefana nasehon' i Jesosy sy ny teny vitsy sy tony nibaikoiny azy. Tsapan' izy ireo fa nisy hery ambonin' ny fahefana rehetra teto an-tany tao Aminy, koa nilefitra tsy nisy adi-hevitra izy. {IFM 397.1}

Rehefa Jesosy irery sisa no teo, dia lasa «nankeny an-tendrombohitra hivavaka» Izy. Naharitra nitalaho tamin' Andriamanitra nandritra ny ora maro Izy. Tsy ho an' ny tenany ny fitarainana nataony fa ho an' ny olona nangataka izany fivavahana izany. Nivavaka Izy mba hahazo hery hanehoany amin' ny olona ny toetra araka an' Andriamanitra eo amin' ny asa nanirahana Azy, nivavaka Izy mba tsy hohamaizinin' i Satana ny sainy mahataka-javatra, ka haviliny lalana ny sainy manadihady. Fantatry ny Mpamonjy fa efa madiva hifarana ny andro hiasan' ny tenany manokana eto an-tany, nefa mbola vitsy no nandray Azy ho Mpanavotra ny tenany. Niady mafy sy nitolona am-panahy Izy raha nivavaka ho an' ny mpianany. Handalo fitsapana mahamay izy ireo, ho diso fanantenana sy ho ory indrindra, ary hitsanga-menatra raha ho foana hatreo ny fanantenana nankamamiany hatramin' ny ela, satria nifototra tamin' ny hevitra tsy izy teo amin' ny vahoaka izany. Tsy ny fanandratana Azy eo amin' ny seza fiandrianan' i Davida no ho hitany, fa ny fanomboana Azy eo amin' ny hazo fijaliana no hatrehin' ny masony. Mbola ho avy ny tena fanomezana satroboninahitra Azy marina. Tsy ho hitan' ireo anefa izany,

ka dia tsy maintsy mbola hianjadian' ny fakam-panahy mahery vaika izy ary ho sarotra aminy ny hahafantatra izany fakam-panahy izany mialoha. Raha tsy ny Fanahy Masina no hanazava ny sain' ny mpianatra sy hampitatra ny fahalalany, dia ho resy ny finoany. Nampahory an' i Jesosy ny fiheveran' izy ireo ny fanjakany izay nantenainy loatra ho voafaritry ny fitomboana sy ny voninahitra araka izao tontolo izao. Navesatra tamin' ny fon' i Jesosy ny entamavesatra amin' izy ireo, ka nipololotra avy tao am-pony ny fitarainany hahazoany miatrika ny ady mahatsiravina mihatra aman' aina aminy. {IFM 397.2}

Tsy niainga avy hatrany, niala an-tanety araka ny nibaikoan'.i Jesosy azy ny mpianatra. Niandry kely izy satria nanantena fa mbola ho avy eo aminy ny Tompo. Rehefa hitany anefa fa nihamaizina. haingana ny andro dia «niondrana an-tsambokely izy, ka nita ranomasina nankany Kapernaomy». Tsy faly ny fony raha nandao an' i Jesosy ary sorena taminy mihoatra noho ny tamin' ny lasa rehetra izy hatramin' ny nanekeny Azy ho Tompony. Nimonomonona izy satria tsy navela hanandratra Azy ho mpanjaka ary nanome tsiny ny tenany aza izy fa nilefitra haingana loatra tamin' ny baikon' i Jesosy. Raha nanana fikirizana bebe kokoa angamba izy hoy ny fisainany, dia nety ho tanteraka ny fikasany. {IFM 397.3}

Nanjaka tao an-tsainy sy tao am-pony ny tsy finoana. Nanajamba azy ny fitiavam-boninahitra. Fantany fa halan' ny Fariseo Jesosy, ka niriny mafy ny hahita Azy misandratra araka ny tokony ho izy. Fitsapana tsy hainy zakaina loatra izany ho tafaray amin' ny Mpampianatra izay afaka hanao fahagagana lehibe, nefa hotenennin-dratsy ka lazaina fa mpamitaka. Hampangaina ho mpanaraka mpaminany sandoka ve izy ? Moa ve tsy azon' i Kristy atao mihitsy ny hampiseho fahefana amin' ny maha-mpanjaka Azy ? Nahoana Ilay manana fahefana lehibe toy izao no tsy miseho eo amin' izay tena toetrany marina, mba tsy ho voatery handeha amin' ny lalana hampahory loatra ? Nahoana no tsy novonjeny tamin' ny fahafatesana feno herisetra i Jaona Mpanao Batisa ? Toy izany no fisainan' ny mpianatra, mandra-panaron' ny aizim—panahy azy tanteraka. Nanontany tena azy izy hoe: «Mety ho mpisandoka araka ny fanizingizinan' ny Fariseo ve Jesosy ?» {IFM 398.1}

Nanatri-maso ny asa mahagaga nataon' i Kristy ny mpianatra tamin' iny andro iny. Toa nidina teto an-tany ny lanitra. Tokony hameno finoana sy fanantenana azy ny fahatsiarovana an' iny andro sarobidy sy be voninahitra iny. Raha niara-niresaka momba ireny zavatra ireny izy, araka izay nahafeno ny fony, dia tsy ho tafiditra tao amin' ny fakam-panahy toy izao. Nambabo ny sainy anefa ny fahadisoam-panantenana. Tsy noheveriny ny tenin' i Kristy hoe : «Angony ny sombintsombiny mba tsy hisy ho very». Ora be fitahiana ho an' ny mpianatra izany, nefa dia hadinon' izy rehetra. Tsaroany ho teo afovoan' ny ranobe nitopatopa izy. Nisamboaravoara ny sainy sady tsy nahay nandanjalanja ; koa nomen' ny Tompo zavatra hafa hampahory ny fanahiny sy hameno

ny sainy izy. Manao izany matetika Andriamanitra rehefa mamorona enta-mavesatra sy manahirana ho an' ny tenany ny olona. Tsy nilain' ny mpianatra ny hamorona zava-manahirana. Efa nirimorimo nanatona azy ny loza. {IFM 398.2}

Nisy rivo-doza mahery nanatona azy moramora, nefa tsy vonona ho amin' izany izy. Niova tampoka ny toetr' andro, tsara dia tsara mantsy ny andro tamin' ny antoandro, ka dia raiki-tahotra izy rehefa namely azy ny rivotra mahery. Hadinony ny adidiny, ny tsy finoany, ny fahasorisorenany. Samy nilofo hiaro ny sambo tsy ho rendrika izy rehetra. Tsy lavitra akory ny lalana avy ao Betsaida ho eo amin' ny toerana nantenainy hihaonana tamin' i Jesosy raha mandeha amin' ny ranomasina, ary amin' ny andro tsara dia ora vitsy foana no anaovana izany lalana izany; izao kosa anefa dia toa nihananalavitra hatrany ny toerana notadiaviny itodiana. Niasa mafy nivoy hatramin' ny fiambenana fahefatra amin' ny alina izy. Dia tratran' ny famoizam-po ireto olona sasatra ireto, ary nanampo ny ho faty. Tao amin' ny tafiodrivotra sy ny haizina no nampianaran' ny ranomasina azy ny fahalemen' ny tenany, ka naniriany mafy ny fanatrehan' ny Tompony. {IFM 398.3}

Tsy nanadino azy akory Jesosy. Hitan' Ilay Mpiambina teo amoron-drano ireto olona mati-tahotra miady amin' ny tafiodrivotra. Tsy nisy fotoana na kely aza nialan' ny masony tamin' ny mpianany. Tamim-pitiavana lalina indrindra no nanarahany ilay sambokely natopatopan' ny rivo-doza nitondra ity entany sarobidy; ho fahazavan' izao tontolo izao mantsy ireo olona ireo. Tahaka ny reny manara-maso ny zanany amim-pitiavana Ilay Tompo feno fangorahana manara-maso ny mpianany. Rehefa nilefitra ny hambom-pony tsy masina ka nangina, vao afaka nivavaka tamimpanetren-tena izy nangataka fanampiana, dia nomena azy izany. {IFM 399.1}

Tamin' ny fotoana nanampoizany hahafaty azy indrindra no nahatazanany tara-pahazavana nampiseho tsanganana nifono zavamiafina nanatona azy teo ambonin' ny rano. Tsy fantany anefa fa Jesosy io. Ilay Anankiray tonga hanampy azy dia noheveriny ho fahavalo. Nihorohoro izy ka resin-tahotra. Nivaha ny tanana izay namikitra tamin' ny fivoy, ary niketraka ireo hozatra toy ny vy. Navalambalan' ny onja ny sambokely, nefa nifantoka teo amin' ity fahitana hafahafa ity ny maso rehetra ka nibanjina ilay Lehilahy mandeha eo ambonin' ny alon-drano mangia-potsy teo amin' ny ranomasina misafoaka. {IFM 399.2}

Noheveriny fa matoatoa nanambara ny fahafatesany. izany, ka niantsoantso noho ny tahotra izy. Dia nanatona Jesosy nefa toa hihoatra azy. Tamin' izay vao fantatr' izy ireo Izy ka nantsoiny ary nitalahoany fanampiana. Nitodika ny Tompo malalany ; nampitony ny tahony ny feony nanao hoe : «Matokia, fa Izaho ihany; aza matahotra». {IFM 399.3}

Raha vantany vao nanatri-maso izany zava-mahagaga izany izy ireo, dia tsy hitan' i Petera intsony izay asiany ny ainy noho ny hafaliany. Toa nila tsy ho afaka hino izy ka niantsoantso hoe : «Tompoko, raha Hianao ihany, dia asaovy manatona Anao eny

ambonin' ny rano aho. Ary hoy Izy : Manatòna». {IFM 400.1}

Raha mbola nibanjina an' i Jesosy Petera, dia nandeha tsy tamintahotra ; nefa noho ny fireharehany dia nitodika tany amin' ireo namany nilaozany tao anaty sambokely izy, ka niala tsy ho eo amin' ny Mpamonjy ny masony. Nifofofofo ny rivotra. Nisavoana ambony ny onja ka nampisaraka mivantana azy sy ny Tompony ; koa natahotra izy. Nisy fotoana fohy nahatakona an' i Kristy tsy teo imasony, ka resy ny finoany. Nanomboka nilentika izy. Nefa raha tazany fa hitelina azy ho faty ny onjan-drano, dia nanandratra ny masony niala tamin' ny rano nisafoaka i Petera, ka nampifantoka azy tamin' i Jesosy, ary niantso hoe : «Tompo ò, vonjeo aho». Sady namonjy azy niaraka tamin' izay Jesosy no niteny taminy hoe : «Ry kely finoana, nahoana no niahanahana hianao ?» {IFM 400.2}

Dia niara-nandeha izy, ny tanan' i Petera tao amin' ny tanan' ny Tompony, ka niara-nandroso ho eo amin' ny sambokely. Nilefitra i Petera ary nangina tsy nahitan-teny. Tsy nisy antony tokony hireharehany tamin' ny namany, satria ny tsy finoana sy ny fanandratan-tenany no efa saika nahafaty ny ainy. Rehefa nampitodika ny masony niala teo amin' i Jesosy izy, dia tsy nahafahatra ny tongony, ka nilentika tao anaty onja izy. {IFM 400.3}

Rehefa tonga amintsika ny zava-manahirana, dia impiry akory moa isika no tahaka an' i Petera. Mijery ny onjan-drano isika, fa tsy mitana ny masontsika hifantoka amin' ny Mpamonjy. Mibolasitra ny tongotsika, ka manafotra ny fanahintsika ny setrasetran' ny ranobe. Tsy nibaiko an' i Petera ho eo Aminy Jesosy mba hahafaty azy ; tsy miantso antsika hanaraka Azy koa Izy mba handavantsika Azy. {IFM 400.4}

«Aza matahotra hianao, fa efa nanavotra anao Aho ; efa niantso ny anaranao Aho, Ahy hianao. Raha mita ny rano hianao, dia homba anao Aho ; ary raha mita ny ony hianao, dia tsy hanafotra anao izy ; raha mandeha mamaky ny afo hianao, dia tsy ho may, ary tsy hirehitra aminao ny lelafo; fa Izaho Jehovah no Andriamanitrao, dia ny Iray Masin' ny Isiraely, Mpamonjy anao» 2. {IFM 400.5}

Nahafantatra ny toetra amam-panahin' ny mpianany Jesosy. Fantany fa hosedraina amin' ny fomba maharary tokoa ny finoany. Tiany naseho tamin' i Petera teo amin' io toe-javatra teo amorondranomasina io ny fahalemen' ny tenany, mba hampiseho aminy fa eo amin' ny fiankinana hatrany amin' ny herin' Andriamanitra ny antoka ho azy. Teo anivon' ny rivo-maherin' ny fakam-panahy dia tsy afaka mandeha amin-toky izy raha tsy miala tanteraka amin' ny fahatokian-tena ka miankina amin' ny Mpamonjy. Teo amin' izay niheveran' i Petera ny tenany ho mahery no nahaosa azy indrindra, ary raha tsy tsapany ny fahalemeny dia tsy nety ho tsapany ny filany fiankinana amin' i Kristy. Raha nianatra ny lesona niezahan' i Jesosy hampianarina azy teo amin' ity fanandramana ity teo amin' ny ranomasina izy, dia tsy ho resy rehefa tonga taminy ny fisedrana lehibe kokoa. {IFM 401.1}

Mampianatra ny zanany isan' andro Andriamanitra. Ny toejavatra mitranga eo amin' ny fiainana andavanandro no hanomanany azy hanao ny anjarany amin' ny sehatra lehibe kokoa izay nanendren' ny fitondran' Andriamanitra azy. Ny vokatry ny fisedrana andavanandro no manapaka ny fandresena na ny faharesena eo amin' ny zava-tsarotra lehibe eo amin' ny fiainana. {IFM 401.2}

Izay tsy mahatsapa ny fiankinany mandrakariva amin' Andriamanitra, no ho resin' ny fakam-panahy. Mety hihevitra isika fa mijoro tsara, ka azo antoka ny tongotsika, ary tsy voahozongozona mihitsy. Mety hilaza amim-pitokisana isika hoe : Fantatro izay inoako; ary tsy misy mahahozongozona ny finoako an' Andriamanitra sy ny teniny. Manao drafitra anefa i Satana haka tombony amin' ny lafintoetrantsika nolovana sy nokolokoloina, sy hahajamba ny masontsika tsy hahita izay ilaintsika sy ny toetra raisintsika. Raha tsy mahatsapa ny fahalementsika isika, ka tsy mampifantoka ny masontsika amin' i Jesosy, dia tsy ho azo antoka ny diantsika. {IFM 401.3}

Raha vantany vao naka toerana tao amin' ny sambokely Jesosy, dia nitsahatra ny rivotra, ary «niaraka tamin' izay ny sambokely dia tonga tamin' ny tany izay nalehany». Nosoloin' ny fahazavan' ny masoandro miposaka ny, alin' ny horohoro. Niankohoka teo an-tongotr' i Jesosy ny mpianatra sy izay tao an-tsambo, ka feno fisaorana ny fony nanao hoe : «Zanak' Andriamanitra tokoa Hianao». {IFM 401.4}

## Toko 41—Ny zava-tsarotra tany Galilia

Raha nandrara ny vahoaka tsy hanangana Azy ho Mpanjaka Kristy, dia fantany fa tonga teo amin' ny fiolahan-dalana iray ny fizotry ny tantarany. Ny vahoaka marobe izay naniry ny hanandratra Azy ho eo amin' ny seza fiandrianana tamin' izay, dia nivadika niala taminy ny ampitson' iny. Ny fahadisoam-panantenan' ny hambompony feno fitiavan-tena no hampivadika ny fitiavany ho fankahalana, ary ny fiderana ho fanozonana. Na dia fantatr' i Kristy aza izany, dia tsy nisy fepetra noraisiny mba hialana amin' ny zava-tsarotra. 1 Hatramin' ny voalohany dia tsy notoheriny ny fanantenana valisoa ara-nofo teo amin' ny mpanaraka Azy. Hoy Izy tamin' ny olona iray izay naniry ho tonga mpianany : «Ny amboahaolo manandavaka; ary ny voro-manidina manana fialofana ; fa ny Zanak' olona tsy mba manana izay hipetrahan' ny lohany» 2. Raha azon' ny olona natao ny nahazo an' izao tontolo izao sady hiaraka amin' i Kristy, dia vahoaka be no ho nilaza ny firaiketany Aminy. Tsy azony ekena anefa ny fanompoana toy izany. Tamin' ireo izay nifandray taminy tamin' izay fotoana izay, dia betsaka no efa voatariky ny fanantenana hiorenan' ny fanjakana araka izao tontolo izao. Tsy maintsy hafahana amin' ny fitaka ireny. Tsy azony ny dikan' ny fampianarana arapanahy teo amin' ny fahagagana momba ny mofo. Tsy maintsy hazavaina aminy izany. Koa hitondra fisedrana akaiky kokoa io fanambarana vaovao io. {IFM 403.1}

Notantaraina tamin' ny lavitra sy ny akaiky ny fahagagana momba ny mofo, koa vao maraina be dia nitangorona tao Betesda ny vahoaka hahita an' i Jesosy. Tonga maro tokoa izy, nandeha an-dranomasina sy an-tanety. Izay nisaraka taminy ny alin' iny dia niverina, nanantena ny mbola hahita Azy teo, satria tsy misy sambokely nahazoany niampita. Sasa-poana anefa izy nitady Azy, ka betsaka no niainga ho any Kapernaomy, mbola hitady Azy ihany. {IFM 403.2}

Nandritra izany fotoana izany dia tonga tany Genesareta Izy, rehefa tsy tao indray andro monja. Raha vantany vao re fa nidina an-tanety Izy, dia «nihazakazaka tamin' izany tany rehetra izany ny olona ary nitondra ny marary tamin' ny fandriana ho any amin' izay reny fa nitoerany»3. {IFM 404.1}

Rehefa afaka kelikely dia nankany amin' ny synagoga Izy, ary tao no nahitan' ireo avy tany Betesda Azy. Reny tamin' ny mpianany ny fomba niampitany ny ranomasina. Samy notantaraina tsara tamin' ny vahoaka izay talanjona fatratra, ny fisafoakan' ny tafiodrivotra, sy ireo ora maro nivoizana foana mba hanoherana ny rivotra, ny nisehoan' i Kristy nandeha teo amin' ny rano, ny tahotra vokatr' izany, ny teny feno toky nataony, ny zavatra nanjo an' i Petera sy ny vokatr' izany, ary ny nampitsaharana tampoka ny tafiodrivotra sy ny niantsonan' ny sambo. Tsy afa-po tamin' izany izy anefa, fa betsaka no nitangorona teo amin' i Jesosy, nanontany hoe : «Raby ô, oviana no tonga teto hianao ?» Nanantena ny handre fitantarana fanampiny momba ny fahagagana avy tamin' ny

molony izy. {IFM 404.2}

Tsy nomen' i Jesosy fahafaham-po ny fitiavany hahalala zavatra fotsiny. Nalahelo Izy nilaza hoe : «Mitady Ahy hianareo, nefa tsy noho ny nahitanareo famantarana, fa noho ny nihinananareo ny mofo ka voky». Tsy nitady Azy noho ny antony mendrika izy ireo, fa rehefa voky mofo izy, dia nanantena ny mbola handray tombontsoa ara-nofo amin' ny firaiketana Aminy. Nibaiko azy ny Mpamonjy hoe : «Aza miasa hahazo ny hanina mety ho levona, fa ny hanina izay maharitra ho fiainana mandrakizay» Aoka tsy ny tombontsoa ara-nofo fotsiny no hotadiavina. Aoka ny ezaka lehibe indrindra tsy ho eo amin' izay ilain' ny fiainana ankehitriny, fa katsaho ny hanina ara-panahy, dia ny fahendrena izay maharitra mandritra ny fiainana mandrakizay. Ny Zanak' Andriamanitra irery no afaka manome izany; «fa Izy no nasian' Andriamanitra Ray tombo-kase» . {IFM 404.3}

Liana tokoa ny mpihaino ka niloa-bava hoe : «Inona no hataonay mba hanaovanay ny asan' Andriamanitra ?» Efa betsaka saay mafy ny asa efa nataony mba hahamendrika azy eo anatrehan' Andriamanitra; koa vonona izy hihaino ny didy mba hankatoavany izany ahazoany antoka ny fahamendrehana lehibe kokoa. Inona no hataonay mba hahatonga anay ho mendrika ny lanitra ? Inona no sarany asaina haloanay mba hahazoanay ny fiainana ho avy ? {IFM 404.4}

«Jesosy namaly ka nanao hoe : Izao no asan' Andriamanitra, dia ny hinoanareo Izay nirahiny». Jesosy no vidin' ny lanitra. Ny lalana mankany an-danitra dia amin' ny alalan' ny finoana ny «Zanak' ondrin' Andriamanitra izay manaisotra ny fahotan' izao tontolo izao» 4. {IFM 405.1}

Tsy nisafidy ny handray io fanambaran' ny fahamarinan' Andriamanitra io anefa ny vahoaka. Efa nataon' i Jesosy indrindra ny asa, izay nambaran' ny faminaniana mialoha fa hataon' ny Mesia; nefa tsy mbola hitany ny asa izay nantenainy hataon' i Kristy izay hifanandrify amin' ny sainy feno fitiavan-tena. Marina fa efa namahana vahoaka be indray mandeha tamin' ny mofo vary hordea Kristy ; tamin' ny andron' i Mosesy dia nandritra ny efapolo taona no namahanana ny Isiraely tamin' ny mana, nefa fitahiana be lavitra no nantenaina tamin' ny Mesia. Tsy afa-po izy, ka velom-panontaniana hoe : Raha afaka nanao asa betsaka mahagaga tahaka izay efa natrehiny maso Jesosy, nahoana Izy no tsy ho afaka hanome fahasalamana, hery sy harena ho an' ny olona rehetra, hanafaka azy amin' ny mpampahory azy ka hanandratra azy ho amin' ny fahefana sy ny voninahitra ? Kristy milaza fa Izy Ilay nirahin' Andriamanitra, nefa mandà ny ho Mpanjakan' Isiraely, dia zava-miafina tsy hainy takarina izany. Diso ny fandraisana io fandavany io. Betsaka no nihevitra fa tsy sahy manamafy ny fitakiany Izy satria Izy tenany aza misalasala ny maha-avy amin' Andriamanitra ny asa nanirahana Azy. Tamin' izany no nanokafany ny fony ho amin' ny tsy finoana, ka nampitsimoka tao aminy ny voa izay efa nafafin' i Satana, dia ny fandraisana diso ny teny sy ny fihemorana. {IFM 405.2}

Somary naneso Azy ny raby iray ka nanontany hoe : «Inona ary no famantarana ataonao mba ho hitanay ka hinoanay Anao ? Inona moa no asa ataonao ? Ny razantsika nihinana ny mana tany an-efitra, araka ny voasoratra hoe : Mofo avy tany an-danitra no nomeny azy hohahiny» . {IFM 405.3}

Noheverin' ny Jiosy fa Mosesy no nanome azy ny mana ary dia notolorany haja izy, ka ny fiasana indray no nomeny voninahitra, koa dia very tsy teo imasony Ilay nahatanteraka ny asa. Nimonomonona tamin' i Mosesy ny razana fahiny, ka nisalasala sy nandà ny asa nanirahan' Andriamanitra azy. Ankehitriny dia io toe-tsaina io ihany no nentin' ny taranany mitsipaka Ilay nitondra ny hafatr' Andriamanitra ho azy. «Dia hoy Jehovah taminy : Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa : Tsy Mosesy no nanome anareo ny mofo avy tany an-danitra». Nijoro teo anivon' izy ireo Ilay nanoms ny mana. Kristy mihitsy no nitarika ny Hebreo namakivaky ny efitra, ary namelona azy isan' andro tamin' ny mofo avy tany an-danitra. Tandindon' ny tena mofo avy any an-danitra ny hanina. Ny Fanahy manome aina, izay mikoriana avy amin' ny fahafenoan' Andriamanitra tsy misy fetra, no tena mana. Hoy Jesosy : «Fa ny mofon' Andriamanitra dia Ilay midina avy any an-danitra ka manome fiainana ho an' izao tontolo izao». {IFM 405.4}

Mbola noheveriny fa mofo ara-nofo no nambaran' i Jesosy, ka nisy tamin' ny mpihaino Azy niloa-bava hoe : «Tompo ô, omed anay mandrakariva izany mofo izany». Namaly mazava Jesosy ka nanao hoe : «Izaho no mofon' aina». {IFM 406.1}

Sary mahazatra ny Jiosy no nampiasain' i Kristy. Nahazo tsindrimandry tamin' ny Fanahy Masina i Mosesy nanao hoe : «Tsy mofo ihany no iveloman' ny olona; fa izay rehetra aloaky ny vavan' i Jehovah no iveloman' ny olona». Ary ny mpaminany Jeremia dia nanoratra hoe : «Hitako ny teninao ka nohaniko, ary ny teninao no fifaliako sy firavoravoan' ny foko»5. Ny raby koa aza dia nanana fomba fiteny milaza fa ny fihinanana ny mofo, amin' ny dikany ara-panahy, dia fandinihana ny lalana sy fanaovana asa tsara ; ary nambara matetika fa raha ho avy ny Mesia, dia hovokisana Isiraely manontolo. Nampahazava ny lesona lalina ara-panahy raketin' ny fahagagana momba ny mofo ny fampianaran' ny mpaminany. Io lesona io no niezahan' i Kristy naharihary tamin' ny mpihaino Azy tao amin' ny synagoga. Raha azony ny Soratra Masina, dia ho azony koa ny teniny rehefa nilaza Izy hoe : «Izaho no mofon' aina». Ny andro talohan' io, dia vao nofahanana tamin' ny mofo nomeny ny vahoaka marobe, rehefa noana sy reraka. Tahaka ny nandraisany aina sy hery ara-batana tamin' io mofo io, no ahazoany mandray koa hery ara-panahy hitondra fiainana mandrakizay avy amin' i Kristy. «Izay manatona Ahy, hoy Izy, tsy mba ho noana, ary izay mino Ahy tsy mba hangetaheta intsony». Nefa nampiany hoe : «Nahita Ahy hianareo, nefa tsy mino» ;. {IFM 406.2}

Efa nahita an' i Kristy izy tamin' ny alalan' ny vavolombelona nasehon' ny Fanahy Masina, sy tamin' ny alalan' ny fanambarana nataon' Andriamanitra tamin' ny fanahy.

Efa teo anatrehany isan' andro isan' andro ny porofo velona momba ny heriny, nefa mbola nangataka famantarana hafa indray izy. Raha nomena izany izy dia mbola nijanona tsy mino sahala amin' ny teo aloha ihany. Raha tsy resy lahatra tamin' izay efa hitany sy reny izy, dia tsy misy antony ny hanehoana aminy asa mahagaga kokoa indray. Ho hitany ho fialan-tsiny hisalasalana hatrany ny tsy finoana ka horoahin' ny sainy ny porofo mazava indrindra. {IFM 407.1}

Niantso ireo fo maditra ireo indray Kristy. «Izay manatona Ahy tsy mba holaviko mihitsy». Izay rehetra nandray Azy tamin' ny finoana, hoy Izy, dia hahazo fiainana mandrakizay. Tsy misy na dia iray aza mety ho very. Tsy ilaina akory ny hiadin' ny Fariseo sy ny Sadoseo hevitra momba ny fiainana ho avy. Tsy ilaina ny hitomanian' ny olona very fanantenana sy ory indrindra ny maty eo aminy. «Fa izao no sitrapon' ny Raiko, dia ny hahazoan' izay rehetra mijery ny Zanaka ka mino Azy fiainana mandrakizay, ary Izaho hanangana azy amin' ny andro farany». {IFM 407.2}

Tafintohina anefa ny mpitarika ny vahoaka, dia hoy ireo : «Tsy Ilehio va no Jesosy, Zanak' i Josefa, Izay fantatsika ny rainy aman-dreniny ? Ahoana no dia anaovany ankehitriny hoe : Izaho nidina avy tany an-danitra ?» Niezaka ny hamohafoha ny hevitra nibahana tao an-tsainy izy tamin' ny firesahana ny amin' ny fira-zanana ambany niavian' I Jesosy ka nanesoesoany Azy. Nataony fanarabiana ny fiainany amin' ny maha-mpiasa Galileana Azy, sy ny fianakaviany izay mahantra sy ambany. Tsy mendrika ny hanintona ny sainy hoy izy. ny fitakian' ity mpandrafitra tsy nahita fianarana ity. Ary ny amin' ny fahaterahany mifono zava-miafina dia nanipy hevitra ny amin' ny fototra niaviany mampisalasala azy Izy, ka nasehony tamin' izany ho pentina eo amin' ny tantarany ireo toe-javatra amin' ny maha-olombelona teo amin' ny naha-terahany. {IFM 407.3}

Tsy niezaka ny hanazava ny zava-miafina mikasika ny nahaterahany Jesosy, na nanome valiny ny fanontaniana mikasika ny nidinany avy any an-danitra, toy ny tsy nanomezany valiny ny fanontaniana mikasika ny namakivakiany ny ranomasina. Tsy nanintona ny saina tamin' ny fahagagana nampiavaka ny fiainany Izy. Niniany ny tsy hampisy laza ny tenany, fa naleony naka ny endriky ny mpanompo. Naneho ny toetra amam-panahiny anefa ny teniny sy ny asany. Izay rehetra nanana fo midanadana hohazavain' Andriamanitra, dia nahita teo Aminy «Ilay Lahitokana avy tamin' ny Ray, sady feno fahasoavana sy fahamarinana»6. {IFM 407.4}

Lalina noho izay nasehon' ny fanontaniana napetraky ny Fariseo ny hevitra nibahana tao an-tsainy; ny faharatsian' ny fony no nahatonga izany. Ny teny rehetra sy ny fihetsik' i Jesosy no nampirongatra fanoherana tao aminy ; satria tsy nentiny nahitana setriny tao amin' ny Tompo ny toe-tsaina nankamamian' izy ireo. {IFM 408.1}

Tsy misy olona mahay manatona Ahy, raha tsy taomin' ny Ray Izay naniraka Ahy; ary Izaho hanangana azy amin' ny andro farany. Voasoratra ao amin' ny mpaminany hoe

: «Ary izy rehetra dia hampianarin' Andriamanitra. Izay rehetra mandre ka mianatra amin' ny Ray no manatona Ahy». Tsy hisy hanatona mihitsy an' i Kristy afa-tsy ireo izay manaiky ny fitiavan' ny Ray. Mitarika ny fo rehetra ho Aminy Andriamanitra, ary izay manohitra ny fitarihany no handà tsy hanatona an' i Kristy. {IFM 408.2}

Ny teny hoe: «Izy rehetra dia hampianarin' Andriamanitra», dia nalain' i Jesosy tao amin' ny faminanian' Isaia : «Ary ny zanakao rehetra dia ho samy efa nampianarin' i Jehovah, ka dia ho be fiadanana ny zanakao»7. Noraisin' ny Jiosy ho an' ny tenany io teny io. Reharehany tokoa izany hoe Andriamanitra no mampianatra azy. Nasehon' i Jesosy anefa ny maha-zava-poana an' io fihamboana io; fa hoy Izy : «izay rehetra mandre ka mianatra amin' ny Ray no manatona Ahy». Amin' ny alalan' i Kristy ihany no ahazoany mandray fahalalana ny Ray. Tsy mahazaka ny voninahiny ny mahaolombelona. Ireo izay nianatra ny amin' Andriamanitra dia efa nihaino ny feon' ny Zanany ka nanaiky an' i Jesosy avy any Nazareta ho Day nanambara ny Ray tamin' ny alalan' ny zavaboary sy ny fanambarana. {IFM 408.3}

«Lazaiko aminao marina dia marina tokoa : Izay mino Ahy no manana ny fiainana mandrakizay». Tamin' ny alalan' i Jaona ilay malala, izay nihaino ireo teny ireo, no nanambaran' ny Fanahy Masina tamin' ny fiangonana hoe : «Ary izao no fanambarany : Fiainana mandrakizay no omen' Andriamanitra antsika, ary ao amin' ny Zanany izany fiainana izany»8. Ary hoy Jesosy : «Izaho hanangana azy amin' ny andro farany». Nanjary nofo iray tamintsika Kristy, mba hahatonga antsika ho iray Aminy. Noho ny herin' io firaisana io no hivoahantsika avy amin' ny fasana, — tsy ho fanehoana fotsiny ny herin' i Kristy, fa satria hanjary fiainantsika ny fiainany, amin' ny alalan' ny finoana. Izay mahita an' i Kristy ao amin' ny toetra amam-panahiny marina, ka mandray Azy ao am-po, no manana ny fiainana mandrakizay. Amin' ny alalan' ny Fanahy no itoeran' i Kristy ao amintsika; ary ny Fanahin' Andriamanitra raisina ao am-po amin' ny finoana, no fiantombohan' ny fiainana mandrakizay. {IFM 408.4}

Ny vahoaka dia nilaza tamin' i Kristy ny amin' ny mana nohanin' ny razany tany an' efitra, toy ny miteny Aminy fa ambony noho izay nataon' i Kristy izany fahagagana izany ; nasehon' ny Tompo kosa anefa fa maivana ihany iny fanomezana iny raha ampitahaina amin' ireo fitahiana izay nahatongavan' i Kristy hozaraina. Tsy nahazoana tohana afa-tsy ity fiainana eto an-tany ity io mana io ; tsy nanakana ny fahafatesana tsy hihatra io, na ahazoana antoka ny tsy hahafaty mandrakizay ; fa ny mofon' ny lanitra kosa no hamelona ny fanahy ho amin' ny fiainana mandrakizay. Hoy ny Mpamonjy : «Izaho no mofon' aina. Ny razanareo nihinana ny mana tany an-efitra nefa maty ihany. Ity no mofo izay nidina avy any an-danitra, mba tsy ho faty izay mihinana azy, raha misy mihinana ity mofo ity, dia ho velona mandrakizay izy». Nampian' i Kristy sary hafa koa izany ka nambarany fa amin' ny alalan' ny fahafatesany ihany no ahazoany mizara fiainana amin' ny olona; amin' ireto teny manaraka ireto ihany dia tondroiny ho

fitaovam-pamonjena ny fahafatesany. Hoy Izy : «Ary ny mofo izay nomeko dia ny nofoko ho fiainan' izao tontolo izao». {IFM 409.1}

Efa hankalaza ny Paska tany Jerosalema ny Jisoy, ho fahatsiarovana an' ilay Alina nanafahana ny Isiraely, raha namely ny tokantranon' ny Egyptiana ilay anjely mpandringana. Tian' Andriamanitra ny ahitan' izy ireo ny Zanak' Andriamanitra eo amin' ny zanak' ondrin' ny Paska, ary tiany ny handraisany Azy amin' ny alalan' ny tandindona dia Izy izay nanolotra ny ainy ho an' izao tontolo izao. Ny tandindona no nanjary nataon' ny Jiosy ho zavadehibe indrindra, nefa tsy nomarihiny ny dikany. Tsy hitany ny tenan' ny Tompo. Ny fahamarinana izay naseho ara-tandindona tao amin' ny fanompoam-pivavahana tamin' ny Paska, dia nampianarina koa tao amin' ny tenin' i Kristy. Mbola tsy hitany ihany anefa ny hevitr' izany rehetra izany. {IFM 409.2}

Niloa-bava tamin-katezerana izao ny raby ka nanao hoe : «Hataon' Ilehio ahoana re no fanome ny nofony hohanintsika ?» Niseho ho tsy nahazo ny dikan' ny teny tamin' ny ara-bakiteny tahaka ny nataon' i Nikodemosy izy, fony nanontany hoe : «Hataon' ny olona ahoana no hateraka rehefa lehibe ?» 9 Misy azony ihany ny dikan' ny tenin' i Jesosy, fa tsy ta-hanaiky izany izy. Ny fandikany vilana ny teniny no nanantenany fa hahatonga ny vahoaka hampibahana hevitra hanohitra Azy ao an-tsainy. {IFM 410.1}

Tsy nanalefaka ny fanehoana ara-tandindona Azy Kristy. Naveriny ilay fahamarinana, saingy tamin' ny teny henjana kokoa. «Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa : Raha tsy mihinana ny nofon' ny Zanak' olona sy misotro ny rany hianareo, dia tsy manana fiainana ao aminareo. Izay mihinana ny nofoko sy misotro ny rako no manana fiainana mandrakizay ; ary Izaho hanangana azy amin' ny andro farany. Fa ny nofoko no tena fihinana, ary ny rako no tena fisotro. Izay mihinana ny nofoko sy misotro ny rako no mitoetra ao amiko, ary Izaho kosa ao aminy». {IFM 410.2}

Ny mihinana ny nofo sy misotro ny ran' i Kristy dia ny mandray Azy ho Mpamonjy ny tena manokana sy ny mino fa mamela ny fahotantsika Izy ary tanteraka ao Aminy isika, Ny fibanjinana ny fitiavany sy ny fitoerana amin' izany, ny fisotroana ny rany, no hahatonga antsika ho mpiray amin' ny fombany. Toy ny hanina mamelona ny tena, dia tsy maintsy ho toy izany koa Kristy ho an' ny fanahy. Tsy mety mahasoa antsika ny hanina raha tsy hohanintsika, ka manjary momba ny tenantsika. Toy izany koa, tsy misy vidiny amintsika Kristy raha tsy fantatsika amin' ny maha-Mpamonjy ny tenantsika manokana Azy. Tsy hitondra soa ho antsika ny fahalalana ara-tsaina fotsiny. Tsy maintsy hivelona Aminy isika. handray Azy ao am-po ka hanjary fiainantsika ny fiainany, tsy maintsy ho voarain' ny tenantsika ny fitiavany sy ny fahasoavany. {IFM 410.3}

Nefa na dia ireo sary ireo aza tsy afaka mampiseho ny tombontsoa sesehena eo amin' ny fifandraisan' ny mpino amin' i Kristy. Hoy Jesosy : «Ary tahaka ny nanirahan' ny Ray velona Ahy, ary Izaho koa velona amin' ny Ray, dia tahaka izany koa, izay mihinana Ahy

no ho velona Amiko». Tahaka ny iveloman' ny Zanak' Andriamanitra amin' ny finoana ny Ray no tokony hivelomantsika koa amin' ny finoana an' i Kristy. Nilefitra tamin' ny fomba feno indrindra tamin' ny sitrapon' Andriamanitra Jesosy, ka ny Ray irery no niseho teo amin' ny fiainany. Na dia nalaim-panahy tamin' ny zavatra rehetra tahaka antsika aza Izy dia tsy voapentin' ny ratsy izay nanodidina Azy. Toy izany no tokony handresentsika tahaka ny nandresen' i Kristy koa. {IFM 410.4}

Moa ve mpanaraka an' i Kristy ianao ? Raha izany dia voasoratra ho anao izay rehetra voasoratra momba ny fiainana ara-panahy, ary mety ho tanteraka amin' ny firaisan' ny tenanao amin' i Jesosy. Moa ve mihareraka ny hafanam-ponao ? Moa ve mihamangatsiaka ny fitiavanao voalohany ? Ekeo indray ny fitiavana atolotr' i Kristy. Hano ny nofony, sotroy ny rany, dia hanjary ho iray amin' ny Ray sy ny Zanaka ianao. {IFM 411.1}

Tsy nino ireo Jiosy ka ninia tsy hahita afa-tsy ny lafiny tena ara-bakiteny tamin' ny dikan' ny tenin' ny Mpamonjy. Ny lalàna momba ny fivavahana dia nanakana azy tsy hihinana ra, ary izao dia raisiny ho fitenenan-dratsy ny teny nataon' i Kristy, ka nifanditra ny amin' izany izy. Na dia teo amin' ny mpianatra aza dia betsaka no nanao hoe : «Sarotra izany teny izany ; iza no mahahaino izany ?». {IFM 411.2}

Namaly azy ny Mpamonjy hoe : «Mahatafintohina anareo va izany ? Mainka raha mahita ny Zanak' olona miakatra ho any amin' izay nitoerany taloha hianareo. Ny fanahy no mahavelona ; ny nofo tsy mahasoa na inona na inona; ny teny izay nolazaiko taminareo dia fanahy sy fiainana» . {IFM 411.3}

Ny fiainan' i Kristy, izay manome aina izao tontolo izao, no ao amin' ny teniny. Tamin' ny teniny no nanasitranan' i Jesosy ny aretina sy namoahany damonia; tamin' ny teniny no nampitoneny ny ranomasina sy nananganany ny maty ; ary ny vahoaka no vavolombelona fa nanan-kery ny teniny. Nilaza ny tenin' Andriamanitra Izy, tahaka ny nitenenany tamin' ny alalan' ny mpaminany sy ny mpampianatra rehetra tao amin' ny Testamenta Taloha. Fanehoana an' i Kristy ny Baiboly manontolo, koa nirin' ny Mpamonjy ny hampitoetra ny finoan' ny mpanaraka Azy amin' ny teny. Rehefa tsy hatrehin' ny maso intsony Izy, dia tsy maintsy ho loharanon-kery ho azy ireo ny teny. Tahaka ny Tompony no hivelomany amin' ny «teny rehetra izay aloaky ny vavan' Andriamanitra»10. {IFM 411.4}

Tahaka ny fiainantsika ara-nofo tohanan' ny hanina, dia toy izany koa ny fiainantsika ara-panahy tohanan' ny tenin' Andriamanitra. Ary ny fanahy rehetra dia tokony handray aina avy amin' ny tenin' Andriamanitra ho an' ny tenany. Tahaka ny tsy maintsy hihinanantsika sakafo ho an' ny tenantsika mba handraisantsika famelomana, dia toy izany koa no tsy maintsy handraisantsika ny teny ho an' ny tenantsika. Tsy tokony ho raisintsika fotsiny amin' ny alalan' ny sain' ny olona hafa izany. Tokony handinika

akaiky ny Baiboly isika, ka hangataka ny fanampian' ny Fanahy Masina amin' Andriamanitra, mba hahazoantsika ny teniny. Tokony handray andininy iray isika, ka hafantoka eo ny saintsika amin' ny alalan' ny famakafakana ny fisainana izay nataon' Andriamanitra ao amin' io andininy io ho antsika. Tokony hitoetra eo amin' io fisainana io isika mandra-pahatongan' izany ho fisainantsika, ka ho fantatsika «izay lazain' i Jehovah». {IFM 412.1}

Izao no lazain' i Jesosy amiko ao amin' ny teny fikasany sy ny fampitandremana nataony. Fa toy izao no nitiavan' Andriamanitra an' izao tontolo izao, nomeny ny Zananilahy tokana, mba tsy ho very *aho* amin' ny finoako Azy, fa hanana fiainana mandrakizay. Tokony ho fanandramana ataoko ny fanandramana voalaza ao amin' ny tenin' Andriamanitra. Ny fivavahana sy ny teny fikasana, ny fitsipika sy ny fampitandremana, dia *ahy*. «Voahombo miaraka amin' i Kristy amin' ny hazo fijaliana aho, ary tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko; fa izay ivelomako ankehitriny eo amin' ny nofo, dia ivelomako amin' ny finoana ny Zanak' Andriamanitra Izay efa tia ahy, ka nanolotra ny tenany hamonjy *ahy*» 11. Rehefa raisin' ny finoana toy izany ny foto-kevitry ny fahamarinana ka voatsakotsakony dia manjary isan' ny tena izany, sy hery manosika ao amin' ny fiainana. Ny tenin' Andriamanitra raisina ao amin' ny fanahy, dia mamolavola ny fisainana ka miditra ao amin' ny fampitomboana ny toetra amam-panahy. {IFM 412.2}

Ny fibanjinana mandrakariva an' i Jesosy amin' ny mason' ny finoana no hampahery antsika. Hanao ny fanambarana sarobidy indrindra Andriamanitra ho an' ny vahoakany noana sy mangetaheta. Hahita izy fa Mpamonjy ny tenany manokana Kristy. Rehefa mivelona amin' ny teniny izy, dia hitany fa fanahy sy aina izany. Mamono ny toetra ara-nofo araka izao tontolo izao ny teny, ary mizara aina vaovao ao amin' i Kristy Jesosy. Tonga eo amin' ny fanahy amin' ny maha-Mpananatra azy ny Fanahy Masina. Noho ny fiasan' ny fahasoavany manova, dia tafafindra eo amin' ny mpianatra ny herin' i Kristy; manjary olom-baovao izy. Maka ny toeran' ny fankahalana ny fitiavana, ka mandray ny fitovizana amin' Andria-manitra ny fo. Izany no atao hoe mivelona «amin' ny teny rehetra izay aloaky ny vavan' Andriamanitra». Izany no mihinana ny Mofo izay nidina avy tany an-danitra. {IFM 412.3}

Nilaza fahamarinana masina sy mandrakizay Kristy, mikasika ny fifandraisan' ny tenany sy ny mpanaraka Azy. Fantany ny toetra amam-panahin' ireo izay milaza ny tenany ho mpianany, ary misedra ny finoany ny teniny. Nambarany fa tokony hino sy hiasa araka ny teniny izy. Izay rehetra mandray Azy dia tokony ho mpiray amin' ny toetrany, ka hitovy toetra Aminy. Izany dia mahafaoka ny famelana ny hambom-po nankamamiana. Mitaky fampileferana tanteraka ny tena amin' i Jesosy izany. Nantsoina hahafoy tena isika, ho malemy fanahy sady tsy hiavona am-po. Tsy maintsy andehanana ny lalana ety izay nodiavin' Ilay Lehilahin' i Kalvary, raha te-hanana anjara amin' ny

fanomezan' ny fiainana sy ny voninahitry ny lanitra. {IFM 413.1}

Lehibe loatra ny fisedrana. Nihamangatsiaka ny firehetam-pon' ireo izay nitady haka Azy an-keriny ka hanao Azy ho Mpanjaka. Nampihiratra ny masony, hoy ny nambarany, ity lahateny tao amin' ny synagoga ity. Tsy voafitaka intsony izy izao. Ny tao an-tsain' izy ireo dia fiaikena mivantana ny teniny fa tsy Izy no Mesia; fantany fa tsy hisy valisoa ara-nofo amin' ny firaisana Aminy. Noraisiny tamim-pifaliana ny heriny nanao fahagagana; niriny mafy ny ho afaka amin' ny aretina sy ny fijaliana; nefa tsy tiany ny hiray fo Aminy eo amin' ny fiainany feno fahafoizan-tena. Tsy noraharahainy ny fanjakana ara-panahy mifono zava-miafina izay nolazainy. Tsy naniry Azy intsony ny tsy madio am-po, ny tia tena izay efa nitady Azy. Raha tsy hanokana ny fahefany sy ny hery miasa mangina avy Aminy mba hahazoana fahafahana amin' ny Romana Izy, dia tsy tiany ny hifandray Aminy, na amin' inona na amin' inona. {IFM 413.2}

Nolazain' i Jesosy mazava tminy hoe «misy ny sasany aminareo izay tsy mino», sady nampiany hoe : «Izany no nilazako taminareo fa tsy misy olona mahay manatona Ahy, raha tsy nomen' ny Ray azy izany». Niriny ny hahazoan' izy ireo tsara fa matoa tsy voatarika ho eo Aminy izy, dia satria tsy misokatra hiasan' ny Fanahy Masiny ny fony. «Fa ny olona izay araka ny nofo ihany dia tsy mba mandray izay an' ny Fanahin' Andriamanitra ; fa fahadalana aminy izany sady tsy azony, satria araka ny fanahy no hamantarana izany»12. Amin' ny alalan' ny finoana no hibanjinan' ny fanahy ny voninahitr' i Jesosy. Miafina io voninahitra io mandra-pitsirin' ny finoana ao amin' ny fanahy, amin' ny alalan' ny Fanahy Masina. {IFM 413.3}

Vao mainka nampihataka ireo mpianatra ireo tamin' i Jesosy ny fanomezan-tsiny ampahibemaso ny finoany. Sosotra mafy izy ka naniry ny hanao teny maharary amin' ny Mpamonjy, ary hanome fahafaham-po ny faharatsian' ny Fariseo, noho izany dia ny lamosiny no natodiny taminy, ka niala izy sady nanamavo Azy. Nampiasa ny safidiny izy, dia ny endrika tsy misy fanahy, toa akofa tsy misy voa. Tsy niova intsony ny fanapahan-keviny taty aoriana ; tsy hiaramandeha amin' i Jesosy intsony izy. {IFM 414.1}

«Eny an-tànany ny fikororohany, ary Izy hanadio tsara ny eo am-pamoloany ka hanangona ny variny ho any an-tsompitra»13. Iray tamin' ny fotoana fanadiovana izany. Amin' ny alalan' ny tenin' ny fahamarinana no ampisarahana ny vary amin' ny akofa. Satria mirehareha loatra sy tia tena loatra izy ka tsy nandray teny fananarana, ary tia an' izao tontolo izao loatra ka tsy hanaiky fiainana feno fanetren-tena koa, dia betsaka no niala tamin' i Jesosy. Betsaka koa no mbola manao izany ankehitriny. Sedraina ny fanahy tsirairay avy tahaka ireo mpianatra tao amin' ny Synagoga tany Kapernaomy. Rehefa raisiny hitoetra ao am-po ny fahamarinana, dia habaribariny fa tsy mifanaraka amin' ny sitrapon' Andriamanitra ny fiainany. Ho hitany fa mila fiovana tanteraka izy ; nefa tsy vonona ny handray ny asa feno fahafoizan-tena. Noho izany dia tezitra izy rehefa aseho

ny fahotany. Tafintohina izy ka lasa, eny, tahaka ny nandaozan' ny mpianatra an' i Jesosy, sady mimonomonona hoe : «Sarotra izany teny izany, iza ho mahahaino izany ?» {IFM 414.2}

Mety hahafinaritra ny sofiny ny fiderana sy ny fanasohasoana ; nefa tsy raisiny amim-pifaliana ny fahamarinana; tsy zakany ny mihaino izany. Rehefa nanaraka an' i Jesosy ny vahoaka, ka nofahanana ireo olona marobe, ary re ny antsoantsom-pandresena, dia nasandrany mafy ny feo midera ; fa rehefa asehon' ny Fanahin' Andriamanitra kosa ny fahotana, ka mibaiko ny hialana amin' izany dia ny lamosiny no natodiny ny fahamarinana, ary tsy miara-dia amin' i Jesosy intsony izy. {IFM 414.3}

Rehefa niala hanalavitra an' i Kristy ireo mpianatra nihemotra ireo, dia fanahy hafa no nifehy azy. Tsy hitany intsony izay. endrika mahasarika teo amin' Ilay nahaliana dia nahaliana azy teo aloha. Nizaha ny fahavalony izy, satria nifandrindra tamin' ny sainy sy ny asany izy ireo. Nodisoin' ireo ny teniny, nosandohany ny fanambarany, ary notsininy ny anton-javatra manosika Azy. Mba hanamarinany ny fihetsiny dia nangoniny ny vaovao rehetra azo ahodina hanohitra Azy; koa lehibe indrindra ny vokatr' ireny tatitra diso ireny, hany ka notandindomin-doza ny ain' i Jesosy. {IFM 415.1}

Niparitaka haingana ny vaovao, fa tsy Mesia Jesosy avy any Nazareta araka ny fanambaran' ny tenany mihitsy. Koa araka izany dia nihodina nanohitra Azy ny fizotry ny fihetseham-pon' ny besinimaro tany Galilia, tahaka ny tany Jodia, herintaona talohan' izao. Indrisy ry Isiraely ! Nitsipaka ny Mpamonjy azy izy, satria izay niriny mafy dia mpandresy hanome azy fahefana ara-nofo. Naniry ny hanina mety simba izy, fa tsy ilay maharitra mandritra ny fiainana mandrakizay. {IFM 415.2}

Nalahelo mafy ny fon' i Jesosy, raha nahita ireo efa mpianany niala taminy, Izy izay Fiainana sy Fahazavan' ny olona. Nameno ny fony tamin' ny fahoriana tsy hay lazaina ny fahatsapany mazava fa tsy nankasitrahana ny fangorahany, tsy misy setriny ny fitiavany, tsy noraharahaina ny famindram-pony, notsipahina ny famonjeny. Ny toe-javatra toy izany no nahatonga Azy ho Lehilahy ory sady zatra ny fahoriana. {IFM 415.3}

Tsy nanandrana ny hanakana ireo izay nandao Azy Jesosy, fa nitodika teny amin' ny roa ambin' ny folo lahy Izy ka niteny hoe : «Hianareo koa va mba te-hiala ?» {IFM 415.4}

Namaly ny fanontaniana i Petera ka nanao hoe : «Hankany amin' iza moa izahay ? Hianao no manana ny tenin' ny fiainana mandrakizay», hoy ny nanampiny. «Ary izahay mino ka mahalala fa Hianao no Kristy, Zanak' Andriamanitra velona». {IFM 415.5}

«Ho any amin' iza moa izahay ?» Andevon' ny fombafomba ivelany ny mpampianatr' Isiraely. Nifanditra mandrakariva ny Fariseo sy ny Sadoseo. Ny mandao an' i Jesosy dia mahatonga azy ho latsaka ao anivon' ireo fatra-panaraka ny fombafombam-pivavahana,

sy eo amin' ny olona be hambom-po tsy nitady afa-tsy ny voninahitry ny tenany. Nahita fiadanana sy fifaliana betsaka ny mpianatra hatr' izay nanekeny an' i Kristy ho ambony indrindra tao amin' ny fiainany tany aloha rehetra. Ahoana no ahazoanay miverina any amin' ireo izay nanamavo sy nanenjika Ilay Sakaizan' ny mpanota ? Efa nibanjina ela ny fiavian' ny Mesia izy; tonga Izy izao, ka tsy azony atao ny hiodina tsy ho eo anatrehany ka ho any amin' izay mihaza ny ain' ny Mesia, sy nanenjika azy ireo noho izy ireo tonga mpanaraka Azy. {IFM 415.6}

«Hankany amin' iza moa izahay ?» Tsy ny hiala amin' ny fampianaran' i Kristy avy amin' ny lesona nataony feno fitiavana sy famindrampo, ka ho eo amin' ny haizin' ny tsy finoana, ny haratsiampanàhin' izao tontolo izao. Raha nandao ny Mpamonjy ny olona maro izay nanatri-maso ny asa mahagaga nataony, dia nampiseho ny finoan' ny mpianatra kosa i Petera nanao hoe : — «Hianao no Kristy». Ny fiheverana fotsiny fa tsy ho azony ifikirana intsony io vatofantsiky ny fanahiny io dia mameno tahotra sy fahoriana azy. Ny tsy manana Mpamonjy no ho voatarika hivily ho any amin' ny ranomasina maizina sy misamboaravoara. {IFM 416.1}

Betsaka ny tenin' i Jesosy sy ny fihetsiny no toa mifono zavamiafina ho an' ny saina voafetra, nefa ny teny rehetra sy ny fihetsika rehetra dia manana zava-kendrena voafaritra eo amin' ny asa fanavotana antsika ; samy voakendry hanana ny vokany avy ireny. Raha afaka mahafantatra ny zava-nokendren' i Jesosy isika, dia ho hita fa zava-dehibe, feno ary mifandrindra amin' ny asa nanirahana azy ny zavatra rehetra. {IFM 416.2}

Raha tsy azontsika ankehitriny ny asa sy ny lalàn' Andriamanitra, dia mety ho fantatsika kosa ny fitiavany lehibe izay fototry ny fifandraisany rehetra amin' ny olona. Izay velona eo akaikin' i Jesosy no hahatakatra betsaka ny amin' ny zava-miafin' ny toepanahy araka an' Andriamanitra. Ho fantany ny famindrampo izay mitondra fananarana ka misedra ny toetra amam-panahy, ary mitondra ny fikasan' ny fo ho eo amin' ny mazava. {IFM 416.3}

Tamin' ny fanehoan' i Jesosy ny fahamarinana natao ho fisedrana, izay nampiverin' ilalana ny betsaka tamin' ny mpianany dia fantany tsara izay ho vokatry ny teniny, nefa notohizany ihany ny fikasany hamindra fo aminy. Hitany mialoha fa amin' ny oran' ny fakam-panahiny dia hosedraina mafy ny mpianany malala tsirairay. Ny ady hihatra aman' aina hatrehiny ao Getsemane, ny hamadihana Azy sy ny hanomboana Azy eo amin' ny hazo fijaliana no fizahan-toetra mahamay indrindra ho azy ireo. Raha tsy misy fisedrana nomena mialoha, dia ho betsaka no ho nanaraka Azy noho ny fitiavan-tena fotsiny. Rehefa nohelohina tao amin' ny efitra fitsarana ny Tompony, ka nampahory Azy tamin' ny fanarabiana ny vahoaka marobe izay vao avy niarahaba Azy ho Mpanjakany, rehefa niantsoantso ny vahoaka hanakora Azy hoe: «Homboy!» - rehefa diso fanantenana ny hambom-pony araka izao tontolo izao satria mitady tombon-tsoa ho an' ny tenany izy ireo, dia nitondra alahelo mangidy sy enta-mavesatra teo amin' ny fony ny mpianatra, ho

fanampin' ny fahorian' izy ireo sy ny fahadisoam-panantenany tamin' ny naharavan' ny fanantenany mamy indrindra. Tamin' io ora maizina io no mety hahavoatarika azy ireo hiala amin' ny Tompo, toy ireo efa nihodina niala taminy. Navelan' i Jesosy hihatra anefa io zava-tsarotra io, tamin' ny fotoana izay nahazoan' ny fanatrehan' ny tenany hampahery ny finoan' ireo tena mpanaraka Azy marina. {IFM 416.4}

Mpamonjy be fangorahana indrindra Izy ka nanalefaka tamimpitiavana ny lalana hodiavin' ny mpianany, hampiomanany azy ho amin' ny fitsapana fara-tampony, ka nampahery azy ho amin' ny fisedrana farany, na dia fantany tanteraka aza ny fiafarana mahatsiravina miandry Azy. {IFM 417.1}

## Toko 42—Lovan-tsofina

Nanantena ny hahita an' i Jesosy tamin' ny Paska ny mpanoradalàna sy ny Fariseo ka namela-pandrika ho Azy1. Fantatr' i Jesosy anefa ny fikasany, ka tsy tonga nanatrika io fivoriana io Izy. «Ary niangona teo Aminy ny Fariseo sy ny mpanora-dalàna sasany». Rehefa hitany fa tsy nankany Aminy Izy, dia ireo no nanatona Azy. Nisy fotoana izay toa nahitana fa handray an' i Jesosy ho Mesia ny vahoakan' i Galilia, ka ho tapaka ny herin' ny ambaratongampahefana ao amin' io faritra io. Nampirongatra indray ny fialonan' ireo mpitarika tany Jerosalema ny nanirahana ny roa ambin' ny folo lahy, izay nampiseho ny fitaran' ny asan' i Kristy, sy nitondra ny mpianatra hifanohitra mivantana kokoa tamin' ny raby. Ireo mpitsikilo izay nalefany tany Kapernaomy tamin' ny tapany voalohany teo amin' ny asan' i Jesosy izay niezaka hampitoetra ny fiampangana Azy ho mpandika ny Sabata, dia efa menatra fotsiny. Nitozo hanatanteraka ny fikasany ihany anefa ny raby. Nisy antokon' olona nirahiny indray mba hanara-maso ny fihetsiny, ka hahita izay hiampangana Azy. {IFM 419.1}

Tahaka ny teo aloha dia ny tsy firaharahainy ny fitsipika avy amin' ny lovan-tsofina izay nanavesatra ny lalàn' Andriamanitra no fototry ny fitarainana. Nolazaina fa natao hiaro ny fitandremana ny lalàna ireny, nefa dia noheverina ho masina noho ny lalàna mihitsy aza. Rehefa nifandona tamin' ny lalàna nomena tao Sinay ireo, dia naleo kokoa ny fitsipika nataon' ny raby. {IFM 419.2}

Anisan' ny fitsipika nohamafisina be dia be, ny momba ny fombafomba eo amin' ny fidiovana. Ny fanaovana an-tsirambina ny fomba nasaina narahina alohan' ny hisakafoanana, dia noheverina ho fahotana mahatsiravina izay tokony hofaizina eto amin' ity izao tontolo izao ity sy amin' ny ho avy ; noheverina izany ho toy ny fomba ahazoana mamono ny mpandika azy. {IFM 420.1}

Tsy hita isa ireo fitsipika momba ny fidiovana. Mila tsy ho ampy ny androm-piainan' ny olona iray hianarana azy rehetra. Tamin' ny alalan' ny fisasana sy ny fidiovana tsy misy farany no nandanian' ireo te-hilefitra eo ambany fitakian' ny raby ny androny mba hiadiana amin' ny fahalotoam-pivavahana. Sahirana tamin' ny fanavahana ny zavatra kely tsy misy antony sy tamin' ny fanarahana izay tsy nangatahan' Andriamanitra ny vahoaka, ka voatarika ny sainy hiala amin' ny foto-kevitra lehibe eo amin' ny lalàna. {IFM 420.2}

Tsy nitandrina an' ireny fombafomba fisasana ireny Kristy sy ny mpianany, koa nataon' ny mpitsikilo ho fototry ny fiampangana azy ireo io tsirambina io. Na dia izany aza, tsy namely mivantana an' i Kristy izy, fa nanatona Azy mba haninitsiny ny mpianany. Teo anatrehan' ny vahoaka be no nilazany hoe : «Nahoana ny mpianatra no tsy manaraka ny fampianarana voatolotry ny razana, fa mihinan-kanina amin' ny tanana tsy misasa izy?» {IFM 420.3}

Isaky ny misy fotoana mahatonga ny hafatry ny fahamarinana hampisy fahatsapana eo amin' ny fanahy, dia hetsehin' i Satana ny mpiasany mba hanainga adi-hevitra momba ny zava-madinika. Amin' izay dia miezaka izy hanintona ny saina hiala amin' ny tena fototra. Raha vao misy asa tsara natomboka, dia misy koa mpanindrontsindrona vonona hanetsika adi-hevitra ny amin' ny fombafomba sy ny fanao madinika mba hampialana amin' ny fahamarinana velona. Rehefa hita fa hanao asa amin' ny fomba manokana ho an' ny vahoakany Andriamanitra, dia aoka tsy hotarihina ho amin' ny fifanoherana izy izay tsy hiasa afa-tsy ho amin' ny famonoana ny fanahy. Ny fanontaniana mikasika antsika indrindra dia izao : Moa ve aho mino ny Zanak' Andriamanitra amin' ny finoana mahavonjy ? Moa ve mifandrindra amin' ny lalàn' Andriamanitra ny fiainako ? «Izay mino ny Zanaka manana fiainana mandrakizay ; fa izay tsy mino ny Zanaka dia tsy hahita fiainana». «Ary izao no ahafantarantsika fa mahalala azy isika, dia ny fitandremana ny didiny»2. {IFM 420.4}

Tsy nisy nataon' i Jesosy mba hiarovany tena na hiarovany ny mpianany. Tsy nasiany teny ny fiampangana natao taminy, fa tiany hasongadina kosa ny toe-tsaina nanetsika ireo fatra-panaraka ny fombam-pivavahana nataon' olombelona. Nomeny ohatra izy ireo momba izay fanaony miverimberina, ary vao nataony indrindra talohan' ny nandehanany nitady Azy. «Hay ! tsara ny nahafoizanareo ny didin' Andriamanitra, hoy Izy, mba hitandremanareo ny fampianarana voatolotra anareo !» Fa hoy Mosesy : «Manaja ny rainao sy ny reninao», ary koa : «Izay miteny ratsy ny rainy sy ny reniny, dia hatao maty tokoa». Fa hoy kosa hianareo : Raha misy olona milaza amin' ny rainy na amin' ny reniny hoe : «Efa korbana, izany hoe, fanatitra ho an' Andriamanitra izay rehetra tokony hahazoana soa avy amiko, dia tsy avelanareo hanao na inona na inona ho an' ny rainy sy ny reniny intsony izy». Notsipahiny ny didy fahadimy toy ny tsy mampaninona, fa niseho ho sarotiny be izy tamin' ny fanatanterahana ny lovan-tsofin' ny loholona. Nampianarin' izy ireo ny vahoaka fa adidy masina kokoa ny manokana ny fananany ho an' ny tempoly noho ny mikarakara ireo ray aman-dreny sahirana ; ary na dia lehibe toy inona aza ny fahasahiranana, dia fanevatevana ny zava-rnasina ny mizara amin' ny ray na amin' ny reny ampahany izay natokana toy izany. Ataon' ny zanaka tsy mahavita adidy «korbana» fotsiny ny fananany, ka natokany ho an' Andriamanitra, ary azony tazonina hampiasain' ny tenany mandritra ny andrompiainany, ary rehefa maty izy dia hatokana ho amin' ny fanompoana ny tempoly izany. Amin' izany dia azony hatao, amin' ny fiainana sy ny fahafatesana, ny manala baraka sy ny mahavoa mafy ny ray aman-dreniny, noho ny fanokanan-tena ho an' Andriamanitra ihamboany. {IFM 421.1}

Tsy manamaivana mihitsy ny tsy maintsy hitondrana fanomezana sy fanatitra ho an' Andriamanitra Jesosy na tamin' ny teny na tamin' asa nataony. Kristy no nanome ny baiko ao amin' ny lalàna momba ny ampahafolony sy ny fanatitra. Raha tetỳ an-tany Izy dia nidera ilay vehivavy mahantra izay nanome ny fananany rehetra ho an' ny tahirin' ny

tempoly. Nefa kosa ny toa hafanampon' ny mpisorona sy ny raby ho an' Andriamanitra dia fihamboana hanarona ny faniriany hampitombo ny tenany. Voafitany ny vahoaka. Na dia ny mpianatr' i Kristy aza dia tsy afaka tanteraka tamin' ny zioga izay efa namatorana azy tamin' ny alalan' ny hevitra nolovany nibahana tao an-tsainy, sy tamin' ny alalan' ny fahefan' ny raby. Ankehitriny dia niezaka Jesosy hanafaka amin' ny fanandevozan' ny lovan-tsofina ireo izay rehetra naniry marina ny hanompo an' Andriamanitra, tamin' ny fanambarany ny tena toe-tsain' ny raby. {IFM 421.2}

«Ry mpihatsaravelatsihy, hoy Izy, tamin' ireo mpitsikilo feno hafetsena, marina ny naminanian' Isaia anareo hoe: Ity firenena ity manaja Ahy amin' ny molony, fa ny fony kosa lavitra Ahy. Koa foana ny hivavahan' ireo Amiko, raha mampianatra ny didin' olombelona ho fampianarana izy». Fanomezan-tsiny ny rafitry ny fivavahan' ny Fariseo manontolo ny tenin' i Kristy. Nambarany fa nametraka ny tenany ho ambonin' Andriamanitra ny raby tamin' ny nametrahany ny fitakiana nataony ho ambonin' ny didin' Andriamanitra. {IFM 422.1}

Feno hatezerana ireo solontena avy tany Jerosalema. Tsy afaka niampanga an' i Kristy amin' ny maha-mpandika ny lalana nomena tao Sinay izy, satria niteny Izy ho mpiaro io lalàna io amin' ny lovan-tsofina. Hita fa nanaitra ireo fahasamihafana tamin' ireo fotokevitra lehiben' ny lalàna izay efa nasehony, sy ny didy tsy misy vidiny izay novolavolain' ny olona. {IFM 422.2}

Tamin' ny vahoaka, ary tatỳ aoriana, tamin' ny fomba feno kokoa no nanazavan' i Jesosy tamin' ny mpianany, fa tsy avy any ivelany fa avy ao anaty ny mahatonga ny fahalotoana. Mikasika ny fanahy ny fahadiovana sy ny tsy fahadiovana. Ny asa ratsy, ny teny ratsy, ny eritreritra ratsy, ny fandikana ny lalàn' Andriamanitra, fa tsy ny fanaovana an-tsirambina ny fombafombam-pivavahana ivelambelany nataon' olombelona no mandoto ny olona. {IFM 422.3}

Tsapan' ny mpianatra ny hatezeran' ny mpitsikilo rehefa naharihary ny fampianaran-disony. Hitany ny fijeriny romotra, ary reny ny teny ningonongonona nataony nilaza tsy fahafaliana sy valifaty. Hadinony fa efa imbetsaka Kristy no nanome porofo fa, mamaky ny ao am-po tahaka ny ao amin' ny boky mivelatra Izy, ka nambarany tamin' ny vokatry ny teniny izany. Nanantena izy ireo fa hampitony ireto olom-panjakana romotra Jesosy, ka hoy izy ireo taminy : «Fantatrao va fa tafintohina ny Fariseo, raha nandre izany teny izany ?» {IFM 422.4}

Novaliany hoe : «Ny zavatra rehetra izay tsy nambolen' ny Raiko Izay any an-danitra dia hongotana». Ny fomba amam-panao sy ny lovan-tsofina ambony vidy indrindra tamin' ny raby, dia avy amin' izao tontolo izao, fa tsy avy any an-danitra. Na dia lehibe aza ny fahefany tamin' ny vahoaka, dia tsy zakany ny fisedrana ataon' Andriamanitra. Izay rehetra noforonin' olombelona ka nasolo toerana ny didin' Andriamanitra, dia ho

hita fa tsy mendrika amin' ny andro izay itondran' Andriamanitra ny atao rehetra «ho amin' ny fitsarana mbamin' ny zava-miafina rehetra, na soa na ratsy»3. {IFM 422.5}

Tsy nitsahatra ny fanoloana ny didin' Andriamanitra amin' ny fitsipika nataon' ny olombelona. Na dia eo anivon' ny kristiana aza, dia ahitana zava-miorina sy fomba izay tsy manana fototra tsara kokoa afa-tsy ny lovan-tsofina izay napetrak' ireo Rain' ny Eglizy. Ny zavatra naorina toy izany, izay miankina amin' ny fahefan' olombelona fotsiny, dia naka ny toeran' ireo izay notendren' Andriamanitra. Nifikitra tamin' ny lovan-tsofiny ny olombelona, ary nanaja ny fomba amam-panaony, sady nankamamy ny fankahalany ireo izay mitady hanoro azy ny fahadisoany. Amin' izao andro izao, raha baikoana isika hampifantoka ny saina amin' ny didin' Andriamanitra sy ny finoana an' i Jesosy, dia hitantsika ihany io fandrafiana naseho tamin' ny andron' i Kristy io. Izao no voalaza momba ny vahoaka sisan' Andriamanitra : «Tezitra tamin' ilay vehivavy ny dragona ka lasa nandeha hiady tamin' ny zanany sisa, izay mitandrina ny didin' Andriamanitra sy mitana ny filazana an' i Jesosy»4. {IFM 423.1}

Fa «ny zavatra rehetra izay tsy nambolen' ny Raiko Izay any an-danitra dia hongotana». Ho solon' ny fahefan' ireo izay lazaina fa Rain' ny Eglizy, dia mibaiko antsika Andriamanitra hanaiky ny tenin' ny Ray mandrakizay, ny Tompon' ny lanitra sy ny tany. Ao ihany no misy fahamarinana tsara tsy mifangaro amin' ny hevidiso. Hoy Davida : «Hendry noho ny mpampianatra ahy rehetra aho, satria ny teni-vavolombelonao no fisaintsainako. Hendry noho ny anti-panahy aho, satria ny didinao no notandremako»5. Aoka izay rehetra manaiky ny fahefan' olombelona, ny fomba amampanaon' ny eglizy, na ny lovan-tsofina napetrak' ireo Rain' ny Eglizy, hitandrina ny teny fananarana voarakitra ao amin' ny tenin' i Kristy hoe : «Foana ny ivavahan' ireo Amiko, raha mampianatra ny didin' olombelona ho fampianarana izy». {IFM 423.2}

## Toko 43—Fefy narodana

Rehefa avy nifanehatra tamin' ny Fariseo Jesosy, dia niala tao Kapernaomy Izy ka namakivaky an' i Galilia ary nankany amin' ny havoana teo amin' ny sisin-tanin' i Foinika. Raha nitodika niankandrefana Izy dia afaka nahita ireo tanàna tranainin' i Tyro sy Sidona, mivelatra eo amin' ny lohasaha eo ambany, misy ireo tempolin' ny fanompoan-tsampy, ireo lapa fatratra dia fatratra sy ireo tsena fivarotana, ary ireo seranana feno sambo miantsona. Andafin' izany ny ranomasina manga midadasik' i Mediteranea, izay notetezin' ny mpitondra hafatry ny Filazantsara mba hitondrana ny vaovao mahafaly ho any amin' ny foiben' ny fanjakana lehibe eto amin' izao tontolo izao. Tsy mbola tonga anefa ny fotoana. Ny asa manoloana Azy izao dia ny manomana ny mpianany ho amin' ny asa nanirahana azy. Raha nankeo amin' io faritra io Izy dia nanantena ny hahita fialan-tsasatra izay tsy azony tany Betesda. Tsy izany ihany anefa no nokendreny tamin' ny nanaovany io dia io. {IFM 425.1}

«Indro nisy vehivavy Kananita anankiray nivoaka avy tamin' izany tany izany ka niantso nanao hoe : Mamindrà fo amiko, Tompoko, Zanak' i Davida ò ! ny zanako-vavy ampahorian' ny demonia loatra»1. Taranaky ny Kananita fahiny ny mponina tao amin' io faritany io. Nanompo sampy izy ireo ka nozimbazimbain' ny Jiosy sy nankahalainy. Anisan' io antokon' olona io ilay vehivavy tonga nanatona an' i Jesosy. Jentilisa izy io, koa noho izany dia tsy nahazo ny tombon-tsoa niriariavan' ny Jiosy isan' andro. Betsaka ny Jiosy no nipetraka niaraka tamin' ny Foinikiana, ka tonga tao amin' io faritra io ny vaovao momba ny asan' i Kristy. Nisy olona efa nihaino ny teniny sy efa nanatri-maso ny asa mahagaga nataony. Efa nandre ny amin' ilay mpaminany ity vehivavy ity, izay nanasitrana ny karazan' aretina rehetra, araka ny nambara. Raha nandre ny amin' ny heriny izy, dia nifoha ny fanantenana tao am-pony. Ny fitiavan' ny reny no nanainga azy, ka tapa-kevitra izy hitondra ny manjo ny zanani-vavy eo Aminy. Fikasana hentitra ny azy ny hitondra ny fahoriany eo amin' i Jesosy. Tsy maintsy manasitrana ny zanany Izy. Efa nitady fanampiana tamin' ireo andriamanitra jentilisa izy, nefa tsy nahazo fanasitranana, ary indraindray dia voan' ny fakam-panahy hihevitra hoe : Inona moa no azon' ity mpampianatra Jiosy ity atao ho ahy ? Tonga anefa ny teny manao hoe : manasitrana ny aretina rehetra Izy, na nanankarena na nahantra izay tonga nitady fanampiana teo Aminy. Tapa-kevitra izy tsy hanary ny hany fanantenana ho azy. {IFM 425.2}

Fantatr' i Kristy ny toerana nisy an' ity vehivavy ity. Fantany fa naniry mafy ny hahita Azy izy, ka nankeo amin' ny lalany. Raha namonjy azy tamin' ny fahoriany Izy dia azony atao ny hanome azy lesona amin' ny alalan' ny ohatra velona izay efa nokasainy hampianarina azy rahateo. Noho izany antony izany no nitondrany ny mpianany eo amin' io faritra io. Tiany ho hitan' izy ireo ny tsy fahalalana misy eo amin' ny tanàn-dehibe sy vohitra akaiky ny tanin' Isiraely. Ny vahoaka izay nomena ny fotoana mety ahazoana ny fahamarinana, dia tsy nanana fahalalana ny amin' ny fahorian' ireo

nanodidina azy. Tsy nisy ezaka natao mba hanampiana ny fanahy tao amin' ny haizina. Ilay rindrina fampisarahana izay natsangan' ny avonavon' ny Jiosy, dia nanakana na dia ny mpianatra aza tsy hahatsapa fangorahana an' izao tontolo izao jentilisa. Nefa tsy maintsy harodana ireny fefy ireny. {IFM 426.1}

Tsy namaly avy hatrany ny fangatahan' ilay vehivavy Kristy. Noraisiny tahaka ny ho nataon' ny Jiosy taminy ity solontenan' ny firazanan' olona nozimbazimbainy ity. Nataony izany mba ho tafalatsaka tao am-pon' ny mpianatra ny fomba mangatsiaka sady tsy antra izay nandraisan' ny Jiosy ny toy izany, araka izay nasehon' ny taratra tamin' ny fomba nandraisany an-dravehivavy, sy ny fomba feno fangorahana tiany hifandraisan' izy ireo amin' ny fahoriana toy izao, araka izay nasehony mazava tamin' ny famaliany ny fangatahany nanaraka an' izany. {IFM 426.2}

Nefa na dia tsy namaly aza Jesosy dia tsy nanary ny finoany ravchivavy. Raha nanohy ny diany Izy, toy ny tsy nandre azy, dia mbola narahiny ihany sady notohizany ny fitalahoany. Sorena tamin' ny fanelingelenana nataony ny mpianatra ka nangataka an' i Jesosy handroaka azy. Hitany fa tsy niraika taminy ny Tompony koa noheveriny fa nahafinaritra Azy ny hevitra nibahana tao an-tsain' ny Jiosy momba ny Kananita. Mpamonjy mangoraka anefa no nanaovan' ilay vehivavy ny fiangaviany, ary ho setrin' ny fangatahan' ny mpianatra, dia namaly Jesosy hoe : «Tsy nirahina Aho afa-tsy ho amin' ny ondry very amin' ny taranak' Isiraely». Na dia toa mifanaraka amin' ny hevitra nibahana tao an-tsain' ny Jiosy aza izany valinteny izany, dia nirakitra fanomezan-tsiny ho an' ny mpianatra izay azon' izy ireo tatỳ aoriana, satria nampahatsiaro azy izay efa nolazain' i Jesosy imbetsaka, — fa tonga teto amin' izao tontolo izao Izy hamonjy izay rehetra mety manaiky Azy. {IFM 426.3}

Noantitranterin-dravehivavy ny momba azy ary nitombo ny fiangaviany ; nandohalika teo an-tongotr' i Kristy izy, ka niantsoantso hoe : «Tompoko Ô, vonjeo aho». Toa mbola nandà ny fiangaviany ihany Jesosy, araka ny hevitra tsy nisy indrafo nibahana tao an-tsain' ny Jiosy, ka namaly Izy hoe : «Tsy mety raha maka ny mofon-jaza ka manipy azy ho an' ny amboakely». Fanantitranterana ekena amin' izao izany fa tsy mety ny manobatoba foana ny fitahiana nentina ho an' ny vahoaka manatombo fitia amin' Andriamanitra, ka manome izany ho an' ny olon-kafa sy ny vahiny amin' Isiraely. Mety hahakivy tanteraka ny mpikatsaka fitahiana tsy marisi-po kokoa izany valinteny izany. Hitan-dravehivavy anefa fa tonga ny fotoana mety ho azy. Tao ambadiky ny toa fandavana nataon' i Jesosy, dia nahitany fangorahana tsy hain' i Jesosy nafenina. «Marina izany, Tompoko», hoy ny navaliny, «fa na dia ny amboakely aza mba mihinana izay sombitsombiny latsaka avy amin' ny latabatry ny tompony ihany». Rehefa misakafo eo ambonin' ny latabatry ny rainy ny zanaka ao amin' ny ankohonana, na dia ny amboakely aza tsy avela tsy hahazo ny anjarany. Anjarany ny sombintsombiny milatsaka avy amin' ny latabatra be sakafo. Toy izany koa, betsaka ny fitahiana nomena an'

Isiraely, koa tsy hisy koa ve fitahiana ho azy ? Nihevitra ny tenany ho toy ny amboakely izy, koa moa ve tsy fitakian' ny amboakely no nataony, mangataka sombintsombiny amin' ny halemem-panahiny ? {IFM 427.1}

Vao nandao ny saha niasany Jesosy satria nifofo ny ainy ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo. Nimonomonona sy nitaraina ireo. Naneho tsy finoana sy ngidim-po izy, ary nandà ny famonjena maimaimpoana natolotra toy izao ho azy. Teto Kristy dia nihaona tamin' ny olona iray avy tamin' ny taranaka mahantra sy nozimbazimbaina, izay tsy mahazo tombom-pitia tamin' ny fahazavan' ny tenin' Andriamanitra nefa nilefitra avy hatrany tamin' ny herin' i Kristy miasa mangina izy, ka nanana finoana amin' izao ny amin' ny fahaizany manolotra ny tombon-tsoa angatahiny. Nangataka ny sombintsombiny izay milatsaka avy amin' ny latabatry ny Tompo izy. Raha mba mety manana ny tombon-tsoan' ny amboakely izy, dia vonona horaisina ho toy ny amboakely. Tsy nisy hevitra nibahana tao an-tsainy momba ny fireneny na ny fivavahany na ny zavatra ireharehany hiasa mangina amin' r.y fihetsiny, koa nekeny avy hatrany fa Jesosy no Mpanavotra, ary afaka manao izay rehetra angatahiny Aminy. {IFM 427.2}

Afa-po ny Mpamonjy. Nozahany toetra io finoana io. Tamin' ny fifandraisany taminy, dia nasehony fa izay noheveriny ho lavin' ny fiaraha-monina tsy ho ao Isiraely dia tsy vahiny intsony, fa zanaka ao amin' ny ankohonan' Andriamanitra. Amin' ny maha-zanaka azy dia tombon-tsoany ny mandray anjara amin' ny fanomezan' ny Ray. Manatanteraka ny fangatahany izao Jesosy ary mamita ny lesona ho an' ny mpianatra. Nitodika taminy tamin' ny fijery feno fangorahana sy fitiavana Izy, ka hoy Izy hoe : «Ravehivavy, lehibe ny finoanao ; tongava aminao araka izay irinao». Dia sitrana ny zanani-vavy tamin' izay ora izay. Tsy nampahory azy intsony ny demonia. Lasa ravehivavy, nankasitraka ny Mpamonjy azy, ary sambatra satria notanterahiny ny fivavahany. {IFM 428.1}

Io ihany no fahagagana nataon' i Jesosy tamin' iny diany iny. Hanao an' io asa io no nankanesany teo amin' ny sisin-tanin' i Tyro sy Sidona. Naniry ny hanamaivana ny fahorian-dravehivavy Izy, ary miaraka amin' izany, ny hamela ohatra amin' ny asam-pamindrampo nataony amin' ny olona izay avy ao amin' ny vahoaka natao tsinontsinona, mba hahasoa ny mpianany rehefa tsy ho eo aminy intsony Izy. Niriny ny hitarika azy hiala amin' ny fitokantokanan' ny Jiosy ka ho liana amin' ny asa ho an' ny hafa ankoatry ny vahoaka misy azy. {IFM 428.2}

Nirin' i Jesosy mafy ny hamelatra ireo zava-miafina lalina ao amin' ny fahamarinana izay efa nafenina nandritra ny taona maro, dia ny amin' ny jentilisa ho tonga mpiray lova amin' ny Jiosy sy ho «mpiombona ny teny fikasana ao amin' i Kristy Jesosy noho ny filazantsara»2. Niadam-pandray an' io fahamarinana io ny Jiosy, koa lesona hanampy lesona no nomen' Ilay Andriamanitra Mpampianatra azy. Tamin' ny namaliany soa ilay kapiteny tany Kapernaomy sy ny nitoriany ny filazantsara tamin' ny mponina tao Sykara,

dia efa nanome porofo mazava Izy fa tsy mandray anjara amin' ny tsy fahaizan' ny Jiosy mandefitra. Nanana fahalalana ny amin' Andriamanitra ihany anefa ny Samaritana, ary ilay kapiteny dia nampiseho fahalemem-panahy tamin' Isiraely. Ankehitriny dia nentin' i Jesosy ny mpianatra hifandray amin' ny jentilisa, izay noheverin' izy ireo fa tsy manana intsony mihoatra noho ny olon-kafa ao amin' ny vahoaka misy azy, hanantenany tombom-pitia Aminy. Tiany ny manome ohatra ny amin' ny fomba tokony handraisana ny olona toy izany. Nihevitra ny mpianatra fa malalaka loatra ny fomba fizarany ny fahasoavany. Tiany ny hampiseho fa tsy tokony hofehezin' ny firazanana na ny firenena ny fitiavany. {IFM 428.3}

Rehefa niteny Izy hoe : «Tsy nirahina Aho afa-tsy ho amin' ny ondry very amin' ny taranak' Isiraely», dia nilaza ny marina Izy, ary ny asa nataony ho an' ilay vehivavy Kananita dia nanatanterahiny ny asa nanirahana Azy. Iray amin' ireo ondry very izay tokony hovonjen' Isiraely ity vehivavy ity. Izany no asa notendrena ho azy, ary ny asa izay nataony an-tsirambina no nataon' i Kristy. {IFM 429.1}

Io fihetsika io dia nanokatra ny sain' ny mpianatra tamin' ny fomba feno kokoa ho amin' ny asa nanoloana azy teo amin' ny jentilisa. Nahita saha malalaka hahavitana soa eo ivelan' i Jodia izy. Nahita fanahy nitondra fahoriana izay tsy fanatatr' ireo nahazo tombom-pitia be lavitra izy. Tamin' ireo izay nampianarina nefa natao tsinontsinona, dia nisy fanahy niharitra fahoriana, izay tsy fantatr' ilay vahoaka nanana tombon-tsoa, nefa naniry mafy fanampiana avy amin' Ilay Mpanasitrana mahery, sady noana ny fahazavan' ny fahamarinana izay efa nomena be dia be ny Jiosy. {IFM 429.2}

Io aoriana, rehefa nikiry ihany ny Jiosy niala tamin' ny mpianatra, noho izy ireo nanambara fa Mpamonjy an' izao tontolo izao Jesosy, ary rehefa nirodana ny rindrina nampisaraka ny Jiosy sy ny Jentilisa tamin' ny fahafatesan' i Kristy, io lesona io, sy ny hafa toa azy izay nanondro fa tsy voasakan' ny fomba amam-panao na ny niaviana ara-pirenena ny filazantsara, io lesona io dia niasa mangina tamin' ny fomba mahery indrindra teo amin' ireo solontenan' i Kristy, tamin' ny fitarihana ny asany. {IFM 429.3}

Ny namangian' ny Mpamonjy an' i Foinika sy ny fahagagana nataony tao, dia mbola misy fikasany malalaka kokoa. Tsy ho an' ilay vehivavy trà-pahoriana ihany, na ho an' ny mpianany sy ho an' izay nandray ny asany ihany no nanaovana io asa io, fa «mba hinoany» koa «fa Jesosy no Kristy Zanak' Andriamanitra, ary mba hananananareo fiainana amin' ny anarany, raha mino ianareo»3. Miasa indray ankehitriny ireo nampiasaina hanakana ny olona hanalavitra an' i Kristy valon-jato sy arivo taona lasa izay. Mbola velona ny toe-tsaina izay nanangana rindrina nampisaraka ny jiosy sy ny jentilisa. Ny avonavona sy ny hevitra nibahana dia nanangana rindrina mafy nampisaraka ny antokon' olona samihafa. Diso ny fanehoana an' i Kristy sy ny asa nanirahana Azy, ka marobe ny olona mahatsapa fa voasakana ho azy amin' izao ny asa fitoriana ny filazantsara. Aoka anefa tsy hahatsapa izy fa voasakana tsy ho eo amin' i Kristy koa. Tsy misy fefy azon' ny

olona na Satana hatsangana ka tsy voagorobaky ny finoana. {IFM 430.1}

Niantoraka tamin' ny finoana ilay vehivavy Foinikiana nanohitra ireo sakana izay natsangana hampisaraka ny Jiosy sy ny Jentilisa. Notoheriny ny fahakiviana, tsy noheveriny ny zavatra niseho ivelany mety nitarika azy ho amin' ny fisalasalana, fa natoky ny fitiavan' ny Mpamonjy izy. Toy izany no irin' i Kristy hatokisantsika Azy. Ho an' ny fanahy tsirairay ny fitahian' ny famonjena. Tsy nisy afa-tsy ny safidin' ny tenany no afaka hanakana olona tsy ho tonga mpiombina amin' ny teny fikasana ao amin' i Kristy noho ny filazantsara. {IFM 430.2}

Zavatra ankahalain' Andriamanitra ny fizarazarana ara-pirazanana. Iniany tsy fantatra ny zavatra rehetra manana an' izany endrika izany. Eo imasony, mitovy vidy ny fanahin' ny olona rehetra. «Ary ny firenena rehetra avy amin' ny iray ihany dia namponeniny ambonin' ny tany rehetra, ary efa notendreny ny fotoan' andro sy ny faritry ny fonenany, mba hitady an' Andriamanitra izy, raha tahiny hahatsapa ka hahita Azy, kanefa tsy mba lavitra antsika rehetra Izy» 4. Antsoina ny rehetra hanatona Azy ka ho velona ; tsy misy fanavakavahana noho ny taona, na ny ambaratongam-boninahitra, na ny fiaviana ara-pirenena. «Tsy ho menatra izay rehetra mino Azy, fa tsy misy hafa». «Tsy misy intsony na Jiosy na Grika, na andevo na tsy andevo». «Mihaona ny manan-karena sy ny malahelo; fa Jehovah no Mpanao azy roa tonta». «Fa iray ihany no Tompon' izy rehetra, sady manan-karena homeny izay rehetra miantso Azy Izy» 4 {IFM 430.3}

## Toko 44—Ny tena famantarana

«Ary Jesosy niala indray tamin' ny sisin-tanin' i Tyro, dia namaky an' i Sidona sy ny tanin' i Dekapolisy ka nankany amoron' ny ranomasin' i Galilia»1. {IFM 431.1}

Tao amin' ny faritr' i Dekapolisy no nanasitranana ny demoniaka tany Gadarena. Tao ny vahoaka no nanery an' i Jesosy hiala taminy, rehefa taitra noho ny faharinganan' ny kisoa. Efa nihaino ny mpitondra hafatra navelan' i Jesosy anefa izy ireo, ka nifoha ny faniriana hahita Azy. Raha niverina ho amin' io faritany io Izy, dia nisy vahoaka nitangorona nanodidina Azy, ary nisy marenina sady raiki-dela nentiny tany Aminy. Tsy nositranin' i Jesosy araka ny fombany tamin' ny alalan' ny teny fotsiny ralehilahy. Nentiny nitanila niala teo amin' ny vahoaka izy, dia nangarona ny sofiny tamin' ny rantsan-tanany Izy, ary nanendry ny lelany, niandrandra ny lanitra. ary nisento nieritreritra ny sofina izay tsy hisokatra handre ny fahamarinana, ny lela izay mandà ny hanaiky ny Mpanavotra. Rehefa niteny Izy hoe : «Maladia», dia tafaverina ny fahaizany miteny, ary tsy noheveriny ny baiko natao taminy tsy hilaza na amin' iza na amin' iza, fa nambarany tany ivelany ny tantaran' ny nanasitranana azy. {IFM 431.2}

Niakatra ho any an-tendrombohitra Jesosy, ary teo dia nisy vahoaka betsaka nanatona Azy, nitondra ny marary sy ny mandringa, ka napetrany teo an-tongony. Nositraniny avokoa izy rehetra; koa na dia jentilisa aza ireo olona ireo, dia nankalaza an' Andriamanitry ny Isiraely. Nandritra ny telo andro dia nitohy nitangorona teo amin' ny Mpamonjy izy, natory teny an-kalamanjana tamin' ny alina, ary mandritra ny andro dia nifanizina noho ny fahazotoany hihaino ny tenin' i Kristy, sy hahita ny asany. Rehefa lasa ny telo andro dia lany ny sakafo. Tsy tian' i Jesosy ny hampody azy noana, koa nantsoiny ny mpianany hanome sakafo azy. Nasehon' ny mpianatra indray ny tsy finoany. Efa hitany tany Betesda ny nanaovana ny tahiriny kely ho ampy hamokisana ny vahoaka, niaraka tamin' ny fitahian' i Kristy ; natoky ny hery izay hampitombo izany ho an' ny vahoaka noana izy, kanefa tsy nentiny izay rehetra tao aminy. Ankoatr' izany, ireo izay nofahanany tany Betesda dia Jiosy, fa ireto kosa dia jentilisa sy mpanompo sampy. Mbola natanjaka sy nibahana tao am-pon' ny mpianatra ny hevitry ny Jiosy, ka hoy ny navaliny an' i Jesosy : «Aiza no hahazoana mofo atỳ an-efitra hahavoky ireto olona ireto ?» Nankatò ny teniny anefa izy ka nentiny teo Aminy izay nananany, — dia mofo fito sy hazandrano roa. Voky ny vahoaka ; nisy sombintsombiny sisa tsy lany fito sobika. Efatra arivo lahy, afa-tsy ny zaza amam-behivavy no nahazo sakafo tamin' izany, dia nampodin' i Jesosy ireo ary feno fifaliana sy fankasitrahana ny fony. {IFM 431.3}

Avy eo dia niondrana an-tsambokely Izy mbamin' ny mpianany ka namakivaky ny farihy ho any amin' ny sisin-tanin' i Magadana, tany atsimon' ny tendron' ny lohasahan' i Genesareta. Teo amin' ny sisin-tanin' i Tyro sy Sidona dia velombelona ny fanahiny noho ny fahatokiana nasehon' ilay vehivavy Syro-Foinikiana Azy. Efa nandray azy

tamim-pifaliana ny vahoaka jentilisa tany Dekapolisy. Raha tafaverina tany Galilia kosa Izy, izay nisehoan’ ny heriny tamin’ ny fomba mampitolagaga sy nanaovany ny ankamaroan’ ny asam-pamindrampony ary nanaovana fampianarana be indrindra, dia nifanehatra tamin’ ny tsy finoana feno fanazimbazimbana. {IFM 432.1}

Nisy Fariseo vitsivitsy niaraka tamin’ ny solontenan’ ny Sadoseo manankarena sy miavonavona, dia ny antokon’ ny mpisorona, ny misalasala amin’ ny zavatra rehetra ary ny olona ambony tao amin’ ny firenena. Mpifahavalo nasiaka ireo antokon’ olona ireo. Eo an-daniny ny Sadoseo dia nitady ny tombom-pitian’ ny manampahefana nifehy mba hitazonany ny toerany sy ny fahefany. Ny Fariseo kosa, etsy an-kilany, namelona ny fankahalany ny vahoaka Romana, ka naniry mafy ny ahazoany mitsipaka ny ziogan’ ny nandresy azy. Nefa niray hina izao ny Fariseo sy ny Sadoseo hanohitra an’ i Kristy. Mifampitady ny mitovy. ary na aiza na aiza no misy ny ratsy, dia miray amin’ ny ratsy izy handringanana ny tsara. {IFM 432.2}

Tonga nanatona an’ i Kristy izao ny Fariseo sy ny Sadoseo, nangataka famantarana avy any an-danitra. Tamin’ ny andron’ i Josoa dia nandeha niady tamin’ ny Kananita tany Beti-horona ny Isiraely, ka nijanona ny masoandro noho ny baikon’ ny mpitarika mandra-pahazoana ny fandresena; betsaka koa ny fahagagana toy izany naseho teo amin’ ny tantarany. Famantarana mitovy amin’ izany no nangatahina tamin’ i Jesosy. Tsy ireny famantarana ireny anefa no nilain’ ny Jiosy. Tsy mety hitondra soa ho azy ny porofo ivelany fotsiny. Tsy fanazavana ara-tsaina no nilainy, fa fanavaozana ara-panahy. {IFM 433.1}

«Ry mpihatsaravelatsihy», hoy Jesosy, fantatrareo ny hamantatra ny tarehin’ ny lanitra — ny fandinihanareo ny lanitra no ahazoanareo mahafantatra ny andro, — «fa ny famantarana ny fotoana dia tsy hainareo !» Ny teny nataon’ ny tenan’ i Kristy, nolazaina tamin’ ny herin’ ny Fanahy Masina, no nampiaiky azy ny fahotany. Ireo no famantarana nomen’ Andriamanitra ho amin’ ny famonjena azy. Ary efa nomena ny famantarana mivantana avy any an-danitra mba hanamarinana ny asa nanirahana an’ i Kristy. Ny hiran’ ny anjely tamin’ ny mpiandry ondry, ny kintana nitarika ny magy, ny voromailala sy ny feo avy tany an-danitra tamin’ ny batisany, ireo dia vavolombelona ho Azy. {IFM 433.2}

«Ary nisento mafy am-panahy Jesosy, ka nanao hoe : Nahoana ity taranaka ity no mitady famantarana ?» «Tsy misy famantarana homena azy, afa-tsy ny famantarana ny amin’ i Jona ihany». Tahaka ny nitoeran’ i Jona hateloan’ andro sy hateloan’ alina tao an-kibon’ ny hazandrano lehibe no hitoeran’ i Kristy koa amin’ ny fotoana toy izany «ao anatin’ ny tany». Ary toy ny maha-famantarana ny fitorian’ i Jona ho an’ ny Ninivita, dia toy izany koa no mahafamantarana ny fitorian’ i Kristy amin’ ny taranaka misy Azy. Manao ahoana anefa ny fahasamihafan’ ny fandraisana ny teny ! Nangovitra ny mponina tao amin’ ilay tanàna lehibe jeritilisa raha nandre ny fampitandremana avy amin’

Andriamanitra. Nanetry tena ny mpanjaka sy ny andriana; niara-nitomany tamin' ny Andriamanitry ny lanitra ny ambony sy ny ambany, ka nomena famindrampo izy. «Ny olona tany Ninive hiara-mitsangana amin' ity taranaka ity amin' ny andro fitsarana ka hanameloka azy ; fa nibebaka izy tamin' ny nitorian' i Jona teny, nefa, indro, misy lehibe noho i Jona eto»2. {IFM 433.3}

Ny fahagagana rehetra nataon' i Kristy dia famantarana ny maha-Andriamanitra Azy. Ny asa nambara mialoha fa hataon' ny Mesia indrindra no nataony; ho an' ny Fariseo anefa dia tena fanafintohinana mazava ireny asam-pamindrampo ireny. Tsy niraika sady tsy nangoraka ny mpitarika Jiosy nijery ny fahorian' ny olombelona. Ny fitiavan-tenany sy ny fampahoriana nataony matetika no nahatonga fijaliana izay nositranin' i Kristy. Koa noho izany dia fanomezan-tsiny ho azy ireo ny fahagagana nataony. {IFM 434.1}

Izay nitarika ny Jiosy handà ny asan' ny Mpamonjy, dia ny porofo ambony indrindra ny amin' ny toetra ara-panahiny araka an' Andriamanitra. Mampiharihary ny tena hevitr' ireny famantarana ireny ny fikendreny ny soa ho an' ny olombelona. Ny porofo lehibe indrindra ny maha-avy amin' Andriamanitra Azy dia ny fiainany manambara ny toetra amam-panahin' Andriamanitra. Ny asan' Andriamanitra no nataony ary ny tenin' Andriamanitra no nolazainy. Ny fiainana toy izany no lehibe indrindra amin' ny fahagagana rehetra. {IFM 434.2}

Rehefa aseho amin' ny androntsika ny hafatry ny fahamarinana, dia betsaka no tahaka ny Jiosy, miantsoantso hoe : «Hanehoy famantarana izahay. Manaova fahagagána ho anay». Tsy nanao fahagagana Kristy rehefa nangataka ny Fariseo. Tsy nanao fahagagana Izy tany an' efitra ho valin' ny fisalasalana natsidik' i Satana. Tsy mizara hery ho antsika Izy mba hiderantsika tena na hanomezana fahafaham-po ny fitakian' ny tsy finoana sy ny avonavona. Tsy hoe tsy misy famantarana ny maha-avy amin' Andriamanitra azy tsy akory ny Filazantsara. Tsy fahagagana ve no ahazoantsika manapaka ny fanandevozan' i Satana ? Tsy araka ny fon' olombelona ny fandrafiana an' i Satana; volena amin' ny alalan' ny fahasoavan' Andriamanitra izany. Rehefa misy olona iray nofehezin' ny sitrapo kirina, diso lalana, nefa afaka ka milefitra amin' ny fony manontolo amin' ny fitarihan' ny anjelin' ny lanitra, dia fahagagana no vita; toy izany koa rehefa nisy olona teo ambanin' ny fitaka mahery vaika, no manjary mahazo ny fahamarinana ara-panahy. Isaka ny misy fanahy voaova fo, ka mianatra ny ho tia an' Andriamanitra ary mitandrina ny didiny, dia tanteraka ny teny fikasan' Andriamanitra manao hoe : «Ary homeko fo vaovao hianareo, ary fanahy vaovao no hataoko ao anatinareo»3. {IFM 434.3}

Ny fanavaozana ao amin' ny fon' ny olombelona, ny fiovan' ny toetra amam-panahin' ny olombelona, dia fahagagana izay manambara Mpamonjy velona mandrakizay, miasa mba hamonjy fanahy. Fahagagana lehibe ny fiainana mifanaraka amin' i Kristy. Amin' ny fitoriana ny tenin' Andriamanitra, ny famantarana izay tokony hiseho ankehitriny sy mandrakariva, dia ny fanatrehan' ny Fanahy Masina no hahatonga ny teny ho hery

manavao ho an' izay mihaino. Io no vavolombelona ataon' Andriamanitra eo anatrehan' izao tontolo izao ny amin' ny maha-avy amin' Andriamanitra ny asa nanirahana ny Zanany. {IFM 434.4}

Ireo izay naniry famantarana avy amin' i Jesosy dia efa nanamafy indrindra ny fony tao amin' ny tsy finoany ka tsy hitany teo amin' ny toetra amam-panahiny ny fitoviana amin' Andriamanitra. Tsy tiany ho hita fa fahatanterahan' ny Soratra Masina ny asa nanirahana Azy. Hoy Jesosy tamin' ny Fariseo tao amin' ny fanoharana momba an' ilay lehilahy manan-karena sy Lazarosy : «Raha tsy mihaino an' i Mosesy sy ny mpaminany izy, dia tsy hino izy, na dia misy mitsangana amin' ny maty aza»4. Tsy misy famantarana avy any an-danitra na eto an-tany mety hahasoa azy. {IFM 435.1}

«Nisento mafy am-panahy» Jesosy ary niala tamin' ireo an-tokon' ny mpaninitsiny Izy, ka niverina tao an-tsambokely niaraka tamin' ny mpianany. Nangina sy nalahelo izy ireo nita indray ny farihy. Tsy niverina tany amin' ny toerana vao nilaozany anefa Izy, fa nizotra ny diany nanitsy an' i Betesda, teo akaikin' ny toerana namahanana ny dimy arivo lahy. Rehefa tonga teny am-pita, dia hoy Jesosy : «Mihevera, ka mitandrema hianareo, fandrao azon' ny masirasiran' ny Fariseo sy ny Sadoseo». Efa zatra ny manala ny masirasira tsy ho eo an-tranony amin' ny fotoanan' ny Paska ny Jiosy hatramin' ny andron' i Mosesy, koa nampianarina araka izany izy hihevitra ny masirasira ho tandindon' ny fahotana. Tsy azon' ny mpianatra anefa ny tenin' i Jesosy. Raha niala tampoka tao Magadana izy, dia hadinony ny naka mofo, koa mofo iray ihany no teny aminy. Io toe-javatra io no nolazain' i Kristy araka ny fahazoany azy, ka nananarany azy tsy hividy mofo amin' ny Fariseo sy ny Sadoseo. Matetika no nitarika azy teo amin' ny fandraisana diso ny teniny ny fahabangan' ny finoana sy ny tsy fananany fahitana ara-panahy. Manome tsiny Jesosy ankehitriny noho izy mihevitra fa, Ilay namahana olona an' arivony amin' ny hazandrano vitsy sy ny mofo vary Hordea dia tsy hiteny afa-tsy ny momba ny sakafo ara-nofo fotsiny ihany, amin' izao fampitandremana miezinezina izao. Nisy loza nananontanona dia ny hiasan' ny masirasira amin' ny tsy finoana eo amin' ny mpianatra noho ny hevitra tsara lahatra sy fetsy ataon' ny Fariseo sy ny Sadoseo, ka hahatonga azy hihevitra ny asan' i Kristy amin' ny fomba maivamaivana. {IFM 435.2}

Nirona ny hino ny mpianatra fa hanaiky ny fangatahana famantarana avy any an-danitra ny Tompony. Nino izy fa afaka hanao izany tanteraka Izy, ary hampangina ny fahavalony ny famantarana toy izany. Tsy hitany ny fihatsarambelatsihin' ireo mpaninitsiny ireo. {IFM 436.1}

Volana vitsivitsy tatỳ aoriana, dia namerina indray io fampianarana io Jesosy «raha niangona ny vahoaka betsaka tsy hita isa ka nifanitsaka». «Dia niteny tamin' ny mpianany aloha Izy ka nanao hoe : Mitandrema hianareo, fandrao azon' ny masirasiran' ny Fariseo, dia ny fihatsarambelatsihy»5. {IFM 436.2}

Tsy hita maso ny fiasan' ny masirasira atao amin' ny koba, ka manova ny vongana manontolo ho tahaka azy. Toy izany koa, raha avela hisy ao am-po ny fihatsarambelatsihy, dia mameno ny toetra amam-panahy sy ny fiainana. Ohatra iray manaitra ny amin' ny fihatsarambelatsihin' ny Fariseo, dia efa nomen' i Kristy tsiny tamin' ny niampangany ny fomba fanao «*korbano*», izay manafina ny fanaovana an-tsirambina ny adidin' ny zanaka, ka saronana fihamboana ho fahalalahan-tanana ho an' ny tempoly. Nanatsofoka foto-kevitra mamitaka ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo. Nafeniny ny tena fironan' ny fampianarany, ary nohararaotiny ny fotoana rehetra mba hampidirana ireo amin-kafetsena ao an-tsain' ny mpihaino azy. Raha vantany vao ekena ireo foto-kevitra diso ireo, dia miasa tahaka ny masirasira ao amin' ny koba izany, ka mamonto sy manova ny toetra amam-panahy. Io fampianarana mamitaka io no nahamafy indrindra ho an' ny vahoaka ny mandray ny tenin' i Kristy. {IFM 436.3}

Mbola miasa ihany ankehitriny ireo hery mangina ireo, amin' ny alalan' ireo izay miezaka ny hanazava ny lalàn' Andriamanitra amin' ny fomba izay hampifandrindra izany amin' ny fomba amampanaony Tsy mamely ankarihary ny lalàna io antoko io, nefa lahakevitra novolavolain' ny saina izay manapotika azy hatrany amin' ny fotony no harangarangany. Mila hanala ny heriny rehetra mihitsy ny fomba fanazavany. {IFM 436.4}

Vokatry ny fitadiavana ny tombon-tsoan' ny «izaho» ny fihatsarambelatsihin' ny Fariseo. Zava-kendreny tamin' ny fiainany ny fanomezam-boninahitra ny tenany. Izany no nitarika azy hanadino ny Soratra Masina sy handiso ny fampiasa azy, ka nahajamba azy teo amin' ny zava-kendren' ny asa nanirahana an' i Kristy. Na dia ny mpianatr' i Kristy aza dia notandindomin-doza hankamamy io hevi-dratsy saro-pantarina io. Izay mametraka ny tenany ho anisan' ny mpanaraka an' i Kristy, nefa tsy mahafoy ny zavatra rehetra mba ho tonga mpianany, dia niasan' ny fomba fihevitry ny Fariseo betsaka tamin' ny fomba mangina. Niroanahana matetika izy teo anelanelan' ny finoana sy ny tsy finoana, ka tsy hitany ny haren' ny fahendrena miafina ao amin' i Kristy. Na dia ny mpianatra aza, izay efa nahafoy ny zavatra rehetra ho an' i Kristy raha ny fijery azy etỳ ivelany, na dia ireo aza dia tsy nijanona ny hikatsaka zava-dehibe ho an' ny tenany tao am-pony. Io toe-tsaina io no nahatonga fifandirana ny amin' izay ho lehibe indrindra. Io no nanelanelana azy ireo tamin' i Kristy, ka nahatonga azy ireo ho tsy niray fo firy tamin' ny asa feno fahafoizan-tena nanirahana Azy, ho votsa saina indrindra ka tsy hahazo ny zava-miafin' ny fanavotana. Toy ny masirasira izay hahatonga fahalovana sy fahasimbana raha avela hanatanteraka ny asany, dia toy izany koa ny toe-tsaina mitady ny tombon-tsoan' ny «izaho», raha ankamamiana dia hiasa ka handoto sy hamono ny fanahy. {IFM 437.1}

Eo anivon' ny mpanaraka ny Tompontsika ankehitriny, tahaka ny fahiny, dia manao ahoana ny fiparitak' io fahotana saro-pantarina sy mamitaka io. Impiry ny

fanompoantsika an' i Kristy, ny fifandraisantsika samy isika no voaloton' ny faniriana miafina hanandratra ny «izaho», sy ny faniriantsika mafy hoderain' ny olombelona. Ny fitiavana ny «izaho», ny faniriana fomba mora kokoa noho izay notendren' Andriamanitra no mitarika ho amin' ny fanoloana ny fitsipik' Andriamanitra, ho amin' ny hevitra noforonin' ny olombelona sy ny lovan-tsofina. Nataon' i Kristy ho an' ny mpianany ny teny fampitandremana hoe : «Mihevera, ka mitandrema hianareo, fandrao azon' ny masirasiran' ny Fariseo». {IFM 437.2}

Fahadiovam-po ny fivavahan' i Kristy. Ny firehetam-po ho an' ny voninahitr' Andriamanitra no anton-javatra novolen' ny Fanahy Masina ; ary ny tena asan' ny Fanahy ihany no afaka hamboly io anton-javatra manosika io. Ny herin' Andriamanitra ihany no afaka mandroaka ny fitadiavana ny tombon-tsoan' ny «izaho» sy ny fihatsarambelatsihy. Io fiovana io no mariky ny asany. Rehefa mamono ny fitiavan-tena sy ny fizahozahoana ny finoana, rehefa mitarika antsika ny voninahitr' Andriamanitra fa tsy ny an' ny tenantsika, dia fantatsika fa ara-dalàna ny zavatra rehetra. «Ray Ô, mankalazà ny anaranao» 6, izany no feo hirindran' ny fiainan' i Kristy, ary raha manaraka Azy isika, dia izany koa no feo hirindran' ny fiainantsika. Mibaiko antsika Izy «handeha toy izay nandehanany koa» ; «ary izao no ahafantarantsika fa mahalala Azy isika, dia ny fitandremana ny didiny» 7. {IFM 437.3}

## Toko 45—Ny aloky ny hazo fijaliana

Efa akaiky hifarana ny asan' i Kristy teto an-tany. Nivelatra teo anatrehany, sy nisoritra mazava ireo toe-javatra izay nizoran' ny diany. Na dia talohan' ny nandraisany ny maha-olombelona Azy aza, dia hitany ny halavan' ny lalana tsy maintsy halehany mba hamonjeny izay very1. Ny fanaintainana rehetra izay nandrotika ny fony, ny fitenenandratsy rehetra natonta teo amin' ny lohany, ny fihafiana rehetra izay niantsoana Azy hiaretany dia nivelatra teo anatrehany talohan' ny nanesorany ny satroboninahiny niala teo amin' ny seza fiandrianana nampitafy ny maha-olombelona amin' ny maha-Andriamanitra. Teo imasony avokoa ny lalana avy tamin' ny fihinanam-bilona ka hatrany Kalvary. Fantany ny tebiteby ho tonga Aminy, fantany izany rehetra izany anefa hoy Izy hoe : «Inty Aho tonga — ao amin' ny horonam-boky no nanoratana Ahy — ny hanao ny sitraponao Andriamanitra ò no sitrako, ary ny lalànao no ato anatiko» 2. {IFM 439.1}

Hitany teo anatrehany mandrakariva ny vokatry ny asa nanirahana Azy. Ny fiainany teto an-tany, izay feno asa mafy sy fahafoizan-tena, dia nohamaivanin' ny fijaliana, avy amin' ny fitazanany fa tsy ho very maina ny asany. Amin' ny fanomezany ny fiainany ho fiainan' ny olona, dia haveriny ho mahatoky eo amin' Andriamanitra izao tontolo izao. Na dia tsy maintsy horaisina aza ny batisan' ny rà, na dia mavesatra loatra eo amin' ny fanahiny tsy manan-tsiny aza ny fahotan' izao tontolo izao, na dia nanindry Azy aza ny aloky ny fahoriana tsy hay lazaina noho ny fijaliana izay voatokana ho Azy, dia nifidy ny hiaritra ny hazo fijaliana Izy ka nataony tsinontsinona ny henatra. {IFM 439.2}

Mbola nafenina tamin' ireo mpiara-dia nofidiny teo amin' ny asany ny toe-javatra izay nivelatra teo anatrehany ; efa akaiky anefa ny fotoana izay tsy maintsy hibanjinan' izy ireo ny ady mihatra aman' aina hatrehiny. Tsy maintsy hahita Ilay efa tiany sy nitokisany izy, atolotra eo am-pelatanan' ny fahavalony, any hahantona eo amin' ny hazo fijalian' i Kalvary. Vetivety dia tsy maintsy hilaozany hiatrika an' izao tontolo izao izy ireo, ary tsy hahazo fampaherezana avy amin' ny fanatrehany hita maso. Fantany ny ngidin' ny fankahalana sy ny tsy finoana izay hanenjika azy, ka niriny ny hanomana azy amin' ny fisedrana azy. {IFM 440.1}

Tonga teo amin' ny tanàna anankiray amin' ny faritanin' i Kaisaria-filipo Jesosy sy ny mpianany. Nihoatra ny faritr' i Galilia izy ireo, dia tamin' ny toerana izay nanjakan' ny fanompoan-tsampy. Teo amin' io toerana io dia afaka tamin' ny herin' ny fivavahana Jiosy izay nifehy azy ny mpianatra ka nifandray akaiky kokoa tamin' ny fombam-pivavahana mpanompo sampy. Nanodidina azy dia nahitana endriky ny finoanoam-poana izay nisy tamin' ny faritra rehetra teo amin' izao tontolo izao. Nirin' i Jesosy hitarika azy hahatsapa ny andraikiny amin' ny mpanompo sampy ny fahitana ireo zavatra ireo. Nandritra ny nitoerany teo amin' io faritra io, dia niezaka ny tsy hampianatra ny vahoaka araka izay azony atao mihitsy Izy, mba hahazoany manokan-tena bebe kokoa ho an' ny

mpianany. {IFM 440.2}

Efa nilaza tamin' izy ireo ny momba ny fahoriana izay miandry Azy Izy. Nefa nandeha nitokana aloha Izy ka nivavaka mba ho voaomana ny fony handray ny teniny. Rehefa niverina teo aminy Izy, dia tsy nambarany avy hatrany izay tiany hozaraina taminy. Alohan' ny hanaovany izany, dia nomeny fotoana ahazoany manambara ny finoany Azy Izy mba hahazoana mampahery azy amin' ny fitsapana izay ho avy. Hoy Izy nanontany Azy : «Ataon' ny olona ho iza moa ny Zanak' olona ?» {IFM 440.3}

Tamin' alahelo no tsy maintsy naneken' ny mpianatra fa tsy mahalala ny Mesiany ny Isiraely. Marina anefa fa nisy sasany tamin» izy ireo, raha nahita ny fahagagana nataony no niantso Azy hoe zanak' i Davida. Ary ireny olona novokisany tany Betesda ireny aza dia te-hanosotra Azy ho mpanjakan' Isiraely. Betsaka no vonona ny handray Azy ho mpaminany, nefa tsy nino Azy ho Mesia. {IFM 440.4}

Napetrak' i Kristy izao ny fanontaniana faharoa izay mikasika ny mpianatra mihitsy : «Fa hianareo kosa manao Ahy ho iza ?» Namaly Petera hoe : «Ianao no Kristy, Zanak' Andriamanitra velona». {IFM 441.1}

Hatramin' ny voalohany i Petera no efa nino fa Jesosy no Mesia. Olona maro hafa izay efa resy lahatra tamin' ny fitoriana nataon' i Jaona Mpanao batisa, ka nanaiky an' i Kristy no nanomboka nisalasala ny momba ny asa nanirahana an' i Jaona, rehefa hitany fa natao antranomaizina sy novonoina ho faty izy ; nisalasala koa izy ireo fa Jesosy no Ilay Mesia izay nandrandrainy hatry ny ela. Betsaka tamin' ny mpianatra no naniry mafy an' i Jesosy haka ny toerany eo amin' ny seza fiandrianan' i Davida, ka nandao Azy rehefa hitany fa tsy nanana izany fikasana izany Izy. Petera sy ny namany kosa tsy niala tamin' izay efa nekeny. Tsy namono ny finoan' ny tena mpanaraka ny Mpamonjy ny fihazohazoan' izay nankalaza omaly nefa manameloka androany. Hoy i Petera : «Ianao no Kristy, Zanak' Andriamanitra velona». Tsy niandry ny hajan' ny mpanjaka ho satroboninahitry ny Tompony izy, fa nanaiky Azy tao amin' ny fanetren-tenany. {IFM 441.2}

Nanambara ny finoan' ny roa ambin' ny folo lahy i Petera. Mbola lavitra ny hahazo ny dikan' ny asa nanirahana an' i Kristy anefa ny mpianatra. Ny fanoherana avy amin' ny mpisorona sy ny mpanapaka, sy ny fanehoana diso nataon' izy ireo, dia mbola nahavery hevitra azy betsaka, na tsy afaka nampiodina azy hiala amin' i Kristy aza izany. Tsy hitany mazava ny lalany. Ny hery miasa mangina avy amin' ny fitaizana fahakely, ny fampianaran' ny raby, ny herin' ny lovan-tsofina, ireo rehetra ireo dia nisakana azy tsy hahita ny fahamarinana. Indraindray dia nisy tara-pahazavana sarobidy avy amin' i Jesosy nanazava azy, nefa matetika izy no tahaka ny olona miraparapa ao amin' ny aloka. Tamjn' io andro io anefa, talohan' ny nanatrehany ny fitsapana lehibe ny finoany, dia nitoetra taminkery taminy ny Fanahy Masina. Nandritra ny fotoana fohy dia nihodina

niala tsy ho eo amin' ny «hita» ny masony, ka nibanjina «ny tsy hita» 3. Hitany tao ambanin' ny endriky ny maha-olombelona ny voninahitry ny Zanak' Andriamanitra. {IFM 441.3}

Namaly an' i Petera Jesosy ka nanao hoe : «Sambatra ianao, ry Simona Bar-jona, fa tsy nofo aman-dra no naneho anao izany, fa ny Raiko Izay any an-danitra». {IFM 441.4}

Ny fahamarinana izay neken' i Petera, no fototra iorenan' ny finoan' ny mpino. Izany mihitsy no nambaran' i Kristy, fa ny fahamarinana no fiainana mandrakizay . Ny fananana io fahalalana io anefa dia tsy antony hideran-tena. Tsy tamin' ny alalan' ny fahendrena na ny fahatsaram-panahin' ny tsirairay no nanambarana izany tamin' i Petera. Ny maha olombelona samirery dia tsy. afaka mahatratra mihitsy ny fahalalana momba an' Andriamanitra. «Avo tahaka ny lanitra izany ! ka inona no hainao atao ? Lalina noho ny fiainantsi-hita ! ka inona no fantatrao ?» 4 Ny fanahin' ny zanaka natsangana ihany no afaka manambara amintsika ny zava-dalina momba an' Andriamanitra, izay «tsy mbola hitan' ny maso ary tsy mbola ren' ny sofina, na niditra tao am-pon' ny olona». «Dia isika no nanambaran' Andriamanitra izany tamin' ny Fanahy, fa ny Fanahy mamantatra ny zavatra rehetra, na dia ny saina lalina izay an' Andriamanitra aza» 5. «Ny fisainan' i Jehovah asehony amin' izay matahotra Azy» ; koa ny nahitan' i Petera ny voninahitr' i Kristy no porofo mazava fa efa «nampianarin' Andriamanitra» izy 6. Eny, marina tokoa, «Sambatra ianao ry Simona Bar-jona, fa tsy nofo aman-drà no naneho anao izany». {IFM 442.1}

Notohizan' i Jesosy hoe : «Ary Izaho milaza aminao koa : Ianao no Petera, ary ambonin' ity vatolampy ity no haoriko ny fiangonako ; ary ny vavahadin' ny fiainan-tsi-hita tsy haharesy azy. Ny teny hóe Petera dia midika hoe vatokely, vato mikodiadia. Tsy i Petera no vatolampy nanorenana ny fiangonana. Naharesy azy tokoa ny vavahadin' ny fiainan-tsi-hita rehefa nandà ny Tompony izy tamin' ny fiozonana sy ny fianianana. Teo amin' Ilay tsy resin' ny vavahadin' ny fiainan-tsi-hita no nanorenana ny fiangonana. {IFM 442.2}

Taonjato maro talohan' ny niavian' ny Mpamonjy, dia efa nanondro Ilay Vatolampin' ny Isiraely i Mosesy. Nihira Ilay Vatolampy mafy ny mpanao Salamo. Efa nanoratra Isaia hoe : «Dia izao no lazain' i Jehovah Tompo ; Indro, Izaho no efa nametraka vato ao Ziona, dia vato voazaha toetra, vato tsara izay fehizoro voaorina ho fanorenana mafy» 7. Na dia i Petera aza, rehefa nahazo tsindrimandry, dia nampihatra io faminaniana io tamin' i Jesosy. Hoy izy : «raha tahiny manandrana ianareo fa tsara ny Tompo, izay hatoninareo toy ny vato velona, nolavin' ny olona fa voafidin' Andriamanitra sady soa», ka dia atsangana koa ianareo tahaka ny vato velona ho trano fanahy»8. {IFM 442.3}

Fa tsy misy mahay manao fanorenana hafa, afa-tsy izay natao dia Jesosy Kristy»9. «Amin' ity vatolampy ity, hoy Jesosy, no hanorenako ny fiangonako». Teo anatrehan'

Andriamanitra, sy ny herin' ny lanitra rehetra, teo anatrehan' ny tafiky ny helo tsy hita maso, no nanorenan' i Kristy ny fiangonany teo amin' Ilay Vatolampy velona. Izy no vatolampy, — ny tenany novakiana sy notorotoroina ho antsika. Ny vavahadin' ny fiainan-tsi-hita tsy haharesy ny fiangonana miorina amin' io fanorenana io. {IFM 443.1}

Toa mbola narefo ny fiangonana raha nanambara ireo teny ireo Kristy. Tsy nisy afa-tsy mpino isaina amin' ny rantsan-tanana no nifoteran' ny herin' ny demonia rehetra sy ny herin' ny olona ratsy fanahy rehetra ; tsy tokony hatahotra anefa ny mpanaraka an' i Kristy. Miorina eo amin' Ilay Vatolampin' ny heriny izy ka tsy ho resy. {IFM 443.2}

Nandritra ny enina arivo taona dia niorina teo amin' i Kristy ny finoana. Nandritra ny arivo taona dia namely Ilay Vatolampin' ny famonjena antsika ny ranobe manafotra sy ny rivo-dozan' ny fahatezeran' i Satana ; nefa nijoro tsy azo nohozongozonina izy. {IFM 443.3}

Nanambara ny fahamarinana izay iorenan' ny finoan' ny fiangonana i Petera, ary koa nomen' i Jesosy voninahitra izy izao amin' ny maha-solontenan' ny mpino rehetra azy. {IFM 443.4}

Hoy Izy : omeko anao ny fanalahidin' ny fanjakan' ny lanitra ; ka na inona na inona fehezinao ety ambonin' ny tany dia hofehezinao any an-danitra ; ary na inona na inona vahanao ety ambonin' ny tany dia hovahana any an-danitra». {IFM 443.5}

Ny tenin' i Kristy no «fanalahidin' ny fanjakan' hy lanitra». Teniny ny tenin' ny Soratra Masina rehetra ary voafaoka ao anatin' io fomba fitenenana io. Manan-kery hanokatra sy hanidy ny lanitra ireny teny ireny. Manambara ny fepetra handraisana sy handavana ny olona izany. Amin' izany dia hanitry ny fiainana ho amin' ny fiainana na hanitry ny fahafatesana ho amin' ny fahafatesana ny asan' ireo izay mitory ny tenin' Andriamanitra. Vesaran' ny vokatra maharitra mandrakizay ny asa nampanaovina azy ireo. {IFM 443.6}

Tsy nankinin' ny Mpamonjy tamin' i Petera manokana ny asan' ny Filazantsara. Tatỳ aoriana, raha namerina ny teny izay nolazaina tamin' i Petera Izy dia nampihariny mivantana tamin' ny fiangonana izany. Ny votoatin' izany koa dia nambara tamin' ny roa ambin' ny folo lahy amin' ny maha solontenan' ny mpino azy. Raha efa nanolotra fahefana manokana na toy inona na toy inona tamin' ny anankiray amin' ny mpianany mihoatra noho ny hafa Jesosy, dia tsy hahita azy ireo mifanditra matetika isika momba izay ho lehibe indrindra. Ho nilefitra teo amin' ny sitrapon' ny Tompony izy ka hanaja izay anankiray nofidiny. {IFM 443.7}

Tsy nanendry iray ho lohany Kristy fa hoy Izy tamin' ny mpianany : «Aza mba mety hatao hoe : Raby ô ; ary aza mba mety hatao hoe mpitarika ianareo ; fa iray ihany no Mpitarika anareo, dia Kristy»10. {IFM 444.1}

Kristy no lohan' ny olona rehetra. «Andriamanitra, Izay nametraka ny zavatra rehetra ho eo ambanin' ny tongotry ny Mpamonjy», no «nanao Azy ho Lohany manapaka ny zavatra rehetra ho an' ny fiangonana, izay tenany dia ny fahafenoan' Izay nameno izao zavatra rehetra izao amin' ny rehetra» 11. Mitsangana eo amin' i Kristy amin' ny maha-lohany Azy izy. Tsy tokony hiankina amin' olona izy, na hofehezin' olona. Betsaka no milaza fa ny toerana ambony misy azy ao am-piangonana dia manome azy fahefana handidy ny olona ny amin' izay hinoany sy hataony. Tsy ankasitrahan' Andriamanitra ny fihamboana toy izany. Hoy ny Mpamonjy : «Mpirahalahy avokoa hianareo rehetra». Samy iharan' ny fakampanahy avokoa, ary samy mety ho diso. Tsy afaka hiankina amin' ny olona voafetra isika hitarika antsika. Ny vatolampin' ny finoana no fanatrehana velon' i Kristy ao amin' ny fiangonana. Tokony hiankina amin' izany ny malemy indrindra ary izay mihevitra ny tenany ho matanjaka indrindra dia ho hita fa malemy indrindra, raha tsy manao an' i Kristy ho fahombiazany. «Ho voaozona izay olona matoky olona sy manao ny nofo ho sandriny». Jehovah no «Vatolampy, tanteraka ny asany». «Sambatra izay rehetra mialoka Aminy» 12. {IFM 444.2}

Taorian' ny fanekem-pinoana nataon' i Petera, dia noraran' i Jesosy ny mpianany tsy hilaza amin' olona akory fa Izy no Kristy. Natao io fandrarana io noho ny fanoheran' ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo. Ankoatr' izany, ny vahoaka, ary na dia ny mpianatra aza, dia nanana fiheveran-diso indrindra ny amin' ny Mesia, hany ka ny fanambarana ampahibemaso Azy ho Mesia dia tsy hanome azy ireo ny fihevitra marina ny amin' ny toetra amam-panahiny na ny asany. Fa isan' andro isan' andro no nisehoany taminy ny amin' ny maha-Mpamonjy Azy ary toy izany no niriny hanomezana azy ireo ny tena fiheverana marina momba Azy ny amin' ny mahaMesia Azy. {IFM 444.3}

Mbola nanantena an' i Kristy hanjaka amin' ny maha-Andrian-dahy ara-nofo ny mpianatra. Na dia nafeniny ela taminy aza ny fikasany, dia nino izy ireo fa tsy hijanona ho mahantra sy ao amin' ny haizina mandrakariva Izy ; akaiky ny fotoana izay hananganany ny fanjakany. Na dia tsy ho resy mihitsy aza ny fankahalan' ny mpisorona sy ny raby. ary tsy maintsy hotsipahan' ny fireneny Kristy ka hohelohiny toy ny mpamitaka sy homboina toy ny olon-dratsy eo amin' ny hazo fijaliana, dia mbola tsy niditra tao an-tsain' ireo mpianatra ireo velively izany eritreritra izany. Nanatona anefa ny ora hisehoan' ny herin' ny maizina, ka tsy maintsy hovelarin' i Jesosy amin' ny mpianany ny tolona teo anatrehany. Nalahelo Izy raha nanao antsaina mialoha an' io fisedrana io. {IFM 445.1}

Hatramin' izay dia nialany ny hampahafantatra azy ireo, na inona na inona,. momba ny ho fahoriany sy ny ho fahafatesany. Tamin' ny resaka nataony tamin' i Nikodemosy dia hoy Izy hoe : «Tahaka ny nanandratan' i Mosesy ny menarana tany an-efitra no tsy maintsy hanandratana ny Zanak' olona, mba hanana fiainana mandrakizay izay rehetra mino Azy» 13. Tsy nahare izany anefa ny mpianatra, ary raha reny aza, tsy ho azony.

Ankehitriny anefa efa niaraka tamin' i Jesosy izy, nihaino ny teniny, nahita ny asany, hany ka na dia teo aza ny manodidina azy tsotra dia tsotra, sy ny fanoheran' ny mpisorona sy ny vahoaka, dia azony natao ny niray feo tamin' ny teny vavolombelona nataon' i Petera hoe : «Ianao no Kristy, Zanak' Andriamanitra velona». Tonga izao ny fotoana izay hanalana sarona ny ho avy. «Hatramin' io fotoana io no nanombohan' i Jesosy nampiseho tamin' ny mpianany fa tsy maintsy hankany Jerosalema Izy ka hampijalian' ny loholona sy ny lohan' ny mpisorona ary ny mpanora-dalàna, dia hovonoina any, ary hatsangana amin' ny andro fahatelo. {IFM 445.2}

Nihaino ny mpianatra sady sina noho ny alahelo sy ny hagagana. Efa noraisin' i Kristy ny faneken' i Petera Azy ho Zanak' Andriamanitra ; ary ankehitriny toa tsy azo heverina ny teny manondro ny fahoriany sy ny fahafatesany. Tsy afaka nangina i Petera. Nofikiriny ny Tompony, tahaka ny hosintoniny hiverina tsy ho eo amin' ny loza mananontanona Azy, ka niloa-bava izy hoe : «Sanatria aminao izany, Tompoko ! Tsy ho aminao tokoa izany». {IFM 445.3}

Tia ny Tompo i Petera ; nefa tsy nankasitrahan' i Jesosy ny fanehoany toy izany ny faniriany hiaro Azy amin' ny fijaliana. Tsy ho fanampiana na ho fampiononana ho an' i Jesosy eo amin' ny fitsapana lehibe manoloana Azy ny tenin' i Petera. Tsy nifandrindra tamin' ny fikasan' Andriamanitra momba ny fahasoavana atolony ho an' izao tontolo izao very izany, na nifandrindra tamin' ny leson' ny fahafoizan-tena izay nahatongavan' i Jesosy hampianarina tamin' ny alalan' ny ohatra nomeny. Tsy nirin' i Petera ny hahita hazo fijaliana teo amin' ny asan' i Kristy. Ny vokatry ny teny nataony dia nanohitra mivantana izay tian' i Kristy hatao amin' ny sain' ny mpanaraka Azy, koa voatosika ny Mpamonjy hamoaka ny fanomezantsiny henjana indrindra tsy mbola nivoaka ny vavany : «Mankanesa ato ivohoko, ry Satana, fahatafintohinana amiko hianao, satria tsy misaina izay an' Andriamanitra hianao, fa izay an' ny olona» . {IFM 446.1}

Niezaka ny hanakivy an' i Jesosy i Satana ka hampiodina Azy hiala amin' ny asa nanirahana Azy ; ary teo amin' ny fitiavana jamban' i Petera no nanome feo ny fakam-panahy. Ny andrianan' ny ratsy no nampiditra taminy io eritreritra io. Tao ambadik' io antso nanosika azy tampoka io ny fitaoman' i Satana. Tany an-efitra dia natolotr' i Satana an' i Kristy ny fanapahana an' izao tontolo izao raha miala amin' ny lalan' ny fanetren-tena sy ny fahafoizan-tena Izy. Ankehitriny dia io fakam-panahy io indray no entiny eo amin' ilay mpianatr' i Kristy. Nitady izay hampifantoka ny fijerin' i Petera amin' ny voninahitra ara-nofo izy, mba tsy hibanjinany ny hazo fijaliana izay tian' i Jesosy itodihan' ny masony. Koa tamin' ny alalan' i Petera i Satana no nanesika indray tamin' i Jesosy io fakam-panahy io. Tsy noraharahain' ny Mpamonjy anefa izany. Ilay mpianany no nalehan' ny sainy. Nisalovana nanelanelana an' ny Tompo sy Petera i Satana mba tsy ho voatohin' ny fahitana ny fanetren-tena ataon' i Kristy ho azy ny fony. Tsy ho an' i Petera no nanaovan' i Kristy ny teniny fa ho an' ilay niezaka ny hampisaraka ity

mpianatra amin' ny Mpanavotra Azy. «Mandehana any ivohoko ry Satana». Aza mankeo anelanelan' ny mpanompoko diso lalana sy Izaho intsony. Avelao Aho hifanatrika amin' i Petera, mba hanehoako aminy. ny zava-miafin' ny fitiavako. {IFM 446.2}

Lesona mangidy ho an' i Petera izany, ary lesona tsy hainy raha tsy miadana, dia ny hoe mandalo ady mihatra aman' aina sy fanetren-tena ny lalan' i Kristy eto an-tany. Nitakemotra ilay mpianatra tsy hiaraka amin' ny Tompony ao amin' ny fahoriana. Tao amin' ny lafaoro mirehitra afo midedadeda anefa no tsy maintsy nianarany ny fitahiana avy amin' io. Ela tatỳ aoriana, rehefa niondrika noho ny vesatry ny taona sy ny asa mafy ny tenany navitrika, dia nanoratra izy hoe : «Ry malala, aza gaga noho ny fizahan-toetra mahamay izay mahazo anareo ho fitsapan-toetra, ary aza atao ho zavatra mahagaga manjo anareo izany ; fa araka ny iombonanareo fijaliana amin' i Kristy dia mifalia, mba hiravoravoanareo indrindra amin' ny fisehoan' ny voninahiny koa» 14. {IFM 446.3}

Nohazavain' i Jesosy tamin' ny mpianany izao fa ohatra ny amin' izay tokony ho fiainany, ny fiainany izay nanafoanany ny tenany. Nantsoiny nanodidina Azy niaraka tamin' ny mpianany ny olona izay nijanona teo akaikiny teo, ka hoy Izy : «Raha misy olona ta-hanaraka Ahy, aoka izy handà ny tenany sy hitondra ny hazo fijaliany, ka hanaraka Ahy». Nampifandraisina tamin' ny fahefan' i Roma ny hazo fijaliana. Fitaovana fampijaliana feno habibiana indrindra izany sy endriky ny fahafatesana mahamenatra indrindra. Ny mpanao heloka be vava indrindra no nasandratra hitondra hazo fijaliana ho eo amin' ny toerana hamonoana azy ; ary matetika, rehefa hapetraka eo amin' ny sorony izany, dia manohitra amin' ny herisetra faran' izay tratrany izy, mandra-paharesy azy, ka voafatotra amin' ilay fitaovana fampijaliana. Nibaiko ny mpianany anefa Jesosy handray ny hazo fijaliana ka hitondra izany manaraka Azy. Ho an' ny mpianatra ireo teny ireo. Na dia nanjavozavo aza ny fahazoany azy, dia nanondro ny fileferany amin' ny fanetren-tena mangidy indrindra, — dia fileferana ho an' i Kristy na dia hatramin' ny fahafatesana aza. Tsy misy fampileferana ny «izaho» feno kokoa azon' ny tenin' ny Mpamonjy naseho an-tsary eto. Nekeny ho azy ireo anefa izany rehetra izany. Tsy noheverin' i Jesosy ho toerana maha-te-hitoetra ny lanitra raha mbola very isika. Nilaozany ny lapan' ny lanitra ka natakalony fiainana feno fanomezan-tsiny sy fitenenan-dratsy Azy, ary fahafatesana mahamenatra. Ilay nanan-karena, nanana ny haren-tsy hita lanin' ny lanitra, dia nanjary mahantra mba hampanan-karena antsika ny fahantrany. Tokony handeha eo amin' ny lalana izay nodiaviny isika. {IFM 447.1}

Ny fitiavana ny fanahy izay nahafatesan' i Kristy dia midika ho fanomboana ny «izaho» amin' ny hazo fijaliana. Izay zanak' Andriamanitra dia tokony hihevitra ny tenany, ho masomby eo amin' ny rojo nampidinina hamonjy an' izao tontolo izao, ho iray amin' i Kristy eo amin' ny drafitry ny famindrampo nataony, ka handeha miaraka Aminy hitady sy hamonjy ny very. Tokony hahatsapa mandrakariva ny kristiana fa nanokan-tena ho an' Andriamanitra izy, tokony haneho an' i Kristy amin' izao tontolo izao eo amin' ny

toetra amam-panahiny. Ny fahafoizan-tena, ny firaisam-po, ny fitiavana naseho teo amin' ny fiainan' i Kristy, dia tokony hiseho indray eo amin' ny fiainan' ny mpiasa ho an' Andriamanitra. {IFM 447.2}

«Fa na iza na iza no ta-hamonjy ny ainy, dia hahavery azy ; ary na iza na iza no hahavery ny ainy noho ny Amiko, dia hahazo izany». Fahafatesana ny fitiavan-tena. Tsy misy taova ao amin' ny tena afaka ho velona, raha mametra ny asany ho azy samirery. Raha tsy mandefa ny rà mitondra aina ho amin' ny tanana sy ny loha ny fo, dia ho very vetivety ny heriny. Tahaka ny rantsika mitondra aina, ny fitiavan' i Kristy izay miparitaka manerana ny tenany mifono zava-miafina dia ny fiangonana. Mpikambana ao amintsika samy isika isika koa ho faty ny fanahy izay mandà ny hizara amin' ny hafa. Ary «inona moa no soa azon' olona, hoy Jesosy, raha mahazo izao tontolo izao, kanefa very ny fanahiny ?» {IFM 448.1}

Any ankoatry ny fahantrana sy ny fanetren-tenany ankehitriny dia nanondro ny fiaviany amim-boninahitra tamin' ny mpianany Izy, tsy eo amin' ny famirapiratan' ny seza fiandrianana ara-nofo, fa amin' ny voninahitr' Andriamanitra sy ny tafiky ny lanitra. Koa hoy Izy hoe : «hamaly ny olona rehetra araka ny nataony Izy». Mba hampaherezana azy dia nanome teny fikasana Izy hoe : «Lazaiko aminareo marina tokoa : Misy ny sasany eto izay tsy mba hanandrana fahafatesana mandra-pahitany ny Zanak' olona avy amin' ny fanja-kany». Tsy azon' ny mpianatra anefa ny teniny. Toa lavitra dia lavitra ny voninahitra. Nifantoka tamin' ny zavatra akaiky kokoa ny masony, dia ny fiainana ara-nofo ao anatin' ny fahantrana, ny fanetren-tena sy ny fijaliana. Tsy maintsy hafoiny ve ilay fanantenany mamirapiratra momba ny fanjakan' ny Mesia ? Tsy hahita ny Tompony hasandratra eo amin' ny seza fiandrianan' i Davida ve izy ? Mety hisy ve izany fiainan' i Kristy toy ny an' ny mpirenireny mahantra, tsy manana trano, ka hamavoina, holavina, ary hovonoina ho faty ? Nanindry ny fon' izy ireo ny alahelony ilay Tompo malalany. Nandreraka ny sainy koa ny fisalasalana, satria toa tsy takatry ny saina izany Zanak' Andriamanitra iharan' ny habibiana sy ny fahafaham-baraka. Nanontany ny antony handehanany ho any Jerosalema izy hisetra ireo toe-javatra izay efa nambarany fa hihatra Aminy ao. Ahoana no hanekeny anjara toy izany, ka hamelany azy ao amin' ny haizina mikitroka noho ny haizina izay efa nisy azy talohan' ny nahalalany Azy ? {IFM 448.2}

Tao amin' ny faritr' i Kaisaria-filipo, dia tsy ho tratran' ny fahefan' i Heroda sy Kaiafa Kristy, hoy ny fiheveran' ny mpianatra. Tsy nisy na inona na inona natahorany tamin' ny fankahalan' ny Jiosy na taminny fahefan' ny Romana. Nahoana no tsy niasa tao, izay toerana lavitry ny Fariseo ? Nahoana no hanolo-tena ny ho faty Izy ? Raha ho faty Izy, ahoana no hahamafy orina izany fanjakany izany ka tsy haharesy azy ny vavahadin' ny fiainan-tsi-hita ? Ho an' ny mpianatra dia tena zava-miafina izany. {IFM 449.1}

Ankehitriny aza dia nandeha nanaraka ny morontsirak' i Galilia izy ireo ho any amin'

ilay tanàna izay hanapotika ny fanantenany rehetra. Tsy sahy namaly an' i Kristy izy, fa nifampiresaka moramora, tamin' ny feo feno alahelo, mikasika izay ho endriky ny ho avy. Na dia tao anatin' izany fanaintainana izay nipetraka izany aza, dia namikirany ihany ny fiheverany fa hisy toe-javatra tsy ampoizina izay mety hanodina ny fiafarana mahatsiravina izay toa miandry ny Tompony. Nalahelo sy nisalasala toy izany izy, ary nanantena sy natahotra, nandritra ny andro enina lavabe sy nanjombona. {IFM 449.2}

## Toko 46—Niova tarehy Izy

Efa nitehika ho hariva ny andro raha niantso ny telo tamin' ny mpianany hanatona Azy Jesosy dia : Petera sy Jakoba ary Jaona, ka nitarika azy ireo nitety ny saha, ary nandeha lavitra, niakatra tamin' ny lalan-tsarotra manaraka tehezan-tendrombohitra mangingina. Lanin' ny Mpamonjy sy ny mpianany tamin' ny dia an-tongotra sy ny fampianarana iny andro iny, ka nanampy trotraka ny havizanany ny nananika tendrombohitra. Nanala ny enta-mavesatra tamin' ny saina sy ny tenan' ny olona maro nijaly Jesosy ; nalefany tao amin' ireo vatana nihaosa ny aina mampientanentana ; nitafy ny maha-olombelona Izy ka dia niara-sasatra tamin' ny mpianany. {IFM 451.1}

Mbola nitaredretra teny an-tendrombohitra ny fahazavan' ny masoandro milentika ary nanazava tamin' ny tarany mihatolaka ny lalana nodiaviny. Vetivety anefa dia maty ny fahazavana teo amin' ny havoana sy teo amin' ny lohasaha, lasa tany ambadiky ny faravodilanitra andrefana ny masoandro, ka voasaron' ny haizin' ny alina ireto mpiara-dia manirery. Toa nifandrindra tamin' ny fiainany novesaran' alahelo, izay nohodidinin' ny rahona mitambatra sy miha-matevina ny haizina misomambisamby nandrakotra azy. {IFM 451.2}

Tsy sahy nanontany an' i Kristy ny mpianatra ny amin' izay alehany, na ny anton' izany. Matetika Izy no -nandany alina manontolo mba hivavaka. Ny tanany no nanao ny tendrombohitra sy ny lohasaha, ka tamàna teo amin' ny zavaboary Izy ary nahita fifaliana teo amin' ny fahatoniana tsapany. Nanaraka teo amin' izay lalana notarihan' i Kristy ny mpianatra ; gaga anefa izy ireo ny amin' ny antony nitondran' ny Tompony azy hanao ity fananihana mandreraka ity sady efa vizana, ary Izy koa mba mila flalan-tsasatra. {IFM 451.3}

Ankehitriny dia miteny aminy Kristy mba tsy handeha lavidavitra kokoa intsony. Nandeha kely nihataka taminy Ilay Lehilahy ory ka nampitosaka ny fitalahoany tamin' ny fitarainana mafy sy ny ranomasobe. Nangataka hery haharetany amin' ity fisedrana zakainy ho an' ny olombelona ity izy. Ny tenany dia tsy maintsy mamikitra amin' Ilay manana ny hery rehetra ; amin' izany fomba izany ihany mantsy no ahazoany mibanjina ny ho avy. Natosany koa ny faniriana tao am-pony ho an' ny mpianany, mba tsy ho diso ny finoany ao amin' ny ora hanjakan' ny haizina. Mavesatra ny ando milatsaka amin' ny tenany, miankohoka Izy nefa tsy noraharahainy izany. Nitangorona matevina manodidina Azy ny aloky ny alina, nefa tsy noheveriny ny haiziny misomambisamby. Nifandimby moramora toy izany ny ora. Tamin' ny voalohany dia nampiraisin' ny mpianatra tamin' ny Azy ny fivavahany sy ny fangatahana nataony tamin' ny fony tokoa ; rehefa afaka kelikely anefa dia resin' ny havizanana izy ireo, ary na dia niezaka ny hitana ny sainy hifantoka amin' ny toe-javatra aza izy, dia resin-tory. Nambaran' i Jesosy taminy ny fijaliany ; nitondra azy niaraka taminy Izy mba hiraisany Aminy eo amin' ny fivavahana ;

amin' izao fotoana izao indrindra dia mivavaka ho azy ireo Jesosy. Hitan' ny Mpamonjy ny alahelon' ny mpianany ary niriny mafy ny hanamaivana ny fahoriany amin' ny fanomezan-toky azy fa tsy ho very maina tsy akory ny finoany. Tsy ny rehetra, na dia ny roa ambin' ny folo lahy aza, no afaka handray ny fanambarana tiany homena. Ny telo lahy hanatri-maso ny ady mihatra aman' aina hatrehiny ao Getsemane ihany no nofidiny niaraka taminy ho ao an-tendrombohitra. Izao no antombavaka nitambesatra taminy dia ny ahazoana manome azy ireo fanehoana ny voninahitra izay efa niarahany nanana tamin' ny Ray talohan' ny nisian' izao tontolo izao, mba hahazoana maneho ny fanjakany amin' ny mason' olombelona, ka mba hahazoan' ny mpianatra fampaherezana ny fibanjinana izany. Nitalahoany ny ahazoany manatri-maso ny fanehoana ny maha-Andriamanitra Azy izay hampahery Azy ireo amin' ny oran' ny adiny mafy indrindra mihatra aman' aina amin' ny fahalalana fa azo antoka ny maha-Zanak' Andriamanitra Azy ary ampahan' ny drafitry ny fanavotana ny fahafatesany mahamenatra. {IFM 452.1}

Re ny fivavahany. Raha mbola niondrika tamim-panetren-tena teo amin' ny tany be vato Izy, dia nisokatra tampoka ny lanitra. novohana midanadana ny vavahady volamenan' ny tanànan' Andriamanitra, ka tara-pahazavana masina no nidina teo amin' ny tendrombohitra ary nanodidina ny tenan' ny Mpamonjy. Namirapiratra teo amin' ny maha-olombelona ny maha-Andriamanitra avy ao anatiny ka nihaona tamin' ny voninahitra avy any ambony. Nitraka ary tsy nihohoka intsony i Kristy ka nijoro tao amin' ny fiandrianana tahaka an' Andriamanitra. Lasa ny ady mihatra aman' aina teo amin' ny fanahiny. Mamirapiratra «tahaka ny masoandro» ny endriny, ary «fotsy tahaka ny mazava» ny fitafiany 1. {IFM 452.2}

Nifoha ny mpianatra ka nibanjina ny voninahitra nitosaka izay nanazava ny tendrombohitra. Natahotra sady gaga izy nijery ny tenan' ny Tompony namirapiratra. Rehefa nanjary afaka nahazaka ilay fahazavana mahagaga izy ireo, dia hitany fa tsy irery Jesosy. Teo akaikiny dia nisy olona roa avy any an-danitra, nanakaiky sy niresaka taminy. Mosesy izany, izay efa niresaka tamin' Andriamanitra teo amin' ny tendrombohitra Sinay, sy Elia, ilay nomena tombon-tsoa ambony dia ambony — tombon-tsoa tsy natolotra afa-tsy ho an' ny anankiray hafa amin' ny zanak' i Adama, — dia ny tsy ho ambanin' ny herin' ny fahafatesana mihitsy. {IFM 453.1}

Diman-jato sy arivo taona talohan' izao teo amin' ny tendrombohitra Pisga Mosesy no nijoro nitazana ny tailin' ny teny fikasana. Noho ny fahotany tao Meriba anefa, dia tsy nomena azy ny niditra tao. Tsy nomena azy ny fifaliana nitarika ny tafik' Isiraely ho ao amin' ny lovan' ny razany. Ny fiangaviany niredareda nanao hoe : «Aoka mba handeha hita aho ka hahita ny tany soa izay any andafin' i Jordana dia ilay be tendrombohitra tsara sy Libanona»2, dia notsipahina. Ny fanantenana izay nanazava ny haizina teo amin' ireo mpirenireny tany an-efitra nandritra ny efapolo taona, dia tsy maintsy nolavina. Fasana tany an-efitra no niafaran' ny dia nandritra ireo taona maro niasana mafy sy nizakany

ahiahy teo amin' ny fony. Ilay «mahay manao mihoatra noho ny zavatra rehetra anefa, eny mihoatra lavitra noho izay rehetra angatahintsika na heverintsika»3, dia namaly ny fivavahan' ny mpanompony amin' izany lafiny izany. Nandalo tao ambanin' ny fanapahan' ny fahafatesana i Mosesy, nefa tsy natao hijanona ao amin' ny fasana izy. Kristy mihitsy no niantso azy ho velona. Nitaky ny fatin' i Mosesy i Satana ilay mpaka fanahy noho ny fahotany ; nefa namoaka azy avy ao am-pasana Kristy Ilay Mpamonjy4. {IFM 453.2}

Vavolombelon' ny fandresen' i Kristy ny fahotana sy ny fahafatesana, i Mosesy teo amin' ny tendrombohitra fiovan-tarehy. Nampiseho ireo izay hivoaka avy ao am-pasana amin' ny fitsanganan' ny marina izy. Elia kosa, izay nakarina tany an-danitra tsy nahita fahafatesana, dia nampiseho ireo izay ho velona eto an-tany amin' ny fiavian' i Kristy fanindroany, ka «hovana», «vetivety toy ny indray mipi-maso, rehefa maneno ny trompetra farany» ; rehefa «tsy maintsy hitafy ny tsi-fahafatesana ity mety maty ity» ary «hitafy ny tsi-fahalovana ity mety lo ity»5. Notafiana tamin' ny fahazavan' ny lanitra Jesosy, tahaka ny hisehoany rehefa «hiseho fanindroany, tsy amin' ota amin' izay miandry Azy ho famonjena Izy. Fa ho avy Izy «amin' ny voninahitry ny Rainy mbamin' ny anjeliny masina» 6. Tanteraka izao ny teny fikasana nataon' ny Mpamonjy tamin' ny mpianatra. Naseho kely dia kely kanefa araka ny tena izy teo an-tendrombohitra ny fanjakan' ny voninahitra ho avy, — dia Kristy Mpanjaka, Mosesy, solontenan' ny olo-masina nitsangana tamin' ny maty, ary Elia solontenan' ireo hiakatra velona. {IFM 453.3}

Tsy azon' ny mpianatra anefa ny hevitry ny toe-javatra naseho, fa nahafaly azy ny nahita fa nohajain' ireo nankasitrahan' ny lanitra Ilay Mpampianatra be faharetana, Ilay malemy fanahy sady tsy miavona am-po, izay nivezivezy tetsy sy teroa toa vahiny tsy misy mpanampy. Nino izy fa tonga hanambara ny fanjakan' ny Mesia i Elia, ary efa akaiky ny hananganana ny fanjakan' i Kristy eto antany. Havalony mandrakizay ny fahatsiarovany ny tahony sy ny fahadisoam-panantenany. Eo amin' io toerana io, izay nanehoana ny voninahitr' Andriamanitra, no niriny hijanonana. Niloa-bava i Petera nanao hoe : «Tompoko, tsara raha mitoetra eto isika ; koa raha sitrakao, aoka aho hanao lay telo eto : ny anankiray ho Anao, ny anankiray ho an' i Mosesy, ary ny anankiray ho an' i Elia». Natoky ny mpianatra fa nalefa i Mosesy sy Elia mba hiaro ny Tompony, sy hanangana ny fahefany amin' ny maha-Mpanjaka Azy. {IFM 454.1}

Nefa mialoha ny satroboninahitra dia tsy maintsy misy ny hazo fijaliana. Tsy ny fitokanana an' i Kristy ho Mpanjaka, fa ny fahafatesany tanterahina any Jerosalema no anton-dresaka nifanaovana tamin' i Jesosy. Nitondra ny fahalemen' ny maha-olombelona Jesosy, ary novesaran' ny alahelony sy ny fahotany, raha nandeha samirery teo anivon' ny olombelona. Raha nanindry Azy ny haizin' ny fitsapana mananontanona Azy, dia irery am-panahy Izy, tao amin' izao tontolo izao izay tsy nahalala Azy. Na dia ny mpianany

malala aza, izay variana tao amin' ny fisalasalana sy ny alahelo, ny hambompony sy ny fanantenany, dia tsy nahazo ny zava-miafina raketin' ny asa nanirahana Azy. Nitoetra teo anivon' ny fitiavana sy ny firaisankinan' ny lanitra Izy ; nefa teo amin' izao tontolo izao izay nohariany, dia irery Izy. Nandefa ny irany ho eo amin' i Jesosy ankehitriny ny lanitra ; tsy anjely, fa olona izay efa niaritra fahoriana sy alahelo, ka afaka miray fo amin' ny Mpamonjy eo amin' ny fitsapan' ny fiainana eto an-tany. Efa mpiara-miasa tamin' i Kristy i Mosesy sy Elia. Efa nandray anjara tamin' ny faniriany mafy hamonjy ny olona izy ireo. Efa nitalaho ho an' Isiraely i Mosesy nanao hoe : «Ary ankehitriny, enga anie ka hamela ny fahotany Ianao ! fa raha tsy izany, mifona aminao aho, vonoy eo amin' ny bokinao izay nosoratanao ny anarako»7. Nahalala izany irery am-panahy i Elia, nandritra ny telo taona sy tapany nisian' ny mosary raha nizaka enta-mavesatra noho ny fankahalan' ny firenena sy ny fahoriana nianjady taminy izy. Nijoro irery ho an' Andriamanitra izy teo an-tendrombohitr' i Karmela. Izy irery no nandositra tany an-efitra noho ny tebiteby sy ny famoizam-po. Ireo olona ireo, izay naleo noho ireo anjely manodidina ny seza fiandrianana, dia tonga niray fo tamin' i Jesosy momba ireo toe-javatra hisehoan' ny fahoriany, ka hampahery Azy amin' ny fanomezan-toky fa mankasitraka Azy ny lanitra, Ny fanantenan' izao tontolo izao, ny famonjena ny olombelona rehetra, no votoatin' ny resaka nifanaovany. {IFM 454.2}

Na dia resin' ny torimaso aza ny mpianatra, dia nisy kely ren' izy ireo ihany momba izay nitranga teo amin' i Kristy sy ireo iraka avy tany an-danitra. Tsy niambina sy nivavaka izy, ka tsy nandray izay irin' Andriamanitra nomena azy, — dia fahalalana ny amin' ny fijalian' i Kristy, sy ny voninahitra izay hanaraka izany. Veriny ny fitahiana tokony ho azy tamin' ny fandraisany anjara tamin' ny fahafoizan-tenany. Niadana ny fon' ireo mpianatra ireo hino, ka kely ny fahatsapany ny haren-tsarobidy izay niezahan' ny Lanitra hampanankarena azy. {IFM 455.1}

Nandray fahazavana lehibe izy anefa. Azony antoka fa mahafantatra ny fahotan' ny firenena Jiosy noho izy mandà an' i Kristy ny lanitra manontolo. Nomena fahitana mazava kokoa ny amin' ny asan' ny Mpanavotra izy. Ny masony no nahita ary ny sofiny no nandre zavatra izay mihoatra ny mety ho azon' ny olombelona. «Efa nahita ny fiandrianany ny masony» 8, ary tsapany mazava fa Jesosy tokoa no Ilay Mesia, izay nanaovan' ny patriarka sy ny mpaminany vavolombelona, ary izao rehetra izao any an-danitra manontolo dia manaiky Azy ho toy izany. {IFM 455.2}

Raha mbola nijery ny toe-javatra teo an-teno mbohitra izy, dia «nisy rahona mazava nanarona azy ireo, ary injao nisy feo avy tao amin' ny rahona nanao hoe : «Ity no Zanako malalako Izay sitrako ; Izy no henoy». Raha nibanjina ilay rahona be voninahitra izy, namirapiratra noho izay nandeha teo anoloan' ireo fokon' Isiraely tany an-efitra, raha nandre ny feon' Andriamanitra niteny tamin' ny fiandrianana mahatahotra izay nampangovitra ny tendrombohitra, dia lavo niankohoka tamin' ny tany ny mpianatra.

Nijanona nihohoka teo izy, ny tavany nafeniny, mandra-panaton' i Kristy ka nikasika azy, ary nampisava ny tahony tamin' ilay feo fantany tsara nanao hoe : «Mitsangana, fa aza matahotra». Nandramany nasandratra ny masony, ka hitany fa efa lasa ilay voninahitry ny lanitra. ary efa tsy teo intsony ny tenan' i Mosesy sy Elia. {IFM 456.1}

## Toko 47—Asa fanompoana

Lany tany an-tendrombohitra ny alina manontolo ; ary rehefa niposaka ny masoandro, dia nidina ho any amin' ny lohasaha Jesosy sy ny mpianany 1. Naharevo ny mpianatra ny eritreriny ka natahotra sady nangina izy. Na dia i Petera aza tsy nanan-kolazaina. Ho faly izy raha nijanonjanona teo amin' io toerana masina io izay voakasiky ny fahazavan' ny lanitra sy nanehoan' ny Zanak' Andriamanitra ny voninahiny ; nefa nisy asa tokony hatao ho an' ny vahoaka izay efa nitady an' i Jesosy hatraiza hatraiza. {IFM 457.1}

Teo am-pototry ny tendrombohitra dia nisy vahoaka be nitangorona, notarihin' ny mpianatra izay nijanona tany aoriana tany, nefa nahalala izay nalehan' i Jesosy. Raha nanatona ny Mpamonjy, dia nasainy nangina izy telo lahy niaraka taminy momba izay efa natrehany maso, ka hoy Izy hoe : «Aza milaza amin' ny olona ny fahitana, mandra-pitsangan' ny Zanak' olona amin' ny maty». Nasaina nosaintsainin' ny mpianatra tao am-pony ihany ny fanambarana nomena azy ireo, fa tsy holazaina any ivelany. Ny fitantarana izany amin' ny vahoaka dia hahatonga fanarabiana na fahagagana foana. Ary na dia ny apostoly sivy lahy aza dia tsy hahazo ny toejavatra raha tsy efa mitsangana amin' ny maty Kristy. Endrey ! miadana fandray zavatra manao ahoana na dia ireo mpianatra telo lahy nomena tombom-pitia aza, izay hita teo amin' izy nifanontany ny amin' ny mety ho dikan' ny fitsanganana amin' ny maty, na dia teo aza izay rehetra efa nolazain' i Kristy momba izay nanoloana Azy. Tsy nangata-panazavana tamin' i Jesosy anefa izy. Efa nahafeno alahelo azy ny teniny mikasika ny ho avy ; tsy nitady fanambarana fanampiny izy momba izany zavatra heveriny tsy hitranga mihitsy izany. {IFM 457.2}

Raha nahatazana an' i Jesosy ny vahoaka tao an-dohasaha, dia nihazakazaka nitsena Azy, ka niarahaba Azy tamim-panajana sy tamim-pifaliana. Hitan' ny masony kinga niaraka tamin' izay fa nisy nahavery hevitra azy ireo mafy. Toa sahiran-kevitra ny mpianatra. Nisy toe-javatra nitranga izay nahatonga fahadisoampanantenana sy fahafaham-baraka mangidy tao amin' izy ireo. {IFM 458.1}

Raha mbola niandry teo am-pototry ny tendrombohitra izy ireo, dia nisy raim-pianakaviana nitondra ny zananilahy teo Aminy, mba hafahana amin' ny fanahy moana izay nampijaly azy. Efa nomena ny mpianatra ny fahefana handroaka ny fanahy maloto raha naniraka azy roa ambin' ny folo lahy hitoriteny manerana an' i Galilia Jesosy. Raha nandeha tamim-pinoana mafy orina izy ireo, dia nankatò ny teniny ny fanahy ratsy. Ankehitriny, tamin' ny anaran' i Kristy, dia nibaiko ilay fanahy nampahory izy ireo hiala amin' ilay nampijaliany, nefa nihomehezan' ny demonia fotsiny tamin' ny fanehoana indray ny heriny. Tsy afaka nilaza ny anton' ny fahareseny ny mpianatra, ary tsapany fa afa-baraka ny tenany sy ny Tompony. Teo amin' ireo vahoaka ireo dia nisy mpanora-dalàna izay nanararaotra io toe-javatra io mba hampietry azy ireo. Nifanery nanodidina ny mpianatra izy ka nofaninininy tamin' ny fanontaniana ireo, ary niezahany ny hanaporofo

fa mpamitaka izy sy ny Tompony. Ito, hoy ny raby nirehareha, misy fanahy ratsy izay tsy resin' ny mpianatra sy tsy resin' i Kristy mihitsy. Nirona hiandany tamin' ny mpanora-dalàna ny vahoaka, ary nisy fihetseham-po manaraby sy manamavo .nanenika ny vahoaka. {IFM 458.2}

Nangina tampoka anefa ny fiampangana. Hita nanatona Jesosy sy ny mpianany telo lahy, koa nivadika haingana ny fihetsehampon' ny vahoaka ka nitodika hitsena Azy izy. Namela soritra teo amin' ny Mpamonjy sy ireo namany ny alina niraisany tamin' ny voninahitry ny lanitra. Nisy fahazavana izay nampahatahotra ny nibanjina azy teo amin' ny endriny. Nihemotra ny mpanora-dalàna noho ny tahotra, raha nandray tsara an' i Jesosy ny vahoaka. Toy ny nanatri-maso izay rehetra nitranga ny Mpamonjy, raha nandroso teo amin' ny sehatry ny ady. Nampifantoka ny masony tamin' ny mpanora-dalàna Izy ka nanontany hoe : «Inona no iadianareo hevitra amin' ireto ?» {IFM 458.3}

Nangina anefa ankehitriny ireo feo nirehareha sy nihantsy ady teo. Nisy fahanginana lalina nilatsaka tamin' ny olona rehetra. Nanavatsava lalana teo amin' ny vahoaka izao ilay ray trà-pahoriana, ka niankohoka teo an-tongotr' i Jesosy izy ary nampitosaka ny tantaran' ny fahoriany sy ny fahadisoam-panantenany. {IFM 459.1}

«Mpampianatra Ô, hoy izy, nentiko ety Aminao ny zanakolahy izay azom-panahy moana ; ary na aiza na aiza no ahazoany azy, dia ampihinjitrinjiriny izy ; ary niteny tamin' ny mpianatrao aho mba hamoaka izany, fa tsy hainy». {IFM 459.2}

Nijery nanodidina azy Jesosy, nijery ny vahoaka marobe tratry ny tahotra Izy, ny mpanora-dalàna manesoeso, ny mpianatra very hevitra. Novakiany ny tsy finoana tao amin' ny fo rehetra ; niloabava tamin' ny feo feno alahelo Izy hoe : «Ry taranaka tsy mino, mandra-pahoviana no hitoerako aminareo ? mandra-pahoviana no handeferako aminareo ? Dia nobaikony ilay ray mahantra hoe : «Ento ety amiko izy». {IFM 459.3}

Nentina ilay zazalahy, ary raha vao nifantoka taminy ny fijerin' ny Mpamonjy, dia nazeran' ny fanahy ratsy tamin' ny tany izy dia nifanintontsintona mafy. Nitsinkasinkasina sy nandoa vory izy sady nameno ny rivotra tamin' ny kiakiaka tsy fandre eto an-tany. {IFM 459.4}

Nifanehatra teo amin' ny tany fiadiana indray ny Andrianan' ny fiainana sy ny andrianan' ny herin' ny maizina - Kristy nanatanteraka ny asa nanirahana Azy «hitory teny soa mahafaly amin' ny malahelo, . . . hanafaka izay nampahoriana»2, Satana kosa miezaka ny hihazona ny hazany ho eo ambanin' ny fifehezany. Ny anjelin' ny mazava sy ny tafiky ny anjely ratsy tsy hita maso, dia nifanatona akaiky hijery ny ady. Nisy fotoana. kely namelan' i Jesosy ny fanahy ratsy hanehoany ny heriny, mba ahazoan' ny mpitazana mahatsapa tsara ny fanafahana izay efa hatao. {IFM 459.5}

Tsy nisy nahaloa-peo ny vahoaka nijery ny rain' ilay zaza nitolona nihatra aman' aina

tamin' ny fanantenana sy ny tahotra. Nanontany Jesosy hoe : «Hoatrinona izay no nahatongavan' izao taminy ?» Notantarain' ny rainy ny taona maro sy lava nijaliany, ary avy eo, toy ny tsy zakany intsony izany, dia niloa-bava izy hoe : «Raha mba misy hainao, dia mamindrà fo aminay, ka vonjeo izahay». «Hainao hoe ?» Na dia ilay ray aza ankehitriny dia mametra-panontaniana ny amin' ny herin» i Kristy. {IFM 459.6}

Namaly Jesosy hoe : «Ny zavatra rehetra dia hain' ny mino». Tsy misy faritra tsy misy hery amin' i Kristy ; miankina amin' ny finoan' ny rainy ny fanasitranana ilay zazalahy. Vaky nitomany ny rainy raha nahatsapa ny fahalemen' ny tenany, ka niantoraka teo amin' ny famindrampon' i Kristy, sady niantsoantso hoe : «Tompo ô, mino aho ; vonjeo aho ho afaka amin' ny tsy finoako». {IFM 460.1}

Nitodika tamin' ilay nijaly Jesosy ka nanao hoe : «Ry fanahy moana sy marenina ! Izaho mandidy anao : Mivoaha aminy, ka aza miditra ao anatiny intsony». Nisy antsoantso, tolona nihatra aman' aina tamin' izany. Raha niala ilay demonia, dia toa handrirotra ny aina hiala amin' ilay hazany. Nitsitra tsy nahetsika ilay zazalahy ary toa tsy nisy aina. Nibitsika ny vahoaka hoe : «Maty». Noraisin' i Jesosy anefa ny tanany, dia natsangany izy, salama saina sy vatana tanteraka, ka natolony an-drainy. Nidera ny anaran' ilay Mpanafaka azy izy mianaka. «Dia talanjona izy rehetra noho ny fiandrianan'Andriamanitra», fa ny mpanora-dalàna kosa, resy sy niondrika noho ny fahamenarana ka lasa nandeha tamin' ny endrika tezitra. {IFM 460.2}

«Raha mba misy hainao, dia mamindra fo aminay, ka vonjeo izahay». Firy ny fanahy novesaran' ny fahotana no nampanakoako io fivavahana io. Ary izao no valin-tenin' ny Mpamonjy mangora-po azy rehetra : «Ny zavatra rehetra hain' ny mino». Ny finoana no mampifandray antsika amin' ny lanitra, ka mitondra hery ho antsika hoenti-mametra sy mandresy ny herin' ny maizina. Ao amin' i Kristy Andriamanitra no efa nanomana izay hoenti-mampilefitra ny endripahotana rehetra sy hoenti-manohitra ny fakam-panahy rehetra, na mafy toy inona aza izany. Betsaka anefa no mahatsapa fa tsy manana finoana, ka manalavitra an' i Kristy. Aoka ireny fanahy ireny, ao amin' ny fahalemeny sy ny tsy fahamendrehany, hiantoraka eo amin' ny famindrampon' Ilay Mpamonjiny mangora-po. Aza ny tenanao no jerena, fa Kristy. Ilay nanasitrana ny marary sy namoaka demonia fony Izy nandeha teo anivon' ny olona, no mbola Mpanavotra mahery ihany ankehitriny. Amin' ny alalan' ny tenin' Andriamanitra no iavian' ny finoana. Koa fikiro ny teny fikasany : «Izay manatona Ahy dia tsy mba ho laviko mihitsy»3. Miantoraha eo antongony ary miantsoa hoe : «Tompo ô, mino aho ; Ianao no aoka hamonjy ahy amin' ny tsy finoako». Tsy mety ho faty mihitsy ianao, raha manao izany, eny : na oviana na oviana. {IFM 460.3}

Tao anatin ny fotoana fohy dia nahita ny faratampon' ny voninahitra sy ny faratampon' ny fampietrena ireo mpianatra nahazo tombom-pitia. Nahita ny mahaolombelona izy dia ilay voaova araka ny endrik' Andriamanitra sy ilay nosimbana

hanam-pitoviana amin i Satana. Nahita an' i Jesosy izy ireo nidina avy tao an-tendrombohitra izay niresahany tamin' ireo iraka avy tany an-danitra sy ny nanambaran' ilay feo avy tany an-danitra. tao amin' ny famirapiratan' ny voninahitra ho Zanak' Andriamanitra. nahita an' i Jesosy nidina avy teo izy hifanehatra amin' ny toe-javatra mampahory sy maharikoriko indrindra, dia ilay zazalahy nanana demonia. amin' izato endrika niolanolana. nikitro-nify noho ny ady nihatra aman' aina nampifanintontsintona azy. hany ka tsy nisy herin' olombelona afaka nanasitrana azy. Ary io Mpanavotra mahery io Izay nijoro nomemboninahitra vao ora vitsivitsy talohan» izao teo anatrehan' ireo mpianatra nitolagaga. dia niondrika mba hanarina ny hazan' i Satana hiala amin' ny tany izay nikisinany ka namerina azy salama saina sy vatana tamin' ny rainy sy ny ankohonany. {IFM 461.1}

Lesona azo tsapain-tanana momba ny fanavotana izany, — Ilay Andriamanitra avy eo amin' ny voninahitry ny Ray, nidina nanetry tena hamonjy ny very. — Mampiseho koa ny asa nanirahana ny mpianatra izany. Tsy eny an-tampon-tendrombohitra hifaly arapanahy miaraka amin' i Jesosy ihany no iantsoana ny mpanompon' i Kristy, fa misy asa hataony aty amin' ny lohasaha ambany. Misy fanahy izay nandevozin» i Satana. miandry ny tenin' ny finoana sy ny fivavahana hanafaka azy. {IFM 461.2}

Mbola nandanjalanja ilay fanandramana mangidy tamin' ny tsy fahombiazana ireo mpianatra sivy lahy ; koa rehefa irery niaraka taminy indray Jesosy, dia nanontany izy hoe : «Nahoana izahay no tsy nahavoaka azy ?» Namaly azy Jesosy hoe : «Noho ny fahakelezan' ny finoanareo ihany ; fa lazaiko aminareo marina tokoa, raha manana finoana ohatra ny voatsinapy iray aza hianareo ka hiteny amin' io tendrombohitra io hoe : Mifindrà erỳ dia hifindra izy ; ary tsy hisy tsy ho hainareo hatao. Kanefa iny karazana iny tsy mivoaka raha tsy havoaka amin' ny fivavahana sy ny fifadian-kanina». Ny tsy finoany, izay nanakana azy tsy hiray fo lalina kokoa amin' i Kristy, sy ny fanaovany an-tsirambina izay nandraisany ny asa masina nankinina taminy. no nahatonga ny tsy fahombiazany teo amin' ny ady nifanaovany tamin' ny herin' ny maizina. {IFM 461.3}

Ny tenin' i Kristy izay nanondro ny fahafatesany, dia nitondra alahelo sy fisalasalana. Ary ny nifidianana ny mpianatra telo lahy mba hiaraka amin' i Jesosy ho any an-tendrombohitra dia namohafoha ny fialonan' ny sivy. Tsy nampatanjaka ny finoany tamin' ny fivavahana sy ny fandinihana ny tenin' i Kristy izy, fa nitoetra teo amin' ny fahakiviany sy ny alahelon' ny tenany manokana. Teo amin' izany toetra feno haizina izany no nidirany hiady amin' i Satana. {IFM 461.4}

Mba hampanjary ny asa ataony, dia tsy maintsy manana toetsaina hafa izy raha tiany ny hahita fahombiazana. Mila fampaherezana avy amin' ny fivavahana mafana sy ny fifadian-kanina ary ny fietren' ny fo ny finoany. Tsy maintsy foanany ny «izaho» ka hofenoin' ny Fanahy sy ny herin' Andriamanitra. Ny fitalahoana mafana sy maharitra amin' Andriamanitra amin' ny alalan' ny finoana, — dia finoana izay mitarika ho amin'

ny fiankinana tanteraka amin' Andriamanitra, sy fanoloran-tena tsy misy fepetra ho amin' ny asany, — ireny ihany no mahasoa ka hitondra ny fanampian' ny Fanahy Masina ho an' ny olona eo amin' ny ady amin' ny fanapahana sy ny hery. dia ny mpanapaka ny haizina eo amin' izao tontolo izao, sy ny Fanahy ratsy any amin' ny fitoerana avo. {IFM 462.1}

«Raha manana finoana ohatra ny voatsinapy iray aza hianareo, hoy Jesosy, ka hiteny amin' io tendrombohitra io hoe : «Mifindrà erỳ, dia hifindra izy». Na dia kely dia kely aza ny voatsinapy, dia misy fototry ny aina mifono zava-miafina ao aminy, izay mampitombo azy ho hazo lehibe. Rehefa atao ao amin' ny tany ny voatsinapy, dia mandray izay rehetra nomanin' Andriamanitra ho sakafony ilay tsiry marefo, ka mitombo haingana ho zava-maniry matanjaka. Raha manana finoana tahaka izany ianao, dia hamikitra amin' ny tenin' Andriamanitra sy ny fiasana rehetra notendreny hanampy anao. Amin' izay dia hihamatanjaka ny finoanao, ka hitondra ny herin' ny lanitra hanampy anao. Ireo fisakanana izay atangoron' i Satana eo amin' ny lalanao, na dia toa tsy azo ihoarana tahaka ny havoana mandrakizay aza, dia hanjavona amin' ny fangatahan' ny finoana. «Tsy hisy tsy ho hainareo hatao». {IFM 462.2}

## Toko 48—Iza no lehibe indrindra?

Raha niverina tany Kapernaomy Jesosy dia tsy nankany amin' ny toerana fanta-daza izay nampianarany ny vahoaka, fa nandeha mangingina ho any amin' ilay trano handalovany Izy sy ny mpianany. Nandritra ny fotoana sisa hijanonany any Galilia dia niezaka indray ny hampianatra ny mpianany no nokasainy mihoatra noho ny hiasa ho an' ny vahoaka maro. 1 {IFM 463.1}

Teny an-dalana ho any Galilia, dia niezaka indray Kristy hanomana ny sain' ny mpianany ny amin' ny toe-javatra manoloana Azy. Nambarany azy fa hiakatra any Jerosalema Izy ka hovonoina ary hitsangana indray. Ary nanampiny izany ny fanambarana hafahafa sy miezinezina milaza fa atolotra ho eo an-tanan' ny fahavalony Izy. Tsy azon' ny mpianatra akory ny teniny. Na dia nisy aloky ny alahelo mafy aza nianjady taminy, dia nahita toerana tao am-pony ny toe-tsaina mifandrafy. Niady hevitra izay ho lehibe indrindra ao amin' ny fanjakana izy. Noheveriny hafenina an' i Jesosy io fifandirana io, ka tsy nifanery akaiky teo anilany araka ny fanaony izy, fa nitaredretra tany aoriana, hany ka nialohavan' i Jesosy izy ireo raha niditra tao Kapernaomy. Namaky ny tao an-tsainy Jesosy, ka naniry mafy ny hanoro hevitra sy ny hampianatra azy. Nefa niandry fotoana tony ho amin' izany Izy, mba hisokafan' ny fon' ireo handray ny teniny. {IFM 463.2}

Fotoana fohy taorian' ny nahatongavany tao an-tanàna, dia nanatona an' i Petera ny mpanangona ny volan' ny tempoly ka nanontany azy hoe : «Moa ny mpampianatra anareo tsy mba mandoa hetra?» Tsy hetram-panjakana io vola io, fa fandraisana anjara eo amin' ny ara-pivavahana, izay nasaina naloan' ny Jiosy isan-taona mba hanohanana ny tempoly. Ny fandavana ny handoa io hetra io dia noheverina ho toetra tsy mahatoky eo anatrehan' ny tempoly, — izay fahotana ratsy indrindra araka ny fanombatombanan' ny raby. Ny fihetsiky ny Mpamonjy momba ny lalàn' ny raby sy ny fanomezany tsiny mazava izay miaro ny lovan-tsofina, dia noraisina ho antony hiampangana Azy fa nitady ny handrodana ny fanompoana tao amin' ny tempoly Izy. Nahita fotoana mety izao ny fahavalony mba tsy hatokisana Azy. Nahita mpiray ady aminy vonona izy teo amin' ny mpanangona vola hetra. {IFM 463.3}

Hitan' i Petera fa hevitra misisika mikasika ny toetra mahatoky amin' ny tempoly eo amin' i Kristy ny fanontanian' ilay mpanangona vola hetra. Nafana fo izy raha ny momba ny voninahitry ny Tompony, ka namaly haingana na dia tsy nanontany Azy aza, fa mandoa io hetra io Jesosy. {IFM 464.1}

Ampahany ihany anefa no azon' i Petera ny amin' ny fikasan' ilay mpanontany azy. Nisy antokon' olona sasany izay natao tsy handoa io hetra io. Tamin' ny andron' i Mosesy, rehefa natokana ho amin' ny asa fanompoana ao amin' ny fitoerana masina ny levita, dia tsy nomena anjara lova teo amin' ny vahoaka izy. Hoy Jehovah hoe : «Izany no

tsy ananan' ny Levita anjara na lova eo amin' ny rahalahiny : Jehovah no lovany» 2. Tamin' ny andron' i Kristy dia mbola noheverina ho voatokana ho amin' ny asan' ny tempoly ny mpisorona sy ny levita, ka tsy notakiana taminy ny fandraisana isan-taona hanohanana ny tempoly. Afaka tamin' ny fandoavana an' izany koa ny mpaminany. Raha nangataka io hetra io tamin' i Jesosy ny raby dia nahatany ny filazana an' i Jesosy ho mpaminany na mpampianatra, ary tahaka ny olona tsotra no nifandraisany taminy. Ny fandavany handoa io hetra io dia hampiseho ny toetrany tsy mahatoky amin' ny tempoly ; etsy an-daniny kosa anefa, ny fandoavana izany dia horaisina ho fanamarinana ny fandavana Azy tsy ho mpaminany. {IFM 464.2}

Fotoana kely talohan' izao, dia nanaiky an' i Jesosy ho Zanak' Andriamanitra i Petera ; nefa izao dia tsy nohararaotiny ny fotoana mety hanehoana ny toetra amam-panahin' ny Tompony. Ny valinteniny tamin' ilay mpanangona hetra izay milaza fa mandoa ihany Jesosy, dia manamafy sahady ny hevi-diso momba Azy, izay niezahan' ny mpisorona sy ny mpanapaka naparitaka. Rehefa niditra ny trano i Petera, dia tsy niteny ny amin' izay vao nitranga Jesosy, fa nanontany Izy hoe : «Ahoana no hevitrao, ry Simona ? Avy amin' iza moa no andraisan' ny mpanjaka etỳ an-tany fadintseranana ary vola hetra ? Avy amin' ny zanany va, sa avy amin' ny olon-kafa ? Ary hoy Petera taminy : Avy ámin' ny olon-kafa, dia hoy kosa Jesosy : Dia afaka ary ny Zanaka». Ny vahoakan' ny tany iray dia mandoa hetra hihazonana ny mpanjakany, fa afaka kosa ny zanaky ny mpanjaka. Toy izany koa Isiraely, ilay vahoaka misora-tena fa an' Andriamanitra, dia nasaina nikarakara ny fanompoana Azy ; fa Jesosy, Zanak' Andriamanitra kosa, dia tsy nanana. izany adidy izany. Raha afaka ny mpisorona sy ny Levita noho ny fifandraisany tamin' ny tempoly, manao ahoana kosa no tokony hahafaka Ilay nanana ny tempoly ho tranon' ny Rainy ? {IFM 464.3}

Raha naloan' i Jesosy tsy nisy fandavana ny hetra, dia fanekeny sahady ny fahamarinan' ny fitakiana izany, ary amin' izany dia ho nandà ny maha-Andriamanitra Azy Izy. Nefa kosa ny fanehoany fa mety ny hanatanterahany ilay fangatahana, dia fandavana ny filazana iorenan' izany. Nasehony ny porofo mazava ny mahaAndriamanitra Azy tamin' ny nanomezany izay handoavana ny hetra. Hita miharihary fa Iray Izy sy Andriamanitra, ary noho izany, tsy voafehin' ny hetra tahaka ny olon-tsotra ao amin' ny fanjakana Izy. {IFM 465.1}

«Mankanesa ao amin' ny ranomasina hianao, hoy ny baikony tamin' i Petera, ka manjonoa; ary raiso izay hazandrano azo voalohany, ka rehefa sokafanao ny vavany, dia hahita vola sekely eo hianao, dia raiso izany, ka omeo azy ho avy amiko sy hianao». {IFM 465.2}

Na dia notafiany ny maha-olombelona aza ny maha-Andriamanitra, dia nasehony tamin' ity fahagagana ity ny voninahiny. Hita mazava fa Izy no nilaza tamin' ny alalan' i Davida hoe : «Fa Ahy ny biby rehetra any an-ala, sy ny biby fiompy arivoarivo eny an-

tendrombohitra; ary eto amiko ny zava-mihetsiketsika eny an-tsaha. Raha mba noana Aho, dia tsy hilaza aminao; fa Ahy izao tontolo izao sy izay rehetra eo aminy»3. {IFM 465.3}

Raha nasehon' i Jesosy mazava fa tsy voafehy handoa ny hetra Izy, dia tsy niditra hiady hevitra tamin' ny Jiosy momba izany Izy : ho diso mantsy ny fandraisany ny teniny, ka hivadika hamely Azy. Mba tsy ho fanafintohinana ny fitazonany ny hetra, dia notanterahiny izay notakiana taminy tsy ara-drariny. Ho sarobidy ho an' ny mpianany io lesona io. Hisy fiovana manokana ho hita tsy ho ela eo amin' ny fifandraisan' izy ireo amin' ny fanompoana ao amin' ny tempoly, ka hampianatra azy tsy ho eo amin' ny toerana izay hanoherany tsy amin' antony ny rafitra voalamina Kristy. Araka izay azo atao, dia tokony hialany izay ahazoana mandiso ny hevitry ny finoany. Tsy tokony hanao sorona ny anankiray amin' ny fotokevitry ny fahamarinana ny kristiana, nefa tokony hialany koa ny adihevitra raha mbola azo atao koa ny manao izany. {IFM 465.4}

Rehefa irery tao an-trano Kristy sy ny mpianatra, nony nandeha tany amoron-dranomasina i Petera, dia niantso ny sasany ho eo Aminy Izy, ka nanontany azy hoe : «Inona no niadianareo hevitra teny an-dàlana?» Ny fanatrehan' i Jesosy sy ny fanontaniany dia nametraka ny toe-javatra teo amin' ny fahazavana hafa tanteraka noho izay nisehoany tamin' izy niady teny an-dalana. Nampangina azy ireo ny fahamenarana sy ny fanamelohan-tenany. Nilaza taminy Jesosy fa ho faty ho azy ireo Izy, koa nifanohitra tamin' ny fomba mahonena tamin' ny hambompon' izy ireo feno fitiavan-tena ny fitiavany tsy mihevitra ny tena. {IFM 466.1}

Rehefa nilaza taminy Jesosy fa hovonoina Izy ary hitsangana indray, dia niezaka Izy hitarika ny resaka ho amin' ny fisedrana lehibe ny finoany. Raha vonona ny handray izay niriny hampahafantarina azy izy, dia ho voavonjy ho afaka tamin' ny ngidin' ny tebiteby sy ny famoizam-po izy ireo. Ho nitondra fampiononana teo amin' ny oran' ny fisaonana sy ny fahadisoam-panantenana ny teniny. Nefa na dia niteny mazava indrindra ny amin' izay miandry Azy aza Izy, ny filazany fa efa handeha tsy ho ela any Jerosalema Izy dia namelona indray ny fanantenany, fa efa hatsangana ny fanjakany. Izany no nahatonga ny fanontaniana ny amin'. izay tokony handray ny toerana ambony indrindra. Rehefa niverina avy tany an-dranomasina i Petera dia nolazain' ny mpianatra taminy ny fanontanian' ny Mpamonjy, ary nony farany dia nisy sahy nilaza izay nanontanian' i Jesosy : «Iza no lehibe indrindra ao amin' ny fanjakan' ny lanitra ?» {IFM 466.2}

Nangonin' ny Mpamonjy manodidina Azy ny mpianany, ka hoy Izy taminy : «Raha misy te-ho voalohany, dia hatao farany amin' izy rehetra sy ho mpanompon' izy rehetra izy». Nambara tamin' ny fomba manetriketrika sy nanaitra indrindra ireo teny ireo, nefa lavitra tamin' ny mpianatra ny hahazo izany. Tsy hainy ny mahita izay hitan' i Kristy mazava. Tsy azony ny toetry ny fanjakan' i Kristy, ary ny tsy fahalalana izany no toa anton' ny adynataony. Lalina noho izany anefa no nisy ny tena antony. Raha nanazava ny

toetry ny fanjakany Kristy, dia nety ho nampangina vetivety ny adihevitra nataon' izy ireo Izy ; nefa tsy ho voakasika tamin' izany ny antony fototra. Na dia azony aza ny fahalalana feno, dia hamerina ny korontana hatrany izay rehetra mikasika ny fahamboniana. Avy tamin' izany no ho nahatonga ao amin' ny fiangonana ny loza rehefa lasa Kristy. Ny ady momba ny toerana ambony indrindra dia avy amin' ilay toe-tsaina niandohan' ilay ady lehibe tany amin' izao tontolo izao tany ambony, ary nahatonga an' i Kristy hidina avy any an-danitra mba ho faty. Nitsangana teo anatrehany ny fahitana an' i Losifera, ilay «zanaky ny maraina», nanana voninahitra nihoatra ny anjely rehetra nanodidina ny seza fiandrianana, ary nifandray tamin' ny fomba ety indrindra tamin' ny Zanak' Andriamanitra. Hoy i Losifera hoe : «Ho tahaka ny Avo Indrindra aho» 4 ary nitondra ady tany amin' ny lapan' ny lanitra ny faniriany hanandra-tena, ka nahavoaroaka marobe tamin' ny tafik' Andriamanitra. Raha nanam-paniriana marina tokoa ho tahaka ny Avo Indrindra i Losifera, dia tsy ho nilaozany mihitsy ny toerana notendrena ho azy tany an-danitra ; miseho amin' ny fanompoana tsy misy fitiavan-tena mantsy ny toetsain' ny Avo Indrindra. Naniry ny fahefan' Andriamanitra i Losifera fa tsy ny toetra amam-panahiny. Nitady ny toerana ambony indrindra ho an' ny tenany izy, ary hanao izany koa izay rehetra hetsehin' ny toe-tsainy. Amin' izay dia tsy ho azo ialana ny fihafahafana, ny fifandirana sy ny adi-lahy. Manjary eo am-pelatanan' ny Mahery Indrindra ny fanapahana. Fanjakan' ny hery ny fanjakan' i Satana ; ny tsirairay dia mihevitra ny hafa rehetra ho sakana eo amin' ny lalana handrosoany, ka ho vato hiakarany ahazoany misondrotra amin' ny toerana ambony kokoa. {IFM 466.3}

Raha noheverin' i Losifera ho zavatra tokony nofikirina ny hitovy amin' Andriamanitra, Kristy, ilay Nasandratra kosa dia «nofoanany ny tenany tamin' ny nakany ny endriky ny mpanompo sy ny nahatongavany ho manam-pitoviana amin' ny olona; ary rehefa hita fa nanan-tarehy ho olona Izy, dia nanetry tena ka nanaiky hatramin' ny fahafatesana, dia ilay fahafatesana tamin' ny hazo fijaliana»5. Mitsangana manoloana Azy ankehitriny ny hazo fijaliana; nefa nameno ny mpianany ny fitadiavana ny tombontsoan' ny tenany — dia ilay tena foto-kevitry ny fanjakan' i Satana indrindra — hany ka tsy afaka hiray fo tamin' ny Tompony izy, na dia ny hahazo ny teniny aza. ary nilaza taminy ny amin' ny fietreny ho azy Izy. {IFM 467.1}

Tamim-pitiavana lehibe. nefa nantitranteriny tamin' ny fomba manetriketrika, no niezahan' i Jesosy nanitsy ny ratsy. Nasehony ny foto-kevitra izay nifehy ny fanjakan' ny lanitra, sy ny atao hoe tena fahalehibeazana, araka izay fanombanana azy amin' ny tarigetran' ny lapa any ambony. Izay hetsehin' ny avonavona sy ny fitiavana mari-pankasitrahana dia hihevitra ny tenany sy ny tombontsoa ho azony, mihoatra noho izay fomba hamerenany amin' Andriamanitra ny fanomezana efa noraisiny. Tsy hanan-toerana any amin' ny fanjakan' ny lanitra izy, satria hita fa miandany amin' i Satana. {IFM 468.1}

Mialoha ny voninahitra ny fanetren-tena. Mifidy mpiasa tahaka an' i Jaona Mpanao batisa izay naka toerana ambany teo anatrehan' Andriamanitra ny Lanitra, mba hitana toerana ambony eo anatrehan' ny olona. Ny mpianatra mitovy amin' ny zaza indrindra no mahomby kokoa amin' ny asa ho an' Andriamanitra. Afaka miara-miasa amin' izay milady ny hamonjy fanahy, fa tsy ny hanandratra ny «izaho», ny hery sy ny sain' ny lanitra rehetra. Na iza na iza no mahatsapa lalina ny filany ny fanampian' Andriamanitra dia hangataka mba hahazo izany ; ary ny Fanahy Masina dia hanome azy topi-maso momba an' i Jesosy, izay hampahatanjaka sy hanandratra ny fanahy. Ny firaisany amin' i Kristy dia hampandeha azy hiasa ho an' ireo izay ho faty ao amin' ny fahotany. Nohosorana ho amin' ny asa nanirahana azy izy, ka hahomby eo amin' izay tsy nahavitan' ny olon-kedry maro manam-pahaizana sy manan-tsaina. {IFM 468.2}

Nefa kosa rehefa manandra-tena ny olona ka mahatsapa fa tena ilaina izy hampanjary ny drafitr' asa lehiben' Andriamanitra, dia asain' ny Tompo esorina izy. Asehony mazava amin' izany fa tsy miankina aminy Jehovah. Tsy mijanona ny asa noho izy nesorina, fa mandroso hatrany amin' ny hery lehibe kokoa. {IFM 468.3}

Tsy ampy ho an' ny mpianatr' i Jesosy ny ampianarina momba ny toetry ny fanjakany. Ny ilainy dia fiovam-po izay hahatonga azy hifandrindra amin' ny foto-kevitry ny fanjakany. Niantso zazakely teo Aminy Jesosy ka napetrany teo avofoany ; nofihininy tamimpitiavana ilay zaza dia hoy Izy hoe : «Raha tsy miova hianareo ka ho tonga tahaka ny zazakely, dia tsy hiditra amin' ny fanjakan' ny lanitra». Ny toetra tsotra, ny manadino ny tena, ny fitiavana feno fahatokisan' ny zazakely : izany no misy vidiny eo anatrehan' ny Lanitra. Ireo no toetra mampiavaka ny tena fahalehibeazana marina. {IFM 468.4}

Nohazavain' i Jesosy indray tamin' ny mpianatra fa tsy mampiavaka ny fanjakany ny voninahitra sy ny fisehosehoana ara-nofo. Hadino avokoa ireny fahasamihafana rehetra ireny eo an-tongotr' i Jesosy. Ny manan-karena sy ny mahantra, ny manam-pahaizana sy ny tsy manana dia tafaray, tsy misy eritreritra ny fahamboniana ara-pirazanana na araka izao tontolo izao. Amin' ny maha-fanahy novidina tamin' ny ra no hihaonan' ny rehetra. samy miankina mitovy amin' Ilay nanavotra azy tao amin' Andriamanitra. {IFM 469.1}

Sarobidy eo imason' Andriamanitra ny fanahy tsotra sy torotoro. Apetrak' Andriamanitra eo amin' ny olona ny tombo-kaseny, tsy noho ny laharany, na ny harenany, na ny fahalehibeazany aratsaina, fa noho ny maha-iray azy amin' i Kristy. Mahafa-po ny Tompon' ny voninahitra ireo izay malemy fanahy sy tsy miavona am-po. «Omeonao ahy ny ampingan' ny famonjenao, hoy Davida . . . ary ny fahamoram-panahinao no mahalehibe ahy» 6 amin' ny mahalafin-toetran' olombelona an' izany. {IFM 469.2}

«Na zovy na zovy no handray zaza iray tahaka itony amin' ny anarako, hoy Jesosy,

dia mandray Ahy, ary na zovy na zovy no mandray Ahy dia mandray Izay naniraka Ahy» ; «Izao no lazain' i Jehovah : Ny lanitra no seza fiandrianako, ary ny tany no fitoerantongotro ;. . . nefa izao no olona hotsinjoviko, dia izay malahelo sy torotoro fanahy sady mangovitra noho ny teniko» 7. {IFM 469.3}

Ny tenin' ny Mpamonjy dia namohafoha fahatsapana ho tsy matoky tena ao amin' ny mpianatra. Tsy misy na dia iray aza voatondro manokana teo amin' ny valinteniny ; voatarika manokana anefa i Jaona hanontany raha nety ny nataony indray mandeha. Nentiny teo anatrehan' i Jesosy tamin' ny toe-tsain' ny zaza izany : «Mpampianatra ô, nahita olona anankiray namoaka demonia tamin' ny anaranao izahay, ka noraranay izy, satria tsy nanaraka antsika». {IFM 469.4}

Noheverin' i Jakoba sy Jaona fa nitsinjo ny voninahitry ny Tompony izy tamin' ny nanakanany io olona io : nanjary hitany koa fa saro-piaro tamin' ny voninahitry ny tenany izy. Nekeny ny fahadisoan-keviný sy ny fanomezan-tsiny nataon' i Jesosy nanao hoe : «Aza mandrara azy ; fa tsy misy olona izay hanao asa lehibe amin' ny anarako ka hahateny ratsy Ahy vetivety». Tsy mety ny mitsipaka izay miseho ho sakaizan' i Kristy na amin' ny fomba inona na amin' ny fomba inona. Betsaka no voahetsika lalina tamin' ny toetra amam-panahin' i Kristy sy ny asany, ka nidanadana ho Azy amin' ny finoana ny fony ; koa tsy maintsy mitandrina ny mpianatra izay tsy afaka hamaky ny antony manosika azy ao am-pony, sao manakivy ireny fanahy ireny. Rehefa tsy teo anivon' izy ireo intsony ny tenan' i Jesosy, ka napetraka teo am-pelatanan' izy ireo ny asa, dia tsy tokony avelany hanaram-po ny toe-tsaina ety sy tsy miray apiin' ny hafa, fa tsy maintsy io firaisam-po mahataka-davitra io ihany, izay efa hitany teo amin' ny Tompony, no asehony. {IFM 469.5}

Raha tsy mifanaraka tanteraka amin' ny hevitra sy ny fisainan' ny tenantsika ny ataon' ny olona iray, dia tsy hanamarina ny ataontsika amin' ny fandrarana azy tsy hiasa ho an' Andriamanitra izany. Kristy no Mpampianatra lehibe ; tsy tokony hitsara na hibaiko isika, fa samy hipetraka amim-panetren-tena eo an-tongotr' i Jesosy, ka hianatra Aminy. Ný fanahy rehetra izay nataon' Andriamanitra hanana finiavana, dia fantsona izay hanehoan' i Kristy ny fitiavany mamela heloka. Tokony hitandrina fatratra isika sao mahakivy ny anankiray amin' ny mpitondra fahazavan' Andriamanitra, ary amin' izay dia hanakana ny tara-pahazavana izay tian' Andriamanitra hanazava an' izao tontolo izao. {IFM 470.1}

Ny fahasiahana na ny fangatsiaham-po asehon' ny mpianatra amin' ny olona iray izay tarihin' i Kristy, dia fihetsika toy ilay nataon' i Jaona tamin' ny fanakanany olona iray tsy hanao fahagagana amin' ny anaran' i Kristy. Ny mety ho vokatr' izany dia fiodinany handeha eo amin' ny lalan' ny fahavalo, ka hahatonga ny fahaverezany. Na manao ahoana na manao ahoana dia tokony halavirina izany, fa izay mahatonga izany fahaverezana izany, hoy Jesosy, dia aleo «anatonana vato lehibe fikosoham-bary ny

vozony, ka hatsipy ao anaty ranomasina izy». Ary nampiany hoe : «Ary raha ny tànanao no manafintohina anao, tapaho izy ; fa tsara ho anao ny hiditra kilemaina any amin' ny fiainana noho ny manana tànana roa, nefa hariana any amin' ny helo, dia any amin' ny afo tsy azo vonoina. Ary raha ny tongotrao no manafintohina anao, tapaho izy ; fa tsara ho anao ny hiditra mandringa any amin' ny fiainana noho ny manana tongotra roa, nefa hariana any amin' ny helo». {IFM 470.2}

Inona no anton' io teny mafana io, izay henjana tsy nisy toy izany ? — Satria «tonga ny Zanak' olona hitady sy hamonjy ny very» 8. Moa ve ny fiheveran' ny mpianany ny mpiara-belona aminy ho latsa-danja noho izay nasehon' Andriamanitry ny lanitra? Tsy misy fetra ny nividianana ny fanahy tsirairay, koa zava-doza manao ahoana ny fahotana amin' ny fampidinana fanahy iray hiala amin' i Kristy, ka ho very maina ho azy ny fitiavan' ny Mpamonjy sy ny nanetreny tena ary ny ady mihatra aman' aina natrehiny. {IFM 471.1}

«Lozan' izao tontolo izao noho ny fahatafintohinana, fa tsy maintsy ho avy ny fahatafintohinana, nefa lozan' izay olona mahatonga ny fahatafintohinana». Azo antoka fa hanohitra ny mpanaraka an' i Kristy izao tontolo izao atosik' i Satana, ka hitady izay hamonoana ny finoany; nefa loza ho an' izay nandray ny anaran' i Kristy sady manao io asa io. Afa-baraka ny Tompo noho ireo izay milaza fa manompo Azy, nefa mandiso ny toetra amampanahiny ; koa vahoaka be no voafitaka sy voatarika ho amin' ny lalan-diso. {IFM 471.2}

Na inona na inona fahazarana na fanao mety hitarika amin' ny fahotana, ka mitondra henatra amin' i Kristy, dia tsara ny manala azy, na toy inona na toy inona fahafoizan-tena amin' izany. Tsy afaka hitondra tombon-tsoa ho an' ny fanahy izay manala baraka an' Andriamanitra. Tsy azo omena olona na iza na iza amin' ny fandikany ny foto-kevitry ny marina mandrakizay ny fitahian' ny lanitra. Ary ny fahotana iray ankafizina dia ampy hiasa hampitotongana ny toetra amam-panahy, ka handiso lalana ny hafa. Raha tokony hotapahina ny tongotra na ny tanana, ary na dia ny maso aza no tokony hoesorina mba hamonjena ny tena amin' ny fahafatesana, dia tokony ho manao ahoana kokoa ny zotom-po hanalana ny fahotana izay mitondra fahafatesana ho an' ny fanahy. {IFM 471.3}

Teo amin' ny fomba fanompoam-pivavahana dia nampiana sira ny fanatitra rehetra. Mampiseho izany, tahaka ny fanolorana ditinkazo manitra, fa ny fahamarinan' i Kristy irery ihany no mahatonga ny fanompoana ho ankasitrahan' Andriamanitra. Nahatsiaro io fomba io Jesosy ka nanao hoe : «Ary ny fanatitra rehetra samy ho voasira amin' ny fanasina». Aoka hisy sira ao anatinareo, ka mihavàna tsara hianareo». Izay rehetra hanolo-tena ho «fanatitra velona, masina, sitrak' Andriamanitra» 9, dia tsy maintsy mandray ny fanasina mamonjy, dia ny fahamarinan' ny Mpamonjy antsika. Amin' izay dia manjary «fanasin' ny tany» 10 izy, izay mametra ny ratsy eo anivon' ny olona, toy ny sira miaro amin' ny fahalovana. Fa raha very ny tsiron' ny fanasina, raha tsy misy afa-tsy

ny filazana ny toe-panahy araka an' Andriamanitra, dia tsy misy hery hanaovana ny tsara izany. Tsy afaka hanana hery miasa mangina hamonjy an' izao tontolo izao ny fiainana. Ny herim-ponareo sy ny fahombiazanareo amin' ny fananganana ny fanjakako, hoy Jesosy, dia miankina amin' ny fandraisanareo ny Fanahiko. Tsy maintsy ho mpandray anjara amin' ny fahasoavako ianareo, mba ho tonga hanitry ny fiainana ho amin' ny fiainana. Amin' izay dia tsy hisy fifaninanana, tsy hisy fitadiavana ny tombon-tsoan' ny tena, tsy hisy faniriana ny toerana ambony indrindra. Hanana ilay fitiavana izay tsy mitady ny azy ianareo, fa mitady ny hampanankarena ny hafa. {IFM 471.4}

Aoka hampifantoka ny masony amin' ny «Zanak' ondrin' Andriamanitra izay manaisotra ny fahotan' izao tontolo izao» 11 ny mpanota mibebaka; ary amin' ny fibanjinana Azy, dia manjary vaovao izy. Mivadika ho fifaliana ny tahony ary ho fanantenana ny fisalasalany. Miboiboika ny fankasitrahana. Torotoro ny fo vato. Hisondrotra ao amin' ny fanahy ny fitiavana ka hanafotra azy. Loharano miboiboika ho amin' ny fiainana mandrakizay ao aminy Kristy. Rehefa mahita an' i Jesosy isika, Ilay Lehilahy ory sady zatra ny fahoriana, miasa mba hamonjy ny very, natao tsinontsinona, narabiana, natao fihomehezana, nitety tanàna mandra-pahavitan' ny asa nanirahana Azy ; rehefa mibanjina Azy ao Getsemane isika, ra vaventy fitete no hatsembohany, sy eo amin' ny hazo fijaliana maty tao amin' ny ady mihatra aman' aina, rehefa mahita izany isika, dia tsy hitaky ny hankasitrahana intsony ny «izaho». Raha mibanjina an' i Jesosy isika dia ho menatra ny fangatsiahantsika, ny faharendremantsika, ny fitadiavantsika ny tombon-tsoantsika. Ho tiantsika ny ho tonga zava-bitika na ho tsinontsinona, mba hahazoantsika manao ny asa amin' ny fontsika ho an' ny Tompo. Hifaly isika hitondra ny hazo fijaliana manaraka an' i Jesosy, hiaritra ny fitsapana, ny henatra, na ny fanenjehana ho an' ny asany mamintsika. {IFM 472.1}

«Fa isika izay matanjaka dia tokony hitondra ny fahalemen' ny malemy ka tsy hitady izay hahafaly ny tenantsika ihany» 12. Tsy misy fanahy izay mino an' i Kristy azo hamaivanina ny fiheverana azy, na dia mety malemy aza ny finoany, ka mangozohozo toy ny an' ny zazakely ny famindrany. Izay zavatra rehetra manome tombon-tsoa antsika amin' ny hafa, — mety ho fanabeazana izany sy toetra amam-panahy kanto sy mendrika, fitaizana kristiana, fanandramana ara-pivavahana, — dia mampanan-trosa antsika amin' izay kely tombon-tsoa kokoa noho isika, ary araka izay azontsika atao, dia tokony hanompo azy isika. Raha matanjaka isika dia tokony hanohana ny tanan' ny malemy. Ny anjelin' ny voninahitra, izay mahita mandrakariva ny tavan' ny Ray any an-danitra, dia mifaly amin' ny fanompoana ireny madinika ireny. Ny fanahy mangovitra, izay mety manana lafin-toetra maro azo kianina, no karakarainy manokana. Manatrika mandrakariva eo amin' izay ilàna azy indrindra ny anjely, dia eo amin' izay manana ny ady mafy indrindra hatao amin' ny tenany, ary eo amin' izay misy toe-javatra mahakivy indrindra manodidina azy. Koa hiara-miasa amin' io fanompoana io ny tena mpanaraka

an' i Kristy marina. {IFM 472.2}

Raha misy ratsy maharesy ny anankiray amin' ireny madinika ireny ka hanaovany ny tsy mety aminao, dia anjaranao ny mitady izay hamerenana azy. Aza miandry azy hanao ny ezaka voalohany ho fampihavanana. «Ahoana no hevitrareo ? hoy Jesosy. Raha misy olona manana ondry zato, ka mania ny anankiray, moa tsy hamela ny sivy amby sivifolo any an-tendrombohitra va izy ka handeha hitady ilay nania ? Ary raha tahiny hitany izy, dia lazaiko aminareo marina tokoa fa mahafaly azy iny noho ny sivy amby sivifolo izay tsy nania. Ary tahaka izany, dia tsy sitraky ny Rainareo Izay any an-danitra, raha ho very na dia iray aza amin' ireny madinika ireny». {IFM 473.1}

Mandehana mankany amin' izay diso, amin' ny toe-tsaina malemy fanahy, «mihevera ny tenanao, fandrao hianao koa mba halaimpanahy ihany» 13, ka rehefa mitokana hianareo roa lahy, dia asehoy azy ny fahadisoany». Aza mampitondra henatra azy amin' ny famelabelarana ny fahadisoany amin' ny hafa na manala baraka an' i Kristy amin' ny fitondrana ampahibemaso ny fahotana na ny fahadisoan' ny olona iray mitondra ny anarany. Matetika no tsy maintsy lazaina mazava amin' ilay diso ny marina ; tsy maintsy tarihina izy hahita ny fahadisoany, mba hahazoany miova. Nefa tsy tokony hitsara na hanameloka ianao. Aza manandrana miezaka hanamarin-tena. Aoka ho amin' ny fanasitranana ny fiezahanao rehetra. Mila fihetsika malefaka indrindra, fahazoana mahatsapa ny zava-madinika indrindra ny fitsaboana ny ratran' ny fanahy. Ny fitiavana miboiboika avy amin' Ilay Lehilahy orin' i Kalvary ihany no mahomby eto. Fitiavana feno fangorahana no aoka hoentin' ny rahalahy ifandraisana amin' ny rahalahy, ka ho fantatrao fa raha mahomby ianao, dia «hamonjy fanahy tsy ho faty sady hanarona heloka be» 14. {IFM 473.2}

Nefa mety tsy hahomby na dia io ezaka io aza. Amin' izay, hoy Jesosy, «dia ento miaraka aminao ny olona iray na roa». Ny hery miasa mangina mitambatra avy aminy dia mety handresy eo amin' izay tsy nahombiazan' ilay voalohany. Tsy anisan' ny hisehoan' ny olana izy ireo ka azo heverina kokoa fa tsy hanao mizana tsindrian' ila amin' ny fihetsiny, ary hampavesa-danja kokoa ny toroheviny amin' ilay nanao diso izany. {IFM 474.1}

Raha tsy mihaino ireo izy, ary amin' izany ihany, dia hoentina eo anatrehan' ny fitambaran' ny mpino rehetra ny toe-javatra. Aoka hiray amin' ny fivavahana sy ny fitalahoana amim-pitiavana ny mambran' ny fiangonana, amin' ny maha-solontenan' i Kristy azy, mba hotafaverina ilay nandika lalàna. Hiteny amin' ny alalan' ny mpanompony ny Fanahy Masina, ka hifona amin' ilay nania hiverina amin' Andriamanitra. Hoy i Paoly tamin' ny alalan' ny tsindrimandry : «toa an' Andriamanitra mampangataka anay aminareo, solon' i Kristy izahay ka mangataka indrindra aminareo hoe : mihavàna amin' Andriamanitra anie hianareo» 15. Izay mandà io fiangaviana iraisana io dia nanapaka ny fatorana izay mampiray azy amin' i Kristy, ary noho izany

dia mampisaraka ny tenany amin' ny fiarahany amin' ny fiangonana. Noho izany, hoy Jesosy, «dia aoka hataonao ho tahaka ny jentilisa sy ny mpamory hetra izy». Nefa tsy azo heverina ho tafasaraka amin' ny famindrampon' Andriamanitra izy. Aoka tsy hamavoin' ireo rahalahiny taloha izy ka hataony an-tsirambina, fa hokarakaraina amim-pitiavana sy fangorahana, toy ny anankiray amin' ny ondry very izay mbola tadiavin' i Kristy hoentina ao amin' ny valany. {IFM 474.2}

Mamerina amin' ny endrika manokana ny fampianarana nomena ny Isiraely tamin' ny alalan' i Mosesy ny torohevitr' i Kristy momba izay hatao amin' izay nanao diso : «Aza mankahala ny rahalahinao amin' ny fonao, mananara dia mananara ny namanao, mba tsy hahazoanao heloka noho ny aminy» 16. Izany hoe, raha misy manao an-tsirambina ny adidy nasain' i Kristy nataony, amin' ny fiezahana hamerina ireo izay ao anatin' ny fahadisoana sy ny fahotana, dia manjary mpandray anjara amin' ny fahotany izy. Ny ratsy izay tokony ho voasakantsika, dia ananantsika andraikitra tahaka ny isika mihitsy no nanao izany ka mahameloka antsika. {IFM 474.3}

Nefa ilay nanao ratsy ihany no tokony hanehoantsika ny ratsy nataony. Tsy tokony hataontsika anton-dresaka sy faninitsiniana eo amintsika samy isika izany ; na dia aorian' ny nilazana izany tamin' ny fiangonana aza dia tsy azontsika atao ny mamerimberina izany amin' ny hafa. Ho fanafintohinana fotsiny ho an' izao tontolo izao tsy mino ny fahalalana ny fahadisoan' ny kristiana ; ary amin' ny fijanonana ela amin' ireny zavatra ireny dia tsy afaka handray afa-tsy ratra ianao ; ny fibanjinana mantsy no manova antsika. Raha miezaka ny hanitsy ny fahadisoan' ny rahalahy isika, dia hitarika antsika ny Fanahin' Andriamanitra ka hiaro azy betsaka araka izay azo atao, amin' ny faninitsiniana, eny, na dia ny avy amin' ny rahalahin' ny tenany aza, ary mihoatra lavitra noho izany amin' ny fanomezan-tsinin' izao tontolo izao tsy mino. Ny tenantsika koa mba diso, ka mila ny fangorahan' i Kristy sy ny famelan-kelony, ary tahaka ny haniriantsika Azy hifandray amintsika, no hibaikoany ny fifandraisantsika samy isika. {IFM 475.1}

«Na inona na inona fehezinareo etỳ ambonin' ny tany dia hofehezina any an-danitra, ary na inona na inona vahanareo etỳ ambonin' ny tany dia hovahana any an-danitra». Amin' ny mahaambasadaoron' ny lanitra anao, dia ho amin' ny mandrakizay ny vokatry ny asanao. {IFM 475.2}

Tsy tokony hoentintsika samirery anefa io andraikitra lehibe io. Na aiza na aiza ankatoavana ny teniny amin' ny fo madio, dia itoeran' i Kristy. Tsy eo amin' ny fihaonan' ny fiangonana fotsiny no manatrika Izy, fa na aiza na aiza no ivorian' ny mpianany amin' ny anarany, na vitsy toy inona aza, dia ho ao koa Izy. Ary hoy Izy : «Raha misy roa aminareo mifanaiky etỳ ambonin' ny tany na amin' inona na amin' inona ka hangataka izany, dia ho azony avy amin' ny Raiko Izay any an-danitra izany». {IFM 475.3}

Hoy Jesosy : «Ny Raiko Izay any an-danitra», mampahatsiaro ny mpianany Izy amin' izany fa raha mifamatotra amin' izy ireo Izy amin' ny maha-olombelona Azy, raha mandray anjara amin' ny fitsapana mahazo azy Izy, ary miray fo miny eo amin' ny fahoriany, amin' ny maha-Andriamanitra Azy kosa dia mifandray amin' ny seza fiandrianan' ny Mandrakizay Izy. Toky mahagaga ! Miray amin' ny olona ireo anjelin' ny lanitra eo amin' ny firaisam-po sy ny asa hamonjena izay very. Koa ny herin' ny lanitra rehetra no entina mikambana amin' ny fahaizan' ny olona hisarika fanahy ho an' i Kristy. {IFM 475.4}

## Toko 49—Tamin' ny andro firavoravoana

In telo isan-taona ny Jiosy no nasaina nivory tany Jerosalema noho ny antony ara-pívavahana. Nisarona tao amin' ny andry rahona, Ilay Mpitarika an' Isiraely tsy hita maso, raha nanome ny toro-marika mikasíka ireo fivoriana ireo. Nandritra ny fahababoan' ny Jiosy, dia tsy voatandrina ireo ; nefa rehefa tafaverina teo amin' ny taniny ny vahoaka, dia nanomboka indray ny fanarahana ireo fahatsiarovana ireo. Fikasan' Andriamanitra ireo tsingerin-taona ireo hampahatsiahy Azy amin' ny sain' ny vahoaka. Nefa very tsy teo imason' ny mpisorona sy ny mpitarika ny zava-kendren' izany, afa-tsy ho an' ny olom-bitsy sasantsasany. Ilay nibaiko ireo fivoriam-be ataon' ny firenena ireo ka nahalala ny dikany, dia nanatri-maso ny famadihana an' ireny. {IFM 477.1}

Ny andro firavoravoana 1 no fivoriana namarana ny taona. Ny fikasan' Andriamanitra tamin' io fotoana io dia ny hitarafan' ny vahoaka ny fahalemem-panahiny sy ny famindrampony. Teo ambanin' ny fitarihany ny tany manontolo, nandray ny fitahiany. Nitohy andro aman' alina ny fikarakarany. Nampahavokatra ny tany ny masoandro sy ny ranonorana. Voangona ny vokatra avy amin' ny lohasaha sy ny tanety midadasika manerana an' i Palestina. Efa notohazana ny voan' oliva, ary notehirizina tao anatin' ny tavoahangy ny menaka sarobidy. Efa nameno ny fitehirizana azy ny hazo palma. Efa nohitsakitsahina tao amin' ny famiazam-boaloboka ny sampahon' ny voaloboka mena. {IFM 477.2}

Nitohy nandritra ny hafitoana ny lanonana, ary mba hankalazana izany dia nandao ny tokantranony ka nankany Jerosalema ny mponin' i Palestina, niaraka tamin' ny olona maro avy tamin' ny tany hafa. Tonga avy lavitra sy akaiky ny olona, nitondra maripifaliana teny an-tanany. Ny antitra sy ny tanora, ny manan-karena sy ny mahantra, dia samy nitondra fanomezana avy ho fanatipisaorana ho an' Ilay namarana ny taona tamim-boninahitra tamin' ny hatsarany, ka nahatonga ny lalany ikorianan' ny matavy. Izay rehetra mety mahafinaritra ny maso, ka haneho fifaliana ho an' ny rehetra, dia nentina avy tany an' ala ; naka ny endriky ny ala tsara tarehy ny tanàna. {IFM 478.1}

Tsy fisaorana fotsiny noho ny vokatra io andro firavoravoana io, fa fahatsiarovana koa ny fiarovana sy ny fikarakaran' Andriamanitra an' Isiraely tany an-efitra. Ho fahatsiarovana ny fiainana tao an-day, dia nitoetra tao amin' ny trano heva na tao amin' ny tabernakely natao tamin' ny rantsan-kazo maitso ny Zanak' Isiraely. Natsangana teny amin' ny arabe ireny, teny amin' ny kianjan' ny tempoly, na teny an-tampon-trano. Ny havoana sy ny lohasaha manodidina an' i Jerosalema koa dia nisy ireny toerana ipetrahana natao tamin' ny ravin-kazo ireny tetsy sy teroa, ka toa manan' aina sy feno olona. {IFM 478.2}

Hira masina sy hiram-pisaorana no nentin' ny mpivavaka mankalaza izany. Fotoana kely talohan' ny andro firavoravoana ny androm-panavotana, izay nanambarana fa vita

fihavanana amin' ny lanitra ny vahoaka rehefa niaiky ny fahotany. Tamin' izay dia voaomana ny lalana hisian' ny fifaliana amin' ny andro firavoravoana. «Miderà an' i Jehovah fa tsara Izy ; fa mandrakizay ny famindrampony»2. Izany no nisandratra tamim-boninahitra, ary ny zavamaneno isan-karazany, niaraka tamin' ny antsoantson' ny hosana, no nanaraka ny hira rodobe. Ny tempoly no foiben' ny fifalian' izao rehetra izao. Teo ny firamaraman' ireo fanompoam-pivavahana fanatitra. Teo, ny antokom-pihiran' ny Levita no nitarika ny fanompoam-pivavahana an-kira nilahatra andaniny sy ankilan' ny tohatohatra vatososa fotsy teo amin' ny tempoly masina. Ny sarambaben' ny mpivavaka kosa, nanofahofa sampan-drofia sy rantsankazo maitso mandavan-taona, nanaraka ny hira, ary nampanakoaka ny isan' andininy ; ary nifamalivaly ny feo akaiky sy lavitra, mandrapahatonga ny havoana manodidina ho rakotry ny feo sy ny fiderana. {IFM 478.3}

Tamin' ny alina dia namirapiratry ny fahazavana namboarina ny tempoly sy ny kianjany. Ny feon-java-maneno, ny sampandrofia nihofahofa, ny hosanam-pifaliana, ny vahoaka marobe tafavory, izay nitosahan' ny fahazavana avy tamin' ny jiro nahantonkantona, ny haingon' ny mpisorona, sy ny voninahitry ny fanompoampivavahana, ireo rehetra ireo tafaray dia nahatonga io toe-javatra io ho tafalatsaka lalina ao am-pon' ny mpijery. Nefa ny fanompoampivavahana manaitra indrindra tamin' ny andro firavoravoana, izay nitondra ny fifaliana lehibe indrindra, dia ny fahatsiarovana ny toe-javatra nandritra izay nitoerana tany an-efitra. {IFM 479.1}

Raha vao miposaka ny masoandro, dia mampaneno akora lava sy mafy ny mpisorona amin' ny trompetra volamenany, ary ny setrin' ny trompetra sy ny horakora-pifaliana ataon' ny vahoaka any anaty trano heva, nanakoako nanérana ny havoana sy ny lohasaha, no niarahabana io androm-piravoravoana io. Manaraka izany dia maka rano eran' ny siny avy tao amin' ny reniranon' i Kedrona ny mpisorona, ka nasandrany ambony, ary raha naneno ny trompetra, dia niakatra ireo tohatra nidadasiky ny tempoly izy, nanaraka ny ban-kiran' ny zava-maneno niadana sy nirindra, ary nihira tsindraindray hoe : «Ny tongotray efa mijoro eo anatin' ny vavahadinao, ry Jerosalema ô» 3. {IFM 479.2}

Nentiny ny siny teo am-povoan' ny alitara, izay teo afovoan' ny kianjan' ny mpisorona no nisy azy. Nisy tavy volafotsy roa teo, ary nisy mpisorona nijoro teo andaniny sy teo an-kilany. Narotsaka tao amin' ny anankiray ny rano tao amin' ny siny, ary divay eran' ny siny tao amin' ny anankiray ; dia nikoriana tao amin' ny lalan-drano nifandray amin' ny Kedrona ny tao anatin' ireo tavy roa ireo, ary notarihina ho any amin' ny Ranomasina Maty. Io fampisehoana momba ny rano natokana io dia tandindon' ny rano izay niboiboika avy tamin' ny vatolampy, rehefa nibaiko Andriamanitra, mba hampitony ny hetahetan' ny Zanak' Isiraely. Nikarantsana tamin' izay ny feon-kiram-piravoravoana, nanao hoe : «Fa Jehovah Tompo no heriko sy fiderako», «koa amin' ny fifaliana no hantsakanareo rano amin' ny loharanom-pamonjena» 4. {IFM 479.3}

Raha niomana hanatrika ny Androm-piravoravoana ny zanak' i Josefa, dia tsikariny fa

tsy nisy fihetsika nataon' i Kristy manambara fa nikasa hanatrika an' izany Izy. Nitebiteby izy ireo nanaraAzy. Hatramin' ny fanasitranana tany Betesda dia tsy nanatrika fivoriam-pirenena Izy: Mba hialany amin' ny fifanoherana tsy misy vokany amin' ny mpitarika tany Jerosalema, dia noferany tany Galilia ny asany. Nahavery hevitra ny olona manodidina Azy, ny toa fanaovana an-tsirambina ny fivoriam-pivavahana lehibe sy ny fandrafiana nasehon' ny mpisorona sy ny raby taminy, ary na dia ny mpianany sy ny havany aza dia very hevitra tamin' izany. Ny fampianarany dia nanantitranterany ny fitahiana avy amin' ny fankatoavana ny lalàn' Andriamanitra, nefa ny tenany toa tsy niraika tamin' ny fanompoam-pivavahana izay naorin' Andriamanitra. Ny fifangaroany tamin' ny mpamory hetra sy ny olona ratsy laza anefa, ny tsy fiheverany ny fitsipika nomen' ny raby, sy ny fahafahana noraisiny nanalany ireo fitakian' ny lovan-tsofina mikasika ny Sabata, izany rehetra izany dia toa nametraka Azy ho mpanohitra ny fahefana ara-pivavahana, ka nahatonga fanontaniana betsaka. Noheverin' ny rahalahiny fa diso Izy tsy nifanaraka tamin' ny olona ambony sy manam-pahefana tao amin' ny firenena. Tsapany fa tsy maintsy ho manana ny marina ireny olona ireny, ary Jesosy no diso mametraka ny Tenany eo amin' izay hanoherany azy. Efa nahita maso ny toetrany tsy misy tsiny anefa izy ireo ary na dia tsy nampilahatra ny tenany tamin' ny mpianany aza Izy, dia latsaka lalina tao ampony ny asany. Nitondra fahafaham-po ho an' ny hambom-pon' izy ireo ny fitiavan' ny olona Azy tany Galilia ; mbola nanantena izy ireo fa hanome porofo mazava ny amin' ny heriny Izy izay hitarika ny Fariseo hahita fa tena araka izay lazainy tokoa Izy. Koa raha Izy moa no Mesia, Ilay Andrian' Isiraely dia nampirehareha Azy ary nanome fahafaham-po Azy io fisainana nankamamiany io. {IFM 479.4}

Nitebiteby indrindra izy momba izany, hany ka namporisihany Kristy ho any Jerosalema : «Miala eto, hoy izy, ka mandehana ho any Jodia, mba ho hitan' ny mpianatra ao koa izay asa ataonao ; fa tsy misy olona manao zavatra amin' ny takona, nefa ny tenany mitady ho hita miharihary ; raha manao izany zavatra izany Ianao, dia misehoa amin' izao tontolo izao». Ny hoe «raha» dia mitory fisalasalana sy tsy finoana. Nolazainy fa kanosa sy malemy Izy. Raha fantany fa Izy no Mesia, nahoana izao fitokatokanana hafahafa sy izao tsy fihetsehana izao ? Raha tena manana hery toy izany marina Izy, nahoana no tsy mandeha an-kasahiana ho any Jerosalema, ka manamafy ny fitakiany ? Nahoana no tsy tanterahiny any Jerosalema ny asa mahagaga nolazaina fa nataony tany Galilia ? Aza miafina any amin' ny faritany mitokatokana hoy izy ireo, ary aza atao ho tombon-tsoan' ny tantsaha sy ny mpanarato badolahy ny asa mahery ataonao. Misehoa any an-drenivohitra, ataovy izay ahazoanao ny fanohanan' ny mpisorona sy ny mpanapaka, ka ampiraiso ny firenena amin' ny fananganana ny fanjakana vaovao. {IFM 480.1}

Ny fomba fihevitr' ireo rahalahin' i Jesosy ireo dia nomban' ny fitiavan tena araka

izay hita matetika ao am-pon' ireo be hambompo sy tia fisehosehoana. Io teo-tsaina io no toe-tsaina mifehy an' izao tontolo izao. Tafintohina izy satria tsy nitady seza fiandrianana araka izao tontolo izao Kristy, fa nanambara ny tenany ho mofon' aina. Diso fanantenana be izy ireo rehefa be dia be toy izany ny mpianany nandao Azy..Izy ireo koa aza niala taminy mba handosirany ny hazo fijaliana noho ny fanekeny izay nambaran' ny teniny - dia hoe Izy no Ilay nirahin' Andriamanitra. {IFM 481.1}

«Dia hoy Jesosy taminy: Tsy mbola tonga ny fotoako ; fa ny fotoanareo dia vonona lalandava. Tsy mahazo mankahala anareo izao tontolo izao ; fa Izaho no halany, satria milaza fa ratsy ny asany. Miakara ho amin' ny andro firavoravoana ianareo ; fa Izaho tsy mbola miakatra ao amin' ity andro firavoravoana ity ; satria tsy mbola tonga ny fotoako. Ary rehefa nilaza izany teny izany taminy Izy, dia mbola nitoetra tany Galilia ihany». Nanao teny mitory fahefana taminy ny rahalahiny, ka nanamarina ny lalan'a tokony hodiaviny. Naveriny taminy ny fanomezan-tsiny, ka tsy nalahany tamin' ireo mpianany nandà-tena izy, fa tamin' izao tontolo izao. «Tsy mahazo mankahala anareo izao tontolo izao, hoy Izy, fa Izaho no halany, satria milaza fa ratsy ny asany». Tsy mankahala an' izay mitovy toe-tsaina aminy izao tontolo izao, tiany tahaka ny azy ny toy izany. {IFM 481.2}

Tsy toerana hiadanana sy hampitomboana ny fahalehibeazan' ny tena izao tontolo izao ho an' i Kristy. Tsy niandry fotoana mety Izy hakany ny voninahiny sy ny fahefany. Tsy nanana izany vidiny izany izao tontolo izao taminy. Toerana nanirahan' ny Rainy Azy izany. Nomena ho fiainan' izao tontolo izao Izy, hahatontosa ny drafitra lehiben' ny fanavotana. Nanatanteraka ny asany lehibe ho an' ny taranaka lavo Izy, nefa tsy tokony hirehareha foana, tsy tokony hirotoroto hiditra amin' ny loza, tsy tokony hanafaingana ny zava-tsarotra. Samy manana ny ora voatondro ho amin' izany avy ny toe-javatra rehetra eo amin' ny asany. Tsy maintsy miandry amimpaharetana Izy. Fantany fa handray ny fankahalan' izao tontolo izao Izy ; fantany fa fahafatesana no ho vokatry ny asany ; nefa tsy sitrapon' ny rainy ny hanatonany ny loza alohan' ny fotoana. {IFM 481.3}

Hatreo Jerosalema dia niely tamin' ny toerana rehetra niparitahan' ny Jiosy ny tatitra momba ny fahagagana nataon' i Kristy ; ary na dia efa am-bolana maro aza no tsy nanatrehany ny andro firavoravoana, dia tsy nihena ny fahalianana ny Aminy. Betsaka ny olona avy tamin' ny faritra rehetra amin' izao tontolo izao no niakatra tamin' ny andro firavoravoana ny amin' ny Tabemakely satria nanantena ny hahita Azy. Raha nanomboka ny andro firavoravoana dia betsaka ny fanontaniana ny Aminy. Nanampo Azy ho avy ny Fariseo sy ny mpanapaka, ka nanantena fa hisy fotoana mety hanamelohana Azy. Nitebiteby izy ireo nanontany hoe : «Aiza Izy?» Tsy nisy nahalala anefa. Ny fieritreretana azy no ambony indrindra tao amin' ny saina rehetra. Noho ny tahotra ny mpisorona sy ny mpanapaka, dia tsy nisy sahy ho nanaiky Azy ho Mesia, nefa hatraiza hatraiza dia nisy adi-hevitra mangina nefa nafana momba Azy. Betsaka no niaro Azy ho

Ilay nirahin' Andriamanitra, fa ny hafa kosa niampanga Azy ho mpamita-bahoaka. {IFM 482.1}

Nandritra izany fotoana izany dia tonga mangina tany Jerosalema Jesosy. Lalana tsy nahazatra no nofidiny mba hialany amin' ny mpandeha izay efa ho ao an-tanàna avy tamin' ny faritra rehetra. Raha niaraka tamin' ny mpanao andiany hiakatra ho any amin' ny andro firavoravoana Izy, dia ho voatarika ho eo Aminy ny sain' ny besinimaro raha niditra tao an-tanàna Izy, ka hanangana ny manampahefana hanohitra Azy izay fanehoan' ny vahoaka ny fanohanany Azy. Mba hialana amin' izany no nifidianany ny hanao ny diany samirery. {IFM 482.2}

Teo afovoan' ny andro firavoravoana, rehefa nafana dia nafana ny fahalianan' ny olona momba ny Aminy, dia niditra tao amin' ny kianjan' ny tempoly Izy teo anatrehan' ny vahoaka marobe. Noho Izy tsy hita tamin' ny andro firavoravoana, dia nohantitranterina fa tsy sahy mametraka ny tenany eo amin' ny fahefan' ny mpisorona sy ny mpanapaka Izy. Zendana ny olona rehetra noho ny fanatrehany. Nangina ny feo rehetra. Nampitolagaga azy rehetra ny fahamendrehany sy ny herim-po hita teo amin' ny fihetsiny teo anivon' ireto fahavalo mahery izay nangetaheta ny handatsak' aina Azy. {IFM 482.3}

Raha nijoro toy izany Jeosy, ka nanintona ny sain' ny vahoaka nifanizina, dia niteny taminy Izy tahaka izay tsy mbola nisy niteny toy izany. Hita teo amin' ny teniny fa nahalala ny lalàna sy ny fitsipika teo amin' Isiraely Izy, nahalala ny fanompoam-pivavahana araka ny fanatitra sy ny fampianaran' ny mpaminany mihoatra lavitra noho ny mpisorona sy ny raby. Narodany ny fefy natsangan' ny fombafomba ivelany sy ny lovan-tsofina. Toa nivelatra teo anatrehany ny toe-javatra amin' ny fiainana ho avy. Tahaka Ilay mahita ny tsy hita Izy, raha niteny tamin' ny fahefana mazava ny amin' ny eto an-tany sy ny any an-danitra, ny momba ny olombelona sy ny momba an' Andriamanitra. Faran' izay nazava sy nampiaiky ny teniny ; ary tahaka ny tany Kapernaomy, dia gaga indray ny vahoaka tamin' ny fampianarany : «Satria nisy fahefana ny teniny»5. Nasehony tamin' ny fomba samihafa sady nampitandrina ny mpihaino Azy ny amin' ny antambo hanjo izay rehetra manda ny fitahiana tonga nentiny ho azy Izy. Efa nomeny azy ny famantarana rehetra azo nomena ny maha-avy amin' Andriamanitra Azy, ka nataony ny ezaka rehetra azo atao hitondrana azy ho eo amin' ny fibebahana. Tsy ny fireneny no handà sy hamono Azy raha azony atao ny hamonjy azy amin' ny fanamelohan' ny asa toy izany. {IFM 482.4}

Gaga ny rehetra tamin' ny fahaizany ny lalàna sy ny mpaminany ; ary nifanontany izy ireo hoe : «Ahoana no nahaizan' Ilehity soratra, nefa tsy mba nianatra Izy ?» Tsy nisy olona noheverina ho afaka ho tonga mpampianatra ara-pivavahana raha tsy efa nianatra tao amin' ny sekolin' ny raby, koa noheverina fa tsy nanam-pahalalana Jesosy sy Jaona Mpanao batisa satria tsy nandalo io fanazarana io. Zendana izay nihaino azy ireo noho ny

fahalalany ny Soratra Masina, nefa «tsy nianatra mihitsy». Tsy nianatra tamin' olombelona izy ireo, marina izany ; fa ny Andriamanitry ny lanitra no nampianatra azy, ary avy taminy no nandraisany ny fahendrena ambony karazana indrindra. {IFM 483.1}

Raha niteny tao amin' ny kianjan' ny tempoly Jesosy, dia liana tsy nahateny ny vahoaka. Ny olona izay nasiaka indrindra taminy no nahatsapa fa tsy nanan-kery hanisy ratsy Azy. Tamin' io fotoana io, dia hadino avokoa ny tombon-tsoa rehetra. {IFM 483.2}

Isan' andro isan' andro, dia nampianatra ny vahoaka Izy, hatramin' ny andro farany, izay andro lehibe tamin' ny «andro firavoravoana». Tamin' ny marainan' io andro io, dia sasatry ny lanonana naharitra ela ny olona. Nanandratra ny feony tampoka Jesosy izay nikarantsana nameno ny kianjan' ny tempoly ka nanao hoe : «Raha misy olona mangetaheta, aoka izy hanatona Ahy ka hisotro. Izay mino Ahy, dia hisy onin' ny rano velona hiboiboika avy ao an-kibony». Ny toe-javatra nisy teo amin' ny vahoaka dia nahatonga io antso io hanan-kery. Zavatra marevaka hatrany sy lanonana no natrehiny, jambenan' ny fahazavana sy ny loko ny masony, ary naharevo ny sofiny ny feon-java-maneno kanto indrindra ; nefa tsy nisy na inona na inona tao amin' izany fanompoam-pivavahana nifandimby izany izay namaly ny fanirian' ny fo, sy nanome fahafaham-po ny fanahy mangetaheta ny zavatra maharitra mandrakizay. Niantso azy Jesosy hanatona ka hisotro amin' ny loharanon' aina, izay mety ho onin' ny rano velona ao aminy, miboiboika ho amin' ny fiainana mandrakizay. {IFM 483.3}

Iny maraina iny ny mpisorona dia nanao fanompoam-pivavahana izay fahatsiarovana ny nikapohana ny vatolampy tany an-efitra. Tandindon' Ilay hampikoriana onin' ny famonjena mitondra aina ho an' izay rehetra mangetaheta io vatolampy io. Ny tenin' i Kristy no ranon' aina. Teo anatrehan' ny vahoaka tafavory marobe no nitokanany mba hokapohina ka ho afaka hikoriana ho an' izao tontolo izao ny ranon' aina. Raha nikapoka an' i Kristy i Satana, dia nihevitra izy fa handringana ny Andrianan' ny fiainana ; avy tamin' ilay vatolampy nokapohina anefa no indro nikoriana ny ranovelona. Raha niteny toy izany tamin' ny vahoaka Jesosy, dia nangitakitaka feno fanajana miharo tahotra tsy nahazatra ny fony, ka betsaka no vonona hiloa-bava niaraka tamin' ilay vehivavy Samaritana hoe : «Omeo izany rano izany aho, mba tsy hangetaheta intsony». {IFM 484.1}

Fantatr' i Jesosy ny fanirian' ny fanahy. Ny rendrarendra, ny harena sy ny voninahitra dia tsy mety mahafa-po ny fanirian' ny fo. «Raha misy mangetaheta, aoka izy hanatona Ahy». Ny manankarena, ny mahantra, ny ambony, ny ambany, dia samy raisiny tsara avokoa. Mampanantena ny hanamaivana ny saina mitondra entana mavesatra Izy, ny hampionona ny malahelo, sy hanome fanantenana ny kivy. Betsaka tamin' ireo izay nandre an' i Jesosy no nitomany noho ny fahadisoam-panantenany, betsaka no namelona alahelo miafina, betsaka no niezaka hanome fahafaham-po ny faniriany tsy mety lefy ny zavatra eo amin' izao tontolo izao sy ny fideran' ny olona ; rehefa azony anefa ny zavatra

rehetra, dia hitany fa niasa mafy izy mba hahatongavany fotsiny eo amin' ny lavaka famoriandrano triatriatra izay tsy mahatony ny hetahetany. Mitoetra eo ampovoan' ny famirapiratana sy ny fifaliana izy, tsy afa-po sady malahelo. Nanaitra azy avy tamin' ny fandinihany tena mampahory ilay antso tampoka manao hoe: «Raha misy mangetaheta», ary raha nihaino ny teny manaraka izy, dia nitsiry tao an-tsainy ny fanantenana vaovao. Nasehon' ny Fanahy Masina teo anatrehany ny tandindona mandra-pahitany teo amin' izany ny fanomezana tsy azo vidim-bola na amin-karena ny famonjena atolotra azy. {IFM 484.2}

Mbola mitohy ny antson' i Kristy ho an' ny fanahy mangetaheta, ary miangavy antsika amin-kery lehibe kokoa mihoatra noho ny tamin' ny fotoana nandrenesana izany tao amin' ny tempoly tamin' ny andro farany tamin' ilay fety. Mivoha ho an' ny rehetra ny loharano. Tolorana ny higoka ny fiainana mandrakizay mamelombelona ny reraka sy sasatra. Mbola miantso Jesosy hoe : «Raha misy mangetaheta, aoka izy hanatona Ahy ka hisotro». «Aoka ho avy izay mangetaheta. Ary izay mety, aoka izy hisotro maimaimpoana amin' ny ranon' aina». {IFM 485.1}

«Fa na iza na iza no misotro ny rano izay homeko azy dia tsy hangetaheta mandrakizay ; fa ny rano izay homeko azy dia ho loharano miboiboika ao anatiny ho fiainana mandrakizay»6. {IFM 485.2}

## Toko 50—Tao anatin' ny fandrika

Nandritra ny fotoana rehetra nolanian' i Jesosy tany Jerosalema tamin' ny andro firavoravoana, dia nitsongo dia azy miafina ny mpitsikilo. Isan' andro isan' andro dia nisy tetika niezahana hampangina Azy. Na ny pretra na ny loholona dia nitady ny hamandrika Azy 1. Nanao drafitra izy ireo hanakana azy amin' ny alalan' ny herisetra. Tsy izany ihany anefa. Niriny koa ny hampietry ity raby Galiliana eo anatrehan' ny vahoaka. {IFM 487.1}

Tamin' ny andro voalohany nanatrehany ny andro firavoravoana, dia tonga teo aminy ny mpanapaka, ka nanontany na fahefana inona no nampianarany. Tiany ny hampivily ny saina tsy hifantoka Aminy fa amin' ny fanontaniana mikasika ny zony ampianarany, ary amin' izany dia hampifantoka ny saina amin' ny maha-ambony azy ireo sy ny fahefany. {IFM 487.2}

«Tsy Ahy ny fampianarako, hoy Jesosy, fa an' Izay naniraka Ahy. Raha misy olona ta hanao ny sitrapony, dia hahalala ny amin' ny fampianarana izy, na avy amin' Andriamanitra izany, na miteny ho Ahy Aho». Mba hamaliana ny fanontanian' ireo mpanaraby ireo, dia tsy fanarabiana no nasetrin' i Jesosy azy, fa nosokafany teo anatrehany ny fahamarinana iankinan' ny aina ho amin' ny famonjena ny fanahy. Miankina bebe kokoa amin' ny fo mihoatra noho ny amin' ny saina, hoy Izy, ny fahafantarana sy ny fahazoana mankasitraka ny fahamarinana. Tsy maintsy horaisina ao amin' ny fanahy ny fahamarinana ; mitaky fanajana fatratra avy amin' ny sitrapp izany. Raha azo atao ny mampilefitra ny fahamarinana amin' ny saina mandanjalanja irery, dia tsy hanembatsembana ny lalana handraisana azy ny avonavona. Tsy maintsy horaisina amin' ny alalan' ny asa fanasoavana ao am-po izany ; ary miankina amin' ny famoizana ny fahotana rehetra izay hasehon' ny Fanahin' Andriamanitra ny fandraisana izany. Ho hita fa tsy hitondra soa ho an' ny olona ny tombon-tsoa raisiny amin' ny fandraisana ny fahalalana ny fahamarinana, na dia lehibe aza ireny tombon-tsoa ireny, raha tsy vohaina ny fo handray ny fahamarinana, ka misy fampileferana iniana ny fahazarana sy ny fanao rehetra izay mifanohitra amin' ny foto-keviny. Izay milefitra toy izany amin' Andriamanitra, maniry marina tokoa hahalala sy hanao ny sitrapony, dia anehoana ny faha-marinana amin' ny maha-herin' Andriamanitra Azy ho amin' ny famonjena azy. Ireny dia ho afaka hanavaka izay miteny amin' Andriamanitra, sy izay miteny avy amin' ny tenany fotsiny. Tsy napetraky ny Fariseo hiandany amin' ny sitrapon' Andriamanitra ny sitrapony. Tsy niezaka ny hahalala ny fahamarinana izy, fa ny hahita fialan-tsiny handosirana izany ; nasehon' i Kristy fa izay no antony tsy ahazoany ny fampianarany. {IFM 487.3}

Nanome fomba fisedrana izay ahazoany manavaka ny tena mpampianatra sy ny mpamitaka Izy izao : «Izay miteny ho azy dia mitady ny voninahitry ny tenany ; fa izay

mitady ny voninahitr' Izay naniraka Azy no marina, ary tsy misy tsy fahamarinana ao aminy». Izay mitady ny voninahitry ny tenany dia miteny avy amin' ny tenany ihany. Ny toe-tsaina mitady ny tombon-tsoan' ny tena dia maneho ny niavian' izany. Kristy kosa nitady ny voninahitr' Andriamanitra. Nilaza ny tenin' Andriamanitra Izy. Io no porofo mazava ny amin' ny fahefany ny amin' ny maha mpianatry ny fahamarinana Azy. {IFM 488.1}

Nanome porofo ny raby ny amin' ny maha-Andriamanitra Azy Jesosy tamin' ny fanehoany fa mahay mamaky ny ao am-po Izy. Hatramin' ny fanasitranana tany Betesda dia efa nifofo izay ahafaty Azy izy ireo. Tamin' izany dia izy tenany no nandika ny didy izay nolazaina fa narovany. «Tsy Mosesy va no nanome anareo ny lalàna ? hoy Izy, nefa tsy misy eo aminareo mankatò ny lalàna. Nahoana hianareo no mitady hamono Ahy». {IFM 488.2}

Tahaka ny fahazavana mitselatra tampoka ireo teny ireo izay nampiseho tamin' ny raby ny lavaka mangitsokitsoky ny fahafatesana izay efa hirobohany. Feno horohoro izy aloha fotoana kely. Hitany fa niady tamin' ny hery tsy hita fetra izy. Tsy tiany anefa ny hanarina. Mba hihazonany ny heriny miasa mangina amin' ny vahoaka, dia tsy maintsy hafenina ny fikasany hamono olona. Nialany ny fanontaniana nataon' i Jesosy, ka hoy izy hoe :: «Manana demonia Hianao, iza no mitady hamono Anao?» Nasisiny ny hevitra milaza fa ny asa mahagaga vitan' i Jesosy dia nampanaovin' ny fanahy ratsy. {IFM 488.3}

Tsy noraharahain' i Kristy io hevitra io. Notohizany izay hanehoany fa mifandrindra amin' ny lalàna momba ny Sabata ny asa fanasitranana tany Betesda, ary ny fomba fandraisan' ny Jiosy ny lalàna mihitsy dia manamarina izany. Hoy Izy : «Izao no nanomezan' i Mosesy anareo ny famorana . . . ka na dia amin' ny Sabata aza dia mamora ihany hianareo». Araka ny lalana dia tsy maintsy forana amin' ny andro fahavalo ny zaza rehetra. Na dia mianjera Sabata aza ny andro voatondro, dia tsy maintsy tanterahina amin' izay ny fomba. Koa manoatra lavitra noho izany no tsy maintsy ifandrindran' ny nanaovany olona anankiray «sitrana avokoa ny tenany rehetra amin' ny Sabata» amin' ny toe-tsain' ny lalàna. Dia nananatra azy Izy tsy «hitsara araka ny miseho, fa mba hitsara marina». {IFM 489.1}

Nangina ireo mpanapaka ; ary betsaka ny olona no niloa-bava hoe : «Tsy Ilehity va Ilay tadiaviny hovonoina ? Ary indro Izy miteny miharihary, nefa tsy misy mitana Azy akory. Sao efa fantatry ny mpanapaka anie fa io no Kristy ?» {IFM 489.2}

Betsaka tamin' ireo mpihaino an' i Kristy no mponina tany Jerosalema izay nahafantatra tsara ny fandrika nataon' ny mpanapaka hamelezana Azy, no voatarika ho eo Aminy tamin' ny alalan' ny hery tsy hay tohaina. Nanindry azy ny faharesen-dahatra fa Izy no Zanak' Andriamanitra. Vonona anefa i Satana hanipy hevitry ny fisalasalana ;

ary nanomana ny lalana ho amin' izany ny hevidiso nananan' izy ireo momba ny Mesia sy ny fiaviany. Ninoan' ny besinimaro fa ho teraka any Betlehema Kristy, nefa rehefa afaka fotoana kely' dia tsy ho hita izay alehany, ary amin' ny fisehoany fanindroany dia tsy hisy hahalala izay niaviany. Tsy vitsy no nitana fa tsy hanana fifandraisana ara-nofo amin' ny maha-olombelona ny Mesia. Koa satria tsy neken' i Jesosy avy any Nazareta ny fiheveran' ny besinimaro momba ny voninahitry ny Mesia, dia maro no nihaino ny hevitra nasisika hoe : «Nefa fantatsika izay niavian' Ilehio, fa raha avy Kristy, tsy misy mahalala izay hiaviany». {IFM 489.3}

Raha mbola nihahanahana teo anelanelan' ny fisalasalana sy ny finoana toy izany izy, dia noraisin' i Jesosy ny eritreriny ka novaliany hoe : «Izaho dia fantatrareo, sady fantatrareo koa izay niaviako, ary tsy avy ho Ahy Aho, fa marina ny naniraka Ahy, Izay tsy fantatrareo. Nilaza izy fa manana fahalalana momba ny tokony ho fiainan' i Kristy, nefa tsy nisy na inona na inona fantany ny amin' izany. Raha nivelona araka ny sitrapon' Andriamanitra izy, dia ho fantany fa naseho teo aminy ny Zanany. {IFM 489.4}

Tsy afaka ny tsy hahazo ny tenin' i Kristy ny mpihaino Azy. Famerenana mazava izay nolazainy teo anatrehan' ny Synedriona izany, volana maro talohan' izao, raha nanambara ny tenany ho Zanak' Andriamanitra Izy. Niezaka ny hamono Azy moa ny mpanapaka tamin' izay, koa nataony izay hisamborana Azy tamin' io fotoana io ; nisy hery tsy hita maso nisakana Azy anefa, izay nametra ny faharomotany, toa nilaza taminy hoe : «hatreto no alehanao ary tsy mihoatra izany». {IFM 490.1}

Teo anivon' ny vahoaka dia betsaka no nino Azy, ka nanao hoe : «Raha tonga Kristy, moa hanao famantarana maro mihoatra noho ny nataon' ity Lehilahy ity va Izy ?» Ren' ireo mpitarika ny Fariseo izay nitebiteby nanara-maso ny fandehan-javatra dia nahatsikaritra ny teny nitory firaisam-po tamin' i Kristy teo amin' ny vahoaka. Niolomay tany amin' ny lehiben' ny mpisorona izy ireo ka nametraka ny drafitra nataony hisamborana Azy. Nokendreny, na dia izany aza, ny handray Azy rehefa irery Izy ; tsy sahiny mantsy ny hitana Azy eo anatrehan' ny vahoaka. Nasehon' i Jesosy indray fa mamaky ny fikasany tao am-pony Izy. «Kely foana hoy Izy, no itoerako eto aminareo, dia hankany amin' ny naniraka Ahy Aho. Hitady Ahy ianareo fa tsy hahita, ary izay itoerako dia tsy ho azonareo haleha. «Kely sisa dia hahita ny fialofana tsy ho tratry ny fanarabiana sy ny fankahalana Izy. Hiakatra ho any amin' ny Ray Izy, ho tonga Ilay Ankalazain' ny anjely indray ; ary tsy ho tonga any mihitsy ny mpamono Azy. {IFM 490.2}

Nanesoeso ny raby nanao hoe : «Hankaiza moa no halehan' Ilehity, no tsy ho hitantsika ? Hankany amin' izay miely any amin' ny Grika va Izy ka hampianatra ny Grika ?» Tsy azon' ireto mpanaraby an-tsaina akory fa namariparitra ny asa nanirahana an' i Kristy ny teny fanesoana nataony ! Namelatra ny tanany tamin' izay firenena tsy manaraka sady mandà Azy mandritra ny andro Izy ; hitan' izay tsy nitady Azy Izy anefa;

ary niseho tamin' izay tsy nanontany Azy 2. {IFM 490.3}

Betsaka tamin' izay resy lahatra fa Jesosy no Zanak' Andriamanitra no voatarika ho amin' ny lalan-diso teo amin' ny mpisorona sy ny raby. Naverin' ireo mpampianatra ireo tamin' ny fomba manaitra tokoa ireo faminaniana momba ny Mesia izay manambara fa Izy no «Mpanjaka ao an-tendrombohitra Ziona sy any Jerosalema, ary eo anatrehan' ny loholony dia misy voninahitra» ; fa hanjaka hatramin' ny ranomasina ka hatramin' ny ranomasina izy ary hatramin' ny Ony ka hatramin' ny faran' ny tany»3. Avy eo dia nampitahainy tamin' ny fomba feno fanarabiana ny voninahitra naseho an-tsary eto sy ny fomba fisehoan' i Jesosy feno fanetrentena. Ny tenin' ny mpaminany mihitsy no naolana hany ka nanamarina ny hevi-diso. Raha nianatra ny teny ho an' ny tenany tamin' ny fo madio ny vahoaka dia tsy ho voatarika ho amin' ny lalan-diso izy. Ny toko faha iraika ambienimpolo ao amin' Isaia dia milaza marina fa tokony hanao ny asa izay nataony indrindra Kristy. Ny toko fahatelo ambin' ny dimampolo dia mampiseho mialoha ny fandavana Azy sy ny fahoriany eo amin' izao tontolo izao, ary ny toko fahasivy ambin' ny dimampolo dia milaza ny toetra amampanahin' ny mpisorona sy ny raby. {IFM 491.1}

Tsy manery ny olona hiala amin' ny tsy finoany Andriamanitra. Manoloana azy ny mazava sy ny maizina, ny marina sy ny diso. Anjarany ny manapaka izay hoekeny. Nomena hery hanavaka ny tsara sy ny ratsy ny sain' ny olombelona. Kendren' Andriamanitra ny olona tsy hanapa-kevitra noho ny fihetseham-po tampoka fa noho ny lanjan' ny porofo mazava, rehefa mampitaha ny Soratra Masina tamim-pitandremana fatratra. Raha nialan' ny Jiosy ny hevitra nibahana tao an-tsainy ka nampitahainy izay voasoratra ao amin' ny faminaniana tamin' ireo zava-misy nampiavaka ny fiainan' i Jesosy, dia ho hitany ny firindrana kanto teo amin' ireo faminaniana sy ny fahatanterahan' ireo teo amin' ny fiainana sy ny asa fanompoan' Ilay Galiliana feno fanetren-tena. {IFM 491.2}

Betsaka no voafitaka ankehitriny tahaka ny naha-voafitaka ny Jiosy. Mamaky ny Baiboly amin' ny fahazavan' ny sain' ny tenany sy amin' ny fahazavan' ny lovan-tsofina ireo mpampianatra arapivavahana ary tsy mandinika ny Soratra Masina ho an' ny tenany ny olona ka tsy mitsara ho an' ny tenany ahafantarany izay marina ; fa ampileferiny amin' ny mpitarika azy ny sainy mandanjalanja ka ankininy aminy ny fanahiny. Ny fitoriana sy ny fampianarana ny teniny no fomba iray nobaikoin' Andriamanitra lianaparitahana ny fahazavana ; tsy maintsy hoentintsika hosedrain' ny Soratra Masina anefa ny fampianaran' ny olona rehetra. Na iza na iza mandinika ny Soratra Masina amim-pivavahana ka maniry ny hahalala ny faha-marinana mba ahazoany mankatò izany, dia handray fahazavana avy amin' Andriamanitra. Ho azony ny Soratra Masina: «Raha misy olona ta-hanao ny sitrapony, dia hahalala ny amin' ny fampianarana izy»4. {IFM 491.3}

Tamin' andro firavoravoana farany, dia niverina tsy nitondra an' i Jesosy ireo mpiandry raharaha nalefan' ny mpisorona sy ny mpanapaka mba hisambotra an' i Jesosy: Nanontaniana tamimpahatezerana izy hoe: «Nahoana ianareo no tsy nitondra Azy ?» Tamin' ny fomba manetriketrika hita teo amin' ny endriny no namaliany hoe : «Tsy mbola nisy olona niteny tahaka izany». {IFM 492.1}

Na mafy toy inona aza ny fony dia nohalemen' ny teniny. Raha mbola niteny tao amin' ny kianjan' ny tempoly Izy, dia nitaredretra teo akaikiny teo izy ireo mba handrenesany teny azony hahodina hamelezana Azy. Nefa teo am-pihainoana Azy dia hadinony ny antony nanirahana azy. Hitany izay tsy tian' ny mpisorona sy ny mpanapaka ho hita, - dia ny maha-olombelona heniky ny voninahitry ny maha-Andriamanitra. Niverina izy. nameno azy indrindra io eritreritra io, latsaka lalina indrindra tao am-pony ny teniny, hany ka rehefa nanontaniana izy hoe : «Nahoana ianareo no tsy nitondra Azy ?» dia izao ihany no azony navaly hoe : «Tsy mbola nisy olona niteny tahaka izany». {IFM 492.2}

Resy lahatra tahaka izany koa ny mpisorona sy ny mpanapaka, tamin' izy tonga voalohany teo anatrehan' i Kristy. Voahetsika lalina tao am-pony izy ka voatery nihevitra hoe : «Tsy mbola nisy olona niteny tahaka izany. «Nofoanany anefa ny fandresen-dahatra avy amin' ny Fanahy Masina. Ary izao, romotra izy fa na dia ireto ampiasain' ny lalàna aza mety hiasan' ny hery avy amin' ity Galiliana ankahalaina ity, ka niantsoantso izy hoe : «Hianareo koa va voafitaka ?» Fa voaozona ireto vahoaka ireto izay tsy mahalala ny lalàna». {IFM 492.3}

Mahalana izay ilazana ny hafatry ny fahamarinana no nanontany hoe : «Marina ve izany ?» fa, «iza no mitory izany» no anontaniany. Vahoaka marobe no manombana izany amin' ny habetsahan' izay manaiky izany : ary mbola mipetraka ihany ny fanontaniana hoe : «Nisy nino ve ny avara-pianarana na ny mpitarika ara-pivavahana?» Tsy mankasitraka kokoa ny tena toe-panahy araka an' Andriamanitra ny olona ankehitriny mihoatra noho ny tamin' ny andron' i Kristy. Revo indrindra mikatsaka ny tombon-tsoa ara-nofo izy ka manao an-tsirambina ny harena mandrakizay ; ary tsy fonjan-kevitra hanoherana ny fahamarinana tsy akory, ny tsy mahavonona ny betsaka handray azy, na ny tsy handraisan' ny olona ambony eo amin' izao tontolo izao azy na dia ny mpitondra fivavahana aza. {IFM 492.4}

Nanomana drafitra indray ny mpisorona sy ny mpanapaka hisamborana an' i Jesosy. Noantitranteriny fa raha avela hanana ny fahafahany maharitra kokoa Izy, dia hotarihiny ny vahoaka hiala amin' ny mpitarika efa napetraka, ka ny hany lalana azo antoka dia ny mampangina Azy tsy misy hatak' andro. Raha nafana dia nafana ny adi-hevitra, dia tapaka tampoka ny tenin' izy ireo. Nanontany i Nikedomosy hoe : «Moa manameloka olona va ny lalàntsika raha tsy mbola mihaino azy aloha ka mahafantatra izay nataony ?» Nangina ny mpivory. Niditra tao amin' ny feon' ny fieritreretany ny tenin' i Nikodemosy.

Tsy azony natao ny nanameloka olona tsy mbola nohainoany. Nefa tsy izany ihany tsy akory no nampangina ireto mpanapaka be avonavona raha nibanjina ilay sahy niteny hiaro ny rariny izy. Voasakana izy sady nalahelo nahita ny anankiray amin' izy ireo izay latsaka lalina indrindra tao am-pony ny toetra amam-panahin' i Jesosy, hany ka namoaka teny hiarovana Azy. Rehefa afaka ny hagagany dia niteny tamin' i Nikodemosy sady nanao teny eso mandratra izy hoe : «Ianao koa angaha mba avy any Galilia ? Diniho dia ho hitanao fa tsy misy mpaminany avy any Galilia». {IFM 493.1}

Ny vokatr' izany fanoherana izany anefa dia mampijanona ny fizotry ny filan-kevitra. Tsy afaka nanatanteraka ny fikasany ny mpisorona sy nanameloka an' i Jesosy raha tsy mandre Azy. Resy izy ireo aloha, dia samy lasa nody ho any an-tranony avy izy rehetra, fa Jesosy kosa nankany an-tendrombohitra Oliva. {IFM 493.2}

Niala tamin' ny fanaitairana sy ny tabataban' ny tanàn-dehibe Jesosy, niala ny vahoaka nafana fo sy ny raby mpamadika Izy ka lasa nandeha ho any amin' ireo lohasaha mangina, izay ahazoany miaraka amin' Andriamanitra samirery. Raha vao maraina koa anefa dia niverina nankany amin' ny tempoly Izy, ary rehefa nitangorona teo Aminy ny vahoaka, dia nipetraka nampianatra azy Izy. {IFM 493.3}

Vetivety dia tapaka ny teniny. Nisy Fariseo sy mpanora-dalàna sasantsasany nanatona Azy, nitarika vehivavy matin' ny tahotra niaraka taminy, izay nampangainy tamin' ny feo masiaka sy mafana fa nandika ny didy fahafito. Natosiny teo anatrehan' i Jesosy izy, dia hoy izy ireo taminy, sady naneho fanajana mifono fihatsarambelatsihy : «Ao amin' ny lalàna, Mosesy dia nandidy antsika fa hotoraham-bato izay vehivavy manao toy izany ; fa ahoana kosa hoy Hianao?» {IFM 494.1}

Nanarona velam-pandrika lalin-toerana hamono Azy ny fanajana nihamboany. Noraisiny io fotoana mety io mba hahazoany antoka ny fanamelohana Azy, ka noheverin' izy ireo fa na inona na inona fanapahan-kevitra horaisiny, dia ahitany izay hiampangana Azy. Raha nanafaka an-dravehivavy Izy, dia hampangainy ho manao tsinontsinona ny lalàn' i Mosesy. Raha milaza Izy fa mendrika ny hohelohina ho faty ravehivavy, dia ho azo ampangaina amin' ny Romana Izy amin' ny maha-olona miandraikitra fahefana izay an' ny Romana samirery. {IFM 494.2}

Nojeren' i Jesosy vetivety aloha ny toe-javatra — ilay olona azony mangovitra sy menatra, ireto olo-manan-kaja masiaka endrika, tsy nanana na dia ny fangorahan' ny olombelona aza. Naharikoriko ny toe-tsainy tsy voapentin' ny loto, izany fisehoan-javatra izany. Fantany tsara ny antony nitondrana izao toe-javatra izao teo Aminy. Novakiany ny tao am-po. ary fantany ny toetra amam-panahy sy ny tantaram-piainan' ny tsirairay teo anatrehany. Ireto tokony ho mpiaro ny fahamarinana ireto ihany no nitarika io olona azony tao amin' ny fahotana io, mba hahazoany mamela-pandrika amin' i Jesosy. Tsy nisy nanehoany fa reny ny fanontanian' izy ireo fa niondrika Izy, ka nampifantoka ny

masony teo amin' ny tany ary nanomboka nanoratra teo amin' ny vovoka. {IFM 494.3}

Tsindrin-daona tamin' ny hatak' androny sy tamin' ny toa tsy firaihany ireto mpiampanga ka nanatona akaiky kokoa, nanantitrantitra ny toe-javatra hanintona ny sainy. Nefa, rehefa nanaraka ny mason' i Jesosy ny masony, ka nankeo amin' ny rarivato teo an-tongony, dia niova ny endrik' izy ireo. Teo, voasoratra teo anatrehany, ireo hadisoany, tsiambaratelon' ny fiainany. Raha nijery ny vahoaka, dia nahita ny fiovana tampoka teo amin' ny tarehiny ka nifanesika nandroso hahita izay nojeren' izy ireo sy ny antony nahagaga sy nahamenatra azy toy izao. {IFM 494.4}

Na dia teo aza ny filazany rehetra fa manaja ny lalàna ireto raby ireto, dia tsy nijery izay fepetra momba ny lalàna izy tamin' ny niampangany an-dravehivavy. Anjaran' ny vadiny ny mitory azy, ary hofaizina mitoyy ny andaniny sy ny ankilany samy diso. Tsy eken' ny lalàna tanteraka ny zavatra nataon' ireto mpiampanga. Na dia izany aza dia narahin' i Jesosy teo amin' ny tetika nataony izy. Milaza mazava ny lalàna fa amin' ny famaizana amin' ny fitoraham-bato, dia ny vavolombelona no mitora-bato voalohany. Nitsangana Izy izao, ka nafantony tamin' ireto loholona mamelapandrika ny masony, dia hoy Izy hoe : «Izay tsy nanota eo aminareo no aoka hitora-bato azy voalohany : Dia niondrika Izy ka notohizany izay nosoratany teo amin' ny tany». {IFM 495.1}

Tsy nahiliny tsy akory ny lalàna nomena tamin' ny alalan' i Mosesy, na nokasihiny ny fahefan' i Roma. Resy ireto mpiampanga. Rovitra teny an-kodiny izao ny fitafiany nihamboany fahamasinana, ary nijoro izy, meloka sy voaheloka, nanoloana ny fahadiovana tsy misy fetra. Nangovitra izy sao hiharihary eo anatrehan' ny vahoaka be ny fahotana miafina teo amin' ny fiainany ; koa nandeha mangingina tsirairay izy, ny loha miondrika ary ny maso mijery ambany, ary navelany teo amin' Ilay Mpamonjy be fangorahana ilay olona azony. {IFM 495.2}

Nitsangana Jesosy, ary nijery an-dravehivavy Izy sady nanao hoe : «Ravehivavy, aiza ireny ? Tsy nisy nanameloka anao ? ; ary hoy izy : Tsy misy Tompoko. Dia hoy Jesosy : Izaho koa dia tsy manameloka anao ; mandehana, ary amin' izao sisa izao dia aza manota intsony». {IFM 495.3}

Nijoro teo anatrehan' i Jesosy ravehivavy, rakotry ny tahotra. Tonga teo aminy toy ny didy manameloka ho faty ny teny nanao hoe : «Izay tsy nanota eo aminareo no aoka hitora-bato azy voalohany». Tsy sahy nanandratra ny masony hijery ny tavan' ny Mpamonjy izy, fa niandry ny anjarany tamim-pahanginana. Gaga izy nahita ireto mpiampanga azy sina sy very hevitra ka lasa nandeha ; tonga tao an-tsofiny tamin' izany ny teny feno fanantenana nanao hoe : «Izaho koa tsy manameloka anao. Mandehana, ary amin' izao sisa izao dia aza manota intsony». Nalemy ny fony ka niankohoka teo an-tongotr' i Jesosy izy, nigogogogo nanambara ny fitiavany feno fankasitrahana, ka niaiky ny helony tamin' ny ranomaso mangidy. {IFM 495.4}

Fiantombohan' ny fiainam-baovao ho azy izany. dia fiainana feno fahadiovana sy fiadanana. voatokana hanompo an' Andriamanitra. Ny nanandratan' i Jesosy io fanahy lavo io dia nanaovany fahagagana lehibe noho ny nanasitranany ny aretina ara-batana mafy indrindra ; nanafaka azy tamin' ny aretina ara-panahy izay initarika fahafatesana mandrakizay Izy. Io vehivavy nibebaka io dia nanjary iray tamin' ny mpanaraka Azy mafana indrindra. Novaliany tamin' ny fitiavana sy fanoloran-tena mahafoy tena ny famindrampony mamela heloka. {IFM 496.1}

Tamin' ny namelany ny helok' io vehivavy io sy nampaherezany azy hiaina amin' ny fiainana tsaratsara kokoa, dia namirapiratra teo amin' ny hakanton' ny fahamarinana tanteraka ny toetra amampanahin' i Jesosy. Tsy nanafina ny fahotana Izy, na nanamaivana ny fahadisoana, nefa tsy nitady ny hanameloka, fa ny hamonjy. Tsy nanana afa-tsy fanamelohana sy fanarabiana ho an' ity vehivavy diso ity izao tontolo izao ; nefa teny fampiononana sy fanantenana no nataon' i Jesosy taminy. Ilay tsy nanana ota dia nangoraka ny fahalemen' ny mpanota ka naninjitra ny tanany hanampy azy. Ny Fariseo mpihatsaravelatsihy niampanga azy, fa Jesosy kosa nibaiko azy hoe : «Mandehana, ary amin' izao sisa izao dia aza manota intsony». {IFM 496.2}

Tsy ny mpanaraka an' i Kristy no manao maso vilana, ka mihodina tsy hijery ny mania, ary mamela azy hanohy ny diany mitotongana tsy misy manakana. Izay mailaka hanameloka ny hafa, ka mafana fo amin' ny fitondrana azy eo amin' ny fitsarana, no matetika meloka noho ireo eo amin' ny fiainany. Mankahala ny mpanota ny olona, nefa tia ny fahotana. Kristy mankahala ny fahotana fa tia ny mpanota kosa. Izany no ho toe-tsain' izay manaraka Azy. Tsy mba dodona hanameloka ny fitiavan' ny kristiana, fa mailaka kosa hahita ny fanahy mibebaka, vonona ny hamela heloka, ny hampahery, ny hamerina ny mpirenireny eo amin' ny lalan' ny fahamasinana, ary mampitoetra ny tongony eo. {IFM 496.3}

## Toko 51—Ny fahazavan' aina

«Ary Jesosy niteny tamin' ny olona indray ka nanao hoe : Izaho no fahazavan' izao tontolo izao; izay manaraka Ahy tsy mba handeha amin' ny maizina, fa hanana ny fahazavan' aina» 1 {IFM 497.1}

Raha nanao izany teny izany Jesosy dia tao amin' ny kianjan' ny tempoly izay nanaovana ny fanompoana teo amin' ny Fetin' ny Tabernakely. Nijoalajoala teo afovoan' io kianja io ireo tongotra fanaovan-jiro roa avobe, izay nihantonan' ny fitoeran-jiro lehibe dia lehibe. Taorian' ny fanatitra hariva, dia narehitra ny jiro rehetra, ka nampitosaka ny fahazavany tamin' i Jerosalema. Natao ho fahatsiarovana ilay andrian' ny fahazavana izany fanompoam-pivavahana izany sady noheverina koa ho manondro ny fiavian' ny Mesia. Ny hariva, rehefa narehitra ny jiro, dia tonga toeram-piravoravoana lehibe ny kianja. Ny lehilahy mihafotsy volo, ny mpisorona tao amin' ny tempoly, sy ny mpanapaka ny vahoaka, dia niray tao amin' ny dihy feno haravoana narahin' ny feon-java-maneno sy ny hiran' ny Levita. {IFM 497.2}

Ny fanazavana an' i Jerosalema dia nanehoan' ny vahoaka ny fanantenany ny fiavian' ny Mesia izay hanaparitaka ny fahazavany amin' ny Isiraely. Ho an' i Jesosy anefa dia nalalaka kokoa ny dikany. Toy ny jiro mamirapiratry ny tempoly izay manazava ny manodidina azy rehetra, dia toy izany koa Kristy, loharanon' ny fahazavana ara-panahy, izay manazava ny haizina eo amin' izao tontolo izao. Tsy tanteraka anefa ny tandindona. Ilay fahazavana lehibe izay napetraky ny tanany teo amin' ny lanitra no mampiseho marina kokoa ny voninahitry ny asa nanirahana Azy. {IFM 497.3}

Maraina ny andro ; vao niposaka indrindra teo amin' ny tendrombohitra Oliva ny masoandro ka namirapiratra sy nanjelanjelatra teo amin' ireo lapa vatosoa ny tara-pahazavany, ary nampitombo ny fahazavan' ny rindrina volamenan' ny tempoly, raha niteny Jesosy, sady nanondro izany ka nanao hoe : «Izaho no fahazavan' izao tontolo izao». {IFM 498.1}

Izay nandre ireo teny ireo dia nampanakoako izany elabe tatỳ aoriana tao amin' izao lahatsoratra kanto indrindra izao : «Izy no nisiam-piainana, ary ny fiainana no fanazavana ny olona, ary ny mazava dia mamirapiratra ao amin' ny maizina, fa ny maizina tsy nandray azy. Tao ny tena Mazava Izay mahazava ny olona rehetra tonga amin' izao tontolo izao»2. Taona maro taorian' ny niakaran' i Jesosy tany an-danitra, dia nanoratra koa teo ambanin' ny fahazavana avy tamin' ny Fanahin' Andriamanitra i Petera, ka nampahatsiaro ny tandindona efa nampiasain' i Kristy : «Ary manana ny teny faminaniana atao mafy orina kokoa isika : Koa raha mandinika izany hianareo, dia manao tsara, fa toy ny jiro mahazava ao amin' ny fitoerana maizimaizina izany, mandra-pahazavan' ny andro, ka miposaka ao am-ponareo ny fitarik' andro»3. {IFM 498.2}

Eo amin' ny fanehoana an' Andriamanitra amin' ny vahoakany, dia tandindon' ny fanatrehany mandrakariva ny fahazavana. Ny teny izay namoronana tany amin' ny voalohany, dia nampamirapiratra ny mazava avy ao amin' ny maizina. Voasarona tao amin' ny andri-rahona noho ny andro sy tao amin' ny andri-afo noho ny alina ny fahazavana, ka nitarika ireo tafik' Isiraely marobe. Fahazavana nanjelanjelatra sy mahatahotra no manodidina ny fahalehibeazan' ny Tompo teo amin' ny tendrombohitr' i Sinay. Nitoetra teo amin' ny rako-panavotana tao amin' ny tabernakely ny fahazavana. Nameno ny tempolin' i Solomona ny fahazavana tamin' ny fitokanana izany. Namirapiratra teo amin' ny havoanan' i Betlehema ny fahazavana fony ny anjely nitondra ny hafatry ny fanavotana ho an' ireo mpiandry ondry niambina ny andian' ondriny. {IFM 498.3}

Andriamanitra dia fahazavana; ary tamin' ny teny nataon' i Kristy hoe : «Izaho no fahazavan' izao tontolo izao», dia nambarany ny maha-iray Azy amin' Andriamanitra sy ny firaisany amin' ny fianakavian' ny olombelona manontolo. Izy tamin' ny voalohany no nahatonga «ny mazava hahazava ao amin' ny maizina»4. Izy no fahazavan' ny masoandro sy ny volana ary ny kintana. Izy no fahazavana ara-panahy izay efa namirapiratra teo amin' Isiraely teo amin' ny sary sy ny tandindona ary ny faminaniana. Tsy ho an' ny Jiosy ihany anefa ny fahazavana nomena. Tahaka ny tarapahazavana tafiditra hatrany amin' ny faritra lavitra indrindra eto an-tany, dia toy izany koa ny fahazavan' ny Masoandron' ny Fahamarinana izay mamirapiratra amin' ny fanahy tsirairay. {IFM 498.4}

«Tao ny tena mazava izay mahazava ny olona rehetra tonga amin' izao tontolo izao». Nanana mpampianatra ngezalahy izao tontolo izao, olona nanan-tsaina goavana sy nanao fikarohana mahagaga, olona izay nanao fanambarana manaitra ny saina, sy nanokatra saha midadasiky ny fahalalana ary ireny olona ireny dia nomem-boninahitra ho mpitari-dalana sy mpanao soa ny taranaka misy azy. Misy Anankiray mijoro ambony noho ireo anefa. «Izay rehetra nandray Azy, dia nomeny hery ho tonga zanak' Andriamanitra». «Tsy nisy nahita an' Andriamanitra na oviana na oviana ; fa ny Zanaka Lahy Tokana, Izay ao an-tratran' ny Ray, Izy no nanambara Azy» 5. Azontsika atao ny manoritra ny tantaran' ireo mpampianatra lehibe teto amin' izao tontolo izao araka izay tantara ela indrindra voarakitry ny olombelona; nefa mbola nialoha azy ireo ihany ny Fahazavana. Toy ny volana sy ny kintana eo amin' ny rafitra misy ny masoandro izay mamirapiratra noho ny taratry ny fahazavan' ny masoandro, dia tahaka izany koa ireo mpandalintsaina, raha mbola marina koa ny fampianarany, dia mandefa taratry ny Masoandron' ny Fahamarinana izy. Avy amin' ny Fahazavan' izao tontolo izao avokoa ny hevitra sarobidy toy ny vatosoa rehetra, ny faharanitan-tsaina mamiratra rehetra. Amin' izao fotoana izao. dia betsaka ny zavatra rentsika momba ny atao hoe «fanabeazana ambony». Ny tena fanabeazana ambony dia omen' Ilay «iafenan ny rakitry ny fahendrena sy ny

fahalalana rehetra». «Izy no nisiampiainana ; ary ny fiainana no fanazavana ny olona» 6. Izay manaraka Ahy tsy mba handeha amin' ny maizina, fa hanana ny fahazavan' aina». {IFM 499.1}

Tamin' ny teny hoe «Izaho no fahazavan' izao tontolo izao» no nanambaran' i Jesosy ny tenany ho Mesia. Ingahibe Simeona dia efa nilaza Azy ho «fahazavana hahazava ny firenena rehetra, sady voninahitry ny Isiraely olonao» 7 , tao amin' ny tempoly izay nisy an' i Kristy ankehitriny. Faminaniana nahazatra ny Isiraely manontolo no nampihariny taminy tamin' ireo teny ireo. Tamin' ny alalan' ny mpaminany Isaia, dia nanambara ny Fanahy Masina hoe : «Mbola zavatra kely foana, raha tonga Mpanompoko hanandratra ny firenen' i Jakoba Hianao sy hampody ny Isiraely sisa voaro; fa homeko ho fanazavana ny jentilisa koa Hianao, mba ho famonjeko hatrany amin' ny faran' ny tany»8. Fantatry ny besinimaro fa milaza ny Mesia io faminaniana io, koa rehefa niteny Jesosy hoe : «Izaho no fahazavan' izao tontolo izao», dia tsy azo nosakanana ny olona tsy hahita fa Izy no voalazan' ny tenany ho Ilay Nampanantenaina. {IFM 499.2}

Toa fanandratan-tena feno fireharehana izany filazana izany amin' ny Fariseo sy ny mpanapaka. Tsy azony noleferina izany olona tahaka azy nefa nihambo toy izany. Nodian' izy ireo tsy fantatra ny teniny, dia nanontany izy hoe: «Iza moa Hianao ?» Niezaka izy ireo hanery Azy hanambara ny tenany ho Kristy. Ny fisehoany sy ny asany dia hafa indrindra noho izay nanampoizan' ny vahoaka azy, hany ka, araka ny fiheveran» ireo fahavalony fetsy, dia hahatonga Azy ho lavina toy ny ho mpamitaka ny filazany mivantana ny tenany ho Mesia. {IFM 500.1}

Ny fanontaniany hoe : «Iza moa Hianao ?» dia novalian' i Jesosy hoe : «Ilay nolazaiko taminareo hatramin' ny voalohany». Izay nambaran' ny teniny, dia nambara teo amin' ny toetra amampanahiny koa. Fisehoana ara-batana ny fahamarinana nampianariny Izy. «Tsy mba manao na inona na inona ho Ahy Aho, hoy Izy nanohy, fa araka ny nampianarin' ny Raiko Ahy no ilazako izany zavatra izany. Ary izay naniraka Ahy dia eto Amiko, tsy mandao Ahy ho irery Izy, satria Izaho manao izay sitrany mandrakariva». Tsy niezaka ny hanaporofo ny filazan' ny tenany ho Mesia Izy, fa nasehony kosa ny firaisany amin' Andriamanitra. Raha nisokatra teo amin' ny fitiavan' Andriamanitra ny sainy, dia ho nandray an' i Jesosy izy. {IFM 500.2}

Teo anivon' ireo mpihaino Azy dia maro no voatarika teo Aminy tamin' ny alalan' ny finoana ary ireo no nilazany hoe : «Raha maharitra amin' ny teniko hianareo, dia ho mpianatro tokoa; ka ho fantatrareo ny marina, ary ny marina hahafaka anareo tsy ho andevo». {IFM 500.3}

Nanafintohina ny Fariseo ireo teny ireo. Tsy nojereny ny nileferan' ny firenena ela tao ambanin' ny ziogan' ny vahiny ; koa niloa-bava tamin-katezerana izy hoe : «Taranak' i Abrahama izahay fa tsy mba andevon' olona hatrizay ela izay; koa nahoana no hataonao

hoe : «Ho afaka hianareo?» Nijery ireto olona ireto Jesosy, izay andevon' ny haratsiam-panahy, nanana saina nifantoka tamin' ny valifaty, ka namaly tamin' alahelo hoe : «Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa fa izay rehetra manota dia andevon' ny ota». Tao anatin' ny karazam-panandevozana ratsy indrindra izy, izay fehezin' ny fanahin' ny ratsy. {IFM 500.4}

Izay fanahy tsy manolo-tena hotapahin' Andriamanitra dia ho eo ambany fitarihan' ny hery hafa. Tsy ho tompon' ny tenany intsony izy. Mety hiteny fahafahana izy ; nefa raha ny marina dia eo amin' ny tobin' ireo mpanompo ambany indrindra no misy azy. Tsy tsinjony ny hasoan' ny fahamarinana fa i Satana no manapaka azy. Amin' ny fotoana iheverany fa ny sainy ihany no mibaiko ny fanapahan-keviny no angejan' ilay andrian' ny aizina ny sitrapony. Tonga hanapatapaka ny fatoran' ny fanandevozana izay mangeja ny fanahy Kristy. «Koa raha ny Zanaka no hahafaka anareo dia ho afaka tokoa hianareo». «Fa ao amin' i Kristy Jesosy ny lalàn' ny Fanahin' aina no nahafaka ahy tamin' ny alalan' ny fahotana sy ny fahafatesana» 9. {IFM 501.1}

Tsy misy fanerena eo amin' ny asa fanavotana. Tsy misy hery avy etỳ ivelany afaka manelanelana. Avela malalaka hisafidy izay ho tompoiny ny olona, eo ambanin' ny herin' ny Fanahin' Andriamanitra miasa mangina aminy. Amin' ny fiovana hita rehefa milefitra eo amin' i Kristy ny fanahy, dia mahatsapa fahafahana izany fanahy izany. Asa tanterahin' ny fanahy mihitsy ny fandroahana ny fahotana. Raha ny marina dia tsy manan-kery isika hanafaka ny tenantsika tsy ho eo ambanin' ny fanapahan' i Satana ; nefa rehefa irintsika ny ho afaka amin' ny fahotana, ary mitaraina isika ao anatin' ny fahotantsika be, miantso hery ivelan' ny tenantsika sy ambony noho isika, dia vontosan' ny herin' ny Fanahy Masina avy amin' Andriamanitra ny fanahy, ho afaka mankatò ny baikon' ny sitrapo izy amin' ny fanatanterahana ny sitrapon' Andriamanitra. {IFM 501.2}

Ny fepetra tokana mahatonga ny fahafahan' ny olona hisy dia ny maha iray azy amin' i Kristy. «Ny marina hahafaka anareo» ary Kristy no fahamarinana. Tsy afaka mandresy ny fahotana raha tsy mandemy ny saina, sy manapotika ny fahafahan' ny fanahy. Ny fileferana amin' Andriamanitra dia famerenana ny mahany tena, ho amin' ny tena voninahitra sy fahamendrehan' ny olona. Ny lalàn' Andriamanitra izay ampileferana antsika, dia «lalàn' ny fahafahana» 10. {IFM 501.3}

Nilaza ny tenany ho zanak' i Abrahama ny Fariseo. Nambaran' i Jesosy taminy fa tsy afaka hitoetra izany filazana izany raha tsy amin' ny fanaovana ny asan' i Abrahama. Ny tena zanak' i Abrahama marina dia ireo izay mivelona toa azy amin' ny fankatoavana an' Andriamanitra. Tsy hiezaka ny hamono Ilay niteny ny fahamarinana nomena Azy avy amin' Andriamanitra izy. Tsy nanao ny asan' i Abrahama ny raby tamin' ny fiokoany hamono an' i Kristy. Tsy misy vidiny ny maha-taranak' i Abrahama fotsiny ara-nofo. Raha tsy misy fifandraisana ara-panahy aminy, izay hiseho amin' ny fananana toe-tsaina

mitovy amin' ny azy, sy amin' ny fanaovana ny asa nataony, dia tsy zanany izy. {IFM 502.1}

Manana lanja toy izany koa io foto-kevitra io eo amin' ny zavatra izay nampisaritaka ela an' izao tontolo izao kristiana, dia ny mikasika ny fifandimbiasan' ny apostoly. Noporofoina ny maha-taranak' i Abrahama, tsy tamin' ny anarana sy ny razana nifandimby, fa tamin' ny fitovian' ny toetra amam-panahy. Toy izany koa, tsy miankina amin' ny famindrana ny fahefana ara-pivavahana ny fifandimbiasan' ny apostoly, fa miankina amin' ny fifandraisana ara-panahy. Fiainana entanin' ny toe-tsain' ny apostoly, ny finoana sy ny fampianarana ny fahamarinana izay notoriany, izany no tena porofo marina ny fandimbiasana ny apostoly. Izany no nahatonga ny olona ho mpandimby ireo mpampianatra voalohany ny filazantsara. {IFM 502.2}

Nolavin' i Jesosy ny naha-zanak' i Abrahama ny Jiosy. Hoy Izy : «Hianareo manao ny asan' ny rainareo». Nentiny naneso ny valinteniny hoe : «Tsy mba teraka avy tamin' ny fijangajangana *izahay*, iray Ray izahay, dia Andriamanitra ihany». Ireo teny ireo, izay mampahatsiahy ny momba ny nahaterahany, dia nataony ho famelezana an' i Kristy eo anatrehan' ireo izay vao nanomboka nino Azy. Tsy noraharahain' i Jesosy ny hevitra mirefarefa nasisiny, fa hoy Izy : «Raha Andriamanitra no Rainareo, dia ho tia Ahy hianareo, satria avy tamin' Andriamanitra no nivoahako sy nankanesako atỳ». {IFM 502.3}

Ny asa ataon' izy ireo kosa dia vavolombelon' ny fifandraisany amin' ilay mpandainga sy mpamono olona. «Hianareo avy tamin' ny devoly rainareo, ka izay sitraky ny rainareo no tianareo hatao. Izy dia mpamono olona hatramin' ny taloha, ary tsy nitoetra tamin' ny marina, satria tsy misy marina aminy. . . Fa satria milaza ny marina Aho, dia tsy inoanareo !» Jesosy nilaza ny marina, sady feno fahatokiana Izy nilaza izany, izany no antony tsy nandraisan' ny mpitarika jiosy Azy. Ny marina no nanafintohina ireo olona mpanamarin-tena ireo. Nampiharihary ny tsy fahamarinan' ny fahadisoankeviny ny marina ; nanameloka ny fampianaran' izy ireo sy ny fomba fanaony izany, koa tsy noraisiny. Naleony nanakimpy ny masony tsy hijery ny marina toy izay hanetry tena. ka hiaiky fa efa diso izy. Tsy tia ny fahamarinana izy, tsy niriny izany, eny, na dia fahamarinana aza. {IFM 503.1}

«Iza moa aminareo no mampiseho Ahy ho nanota ? Raha ny marina no lazaiko, nahoana hianareo no tsy mino Ahy ?» Isan' andro, isan' andro, nandritra ny telo taona dia nanaraka an' i Kristy ny fahavalony, niezaka ny hahita pentina teo amin' ny toetra amampanahiny. Nilofo handresy Azy i Satana sy ny fikambanan' ny ratsy rehetra ; nefa tsy nisy hitany teo Aminy izay nahazoany nandresy Azy. Na dia ny devoly aza dia voatery niaiky hoe : «Hianao no Ilay Masin' Andriamanitra» 11. Niainan' i Jesosy ny lalàna teo ambanin' ny fijerin' ny lanitra, teo ambanin' ny fijerin' izao tontolo izao tsy lavo, ary teo ambanin' ny fijerin' ny olona mpanota. Teo anatrehan' ny anjely, ny olona

sy ny demonia, no nanaovany teny zary fiaikana tsy nisy sahy nisetra, ary ho fitenenandratsy an' Andriamanitra raha molotra hafa no nanao izany, ka niteny hoe : «Izaho manao izay sitrany mandrakariva». {IFM 503.2}

Ny tsy nandraisan' ny Jiosy an' i Kristy na dia tsy nahita fahotana tao Aminy aza izy, no manaporofo fa tsy nifandray tamin' Andriamanitra izy ireo. Tsy fantany ny feony teo amin' ny hafatra nentin' ny Zanany. Nihevitra izy fa namoaka didim-pitsarana hanameloka an' i Kristy, nefa raha ny marina, tamin' ny fandavany Azy dia nanameloka ny tenany ihany izy. «Izay avy amin' Andriamanitra, hoy Jesosy, dia mihaino ny tenin' Andriamanitra; izany no tsy inoanareo, satria tsy mba avy amin' Andriamanitra hianareo». {IFM 503.3}

Marina amin' ny fotoan' andro rehetra io lesona io. Betsaka ny olona no finaritra manao teny betsaka, maninitsiny, mitady izay hisalasalana ny amin' ny tenin' Andriamanitra, ka mihevitra izy amin' izany fa manaporofo ny tsy fiankinan' ny sainy amin' ny hafa sy ny faharanitan-tsainy. Mihevitra izy fa afaka mitsara ny Baiboly, nefa raha ny marina dia ny tenany ihany no tsarainy. Asehony ny tsy fahaizany mankasitraka ireo fahamarinana avy any an-danitra izay mahasahana hatrany amin' ny mandrakizay. Tsy feno fanajana ny fanahiny, eo anatrehan' ny fahamarinan' Andriamanitra toy ny tendrombohitra lehibe. Manahiran-tena mitady tapa-kazo sy mololo izy, ary amin' izany dia maneho toetra ety sy ara-nofo miafina, fo izay mahavery vetivety ny fahazoany mankafy an' Andriamanitra. Izay, manana fo namaly ny asa nikasihan' Andriamanitra azy dia hitady izay hampitombo ny fahalalany an' Andriamanitra, ka hanatsara sy hanandratra ny toetra amam-panahiny. Tahaka ny voninkazo mitodika amin' ny masoandro, mba hiasan' ireo tarapahazavana mamirapiratra izay handoko azy moramora amin' ny hakantony, dia toy izany koa ny fanahy izay hitodika amin' ny Masoandron' ny Fahamarinana, mba hahazoan' ny fahazavan' ny lanitra manainga ny toetra amam-panahy amin' ireo toetra soa eo amin' ny toetra amam-panahin' i Kristy. {IFM 503.4}

Notohizan' i Jesosy ny teniny ka nasehony ny fahasamihafana mazava eo amin' ny toe-tsain' ny Jiosy sy ny an' i Abrahama : «Ravoravo Abrahama rainao, hahita ny androko ; ary nahita izy ka faly». {IFM 504.1}

Lehibe ny fanirian' i Abrahama hahita Ilay Mpamonjy nampanantenaina. Fivavahana mafana indrindra no nasandrany talohan' ny nahafatesany mba hahazoany hahita ny Mesia. Koa nahita an' i Kristy izy. Nahazo fahazavana manokana avy tany an-danitra izy, ka nahafantatra ny toetra amam-panahin' Andriamanitra eo amin' i Kristy. Ravoravo izy raha nahita ny androny. Naseho azy ny sarin' ny fanatitra nataon' Andriamanitra ho an' ny fahotana. Ny fanandramana nataon' ny tenany dia sary velona nampiseho io fanatitra io. Tonga taminy ny baiko nanao hoe : «Ento ny zanakao, ny lahitokanao, izay tianao . . . ary atero ... ho fanatitra odorana»12. Napetrany teo amin' ny alitara fanaovana fanatitra ny zanaky ny teny fikasana, dia ny zanany izay nifantohan' ny fanantenany rehetra.

Rehefa izany, raha niandry teo akaikin' ny alitara izy, efa nanandratra ny tanany mba hankatò an' Andriamanitra, dia nandre feo avy tany an-danitra izy nanao hoe : «Aza maninjitra ny tànanao amin' ny zazalahy, ary aza maninona azy akory hianao ; fa hitako izao fa matahotra an' Andriamanitra hianao, ka tsy narovanao tamiko ny zanakao, dia ny lahitokanao»13. Nahatra tamin' i Abrahama io fitsapana mahamay sy mahatsiravina io mba hahazoany mahita ny andron' i Kristy, sy mahatsapa ny fitiavan-dehibe izay nitiavan' Andriamanitra izao tontolo izao lehibe indrindra ka mba hanandratana azy hiala avy amin' ny fitotonganany, dia natolony ny Zanani-lahy tokana ho faty amin' ny fahafatesana mahamenatra indrindra. {IFM 504.2}

Nianaran' i Abrahama tamin' Andriamanitra ny lesona lehibe indrindra tsy mbola nomena ny olombelona mety maty. Nahazo valiny ny fivavahany mba hahita an' i Kristy talohan' ny nahafatesany. Hitany Kristy ; hitany izay rehetra mety ho hitan' ny olombelona mety maty ka ho velona. Tamin' ny fileferany tanteraka no nahatonga azy ho afaka hahafantatra ny fahitana an' i Kristy, izay efa nomena azy. Naseho azy fa tamin' ny nanomezan' Andriamanitra ny Zanany lahy tokana mba hamonjena ny mpanota ho afaka amin' ny fahafatesana mandrakizay, dia fahafoizan-tena lehibe sy mahagaga mihoatra noho izay mety ho vitan' ny olona no nataony. {IFM 505.1}

Ny fanandramana nataon' i Abrahama dia mamaly ny fanontaniana hoe : «Inona no ho entiko manatona an' i Jehovah sy miondrika eo anatrehan' Andriamanitra Izay any amin' ny avo ? Hanatona Azy mitondra fanatitra odorana sy ombilahy kely iray taona va aho ? Ho sitrak' i Jehovah va ny ondrilahy arivoarivo, na renirano diloilo iray alina ? Hanolotra ny lahimatoako noho ny fahadisoako va aho, na ny ateraky ny kiboko noho ny fahotan' ny fanahiko ?»14. Ny tenin' i Abrahama hoe : «Anaka, Andriamanitra no hahita izay ondry hatao fanatitra odorana»15 sy ny nanomanan' Andriamanitra fanatitra ho solon' Isaka, dia nanambarana fa tsy misy olona afaka manao fanavotana ho an' ny tenany. Tsy ankasitrahan' Andriamanitra na oviana na oviana ny fomba fanaovan' ny jentilisa fanatitra. Tsy misy ray tokony hanolotra ny zanany lahy na ny zanany vavy ho fanatitra noho ny ota. Ny Zanak' Andriamanitra irery ihany no afaka mitondra ny helok' izao tontolo izao. {IFM 505.2}

Tamin' ny alalan' ny fahorian' ny tenany, dia azon' i Abrahama atao ny mibanjina ny asa nanirahana ny Mpamonjy ho sorona. Tsy mety ho azon' ny Isiraely anefa izay tsy nahafaly indrindra ny fony feno avonavona. Tsy nitondra dikany lalina ho an' ny mpihaino Azy ny tenin' i Kristy momba an' i Abrahama. Zava-baovao natao ho fanazimbazimbana fotsiny indray no hitan' ny Fariseo tamin' izany. Novaliany henjana sady narahiny hanihany izany hoe : «Tsy mbola ampy dimam-polo taonaakory Hianao, ka dia efa nahita an' i Abrahama va ?» {IFM 505.3}

Novalian' i Jesosy tamin' ny fomba mendrika sy manetriketrika izany hoe : «Lazaiko aminareo marina tokoa : Fony tsy mbola ary Abrahama, dia **IZY AHO**». {IFM 506.1}

Nangina ny mpivory. Ny anaran' Andriamanitra nampahafantarina an' i Mosesy mba hanambarana ny fanatrehany mandrakizay, dia nolazain' ilay raby Galiliana fa anarany. Nilaza tena ho Ilay nisy ho azy Izy, dia Ilay Nampanantenaina an' Isiraely (Ilay voalaza fa) «hatry ny fahagola no efa nivoahany, dia hatrizay hatrizay»16. {IFM 506.2}

Niantsoantso indray ny mpisorona sy ny raby nanohitra an' i Jesosy ho mpiteny ratsy an' Andriamanitra. Ny filazany ho iray amin' Andriamanitra dia efa nitarika azy ireo talohan' izao hanala ny ainy, ary volana vitsy taty aoriana dia nambaran' izy ireo mazava hoe : «Tsy asa tsara no itorahanay vato Anao, fa fitenenan-dratsy, satria olona ihany Hianao, nefa manao ny tenanao ho Andriamanitra»17. Satria efa nisy Izy, ary Zanak' Andriamanitra, dia niezaka ny hamono Azy izy. Betsaka izao ny olona teo amin' ny vahoaka izay niandany tamin' ny mpisorona sy ny raby no nandray vato hatoraka Azy. «Fa Jesosy niery ka niala teo an-kianjan' ny tempoly ary namaky teo afovoan' ny olona ka lasa». «Ary ny mazava dia namirapiratra tao amin' ny maizina, fa ny maizina tsy nandray azy»18. {IFM 506.3}

«Ary raha nandalo Jesosy, dia nahita lehilahy jamba hatry ny fony vao teraka. Ary ny mpianany nanontany Azy hoe : Raby Ò, iza moa no nanota, io lehilahy io va, sa ny ray aman-dreniny, no dia teraka jamba izy ? Jesosy namaly hoe : Tsy io lehilahy io no nanota, na ny ray aman-dreniny fa ny hanehoana ny asan' Andriamanitra eo aminy. . . Rehefa nilaza izany Izy, dia nandrora tamin' ny tany ka nanao feta tamin' ny rora, dia nahosony ny mason' ilay jamba. Ary hoy Izy taminy : Andeha, sasao ny masonao any amin' ny farihy Siloama (izay atao hoe, raha adika, Nirahina). Dia lasa izy ka nanasa, dia niverina nahiratra». {IFM 506.4}

Ninoan' ny besinimaro teo amin' ny Jiosy fa faizina dieny eto amin' ity fiainana ity ny fahotana. Noheverina ho sazy noho ny ratsy natao, na nataon' ilay mijaly, na nataon' ny ray aman-dreniny ny fahoriana rehetra, nefa efa nanjary niova io fahamarinana io. Satana, ilay niavian' ny fahotana sy ny vokany rehetra, no efa nitarika ny olona hihevitra ny aretina sy ny fahafatesana ho avy amin' Andriamanitra, — ho sazy ankianjoanjo ampiharina araka ny fahotana. Noho izany, izay nasian' ny fahoriana lehibe na ny antambo, dia mbola nizaka koa, ho fanampin' izany, entamavesatra noho ny fiheverana azy ho mpanota. {IFM 507.1}

Noho izany dia voaomana ny lalana handavan' ny Jiosy an' i Jesosy. «Ilay nitondra ny aretintsika» sy «nivesatra ny fahoriantsika» dia noheverin' ny Jiosy ho «nokapohina sy nasian' Andriamanitra ary nampahoriana», «ary tahaka izay tsy tian' ny olon-kojerena akory Izy»19. {IFM 507.2}

Efa nanome lesona natao hisorohana an' izany fiheverana izany Andriamanitra. Nasehon' ny fahorian' i Joba fa i Satana no nampihatra ny fijaliana, ary nampiasain' Andriamanitra izany mba hanehoany famindrampo. Tsy azon' Isiraely anefa ny lesona.

Naverin' ny Jiosy indray tamin' ny nandavany an' i Kristy ilay hevi-diso izay efa nanomezan' Andriamanitra tsiny ny sakaizan' i Joba. {IFM 507.3}

Nitana ny finoan' ny Jiosy mikasika ny fifandraisan' ny fahotana sy ny fijaliana ny mpianatr' i Kristy. Rehefa nanitsy ny hevi-disony Jesosy, dia tsy nohazavainy ny antony nahatonga ny fahoriandralehilahy fa nambarany taminy ny ho vokatr' izany, satria haseho eo aminy ny asan' Andriamanitra. «Raha amin' izao tontolo izao Aho, hoy Izy, dia fahazavan' izao tontolo izao». Ary rehefa nosorany ny mason' ilay lehilahy jamba, dia nalefany izy hisasa any amin' ny farihy Siloama, dia sitrana ny mason' ilay lehilahy. Toy izany no namalian' i Jesosy ny fanontanian' ny mpianatra tamin' ny fomba azo tsapain-tanana araka ny fomba mahazatra Azy rehefa misy mametraka fanontaniana taminy noho ny fitiavan-kahalala fotsiny. Tsy nantsoina hiady hevitra ny mpianatra ny amin' izay nanota, na izay tsy nanota, fa nantsoina izy hahafantatra ny hery sy ny famindrampon' Andriamanitra tamin' ny nampahiratany ny jamba. Nazava fa tsy nisy hery mahasitrana teo amin' ny fotaka na teo amin' ny farihy izay nanirahana an' ilay jamba hisasa, fa tao amin' i Kristy ny hery. {IFM 507.4}

Nahatalanjona ny Fariseo ity fahasitranana ity. Nefa vao mainka feno fankahalana noho ny teo aloha izy, satria natao tamin' ny andro Sabata ny fahagagana. {IFM 508.1}

Ny mpifanolobodirindrina tamin' ilay tovolahy sy izay nahalala azy teo aloha fony izy jamba, dia niteny hoe : «tsy ity va ilay nipetraka nangataka?» Nisalasala izy nijery azy; rehefa nihiratra mantsy ny masony, dia niova ny endriny ka nihanazava ary toa olon-kafa izy. Nifindrafindra ny fanontaniana. Nisy nanao hoe : «Izy ity» ; ny sasany nanao hoe : «Tahaka azy ihany». Namaly ny fanontaniana ilay nandray fitahiana lehibe tamin' ny nilazany hoe : «Izaho no izy». Dia nambarany azy amin' izay ny amin' i Jesosy, sy ny fomba nanasitranany azy, ary nanontany ireo hoe : «Aiza moa Izy ?» dia novaliany hoe : «Tsy fantatro». {IFM 508.2}

Dia nentiny teo anatrehan' ny filan-kevitry ny Fariseo izy. Nanontaniana an-dralehilahy indray ny fomba nampahiratra ny masony. «Dia hoy izy taminy : Nasiany feta ny masoko, dia nosasako, ka nahiratra aho. Ary hoy ny Fariseo sasany : Tsy avy amin' Andriamanitra izany lehilahy izany, satria tsy mitandrina ny Sabata Izy». Nanantena ny Fariseo fa hampiharihary ny mahampanota an' i Jesosy, ary noho izany dia tsy Mesia Izy. Tsy fantatr' izy ireo fa Ilay nanao ny Sabata ka mahafantatra ny tsy maintsy atao rehetra amin' izany, no nanasitrana ilay jamba. Niseho ho mafana fo fatratra dia fatratra izy ny amin' ny fitandremana ny Sabata, nefa namolavola drafitra hamonoana olona izy tamin' iny andro iny indrindra. Betsaka kosa anefa no voahetsika mafy rehefa nandre ny amin' ity fahagagana ity, ka resy lahatra fa mihoatra noho ny olon-tsotra Ilay nampahiratra ny mason' ilay jamba. Ho valin' ny fiampangana milaza fa mpanota Jesosy noho Izy tsy nitandrina ny Sabata, dia hoy izy hoe: «Hataon' ny lehilahy mpanota ahoana no fahay manao fahagagana toy izany ?» {IFM 508.3}

Nantsoin' ny raby indray ilay jamba : «Ahoana no ilazanao Azy, fa nampahiratra ny masonao Izy ? Dia hoy izy : Mpaminany Izy». Notoherin' ny Fariseo tamin' izay fa tsy teraka jamba izy ka nositranina. Nampanantsoiny ny ray aman-dreniny ka nanontaniany hoe : «Zanakareo moa ity izay lazainareo fa teraka jamba ?» {IFM 508.4}

Ilay olona mihitsy no teo, nilaza fa jamba izy ary efa nahiratra izao ; nefa aleon' ny Fariseo nandà izay tsapany sy hitan' ny masony toy izay hanaiky ny fahadisoany. Mahery toy izany ny hevi-diso mibahana ao an-tsaina, ary mamitaka izaitsizy ny fahamarinan' ny Fariseo. {IFM 508.5}

Zavatra iray sisa no nantenain' ny Fariseo, dia ny hampahatahotra ny ray aman-drenin-dralehilahy. Toa nadio fo erỳ izy ireo nanontany hoe : «Koa nahoana ary no nahiratany izao?» Natahotra ny hidi-kizo ny ray aman-dreniny ; efa nambara mantsy fa izay manaiky an' i Jesosy ho Kristy dia «horoahina hiala amin' ny Synagoga» ; izany hoe tsy mahazo miditra ny synagoga mandritra ny telopolo andro. Nandritra io fotoana io dia tsy nisy zaza azo noforana na faty azo nitomaniana tao an-tranon' ilay nanao meloka. Noraisina ho toy ny antambo lehibe izany ; ary raha tsy mitarika ho amin' ny fibebahana izany, dia hisy sazy mavesatra kokoa manaraka. Naharesy lahatra ny ray aman-dreniny ny asa lehibe natao ho an' ny zanany, izao anefa no navaliny : «Fantatray fa zanakay ity sady teraka jamba; fa tsy fantatray izay nahiratany izao ; ary tsy fantatray izay nampahiratra ny masony ; izy ihany no anontanio ; efa lehibe izy, aoka izy no hilaza ny amin' ny tenany». Nialany tamin' izany fomba izany ny andraikitra rehetra ka nafindrany tamin-janany. satria tsy sahy niaiky an' i Kristy izy. {IFM 509.1}

Niharihary teo imason' ny olona marobe, indrindra teo amin' ny olon-tsotra ny zava-manahirana nisy ny Fariseo, dia ny fanontaniana napetrany sy ny hevitra nibahana tao am-pony, ny tsy finoany ny zava-misy momba io toe-javatra io. Matetika no efa nanao fahagagana niharihary teny an-dalambe Jesosy, ary fanamaivanana ny fahoriana mandrakariva no asa nataony. Ny fanontaniana tao an-tsain' ny maro dia ny hoe : Andriamanitra ve hampanao asa mahery toy izao amin' ny alalan' ny mpisandaka. araka izay antitranterin' ny Fariseo fa toetran' i Jesosy ? Nafana dia nafana ny adihevitra teo amin' ny andaniny sy ny ankilany. {IFM 509.2}

Hitan' ny Fariseo fa nampahoraka ny asa nataon' i Jesosy izy. Tsy azony nolavina ny fahagagana. Feno hafaliana sy fankasitrahana ilay lehilahy jamba; nibanjina ny zava-mahagaga eo amin' ny voary izy, ka feno fahafinaretana nahita ny hankaton' ny tany sy ny lanitra. Notantarainy tamin-kahalalahana ny fanandramany, ka niezaka ny hampangina azy indray ny Fariseo nanao hoe : «Omeo voninahitra Andriamanitra; izahay mahalala fa mpanota izany Lehilahy izany». Izany hoe : aza averina intsony fa io Lehilahy io no nampahiratra anao ; Andriamanitra no nanao izany. {IFM 509.3}

Namaly ilay jamba ka nanao hoe : «Tsy fantatro na mpanota Izy, na tsia, zavatra iray

loha ihany no fantatro : jamba aho teo aloha, fa nahiratra aho izao». {IFM 509.4}

Dia nanontany indray ireo hoe : «Inona no nataony taminao ? Nanao ahoana ange no nampahiratany ny masonao?» Niezaka ny hampikorontana azy tamin' ny alalan' ny teny maro izy, mba hahazoany milaza fa very saina izy. Niandany tamin' ny Fariseo i Satana sy ny anjeliny ratsy, ka nampiraisiny tamin-kafetsena tamin' ny fomba fisainan' olombelona ny heriny mba hoentimanohitra ny hery miasa mangina avy amin' i Kristy. Nangeja ny finoana izay latsaka lalina tao amin' ny saina maro izy ireo. Teo koa ny anjelin' Andriamanitra nampahery an-dralehilahy izay nampahiratina ny masony. {IFM 510.1}

Tsy tsapan' ny Fariseo fa misy hafa noho ilay lehilahy teraka jamba tsy nahita fianarana no nifampikasoka taminy ; tsy fantany Ilay niadiany. Namirapiratra teo amin' ireo efitrefitry ny fanahin' ilay lehilahy jamba ny fahazavana. Raha niezaka ny hahatonga azy tsy hino ireto mpihatsaravelatsihy ireto, dia nanampy Azy Andriamanitra mba hanehoany, tamin' ny fomba mahery vaika sy ny valinteniny mivantana, fa tsy voafandrika izy tsy akory. Namaly izy hoe : «Efa voalazako taminareo rahateo, fa tsy nihaino hianareo, nahoana no te-hihaino indray hianareo ? Moa te ho mpianany koa va hianareo ? Dia nanevateva azy izy ka nanao hoe : Ialahy no mpianany, fa izahay mpianatr' i Mosesy. Izahay mahalala fa Mosesy no nitenenan' Andriamanitra, fa ny amin' izany Lehilahy izany, dia tsy fantatray izay niaviany». {IFM 510.2}

Fantatry ny Tompo Jesosy ny fitsapana mahamay izay nolalovan-dralehilahy ka nomeny fahasoavana sy fahafahana hiteny izy, hany ka nanjary vavolombelon' i Kristy. Namaly ny Fariseo tamin' ny teny izay fanomezan-tsiny mandratra an' ireo mpanontany azy izy. Nilaza ny tenany ho mpanazava ny Soratra Masina izy ireo, ho mpitarika ara-pivavahana ny firenena; ity anefa misy Anankiray nanao fahagagana nefa dia manaiky ry zareo fa tsy mahalala ny loharanon' ny heriny, sy ny momba ny toetra amam-panahiny ary ny momba izay lazainy ny amin' ny tenany. «Mba mahagaga tokoa lahy izany ! hoy ralehilahy. Fa tsy fantatrareo izay niaviany — nefa nampahiratra ny masoko Izy. Fantatsika fa Andriamanitra tsy mihaino ny mpanota ; fa izay mivavaka aminy sy manao ny sitrapony no henoiny. Hatrizay hatrizay dia tsy mbola re fa misy nampahiratra ny mason' izay teraka jamba. Raha tsy avy amin' Andriamanitra izany Lehilahy izany, dia tsy mahefa na inona na inona». {IFM 510.3}

Ny toerana nisy ireo namotopototra azy ihany no nisetrandralehilahy azy. Tsy nisy iadian-kevitra ny fomba fisainany. Gaga ny Fariseo ka tsy nihetsika, finaritra tamin' ny teny mivantana sy hentitra nataony. Nandritra ny fotoana fohy dia nisy fanginana. {IFM 510.4}

Dia niketrona noho ny hatezerana ny handrin' ny mpisorona sy ny raby ka nafintiny manodidina azy ny akanjony, toy ny matahotra sao haloto raha mikasika azy; nahintsany

ny vovoka tamin' ny tongony, ka nanao teny mafy niampanga azy : «Tena teraka tamin' ny ota ialahy, ka ialahy indray va no mampianatra anay?» Dia noroahiny tsy ho an' isan' ny fiangonana izy. {IFM 511.1}

Fantatr' i Jesosy izay rehetra niseho; ary rehefa nahita azy Izy tao aoriana kely, dia hoy Izy : «Mino ny Zanak' Andriamanitra va hianao ?» {IFM 511.2}

Izao no voalohany nibanjinan' ilay lehilahy jamba ny tavan' ny Mpanavotra azy. Raha teo anoloan' ny filan-kevitra izy dia nahita ny ray aman-dreniny sahiran-tsaina sy very hevitra; efa nahita koa ny endriky ny raby niketrona noho ny hatezerana izy ; izao ny Fijeriny dia nipetraka teo amin' ny endrik' i Jesosy — nitory fitiavana sy fiadanana. Efa nanao vy very izy tamin' ny nanekeny Azy ho solontenan' ny fahefan' Andriamanitra, ary ankehitriny dia nomena fanambarana ambony kokoa izy. {IFM 511.3}

Raha nanontany azy ny Mpamonjy hoe : «Mino ny Zanak' Andriamanitra va hianao ?» dia namaly ralehilahy jamba tamin' ny alalan' ny fanontaniana hoe : «Iza moa no Izy, Tompoko, mba hinoako Azy?» Ary hoy Jesosy taminy : «Efa nahita Azy hianao sady Izay miresaka aminao no Izy». Niankohoka teo an-tongotry ny Mpamonjy ralehilahy. Tsy ny masony ara-nofo ihany no sitrana, fa ny mason' ny sainy koa nisokatra. Naseho tamin' ny fanahiny Kristy, ka nandray Azy ho Ilay Irak' Andriamanitra izy. {IFM 511.4}

Nisy Fariseo vitsivitsy nivory teo akaiky teo, koa ny fahitan' i Jesosy azy ireo dia niteraka tao an-tsainy ny fahasamihafana hita lalandava eo amin' ny vokatry ny teniny sy ny asany. Hoy Izy : «Ho fitsarana no nahatongavako amin' izao tontolo izao, mba hahiratra ny tsy mahiratra, ary mba ho tonga jamba kosa ny mahiratra». Efa tonga Kristy hampahiratra ny mason' ny jamba, hanome fahazavana ho an' izay mipetraka ao amin' ny haizina. Nanambara ny tenany ho fahazavan' izao tontolo izao Izy, ary ny fahagagana vao nataony dia fanamarinana ny asa nanirahana Azy. Ny olona izay nahita ny Mpamonjy tamin' ny fiaviany voalohany, dia nomena tombon-tsoa tamin' ny fanehoana feno kokoa ny amin' ny fanatrehan' Andriamanitra, mihoatra noho izay tsy mbola niainan' izao tontolo izao hatramin' izay. Naseho tamin' ny fomba feno kokoa ny fahalalana an' Andriamanitra. Nefa teo amin' io fanambarana io indrindra no nandalo teo amin' ny olona ny fitsarana. Nosedraina ny toetra amam-panahiny, tapaka ny ho anjarany. {IFM 511.5}

Ny fanehoana ny herin' Andriamanitra izay nanome fahiratana ara-nofo sy ara-panahy ilay jamba, dia namela ny Fariseo tao anatin' ny haizina mikitroka kokoa. Nisy mpihaino an' i Kristy nahatsapa fa nampiharina taminy ny tenin' i Kristy, ka nanontany izy hoe : «Izahay koa va mba jamba ?» Namaly Jesosy hoe: «Raha jamba hianareo, dia tsy ho nanan-keloka». Raha nataon' Andriamanitra ho tsy azonareo natao ny mahita ny fahamarinana, dia tsy hisy heloka ho anareo ny tsy fahalalanareo. «Nefa hoy hianareo ankehitriny : Mahiratra izahay». Mino ianareo fa afaka mahita, ka lavinareo ny hany

fomba izay mety ahazoanareo mahita. Ho an' izay rehetra mahatsapa ny fahantrany, dia tonga Kristy mitondra fanampiana tsy misy fetra. Tsy hiaiky ny fahantrany anefa ny Fariseo; nandà ny ho eo amin' i Kristy izy ireo, ary hatreo dia navela tao amin' ny fahajambany izy - fahajambana izay mahameloka ny tenany ihany. Hoy Jesosy : «Dia tsy afaka ny helokareo». {IFM 512.1}

## Toko 52—Ilay Mpiandry ondry tsara indrindra

«Izaho no Mpiandry tsara ; ny mpiandry tsara manolotra ny ainy hamonjy ny ondry». «Izaho no Mpiandry Tsara ; ary fantatro ny Ahy, sady fantany Aho, dia tahaka ny ahafantaran' ny Ray Ahy sy ny ahafantarako ny Ray ; ary Izaho manolotra ny aiko hamonjy ny ondry»1. {IFM 513.1}

Nahita lalana indray Jesosy ahatrarany ny sain' ny mpihaino Azy tamin' ny fanarahana ny zavatra mifandray nahazatra azy ireo. Nampitahainy tamin' ny rano mangatsiaka mamelombelona. ny hery miasa mangina avy amin' ny Fanahy. Efa nasehony ho toy ny fahazavana ny tenany, dia loharanon' aina sy fifaliana ho an' ny zavaboary sy ho an' ny olona. Izao indray dia asehony amin' ny alalan' ny sary kanton' ny any an-tsaha, ny fifandraisany amin' izay mino Azy. Tsy nisy sary nahazatra kokoa ny mpihaino Azy noho izany, ary ny tenin' i Kristy dia mamatotra izany ho mandrakizay amin' ny tenany. Na oviana na oviana ny mpianatra no mijery mpiandry ondry mikarakara ny andian' ondriny, dia mahatsiaro ny lesona nataon' ny Mpamonjy izy. Hahitany an' i Kristy ny mpiandry ondry mahatoky rehetra. Hahitany ny tenany ny ondry tsirairay tsy manan-kery sady tsy mahavita tena. {IFM 513.2}

Io sary io dia efa nampiharin' ny mpaminany Isaia tamin' ny asa nanirahana ny Mesia, tao amin' ny teny fampiononana hoe : «Ry Ziona, izay mitondra teny soa mahafaly ò, miakara any antendrombohitra avo ; ry Jerosalema, izay mitondra teny soa mahafaly ô, asandrato mafy ny feonao, asandrato fa aza matahotra ; lazao amin' ny tanànan' i Joda hoe : Indro Andriamanitrareo. Hiandry ny ondriny tahaka ny mpiandry ondry Izy ; ny sandriny no hanangonany ny zanak' ondry, ka hotrotroiny eo an-tratrany ireny»2. Hoy ny hiran' i Davida : «Jehovah no Mpiandry ahy ; tsy hanan-java-mahory aho». Ary izao no nambaran' ny Fanahy Masina tamin' ny alalan' i Ezekiela : «Ary hanangana Mpiandry iray ho azy Aho, Izy no hiandry azy ; ny very hotadiaviko, ny voaroaka hampodiko, ny folaka hohamarako, ny malemy hatanjahiko». «Ary hanao fanekem-pihavanana aminy Aho». «Ary tsy ho babon' ny jentilisa intsony izy . . . fa handry fahizay, ary tsy hisy hanaitaitra azy»3. {IFM 513.3}

Nampiharin' i Kristy tamin' ny tenany ireo teny ireo, ary nasehony ny fahasamihafan' ny toetra amam-panahin' ny tenany sy ny an' ireo mpitarika tao amin' Isiraely. Vao nandroaka ondry iray avy tao amin' ny vaia ny Fariseo, satria sahy nijoro ho vavolombelon' ny herin' i Kristy io. Nosarahiny ny fanahy iray izay notarihin' Ilay tena Mpiandry ondry teo Aminy. Tamin' izany dia nasehon' izy ireo fa tsy nahalala ny asa nankinina taminy izy, ka tsy mendrika ny fitokisana azy ho mpiandry ny ondry. Nasehon' i Jesosy teo anatrehany izao ny fahasamihafan' izy ireo sy ny Mpiandry tsara, ka manondro ny tenany Izy ho ilay tena mpiandry ny ondrin' i Jehovah. Talohan' ny nanaovany izany anefa, dia nanambara ny tenany tamin' ny sary hafa Izy. {IFM 514.1}

Hoy Izy : «Izay tsy miditra amin' ny vavahady ho amin' ny valan' ondry, fa mananika ny fefy, dia mpangalatra sy jiolahy. Fa izay miditra amin' ny vavahady no mpiandry ondry». Tsy azon' ny Fariseo fa natao mba hanoherana azy ireo teny ireo. Raha nihevitra tao am-pony izay dikan' izany izy, dia nambaran' i Jesosy mazava taminy hoe : «Izaho no vavahady ; raha Izaho no hidiran' ny olona, dia hovonjena izy ka hiditra sy hivoaka sady hahazo hanina. Ny mpangalatra tsy avy raha tsy hangalatra sy hamono ary handringana ; Izaho avy mba hananany fiainana, sady hananany be dia be». {IFM 514.2}

Kristy no vavahadin' ny andian' ondrin' Andriamanitra. Teo amin' io vavahady io, no nahitan' ny zanany rehetra lalana idirana hatramin' ny taloha indrindra. Tao amin' i Jesosy, nasehon' ny sary, araka ny aloky ny tandindona, nahariharin' ny fanambarana nataon' ny mpaminany, nalana sarona teo amin' ny lesona nomena ny mpianatra, ary teo amin' ny fahagagana notanterahina ho an' ny zanak' olombelona, teo amin' i Kristy no nibanjinany ny «Zanak' ondrin' Andriamanitra izay manaisotra ny fahotan' izao tontolo izao»4, ary tamin' ny alalany dia nentina tao anatin' ny valan' ny fahasoavana izy. Betsaka no tonga nitondra zavatra hafa tao amin' ny finoan' izao tontolo izao, nisy fanompoam-pivavahana sy ny fombam-pivavahana novolavolaina izay antenain' ny olona handraisana fanamarinana sy fihavanana amin' Andriamanitra ary hahitana lalana idirana ao amin' ny valany. Nefa Kristy no hany vavahady, ary izay rehetra nanao izay isalovanany mba hakany ny toeran' i Kristy, izay rehetra niezaka ny hiditra ao amin' ny vala amin' ny fomba hafa, dia mpangalatra sy jiolahy. {IFM 514.3}

Tsy niditra teo amin' ny varavarana ny Fariseo. Nananika teo amin' ny vala tamin' ny lalana hafa, noho i Kristy izy, ka tsy nanatanteraka ny asan' ny tena mpiandry ondry. Ny mpisorona sy ny mpanapaka, ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo, dia nanimba ny ahimaitso mitondra aina, ary nandoto ny loharanon' ny ranon' aina. Marina ny fomba filazan' ny teny avy tamin' ny tsindrimandry an' ireo mpiandry ondry sandoka ireo : «Tsy manatanjaka ny malemy hianareo, na manasitrana ny marary, na manamatra ny folaka, na mampody ny noroahiny . . . ; fa loza loatra ny fampanompoanareo azy»5. {IFM 515.1}

Tamin' ny fotoan' andro rehetra, dia nampiseho fampianarana tamin' izao tontolo izao ny mpanao filozofia sy ny mpampianatra izay hanomezana fahafaham-po izay ilain' ny fanahy. Ny firenena jentilisa tsirairay avy dia nanana ny mpampianatra lehibe teo aminy sy ny rafi-pivavahany izay nanolotra fomba fanavotana hafa noho ny an' i Kristy, ka nampitodika ny mason' ny olona hiala teo amin' ny tavan' ny Ray, ary nameno ny fony tamin' ny tahotra an' Ilay tsy nanome azy afa-tsy fitahiana. Nanana fironana izany fivavahana izany handroba an' Andriamanitra amin' ny fananany izay hananany fahefana tamin' ny alalan' ny famoronana sy tamin' ny alalan' ny fanavotana. Ireny mpampianatra sandoka ireny dia mandroba ny olona koa. An-tapitrisany ny olona no voafatotra ao amin' ny fivavahana sandoka, voafehin' ny tahotra manan-devo, ny tsy firaihana adala, ka miasa mafy tahaka ny biby mitondra enta-mavesatra, tsy manana fanantenana na

fifaliana na faniriana eto an-tany, ary tsy manana afa-tsy tahotra manasatra ny amin' ny ho avy. Ny filazantsaran' ny fahasoavan' Andriamanitra ihany no afaka manandratra ny fanahy. Ny fibanjinana ny fitiavan' Andriamanitra naseho teo amin ny Zanany, dia hampihetsika ny fo sy hanaitra ny herin' ny fanahy mihoatra noho izay azon' ny zavatra hafa atao. {IFM 515.2}

Tonga Kristy mba hahazoany mamorona indray ny endrik' Andriamanitra eo amin' ny olona ; ary izay rehetra manodina ny olona hiala amin' i Kristy, dia manodina azy hiala amin' ny loharanon' ny fitomboana marina ; esoriny aminy ny fanantenana sy ny fikasana ary ny voninahitry ny fiainana. Mpangalatra sy jiolahy izy. {IFM 516.1}

«Fa izay miditra amin' ny vavahady no Mpiandry ondry». Kristy no sady vavahady no mpiandry ondry. Miditra amin' ny alalan' ny tenany Izy. Amin' ny alalan' ny sorona nataon' ny tenany no mahatonga Azy ho mpiandry ny ondry. «Ary Izy no vohan' ny mpiandry vavahady ; ary ny ondry mihaino ny feony ; ary izay ondriny tokoa dia antsoiny amin' ny anarany avy ka entiny mivoaka. Ary rehefa mamoaka ireo rehetra ireo izy, dia mialoha azy ; ary ny ondriny manaraka azy, satria mahalala ny feony ireo» . {IFM 516.2}

Ny amin' ny biby rehetra, dia ny ondry no anisan' ny saro-tahotra sy malemy indrindra, ary any atsinanana dia tsy sasatra ary tsy mijanona ny asan' ny mpiandry ondry ho an' ny ondriny. Tahaka ny ankehitriny koa ny taloha ka tsy azo antoka ny teo ivelan' ny tanàna mimanda. Nisy mpangalatra avy tamin' ny foko mpirenireny teny amin' ny manodidina teny, na biby mpihaza avy tamin' ny toerana miafina tany anaty vatolampy nijanona teny niandry izay handrobany ny andian' ondry. Miandry izay nankinina taminy ny mpiandry ondry, ary fantany fa tandindomin-doza ny ainy amin' izany. Jakoba, izay niandry ny ondrin' i Labana teo amin' ny toerana fiandrasana ondry tany Harana, dia milaza ny asany tsy nety sasatra, ka hoy izy hoe : «Nony atoandro matin' ny hain' andro aho, ary nony alina dia matin' ny fanala ; ary nandositra ny masoko ny torimasoko» 6. Ary teo am-piandrasana ny ondrin' ny rainy i Davida tovolahy, irery, no nifanehatra tamin' ny liona sy ny bera, sy namonjy avy teo am-bavan' ireo ny ondry norombahiny. {IFM 516.3}

Rehefa mitarika ny ondriny ny mpiandry ondry eny amin' ny havoana sy ny vatolampy, mitety ny ala sy ny vatolampy, mitety ny tevana any an-tany lao, mba ahatongavana eny amin' ny toerana be ahitra amoron' ny rano ; rehefa miandry azy eny an-tendrombohitra izy mandritra ny alina mangina, miaro azy amin' ny mpangalatra, mikarakara amim-pitiavana ny marary sy ny osa, amin' izay dia manjary iray aina aminy izy. Misy fatorana mafy sy mamy mampiray azy amin' ireo karakarainy ireo. Na dia betsaka aza ny ondry, dia fantatry ny mpiandry ny ondry tsirairay. Samy manana ny anarany avy izy, ka mamaly rehefa antsoin' ny mpiandry amin' ny anarany. {IFM 516.4}

Tahaka ny ahafantaran' ny mpiandry ondry ny ondriny, no ahafantaran' Ilay Andriamanitra mpiandry ondry koa ny ondry izay miparitaka manerana an' izao tontolo izao. «Ary ny aminareo ondriko, ondry fiandriko, olona hianareo, ary Izaho no Andriamanitrareo, hoy Jehovah Tompo». Hoy Jesosy: «Efa niantso ny anaranao Aho, Ahy hianao». «Efa vitako tombo-kavatsa eo ampelatanako hianao»7. {IFM 517.1}

Fantatr' i Jesosy tsirairay isika, ary manohina Azy ny fahatsapany ny fahalementsika. Fantany amin' ny anarantsika isika rehetra. Fantany na dia ny trano ipetrahantsika aza, ny anaran' ny mponina ao tsirairay. Nisy fotoana nanomezany baiko ny mpanompony handeha ho amin' ny lalana iray, ho amin' ny tanàna iray, ho amin' ny trano toy izao, mba hitady ny anankiray amin' ny ondriny. {IFM 517.2}

Ny fanahy tsirairay dia fantatr' i Jesosy amin' ny fomba feno tahaka ny tsy misy afatsy iny ihany no nahafatesan' ny Mpamonjy. Manohina ny fony ny fahorian' ny tsirairay. Tonga any an-tsofina ny antsoantso mitady fanampiana. Tonga Izy mba hitarika ny olona rehetra ho eo Aminy. Mibaiko azy izy hoe : «Manaraha Ahy» ary miasa amin' ny fony ny Fanahiny mba hitarika azy ho eo Aminy. Betsaka no mandà ny hotarihiny, fantatr' i Jesosy izy ireo. Fantany koa izay mihaino ny antsony amim-pifaliana, ary vonona ny ho eo ambanin' ny fikarakarany amin' ny maha-mpiandry ondry Azy. Hoy Izy : «Ny ondriko mihaino ny feoko, ary Izaho mahalala azy, ary izy manaraka ahy». Mikarakara ny tsirairay Izy tahaka ny tsy nisy hafa eran' ny tany. {IFM 517.3}

«Izay ondriny tokoa dia antsoiny amin' ny anarany avy ka entiny mivoaka». Tsy miroaka ny ondriny ny mpiandry ondry any Atsinanana. Tsy miankina amin' ny hery fa mandeha eo aloha izy ka miantso azy. Fantatry ny ondry ny feony, ka mankato ny antsony izy. Toy izany koa no ataon' Ilay Mpamonjy Mpiandry ondry amin' ny ondriny. Hoy ny Soratra Masina : «Ny tanan' i Mosesy sy Arona no nitondranao ny olonao toy ny ondry». Hoy ny nambaran' i Jesosy tamin' ny alalan' ny mpaminany. «Tany lavitra any no nisehoan' i Jehovah tamiko ka nanao hoe : Fitiavana mandrakizay no nitiavako anao ; koa izany no nampaharetako ny famindrampo ho anao. «Tsy misy tereny hanaraka Azy. «Tamin' ny kofehy fitarihana olona no nitarihako azy dia tamin' ny mahazakan' ny fitiavana»8. {IFM 517.4}

Tsy tahotry ny famaizana, na fanantenana ny famalian-tsoa mandrakizay no mitarika ny mpianatr' i Jesosy hanaraka Azy. Mibanjina ny fitiavan' ny Mpamonjy tsy misy toa azy izy, izay nambara nandritra ny nivahinianany teto an-tany, hatrany amin' ny fihinanam-bilon' i Betlehema ka hatrany amin' ny hazo fijalian' i Kalvary, ka ny fahitana Azy dia misintona ny fanahy, manalefaka sy mampilefitra azy. Mitsiry ao am-po ny fitiavana mibanjina fitiavana. Reny ny feony, ka manaraka Azy izy. {IFM 518.1}

Tahaka ny mpiandry ondry mandeha eo anoloan' ny ondry, ka ny tenany no misetra ny loza eny an-dalana, dia toy izany koa Jesosy amin' ny vahoakany. «Ary rehefa

mamoaka ireo rehetra ireo izy, dia mialoha azy». Nohamasinin' ny dia-tongotry ny Mpamonjy ny lalana mankany an-danitra. Mety mideza sy mikintoantoana ny lalana, nefa nandeha tamin' io lalana io Jesosy ; nanitsakitsaka ny tsilo maranitra ny tongony, mba hahamora kokoa ny lalana ho antsika. Ny entana mavesatra rehetra izay iantsoana antsika hoentina, dia efa nentin' ny tenany. {IFM 518.2}

Na dia niakatra eo anatrehan' Andriamanitra aza Jesosy ankehitriny, ka manana anjara amin' ny seza fiandrianan' izao rehetra izao dia tsy nisy veriny ny toetrany mamindrafo. Ankehitriny io fo be fitiavana sy mangoraka io ihany no midanadana ho amin' ny fahorian' ny taranak' olombelona rehetra. Ankehitriny Ilay tanana izay nofantsihina dia mitsotra mba hitahy be dia be ny vahoakany izay teo amin' izao tontolo izao «ka tsy ho very izy mandrakizay, ary tsy hisy handrombaka azy amin' ny tanako». Ny fanahy izay nanolo-tena ho an' i Kristy dia sarobidy eo imasony mihoatra noho izao tontolo izao. Nandalo tamin' ny ady mihatra aman' aina tao Kalvary ny Mpamonjy, mba ahazoany mamonjy olona iray ao amin' ny fanjakany. Tsy handao na oviana na oviana ny anankiray izay antony nahafatesany Izy. Raha ohatra ka tsy mifidy ny handao Azy ny mpanaraka Azy, dia hihazona azy mafy Izy. {IFM 518.3}

Manana mpanampy tsy mety diso na oviana na oviana isika mandritra ny fitsapana mianjady amintsika rehetra. Tsy avelany hitolona irery amin' ny fakam-panahy isika, hiady amin' ny ratsy ary amin' ny farany dia ho toron' ny enta-mavesatry ny fahoriana. Na dia miafina tsy eo imason' ny olombelona mety maty aza Izy, dia afaka mandre ny feony kosa ny sofin' ny finoana manao hoe : «Aza matahotra ; miaraka aminao Aho». Izaho «Ilay velona ; efa maty Aho, nefa, indro, velona mandrakizay mandrakizay» 9. Nizaka ny fahorianao aho, niainako ny tolona natrehinao, nosetraiko ny fakam-panahy mianjady aminao. Fantatro ny ranomasonao, efa nitomany koa Aho. Fantatro ny fahoriana miafina izay mbola tsy nambara na oviana na oviana tamin' ny sofin' olombelona. Aza mihevitra fa irery sy nafoy ianao. Na dia tsy misy fo voahetsika aza eto an-tany noho ny fahorianao, banjino Aho, ka aoka ho velona ianao. «Fa na dia hifindra aza ny tendrombohitra, ary na dia hihetsika aza ny havoana, tsy mba hiala aminao ny famindrampoko ary tsy hitsoaka ny faneken' ny fihavanako hoy Jehovah, Mpamindra fo aminao» 10. {IFM 519.1}

Na toy inona na toy inona mety ho fitiavan' ny mpiandry ondry ny ondriny, mbola tiany kokoa ny zananilahy sy ny zananivavy. Tsy mpiandry antsika fotsiny Jesosy, fa «Raintsika mandrakizay» koa Izy. Ary hoy Izy : «Fantatro ny Ahy, sady fantany Aho, dia tahaka ny ahafantaran' ny Ray Ahy sy ny ahafantarako ny Ray». Fanambarana fatratra manao ahoana ! Ny zanany lahy tokana, Ilay teo an-tratran' ny ray, Ilay nambaran' Andriamanitra fa «lehilahy namako» 11, — dia ny firaisana Aminy sy Andriamanitra mandra-kizay no natao hanehoana ny firaisana misy amin' i Kristy sy ny zanany eto an-tany ! {IFM 519.2}

Tia antsika Jesosy satria fanomezan' ny Rainy sy valisoan' ny asany isika. Tia antsika tahaka ny zanany Izy. Ry Mpamaky malala, tia anao Izy. Na ny lanitra aza tsy afaka hanome zavatra lehibe kokoa, tsara kokoa. Noho izany, matokia. {IFM 519.3}

Mihevitra ny fanahy rehetra manerana ny tany izay voatariky ny mpiandry sandoka ho amin' ny lalan-diso Jesosy. Izay iriny mafy hangonina ho ondriny andrasany dia niparitaka eo anivon' ny amboadia, ka hoy Izy : «Manana ondry hafa izay tsy amin' ity vala ity Aho, ary ireny koa dia tsy maintsy hoentiko ka hihaino ny feoko ; ary ho tonga andiany iray izy, sady iray ihany ny Mpiandry». {IFM 519.4}

«Ary izany no itiavan' ny Raiko Ahy, satria Izaho manolotra ny aiko mba handraisako azy indray». Izany hoe, tia anareo indrindra ny Raiko, hany ka nitombo ny fìtiavany Ahy noho Izaho nanome ny aiko hanavotra anareo. Satria nanjary solonareo sy antoka ho anareo Aho, satria nampilefitra ny fiainako Aho tamin' ny nakako ny andraikitrareo noho ny fahavoazanareo, ny fandikanareo ny lalàna, dia malalan' ny Raiko kokoa Aho. {IFM 520.1}

«Manolotra ny aiko Aho mba handraisako azy indray. Tsy misy manaisotra ny aiko Amiko, fa ny tenako ihany no manolotra azy. Manana fahefana hanolotra azy Aho, ary manana fahefana haka azy indray». Mety maty Izy amin' ny maha-anisan' ny fianakavian' olombelona Azy, fa amin' ny maha-Andriamanitra Azy dia loharanon' aina ho an' izao tontolo izao Izy. Azony natao ny nanohitra ny fahafatesana nanatona Azy, ka nandà ny ho eo ambanin' ny fanapahany nefa an-tsitrapo no nanolorany ny ainy mba hahazoany mitondra ny aina sy ny fiainana mandrakizay ho amin' ny mazava. Nitondra ny fahotan' izao tontolo izao Izy, niaritra ny ozon' izany, nanolotra ny ainy ho sorona mba tsy ho faty mandrakizay ny olona. «Nitondra ny aretintsika tokoa Izy sady nivesatra ny fahoriantsika... Izy dia voalefona noho ny fahadisoantsika sy notorotoroina noho ny helotsika ; ny fampijaliana nahazoantsika fihavanana no namelezana Azy ; ary ny dian-kapoka taminy no nahasitranana antsika. Isika rehetra dia samy efa nania tahaka ny ondry, samy efa nivily ho amin' ny lalantsika avy isika rehetra, ary nataon' i Jehovah nihatra taminy avokoa ny helotsika rehetra» 12. {IFM 520.2}

## Toko 53—Ny dia farany avy tany Galilia

Rehefa akaiky hifarana ny asa nanirahana an' Kristy, dia nisy fiovana teo amin' ny fomba fiasany. 1 Hatramin' izay dia niezaka Izy hiala amin' ny fihetsiketsehana sy ny fampielezan-kevitra. Nolaviny ny fideran' ny vahoaka Azy, ary nandalo haingana niala amin' ny toerana iray Izy ho amin' ny toerana iray rehefa toa nirehitra tsy ho azo fehezina ny hafanampon' ny vahoaka ho Azy. Impiry impiry Izy no nanafatrafatra ny tsy hanambarana Azy ho Kristy. {IFM 521.1}

Tamin' ny fotoanan' ny Fetin' ny Tabernakely dia haingana sady mangingina no nanaovany ny diany ho any Jerosalema. Rehefa namporisihin' ny rahalahiny Izy hiseho ampahibemaso amin' ny maha-Mesia Azy dia izao no valinteniny : «Tsy mbola tonga ny fotoako» 2. Tsy nisy nahita Izy raha nanao ny diany ho any Jerosalema, ka tsy nisy nanambara mialoha ny fidirany tao an-tanàna, ary tsy nanome voninahitra Azy ny vahoaka marobe. Tsy toy izany anefa tamin' ny diany farany. Niala tao Jerosalema fotoana fohy aloha Izy noho ny haratsiam-panahin' ny mpisorona sy ny raby. Izao anefa dia nanomboka ny diany hiverina any Izy, ka tamin' ny fomba hitan' ny besinimaro indrindra no nanaovany izany ; lalana manokana manodidina no nalehany ka nisy fanambarana nialoha Azy ny amin' ny fiaviany dia araka izay tsy mbola nataony mihitsy talohan' izao. Handeha eo amin' ny sehatry ny sorona lehibe nataony Izy, ary tsy maintsy tarihina ho amin' izany ny sain' ny vahoaka. {IFM 521.2}

«Ary tahaka ny nanandratan' i Mosesy ny menarana tany an-efitra no tsy maintsy hanandratana ny Zanak' olona»3. Tahaka ny mason' ny Isiraely natodika teo amin' ilay menarana nasandratra, izay tandindona nokendrena ho fanasitranana azy, dia toy izany koa, fa tsy maintsy hotarihina ho amin' i Kristy ny maso rehetra, ho eo amin' ny sorona izay hitondra famonjena ho an' izao tontolo izao very. {IFM 522.1}

Fiheveran-diso ny amin' ny asan' ny Mesia, sy tsy fananana finoana ny amin' ny toetra amam-panahin' Andriamanitra teo amin' i Jesosy, no nitarika ny rahalahiny hamporisika Azy hiseho ampahibemaso amin' ny vahoaka tamin' ny Fetin' ny Tabernakely. Izao indray, noho ny toe-tsaina nifanahaka amin' izany ihany, dia tian' ny mpianatra ho sakanana Izy tsy handeha ho any Jerosalema. Tsaroany ny teniny mikasika izay hanjo Azy any, fantany ny fankahalan' ireo mpitarika fivavahana Azy hatramin' ny fahafatesana. koa sitrany. ny hampiova hevitra ny Tompony handeha any. {IFM 522.2}

Adidy nangidy teo amin' ny fon' i Kristy ny handroso ihany na dia teo aza ny tahotra, ny fahadisoam-panantenana, sy ny tsy finoan' ireo mpianany malala. Mafy taminy ny hitarika azy hitsena ny tebiteby sy ny famoizam-po izay niandry azy ireo tany Jerosalema. Ary i Satana koa teo akaiky teo nanindry ny Zanak' olona tamin' ny fakam-panahiny. Nahoana Izy izao no tokony ho any Jerosalema, ho amin' ny fahafatesana azo antoka. Manodidina Azy hatraiza hatraiza dia nisy fanahy noana ny mofon' aina. Hatraiza

hatraiza dia nisy niandry ny teniny nitondra fanasitranana. Vao nanomboka izao ny asa hotanterahin' ny Filazantsaran' ny fahasoavana. Izy koa mbola ao anatin' ny taona mampatanjaka Azy rahateo. Nahoana Izy no tsy handroso ho any amin' ny saha midadasika eo amin' izao tontolo izao mitondra ny tenin' ny fahasoavany, ny heriny mahasitrana rehefa mikasika Azy ? Nahoana no tsy raisiny ho an' ny tenany ny fifaliana amin' ny fanomezana ny fahazavana sy ny fifaliana ho an' ireo an-tapitrisany ao anatin' ny haizina sy ny fahoriana ? Nahoana no avela ho an' ny mpianany ny fiotazana ny vokatra, ireo izay malemy tokoa amin' ny finoana, votsa saina, miadam-pihetsika kokoa ? Nahoana no hiatrika ny fahafatesana Izy izao, ka hilaozana eo am-pahazazany ny asa ? Ilay fahavalo izay nifanehatra tamin' i Kristy tany an-efitra no manafika Azy ankehitriny amin' ny fakam-panahy masiaka sy fetsy. Raha nilefitra indray mandeha Jesosy, raha nanova ny fihetsiny Izy teo amin' izay antsipiriany kely indrindra mba hamonjena ny tenany, dia ho nandresy ny fitaovana nampiasain' i Satana, ary ho very izao tontolo izao. {IFM 522.3}

Nefa Jesosy «niatrika hankany Jerosalema». Ny lalàna tokana teo amin' ny fiainany dia ny sitrapon' ny Ray. Raha nitsidika ny tempoly Izy, fony vao zaza, dia hoy Izy tamin' i Maria : «Tsy fantatrareo va fa tsy maintsy ho eto an-tranon' ny Raiko Aho?» 4 Tany Kana, rehefa nirin' i Maria ny hanehoany ny heriny mahagaga, dia izao no navaliny : «Tsy mbola tonga ny fotoako» 5. Ireo teny ireo ihany no navaliny ny rahalahiny rehefa nampirisika Azy ho any amin' ny fety izy. Nefa tao amin' ny drafitra lehibe nataon' Andriamanitra dia efa voatendry ny ora izay hanolorany ny tenany ho an' ny fahotan' ny olona, ary efa akaiky hipaika izao ny ora. Tsy ho diso na hangozohozo Izy. Nitodika ho any Jerosalema ny diany, any amin' izay efa ela no niokoan' ireo fahavalony handatsahany ny ainy ; izao dia hanolotra izany Izy. Nandroso aminkasahiana ho any amin' ny fanenjehana Izy, ho amin' ny fandavana Azy, ny fitsipahana, ny fanamelohana sy ny fahafatesana. {IFM 523.1}

Ary «nandefa iraka hialoha Azy Izy» dia nandeha ireo ka niditra tao amin' ny vohitra anankiray izay an' ny Samaritana hamboatra trano itoerany». Nandà ny handray Azy anefa ny olona, satria teo an-dalana ho any Jerosalema Izy. Noraisin' ny Samaritana ho fanehoan' i Kristy ny fitiavany kokoa ny Jiosy izany, izay nankahalainy tamin' ny fomba mangidy indrindra. Raha tonga hanamboatra ny tempoly sy hamerina ny fivavahana eo amin' ny Tendrombohitra Gerizima Izy, dia noraisiny tamim-pifaliana; ho any Jerosalema anefa Izy, ka tsy handray Azy mihitsy izy. Tsy tsapany firy fa nailiny tsy ho eo am-baravarany ny fanomezan' ny lanitra tsara indrindra. Niantso ny olona handray Azy Jesosy, nangataka mari-pitiavana taminy Izy mba hahazoany manatona Azy akaiky ka handrotsahany fitahiana sarobidy indrindra aminy. Ny mari-pitiavana tsirairay aseho Azy, dia hovaliany fahasoavana sorobidy indrindra. Fa very ny zavatra rehetra ho an' ny Samaritana noho ny hevitra nibahana tao an-tsainy sy ny fitiavam-bavaka diso toerana teo

aminy. {IFM 523.2}

Tohina mafy tamin' ny fanevatevana natao tamin' ny Tompony i Jakoba sy Jaona. Feno hatezerana izy satria nanevateva Azy loatra ny Samaritana, kanefa te hanome voninahitra azy ireo tamin' ny fanatrehany Izy. Vao haingana izy mirahalahy no niaraka taminy teo amin' ny tendrombohitra fiovan-tarehy, ary nahita Azy nankalazain' Andriamanitra ary nomen' i Mosesy sy Elia voninahitra. Izao fanaovan' ny Samaritana tsinontsinona Azy ankarihary izao, hoy ny fiheviny, dia tsy tokony havela handalo amin' izao tsy misy famaizana mazava. {IFM 523.3}

Nanatona an' i Kristy izy, dia nambarany ny tenin' ny olona ka nolazainy Azy fa na dia izay hatoriany indray alina aza tsy nomeny Azy. Nihevitra izy fa tsy ara-drariny sy ratsy loatra no natao tamin' i Jesosy, ka raha nahatazan-davitra ny tendrombohitra Karmela izay namonoan' i Elia ireo mpaminany sandoka izy, dia hoy izy hoe : «Tianao va raha hiteny izahay mba hisy afo milatsaka avy any an-danitra handevona azy, toy ny nataon' i Elia ?» Gaga izy nahita fa nampalahelo an' i Jesosy ny teniny, ary vao mainka zendana izy rehefa tonga tao an-tsofiny ny fanomezan-tsiny nataony hoe : «Tsy fantatrareo ny toetry ny fanahy izay anareo. Fa ny Zanak' olona tsy tonga hahavery ny ain' olona. fa hamonjy azy» 5. Dia nankany amin' ny vohitra hafa Izy. {IFM 524.1}

Tsy anisan' ny asa nanirahana an' i Kristy ny manery olona handray Azy. Satana sy ny olona hetsehin' ny fanahiny, no mitady hanery ny feon' ny fieritreretana. Misy olona mihambo ho mafana fo amin' ny fahamarinana, nefa miara-miasa amin' ny anjely ratsy mba hampitondra fahoriana ny mpiara-belona aminy, mba hanovany azy hanaraka ny fiheverany momba ny fivavahana. Kristy anefa mampiseho famindrampo mandrakariva, mitady hatrany ny handresy Izy amin' ny fanambarana ny fitiavany. Tsy azony ekena ny hanana rafy ao amin' ny fanahy iray, tsy raisiny koa ny fanompoana tapatapany ; fa ny iriny fotsiny dia fanompoana an-tsitrapo, ny fileferana iniana ataon' ny fo eo ambanin' ny faneren' ny fitiavana. Tsy mety hisy porofo mazava kokoa fa manana ny fanahin' i Satana isika mihoatra noho ny fironantsika handratra sy hanimba izay tsy mankasitraka ny asantsika, na manao asa mifanohitra amin' ny hevitsika. {IFM 524.2}

Fananan' Andriamanitra ny olombelona rehetra, ny vatany, ny saina amam-panahiny. Maty mba hanavotra ny rehetra Kristy. Tsy misy mety maharikoriko kokoa an' Andriamanitra noho ny olona mampitondra fahoriana izay voavidin' ny ran' ny Mpamonjy, amin' ny alalan' ny fitiavam-bavaka diso toerana eo aminy. {IFM 524.3}

«Ary niainga niala teo Jesosy, dia tonga tany amin' ny sisintanin' i Jodia sy ny tany an-dafin' i Jordana, ary nisy vahoaka betsaka indray niangona teo aminy ; koa araka ny fanaony dia nampianatra azy indray Izy» 6. {IFM 525.1}

Tao Perea, ilay faritra teo «amin' ny sisin-tanin' i Jordana», no nandanian' i Kristy ny ampahany betsaka tamin' ireo volana farany tamin' ny asa fanompoana nataony.

Nifanizina nanaraka ny diany ny vahoaka marobe tao, tahaka ny tamin' ny asany voalohany tany Galilia, ary betsaka tamin' ny fampianarany voalohany no naverina. {IFM 525.2}

Tahaka ny nanirahany ny roa ambin' ny folo lahy, no nanendreny koa «fitopolo lahy, ka naniraka azy tsiroaroa hialoha Azy any amin' ny tanàna sy ny tany rehetra izay efa halehany» Izy. Efa nisy fotoana niarahan' ireo mpianatra ireo taminy, tamin' ny fanazarana azy ho amin' ny asany. Rehefa naniraka ny roa ambin' ny folo lahy Izy ho amin' ny asa voalohany nanirahany azy samirery, dia nisy mpianatra hafa niaraka tamin' i Jesosy tamin' ny diany nanerana an' i Galilia. Tamin' izany dia nanana tombon-tsoa tamin' ny fifandraisana ety taminy ireo sy tamin' ny fitarihana mivantana nataon' ny tenany. Ankehitriny ireto marobe kokoa ireto koa dia hirahina samirery. {IFM 525.3}

Ny baiko nomena ny fitopolo lahy dia mitovy amin' izay efa nomena ny roa ambin' ny folo lahý ; saingy ny baiko nomena ny roa ambin' ny folo lahy tsy hiditra ny tanànan' ny jentilisa na ny Samaritana, dia tsy natao tamin' ny fitopolo lahy. Na dia vao avy nolavin' ny Samaritana aza Kristy, dia tsy niova tsy akory ny fitiavany azy ireo. Rehefa nandeha tamin' ny anarany ny fitopolo lahy, dia ireo tanànan' i Samaria no novangiany talohan' ny sisa rehetra. {IFM 525.4}

Ny namangian' ny Mpamonjy mihitsy an' i Samaria, ary tatỳ aoriana, ny fiderany an' ilay. Samaritana tsara fanahy, sy ny fifaliana feno fankasitrahan' ilay boka izay Samaritana hany niverina nisaotra an' i Kristy, izany dia nisy dikany betsaka tamin' ny mpianatra. Latsaka lalina tao am-pony ny lesona. Raha naniraka azy ireo Jesosy taloha indrindra ny niakarany ho any an-danitra, dia nolazainy i Samaria niaraka tamin' i Jerosalema sy Jodia, ho toerana izay hitoriany voalohany ny Filazantsara. Ny fampianarany no efa nanomana azy ireo hanatanteraka io iraka io. Rehefa nankany Samaria tamin' ny anaran' ny Tompony izy, dia nahita olona vonona handray azy. Efa nandre ny teny fiderana nataon' i Kristy sy ny asam-pamindrampo ho an' ny mpiray firenena aminy izy ireo. Hitany fa na teo aza ny fihetsika henjana nataony taminy, dia hevitra feno fitiavana ihany no nananany taminy, koa azo ny fony. Rehefa niakatra ho any an-danitra ny Mpamonjy, dia noraisiny tsara ny iraka nalefany ka nioty vokatra sarobidy teo aminy ny mpianatra, dia teo amin' ireo izay efa fahavalony mangidy indrindra. «Tsy hotapahiny ny volotara torotoro, ary tsy hovonoiny ny lahin-jiro manetona ; hamoaka izay tena rariny tokoa Izy». «Ary ny anarany no hitokian' ny jentilisa» 7. {IFM 525.5}

Tamin' ny naniraka ny fitopolo lahy Jesosy, dia nibaiko azy Izy, tahaka ny nibaikoany azy roa ambin' ny folo lahy koa, tsy hisisika ho eo amin' izay tsy mandray azy tsara. «Izay tanàna iakaranareo, hoy Izy, ka tsy mandray anareo ny olona, dia mankanesa eo amin' ny lalambe, ka lazao hoe : Ny vovoky ny tanànanareo aza, izay miraikitra amin' ny tongotray, dia fafanay hiampanga anareo ; nefa aoka ho fantatrareo fa efa mby akaiky

anareo ny fanjakan' Andriamanitra». Tsy tokony hatao izany noho ny fahatezerana, na noho ny hajany voahosihosy, fa tokony hasehony ny maha zava-dratsy loatra ny fandavana ny hafatry ny Tompo na ny mpitondra hafatra nalefany. Ny fandavana ny mpanompon' i Jehovah dia fandavana an' i Kristy mihitsy. {IFM 526.1}

«Lazaiko aminareo, hoy Jesosy namaly, fa ho moramora kokoa ny ho amin' i Sodoma amin' izany andro izany noho ny amin' izany tanàna izany». Dia nitodika tany amin' ireo tanàna Galiliana indray ny sainy, izay niasany be tokoa tamin' ny asa fanompoana nataony. Niloa-bava tamin' ny feo nitory alahelo lalina Izy hoe : «Lozanao, ry Korazina ! lozanao ry Betsaida ! fa raha mba tany Tyro sy Sidona no natao ny asa lehibe izay natao teo aminareo, dia ho nibebaka ela izy ka nitafy lamba fisaonana sy nipetraka amin' ny lavenona. Fa ho moramora kokoa ny amin' i Tyro sy Sidona amin' ny andro fitsarana noho ny ho aminareo. Ary hianao, ry Kapernaomy, hasandratra hatrany an-danitra va hianao ? Haetry hatrany amin' ny fiainan-tsi-hita hianao». {IFM 526.2}

Efa natoiotra maimaimpoana ho an' ireo tanàna maresaka manodidina ny Ranomasin' i Galilia ny fitahian' ny lanitra sarobidy indrindra. Isan' andro isan' andro ny Andrianan' ny fiainana no niditra sy nivoaka teo anivon' izy ireo. Ny voninahitr' Andriamanitra izay nirin' ny mpaminany sy ny mpanjaka fatratra ho hita, dia efa namirapiratra tamin' ny vahoaka marobe izay nifanizina nanaraka ny dian' ny Mpamonjy. Nefa nandà Ilay Fanomezana avy tany an-danitra izy. {IFM 526.3}

Hoatry ny nampiseho fahamalinana be ny raby nampitandrina ny vahoaka tsy handray ny fampianarana vaovao nampianarin' ity mpampianatra vaovao ; nifanohitra tamin' ny fampianaran' ny razana ny lahakevitra sy ny fampiharana narosony. Natoky izay nampianarin' ny mpisorona sy ny Fariseo ny vahoaka, fa tsy mitady izay hahazoany ny tenin' Andriamanitra ary notsipahiny ny fahamarinana hahazoany mitana ny lovan-tsofin' ny tenany. Betsaka no voahetsika lalina ary saiky resy lahatra ; nefa tsy niasa araka izay hevitra notanany izy, koa tsy nisaina ho anisan' ireo izay niandany tamin' i Kristy izy ireo. Naneho ny fakam-panahiny i Satana, mandra-pahatonga ny mazava ho tahaka ny maizina. Tamin' izany dia maro no nitsipaka ny fahamarinana izay nety ho famonjena ny fanahiny. {IFM 527.1}

Hoy Ilay Vavolombelona Marina: «Indro, efa mitsangana eo am-baravarana Aho ka mandondona»8. Ny fampitandremana tsirairay, ny fanomezan-tsiny sy ny fiangaviana ao amin' ny tenin' Andriamanitra natao amin' ny alalan' ny mpitondra hafatra nalefany, dia dona eo am-baravaran' ny fo. Feon' i Jesosy mangataka ny hiditra izany. Arakaraka ny hanoherana ny antso no hihenan' ny farisihana hamoha ny varavarana. Raha odian-tsy hita androany ny asan' ny Fanahy Masina miasa lalina ao am-po, dia tsy hahery intsony izy rahampitso. Manjary tsy mora andairan-javatra ny fo, ary mirona moramora ho amin' ny tsy fahatsapana mampidi-doza ny fahafohizan' ny androm-piainana, sy ny fahalehibeazan' ny mandrakizay any an-koatra. Ny fanamelohana antsika any amin' ny

Fitsarana dia tsy ho vokatry ny naha-tao amin' ny hevi-diso antsika, fa noho ny nanaovantsika an-tsirambina ny fotoana mety nomen' ny lanitra mba hianarana ny fahamarinana. {IFM 527.2}

Tahaka ny apostoly, dia nandray fahaizana ambony noho ny an' ny olombelona ny fitopolo lahy ho tombo-kasen' ny nanirahany azy. Rehefa vita ny asany dia niverina tamin-kafaliana izy, nanao hoe : «Tompo ô, na dia ny demonia aza dia manaiky anay noho ny anaranao». Hoy ny navalin' i Jesosy : «Izaho nahita an' i Satana latsaka avy tany an-danitra tahaka ny varatra». {IFM 527.3}

Naseho tao an-tsain' i Jesosy ny toe-javatra tamin' ny lasa sy ny ho avy. Nibanjina an' i Losifera Izy raha vao noroahina avy tany an-danitra. Notazaniny ireo toe-javatra mikasika ny ady mihatra aman' aina hatrehiny rehefa halàna sarona eo anatrehan' izao tontolo izao rehetra ny toetra amam-panahin' ilay mpamitaka. Reny ny feo mafy hoe: «Vita»9, izay manambara fa azo antoka mandrakizay ny fanavotana ny taranaka very ary voaro mandrakizay amin' ny fiampangana ny lanitra, amin' ny fitaka. amin' ny fihamboana izay mety hasosok' i Satana. {IFM 528.1}

Nibanjina izay ho ao ankoatry ny hazo fijalian' i Kalvary, miaraka amin' ny ady mihatra aman' aina sy ny henatra eo amin' izany Jesosy, dia ilay andro lehibe farany, rehefa hiatrika ny fandevonana azy eto amin' ity tany ity izay nosimbany ela tamin' ny fikomiany ilay andrianan' ny hery eny amin' ny rivotra. Nibanjina ny asan' ny ratsy hifarana mandrakizay Jesosy, sy ny fiadanan' Andriamanitra izay mameno ny lanitra sy ny tany. {IFM 528.2}

Hatramin' izao ny mpanaraka an' i Kristy dia hijery an' i Satana ho toy ny fahavalo efa resy. Teo ambonin' ny hazo fijaliana Jesosy no nahazo ny fandresena ho azy ireo, dia ilay fandresena izay tiany ho eken' izy ireo ho azy. «Indro, hoy Izy, efa nomeko fahefana hanitsaka menarana sy maingoka sy handresy ny hery rehetra ananan' ny fahavalo hianareo; ka tsy hisy hampaninona anareo akory». {IFM 528.3}

Ny hery tsy voafetran' ny Fanahy Masina no fiarovan' ny fanahy torotoro rehetra. Tsy misy na dia iray aza izay nitaky ny fiarovan' i Kristy tamin' ny fibebahana sy ny finoana, no havelany handalo eo ambanin' ny herin' ny fahavalo. Eo anilan' izay alaim-panahy sy sedraina ny Mpamonjy. Raha miaraka Aminy dia tsy mety hisy ny tsy fahombiazana, ny fatiantoka, ny zavatra tsy azo atao na ny faharesena; azontsika atao ny zavatra rehetra amin' ny alalan' Ilay mampahery antsika. Rehefa tonga ny fakam-panahy sy ny fitsapana, aza miezaka ny handrindra ny zava-tsarotra rehetra, fa mijere an' i Jesosy mpanampy anao. {IFM 528.4}

Misy kristiana izay mieritreritra be loatra sy miresaka be loatra koa ny amin' ny herin' i Satana. Mieritreritra an' ilay fahavalony izy, ataony antom-bavaka sy anton-dresaka izy, ka manangasanga mihangeza hatrany ao an-tsainy ao . Marina fa feno hery i Satana ; nefa

isaorana Andriamanitra fa manana Mpamonjy mahery isika, izay efa nandroaka ilay ratsy avy tany an-danitra. Finaritra i Satana rehefa manandratra ny heriny isika. Nahoana no tsy miresaka ny amin' i Jesosy isika ? Nahoana no tsy manandratra ny heriny sy ny fitiavany isika ? {IFM 528.5}

Ny avan' ny teny fikasana izay manodidina ny seza fiandrianana avy amin' ny avo dia vavolombelona mandrakizay fa «Toy izao no nitiavan' Andriamanitra an' izao tontolo izao; nomeny ny Zanani-lahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay» 10. Vavolombelona eo amin' izao rehetra izao izany fa tsy handao na oviana na oviana ny vahoakany eo amin' ny tolona ataony amin' ny ratsy Andriamanitra. Toky hananantsika hery sy fiarovana izany raha mbola maharitra koa ny seza fiandrianana. {IFM 529.1}

Hoy Jesosy nanampy izany : «Kanefa aza mifaly hianareo, satria manaiky anareo ny fanahy ; fa mifalia, satria voasoratra any an-danitra ny anaranareo». Aza mifaly amin' ny fanananareo hery, sao very tsy ho eo imasonareo ny fiankinanareo amin' Andriamanitra. Mitandrema sao tafiditra ny fiheveran-tena ho ampy, ka miasa amin' ny herin' ny tenanareo hianareo, fa tsy amin' ny fanahy sy ny herin' ny Tomponareo. Vonona mandrakariva ny «izaho», handray ny laza ho an' ny tenany raha azo lazaina fa misy fahombiazana ny asa. Dokafana sy asandratra ny «izaho», ka tsy latsaka ao amin' ny sain' ny hafa fa Andriamanitra no zavatra rehetra sy ao amin' ny zavatra rehetra. Hoy ny apostoly Paoly : «Fa ny fahalemeko no fahatanjahako» 11. Rehefa tsapantsika ny fahalementsika, dia mianatra ny miankina amin' ny hery tsy ao amintsika isika. Tsy misy famikirana mafy ao am-pontsika tahaka ny fahatsapana mitoetra ao anaty ao ny andraikitsika amin' Andriamanitra. Tsy misy mahatratra amin' ny fomba feno sy lalina ny fihetsitsika toy ny fahatsapana ny fitiavan' i Kristy -mamela heloka. Tokony hifampikasoka amin' Andriamanitra isika, amin' izay dia ho feno ny Fanahiny Masina isika, izay mahatonga antsika ho afaka mifampikasoka amin' ny mpiara-belona amintsika. Dia mifalia fa nanjary nifandray tamin' Andriamanitra ianao tamin' ny alalan' i Kristy ary nanjary mambra ao amin' ny fianakavian' ny lanitra. Raha tnijery ambony noho ny tenanao ianao, dia ho tsapanao mandrakariva ny fahalemen' ny maha-olombelona. Arakaraka ny maha-kely ny fankamamianao ny «izaho» no hampahazava kokoa sy hahafeno kokoa ny fahalalanao ny mahatsara indrindra ny Mpamonjinao. Arakaraka ny hifandraisanao akaiky kokoa amin' ny loharanon' ny fahazavana sy ny hery, no hitosahan' ny fahazavana lehibe kokoa aminao, ary hitomboan' ny herinao hiasa ho an' Andriamanitra. Mifalia fa iray amin' Andriamanitra ianao, iray amin' i Kristy ary iray amin' ny fianakavian' ny lanitra manontolo. {IFM 529.2}

Raha nihaino ny tenin' i Kristy ny fitopolo lahy, dia nandatsaka lalina zava-misy velona tao an-tsainy ny Fanahy Masina, ka nanoratra ny fahamarinana teo amin' ny vato fisaky ny fanahy. Na dia nanodidina azy ireo aza ny vahoaka be, dia tahaka ny voahidy

tao amin' Andriamanitra izy. {IFM 530.1}

Tsapan' i Jesosy fa efa voarain' ireo koa izay nanainga Azy tamin' io fotoana io ka «ravoravo tamin' ny Fanahy Masina Izy nanao hoe : Midera Anao Aho, Raiko ò, Tompon' ny lanitra sy ny tany, fa efa nafeninao tamin' ny hendry sy ny manan-tsaina izany, ka nasehonao tamin' ny zaza madinika; eny, Raiko, fa izany no sitrakao. Ny zavatra rehetra dia efa natolotry ny Raiko Ahy ; ary tsy misy mahalala ny Zanaka afa-tsy ny Ray, ary ny Ray afa-tsy ny Zanaka sy izay tian' ny Zanaka hanehoana Azy». {IFM 530.2}

Ny manan-kaja eo amin' izao tontolo izao, ireo lazaina fa lehibe sy hendry, dia tsy afaka mahafantatra ny toetra amam-panahin' i Kristy amin' ny fahendrena rehetra ireharehany. Ny fisehoany ety ivelany, ny fahafaham-baraka nihatra taminy amin' ny maha-olombelona Azy no nitsarany Azy. Ny mpanarato sy ny mpamory hetra anefa dia efa nomena hahita Ilay tsy hita. Na dia ny mpianatra aza dia tsy nahazo izay rehetra nirin' i Jesosy nambara taminy; indraindray anefa, rehefa nilefitra teo amin' ny herin' ny Fanahy Masina izy, dia nohazavaina ny sainy. Tsapany fa Ilay Andriamanitra mahery mitafy ny endriky ny maha-olombelona, dia teo anivon' izy ireo. Ravoravo Jesosy fa na dia tsy nananan' ny hendry sy ny manan-tsaina aza io fahalalana io, dia efa naseho tamin' ireto olontsotra ireto. Matetika rehefa nanazava ny Soratra Masina ao amin' ny Testamenta Taloha Izy, ka nasehony ny fampiharana izany tamin' ny tenany sy ny asa fanavotana nataony, dia efa nampifoha azy ireo ny Fanahiny, ka nisandratra ho amin' ny rivo-piainan' ny lanitra izy. Ny amin' ny fahamarinana ara-panahy nolazain' ny mpaminany dia nananany fahalalana mazava kokoa noho ireo nanoratra izany tany am-boalohany aza. Hatramin' izao dia hamaky ny Soratra Masina ao amin' ny Testamenta Taloha izy, tsy amin' ny maha-fampianaran' ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo an' izany, tsy amin' ny maha-tenin' olon-kendry efa maty azy, fa amin' ny maha-fanambarana vaovao avy amin' Andriamanitra an' izany. «Nibanjina Azy izy, Izay tsy azon' izao tontolo izao raisina, satria tsy hitany na fantany ; fa hianareo no mahafantatra Azy, satria mitoetra eo aminareo Izy, ary ao anatinareo» 12. {IFM 530.3}

Ny hany lalana izay mety hahazoantsika fahatakarana feno kokoa ny amin' ny fahamarinana dia ny fitazonana ny fo ho feno fitiavana sy ho voafehin' ny Fanahin' i Kristy. Tsy maintsy diovina amin' ny fieboeboana sy ny avonavona ny fanahy, ary foanana tsy ho ao izay rehetra notazoniny ho fananany, ka Kristy no tsy maintsy hanjaka ao. Voafetra loatra ny siansan' ny olombelona ahazoana fanavotana. Mahataka-davitra loatra ny drafitry ny fanavotana ka tsy azon' ny filozofia hazavaina. Hijanona hatrany ho zava-miafina izay tsy takatry ny saina mandanjalanja lalina indrindra izany. Tsy azo azavaina ny siansan' ny famonjena ; nefa mety ho fantatra amin' ny alalan' ny fanandramana izany. Izay mahita ny toetram-pahotan' ny tenany ihany no afaka hahalala ny hasarobidin' ny Mpamonjy. {IFM 531.1}

Feno fampianarana ny lesona nataon' i Kristy raha nanohy ny diany moramora avy any Galilia ho any Jerosalema Izy. Nazoto fatratra nihaino ny teniny ny vahoaka. Tany Perea tahaka ny tany Galilia, dia tsy teo ambanin' ny fifehezan' ny fitiavam-bavaka diso toeran' ny Jiosy tahaka ny tany Jodia ny olona, ka nisy akony tao am-pon' ireo ny fampianaran' i Jesosy. {IFM 531.2}

Nandritra ireo volana farany tamin' ny fanompoan' i Kristy, no nilazany ny sasany tamin' ny fanoharana nataony. Nanenjika azy tamin' ny fangidiam-po nitombo hatrany ny mpisorona sy ny raby, ka nosaronany tao amin' ny ohatra ny fampitandremana nataony ho azy ireo. Tsy azony natao ny tsy hahazo ny tiany holazaina, nefa tsy nahita na inona na inona teo amin' ny teniny izy hoentiny mampitoetra fiampangana Azy. Ao amin' ny fanoharana momba ny Fariseo sy ny mpamory hetra, dia miavaka sy miharihary tanteraka amin' ny fitalahoan' ilay mpanota mibebaka hoe : «Mamindrà fo amiko, mpanota», ny vavaka mitory fiheverantena ho ampy hoe : «Andriamanitra Ò, misaotra Anao aho, fa Tsy mba tahaka ny olona sasany . . .»13. Tamin' izany no nanomezan' i Kristy tsiny ny fihatsarambelatsihin' ny Jiosy. Ary ny sarin' ilay aviavy tsy mamoa sy ilay fanasana lehibe no nanambarany mialoha ny loza izay efa hianjady amin' ny firenena tsy mibebaka. Izay nanevateva ka nandà ny fiantsoana ho amin' ny fanasan' ny Filazantsara dia nandre ny teny fampitandremana hoe : «Fa lazaiko aminareo : Tsy hisy hanandrana ny nahandroko ireny olona nasaiko ireny na dia iray akory aza»14. {IFM 531.3}

Sarobidy indrindra ny fampianarana nomena ny mpianatra. Ny fanoharana momba ilay mpitondratena nahery nangataka mofo tamin' ny misasak' alina, dia nanome hery vaovao ny teniny manao hoe: «Mangataha, dia homena hianareo; mitadiava, dia hahita hianareo; dondòny, dia hovohana hianareo»15. Ary matetika dia nahazo hery ny finoany mihozongozona rehefa tsaroany fa niteny Kristy hoe : «Fa Andriamanitra tsy hanome rariny ny olomboafidiny va, izay mitaraina aminy andro aman' alina, ary moa hitaredretra va Izy ? Lazaiko aminareo, fa homeny rariny faingana izy»16. {IFM 532.1}

Naverin' i Jesosy ilay fanoharana kanto momba ilay ondry very. Ary notarihiny lavidavitra kokoa ny lesona voarakitra ao, raha nilaza ny amin' ny farantsa kely volafotsy very sy ny amin' ny zanaka adala Izy. Tsy mbola azon' ny mpianatra nankafizina feno ny herin' ireo lesona ireo tamin' izay fotoana izay ; fa rehefa nirotsaka ny Fanahy Masina, ka nanatrika ny fidiran' ny Jentilisa tao amin' ny Fiangonana izy ary nahita ny hatezeran' ny Jiosy feno fialonana, dia nazava taminy kokoa ny lesona momba ny zanaka adala, ka afaka niditra tao amin' ny fifalian' ny tenin' i Kristy hoe : «Fa mety ny mifaly sy miravoravo» ; «Fa ity zanako ity efa maty, fa velona indray, ary efa very, fa hita indray»17 Koa raha nandeha tamin' ny anaran' ny Tompony izy, niatrika ny fanomezan-tsiny sy ny fahantrana ary ny fanenjehana, dia matetika izy no nahazo hery tamin' ny famerenana ny baiko nataony tamin' iny diany farany iny hoe : «Aza matahotra, ry ondry

vitsy, fa efa sitraky ny Rainareo ny hanome anareo ny fanjakana. Amidio ny fanananareo, ka manaova fiantrana, manaova kitapom-bola tsy mety ho tonta ho anareo, dia harena any an-danitra tsy mety ho lany, izay tsy azon' ny mpangalatra, sady tsy misy kalalao manimba. Fa izay itoeran' ny harenareo, dia ho any koa ny fonareo»18. {IFM 532.2}

## Toko 54—Ny Samaritana tsara fanahy

Ny tantaran' ny Samaritana tsara fanahy 1 no entin' i Kristy manazava ny toetry ny tena fivavahana. Asehony fa tsy rafitra, na fanekem-pinoana, na fombam-pivavahana izany, fa fanatanterahana asam-pitiavana amin' ny fitondrana ny soa lehibe indrindra ho an' ny hafa, amin' ny hatsaram-po tena izy. {IFM 533.1}

Raha nampianatra ny vahoaka Kristy, dia «indro, misy mpahay lalàna anankiray nitsangana ka naka fanahy an' i Jesosy hoe : Mpampianatra Ò, inona no hataoko handovako fiainana mandrakizay ?» Sady nitaintaina no liana dia liana ny vahoaka nivory marobe niandry ny valiny. Nihevitra ny mpisorona sy ny raby fa hamandrika an' i Kristy tamin' ny namporisihany an' ilay mpahay lalàna nametraka an' io fanontaniana io. Nefa tsy niditra tamin' ny adi-hevitra ny Mpamonjy. Ny nametraka ny fanontaniana ihany no nangatahiny ny valiny. «Inona no voasoratra ao amin' ny lalàna ?» hoy Izy ; «Manao ahoana ny famakinao azy ?» Niampanga an' i Jesosy koa ny Jiosy ho nanamaivana ny lalàna nomena tao Sinay ; nefa nahompany teo amin' ny fitandremana ny didin' Andriamanitra ny momba ny famonjena. {IFM 533.2}

Hoy ilay mpahay lalàna : «Tiava an' i Jehovah Andriamanitrao amin' ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra ary ny sainao rehetra ; ary tiava. ny namanao tahaka ny tenanao». Hoy Jesosy taminy : «Marina ny navalinao ; ataovy izany, dia ho velona hianao». {IFM 533.3}

Tsy afa-po tamin' ny hevitra notanan' ny Fariseo sy ny asa nataony ilay mpahay lalàna. Efa nianatra ny Soratra Masina izy sady nanam-paniriana ny hahalala ny dikany marina. Niankinan' ny aina izany zavatra izany ho azy, ka nanontany tamin' ny fo madio izy hoe : «Inona no hataoko ?» Raha namaly ny momba ny fitakian' ny lalàna izy, dia nodinganiny avokoa ireo didy miavosa momba ny fanompoam-pivavahana sy ny fombam-pivavahana. Nolazainy fa tsy misy tombambidiny ireny, fa nasehony kosa ireo foto-kevitra roa lehibe izay iantonan' ny lalàna sy ny mpaminany. Io valinteny io, izay nankasitrahan' i Kristy, dia nametraka ny Mpamonjy teo amin' ny toerana tsara teo imason' ny raby. Tsy afaka nanameloka Azy izy tamin' ny nanamafisany izay naroson' ilay mpanazava ny lalàna. {IFM 534.1}

«Ataovy izany, dia ho velona hianao», hoy Jesosy. Nasehony ho toy ny zavatra iray tsy mivaky avy amin' Andriamanitra ny lalàna, ary tamin' io lesona io dia nampianatra Izy fa tsy azo atao ny mitandrina fitsipika iray, ka handika ny anankiray ; foto-kevitra iray ihany mantsy no manerana azy rehetra. Ny fankatoavana ny lalana manontolo no hanapaka ny ho avin' ny olombelona. Ny fitiavana an' Andriamanitra ambony indrindra sy ny fitiavana ny olona tsy miangatra no foto-kevitra tokony hiasa ao amin' ny fiainana. {IFM 534.2}

Nahita ny tenany ho mpandika lalàna ilay mpahay lalàna. Nandresy lahatra azy ny tenin' i Kristy nikaroka ny tao am-pony. Tsy nampihariny ny fahamarinan' ny lalàna, izay nolazainy fa azony. Tsy naneho fitiavana tamin' ny mpiara-belona taminy izy. Notakiana fibebahana izy ; tsy nibebaka anefa izy, fa niezaka ny hanamarintena. Tsy nanaiky ny marina izy, fa naleony niezaka hampiseho ny mahasarotra ny hanatanterahana ny lalàna. Tamin' izany dia nanantena izy sady hiala amin' ny faharesen-dahatra no hamerina ny voninahitry ny tenany eo imason' ny vahoaka. Nasehon' ny tenin' ny Mpamonjy fa tsy nilaina ny fanontaniana napetrany, satria azony natao ihany ny namaly izany. Koa nametraka fanontaniana hafa izy, ka nanao hoe : «Iza no namako ?» {IFM 534.3}

Niteraka adi-hevitra tsy nisy farany io fanontaniana io teo amin' ny Jiosy. Tsy nisalasalany ny amin' ny jentilisa sy ny Samaritana, vahiny sy fahavalo ireo. Nefa tokony hisy fanavahana hatao ve teo anivon' ny vahoakan' ny firenen' izy ireo, sady teo anivon' ny saranga samihafa eo amin' ny fiaraha-monina ? Iza no tokony heverin' ny mpisorona, ny raby, ny loholona ho namana ? Nandany ny fiainany teo amin' ireo fanompoam-pivavahana nifandimbindimby izy mba hanadiovany ny tenany. Ny fifampikasohana amin' ireny vahoaka tsy manam-pahalalana sy tsy miraika ireny, araka ny nampianaran' izy ireo, dia hahatonga fahalotoana izay hitaky ezaka mandreraka ny fanadiovana azy. Tokony heveriny ho namana ve ny «tsy madio» ? {IFM 534.4}

Nolavin' i Jesosy indray ny hiditra amin' ny adi-hevitra. Tsy niampanga ny fitiavam-bavaka diso toerana teo amin' ireo izay niandry ny hanameloka Azy Izy. Fa tantara tsotra no nentiny nanangana sary teo anatrehan' ny mpihaino Azy, mampiseho ny fitosaky ny fitiavana teraka avy any an-danitra, hany ka nanohina ny fo rehetra Izy, ka nitarika ilay mpahay lalàna hiaiky marina. {IFM 535.1}

Ny fomba nampisava ny haizina, dia ny fandraisana ny fahazavana. Ny fomba tsara indrindra ifandraisana amin' ny hevi-diso dia ny fanehoana ny marina. Ny fanambarana ny fitiavan' Andriamanitra no mampiharihary ny fahasimban' ny fo mifototra amin' ny «izaho» sy ny fahotana ao aminy. {IFM 535.2}

, «Nisy lehilahy anankiray, hoy Jesosy, nidina avy tany Jerosalema hankany Jeriko ka azon' ny jiolahy, dia nendahiny ny lambany, sady nokapohiny izy, dia nilaozany, rehefa saiky maty. Ary sendra nisy mpisorona anankiray nidina tamin' izany lalana izany ; ary raha nahita an-dralehilahy izy, dia nandalo azy. Ary toy izany koa ny Levita anankiray, izay tonga teo ; dia nahita azy, nefa nandalo koa». Tsy zavatra nosaintsainina fotsiny izany, fa tena nitranga tokoa, ary fantatra araka izay nanehoana azy. Ny mpisorona sy ny levita izay niala ka nivily lalana dia teo anivon' ny olona izay nihaino ny tenin' i Kristy. {IFM 535.3}

Raha mandeha avy any Jerosalema ho any Jeriko ny olona dia tsy maintsy mandeha

mamaky ampahany amin' ny efitr' i Jodia. Midina mankao amin' ny hantsana mangina, anaty vatolampy ny lalana, izay feno mpangalatra, ary matetika no ahitana herisetra izany. Teo no nisy namely ilay mpandeha, norobaina izay rehetra sarobidy teny aminy, noratraina sy nokapohiny izy, ary navela teo antsisin-dalana teo efa saiky maty. Raha nitsitra teo toy izany izy, dia tonga teo amin' izany lalana izany ny mpisorona. Notopazany maso fotsiny ilay lehilahy maratra. Niseho indray ilay Levita. Liana tehahalala izay nitranga, niondrika izy nijery ilay mijaly. Resy lahatra ny amin' izay tokony hataony izy ; tsy adidy mahafinaritra anefa izany. Niriny ny tsy nandehanany tamin' io lalana io, dia tsy ho nilainy ny hahita ity olona maratra ity. Nampanaiky ny tenany izy fa tsy mikasika azy izao. {IFM 535.4}

Samy nanana asa masina ireo olona ireo, ary milaza ny tenany ho mpivaofy ny Soratra Masina. Anisan' ny antokon' olona nofidina manokana mba ho solontenan' Andriamanitra eo amin' ny vahoaka izy ireo. Tokony ho olona «mahay mitondra mora ny tsy mahalala sy ny mania»2, izy ireo, mba ahazoany mitarika olona hahazo ny fitiavan' Andriamanitra lehibe ho an' ny taranak' olombelona. Ny asa izay nantsoina ataony dia ilay efa nosoratan' i Jesosy ho asan' ny tenany raha hoy Izy hoe : «Ny Fanahin' i Jehovah no ato amiko satria nanosotra Ahy hitory teny soa mahafalý amin' ny malahelo Izy, naniraka Ahy hitory fandefasana ho an' ny mpifatotra Izy, sy fampahiratana amin' ny jamba, hanafaka izay nampahoriana»3. {IFM 536.1}

Mijery ny fahorian' ny fianakavian' Andriamanitra eto an-tany ny anjelin' ny lanitra, ary omanina hiara-miasa amin' olona izy mba hanamaivana ny fahoriana sy ny fijaliana. Ny fitondran' Andriamanitra no nahatonga ilay mpisorona sy ilay Levita teo amin' ny lalana nisy ilay maratra mijaly mitsitra, mba hahitany ny filàny famindrampo sy fanampiana. Ny lanitra manontolo no niandry hijery raha ho voatohina ny fon' ireto olona ireto noho ny fangorahana ny fahorian' olombelona. Ny Mpamonjy no Ilay nampianatra ny Hebreo tany an-efitra ; avy teo amin' ny andri-rahona sy ny andri-afo no efa nampianarany lesona hafa noho izay efa noraisin' ny vahoaka ankehitriny avy tamin' ny mpisorona sy ny mpampianatra teo aminy. Ny famindrampo nomanin' ny lalàna dia nihitatra hatramin' ny biby ambany dia ambany aza, izay tsy afaka manambara izay iriny sy ny fijaliany. Nisy baiko nomena an' i Mosesy ho an' ny zanak' Isiraely ny amin' izany : «Raha hitanao mania ny ombin' ny fahavalonao, na ny borikiny, dia havereno any aminy mihitsy izany. Raha hitanao ny borikin' izay mankahala anao mihonaka ao ambanin' ny entany, dia aza malaina hamonjy azy ianao, fa manampia ny namanao hamaha azy tokoa» 4. Ilay olona noratrain' ny mpangalatra koa, dia nasehon' i Jesosy ho toy ny manjo amin' ny rahalahy ao anaty fahoriana. Tokony ho voahet.sika bebe kokoa manao ahoana ny fony noho ny fangorahana azy mihoatra noho ny biby mpitondra entana ! Nomena azy tamin' ny alalan' i Mosesy ny hafatra milaza fa Jehovah no Andriamaniny, «Andriamanitra lehibe sy mahery ary mahatahotra, manome rariny ny kamboty sy ny

mpitondratena Izy, sady tia ny vahiny». Noho izany, mibaiko Izy hoe : «Tiava ny vahiny» ho tianao tahaka ny tenanao «izy»5. {IFM 536.2}

Hoy i Joba hoe : «Ny vahiny aza tsy nandry teny ala-trano ; fa novohako ny varavarako manatrika ny lalana». Ary rehefa tonga tao Sodoma ireo anjely anankiroa naka ny endrik' olona, dia niankohoka tamin' ny tany i Lota ka nanao hoe : «Mba mivilia, ianareo, tompoko, ho ato an-tranon' ny mpanomponareo, ka mandria anio alina» 6. Nahazatra ny mpisorona sy ny Levita ireny lesona ireny, nefa tsy nampihariny tao amin' ny fiainany andavanandro. Notezaina tao amin' ny sekolin' ny fivavahana diso toerana teo amin' ny firenena izy, ka nanjary tia tena, teri-saina, sy mamepetra. Rehefa mijery ilay maratra izy ireo, dia tsy hainy nolazaina na mpiray firenena taminy izy io na tsia. Noheveriny fa mety ho anisan' ny Samaritana izy, ka nilaozany. {IFM 537.1}

Teo amin' ny fihetsika nataony, araka izay nitantaran' i Kristy azy, dia tsy nahita na inona na inona izay nifanohitra tamin' izay efa nampianarina mikasika ny fitakian' ny lalàna ilay mpahay lalàna. Nisy toe-javatra hafa niseho anefa : {IFM 537.2}

Nisy Samaritana iray, nandritra ny dia izay nataony, tonga teo amin' izay nisy ilay olona nijaly, ka rehefa nahita azy, dia nalahelo azy. Tsy nanontany izy na Jiosy na Jentilisa io vahiny io. Raha Jiosy izy, dia fantatr' ilay Samaritana tsara fa, raha nifanakalo ny toerana, dia ho nororany ny tavany, ka nilaozany sy nataony tsinontsinona izy. Tsy nisalasala izy anefa na dia izany aza. Tsy noheveriny ny amin' ny tenany izay mety ho tandindomin-doza, ho tratry ny herisetra raha mitaredretra eo amin' io toerana io. Ampy azy ny nahita fa nisy olombelona sahirana sy nijaly teo anatrehany. Nalany ny fitafiany mba handrakofany azy. Ny diloilo sy ny divay nomaniny hoentiny eny an-dalana no nampiasainy hitsaboana sy hanamaivanana an-dralehilahy naratra. Nakariny teo amin' ny bibiny izy, dia nandeha moramora nanao dia miadana, mba tsy ho voahetsiketsika ilay vahiny, ka hampitombo ny fijaliany izany. Nentiny tany amin' ny tranom-bahiny, ka nokarakarainy nandritra ny alina, nambenany tamim-pitiavana. Nony maraina, rehefa nihatsara ilay marary dia sahy nanohy ny diany ilay Samaritana. Alohan' ny nanaovany izany anefa, dia napetrany hokarakarain' ilay tompon' ny tranom-bahiny izy, naloany ny lany ary nametraka vola ho azy izy, tsy afa-po tamin' izany ihany izy, fa nanomana izay mbola mety hilainy ka hoy izy tamin' ilay tompon-trano hoe : «Tsaboy izy ; ary na hoatrinona na hoatrinona no laninao mihoatra ireto dia honerako, rehefa miverina aho». {IFM 537.3}

Vita ny tantara, nampifantoka ny masony tamin' ilay mpahay lalàna Jesosy, ary indray mitopi-maso dia toa namakiany izay tao amin' ny fanahiny, ka hoy izy hoe : «Iza moa amin' izy telo lahy no ataonao ho naman' ilay azon' ny jiolahy ?» {IFM 538.1}

Na dia izao aza dia tsy nety niteny hoe Samaritana, ilay mpahay lalàna, ka hoy ny navaliny» hoe : «Ilay niantra azy». Hoy Jesosy : «Mandehana ka manaova toy izany

koa». {IFM 538.2}

Voavaly araka ny marina izany ilay fanontaniana manao hoe : «Iza no namako?» Nasehon' i Kristy fa ny namantsika dia tsy izay iray fiangonana na iray finoana amintsika ihany. Tsy mikasika firazanana na volon-koditra na saranga izany. Ny namantsika dia ny olona rehetra izay. mila ny fanampiantsika. Ny namantsika dia ny fanahy rehetra izay noratraina sy nokapohin' ilay fahavalo. Ny namantsika dia izay rehetra fananan' Andriamanitra. {IFM 538.3}

Ny tantaran' ilay Samaritana tsara fanahy, dia naneho an-tsary an' i Jesosy sy ny asany. Nofitahina, nokapohina, norobaina sy novonoin' i Satana ny olona ka navela ho faty ; nangoraka ny toerana mampahantra antsika anefa ny Mpamonjy. Nilaozany ny voninahiny mba hahatongavany hamonjy antsika. Hitany isika fa efa ho faty ary noraisiny ho andraikitra ny momba antsika. Nitsabo ny ferintsika Izy. Notafiany tamin' ny akanjom-pahamarinany isika. Nanokatra fialofana azo antoka ho antsika Izy, ka nanomana izay rehetra ilaintsika ho andraikiny. Maty mba hanavotra antsika Izy. Nanondro ny ohatra nomeny Izy raha niteny tamin' ny mpanaraka Azy hoe : «Izany zavatra izany no andidiako anareo, mba hifankatiavanareo». «Aoka ho tahaka ny ,nitiavako anareo no mba hifankatiavanareo koa»7. {IFM 538.4}

Ny fanontaniana napetrak' ilay mpahay lalana dia hoe : «Inona no ataoko ?» Ary Jesosy, izay nanaiky fa ny fitiavan' Andriamanitra sy ny olona no fitambaran' ny fahamarinana, dia namaly hoe : «Ataovy izany, dia ho velona hianao». Efa nankatò ny baikon' ny fo malemy fanahy sy be fitiavana ilay Samaritana tsara fanahy, ary tamin' izany dia nasehony fa mpankatò ny lalàna ny tenany. Nibaiko ilay mpahay lalàna hoe Kristy : «Mandehana, ka mba manaova toy izany koa». Manao, fa tsy miteny fotsiny, no antenaina eo amin' ny zanak' Andriamanitra. «Izay milaza fa mitoetra ao Aminy izy, dia tsy maintsy mandeha toy izay nandehanany koa»8. {IFM 538.5}

Io lesona io dia tsy latsa-danja ankehitriny, noho ny fony izay nambaran' i Jesosy teto amin' izao tontolo izao. Efa saiky namono ny afon' ny fitiavana ny fitiavan-tena sy ny fombafomba mangatsiaka, ka nampanjavona ireo fahasoavana izay tokony hitondra hanitra eo amin' ny toetra amam-panahy. Betsaka amin' ireo izay mitonona amin' ny anarany no tsy mahita eo imasony intsony fa maneho an' i Kristy ny kristiana. Raha tsy misy fahafoizan-tena iainana hanasoa ny hafa, eo amin' ny faritry ny fianakaviana, eo amin' ny mpifanolobodirindrina, eo amin' ny fiangonana, ary na aiza na aiza misy antsika, ary na toy inona na toy inona filazantsika amin' izany, dia tsy kristiana isika. {IFM 539.1}

Namatotra ny tombon-tsoany amin' ny an' ny taranak' olombelona Kristy, ka mangataka antsika Izy ho tonga iray Aminy ho famonjena ny taranak' olombelona. «Efa nandray maimaimpoana hianareo, hoy Izy, koa manomeza maimaimpoana» 9. Ny

fahotana no lehibe indrindra amin' ny ratsy ary anjarantsika ny mangoraka sy manampy ny mpanota. Betsaka ny mirenireny ary mahatsiaro ny fahamenarany sy ny hadalany. Mosarena teny fampaherezana izy. Mijery ny fahadisoany sy ny tsy mety nataony izy, mandrapahatonga azy ho saiky voatariky ny fahamoizam-po. Tsy tokony hataontsika antsirambina ireny fanahy ireny. Raha kristiana isika, dia tsy hivily ho amin' ny lalan-kafa, na hanalavitra araka izay azo atao ireo izay mila indrindra ny fanampiantsika. Rehefa mahita olombelona mijaly isika, na noho ny fahoriana, na noho ny fahotana, tsy hiteny na oviana na oviana isika hoe : Tsy mikasika ahy izao. {IFM 539.2}

«Atsanganonareo izay manana ny Fanahy amin' ny fahamorana izy» 10. Atoseho hiverina amin' ny alalan' ny finoana sy ny fivavahana ny herin' ny fahavalo. Manaova teny mitory finoana sy herim-po izay ho balisama manasitrana ho an' ny voakapoka sy noratraina. Betsaka, eny betsaka no reraka sy kivy teo amin' ny tolona goavana eo amin' ny fiainana, nefa nisy teny iray nitondra famporisihana tamim-pahalemem-panahy ho nampahery azy handresy. Tsy tokony handalo fotsiny mihitsy amin' ny fanahy mijaly isika ka tsy hiezaka hizara aminy ny fampiononana izay ampiononan' Andriamanitra antsika. {IFM 539.3}

Izany rehetra izany dia tsy inona fa fanatanterahana ny fotokevitry ny lalàna, — dia ny foto-kevitra izay hazavaina ao amin' ny tantaran' ny Samaritana tsara fanahy, ka naseho teo amin' ny fiainan' i Jesosy. Manambara ny tena dikan' ny lalàna ny toetra amam-panahiny, ary mampiseho antsika ny tena dikan' ny hoe tia ny namantsika tahaka ny tenantsika. Ary rehefa maneho famindrampo, fahalemem-panahy sy fitiavana amin' ny olona rehetra ny zanak' Andriamanitra, dia vavolombelon' ny lanitra izy. Mijoro ho vavolombelona izy mampiseho fa «tsy misy tsiny ny lalàn' i Jehovah, mamelombelona ny fanahy» 11. Ary na iza na iza no diso ka tsy mampiseho io fitiavana io dia mandika ny lalàna izay lazainy fa hajainy. Ny toe-panahy izay asehontsika amin' ny rahalahintsika mantsy, dia manambara ny toe-tsaintsika amin' Andriamanitra. Ny fitiavan' Andriamanitra ao am-po no hany loharanom-pitiavana mankany amin' ny namantsika : «Raha misy manao hoe : Tia an' Andriamanitra aho, nefa mankahala ny rahalahiny, dia mpandainga izy ; fa izay tsy tia ny rahalahiny izay hitany, ataony ahoana no fitia an' Andriamanitra Izay tsy hitany ?» Ry malala, «raha mifankatia isika, dia mitoetra ato amintsika Andriamanitra, ary tanteraka ato amintsika ny fitiavany»12. {IFM 539.4}

## Toko 55—Tsy misehoseho

Nisy Fariseo nanatona an' i Jesosy nanontany hoe : «Rahoviana no ho tonga ny fanjakan' Andriamanitra»1. Telo taona mahery lasa izay no nanomezan' i Jaona mpanao batisa ny hafatra tahaka ny antson' ny trompetra izay nanakoako nanerana ny tany hoe : «Akaiky ny fanjakan' ny lanitra»2. Nefa tsy nahita famantarana ny amin' ny fanorenana ny fanjakana ihany ireto Fariseo ireto. Betsaka tamin' izy ireo no nandà an' i Jaona, ary nanohitra an' i Jesosy isaky ny mandingana, ka nanisika ny hevitra fa tsy nahomby ny asa nanirahana Azy. {IFM 541.1}

Namaly Jesosy ka nanao hoe : «Tsy misehoseho ny fiavian' ny fanjakan' Andriamanitra ; ary ny olona tsy hanao hoe : Indro ety na ery ! fa indro, ny fanjakan' Andriamanitra, dia ao anatinareo». Manomboka ao amin' ny fo ny fanjakan' Andriamanitra. Aza mijery etsy na eroa hahita fanehoana ny hery ara-nofo mba hanamarihana ny fiaviany. {IFM 541.2}

«Ho avy ny andro», hoy Izy, nitodika tany amin' ny mpianany, «hanirianareo hahita ny anankiray amin' ny andron' ny Zanak' olona nefa tsy hahita hianareo». Satria tsy arahin' ny rendrarendra araka izao tontolo izao izany, dia tandindomin-doza ianareo tsy hahafantatra Ahy. Tsy tsapanareo ny mahalehibe ny tombontsoanareo ankehitriny, manana Ahy eo anivonareo, na dia saronan' ny maha-olombelona aza, dia ilay fiainana sy fahazavan' ny olona. Ho avy ny andro izay hitazananareo ny lasa sady hanirianareo mafy ireo fotoana mety hifalianareo ankehitriny miara-mandeha sy miaramitafa amin' ny Zanak' Andriamanitra. {IFM 541.3}

Noho ny fitiavan-tenany sy ny toetrany ara-nofo anefa, na dia ny mpianatr' i Kristy aza tsy afaka nahazo ny voninahitra arapanahy izay niezahany naseho azy ireo. Raha tsy niakatra ho any amin' ny Rainy i Kristy, ka nirotsaka tamin' ny mpino ny Fanahy Masina, vao afaka nankasitraka feno ny toetra amam-panahin' ny Mpamonjy sy ny asa nanirahana Azy izy. Rehefa nandray ny batisan' ny Fanahy izy, dia nanomboka nahatsapa fa efa nanatrika mihitsy Ilay Tompon' ny voninahitra. Rehefa nampahatsiahivina azy ny teny nataon' i Kristy, dia nisokatra ny sainy nahazo ny faminaniana ary nahazo ny fahagagana izay efa nataony. Nandalo teo anatrehany ny zava-mahazendana teo amin' ny fiainana, ka toy ny olona nifoha ary nanonofy izy. Tsapany fa «ny Teny dia tonga nofo ka nonina tamintsika ; ary hitanay ny voninahiny, dia voninahitra miendrika ho an' ny Lahitokana avy tamin' ny Ray, sady feno fahasoavana sy fahamarinana»3. Efa tonga avy tamin' Andriamanitra tokoa Kristy ka nankeo amin' izao tontolo izao feno fahotana mba hamonjy ny zanakalahy sy ny zanakavavin' i Adama amin' ny fahalavoany. Toa tsy dia lehibe teo imason' ny mpianatra tahaka ny talohan' ny nahatsapany izany intsony ny tenany. Tsy sasatra mihitsy izy nihaino indray ny teniny sy ny asa nataony. Ny lesony, izay nanjavozavo fotsiny ny nahazoany azy, ankehitriny, dia tonga taminy tahaka ny

fanambarana vaovao. Nanjary boky vaovao ho azy ny Soratra Masina. {IFM 542.1}

Raha nikaroka ny faminaniana izay vavolombelon' i Kristy ny mpianatra, dia nifankazatra tamin' Andriamanitra izy, ka nianatra tamin' Ilay efa niakatra any an-danitra hameno ny asa natombony teto an-tany. Nekeny fa ao Aminy no itoeran' ny fahalalana izay tsy mety ho takatry ny olombelona, raha tsy ampian' ny herin' ny lanitra. Nila ny fanampian' Ilay nambaran' ny mpanjaka, sy ny mpaminany ary ny olona marina mialoha izy. Gaga izy namaky sy niverina namaky ireo famaritana ara-paminaniana momba ny toetra amampanahiny sy ny asany. Nanjavozavo nanao ahoana ny nahazoany ny faminaniana ao amin' ny Soratra Masina ; votsa manao ahoana izy nandray ireo fahamarinana lehibe izay vavolombelon' i Kristy. Fony nibanjina Azy teo amin' ny fanetren-tenany izy ireo, raha nandeha toy ny olona teo anivon' ny olona Izy, dia tsy azony ny zava-miafina momba ny nahatonga nofo Azy, ny toetra roa teo amin' ny maha-izy Azy. Voatana ny masony, hany ka tsy hitany tanteraka ny maha-Andriamanitra ao amin' ny maha-olombelona. {IFM 542.2}

Nefa rehefa nohazavain' ny Fanahy Masina izy, nanao ahoana ny faniriany hahita Azy indray, sy hipetraka eo an-tongony. Niriny ny ho afaka mankeo Aminy mba hangataka Azy hanazava aminy ny Soratra Masina, izay tsy nety takany ny heviny. Ho liana manao ahoana izy hihaino ny teniny. Inona no tian' i Jesosy hambara fony Izy niteny hoe : «Mbola manana zavatra maro holazaina aminareo Aho, nefa tsy zakanareo ankehitriny»4. Akory izany hetahetany te-hahalala izany rehetra izany. . . Nalahelo mafy izy noho ny hakelin' ny finoany, hany ka lasa lavitra ny fetra nokendrena ny heviny, tsy takany ny dikan' ny zava-misy. . {IFM 543.1}

Nisy mpitondra hafatra nalefan' Andriamanitra hitory ny fiavian' i Kristy, sy hampifantoka ny sain' ny firenena Jiosy sy ny an' izao tontolo izao ho amin' ity asa nanirahana Azy, mba ho voaomana ny olona handray Azy. Ilay olona nahagaga, manana ny maha-izy Azy izay nambaran' i Jaona, dia teo anivon' izy ireo nandritra ny telo taona mahery, nefa tsy fantany marina fa Izy no Ilay nirahin' Andriamanitra. Tratry ny nenina mafy ny mpianatra satria, tamin' izay fotoana izay dia navelany hanjaka ny tsy finoana hiasa tamin' ny heviny ary hanamaizina ny sainy. Ilay fahazavan' ity izao tontolo izao maizina ity dia efa namirapiratra tao amin' ny somambisamby ary tsy fantany izay niavian' ny tara-pahazavana. Nanontany tena izy hoe nahoana no nanao fihetsika izay tsy maintsy nanomezan' i Kristy tsiny azy Izy ? Naverimberin' izy ireo matetika ny resaka nataony, ka hoy izy ireo hoe : Nahoana re no navelantsika hampifanjevo ny saintsika ny fiheverana ara-nofo sy ny fanoheran' ny mpisorona sy ny raby, hany ka tsy azontsika fa nisy lehibe noho i Mosesy teo anivontsika, fa nampianatra antsika Ilay hendry noho i Solomona ? Donto ve izany sofintsika izany ? Osa ve izany saintsika izany ? {IFM 543.2}

Tsy nety nino i Tomasy raha tsy nametraka ny tanany teo amin' ny fery izay nataon'

ny miaramila Romana. Petera nandà Azy raha nalaim-baraka sy notsipahana Izy. Tonga tamin' ny fomba mazava tsara teo aminy ireo fahatsiarovana mangirifiry ireo. Efa niaraka taminy izy nefa tsy nahafantatra na nankasitraka Azy. Nanetsika ny fony manao ahoana anefa ireny zavatra ireny rehefa nekeny ny tsy finoany ! {IFM 543.3}

Rehefa niray hina hanohitra Azy ny mpisorona sy ny mpanapaka, ka nentiny teo anatrehan' ny Synedriona sy nataony tany an-tranomaizina ny mpanaraka an' i Kristy, dia niravoravo izy satria «natao miendrika hitondra fahafaham-baraka ho voninahitr' izany anarana izany» 5. Ravoravo izy nampiseho teo anatrehan' ny olona sy ny anjely fa nekeny ny voninahitr' i Kristy ary nifidy ny hanaraka Azy izy na ho veriny aza ny zavatra rehetra. {IFM 544.1}

Ankehitriny, tahaka ny tamin' ny andron' ny apostoly, dia marina fa raha tsy ny fanazavan' ny Fanahin' Andriamanitra, dia tsy afaka hahafantatra ny voninahitr' i Kristy ny maha-olombelona. Ny fahamarinana sy ny asan' Andriamanitra dia tsy ankasitrahan' ny fivavahana kristiana tia an' izao tontolo izao sy sadasada. Tsy eo amin' ny fomba ampiadanan-tena ahitana voninahitra ara-nofo na fitoviana amin' izao tontolo izao, no tokony hahitana ny mpanaraka ny Tompo. Mialoha lavitra izy eo amin' ny lalana ahitana asa mafy, ahitana fahafaham-baraka, ahitana fanomezan-tsiny, any amin' ny vava-ady izy eo amin' ny tolona ifanaovana «amin' ny fanapahana sy amin' ny fanjakana sy amin' ny mpanjakan' izao fahamaizinana izao, dia amin' ny fanahy ratsy eny amin' ny rivotra»6. Ary ankehitriny koa, tahaka ny tamin' ny andron' i Kristy, dia diso ny fandraisana azy ka mahazo fanakianana avy amin' ny mpisorona sy ny Fariseo amin' ny androny izy ary ampahoriany. {IFM 544.2}

Tsy misehoseho ny fanjakan' Andriamanitra. Ny filazantsaran' ny fahasoavan' Andriamanitra, sy ny toe-tsaina mahafoy tena eo aminy, dia tsy afaka hifandrindra mihitsy amin' ny toe-tsain' izao tontolo izao. Mifanohitra ireo foto-kevitra roa ireo : «Fa ny olona izay araka ny nofo ihany dia tsy mba mandray izay an' ny Fanahin' Andriamanitra, fa fahadalana aminy izany sady tsy azony, satria araka ny Fanahy no amantarana izany»7. {IFM 544.3}

Ankehitriny anefa, eo amin' izao tontolo izao mivavaka, dia marobe ny olona izay miasa amin' ny fanorenana ny fanjakan' i Kristy, araka ny finoany azy, ho fanjakana eto an-tany sy ara-nofo. Iriny ny hanao ny Tompontsika ho mpanapaka ny fanjakana eto amin' izao tontolo izao, ho mpanapaka any amin' ny trano fitsarana sy ny toby miaramila, any amin' ny antenimieram-pirenena, any amin' ny lapan' andriana sy ny toeram-pivarotana. Manantena Azy hifehy izy amin' ny fanaovana didy aman-dalàna, hamafisin' ny fahefan' olombelona. Koa satria tsy eto ara-batana Kristy ankehitriny, dia ny tenany no handray andraikitra eo amin' ny asa hisolo Azy, hampihatra ny lalàn' ny fanjakany. Ny fanorenana fanjakana toy izany no nirin' ny jiosy tamin' ny andron' i Kristy. Ho nandray an' i Jesosy izy, raha nekeny ny hanangana fanjakana ara-nofo, ny

hanamafy izay noheveriny ho lalàn' Andriamanitra, ary ny hanendry azy ireo ho mpamelabelatra ny sitrapony sy mpanatanteraka ny fahefany. Hoy izy anefa : «Ny fanjakako tsy avy amin' izao tontolo izao» 8. Tsy hanaiky seza fiandrianana eto an-tany Izy. {IFM 544.4}

Ratsy toetra sady nampahory ny fanjakana tamin' ny fahavelon' i Jesosy ; nisy fanaovan-dratsy nihoampampana hatraiza hatraiza, — fanaovana an-keriny, tsy fandeferana, ary fahasiahana sy fanosihosena. Tsy niezaka ny hanao fanavaozana ara-panjakana anefa ny Mpamonjy. Tsy namely izay fanaovan-dratsy teo amin' ny firenena Izy, na nanameloka ny fahavalom-pirenena. Tsy nisalovana tamin' ny fahefana na ny fitondran' ireo teo amin' ny fanjakana Izy. Ilay ohatra ho antsika dia nihatakataka tamin' ny fanjakana eto an-tany. Tsy hoe satria tsy nampiraika Azy ny fahorian' ny olona, fa satria tsy eo amin' izay mety ho vitan' ny olombelona ivelambelany fotsiny ny fanafody. Mba hahombiazan' ny fanafody, dia tsy maintsy mahatratra ny olombelona tsirairay izany, ka manavao ny fo. {IFM 545.1}

Tsy ny fanapahan-kevitry ny fitsarana na ny filan-kevitra na ny antenimieram-pirenena, na ny fiarovana ny olona ambony eto amin' izao tontolo izao, no anorenanao ny fanjakan' i Kristy, fa ny toetran' i Kristy volena ao amin' ny maha-olombelona amin' ny alalan' ny asan' ny Fanahy Masina no hananganana izany. «Fa izay rehetra nandray Azy dia nomeny hery ho tonga zanak' Andriamanitra, dia izay mino ny anarany, dia ireo izay tsy nateraky ny ra, na ny sitrapon' ny nofo, na ny sitrapon' ny olona fa naterak' Andriamanitra»9. Io no hany hery izay afaka hiasa hanandratra ny taranak' olombelona. Ary ny fitaovana amin' ny maha-olombelona hanatanterahana io asa io dia ny fampianarana sy ny fampiharana ny tenin' Andriamanitra. {IFM 545.2}

Raha nanomboka ny asany tany Korinto ny apostoly Paoly, ilay tanàna be mponina sy manan-karena, tanàna ratsy fanahy, izay voaloton' ny fahavetavetana tsy voatonona teo amin' ny fanompoan-tsampy, dia hoy izy : «Fa ninia tsy nahafantatra zavatra hafa teo aminareo aho, afa-tsy Jesosy Kristy, indrindra fa Izy voahombo tamin' ny hazo fijaliana» 10. Tatý aoriana, raha nanoratra tamin' ireo izay efa voaloton' ny fahotana maharikoriko indrindra izy, dia afaka niteny hoe : «Saingy efa voasasa hianareo, efa nohamasinina hianareo, efa nohamarinina hianareo, tamin' ny anaran' i Jesosy Kristy Tompo sy tamin' ny Fanahin' Andriamanitra». «Misaotra an' Andriamanitra mandrakariva ny aminareo aho noho ny fahasoavan' Andriamanitra izay nomeny anareo ao amin' i Kristy Jesosy» 11. {IFM 545.3}

Ankehitriny koa, tahaka ny tamin' ny andron' i Kristy, dia tsy miankina amin' izay mitaky ny fanekena sy ny fanoavan' ny mpanapaka eto amin' izao tontolo izao, sy ny lalàn' ny olombelona ny asan' ny fanjakan' Andriamanitra, fa miankina amin' ireo izay manambara amin' ny olona amin' ny anarany ireo fahamarinana ara-panahy izay hiasa hanatanteraka ao amin' izay mandray izany ny fanandramana nataon' ny apostoly Paoly

hoe : «Voahombo miaraka amin' i Kristy eo amin' ny hazo fijaliana aho ; ary tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko» 12. Amin' izay dia hiasa tahaka an' i Paoly izy hanasoa ny olombelona. Hoy izy : «Koa dia iraka solon' i Kristy izahay, toa an' Andriamanitra mampangataka anay aminareo, solon' i Kristy izahay, ka mangataka indrindra aminareo hoe : mihavàna amin' Andriamanitra anie hianareo» 13. {IFM 546.1}

## Toko 56—Nitahy ny zaza

Tia zaza mandrakariva Jesosy. Nekeny ny firaisam-po tamin' ireo zaza ireo sy ny fitiavany niharihary, tsy amboamboarina. Feonjava-maneno teo an-tsofiny ny fiderana feno fankasitrahana teo amin' ny molony madio, ka namelombelona ny fanahiny rehefa nampahorian' ny fifandraisana tamin' ny olona fetsifetsy sy nihatsaravelatsihy Izy. Na taiza na taiza nalehan' ny Mpamonjy dia nisarika ny fitiavana sy ny fahatokian' ny zaza ny endriny tsara fanahy, sy ny fihetsiny malefaka, nitory fahalemem-panahy. 1 {IFM 547.1}

Teo amin' ny Jiosy dia fanao mahazatra ny mitondra ny zaza ho eo amin' ny raby iray mba hametrahany tanana ho fitahiana azy ; noheverin' ny mpianatra anefa fa lehibe loatra ny asan' ny Mpamonjy ka tsy tokony hotapahina amin' izany fomba izany. Rehefa tonga teo Aminy ny reny nitondra ny zanany kely dia nampiseho tsy fankasitrahana ny fomba fijerin' ny mpianatra ireny. Noheveriny fa kely loatra ireto zaza ireto ka tsy handray tombon-tsoa amin' ny fankanesana eo amin' i Jesosy, koa ho fehin' izany dia hahasorena Azy ny fanatrehan' ireo. Ny mpianatra anefa no nahasorena Azy. Tsapan' ny Mpamonjy ny ahiahy sy ny enta-mavesatra entin' ny reny izay niezaka ny hitaiza ny zanany araka ny tenin' Andriamanitra. Efa nihaino ny fivavahany Izy. Izy mihitsy no nisarika azy ireo ho eo Aminy. {IFM 547.2}

Nisy reny iray niainga tao an-tranony niaraka tamin' ny zanan hitady an' i Jesosy. Teny an-dalana dia nambarany tamin' nifanolobodirindrina taminy ny diany, ka nirin' io mpifanolobodirindrina aminy io koa ny hitahian' i Jesosy ny zanany. Noho izany dia betsaka ny reny no niaraka, nitondra ny zanany kely. Nisy efa nihoatra ny taona nitrotroana azy ka efa teo amin' ny fahazazana sy ny fahatanorana. Rehefa nampahafantarin' ireo reny ny faniriany, dia nihaino tamim-pitiavana ny fangatahany matahotra sady nomban-dranomaso Jesosy. Niandry izay ho fihetsiky ny mpianatra amin' ireo anefa Izy. Rehefa hitany fa nalefan' ireo ny reny ary nihevitra fa nanao soa ho Azy izy tamin' izany, dia nasehony taminy ny fahadisoany, ka hoy Izy : «Avelao ny zaza hanatona ahy, ary aza rarana ; fa an' ny toa azy ny fanjakan' Andriamanitra». Noraisiny tany an-trotroany ny zaza, nametrahany tanana, ary nomeny azy ny fitahiana izay notadiaviny. {IFM 547.3}

Nahazo fampiononana ny reny. Niverina tany an-tokantranony izy, nahazo hery sy fitahiana tamin' ny tenin' i Kristy. Nahazo fampaherezana izy handray indray ny entany mavesatra tamim» pifaliana vaovao, sy hiasa ho an' ny zanany amin' ny fanantenana feno. Tokony handray ny teniny amin' izany finoana izany koa ny reny amin' izao fotoana izao. Tena Mpamonjy marina ho an' ny tena manokana Kristy ankehitriny tahaka ny fony Izy nivelona teo anivon' ny olona. Tena mpanampy marina ny reny Izy ankehitriny tahaka ny fony Izy nanangona ny ankizy madinika teny an-trotroany tany

Jodia. Ny zaza ao an-tokantranontsika koa dia novidin' ny rany tahaka ny zaza tamin' ny andro fahiny. {IFM 548.1}

Fantatr' i Jesosy ny enta-mavesatra eo amin' ny fon' ny reny tsirairay. Ilay nanana reny nitolona tamin' ny fahantrana sy ny fihafiana, dia miray fo amin' ny reny rehetra eo amin' ny asany. Ilay nanao dia lavitra mba hanamaivanana ny fon' ilay vehivavy Kananita feno tebiteby, dia hanao betsaka toy izany koa amin' ny reny ankehitriny. Ilay namerina ny zananilahy tokana tamin' ilay mpitondratena tany Naina, ary nahatsiaro ny reniny teo amin' ny fialan' ainy teo amin' ny hazo fijaliana, Izy dia voatohin' ny fahorian' ny reny ankehitriny. Hampahery sy hanampy Izy eo amin' ny alahelo rehetra sy ny fahasahiranana rehetra. {IFM 548.2}

Aoka hanatona an' i Jesosy ny reny miaraka amin' izay mahavery hevitra azy. Hahita fahasoavana ampy izy ho fanampiana azy amin' ny fitondrana ny zanany. Midanadana ny varavarana ho an' ny reny rehetra izay ta-hametraka ny entany mavesatra eo an-tongotry ny Mpamonjy. Ilay nanao hoe : «Avelao ny zaza hanatona Ahy, ary aza rarana», dia mbola miantso ny reny hitarika ny zanany kely mba hotahiany. Na dia menavava eny an-trotroan-dreniny aza dia afaka mitoetra toy ny eo ambanin' ny aloky ny Tsitoha amin' ny alalan' ny finoan' ny reny eo am-pivavahana. Feno ny Fanahy Masina hatramin' ny nahaterahany i Jaona Mpanao batisa. Raha mivelona amin' ny firaisana amin' Andriamanitra isika, dia mahazo manantena koa isika fa hamolavola ny zanatsika madinika ny Fanahin' Andriamanitra, eny, fa na dia hatramin' ny fotoana maha-kely azy indrindra aza. {IFM 548.3}

Ny zaza izay nentina nifandray taminy dia nahitan' i Jesosy ny lehilahy sy ny vehivavy izay handova ny fahasoavany sy ho anisan' ny fanjakany, ary hisy koa sasany amin' ireo hanjary maritiora noho ny aminy. Fantany fa hihaino sy hanaiky Azy ho Mpanavotra ireo zaza ireo ary ho vonona kokoa amin' izany, mihoatra lavitra noho ny olon-dehibe izay nisy maro, hendry araka izao tontolo izao sy mafy fo. Nidina teo amin' izay nisy azy ireo Izy tamin' ny fampianarany. Ilay Andrianan' ny lanitra dia tsy nanao ho zavatra tsinontsinona ny hamaly ny fanontaniany, ka namorainy ny lesona lehibe nataony mba hifanaraka amin' ny sain' izy ireo mbola zaza. Novoleny tao an-tsain' izy ireo ny voan' ny fahamarinana, izay hitsimoka amin' ny taona manaraka, ka hitondra vokatra ho amin' ny fiainana mandrakizay. {IFM 549.1}

Mbola marina ihany fa ny zaza no mora andairan' ny fampianaran' ny Filazantsara ; midanadana hiasan' ny herin' Andriamanitra mangina ny fony, ary mitana mafy ny lesona noraisiny. Mety ho kristiana ny ankizy madinika, mba hanana fanandramana mifanaraka amin' ny taonany. Ilainy ny ho beazina eo amin' ny zavatra ara-panahy, ka tokony homen' ny ray aman-dreny azy ny tombontsoa rehetra izay ahazoany mamolavola toetra amam-panahy araka ny toetra amam-panahin' i Kristy. {IFM 549.2}

Ny ray sy ny reny dia tokony hihevitra ny zanany ho toy ny mambra zandriny eo amin' ny fianakavian' ny Tompo, izay nankinina taminy mba hobeaziny ho any an-danitra. Ny lesona izay nianarantsika avy amin' i Kristy dia tokony homentsika ny zanatsika. araka izay ahazoan' ny saina mbola tanora mandray izany, ka hovelariny tsikelikely eo aminy ny hakanton' ireo foto-kevitry ny lanitra. Amin' izay dia manjary sekoly ny tokantrano kristiana, ka ny ray aman-dreny no mpampianatra mpanampy, fa Kristy mihitsy no mpampianatra lehibe. {IFM 549.3}

Eo amin' ny asa ataontsika ho amin' ny fiovam-pon' ny zanatsika, dia tsy tokony hanampo fihetseham-po mahery vaika isika ho porofo tsy maintsy ho hita ho faharesen-dahatra ny amin' ny fahotana. Tsy ilaina koa ny hahalala ny fotoana marina niovany fo. Tokony hampianarintsika izy hitondra ny fahotany eo amin' i Jesosy, mangataka famelan-keloka avy Aminy sady mino fa mamela sy mandray azy Izy tahaka ny nandraisany ny zaza fony Izy nitafy nofo teto an-tany. {IFM 549.4}

Rehefa mampianatra riy zanany hankatò azy ny reny noho ny fitiavany ny reniny, dia mampianatra azy ireo lesona voalohany amin' ny fiainana kristiana izy. Ny fitiavan' ny reny dia mampiseho amin' ny zaza ny fitiavan' i Kristy, koa ireo zaza madinika izay matoky sy mankatò ny reniny, dia mianatra ny matoky sy mankatò ny Mpamonjy. {IFM 550.1}

Jesosy no modely ho an' ny zaza, ary Izy koa no ohatra ho an' ny ray. Niteny toy izay nanana fahefana Izy, ary nanankery ny teniny ; nefa teo amin' ny fifaneraserany rehetra tamin' ny olona tsy mahay manaja sy be herisetra dia tsy nampiasa teny tsy nisy fitiavana na tsy manaja Izy na dia iray aza. Ny fahasoavan' i Kristy ao am-po no hizara ny fahamendrehana avy any an-danitra sy ny fahatsapana ny fahalalam-pomba. Hanalefaka izay rehetra mivatravatra izany, sy hampilefitra izay rehetra maraorao sy tsy misy fitiavana. Hitarika ny ray sy ny reny handray ny zanany ho toy ny manan-tsaina izany, tahaka ny itiavan' izy ireo koa itondrana azy. {IFM 550.2}

Ry ray aman-dreny, amin' ny fitaizana ny zanakareo, ianaro ny lesona izay nomen' Andriamanitra eo amin' ny zavaboary. Raha mikarakara pika, na raozy, na lisy ianao, dia ahoana no hanaovanao izany ? Anontanio ny mpanao zaridaina ny amin' ny fomba ataony mba hampivelatra ho kanto dia kanto ny sampany sy ny raviny rehetra, ka hampitombo sy hampirindra ny endriny mahate ho tia. Hambarany aminao fa tsy amin' ny fihetsika mivatravatra, na amin' ny ezaka mahery vaika no anaovany izany ; hahatapaka fotsiny ny taho marefo mantsy izany. Fikarakarana madinidinika, miverimberina matetika no atao. Manamando ny tany izy, ary miaro ny zava-maniry mitombo amin' ny rivotra masiaka mifofofofo sy amin' ny hainandro mandoro, ary Andriamanitra no mampivelatra sy mampamelana azy hisy endrika mahate ho tia. Amin' ny fifandraisanao amin' ny zanakao, dia araho ny fomba fiasan' ny mpanao zaridaina. Amin' ny alalan' ny fanamboarana moramora sy ny fikarakarana feno fitiavana, dia

miezaha mamolavola ny toetra amam-panahiny araka ny ohatry ny toetra amam-panahin' i Kristy. {IFM 550.3}

Ampianaro ny fanehoam-pitiavana an' Andriamanitra sy izy samy izy. Ny antony mahatonga lehilahy sy vehivavy mafy fo betsaka toy izao eto amin' izao tontolo izao, dia ny fiheverana ny fitiavana marina ho fahalemena, ka nokiviana sy nosakanana. Maty ankaranany teo amin' ny fahazazany ny toetra tsara indrindra teo amin' ireo olona ireo, ary raha tsy mampiempo ny fitiavantenany mangatsiaka ny fahazavan' ny fitiavan' Andriamanitra, dia ho levona mandrakizay ny fahasambarany. Raha tiantsika hanana ny toe-tsaina malefaka teo amin' i Jesosy, sy ny firaisam-po izay asehon' ny anjely amintsika ny zanatsika, dia tsy maintsy hampaherezintsika ny fironana malala-tanana sy be fitiavana eo amin' ny fahazazana. {IFM 551.1}

Mampianara ny zaza hahita an' i Kristy eo amin' ny zavaboary. Ento eny ankalamanjana izy, eny ambanin' ny hazo mijoalajoala, eny an-jaridaina ; ary ampianaro izy hahita ny fanehoana ny fitiavan' i Kristy eny amin' ny asa mahagaga rehetran' ny famoronana. Ampianaro azy fa Izy no nanao ny lalàna mifehy ny zava-manan' aina rehetra, fa nanao lalàna ho antsika Izy, ary ireny lalàna ireny dia natao ho fahasambarana sy fifaliana ho antsika. Aza mamizana azy amin' ny vavaka lavareny sy ny fampirisihana mandreraka, fa ampianaro azy ny fankatoavana ny lalàn' Andriamanitra amin' ny alalan' ny lesona azo tsapain-tanana eo amin' ny zavaboary. {IFM 551.2}

Rehefa azonao hatoky anao ho mpanaraka an' i Kristy izy, dia ho mora ny hampianatra azy ny fitiavana lehibe izay nitiavany antsika. Raha miezaka ny hampahazava ny fahamarinan' ny famonjena ianao, ka manondro an' i Kristy ho Mpamonjin' ny tena manokana amin' ny zaza, dia ho eo anilanao ny anjely. Hanome fahasoavana ny ray sy ny reny hampahaliana ny zanany kely amin' ny tantara sarobidin' ilay Zaza tao Betlehema ny Tompo, dia Ilay tena fanantenan' izao tontolo izao marina tokoa. {IFM 551.3}

Fony niteny ny mpianatra Jesosy tsy hanakana ny zaza hanatona Azy, dia niteny amin' ny mpanaraka Azy amin' ny taonjato rehetra Izy — , dia ireo tompon' andraikitra ao amin' ny fiangonana, ny mpitandrina. ny mpanampy, sy ny kristiana rehetra. Mitarika ny zaza Jesosy, eny, mibaiko antsika Izy hoe : «Avelao ny zaza hanatona Ahy» ; toy ny manao hoe Izy : Hanatona izy raha tsy sakananareo. {IFM 551.4}

Aoka tsy handiso ny fanehoana an' i Jesosy ny toetra amampanahinao tsy mitovy amin' i Kristy. Aza azonina ho lavitra Azy ireo madinika ireo noho ny fangatsiahanao sy ny fahasiahanao. Aoka tsy ho tsapany mihitsy fa tsy ho toerana mahafinaritra ny lanitra raha any ianao. Aza resahina toy ny zavatra tsy mety ho azon' ny ankizy ny fivavahana, na manao fihetsika izay toa mitory fa tsy horaisin' i Kristy amin' ny fahazazany izy. Aza atao tsapany ny fiheveran-diso fa fivavahana manjoninjonitra ny fivavahan' i Kristy, ary

raha manatona ny Mpamonjy izy dia tsy maintsy hafoiny izay rehetra mampahafalifaly ny fiainana. {IFM 551.5}

Rehefa miasa eo amin' ny fon' ny zaza ny Fanahy Masina, dia miaraha-miasa aminy. Ampianaro ny zaza fa miantso azy ny Mpamonjy, fa tsy misy hanome fifaliana lehibe kokoa ho azy toy ny manolotra ny tenany ho Azy eo amin' ireo taonany vao mivelatra ireo. {IFM 552.1}

Mijery ny fanahy izay novidiny tamin' ny rany amin' ny fitiavana tsy voafetra ny Mpamonjy. Ireo no takian' ny fitiavany. Mijery azy amin' ny faniriana mafy tsy hay lazaina Izy. Tsy ny zaza tsara taiza ihany no takarin' ny fony, fa ireo manana lafin-toetra nolovainy azo kianina koa. Betsaka ny ray aman-dreny no tsy mahatsapa ny halehiben' ny andraikiny amin' ireo lafin-toetra eo amin' ny zanany ireo. Tsy manana ny fitiavana sy ny fahendrena hifandraisana amin' izay diso lalàna izy izay nataony ho araka izay toetran' ny tenany rahateo. Mangoraka ireo zaza ireo koa Jesosy. Manamarika ny an tony nahatonga izao toe-javatra izao Izy. {IFM 552.2}

Mety ho tonga fiasana ho an' i Kristy ny mpiasa kristiana amin' ny fitarihana ireo zaza ireo eo amin' ny Mpamonjy. Amin' ny fahendrena sy ny fahaizana mifandray Aminy dia azony atao ny mamatotra azy amin' ny fony, ny manome azy faherezana sy fanantenana, ary amin' ny alalan' ny fahasoavan' i Kristy dia mety hahita fiovana amin' ny toetra amam-panahiny, hany ka ho azo atao ny hiteny hoe : «An' ny toa azy ny fanjakan' ny lanitra». {IFM 552.3}

## Toko 57—Diso zavatra iray loha hianao

«Ary nony vao nivoaka nankeny an-dalana Jesosy, dia nisy olona anankiray nihazakazaka nanatona ka nandohalika teo anatrehany ary nanontany Azy hoe : Mpampianatra tsara Ò, inona no hataoko handovako fiainana mandrakizay ?» 1 {IFM 553.1}

Mpanapaka ilay tovolahy nametraka io fanontaniana io, nanana fananana be izy, ary nitana toerana be andraikitra. Nahita ny fitiavana izay nasehon' i Kristy tamin' ny zaza nentina teo Aminy izy ; hitany ny fomba feno fitiavana nandraisany azy ireo sy ny nitrotroany azy, ka nifoha tao am-pony ny fitiavana ny Mpamonjy. Nahatsapa faniriana ny ho mpianany izy. Voatohina lalina izy raha nandeha nanohy ny diany Jesosy, ka nihazakazaka nanaraka Azy, nandohalika teo an-tongony ary nametraka tamin' ny fony tokoa sy tamin-kafanam-po ilay fanontaniana lehibe indrindra ho an' ny fanahin' ny olombelona rehetra manao hoe : «Mpampianatra tsara Ò, inona no hataoko handovako fiainana mandrakizay ?» {IFM 553.2}

«Nahoana aho no ataonao hoe tsara? hoy Kristy. Tsy misy tsara afa-tsy Iray ihany, dia Andriamanitra». Naniry ny hisedra ny tena fahatsoram-pony Jesosy, ka hisarika azy hiala amin' ny fomba fiheverany Azy ho tsara. Tsapany ve fa Zanak' Andriamanitra Ilay nitenenany ? Inona no tena zavatra tsapany tao am-pony ? {IFM 553.3}

Nanombana ambony dia ambony ny fahamarinan' ny tenany ity mpanapaka ity. Tsy nihevitra marina tokoa izy fa nisy banga teo aminy na tamin' ny lafiny inona, na tamin' ny lafiny inona, nefa mbola tsy afa-po koa izy. Tsapany fa misy zavatra tsy ananany izay iriny. Moa ve tsy afaka hitahy azy Jesosy, tahaka ny nitahiany ny zaza madinika, ka hanome fahafaham-po izay irin' ny fanahiny ? {IFM 553.4}

Ho valin' izany fanontaniana izany dia nambaran' i Jesosy azy fa ilaina ny fankatoavana ny didin' Andriamanitra raha-te hahazo fiainana mandrakizay izy ; dia nilaza didy maro Izy izay nampiseho ny adidin' ny olona amin' ny namany. Eny no valintenin' ilay mpanapaka : «Izany rehetra izany dia efa notandremako hatry ny fony mbola kely. Fa inona no tsy mahatanteraka ahy ?» {IFM 554.1}

Nijery ny endrik' ilay tovolahy Jesosy, tahaka ny namaky ny tao amin' ny fiainany sy nandinika ny toetra amam-panahiny. Tia azy Izy, ary hetaheta tao Aminy ny hanome azy ilay fiadanana sy fahasoavana ary fifaliana izay hanova marina tokoa ny toetra amam-panahiny. «Diso zavatra ilay loha hianao, hoy Izy ; mandehana amidio izay rehetra anananao ka omeo ny malahelo, dia hanana rakitra any an-danitra hianao, ary avia hanaraka Ahy» 2. {IFM 554.2}

Voasarika ho eo amin' io tovolahy io Kristy. Fantany fa tamin' ny fony tokoa no nanantitranterany ny hoe : «izany rehetra izany efa notandremako hatry ny fony aho

mbola zaza». Nirin' ny Mpanavotra mafy ny hamorona ao am-pony ny fahazavan-tsaina izay ahazoany mahita ny ilan' ny fo ny fitiavam-bavaka marina sy toe-panahy araka an' Andriamanitra. Niriny mafy ny hahita azy manana fo torotoro sy manetry tena, mahatsapa marina ny fitiavana ambony indrindra tokony homena an' Andriamanitra, ka hanafina ny banga ao aminy ao amin' ny fahatanterahan' i Kristy. {IFM 554.3}

Hitan' i Jesosy teo amin' io mpanapaka io ny fanampiana nilainy indrindra raha nety ho tonga mpiara-miasa Aminy eo amin' ny asa famonjena ilay tovolahy. Raha nametraka ny tenany ho eo ambanin' ny fitarihan' i Kristy izy, dia ho tonga hery ho an' ny tsara. Nety ho nampiseho an' i Kristy tamin' ny fomba manokana ilay mpanapaka; manana fahaizana izy, izay raha nampiraisina tamin' ny Mpamonjy, dia ho nahatonga azy ho herin' Andriamanitra teo anivon' ny olona. Raha nahita ny tao amin' ny toetra amampanahiny Kristy, dia tia azy. Nifoha tao am-pon' ilay mpanapaka ny fitiavana. Nirin' i Jesosy mafy ny hahita azy ho mpiara-miasa Aminy. Niriny tokoa ny hahatonga azy ho tahaka ny tenany, ho fitaratra izay hitarafana ny fitoviana amin' Andriamanitra. Niriny mafy ny hampivelatra ny hatsarana ambony indrindra eo amin' ny toetra amam-panahiny, ka hanamasina izany mba hampiasain' ny Tompo. Raha nanolotra ny tenany ho an' i Kristy ilay mpanapaka, dia ho nitombo teo amin' ny rivo-piainan' ny fanatrehany izy. Raha nisafidy izany izy, dia ho samihafa manao ahoana ny ho aviny. {IFM 554.4}

«Diso zavatra iray loha hianao», hoy Jesosy. «Raha tia ho tanteraka hianao, mandehana amidio ny fanananao, ka omeo ny malahelo — dia hanana rakitra any andanitra hianao; ary avia hanaraka Ahy». Novakian' i Jesosy ny tao am-pon' ilay mpanapaka. Diso zavatra iray loha fotsiny azy, nefa foto-kevitra iankinan' ny aina izany. Nila ny fitiavan' Andriamanitra ao amin' ny fanahy izy. Io banga io, raha tsy fenoina, dia hitera-doza ho azy ; ho simba ny tenany manontolo. Hahazo hery ny fitiavan-tena amin' ny alalan' ny fampanaranam-po ny tena. Mba handraisany ny fitiavana an' Andriamanitra, dia tsy maintsy hampileferina ny fitiavany ny izaho. {IFM 555.1}

Nisedra io olona io Kristy. Niantso azy Izy hisafidy amin' ny harenan' ny lanitra sy ny fahalehibeazana araka izao tontolo izao. Azo antoka ho azy ny harenan' ny lanitra raha nanaraka an' i Jesosy izy. Tsy maintsy milefitra anefa ny «izaho» ; tsy maintsy homena hofehezin' i Kristy ny sitrapony. Ny fahamarinan' Andriamanitra mihitsy no natolotra ilay tovolahy mpanapaka. Nanana ny tombontsoa ho tonga zanak' Andriamanitra izy, sy ho mpiray lova amin' i Kristy ny amin' ny harenan' ny lanitra. Nefa tsy maintsy mandray ny hazo fijaliana izy, ka manaraka ny Mpamonjy eo amin' ny lalan' ny fahafoizan-tena. {IFM 555.2}

Ny tenin' i Kristy tamin' ilay mpanapaka dia tena ilay fiantsoana manao hoe tokoa : «Fidionareo anio izay hotompoinareo»3. Navela ho azy ny safidy. Naniry mafy ny fiovam-pony Jesosy. Efa nasehony azy ny faritra marary eo amin' ny toetra amam-

panahiny ka liana dia liana izy nanara-maso izay ho vokany raha mandanjalanja ny fanontaniana ilay tovolahy. Raha nanapa-kevitra ny hanaraka an' i Kristy izy, dia tsy maintsy mankatò ny teniny amin' ny zavatra rehetra. Tsy maintsy miala amin' ny fikasany feno hambom-po izy. Faniriana mafana sy feno tebiteby manao ahoana, hetahetampanahy manao ahoana no teo amin' ny fijerin' ny Mpamonjy ilay tovolahy nantenaina fa hanaiky ny antson' ny Fanahin' Andriamanitra. Ny fepetra nataon' i Kristy no hany nilaina mba hametrahana ilay mpanapaka eo amin' izay ahazoany manantanteraka toetra amam-panahy kristiana. Tenim-pahendrena ny teniny, na dia toa henjana sy tafahoatra aza. Ny fanekena sy ny fankatoavana izany no hany fanantenam-pamonjena ho an' ilay mpanapaka. Ny toerana ambony nisy azy sy ny fananany dia samy nanao asa mangina sy miafina mitarika ho eo amin' ny ratsy teo amin' ny toetra amampanahiny. Raha ankafiziny izany, dia haka ny toeran' Andriamanitra ao amin' ny fitiavany. Ny fandavana ny kely na ny betsaka izay avy amin' Andriamanitra, dia fihazonana izay mety hampihena ny heriny sy ny fahombiazany eo amin' ny fitondran-tena ; raha ankafizina ny zavatra eto amin' izao tontolo izao, na dia tsy azo antoka sy tsy mendrika aza izany, dia haharevo tanteraka. {IFM 555.3}

Takatr' ilay mpanapaka haingana izay rehetra voafono tao amin' ny tenin' i Kristy, ka nalahelo izy. Raha tsapany ny tombambidin' ny fanomezana natolotr' azy, dia ho niditra haingana ho anankiray amin' ny mpanaraka an' i Kristy izy. Anisan' ny Synedriona manan-kaja teo amin' ny Jiosy izy, ary naka fanahy azy i Satana tamin' ny fanehoana ny ho avy mandokadoka azy. Niriny ny harenan' ny lanitra, nefa niriny koa ny tombon-tsoa ara-nofo izay mety hoentin' ny harenany ho azy. Nampalahelo azy ny fisian' izany fepetra izany ; naniry ny fiainana mandrakizay izy, nefa tsy vonona ny hanao ny fandavan-tena takian' izany . Toa lehibe loatra ho azy ny vidin' ny fiainana mandrakizay, ka niala tamin' alahelo izy, «satria nanana fananana be». {IFM 556.1}

Ny fihamboany fa nitandrina ny lalàn' Andriamanitra izy dia famitahan-tena. Nasehony fa ny harenany no sampiny. Tsy afaka nitandrina ny didin' Andriamanitra izy raha mbola izao tontolo izao no voalohan-daharana eo amin' ny fitiavany. {IFM 556.2}

Tiany noho Ilay Mpanome ny fanomezana avy amin' Andriamanitra. Efa natolotr' i Kristy an' ilay tovolahy ny ho mpiara-dia Aminy. «Manaraha Ahy» hoy Izy. Nefa ho azy ny Mpamonjy dia tsy sarobidy toy ny voninahiny teo anivon' ny olona, na ny fananany. Fanaovana vy very be loatra izany hahafoy ny harena eto an-tany, harena izay hita, mba hahazoana ny harena any an-danitra izay tsy hita. Nolaviny ny fanomezana ny fiainana mandrakizay, ka niala izy, ary hatramin' izay dia izao tontolo izao ihany no nivavahany. {IFM 556.3}

An' arivony no mandalo io fitsapana mahamay io, misalasala na hifidy an' i Kristy na izao tontolo izao ; maro no mifidy an' izao tontolo izao. Tahaka ilay tovolahy mpanapaka, dia miala amin' ny Mpamonjy izy ka milaza ao am-pony hoe tsy ho

mpitarika ahy io olona io. {IFM 556.4}

Ny fifandraisan' i Kristy amin' ilay tovolahy dia aseho toy ny lesona azo tsapain-tanana. Nomen' Andriamanitra antsika ny fitsipi-pitondrantena izay tsy maintsy harahin' ny mpanompony tsirairay. Fankatoavana ny lalàny izany. Tsy fankatoavana amin' ny maha-lalàna azy fotsiny, fa fankatoavana izay miditra ao amin' ny fiainana, ary hiainana sy haseho eo amin' ny toetra amam-panahy. Napetrak' Andriamanitra ny tarigetran' ny toetra amam-panahiny ho an' izay rehetra te-ho anisan' ny fanjakany. Izay ho tonga mpiara-miasa amin' i Kristy ihany, izay hiteny ihany hoe : Tompo ò, izay rehetra ahy, izay rehetra maha-izy ahy dia Anao, ireo ihany no hoekena ho zanakalahy sy zanakavavin' Andriamanitra. Tokony hoheverin' ny rehetra ny dikan' ny hoe : maniry ny lanitra, ary nefa miodina miala noho ny fepetra mipetraka. Hevero ny dikan' ny hoe manao «tsia» amin' i Kristy. Hoy ilay mpanapaka: Tsia, tsy afaka hanome ny zavatra rehetra Anao aho. Milaza izany koa ve isika ? Manolotra ny hizara amintsika ny asa efa nomen' Andriamanitra hataontsika ny Mpamonjy. Manolotra antsika ny hampiasa ny fitaovana nomen' Andriamanitra antsika Izy, hampandroso ny asany eo amin' izao tontolo izao. Amin' izany fomba izany ihany no mahavonjy antsika. {IFM 557.1}

Ny fananan' ilay mpanapaka dia nankinina taminy mba hahazoany maneho ny tenany ho mpitandrina fananana mahatoky ; tokony handany ireo harena ireo mba ho fitahiana ny sahirana izy. Toy izany koa ankehitriny nanankinan' Andriamanitra fitaovana ny olona, talenta sy fotoana mety, mba hahazoany ho tonga fiasana ho Azy amin' ny fanampiana ny mahantra sy ny mijaly. Izay mampiasa ny fanomezana nankinina taminy araka izay notendren' Andriamanitra, dia manjary mpiara-miasa amin' ny Mpamonjy. Mahazo fanahy ho an' i Kristy izy, satria maneho ny toetra amampanahiny. {IFM 557.2}

Izay tahaka ilay tovolahy mpanapaka manana toerana ambony nametrahana fitokisana. sy manana fananana be, dia mety mahita fa lehibe loatra ny fandavan-tena amin' ny fahafoizana ny zavatra rehetra mba hanarahana an' i Kristy. Izany anefa no fitsipi-pitondrantena ho an' izay rehetra te-ho mpianany. Tsy misy mahasolo mihitsy ny fankatoavana. Ny fampileferana ny «izaho» no votoatin' ny fampianaran' i Kristy. Matetika izany no aseho sy baikoina amin' ny teny toa henjana, satria tsy misy fomba hamonjena ny olona afa-tsy ny fanapahana ny zavatra izay hampitotongana ny tenany manontolo raha kolokoloina. {IFM 557.3}

Rehefa averin' ny mpanaraka an' i Kristy amin' ny Tompo izay azy, dia manangona harena izay homena ho an' ny tenany izy rehefa handre ny teny hoe : «Tsara izany, ry mpanompo tsara sady mahatoky . . . midira amin' ny fifalian' ny Tomponao». Izay niaritra ny hazo fijaliana mba hahazoany ny fifaliana mipetraka eo anoloany, dia efa mipetraka eo amin' ny ankavanan' ny seza fiandrianan' Andriamanitra»4. Ny fifaliana mahita fanahy voavotra, fanahy voavonjy mandrakizay, no valisoa ho an' izay rehetra mametraka ny tongony eo amin' ny dia tongotr' Ilay nilaza hoe : «Manaraha Ahy». {IFM

558.1}

## Toko 58—Ry Lazarosy, mivoaha!

Anisan' ny mpianatr' i Kristy nifahatra indrindra taminy i Lazarosy avy any Betania1. Hatramin' ny nihaonany voalohany dia efa natanjaka ny finoany an' i Kristy ; lalina ny fitiavany Azy, ary tian' ny Mpamonjy betsaka koa izy. Ho an' i Lazarosy no nanaovan' i Kristy ny lehibe indrindra tamin' ny fahagagana. Nitahy izay rehetra nitady ny fanampiany ny Mpamonjy ; tia ny fianakavian' ny olombelona rehetra Izy ; ny sasany anefa dia nifamatotra taminy teo amin' ny fikambanana mamy tamin' ny fomba manokana. Nifaningotra tamin' ny fianakaviana tany Betania ny fony tamin' ny alalan' ny mahazakan' ny fitiavana, ka notanterahiny ho an' ny anankiray tamin' ireo ny anankiray amin' ny asa mahagaga indrindra. {IFM 559.1}

Nahita fialan-tsasatra matetika Jesosy tao an-tokantranon' i Lazarosy. Tsy nanana trano ho an' ny tenany ny Mpamonjy ; niankina tamin' ny fampiantranoan' ny namana aman-tsakaizany sy ny mpianany Izy ; koa matetika, rehefa sasatra Izy, nangetaheta ny firaisam-pon' olombelona, dia nahafaly Azy ny nandositra ao amin' izany tokantrano feno fiadanana izany, lavitry ny fiahiahiana sy ny fialonan' ny Fariseo feno hatezerana. Tao Izy nahita fandraisana tsara tamin' ny fo madio, sy fisakaizana madio sy masina. Tao izy afaka niteny tamim-pahatsorana sy tamim-pahalalahana tanteraka ; fantany fa ho azo ny teniny, sady hotehirizina toy ny zava-tsarobidy. {IFM 559.2}

Nankasitrahan' ny Mpamonjintsika ny tokantrano feno fiadanana sy ny mpihaino liana. Niriny mafy ny fahalemem-panahin'olombelona, ny fanajany sy ny fitiavany. Izay mandray ny toro-mariky ny lanitra, izay mahavonona mandrakariva ny hizara azy, dia mahazo fitahiana be dia be. Raha nanaraka an' i Kristy namakivaky ny saha eny ankalamanjana ny vahoaka marobe, dia novelariny taminy ny hakanton' ny zavaboary eo amin' izao tontolo izao. Tiany ny hanokatra ny mason' ny sainy, mba hahazoany mahita ny fanohanan' Andriamanitra an' izao tontolo izao. Mba hampisongadinany ny fahatsapana ny fahatsaran' Andriamanitra sy ny fiantrany, dia nanintona ny sain' ny mpihaino Azy tamin' ny ranonando milatsaka tsimoramora Izy, tamin' ny ranonorana malefaka sy ny tanamasoandro mamirapiratra, izay nomena mitovy ny tsara fanahy sy ny ratsy fanahy. Tiany ho tsapan' ny olona amin' ny fomba feno kokoa ny fikarakarana ataon' Andriamanitra amin' olombelona. fitaovana izay noforoniny. Votsa anefa ny vahoaka nihaino Azy, ka tao amin' ny tokantrano tao Betania i Kristy no nahita fialantsasatra tamin' ny ady mandreraka natrehiny teo amin' ny fiainana teo anivon' ny vahoaka. Tao no nanokafany ny bokin' ny Fitondran' Andriamanitra teo amin' ny mpihaino mahay mankasitraka. Nandritra ireo resaka manokana nataony ireo, dia novelariny teo amin' ny mpihaino Azy izay tsy nandramany nolazaina tamin' ny vahoaka marobe nifangaro. Tsy nilainy ny niteny tamin' ny sakaizany tamin' ny alalan' ny fanoharana. {IFM 559.3}

Raha nanao ireo lesona mahagaga ireo Kristy, dia nipetraka teo an-tongony i Maria, mpihaino feno fanajana sy fitiavana. Indray mandeha, sahiran-kevitra i Marta tamin' ny fikarakarana sy ny fanomanana ny sakafo, ka nankeo amin' i Kristy izy nanao hoe : «Tompoko moa tsy mampaninona Anao va ny amelan' ny rahavaviko ahy hanompo irery ? koa mba asaovy manampy ahy izy». Tamin' ny fotoana namangian' i Kristy voalohany an' i Betania izany. Vao avy nanao ilay dia mandreraka an-tongotra avy tany Jeriko indrindra ny Mpamonjy sy ny mpianany. Feno ahiahy i Marta ny hanomana izay hampiadana azy ireo, ka hadinony ny fanajana tokony ho an' Ilay Vahiny noho izany ahiahy izany. Novalian' i Jesosy tamin' ny teny malefaka sy tamim-paharetana izy : «Marta, Marta, maro ahina sy maro herehina hianao ; fa Maria no efa nifidy ny anjara tsara izay tsy halaina aminy». Nanangona tao an-tsainy ireo teny sarobidy avy tamin' ny molotry ny Mpamonjy i Maria, teny izay sarobidy ho azy mihoatra noho ny vatosoa sarobidy indrindra teto an-tany. {IFM 560.1}

Ny «zavatra iray loha» izay nilain' i Marta, dia fanahy tony, feno fitiavana, fiahiana lalina kokoa ny amin' ny fahalalana ny mikasika ny fiainana ho avy, maharitra mandrakizay, sy ny fahasoavana ilaina eo amin' ny fandrosoana ara-panahy. Nilainy ho kely kokoa ny fiahiahiany ny zavatra maharitra mandrakizay. Tian' i Jesosy hampianarina ny zanany ny manararaotra ny fotoana mety rehetra mba hahazoana ny fahalalana izay hahendry azy ho amin' ny famonjena. Mila mpiasa mitandrina tsara, mavitrika ny asan' i Kristy. Misy saha midadasika ho an' i Marta, ilàna ny hafanam-pony ny asa marisika eo amin' ny fivavahana. Nefa aoka izy aloha hiaramipetraka amin' i Maria eo an-tongotr' i Jesosy. Aoka hohamasinina amin' ny fahasoavan' i Kristy ny fahakingana, ny fahamailahana sy ny fahavitrihana ; amin' izay ny fiainana dia ho hery tsy hita horesena hanao ny tsara. {IFM 560.2}

Niditra tao amin' ilay trano feno fiadanana efa nialan' i Jesosy sasatra ny fahoriana. Tratry ny 'aretina tampoka i Lazarosy, ka naniraka ho any amin' ny Mpamonjy ny anabaviny, nampilaza hoe : «Tompoko, indro marary ilay tianao». Hitany ny hamafin' ny aretina izay nanjo ny anadahiny, nefa fantany fa efa nasehon' i Kristy fa afaka manasitrana ny karazan' aretina rehetra Izy. Nino izy fa hiray fo aminy Izy ao amin' ny fahoriany ; noho izany dia tsy nisy antso maika nataony ahatongavany avy hatrany, fa hafatra feno fahatokiana fotsiny no nalefany manao hoe : «Marary ilay tianao». Noheveriny fa hamaly avy hatrany ny hafatra nalefany Izy, ka ho tonga eo aminy raha vantany vao mety ho tody ao Betania. {IFM 561.1}

Nitebiteby izy niandry teny avy amin' i Jesosy. Raha mbola nisy aina kely ihany velona tao amin' ny anadahiny, dia nivavaka izy sady niandry an' i Jesosy ho avy. Niverina tsy niaraka taminy ny mpitondra hafatra nilaza izao hafatra izao : Tsy ho fahafatesana no anton» izany aretina izany, koa nofikiriny ny fanantenana fa ho velona i Lazarosy. Niezaka Izy tamim-pitiavana nilaza teny fanantenana sy fampaherezana tamin'

ilay nijaly efa saiky tsy nahatsiaro tena. Rehefa maty i Lazarosy, dia nangidy ny fahadisoam-panantenany, tsapany anefa fa ny fahasoavan' i Kristy manohana azy, ary niaro azy tsy hieritreritra ny hanamelohana ny Mpamonjy izany. {IFM 561.2}

Rehefa ren' i Kristy ny hafatra, dia noheverin' ny mpianatra fa noraisiny tamin' ny fomba mangatsiaka izany. Tsy naneho ny alahelo nampoizin' izy ireo fa hasehony Izy. Nijery azy ireo Izy ka nanao hoe : «Tsy ho fahafatesana no anton' izany aretina izany, fa ny hampisehoana ny voninahitr' Andriamanitra, mba hankalazana ny Zanak' Andriamanitra». Nijanona teo amin' ny toerana nisy Azy Izy nandritra ny roa andro. Zava-miafina ho an' ny mpianatra io fotoana nahemotra io. Ho fampaherezana ho an' ilay ankohonana tra-pahoriana ny fanatrehany, hoy' ny fiheviny. Ny fitiavana mafana ho an' ilay mpianakavy tao Betania, dia fantatry ny mpianatra tsara, ka gaga izy fa tsy namaly ilay hafatra mampalahelo hoe : «Marary ilay tianao». {IFM 561.3}

Nandritra ny roa andro Kristy toa nanala ilay hafatra tsy ho ao an-tsainy ; tsy niteny momba an' i Lazarosy Izy mantsy. Nahatsiaro an' i Jaona Mpanao batisa ilay mpialoha lalana an' i Jesosy ny mpianatra. Nahagaga azy ny antony namelan' i Jesosy an' i Jaona hiaritra fahoriana any an-tranomaizina, sy ho fatin' ny herisetra, nefa Izy manana hery hoenti-manao fahagagana italanjonana. Raha manana hery toy izany Izy, nahoana Kristy no tsy namonjy ny ain' i Jaona ? Napetraky ny Fariseo matetika io fanontaniana io, izay nampiseho izany ho fonjan-kevitra tsy azo valiana manohitra ny filazan' i Kristy ny tenany ho Zanak' Andriamanitra. Efa nampitandrina ny mpianatra ny Mpamonjy ny amin' ny fisedrana, ny fatiantoka sy ny fanenjehana. Handao azy ve Izy rehefa ao anatin' ny fitsapana. Nisy nanontany raha diso ny fiheveran' izy ireo ny asa nanirahana Azy: Samy sahiran-kevitra lalina izy rehetra. {IFM 562.1}

Rehefa niandry roa andro Jesosy, dia niteny tamin' ny mpianatra hoe : «Andeha isika ho any Jodia indray». Nanontany ny mpianatra ny antony niandrasany roa andro, raha ho any Jodia ihany Jesosy. Ny fiahiahiana momba an' i Kristy sy ny tenany izao no mavesatra indrindra tao an-tsainy. Tsy nisy afa-tsy loza mananontanona no hitany teo amin' ny dia izay handeha hataony. «Raby ò, hoy izy, vao haingana teo no nitadiavan' ny Jiosy hitora-bato Anao, ka hankany va Hianao ?» Jesosy namaly hoe : «Tsy roa ambin' ny folo va ny ora amin' ny indray andro ?» Eo ambanin' ny fitarihan' ny Raiko Aho, raha mbola manao ny sitrapony Aho, dia azo antoka ny fiainako. Tsy mbola nifarana ny ora roa ambin' ny folo amin' ny indray andro ho Ahy. Niditra teo amin' ny sisa farany amin' ny Androko Aho ; nefa raha mbola misy tafajanona ny amin' izany, dia azo antoka ny Amiko. {IFM 562.2}

«Raha misy mandeha amin' ny antoandro, hoy Izy nanohy, dia tsy mba tafintohina izy, fa mahita ny fahazavan' izao tontolo izao». Izay manao ny sitrapon' Andriamanitra, izay mandeha amin' ny lalana nosoritan' Andriamanitra, dia tsy mety hotafintohina sy ho lavo. Ny fahazavan' ny Fanahin' Andriamanitra mitarika, dia manome azy fahalalana

mazava ny amin' ny andraikiny, ka mitarika azy tsara hatramin' ny fiafaran' ny asany. «Fa raha nisy kosa mandeha amin' ny alina, dia ho tafintohina izy, satria tsy misy mazava ao aminy». Izay mandeha amin' ny lalana nofidin' ny tenany amin' izay tsy niantsoan' Andriamanitra azy, dia ho tafintohina. Mivadika ho alina mantsy ny andro ho azy, ary na aiza na aiza alehany, dia tsy azo antoka ny aminy. {IFM 562.3}

«Izany no nolazainy ; ary rehefa afaka izany, dia hoy Izy taminy: Matory Lazarosy sakaizantsika ; fa handeha hamoha azy Aho». «Matory Lazarosy sakaizantsika». Manohina tokoa ireo teny ireo ! Feno firaisam-po tokoa ! Raha nieritreritra ny loza mananontanona izay hihatra Aminy raha mankany Jerosalema ny mpianatra, dia saiky hadinon' izy ireo ilay fianakaviana misaona any Betania. Tsy toy izany anefa Kristy. Nahatsapa ny mpianatra fa nomen-tsiny. Efa diso fanantenana izy satria tsy namaly haingakaingana kokoa ny hafatra Kristy. Nalaim-panahy hihevitra izy fa tsy nanana fitiavana mamy ho an' i Lazarosy sy ny anabaviny araka izay niheverany azy Izy, raha tsy izany dia niverina haingana niaraka tamin' ny mpitondra hafatra Izy. Ny teny hoe : «Matory Lazarosy sakaizantsika» anefa, dia nampifoha ny fihetseham-po araka izay izy tao an-tsainy. Resy lahatra izy fa tsy nanadino ny sakaizany nijaly Izy tsy akory. {IFM 563.1}

«Dia hoy ny mpianatra taminy : Tompoko, raha matory izy, dia ho tsara ihany. Nefa Jesosy nilaza ny fahafatesany ; fa nataon' izy ireo kosa fa fialan-tsasatra amin' ny torimaso no nolazainy. Asehon' i Kristy ho toy ny torimaso ny fahafatesana amin' ny zanany izay mino. Miara-miafina amin' i Kristy ao amin' Andriamanitra ny fiainany, ary mandra-panenon' ny trompetra farany, dia hatory ao Aminy izay maty. {IFM 563.2}

«Ary tamin' izany Jesosy dia nilaza tsotra taminy hoe : Maty Lazarosy ; ary faly Aho noho ny aminareo, satria tsy teo Aho, mba hinoanareo ; fa andeha isika hankany aminy». Tsy afaka nahita afa-tsy fahafatesana voaomana ho an' ny Tompony i Tomasy raha mankany Jodia Izy ; nankahery saina anefa izy ary hoy izy tamin' ny mpianatra hafa : «Andeha koa isika mba hiara-maty Aminy». Fantany ny fankahalan' ny Jiosy an' i Kristy. Fikasan' izy ireo ny hanao drafitra hahafaty Azy. Tsy nahomby anefa io fikasana io, satria mbola nisy tafajanona ny fotoana natokana ho Azy. Nandritra o fotoana io dia nisy fiarovan' ny anjelin' ny lanitra teo amin' i Jesosy ; ary na dia teo amin' ny faritr' i Jodia aza, izay niokoan' ny raby amin' izany fomba izany handraisana Azy sy hamonoana Azy, dia tsy mety hisy loza hanjo Azy. {IFM 563.3}

Gaga ny mpianatra tamin' ny tenin' i Kristy hoe : «Maty Lazarosy. Ary faly Aho ... satria tsy teo Aho». Moa ve safidin' ny Mpamonjy ny tsy ho ao amin' ny tokantranon' ny sakaizany tao anatin' ny fahoriana ? Toa havela ho irery Maria sy Marta ary Lazarosy teo am-pialan' aina. Tsy irery anefa izy. Nahita ny toejavatra manontolo Kristy, ary taorian' ny nahafatesan' i Lazarosy dia notohanan' ny fahasoavany izy mirahavavy nisaona. Vavolom-belon' ny fahoriana mandrotika ny fony Jesosy, raha niady tamin' ilay fahavalo

mahery, dia ny fahafatesan' ny anadahiny.Tsapany ny fanaintainana sy ny tebiteby rehetra, raha niteny tamin' ny mpianany Izy hoe : «Maty Lazarosy». Nefa tsy ireo malalany tany Betania ihany no eritreretin' i Jesosy ; ny fitaizana ny mpianany koa tokony hoheveriny. Ho solontenany eo amin' izao tontolo izao ireo, mba hahatratra ny rehetra ny fitahian' ny Ray. Ho azy ireo dia navelany ho faty Lazarosy. Raha nanafaka azy tamin' ny aretina Izy ka namerina azy tamin' ny fahasalamana, dia tsy ho vita ny fahagagana izay porofo mazava indrindra ny toetra amam-panahy maha-Andriamanitra Azy. {IFM 564.1}

Raha tao amin' ny efitra nisy ny marary Kristy, dia tsy maty i Lazarosy. satria tsy ho nanan-kery taminy i Satana. Tsy ho azon' ny fahafatesana natao ny nandefa ny zana-tsipikany tamin' i Lazarosy eo anatrehan' Ilay Mpanome aina. Noho izany dia nijanona lavidavitra Kristy. Navelany hampiasa ny heriny ny fahavalo, mba hahazoany mandroaka azy, ho fahavalo efa resy. Nekeny handalo eo amin' ny fanjakan' ny fahafatesana i Lazarosy ; koa nahita ny anadahiny napetraka tao am-pasana izy mirahavavy tra-pahoriana. Fantatr' i Kristy fa raha mijery ny endriky ny fahafatesana eo amin' ny anadahiny izy dia hosedraina mafy ny finoany an' Ilay Mpanavotra azy. Fantany anefa fa noho ny tolona izay atrehiny ankehitriny, dia hamirapiratra amin-kery be lavitra ny finoany. Nampahory Azy ny fanaintainana sy ny fijaliana rehetra niaretany. Raha nitaredretra Izy dia tsy nampihena ny fitiavany azy izany, nefa fantany fa hisy fandresena ho azo, ho azy mirahavavy, ho an' i Lazarosy, ho an' ny tenany, ary ho an' ny mpianany. {IFM 564.2}

«Noho ny aminareo», «mba hinoanareo». Ho an' izay rehetra miezaka hahatsapa ny tanan' Andriamanitra mitarika, ny fotoana maha-akaiky indrindra ny fanampian' Andriamanitra no misy ny fahakiviana lehibe indrindra. Hitodika hijery ny lasa izy ka ho feno fisaorana ny amin' ny faritra maizina indrindra teo amin' ny lalana nodiaviny. «Fantatry ny Tompo izay hamonjeny ny tsara fanahy»2. Hitondra azy hivoaka avy amin' ny fakam-panahy rehetra sy ny litsapana rehetra Izy, manana finoana matanjaka kokoa sy fanandramana sarobidy kokoa. {IFM 564.3}

Raha nampihemotra fotoana Kristy hankany amin' i Lazarosy, dia nanam-pikasana feno famindrampo Izy ho an' ireo izay tsy nandray Azy. Nitaredretra Izy, mba hahazoany manome porofo hafa indray ho an' ny vahoakany mafy hatoka, sy tsy mino, amin' ny alalan' ny fananganany an' i Lazarosy tamin' ny maty, fa Izy tokoa no «fananganan' ny maty sy fiainana». Tsy nekeny izany hahafoy ny fanantenana rehetra momba ny vahoakany, ho an' ilay ondry mahantra, mirenireny ao amin' ny ankohonan' Isiraely. Nahavaky ny fony ny tsy fetezany hibebaka. Noho ny famindrampony, dia nikasa ny hanome azy porofo iray indray Izy, fa Izy no Mpamboatra ny rava. Ilay hany afaka mitondra ny fiainana sy ny tsy fahafatesana eo amin' ny mazava. Porofo tsy ho azon' ny mpisorona disoana izany. Izany no antony nampitaredretra Azy ho any Betania. Io

fahagagana fara-tampony io, dia ny nananganana an' i Lazarsoy no nametraka ny tombo-kasen' Andriamanitra teo amin' ny asany sy teo amin' ny filazany ny maha-Andriamanitra Azy. {IFM 565.1}

Raha teny an-dalana ho any Betania Jesosy, araka ny fanaony, dia nanao asa fanompoana ho an' ny marary sy ny sahirana. Rehefa tonga tao an-tanàna Izy dia nandefa iraka ho azy mirahavavy hilaza ny fahatongavany. Tsy niditra avy hatrany tao an-trano i Kristy, fa nijanona tamin' ny toerana mangingina teo amoron-dalana. Tsy nifandrindra tamin' ny toe-tsain' i Kristy ny fisehosehoana be, ivelambelany fanaon' ny Jiosy amin' ny fahafatesan' ny havana aman-tsakaiza. Reny ny feon' ny fitarainan' ireo mpitomany nokaramaina, ka tsy naniry ny hahita azy mirahavavy eo amin' izany toe-javatra mikorontana izany Izy. Teo anivon' ireo sakaiza nitomany, dia nisy ny havana ao amin' ny fianakaviana, nisy nanana toerana sy andraikitra ambony tao Jerosalema. Anisan' ireny dia nisy ny fahavalon' i Kristy masiaka indrindra. Fantatr' i Kristy ny fikasan' izy ireo, ary noho izany dia tsy nampahafantatra ny tenany avy hatrany Izy. {IFM 565.2}

Nentina mangingina teo amin' i Marta ny hafatra, hany ka tsy nandre ny olon-kafa tao amin' ny efitra nisy azy. Rendrika tao amin' ny fahoriany i Maria ka tsy nandre ny teny. Nitsangana avy hatrany i Marta ka nandeha nitsena ny Tompony ; noheverin' i Maria anefa fa lasa nankany amin' ny toerana nandevenana an' i Lazarosy izy, ka mbola nipetraka ihany i Maria, tao anatin' ny alahelony, tsy niloa-peo. {IFM 566.1}

Niolomay i Marta hitsena an' i Jesosy, ny fony nidobodoboky ny fihetseham-po nifanohitra. Hitany soritra teo amin' ny endriny ny fihetseham-po mitory ihany ilay fahalemem-panahy sy ilay fitiavana nasehony azy ireo mandrakariva. Tsy nihozongozona ny fahatokiany Azy, fa nahatsiaro an' ilay anadahiny malala izy, ilay tian' i Jesosy indrindra koa. Tamin' alahelo nipololotra avy ao ampony noho Jesosy tsy tonga talohan' izao, nefa tamin' ny fanantenana fa na dia ankehitriny aza dia hisy hataony hampionona azy ireo, no nitenany hoe : «Tompoko, raha teto Hianao, dia tsy maty ny anadahiko». Efa naverimberin' izy mirahavavy imbetsaka ireo teny ireo tao anatin' ny kotaba nataon' ny mpitomany. {IFM 566.2}

Tamin' ny fangorahan' ny maha-olombelona sy maha-Andriamanitra no nijeren' i Jesosy ny endriny feno alahelo sy ahiahy. Tsy te-hitantara mihitsy ny zavatra efa lasa i Marta ; voambara tao amin' ireto teny mampangorakoraka ireto avokoa ny zavatra rehetra : «Tompoko, raha teto Hianao, dia tsy maty ny anadahiko». Nefa raha nibanjina ity endrika feno fitiavana izy dia nampiany hoe : «Nefa fantatro fa na dia ankehitriny izao aza na inona na inona hangatahinao amin' Andriamanitra, dia homen' Andriamanitra Anao». {IFM 566.3}

Nampaherezin' i Jesosy ny finoany ka hoy Izy hoe : «Hitsangana ny anadahinao». Tsy natao hiteraka fanantenana fa hisy fiovana eo no eo ny valinteniny. Nitarika ny fisainan' i

Marta ho any ankoatry ny fananganana ny anadahiny amin' izao andro izao Izy, ka nafantony amin' ny fitsanganan' ny marina izany. Izany no nataony mba ahazoany mahita ny fitsanganan' i Lazarosy, ho antoky ny fitsanganan' ny marina rehetra, sy toky fa ho tanterahin' ny herin' ny Mpamonjy izany. {IFM 566.4}

Namaly i Marta hoe : «Fantatro ihany fa hitsangana izy amin' ny fitsanganan' ny maty amin' ny andro farany». {IFM 566.5}

Mbola niezaka ihany Jesosy hampitodika ny finoany ho eo amin' ny lalana tsara, ka nambarany hoe : «Izaho no fananganana ny maty sy fiainana». Ao amin' i Kristy no misy fiainana, araka izay niandohany, tsy nindramina, tsy noraisiny avy tamin' ny hafa. «Izay manana ny Zanaka no manana ny fiainana»3. Ny maha-Andriamanitra an' i Kristy no antoky ny fiainana mandrakizay ho an' ny mpino. «Izay mino Ahy, hoy Jesosy, na dia maty aza, dia ho velona indray ary izay rehetra velona ka mino Ahy, dia tsy ho faty mandrakizay. Mino izany va hianao ?» Eto Kristy dia mibanjina ny fotoana hiaviany fanindroany. Amin' izay dia hitsangana tsy ho lo intsony ny marina, ary ny marina velona dia hafindra ho any an-danitra táy hahita fahafatesana. Ny fahagagana izay efa hataon' i Kristy, amin' ny fananganana an' i Lazarosy amin' ny maty, dia hampiseho ny fitsanganan' ny marina rehetra amin' ny maty. Ny teniny sy ny asany no nambaran' ny tenany ho Mpanao ny fananganana amin' ny maty. Ilay efa ho faty tsy ho ela eo amin' ny hazo fijaliana, dia nijoro teo nanana ny fanalahidin' ny fahafatesana mpandresy ny fasana, ary nanantitrantitra ny zony sy ny fahefany hanome fiainana mandrakizay. {IFM 566.6}

Ny tenin' ny Mpamonjy hoe: «Mino izany va hianao?» dia novalian' i Marta hoe : «Mino aho fa Hianao no Kristy, Zanak' Andriamanitra, Ilay ho tonga amin' izao tontolo izao». Tsy azony feno ny teny nataon' i Kristy, nefa niaiky ny finoany ny mahaAndriamanitra Azy Izy, sy ny fahatokiany fa afaka mahatanteraka na inona na inona tiany hatao Izy. {IFM 567.1}

Ary rehefa nilaza izany izy, dia lasa nandeha ka niantso mangingina an' i Maria rahavaviny, nanao hoe : «Tonga ny mpampianatra ka miantso anao». Nolazainy mangingina araka izay azony natao ny hafatra nentiny ; niomana ny hisambotra an' i Jesosy mantsy ny mpisorona sy ny mpanapaka raha vantany vao misy fotoana mety amin' izany. Nanakana ny teniny tsy ho re ny kiakiakan' ny mpitomany. {IFM 567.2}

Raha nandre ny antso i Maria, dia nitsangana haingana izy, ary nisoritra teny amin' ny endriny ny hafanam-po raha nivoaka ny trano izy. Noheverin' ny mpitomany fa lasa nankany amin' ny fasana izy hitomany, ka narahiny. Rehefa tonga teo amin' ny toerana niandrasan' i Jesosy izy, dia nandohalika teo an-tongony, ka niteny tamin' ny molotra nipararetra hoe : «Tompoko, raha teto Hianao, dia tsy maty ny anadahiko». Nampahory azy ny kiakiakan' ny mpitomany ; naniry mafy hilaza teny fohy mangingina tamin' i

Jesosy izy. Fantany anefa ny faharatsiana sy ny fialonana nankafizin' ny sasany nanatrika teo tao am-pony, nenti-namely an' i Kristy ka voasakana tsy hampiseho tanteraka ny alahelony izy. {IFM 567.3}

«Ary Jesosy, nony nahita azy nitomany sy ny Jiosy izay niaraka taminy nitomany koa. dia vonto ny fanahiny, ka torakovitra Izy». Novakiany ny tao am-pon' izay rehetra nivory teo. Hitany fa fisehosehoana fotsiny teo amin' ny olona maro izay natao ho fanehoana alahelo izany. Fantany fa nisy tamin' ireo olona ireo, izay manao ranomaso mihatsaravelatsihy ankehitriny, no hamolavola tsy ho ela ny hahafaty, tsy an' Ilay mpanao fahagagana mahery fotsiny, fa an' ilay natsangana tamin' ny maty koa. Azon' i Kristy natao ny nanendaka teny aminy ny fitafiana nilazany fa malahelo izy. Nosakanany anefa ny hatezerany ara-drariny. Ny teny izay azony nolazaina amin' ny fahamarinana rehetra, dia tsy nolazainy, noho ilay tiany nandohalika tamin' alaleho teo an-tongony, izay tena nino Azy marina. {IFM 568.1}

«Aiza moa no nandevenanareo azy» hoy ny fanontaniany. Dia hoy ireo taminy : «Tompoko, andeha hizaha». Niara-niainga ho any amin' ny fasana izy. Toe-javatra mampahonena izany. Notiavina tokoa i Lazarosy, ary vaky ny fon' ny anabaviny nitomany azy, ary ny sakaizany dia nampifangaro ny ranomasony tamin' ny azy mirahavavy misaona. Raha nahita ity fahorian' ny olombelona Jesosy, sy nahita fa mitomany ny maty ny sakaizany ory dia ory nefa teo anilany ny Mpamonjy an' izao tontolo izao, — dia «nitomany Jesosy». Na dia Zanak' Andriamanitra aza Izy, dia naka ny endriky ny maha-olombelona teo aminy ary voahetsiky ny alahelon' ny olombelona Izy. Ny fony be fitiavana sy mangoraka dia voatohin' ny fahoriana mandrakariva haneho firaisam-po. Miara-mitomany amin' izay mitomany Izy, ary miara-mifaly amin' izay mifaly. {IFM 568.2}

Tsy ny firaisam-pony amin' ny maha-olombelona Azy tamin' i Maria sy Marta ihany no nitomanian' i Jesosy. Tao amin' ny ranomasony dia nisy alahelo mihoatra noho ny alahelon' olombelona tahaka ny haavon' ny lanitra ambonin' ny tany. Tsy nitomany an' i Lazarosy Kristy, satria efa hiantso azy hivoaka ny fasana Izy. Nitomany Izy satria maro amin' ireo izay mitomany an' i Lazarosy ankehitriny no hamolavola drafitra tsy ho ela hamonoana an' Ilay fananganana ny maty sy fiainana. Nefa manao ahoana no tsy fahaizan' ny Jiosy tsy mino mandray ny dikan' ny ranomasony ! Nisy izay tsy afaka nahita mihoatra noho ny toe-javatra ivelambelany amin' izay nitranga teo anatrehany ho anton' ny alahelony, ka nanao hoe : «Akory ity haben' ny fitiavany azy !» Ny hafa kosa niezaka ny handatsaka ny voan' ny tsy finoana tao am-pon' izay nanatrika teo, niteny sady nanesoeso hoe : «Moa tsy hain' Ilehity, Izay nampahiratra ny mason' ilay jamba va, ny manao izay tsy ho nahafaty an-dralehilahy ity ?» Raha nanana hery hamonjy an' i Lazarosy Kristy, nahoana ary no navelany ho faty izy ? {IFM 568.3}

Ny mason' ny finoana no nahitan' i Kristy ny fandrafian' ny Fariseo sy ny Sadoseo.

Fantany fa nanomana mialoha izay hamonoana Azy izy. Fantany fa nisy tamin' ireo izay toa mampiseho firaisam-po erý ankehitriny no hanakatona tsy ho ela ny varavaran' ny fanantenana sy ny vavahadin' ny tanànan' Andriamanitra ho an' ny tenany. Hisy zavatra hitranga amin' ny fanetrena Azy sy ny fanomboana Azy amin' ny hazo fijaliana, ary ny ho vokatr' izany dia ny fandravana an' i Jerosalema, ary amin' izany fotoana izany tsy hisy fitomaniana ny maty. Naseho mazava teo anatrehany ny valin-keloka hihatra amin' i Jerosalema. Hitany i Jerosalema hodidinin' ny legiona Romana. Fantany fa betsaka amin' ireo izay mitomany an' i Lazarosy ankehitriny no ho faty amin' ny fahiranon' ny tanàna, ary tsy hisy fanantenana amin' ny fahafatesan ireo. {IFM 569.1}

Tsy noho ny toe-javatra teo anatrehany ihany no nitomanian' i Kristy. Teo Aminy ny vesatry ny fahorian' ny taonjato nifandimby. Hitany ny vokatra mahatsiravin' ny fandikana ny lalàn' Andriamanitra. Hitany fa eo amin' ny tantaran' izao tontolo izao nanomboka teo amin' ny nahafatesan' i Abela, dia tsy nitsahatra ny adin' ny tsara sy ny ratsy. Nibanjina ny taona ho avy Izy, dia hitany ny fahoriana sy ny alahelo, ny ranomaso sy ny fahafatesana, izay ho anjaran' ny olombelona. Voatsindrona ny fony noho ny fahorian' ny fianakavian' ny olombelona amin' ny taonjato rehetra sy eo amin' ny tany rehetra. Navesatra teo amin' ny fanahiny ny fahorian' ny taranaka mpanota, ka vaky ny loharanon' ny ranomasony raha naniry ny hanamaivana ny fijaliany rehetra Izy. {IFM 569.2}

«Dia vonto indray ny fanahin' i Jesosy ka nankeo amin' ny fasana Izy». Napetraka tao amin' ny zohy tao anatin' ny vatolampy i Lazarosy, ary nisy vato lehibe natao teo anoloan' ny fidirana. «Esory ny vato», hoy Kristy. Noheverin' i Marta fa ta-hahita ny maty fotsiny Izy ka nitsivalana izy nilaza fa efa efarana no nandevenana ny maty, ka efa nanomboka ny asan' ny fahalovana. Io fanambarana io, izay natao talohan' ny nananganana an' i Lazarosy, dia tsy nisy nahazoan' ny fahavalon' i Kristy nilaza fa nisy fitaka natao tao. Teo aloha ny Fariseo dia nampiely filazana sandoka mikasika ny fanehoana mahagaga indrindra ny herin' Andriamanitra. Rehefa nanangana ny zanakavavin' i Jairo Kristy, dia hoy Izy : «Tsy maty razazavavy, fa matory»4. Satria vao haingana izy no narary, ary natsangana taorian' ny nahafatesany avy hatrany, dia nilaza ny Fariseo fa tsy maty akory ilay zaza ; fa Kristy mihitsy no nilaza fa matory fotsiny izy. Niezahany naseho fa tsy afaka manasitrana ny aretina Kristy, fa nisy fihetsiketsehana fetsifetsy teo amin' ny fahagagana nataony. Tamin' ity kosa anefa, tsy nisy afaka nandà fa maty i Lazarosy. {IFM 569.3}

Rehefa handeha hanao asa Jehovah, dia misy atosik' i Satana hanohitra izany. «Esory ny vato», hoy Kristy. Amboary araka izay azo atao ny lalana ho amin' ny asako. Nivoitra anefa teto ny toetran' i Marta mahery sitrapo sy be hambom-po. Tsy tiany ho hitan' ny maso ilay vatana fa efa miha-lo. Votsa ny fon' ny olombelona tsy hahazo ny tenin' i Kristy, ka tsy namikitra ny tena dikan' ny teny fikasan' i Kristy ny finoan' i Marta. {IFM

570.1}

Nanome tsiny an' i Marta Kristy, nefa nataony tamim-pahalemem-panahy fatratra ny teniny. «Tsy voalazako va fa raha mino hianao, dia ho hitanao ny voninahitr' Andriamanitra ?» Nahoana janao no tokony hisalasala ny amin' ny heriko ? Nahoana no manana fisainana manohitra ny fangatahako ? Manana ny teniko ianao. Raha hino ianao, dia ho hitanao ny voninahitr' Andriamanitra. Tsy afaka manakana ny asan' Ilay Manana ny hery rehetra ireo zavatra tsy hain' ny nofo. Tsy fanetren-tena tsy akory ny fisalasalana sy ny tsy finoana. Ny finoana ny tenin' i Kristy amin' izao no fanetrentena marina sy tena fampileferana marina ny «izaho». {IFM 570.2}

«Esory ny vato». Azon' i Kristy natao ny nibaiko ny vato hiala, ary ho nankatò ny feony izany. Azony natao ny nibaiko ny anjely izay teo akaiky teo hanao izany. Raha nibaiko Izy, dia ho nisy tanana tsy hita maso nanaisotra ny vato. Tanan' olombelona anefa no tsy maintsy nanala izany. Tian' i Kristy naseho tamin' izany fa tokony hiara-miasa ny maha-olombelona sy ny maha-Andriamanitra. Izay azon' ny herin' olombelona atao, dia tsy asaina ataon' ny herin' Andriamanitra. Tsy miala amin' ny fanampian' ny olona Andriamanitra. Mampahery azy Izy, miara-miasa aminy rehefa mampiasa ny hery sy ny fahaizana nomena azy izy. {IFM 570.3}

Narahina ny baiko. Nakodia ny vato. Natao ampahibemaso sy tamin' ny fomba malina ny zavatra rehetra. Navela hahita ny rehetra fa tsy nisy fitaka natao. Mitsitra ao amin' ny fasany anaty vatolampy ny vatan' i Lazarosy, mangatsiaka sy mangina ao amin' ny fahafatesana. Nangina tampoka ny fikiakiakan' ny mpitomany. Zendana sy nanampo zavatra ny olona ka nijoro nanodidina ny fasana, niandry ny hahita izay hiseho manaraka. {IFM 570.4}

Tony dia tony Kristy nijoro teo anoloan' ny fasana. Nahatsapa fahamasinana manetriketrika ny nanatrika rehetra teo. Nandroso akaiky ny fasana kokoa Kristy. Nanandratra ny masony tamin' ny lanitra Izy ka nanao hoe : «Raiko Ò, misaotra anao Aho fa efa nihaino Ahy Hianao». Tsy ela talohan' izao, dia nampangain' ny fahavalony ho niteny ratsy an' Andriamanitra Kristy, ka nandray vato hitora-bato Azy izy, noho Izy nilaza ny tenany ho Zanak' Andriamanitra. Nampangainy ho nanao fahagagana tamin' ny alalan' ny herin' i Satana Izy. Eto anefa Kristy dia milaza an' Andriamanitra ho Rainy, ka nambarany tamin' ny fahatokiana tanteraka fa Zanak' Andriamanitra Izy. {IFM 571.1}

Tamin' izay rehetra nataony, dia niara-niasa tamin' ny Rainy Kristy. Nimasoany mandrakariva ny mampiseho mazava fa tsy niasa samirery Izy ; tamin' ny alalan' ny finoana sy ny fivavahana no nanaovany fahagagana. Tian' i Kristy ho fantatry ny rehetra ny fifandraisany amin' ny Rainy : «Ray, hoy Izy, misaotra Anao Aho, fa efa nihaino Ahy Hianao. Raha Izaho dia fantatro fa mihaino Ahy mandrakariva Hianao, fa noho ny vahoaka mitsangana manodidina no ilazako izany, mba hinoany fa Hianao no naniraka

Ahy». Eto ny mpianatra sy ny vahoaka dia homena ny porofo mandresy lahatra indrindra mikasika ny fifandraisana misy amin' i Kristy sy Andriamanitra. Aseho azy fa tsy fitaka tsy akory ny filazana nataon' i Kristy momba ny tenany. {IFM 571.2}

«Ary rehefa nanao izany teny izany Izy, dia niantso tamin' ny feo mahery hoe : Ry Lazarosy, mivoaha». Mazava ny feony, ka nanagorobaka sy nandoaka ny sofin' ny maty. Raha niteny Izy dia namirapiratra teo amin' ny maha-Andriamanitra ny mahaolombelona. Hitan' ny olona teo amin' ny endriny izay nohazavain' ny voninahitr' Andriamanitra, ny fahatokiana ny heriny. Nifantoka tamin' ny varavaran' ilay zohy ny maso rehetra. Nanongilan-tsofina ny rehetra hihaino ny feo malefaka indrindra. Liana dia liana sady nitaintaina ny rehetra niandry ny nisedrana ny maha-Andriamanitra an' i Kristy, ny porofo mazava izay hampivaingana ny fitakiany ho Zanak' Andriamanitra, na handrava ny fanantenana ho mandrakizay. {IFM 571.3}

Nisy nihetsika tao amin' ny fasana mangina, dia nijoro teo amin' ny varavaram-pasana ilay efa maty. Voasakan' ny lambampaty izay nametrahana azy ny fihetsiny ka hoy Kristy tamin' ireo mpijery zendan' ny hagagana : «Vahao izy, ka avelao handeha». Naseho azy indray fa tokony hiara-miasa amin' Andriamanitra ny olombelona mpiasa. Tokony hiasa ho an' ny olombelona ny mahaolombelona. Novahàna i Lazarosy, dia nijoro teo anatrehan' ny olona, tsy toy izay nahian' ny aretina ka nalemy sy nangozohozo ny tongotr' aman-tanany, fa toy ny olona ao anatin' ny ainy tsara indrindra, sy ao anatin' ny heriny maha-lehilahy mendrik' andriana azy. Namirapiratry ny saina matsilo sy ny fitiavan' ny Mpamonjy azy ny masony. Niankohoka teo an-tongotr' i Jesosy izy nidera Azy. {IFM 572.1}

Sinan' ny hagagana aloha ny mpitazana. Nanaraka izany dia nisy fanehoam-pifaliana sy fankasitrahana tsy hay lazaina. Noraisin' izy mirahavavy toy ny fanomezana avy amin' Andriamanitra ny anadahiny tafaverina ho velona, ka naneho ny fisaorany ny Mpamonjy tamin' ny feo tapatapaky ny ranomasom-pifaliana izy. Raha mbola nifaly tamin' izany fihaonana izany izy mianadahy sy ny sakaizany, dia nisintona tsy ho eo Jesosy. Rehefa nitady Ilay Mpanome aina izy ireo, dia tsy hita Izy. {IFM 572.2}

## Toko 59—Ny fiokoan' ny mpisorona

Akaiky dia akaiky an' i Jerosalema i Betania ka vetivety dia tonga tany an-tanàna ny vaovao momba ny nananganana an' i Lazarosy tamin' ny maty.1 Tamin' ny alalan' ny mpitsikilo izay nanatri-maso ny fahagagana, dia ren' ny mpifehy Jiosy haingana dia haingana ny toe-javatra. Novoriana avy hatrany ny Synedriona hanapahana izay tokony hatao. Nasehon' i Kristy tamin' ny fomba feno izao ny fanapahany ny fahafatesana sy ny fasana. Io fahagagana mahery io no porofo fara-tampony nomen' Andriamanitra ny olona fa naniraka ny Zanany teto amin' izao tontolo izao Izy, ho famonjena azy. Io fanehoana ny herin' Andriamanitra io dia ampy hampiaiky ny olona manan-tsaina izay fehezin' ny saina mandanjalanja sy ny feon' ny fieritreretana voazava. Betsaka ireo nanatrimaso ny fitsanganan' i Lazarosy tamin' ny maty no voatarika hino an' i Jesosy. Nitombo anefa ny fankahalan' ny mpisorona Azy. Efa nitsipaka ny porofo kelikely kokoa amin' ny maha-Andriamanitra Azy izy, ka naharomotra azy fotsiny ity fahagagana vaovao ity. Natsangana tamin' ny antoandrobe nanahary ny maty, ary teo anatrehan' ny vavolombelona marobe. Tsy nisy fitapitaka azo nanazavana ny porofo toy izany ka hampanjavona azy. Noho io antony io indrindra no nahatonga ny fandrafian' ny mpisorona hikendry bebe kokoa ny hahafaty Azy. Mihoatra noho ny hatramin' izay dia tapa-kevitra izy hampijanona ny asan' i Kristy. {IFM 573.1}

Na dia tsy nankasitraka an' i Kristy aza ny Sadoseo, dia tsy feno haratsiam-panahy taminy toy ny Fariseo izy. Tsy nangidy toy izany ny fankahalany. Izao anefa dia tena taitra marina tokoa izy. Tsy nino ny fitsanganan' ny maty izy ireo. Niantehitra tamin' izay nataony hoe «siansa» izy ireo ka araka ny fandanjalanjany, dia zavatra tsy mety hisy izany tena efa maty averina ho velona izany. Teny vitsy avy amin' i Kristy anefa dia efa nampirodana ny hevitra notanany. Niharihary ny tsy fahalalany ny Soratra Masina sy ny herin' Andriamanitra. Tsy hitany izay ahazoany mikosoka izay latsaka tao am-pon' ny vahoaka tamin' ny alalan' ny fahagagana. Ahoana no ahazoana mampiodina ny sain' ny olona hiala amm' Ilay efa nandresy ka nandrombaka ny maty tsy ho eo am-pelatanan' ny fasana ? Nisy tatitra nandainga naely ; tsy azo nolavina anefa ny fahagagana, ary tsy fantany hoe atao ahoana no fanoherana ny vokatr' izany. Hatramin' izao dia tsy namporisika ny drafitra natao hamonoana an' i Kristy ny Sadoseo. Taorian' ny nanangànana an' i Lazarosy tamin' ny maty kosa dia tapa-kevitra izy fa ny fahafatesan' i Kristy ihany no ahazoana mampijanona ny fiampangana tsy amintahotra nataon' i Kristy. {IFM 574.1}

Nino ny fitsanganana amin' ny maty ny Fariseo, ary tsy afaka ny tsy hahita izy fa porofon' ny maha-eo anivon' izy ireo ny Mesia io fahagagana io. Nanohitra mandrakariva ny asan' i Kristy anefa izy. Hatramin' ny voalohany dia efa nankahala Azy izy satria naharihariny ny fihamboany feno fihatsarambelatsihy. Efa norovitiny ny fitafiana nisalorany, tamin' ny fanarahana hentitra ny fombampivavahana izay

nanafenany ny haratsiam-bikany teo amin' ny ara-pitondrantena. Ny fivavahana madio izay nampianarin' i Kristy dia nanameloka ny fanambarany poak' aty ho tia vavaka. Nampangetaheta azy ny hamaly faty Azy noho ny amin' ny fanomezantsiny manindrona nataony. Efa niezaka izy nihantsy Azy hiteny na hanao zavatra izay ahazoany manameloka Azy, nefa niala mangingina Izy ka tsy hitany izay nalehany. {IFM 574.2}

Ny fahagagana izay nataony tamin' ny Sabata dia samy fanamaivanana ny tra-pahoriana avokoa, nefa nitady izay hanamelohana Azy ho mpandika lalàna ny Fariseo. Efa nanandrana ny hampirisika ny Herodiana hiady Aminy izy izao. Nasehony fa nitady ny hanangana fanjakana nandrafy ny azy ireo Izy. ary nila hevitra tamin' izy ireo izy ny amin' ny fomba hamonoana Azy. Mba hamporisihana ny Romana hanohitra Azy, dia naseho ho miezaka handrodana ny fahefany Izy. Efa nandramany ny anton-javatra rehetra hanapahana ny heriny miasa mangina amin' ny vahoaka. Nefa hatramin' izay dia tsy nahomby ny fiezahany. Ny vahoaka marobe izay nahita maso ny asa famindrampony sy nandre ny fampianarany madio sy masina, dia nahafantatra fa tsy asa sy tenin' ny mpandika Sabata na mpiteny ratsy an' Andriamanitra izany. Na dia ny mpiandry raharaha nalefan' ny Fariseo aza dia niasan' ny herin' ny teniny mangina ka tsy afaka naninjitra ny tanany taminy. Noho ny famoizam-pony, ny Jiosy dia namoaka didy nony farany fa izay Olona milaza fa mino an' i Jesosy dia horoahina tsy ho anisan' ny Synagoga. {IFM 574.3}

Koa raha nivory nifampila hevitra ny mpisorona sy ny mpanapaka ary ny loholona, dia fanapahan-kevitra hentitra ny hampangina an' Ilay nanao zava-mahagaga ka nampitolagaga ny olona rehetra no noraisina. Niray hina tsy mbola nisy toy izany ny Fariseo sy ny Sadoseo. Nisaraka izy hatramin' izay, fa nanjary niray izy hoentimanohitra an' i Kristy. Teo amin' ny fivoriana teo aloha, dia nosakanan' i Nikodemosy sy Josefa ny fanamelohana an' i Jesosy ho faty, ary noho io antony io dia tsy nantsoina hivory izy ireo tamin' izao. Nisy olon-kafa nino an' i Jesosy nanan-kery miasa mangina koa tao amin' ny fivoriana, nefa tsy nahahovoka na inona na inona izany heriny miasa mangina izany teo anatrehan' ny faharatsian' ny Fariseo. {IFM 575.1}

Tsy niray feo avokoa anefa ny mambra tao amin' ny filankevitra. Tamin' izany dia tsy fikambanana ara-dalàna tsy akory ny Synedriona. Noleferina fotsiny ny fisiany. Nisy tamin' izy ireo nanontany raha fahendrena ny mamono an' i Kristy. Natahotra izy ireo sao hiteraka fikomiana eo amin' ny vahoaka izany ka hahatonga ny Romana hihazona tombon-tsoa hafa tsy ho an' 'ny mpisorona indray, ka hanala ny fahefana mbola tazoniny. Na dia niray hina aza ny Sadoseo hankahala an' i Kristy dia nanana fironana ho malina kokoa izy eo amin' ny fihetsiny, satria natahotra izy sao halain' ny Romana aminy ny toerana ambony nisy azy. {IFM 575.2}

Teo amin' io filan-kevitra io, izay nivory mba hanao drafitra hamonoana an' i Kristy, dia nanatrika Ilay Vavolombelona izay nandre ny tenim-pireharehana nataon' i

Nebokadnezara, izay nanatri-maso ny fanasana fanompoan-tsampy nataon' i Belsazara, ary nanatrika raha nilaza ny tenany ho Ilay Voahosotra Kristy tany Nazareta. Io vavolombelona io ankehitriny no nandatsaka tao ampon' ny mpanapaka ny asa izay nataony. Ireo toe-javatra tamin' ny andron' i Kristy dia niseho teo anatrehany tamin' ny fomba mazava izay nampahatahotra azy. Tsaroany ny toe-javatra tao amin' ny tempoly, fony Jesosy zaza roa ambin' ny folo taona tamin' izay, nijoro teo anatrehan' ireo mpampiana-dalàna tapi-pahaizana, ka nametraka ny fanontaniana izay nahagaga azy ireo. {IFM 575.3}

Ny fahagagana vao natao teo dia vavolombelona fa tsy iza akory Jesosy fa Zanak' Andriamanitra. Ireo tenin' ny Soratra Masina ao amin' ny Testamenta Taloha mikasika an' i Kristy dia namirapiratra teo amin' ny sainy, teo amin' ny tena dikany marina. Very saina sy very hevitra ny mpanapaka tao amin' ny filan-kevitra. Noho ny Fanahy Masina niasa taminy, dia tsy azon' ny mpisorona sy ny mpanapaka natao ny handroaka tao antsainy ny fandresen-dahatra fa niady tamin' Andriamanitra izy. {IFM 576.1}

Raha teo amin' ny fara-tampon' ny fahaverezan-kevitra iny indrindra ny mpivory dia nitsangana Kaiafa mpisoronabe. Lehilahy mirehareha sy loza be izy, nanjakazaka sady tsy nahay nandefitra. Tao amin' ny fianakaviany dia nisy Sadoseo, niavonavona, sahisahy ratsy, mpihantsy loza, feno hambom-po sy halozana, izay nanafina izany tao anatin' ny fitafian' ny fahamarinana nihamboany. Efa nianatra ny faminaniana i Kaiafa, ary na dia tsy nahalala ny tena dikan' izany aza izy, dia tamim-pahefana sy tamim-pahatokiana no nitenenany hoe : «Hianareo tsy mahalala na inona na inona, na misaina akory fa tsara ho anareo, raha ny lehilahy iray no ho faty hamonjy ny firenena, mba tsy ho rava avokoa ity firenena ity». Na dia tsy nanan-tsiny aza Jesosy, hoy ny fanantiranteran' ny mpisoronabe, dia tsy maintsy hahilaka Izy. Nanorisory Izy, nitarika ny vahoaka ho eo amin' ny tenany, ka hampihena ny fahefan' ny mpanapaka. Olona tokana ihany Izy ; tsara kokoa raha maty Izy, toy izay ny fahefan' ny mpanapaka no ahena. Raha ho very ny fitokisan' ny vahoaka ny mpanapaka azy, dia ho rava ny fahefan' ny firenena. Nanantitrantitra i Kaiafa fa aorian' io fahagagana io dia mety hitarika fikomiana ny mpanaraka an' i Kristy. Ho avy ny Romana, hoy izy, ka hanakatona ny tempolintsika, ary hanafoana ny lalàntsika, ka hanapotika antsika amin' ny maha-firenena antsika. Inona moa ny ain' ity Galiliana ity raha hampitahaina amin' ny ain' ny firenena ? Raha mijoro eo amin' ny lalana hahasoa ny Isiraely izy ka manakana izany, moa ve tsy fanaovan-tsoa amin' Andriamanitra ny manala Azy ? Tsara kokoa raha olona iray no maty toy izay ny firenena manontolo no rava. {IFM 576.2}

Tamin' ny nanambarany fa tokony ho faty ho an' ny firenena ny olona anankiray, dia nasehon' i Kaiafa fa nanana fahalalana ny amin' ny faminaniana izy, na dia voafetra dia voafetra aza izany. Raha mitantara io toe-javatra io kosa i Jaona, dia mandray io faminaniana io izy ka hasehony ny fidadasika sy ny halalin' ny dikany. Hoy izy : «Ary

tsy hamonjy io firenena io ihany fa mba hanangona ny zanak' Andriamanitro izay efa niely, ho antoko iray.» Manao ahoana ny fahajamban' i Kaiafa be avonavona momba ny fahalalana ny asa nanirahana ny Mpamonjy ! {IFM 576.3}

Nanjary lainga io fahamarinana sarobidy indrindra io teo amin' ny molotr' i Kaiafa. Nifototra tamin' ny foto-kevitra nindramina tamin' ny fivavahana jentilisa ny fihetsika nolazainy fa mety. Teo amin' ny jentilisa, ny fahatsapana manjavozavo fa tokony ho faty ho an' ny taranak' olombelona ny olona anankiray dia nitarika azy hanao fanatitra olombelona. Noho izany ny hevitra naposak' i Kaiafa amin' ny alalan' ny fanaovana sorona an' i Jesosy dia ny hamonjy ny firenena meloka, tsy ho afaka amin' ny fahadisoany, fa ho ao amin' ny fahadisoany ihany, mba hahazoany manohy manota hatrany. Ary nihevitra izy fa amin' ny alalan' izany dia hangina ny fanomezan-tsinin' ireo izay sahy nilaza fa tsy misy na inona na inona hita eo amin' i Jesosy hahazoana manameloka Azy. {IFM 577.1}

Resy lahatra lalina ny fahavalon' i Kristy tamin' io fivoriana io. Niasa fatratra tao an-tsainy ny Fanahy Masina. Niezaka anefa i Satana hifehy azy. Nataony izay hanamarihana ny fahoriana izay efa nozakainy noho ny amin' i Kristy. Ary manao ahoana ny hakelin' ny nonomezany voninahitra ny fahamarinan' izy ireo. Fahamarinana lehibe lavitra no nasehon' i Jesosy, izay tsy maintsy hananan' izay rehetra te-ho zanak' Andriamanitra. Tsy noraharahainy ny fomba sy ny fanompoam-pivavahan' izy ireo, fa nampirisika ny mpanota Izy amin' ny maha-Ray be famindrampo Azy mba hanatona Azy mivantana ka hampahafantatra Azy izay ilainy. Noho izany, araka ny heviny dia nanilikilika ny fisoronana Izy. Nolaviny ny hanaiky ny fampianaran' ny sekolin' ny raby. Nahariharainy ny fomba ratsin' ny mpisorona ary narodany tsy ho azo arahina intsony ny hery mangina avy aminy. Nofoanany ny asan' ny ohabolany sy ny lovan-tsofiny teo aminy, ka nambarany fa na dia hamafisin' ny lalàna mikasika ny fombam-pivavahana aza ireo, dia manao tsinontsinona ny lalàn' Andriamanitra. Izany rehetra izany ankehitriny no ataon' i Satana ao an-tsainy. {IFM 577.2}

Nambaran' i Satana azy fa mba hihazonan' izy ireo ny fahefan' ny tenany, dia tsy maintsy mamono mahafaty an' i Jesosy izy. Narahiny io toro-hevitra io. Ny fahatahorany fa sao very ny fahefana eo am-pelatanany no antony ampy iheverany ny tokony handraisany fanapahan-kevitra. Afa-tsy ny olom-bitsy izay tsy sahy nilaza ny heviny, dia noraisin' ny Synedriona ho tenin' Andriamanitra ny tenin' i Kaiafa. Maivamaivana ny mpivory. Nijanona ny tsy fifanarahan-kevitra. Tapaka fa hovonoina ho faty Kristy raha vantany vao misy fotoana mety. Tamin' ny nandavan' ireo mpisorona sy ireo mpanapaka ny porofon' ny maha-Andriamanitra an' i Jesosy, dia nanidy ny tenany tao amin' ny haizina tsy azo nogorobahana izy. Nitoetra tanteraka tao ambanin' ny fanjakan' i Satana izy, ary hatosiny ho eo amoron-tevan' ny fahafatesana mandrakizay. Nefa hain' i Satana fatratra ny namitaka azy ireo ka afa-po tamin' ny tenany izy. Nihevitra ny tenany ho tia

tanindrazana mitady izay hamonjena ny firenena izy. {IFM 577.3}

Na dia izany aza, dia natahotra ny Synedriona, ny haka haingana fepetra henjana hanamelohana an' i Jesosy, sao mirehitra ny fahatezeran' ny vahoaka, ka hianjera amin' izy ireo indray ny herisetra novinavinainy hatao Aminy. Noho izany dia nahemotry ny filan-kevitra ny fanatanterahana ny didim-pitsarana efa navoakany. Tsy niafina tamin' ny Mpamonjy ny fiokoana nataon' ny mpisorona. Fantany fa nirin' izy ireo mafy ny hanala Azy. ary ho tanteraka haingana ny fikasany. Tsy anjarany anefa ny hanafaingana ny zavatsarotra, koa niala teo amin' io faritra io Izy, ka nentiny niaraka taminy ny mpianatra. Araka izany dia nohamafisin' i Jesosy tamin' ny ohatra nataony ny ohatra efa nomeny ny mpianany : «Raha manenjika anareo amin' ny tanàna anankiray ny olona, dia mandosira ho any amin' ny hafa»2. Nisy saha midadasika izay nahazoan' izy ireo niasa ho famonjem-panahy, ary tsy tokony hanao sorona ny ainy izy raha tsy notakian' ny fijoroany ho vavolombelona mahatoky izany. {IFM 578.1}

Telo taona izao ny asa ampahibemaso efa nomen' i Jesosy an' izao tontolo izao. Ny ohatry ny fahafoizan-tena sy ny fiantrana tsy mihevitra ny tenany dia teo anatrehan' izy ireo. Ny fiainany feno fahadiovana, fijaliana sy fitiavam-bavaka marina, dia fantatry ny rehetra. Nefa io fotoana fohy telo taona io no faran' izay zakan' izao tontolo izao tamin' ny fanatrehan' ny Mpanavotra azy. {IFM 578.2}

Feno fanenjehana sy fanevatevana ny fiainan' i Jesosy. Nentina nivoaka avy tao Jerosalema Izy noho ny mpanjaka be fialonana, notsipahin' ny vahoaky ny fireneny Izy tany Nazareta, nohelohina ho faty tsy tamin' antony Izy tany Jerosalema, ka nahita toerankialofana vetivety tao amin' ny tanàna tany ivelany Izy sy ireo mpianatra vitsivitsy mahatoky. Ilay voatohin' ny fahorian' ny olombelona mandrakariva, nanasitrana ny marary, nampahiratra indray ny jamba, nampalady ny marenina, sy nampiteny ny moana, Ilay namahana ny noana sy nampionona ny mahaleho, dia nentina niala tamin' ny vahoaka izay nikelezany aina mafy ny hamonjy azy. Ilay nandeha teo amin' ny onjan-drano nisamboaravoava, ary nampangina ny fisafoakany tamin' ny teny indraim-bava, Ilay namoaka ny demonia sady nandidy hanaiky Azy ho Zanak' Andriamanitra rehefa nandeha, Ilay nanapaka ny torimason' ny maty, Ilay nitana olona an' arivony ravoravo noho ny tenin' ny fahendreny, dia tsy afaka nanohina ny fon' ireo nohamaizinin' ny hevitra nibahana tao an-tsainy sy ny fankahalana, ary izay nanamafy hatoka ka nandà ny fahazavana. {IFM 578.3}

## Toko 60—Ny lalàn' ny fanjakana vaovao

Efa akaiky ny fotoan' ny Paska ka nitodi-doha ho any Jerosalema indray Jesosy.1 Tao am-pony ny fiadanana vokatry ny firaisana amin' ny sitrapon' ny Ray, ka maivamaivana ny diany raha nandroso tsy niato ho any amin' ny toerana hanaovana sorona Azy Izy. Nisy zava-miafina nieloelo anefa, dia fisalasalana sy tahotra teo amin' ny mpianatra. «Nandeha teo alohany Jesosy, ary gaga ny mpianany, ary izay nanaraka Azy dia natahotra». {IFM 581.1}

Nantsoin' i Kristy teo Aminy indray izy roa ambin' ny folo lahy, ary novelabelariny taminy tamin' ny fomba voafaritra tsara mihoatra noho ny hatramin' izay ny hamadihana Azy sy ny fijaliany. «Indro, hoy Izy, miakatra ho any Jerosalema isika, dia ho tanteraka ny zavatra rehetra izay voasoratry ny mpaminany ny amin' ny Zanak' olona. Fa hatolotra ho amin' ny jentilisa Izy, dia hataony fihomehezana, sy hisetrasetrany sy hororany ary hokapohiny sy hovonoiny, ary amin' ny andro fahatelo dia hitsangana Izy. Nefa tsy nisy azony akory izany teny izany, fa nafenina taminy izany fanambarana izany, ka dia tsy fantany izay nolazainy». {IFM 581.2}

Moa ve tsy talohan' izao indrindra izy ireo no nitory hatraiza hatraiza hoe : «Akaiky ny fanjakan' ny lanitra ?» Tsy Kristy mihitsy ve no nampanantena fa maro no tokony hiara-mipetraka amin' i Abrahama sy Isaka ary Jakoba ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra ? Moa ve Izy tsy nampanantena tamin' izay rehetra nahafoy ny zavatra rehetra noho ny Aminy, zato heny eto amin' ity fiainana ity, ary anjara ao amin' ny fanjakany ? Ary moa ve tsy nomeny ny roa ambin' ny folo lahy ny fampanantenana manokana ny amin' ny toerana ambony sy be voninahitra ao amin' ny fanjakany, — dia ny hipetraka eo amin' ny seza fiandrianana ka hitsara ny fokon' Isiraely roa ambin' ny folo ? Na dia ankehitriny aza dia nilaza Izy fa ho tanteraka izay rehetra voasoratry ny mpaminany momba Azy. Ary moa ve ny mpaminany tsy» nanambara mialoha ny voninahitry ny fanjakan' ny Mesia ? Eo amin' ny fahazavan' ireo eritreritra ireo, dia toa manjavozavo sy malomaloka ny teniny mikasika ny hamadihana Azy, ny fanenjehana Azy sy ny fahafatesany. Na toy inona na toy inona zava-tsarotra mety hitranga, dia nino izy ireo fa efa akaiky ny fananganana ny fanjakana. {IFM 581.3}

Jaona, zanak' i Zebedio no anankiray amin' ny mpianatra roa voalohany izay nanaraka an' i Jesosy. Izy sy Jakoba rahalahiny no anisan' ilay antoko voalohany nandao ny zavatra rehetra mba hanompo Azy. Tamim-pifaliana no nandaozany ny tokantranony sy ny havana aman-tsakaizany mba hahazoany miaraka Aminy; efa niara-nandeha sy niara-niresaka taminy Izy ; efa niaraka taminy tao amin' ny fiainan' izy samy izy tao an-tokantrano izy, sy teo amin' ny fivoriana ampahibemaso. Efa nampitony ny tahony Izy, nanafaka azy tamin' ny loza nananontanona azy, nanamaivana ny fahoriany, nampionona azy teo amin' ny alahelony, ary nampianatra azy tamim-paharetana sy tamim-pitiavana,

mandra-pahatonga ny fony ho toa voafatotra tamin' ny Azy, ary naniriany mafy ho akaiky Azy indrindra amin' ny fanjakany noho ny firedaredan' ny fitiavany Azy. Isaka ny misy fotoana anaovany izany, dia maka toerana eo akaikin' ny Mpamonjy i Jaona, ary i Jakoba kosa dia naniry mafy ny homem-boninahitra amin' ny fifandraisana ety Aminy. {IFM 582.1}

Mpanaraka an' i Kristy ny renin' izy ireo, ary efa nanao asa fanompoana ho Azy tamin-kahalalahana avy tamin' ny fananany. Tamin' ny fitiavan-dreny sy ny hambom-pon' ny reny ho an-janany tao aminy, no nitsiriritany mba ho azy ireo ny toerana be voninahitra indrindra ao amin' ilay fanjakana vaovao. Nampirisihiny izy ireo hanao fangatahana ny amin' izany. {IFM 582.2}

Niaraka nankeo amin' i Jesosy ny reny sy ny zanany, ka niangavy Azy mba hanaiky ny fangatahana izay nametrahany ny fony. {IFM 582.3}

«Inona moa no tianareo hataoko aminareo?» hoy ny fanontaniany {IFM 582.4}

Namaly reniny hoe : «Mandidia mba hipetrahan' ireto zanako roa lahy ireto, ny anankiray ho eo amin' ny ankavananao, ary ny anankiray ho eo amin' ny ankavianao, ao amin' ny fanjakanao». {IFM 583.1}

Nentin' i Jesosy tamim-pitiavana izy, tsy nanome tsiny azy ireo noho ny fitiavan-tenany Izy amin' izy nitady hiangarana mihoatra noho ny rahalahiny. Namaky ny tao am-pony Izy, fantany ny halalin' ny firaiketany taminy. Tsy fitiavan' olombelona tsotra ny fitiavany ; na dia voaloton' ny toetra ara-nofo eo amin' ny fantsona maha-olombelona aza, dia mitosaka avy tamin' ny loharanon' ny fitiavany manavotra izany. Tsy nanome tsiny Izy, fa handalina sy hanadio kosa. Hoy Izy : «Hainareo va ny hisotro amin' ny kapoaka izay sotroiko, na ny hatao batisa amin' ny batisa izay hanaovana Ahy batisa ?»Tadidiny ny teniny nifono zava-miafina, izay nanondro fitsapana sy fahoriana, nefa namaly tamim-pahatokiana izy hoe : «Hainay ihany». Tiany horaisina ho voninahitra ambony indrindra ny hanaporofo ny toetrany mahatoky amin' ny fandraisana anjara amin' izay rehetra hianjady amin' ny Tompony. {IFM 583.2}

«Raha ny kapoaka izay sotroiko dia hosotroinareo ihany ary ny batisa izay hanaovana Ahy batisa dia hanaovana anareo ihany», hoy Izy ; — nanoloana Azy ny hazo fijaliana ho solon' ny seza fiandrianana, jiolahy roa no namany eo amin' ny ankavanana sy eo amin' ny ankaviany. Nandray anjara amin' ny fahorian' ny Tompony i Jaona sy Jakoba, ny anankiray no voalohany tamin' ny rahalahiny matin' ny sabatra; ny anankiray no hiaritra ela indrindra amin' izy rehetra ny asa mafy sy ny fanomezan-tsiny, ary ny fanenjehana. {IFM 583.3}

«Fa ny hipetraka eo an-tànako ankavanana na eo an-tànako ankavia kosa, dia tsy Ahy ny hanomana izany, fa izay nanamboarana izany no homena». Tsy amin' ny alalan' ny

fizahan-tavan' olona tsy akory no ahazoana toerana ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra. Tsy vidina na raisina amin' ny alalan' ny fanomezana tsy ara-drariny izany. Vokatry ny toetra amam-panahy izany. Ny satroboninahitra sy ny seza fiandrianana dia famantarana ny fepetra efa tratra; famantarana ny fandresena ny «izaho» amin' ny alalan' i Jesosy Kristy Tompontsika izany. {IFM 583.4}

Ela tatý aoriana, rehefa nanjary niray fo tamin' i Kristy tamin' ny alalan' ny firaisana tamin' ny fahoriany io mpianatra io, dia nasehon' ny Tompo tamin' i Jaona ny fepetra akaiky Azy ao amin' ny fanjakany. «Izay mandresy, hoy Kristy, dia havelako hiara-mipetraka amiko eo ambonin' ny seza fiandrianako, dia tahaka ny nandreseko kosa sy hiarahako mipetraka amin' ny Raiko eo ambonin' ny seza fiandrianako». «Izay maharesy no hataoko andry eo amin' ny tempolin' Andriamanitro, ary tsy hiala eo intsony izy ; ary hosoratako eo aminy ny anaran' Andriamanitra ary ilay anarako vaovao» 2. Koa nanoratra i Paoly hoe : «Fa izaho dia efa hatolotra sahady, ary efa mby akaiky ny andro fialako. Efa niady ny ady tsara aho : nahatanteraka ny fihazakazahako aho ; nitahiry ny finoana aho ; hatrizao dia tehirizina ho ahy ny satroboninahitry ny fahamarinana, izay nomen' ny Tompo Mpitsara marina ho ahy, amin' izay andro izay» 3. {IFM 583.5}

Izay mijoro akaiky indrindra an' i Kristy dia izay nisotro be indrindra eto an-tany ny amin' ny toe-tsainy entanin' ny fitiavana manao sorona ny «izaho», — dia fitiavana izay «tsy mirehareha, tsy mieboebo, ... tsy mitady ny azy ; tsy mora sosotra, tsy manao otri-po» 4, — dia fitiavana izay manetsika ny mpianatra, tahaka ny nanetsehany ny Tompontsika, hanome ny zavatra rehetra, hivelona sy hiasa mafy ary hahafoy tena, eny, na dia hatramin' ny fahafatesana aza, mba hamonjena ny taranak' olombelona. Io toe-tsaina io dia niseho mazava teo amin' ny fiainan' i Paoly. Hoy izy : «Fa Kristy no anton' ny ahavelomako» ; naneho an' i Kristy tamin' ny olona mantsy ny fiainany; «ary ny fahafatesana no ahazoako tombony», tombony ho an' i Kristy ; ny fahafatesana mihitsy no haneho ny herin' ny fahasoavany, ka hanangona fanahy ho Azy. Hankalazaina «ao amin' ny tenako Kristy, hoy izy, na ao amin' ny fiainana na ao amin' ny fahafatesana» 5. {IFM 584.1}

Rehefa ren' izy folo mirahalahy ny fangatahan' i Jakoba sy Jaona, dia sorena be izy. Ny toerana ambony indrindra ao amin' ny fanjakana no nokatsahin' ny tsirairay ho an' ny tenany avy, koa tezitra izy nahita fa toa efa nahazo tombon-dalana taminy ireo mpianatra mirahalahy. {IFM 584.2}

Toa mila hiverina indray ny ady ny amin' izay ho lehibe indrindra, rehefa niantso azy ho eo Aminy Jesosy, ka niteny tamin' ireo mpianatra tafintohina Izy hoe : «Fantatrareo fa izay eken' ny jentilisa ho mpanapaka dia mampanompo azy. Fa tsy mba toy izany aminareo». {IFM 584.3}

Eo amin' ny fanjakan' izao tontolo izao. dia midika ho fisondrotan' ny «izaho» ny

toerana. Noheverina fa raha misy ny vahoaka dia ny ho tombon-tsoan' ny saranga mifehy. Ny hery miasa mangina, ny harena, ny fanabeazana, dia fitaovana maro dia maro natao mba ampiasan' ny mpitarika hahazoana mifehy ny sarambabem-bahoaka. Ny saranga ambony no mihevitra, manapa-kevitra, mitaona sy mifehy ; ny ambany kosa mankatò sy manompo. Ny fivavahana, tahaka ny zavatra hafa rehetra koa, dia resaka momba ny fahefana. Nantenaina ny hino sy hanaraka araka izay hibaikon' ny lehibe ny vahoaka. Tsy nekena manontolo ny zon' ny olona amin' ny maha-olona azy, dia ny hisaina sy ny hiasa ho an' ny tenany. {IFM 585.1}

Fanjakana miorina amin' ny foto-kevitra hafa no natsangan' i Kristy. Niantso ny olona Izy, tsy handray fahefana, fa hanompo, ka ny mahery hitondra ny fahosan' ny malemy. Ny hery, ny toerana, ny talenta, ny fanabeazana, dia nametraka izay manana izany eo amin' ny adidy lehibe kokoa hoenti-manompo ny namany. Na dia ny ambany indrindra amin' ny mpianatr' i Krity aza dia ilazana hoe : «Fa ny zavatra rehetra dia natao noho ny aminareo» 6. {IFM 585.2}

«Fa ny Zanak' olona tsy tonga mba ho tompoina, fa mba hanompo, ka hanolotra ny ainy ho avotra hisolo ny maro». Azo lazaina amin' ny lafiny rehetra fa mpiahy sy mpitondra enta-mavesatra Kristy teo anivon' ny mpianany. Niara-nizaka ny fahantrana Izy, nanao fandavan-tena ho azy ireo Izy, nandeha nialoha azy Izy mba hanamora ny toerana sarotra indrindra, ary vetivery dia hanatanteraka ny asany eto an-tany Izy amin' ny fametrahana ny ainy. Ny fotokevitra izay niasan' i Kristy dia tokony hanainga ny mambra ao amin' ny fiangonana izay tenany. Ny drafitry ny famonjena sy ny fototr' izany dia fitiavana. Ao amin' ny fanjakan' i Kristy, ny lehibe indrindra dia izay manaraka ny ohatra nomeny ary miasa amin' ny maha-mpiandry ondry azy eo amin' ny andian' ondriny. {IFM 585.3}

Maneho ny tena fahamendrehana sy ny voninahitry ny fiainana kristiana ny tenin' i Paoly hoe : «Fa na dia afaka amin' ny olona rehetra aza aho, dia mbola nataoko ho mpanompon' ny olona rehetra ihany ny tenako», «tsy mitady ny mahasoa ahy ihany, fa ny mahasoa ny maro mba hovonjena»7. {IFM 585.4}

Raha ny feon' ny fieritreretana, dia tsy tokony havela tsy ho voafehy ny fanahy. Tsy misy tokony hifehy ny sain' ny hafa, hitsara ho an' ny hafa, na hamaritra izay adidiny. Nomen' Andriamanitra fahafahana hihevitra ny fanahy tsirairay, ka hanaraka izay maharesy lahatra ny tenany. «Koa amin' izany samy hampamoahan' Andriamanitra ny amin' ny tenany avy isika rehetra». Tsy nisy nanana zo ampifangaro ny maha-izy azy amin' ny an' ny hafa. Raha mikasika ny zavatra rehetra ijoroan' ny foto-kevitra, «aoka samy hatoky tsara amin' ny sainy avy» 8. Ao amin' ny fanjakan' i Kristy dia tsy misy fanjakazakan' ny tompo, tsy misy fanerena na amin' ny fomba inona na amin' ny fomba inona. Tsy tonga teto an-tany mba hifehy ny anjelin' ny lanitra, na hitaky fanajana azy, fa mba ho mpitondra hafatry ny famindrampo, hiara-miasa amin' ny olona eo amin' ny

fanandratana ny taranak' olombelona. {IFM 586.1}

Nitoetra tao amin' ny fitadidian' ilay mpianatra malala ny fotokevitra sy ireo teniny mirakitra ny hatsaran' Andriamanitra nentin' ny Mpamonjy nampianatra. Tamin' ny androny faramparany dia izao no ventin' ny teny vavolombelona nataon' i Jaona ho an' ny fiangonana : «Fa izao no teny nampitondraina izay efa renareo hatramin' ny voalohany : tsy maintsy mifankatia isika. Izao no ahafantarantsika ny fitiavana, satria Izy no nanolotra ny ainy hamonjy antsika, ary isika kosa mba tokony hanolotra ny aintsika hamonjy ny rahalahy» 9. {IFM 586.2}

Izany no toe-tsaina nanenika ny fiangonana voalohany. Rehefa nirotsaka ny Fanahy Masina, dia niray fo sy fanahy ny olona rehetra izay nino, ary tsy nisy nanonona ny fananany ho azy na dia iray aza, fa niombonany avokoa ny zavatra rehetra nananany». «Fa tsy nisy olona nalahelo teo aminy». «Ary tamin' ny hery be no nanambaran' ny Apostoly ny nitsanganan' i Jesosy Tompo; ary fahasoavana be no tao amin' izy rehetra» 10. {IFM 586.3}

## Toko 61—Zakaiosy

Raha teny an-dalana ho any Jerosalema «Jesosy dia niditra ka nandeha namaky an' i Jeriko». Maily vitsivitsy avy eo Jordana eo amin' ny morony andrefan' ny lohasaha izay mivelatra ho tanety midadasika, no misy ny tanàna eo anivon' ny zava-maitson' ny tany mafana, miroborobo sy kanto dia kanto. Ny hazo rofia sy ireo zaridaina tsara tarehy notondrahin' ny loharano velona dia nahatonga azy hamirapiratra toy ny vato emeralda mipetraka eo amin' ny havoana vato sokay sy hady mangetana izay nanelanelana an' i Jerosalema sy ilay tanàna tao amin' ny lohasaha.1 {IFM 587.1}

Betsaka ny mpivahiny miray dia no mandalo an' i Jeriko raha handeha hanatrika ny andro firavoravoana. Fotoana niravoravoana hatrany ny fahatongavan' izy ireny, nefa ankehitriny nisy zavatra nahaliana lalina kokoa nanaitra ny vahoaka. Fantatra fa tao amin' ny vahoaka Ilay raby galiliana izay vao namerina an' i Lazarosy amin' ny fiainana ; ary na dia niparitaka aza ny siosio momba ny fiokoana ataon' ny mpisorona, dia naniry mafy ny hanome voninahitra Azy ny vahoaka marobe. {IFM 587.2}

Jeriko dia anankiray amin' ireo tanàna natokana fahiny ho an' ny mpisorona, ary tamin' izany fotoana izany dia betsaka ny mpisorona no nonina tao. Nanana toetra amampanahy hafa tanteraka koa ny mponina tao. Foibe fifanakalozam-barotra lehibe izany ka hita tao ny manam-boninahitra sy ny miaramila Romana, ny vahiny avy tamin' ny faritra samihafa, ary ny fanangonan-ketra dia nahatonga azy ho toeran' ny mpamory hetra betsaka. {IFM 587.3}

Zakaiosy «ilay lehiben' ny mpamory hetra», dia Jiosy, ary nankahalain' ny mpiray tanindrazana taminy. Ny toerany sy ny harenany dia vidin' ny asa izay naharikoriko azy ireo, sy izay noheverina ho anarana hafa azo ilazana ny tsy fahamarinana sy fanaovana an-keriny. Ilay manamboninahitra nanankarena tao amin' ny fanangonan-ketra anefa dia tsy olon' izao tontolo izao mafy fo araka izay fijery azy tsy akory. Nosaronan' ny endrika araka izao tontolo izao sy ny avonavona ny fo azon' ny herin' Andriamanitra niasana. Efa nandre ny amin' i Jesosy i Zakaiosy. Efa niparitaka lavitra sy hatraiza hatraiza ny tatitra momba Ilay nampiseho fahalemem-panahy sy fanajana ireo sarangan' olona natao tsinontsinona. Nitsiry tao am-pon' ity lehiben' ny mpamory hetra ity ny faniriana mafy hanana fiainana tsaratsara kokoa. Maily vitsivitsy avy tao Jeriko fotsiny no nitorian' i Jaona Mpanao batisa teo amoron' i Jordana, ary efa nandre ny antso ho amin' ny fibebahana i Zakaiosy. Latsaka lalina tao am-pony ny toromarika nomena ny mpamory hetra : «Aza mampandoa mihoatra noho izay notendrena halainareo»2 ; na dia tsy nankatò izany teo ivelany aza izy, dia namela soritra tao an-tsainy kosa izany toromarika izany. Nahalala Soratra Masina izy, ary resy lahatra fa tsy mety ny fanaony. Ankehitriny, raha nahare ny teny izay nolazaina fa avy tamin' Ilay Mpampianatra lehibe izy, dia tsapany fa mpanota izy teo imason' Andriamanitra. Nefa namelona fanantenana tao am-

pony izay efa reny ny amin' i Jesosy. Mety ho tanteraka na dia ho azy aza ny fibebahana, ny fanovam-piainana ; moa ve ny anankiray amin' ny mpianatra mahatokin' Ilay Mpampianatra vaovao tsy mpamory hetra ? Avy hatrany i Zakaiosy dia nanomboka nanaraka ny hevitra nandresy lahatra azy sy namikitra azy mafy, ka nanonitra izay nanaovany ny tsy mety. {IFM 588.1}

Efa nanomboka sahady ny hanoritra ny diany toy izany indray izy, raha nanakoako nanerana an' i Jeriko ny vaovao nilaza fa niditra ny tanàna Jesosy. Tapa-kevitra ny hahita azy i Zakaiosy. Nanomboka nahatsapa izany ngidin' ny vokatry ny fahotana izy, sy ny fahasarotan' ny dian' izay miezaka hiala amin' ny ratsy fanaony. Mafy taminy ny tsy fahazoan' ny olona ny faniriany ary ny fahitany fa ahiahy sy tsy fahatokisana no nasetrin' ny olona ny fiezahany hanarina ny fahadisoany. Naniry mafy ny hahita ny endrik' Ilay nitondra fanantenana tao am-pony tamin' ny teny nataony ilay lehiben' ny mpamory hetra. {IFM 588.2}

Nifanizina ny olona teny amin' ny arabe ; Zakaiosy izay fohy kosa, dia tsy afaka nahita na inona na inona ankoatra ny lohan' ny olona. Tsy nisy nety nanome lalana azy ; hany ka nihazakazaka hialoha kely ny vahoaka izy, nankeo amin' ny toerana nisy aviavy nisampantsampana teo ambonin' ny lalana, dia nianika hazo ilay mpamory hetra manankarena ho eo amin' ny toerana anatin' ny sampan-kazo, izay ahazoany mahita avy eny ambony eny ny olona rehetra mitanjozotra mandalo eo ambaniny. Nanakaiky ny vahoaka marobe, nizotra hatrany, koa nandinika fatratra i Zakaiosy, ny masony liana ta-hahita ilay endrika niriny mafy ho hita. {IFM 589.1}

Nihoatra ny horakoraky ny mpisorona sy ny raby ny antsoantson' ny vahoaka niarahaba Azy tonga soa, dia niteny tao am-pon' i Jesosy ny faniriana tsy niloaka tao ampon' ilay lehiben' ny mpamory hetra. Tsitapitapitr' izay, teo ambanin' ilay aviavy indrindra, dia niato ny antokon' olona iray, izay nandeha teo aloha sy tao aoriana, ary nibanjina niakatra Ilay manana fijery toa mamaky ny ao anatin' ny fanahy. Saika tsy hino ny sofiny ilay lehilahy teo ambonin' ny hazo nandre ny teny hoe : «Ry Zakaiosy, midìna faingana : fa tsy maintsy mitoetra ao an-tranonao Aho anio». {IFM 589.2}

Nanome lalana azy ny vahoaka, ary toa nanonofy i Zakaiosy nitarika ny lalana ho any amin' ny tranony. Niketron' ny hatezerana anefa ny endriky ny raby raha nahita izany, ka nimonomonona nampiseho ny fahasorenany sy nanevateva nilaza fa «lasa nandeha hiantrano amin' izay lehilahy mpanota Izy». {IFM 589.3}

Nanafotra an' i Zakaiosy, ary nahagaga sy nampangina azy ny fitiavana sy ny fanetren-tenan' I Kristy tamin' ny niondrehany taminy, dia izy izay tsy mendrika indrindra. Nanokatra ny molony izao ny fitiavana sy ny toetra mahatoky ho an' ity Tompo vao hitany ity. Hataony ampahibemaso ny fiaiken-kelony sy ny fibebahany. {IFM 589.4}

Teo anatrehan' ny vahoaka betsaka i Zakaiosy no «nitsangana ka nanao tamin' ny Tompo hoe : Indro Tompo, ny antsasaky ny fananako homeko ho an' ny malahelo ; ary raha misy zavatr' olona nalaiko tamin' ny fanambakana,dia honerako efatra heny izany». {IFM 589.5}

«Ary hoy Jesosy taminy : Anio no tonga eto amin' ity trano ity ny famonjena, fa izy dia zanak' i Abrahama koa». {IFM 589.6}

Fony nihodina niala tamin' i Jesosy ilay tovolahy mpanankarena dia gaga ny mpianatra tamin' ny tenin' ny Tompony hoe : «Manao ahoana ny hasarotry ny hidiran' ny matoky ny harena amin' ny fanjakan' Andriamanitra !» Dia niloa-bava tamin' izy samy izy ireo hoe: «Iza indray no hovonjena?» Ankehitriny dia nahita ny fanehoana ny fahamarinan' ny tenin' i Kristy manao hoe izy : «Izay zavatra tsy hain' ny olona dia hain' Andriamanitra»3. Nahita izy, fa noho ny fahasoavan' Andriamanitra dia azon' ny mpanankarena atao ny miditra ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra. {IFM 589.7}

Talohan' ny nibanjinan' i Zakaiosy ny tavan' i Kristy, dia efa nanomboka ny asa izay nanehoany ny porofon' ny tena fibebahana marina izy. Talohan' ny fiampangan' ny olona azy, dia efa niaiky ny fahotany izy. Nilefitra teo ambanin' ny fandresen-dahatry ny Fanahy Masina izy, ka nanomboka nanatanteraka ny fampianarana ho an' ny Isiraely fahizay sy ho antsika koa. Efa ela talohan' izao Jehovah no nilaza hoe : «Ary raha mihamalahelo ny rahalahinao izay miara-monina aminao ka reraka, dia vonjeo izy ka aoka mba ho velona eo aminao tahaka ny vahiny sy ny mpivahiny izy. Aza maka zana-bola na tombony aminy : fa matahora an' Andriamanitrao, — mba ho velona eo aminao ny rahalahinao. Aza mampananà vola aminy, ary aza mampisambotra hanina hahazoana tombony». «Ary aza misy manao sarotra hianareo, fa matahora an' Andriamanitrareo»4. Kristy mihitsy no nanao ireo teny ireo raha voasarona teo amin' ny andri-rahona Izy, ary ny fankasitrahan' i Zakaiosy voalohany indrindra ny fitiavan' i Kristy, dia fanehoana fangorahana ny mahantra sy ny mijaly. {IFM 590.1}

Nisy firaisana teo amin' ny mpamory hetra, hany ka azon' izy ireo natao ny nampahory ny vahoaka, sy ny nifanohana teo amin' ny halatra fanaony. Tamin' izy naka an-keriny dia nanatanteraka fotsiny izay efa saika nanjary fanao hatrizay hatrizay izy. Na dia ny mpisorona sy ny raby aza, izay nanamavo azy ireo, dia meloka tamin' ny harena avy tamin' ny fanao tsy marina izay nosaronan' ny asa masina nataony. Nefa raha vantany vao nilefitra tamin' ny herin' ny Fanahy Masina miasa mangina i Zakaiosy, dia nariany ny fomba fanao rehetra nifanohitra tamin' ny toetra mahatoky sy marina. {IFM 590.2}

Tsy misy fibebahana tena izy ka tsy arahin' ny asa fanavaozana. Ny fahamarinan' i Kristy akory tsy fitafiana fanao ivelany hanaronana ny fahotana izay tsy tiana ny hiaiky azy sy hiala aminy ; foto-kevitry ny fiainana izay manova ny toetra amam-panahy sy

mifehy ny fitondrantena izany. Ny fahamasinana dia fanoloran-tena manontolo ho an' Andriamanitra; fileferana tanteraky ny fo sy ny fiainana amin' ny foto-kevitry ny lanitra izany. {IFM 590.3}

Eo amin' ny asa aman-draharaha ataony eo amin' ny fiainana, ny kristiana dia tokony haneho amin' izao tontolo izao ny fomba izay itondran' i Jehovah ny asa aman-draharana sahaniny. Ny fanaovany raharaha rehetra dia tokony hanehoany fa Andriamanitra no mampianatra azy. «Masina ho an' i Jehovah», no tokony hosoratana eo amin' ny boky misy ny tatitra isan' andro sy ny kaontimbola, eo amin' ny taratasy fanamarihana, ny rosia, sy ny taratasy fitakiana vidin' entana. Izay misora-tena ho mpanaraka an' i Kristy, ka mifandray aman' olona amin' ny fomba tsy marina, dia vavolombelona mandainga amin' ny toetra amam-panahin' Andriamanitra masina sy marina ary mamindra fo. Ny fanahy mibebaka rehetra, tahaka an' i Zakaiosy, dia hanamarika ny fidiran' i Kristy ao am-pony amin' ny fialana amin' ny fomba tsy mety rehetra izay nanamarika ny fiainany. Tahaka ilay lehiben' ny mpamory hetra, dia hanome porofon' ny fony madio izy amin' ny fanonerana izay ataony. Hoy ny Tompo : Raha ny ratsy fanahy no «mamerina ny natao tsatòka sady mampody izay nangalariny ary mandeha araka ny didy mahavelona ka tsy manao meloka . .. Ny fahotana rehetra izay nataony dia tsy hotsarovana aminy intsony ... ka ho velona tokoa»5 izy. {IFM 591.1}

Raha nandratra ny hafa isika tamin' ny raharaha nifanaovana, raha nisy tafahoatra nataontsika teo amin' ny varotra, na namitaka olona isika, na dia ao anatin' ny fefin' ny lalàna tsy tokony hihoarana aza izany, dia tokony hiaiky ny fahadisoana nataontsika isika, ka hamerina izay tafahoatra nalaintsika araka izay azontsika atao. Rariny raha tsy izay nalaintsika ihany no averintsika,' fa izay tombony mety ho voangon' izany raha nampiasaina tsara tamim-pahendrena nandritra ny fotoana naha-teo am-pelatanantsika azy. {IFM 591.2}

Hoy ny Mpamonjy tamin' i Zakaiosy : «Anio no tonga eto amin' ity trano ity ny famonjena». Tsy i Zakaiosy ihany no nahazo fitahiana avy aminy, fa ny ankohonany rehetra miaraka aminy. Nankao an-tokantranony Kristy mba hanome azy leson' ny fahamarinana, sy hampianatra ny ankohonany amin' ny zavatra mikasika ny fanjakana. Nikatona ho azy ny synagoga noho ny fanivaivana nataon' ny raby sy ny mpivavaka ; izao anefa dia izy no ankohonana nahazo tombo-pitia be indrindra eran' i Jeriko manontolo, ary mivory ao an-tokantranony ihany izy manodidina Ilay Andriamanitra mpampianatra, ka mandre ny tenin' ny fiainana ho an' ny tenany. {IFM 591.3}

Rehefa mandray an' i Kristy ho Mpamonjy azy manokana ny fanahy vao tonga ao amin' ny famonjena. Efa nandray an' i Jesosy i Zakaiosy, tsy tamin' ny maha-vahiny mandalo Azy tao an-tokantranony fotsiny, fa amin' ny maha-Ilay mitoetra ao amin' ny tempolin' ny fanahy Azy. Niampanga azy ho mpanota ny mpanoradalàna sy ny Fariseo, ka nimonomonona tamin' i Kristy ireo satria niantrano tao aminy Izy, nefa neken' ny

Tompo ho zanak' i Abrahama izy. «Fa izay amin' ny finoana no zanak' i Abrahama»6. {IFM 592.1}

## Toko 62—Tao an-tranon' i Simona

Anisan' ny mpianatr' i Jesosy i Simona avy any Betania. Anankiray tamin' ireo Fariseo vitsivitsy izay nifandray ampahibemaso tamin' ny mpanaraka an' i Kristy izy1. Nekeny ho mpampianatra Jesosy, ary nantenainy fa mety ho Mesia, nefa tsy nanaiky Azy ho Mpamonjy izy. Tsy voaova ny toetra amam-panahiny ; tsy niova koa ireo foto-kevitra nijoroany. {IFM 593.1}

Sitrana tamin' ny habokana i Simona, ary izany no nitarika azy ho eo amin' i Jesosy. Naniry ny haneho ny fankasitrahany izy ka tamin' ny namangian' i Kristy farany tany Betania, dia nanao fanasana ho an' ny Mpamonjy sy ny mpianany izy. Maro ny Jiosy tafangona tamin' io fanasana io. Nisy fihetsiketsehan-tsaina betsaka tao Jerosalema tamin' izany fotoana izany. Voasarika ho amin' i Kristy sy ny asa nanirahana Azy bebe kokoa noho ny teo aloha ny saina. Ireo izay tonga tao amin' ny fanasana dia nanara-maso akaiky ny fihetsiny, ary nisy nanao izany tamin' ny mason' ny tsy tia. {IFM 593.2}

Henemana fotsiny talohan' ny Paska no nahatongavan' ny Mpamonjy tao Betania, ary araka ny fombany dia nitady fialantsasatra, tao an-tranon' i Lazarosy Izy. Naparitak' ireo mpivahiny nandalo tao amin' io tanàna io ny filazana fa teo an-dalana ho any Jerosalema izy, ary hanao Sabata ao Betania. Hafaliam-be ny an' ny vahoaka. Maro ny olona nirohotra ho any Betania, ny sasany noho ny firaisam-pony tamin' i Jesosy, ary ny sasany noho ny fitiavankahita ilay efa natsangana tamin' ny maty. {IFM 593.3}

Betsaka ireo izay nanantena ny handre zava-mahaliana hotantarain' i Lazarosy ny amin' izay hitany tany ankoatry ny fahafatesana. Gaga izy ireo raha tsy nilaza na inona na inona izy. Tsy nananjavatra toy izany koa hotantaraina taminy izy. Hoy ny teny avy amin' ny tsindrimandrin' Andriamanitra : «Ny maty tsy mba mahalala na inona na inona ... Na ny fitiavany, na ny fankahalany, na ny fialonany, dia samy efa levona»2. Fa vavolombelona mahagaga ny amin' ny asan' i Kristy kosa i Lazarosy. Izany no nananganana azy tamin' ny maty. Nambarany tamim-pahatokiana sy tamin-kery fa Jesosy no Zanak' Andriamanitra. {IFM 594.1}

Vao mainka koa niendratrendratra ny olona noho ny tatitra nentin' ireo mpitsidika tany Betania niverina tany Jerosalema. Liana hahita sy hihaino an' i Jesosy ny olona. Tahahalala ny besinimaro raha hiaraka aminy ho any Jerosalema i Lazarosy, ary raha hasandratra ho mpanjaka amin' ny Paska Ilay mpaminany. Hitan' ny mpisorona sy ny mpanapaka fa mbola nihena ihany ny fahefany tamin' ny vahoaka ka vao mainka nampangidy ny hatezerany tamin' i Jesosy izany. Mila tsy ho andriny ny hahitany fotoana mety hamongorana Azy mandrakizay tsy ho eo amin' ny lalan' izy ireo. Nandroso ny fotoana ka nanomboka nanahy izy ireo fa mety tsy hiakatra akory ho any Jerosalema Izy. Tsaroany fa matetika mihitsy no voasakana ireo tetika hamonoany Azy, ka natahotra izy ireo sao efa voavakiny sahady koa ny fikasana tao am-pon' izy ireo hamono Azy, ka

hijanona lavitra any Izy. Tsy hainy nafenina ny tebitebiny ka nifanontany izy ireo hoe: «Ahoana ny hevitrareo ? tsy mba ho tonga amin' ny andro firavoravoana va Izy ?» {IFM 594.2}

Nantsoina hivory ny mpisorona sy ny Fariseo. Hatramin' ny nananganana an' i Lazarosy tamin' ny maty dia niray fo tanteraka indrindra tamin' i Kristy ny vahoaka, ka nety hampidi-doza ny misambotra Azy ampahibemaso. Noho izany dia nanapa-kevitra ireo lehibe fa hisambotra Azy amin' ny miafinafina ka hatao mangingina araka izay azo atao ny fitsarana Azy. Nanantena izy ireo fa rehefa re ny fanamelohana Azy, dia hivadika ny vahoaka mpiovaova hevitra ka hankasitraka azy ireo. {IFM 594.3}

Toy izany no tetika nataony hamonoana an' i Jesosy. Nefa raha mbola velona koa i Lazarosy, dia fantatry ny mpisorona sy ny raby fa tsy azo antoka ny amin' ny hanjo azy ireo. Ny fisian' ny lehilahy izay tany am-pasana efarana, ka tafaverina noho ny tenin' i Jesosy, dia tsy maintsy hisy vokany na ho ela na ho haingana. Hifoteran' ny vahoaka ireo mpitarika azy satria nandatsaka ny ain' Ilay nahavita fahagagana toy izany. Noho izany dia nanapa-kevitra ny Synedriona fa tsy maintsy ho faty koa i Lazarosy. Lalina toy izany no andetehan' ny fitsiriritana sy ny hevi-dratsy mibahana ao an-tsain' izay efa nandevoziny. Nitombo hatrany ny fankahalana sy ny tsy finoan' ireo mpitarika jiosy mandra-pandatsahan' ny ain' ny olona izay afaka tamin' ny fasana noho ny hery mandrakizay. {IFM 594.4}

Raha novolavolaina toy izany io tetika io tany Jerosalema, dia nantsoina tany amin' ny fanasan' i Simona Jesosy sy ny sakaizany. Teo amin' ny latabatra nipetrahan' ny Mpamonjy dia nisy an' i Simona izay nositraniny tamin' ny aretina mahatsiravina teo amin' ny ilany iray, ary teo amin' ny iray kosa nisy an' i Lazarosy izay natsangany tamin' ny maty. Marta nandroso sakafo fa i Maria kosa nihaino tamin-kafanam-po ny teny rehetra avy eo amin' ny molotr' i Jesosy. Noho ny famindrampony, dia namela ny helony Jesosy, nanangana ny anadahy malalany avy tao am-pasana izy ka feno fankasitrahana ny fon' i Maria. Nandre an' i Jesosy nilaza momba ny hahafatesany efa manakaiky izy, ary noho ny fitiavany sy ny alahelony lalina, dia naniry indrindra ny hanome voninahitra Azy izy. Nanao fahafoizan-tena be izy mba hividianany tavoara alabastara «feno menaka manitra nisy narda sarobidy indrindra», mba hanosorany ny tenany. Betsaka anefa izao no milaza fa hosorana ho mpanjaka Izy. Nivadika ho fifaliana ny alahelony ka naniry indrindra izy ny ho voalohany amin' ny fanomezam-boninahitra ny Tompony. Novakiny ilay tavoara nisy menaka fanosorana, dia nararany teo amin' ny tongotra sy ny lohan' i Jesosy ny tao anatiny, dia nandohalika nitomany izy, kotsan' ny ranomasony ny tongotr' i Jesosy ka nofafany tamin' ny volony lava, novahany. {IFM 595.1}

Nokendreny ny tsy hojerijerena, ary nety ho tsy nisy nahamarika ny zavatra nataony, nefa feno fofo-manitra ny efitrano noho ny fanosorana nataony ka nanambara ny

fihetsiny tamin' izay rehetra teo izany. Sorena indrindra i Jodasy nahita izany. Tsy niandry hihaino izay holazain' i Jesosy momba izany izy, fa nanomboka nibitsibitsika sy nimonomonona tamin' izay teo akaikiny, ka nanome tsiny an' i Jesosy Izay manaiky fandaniam-poana toy izao. Fetsy dia fetsy izy nanipy hevitra izay nety ho nahatonga tsy fankasitrahana an' izay vao natao. {IFM 595.2}

Jodasy no mpitahiry ny volan' ny mpianatra, ary efa nakany ankinafinafina ny tahiry kelin-drizareo, ho an' ny tenany manokana, noho izany dia nihena ny fananan' izy ireo ka sakafo tsy mahafapo sisa. Nazoto erỳ izy nanao tao amin' ny kitapo izay rehetra nety ho azony. Matetika no nosintonina ny fananana tao amin' ny kitapo mba hanampiana ny mahantra ; ary rehefa misy zavatra novidina izay noheverin' i Jodasy ho tsy ilaina loatra, dia izao no filazany : «Nahoana io fandaniam-poana io ? nahoana no tsy narotsaka tao amin' ny kitapo izay entiko ny vidin' io ho an' ny malahelo ?» Nifanohitra indrindra tamin' ny fitiavan-tenany izao fihetsik' i Maria izao, ka menatra izy, ary araka ny fanaony, dia nitady antony misy lanjany izy ny amin' ny tsy nankasitrahany ny fanomezan' i Maria. Nitodika nankany amin' ny mpianatra izy dia nanontany hoe : «Nahoana io menaka io no tsy namidy denaria telon-jato, ka nomena ny malahelo ? Ary nilaza izany izy tsy noho ny fiahiany ny malahelo, fa satria mpangalatra izy sady nitondra ny kitapo ka naka izay tao anatiny». Tsy nanana fo mangoraka ny malahelo i Jodasy. Raha namidy ny menaka nahosotr' i Maria, ka voarain' i Jodasy ny vidin' izany. dia tsy ho nisy tombon-tsoa akory ho voarain' ny malahelo. {IFM 595.3}

Ambony tokoa no fiheveran' i Jodasy ny fahaizany ny asany. Noho ny maha-mpitam-bola azy dia nanao ny tenany ho ambony lavitra noho ny namany izy, ary efa voatariny hijery ny tenany toy izany koa izy ireo. Nanjary natoky azy izy ireo ary mafy tokoa ny hery miasa mangina tamin' izy ireo avy amin' i Jodasy. Namitaka azy ireo ny filazany fa mangora-po ny mahantra izy, ary nahatonga azy ireo tsy hatoky ny asam-pitiavana mahery nataon' i Maria ny hevitra fetsy nasisiny. Nimonomonona ny manodidina ny latabatra ka nanao hoe : «Inona no anton' izao fandaniam-poana izao ? Fa azo namidy ho lafo be iny ka homena ny malahelo». {IFM 596.1}

Ren' i Maria ny teny fanakianana azy. Nangorohoro ny fony. Natahotra izy sao manome tsiny azy ny rahavaviny noho ny fihetsika hafahafa nataony. Ny Tompo koa mety hihevitra izany ho zavatra nataotao foana. Saika hiala moramora i Maria tsy hifona ary tsy hiala tsiny raha reny ny feon' ny Tompony nanao hoe : «Avelao izy ; nahoana hianareo no mampalahelo azy ?» Hitany fa sady saikatsaikatra izy no ory. Fantany fa nanehoany ny fankasitrahany noho ny famelana ny fahotany io asam-panompoana nataony io, ka nanamaivana ny sainy izy. Nanandra-peo avo noho ny fimonomononana faninitsiniana Izy ka nanao hoe : «Asa soa no nataony tamiko. Fa ny malahelo dia eto aminareo mandrakariva, ary na oviana na oviana no tianareo hanaovana soa aminy, dia mahazo manao hianareo, fa Izaho kosa tsy mba ho eto aminareo mandrakariva. Efa nanao

izay azony natao izy ; namonjy nanosotra ny tenako hanamboarany Ahy halevina izy». {IFM 596.2}

Ny fanomezana mani-pofona izay noheverin' i Maria fa hatobaka eo amin' ny tenan' ny Mpamonjy rehefa maty, dia nararany teo amin' Izy velona. Raha teo am-pandevenana dia ho nameno fotsiny ny fasana ny hani-pofony ; fa izao kosa nahafaly ny fon' ny Mpamonjy noho ny fahatokisany ny finoany sy ny fitiavany. Josefa avy any Arimatia sy Nikodemosy dia tsy nanolotra ny fanomezany vokatry ny fitiavany an' i Jesosy raha mbola velona Izy. Tamindranomaso mangidy no nitondrany ireo zava-manitra sarobidy ho an' ny tenany mangatsiaka sy tsy mahatsiaro na inona na inona intsony. Ireo vehivavy izay nitondra zava-manitra ho any am-pasana dia niveri-maina fotsiny, satria efa nitsangana Izy. Fa i Maria kosa izay nampitosaka ny fitiavany teo amin' ny Mpamonjy raha mbola afaka nahalala izany fitiavany lalina izany Izy, dia nanosotra Azy amin' ny handevenana Azy. Ary raha nidina tao amin' ny haizina Izy tamin' ny fitsapana lehibe nihatra taminy. dia nentiny niaraka taminy ny fahatsiarovana an' izany fihetsika izany, dia fitiavana mafana indrindra amin' izay hatolotr' ireo voavotra ho Azy mandrakizay. {IFM 597.1}

Betsaka ny olona izay mitondra ny fanomezany sarobidy ho an' ny maty. Raha eo anatrehan' ny vatana mangatsiaka sy mangina dia miraraka ho azy ny tenim-pitiavana. Samy atobaka eo amin' ilay tsy mahita sady tsy mandre ny fahalemem-panahy, ny fankasitrahana, ny fitiavana lalina. Raha natao ireny teny ireny fony nila izany indrindra ny fanahy reraka, raha fony afaka nandre ny sofina, ary afaka nahatsapa ny fo, ho sarobidy manao ahoana ny fofo-manitr' izany. {IFM 597.2}

Tsy fantatr' i Maria ny tena dikan' ny asam-pitiavana nataony. Tsy voavaliny ireo mpiampanga azy. Tsy hainy ny nanazava ny antony nifidianany an' io fotoana io hanosorana an' i Jesosy. Efa nanao drafitra ho azy ny Fanahy Masina. ary nankatò ny bitsika noraisiny izy. Tsy midina ambany ka nanome fanazavana ny tsindrimandry. Nisy fanatrehana tsy hita maso, izay miteny amin' ny saina sy ny fanahy, ka mampihetsika ny fo hiasa. Ampy ho fanamarinana ho azy izany. {IFM 597.3}

Nolazain' i Kristy tamin' i Maria ny dikan' ny fihetsiny, ary tamin' izany dia mihoatra noho ny noraisiny ny nomeny : «Fa izy raha nampidina izany menaka manitra izany tamin' ny tenako, hoy Izy, dia ny namboatra Ahy halevina no nanaovany izany». Tahaka ny nahavaky ilay tavoara alabastara, ka nameno ny trano manontolo ny fameroverony, toy izany koa no tsy maintsy hahafatesan' i Kristy, sy ny hahavakivaky ny tenany ; nefa tsy maintsy hitsangana avy ao am-pasana Izy, ka hameno ny tany ny fameroveron' ny fiainany. Tia antsika Kristy ka nanolotra «ny tenany ho fanatitra sy ho fanavotana amin' Andriamanitra, ho hanitra ankasitrahana»3. {IFM 597.4}

«Lazaiko aminareo marina tokoa, hoy Kristy : Na aiza na aiza amin' izao tontolo izao

no hitoriana ity filazantsara ity, dia holazaina koa izay nataon-dravehivavy mba ho fahatsiarovana azy». Nitazana ny ho avy ny Mpamonjy, dia niteny tamim-pahatokiana ny momba ny filazantsarany. Hotoriana eran' izao tontolo izao izany. Ary na aiza na aiza hitaran' ny filazantsara, dia handraraka ny fameroverony ny fanomezana nataon' i Maria, ka hisy fo handray fitahiana noho io fihetsiny tsy namboarina io. Hitsangana sy hirodana ny fanjakana, hohadinoina ny anaran' ny mpanjaka sy ny mpitaritafika ; fa ny nataon' ity vehivavy ity kosa dia voatahiry ho mandrakizay eo amin' ny takilan' ny tantara masina. Mandra-paha-tapitry ny andro, dia hilaza ny tantaran' ny fitiavan' Andriamanitra be dia be ho an' ny taranaka lavo io tavoara alabastara novakiana io. {IFM 598.1}

Nifanohitra mazava tsara tamin' izay efa nataon' i Jodasy ny nataon' i Maria. Lesona mavaivay manao ahoana no azon' i Kristy nomena azy, izay nandatsaka ny voan' ny faninitsiniana sy ny eritreri-dratsy tao an-tsain' ny mpianatra. Rariny manao ahoana raha nampangaina ny mpiampanga. Ilay mahay mamaky ny antonjavatra manosika ny fo rehetra, ka mahazo ny dikan' ny fihetsika rehetra, dia nahita teo imason' ireo nanatrika ny fanasana, lafintoetra manjombona teo amin' ny fiainan' i Jodasy. Azo natao ny nampihanjahanja ny fihamboana poakaty nampiorenany ny teniny, satria tsy niray fo tamin' ny mahantra izy, fa nandroba azy tamin' ny vola nokasaina hanamaivanana azy ireo. Azo natao ny nampirongatra ny hatezerana hamely azy noho ny fampahoriany ny mpitondratena, ny kamboty sy ny mpikarama. Nefa raha nesorin' i Kristy ny sarontavan' i Jodasy, dia ho naroso izany ho anton' ny famadihana Azy. Ary na dia nohelohina ho mpangalatra aza i Jodasy, dia ho nisy niray fo taminy ihany na dia teo amin' ny mpianatra aza. Tsy naninitsiny Azy ny Mpamonjy, ary tamin' izany dia nanome fialantsiny azy ho anton' ny namadihany Azy. {IFM 598.2}

Nefa feno be dia be sy tanteraka ny hoenti-manavotra an' izao tontolo izao very. Mihoatra lavitra ny fanatitra nataon' i Kristy ka mahatratra ny fanahy tsirairay izay noforonin' Andriamanitra. Tsy azo ferana izany mba tsy hihoatra ny isan' ireo izay afaka hanaiky ilay Fanomezana lehibe. Tsy voavonjy ny olona rehetra ; nefa na dia izany aza tsy fandaniam-poana ny drafitry ny fanavotana fa nahatanteraka izay natao malalaka ho an' ny rehetra. Tsy maintsy ho ampy anefa izany ary koa tsy hofeperana ho an' olombitsy. {IFM 601.3}

Nisy asany teo amin' i Simona tompon-trano ny faninitsiniana nataon' i Jodasy momba ny fanomezana nataon' i Maria ary gaga izy tamin' ny fihetsik' i Jesosy. Tafintohina ny hambom-pon' ny maha-Fariseo azy. Fantany fa betsaka ny vahininy no nanamavo sy tsy nankasitraka an' i Kristy. Hoy i Simona tao am-pony hoe : «Raha mpaminany Ity dia ho nahalala io vehivavy manendry Azy io sy ny toeny, fa mpanota io». {IFM 602.1}

Tamin' ny nanasitranany an' i Simona tamin' ny habokana dia namonjy azy ho afaka tamin' ny fahafatesana mbola velon' aina Kristy. Izao anefa dia manontany tena i Simona

na mpaminany ny Mpamonjy na tsia. Satria navelan' i Kristy hanatona Azy io vehivavy io, satria tsy nanipaka azy tamin-katezerana Izy tahaka ny olona be fahotana loatra ka tsy azo avela heloka, satria tsy nasehony fa tsapany ny fahalavoan' izy io, dia nalaim-panahy i Simona hihevitra fa tsy mpaminany Izy. Tsy misy na inona na inona fantatr' i Jesosy ny amin' ity vehivavy ity izay niliba tamin' ny fiainana, hoy ny fiheviny, satria raha tsy izany dia tsy navelany hikasika Azy izy. {IFM 602.2}

Ny tsy fahalalan' i Simona an' Andriamanitra sy an' i Kristy anefa no nitarika azy hihevitra toy izany.' Tsy tsapany fa tsy maintsy miasa araka ny lalàn' Andriamanitra ny Zanak' Andriamanitra, dia amim-pangorahana, amim-pahalemem-panahy sy amim-pamindrampo. Ny lalan' i Simona kosa dia tsy mihevitra akory ny fanompoam-pibebahana nataon' i Maria. Ny nanorohany ny tongotr' i Kristy, sy ny nanosorany azy tamin' ny menaka, dia nahatezitra ny fo vatony. Noheveriny fa raha mpaminany Kristy, dia ho fantany ny mpanota ka ho teneniny mafy. {IFM 602.3}

Namaly izany eritreritra tsy miloaka izany ny Mpamonjy ka nanao hoe : «Ry Simona, manan-kolazaina aminao Aho . . . Nisy roa lahy nananan' ny mpanàna vola anankiray trosa : ny iray nananany denaria diman-jato, ary ny iray kosa dimam-polo. Ary raha tsy nanan-kaloa izy roa lahy, dia samy navelany. Koa iza moa amin' ireo no ho tia azy indrindra ? Simona namaly ka nanao hoe : Ataoko fa ilay namoizany be. Dia hoy Izy taminy : Marina ny hevitrao». {IFM 602.4}

Tahaka ny nataon' i Natana tamin' i Davida, dia nafenin' i Kristy tao anatin' ny fanoharana ny hevitra tiany natsofoka tao am-pon' i Simona. Napetrany teo amin' ilay nampiantran ', o Azy ny entamavesatra hanao fanamelohana ny tenany ihany. Simona dia nampanota an' ilay vehivavy izay hamavoiny ankehitriny. Nanao ratsy betsaka tamin' izy io izy, Simona sy ravehivavy no nasehon' ireo olona roa nananana vola. Tsy nikasa ny hampianatra Jesosy fa misy ambaratonga samihafa eo amin' ny adidy tokony hotsapan' ireo olona roa izao, satria samy manan-trosam-pankasitrahana avy izy ireo izay tsy ho voaloa na rahoviana na rahoviana. Nefa nahatsiaro tena ho marina noho i Maria i Simona, ka tian' i Jesosy ny hahitany ny tena halehiben' ny fahadisoany. Tiany haseho azy fa lehibe noho ny an' i Maria ny fahotany, lehibe tokoa tahaka ny tombon' ny denaria diman-jato amin' ny denaria dimam-polo. {IFM 602.5}

Manomboka mahita ny tenany amin' ny fahazavana vaovao izao i Simona. Hitany ny fomba nijeren' Ilay mihoatra noho ny mpaminany an' i Maria. Hitany fa ny mason' i Kristy matsilo amin' ny maha-mpaminany Azy dia namaky tao am-pony feno fitiavana lalina. Menatra izy, ary tsapany fa teo anatrehan' Ilay Anankiray ambony noho izy ny tenany. «Niditra teto an-trano Aho hoy Kristy nanohy ; nefa tsy mba nanome rano Ahy hanasana ny tongotro hianao ; fa izy kosa nahakotsa ny tongotro tamin' ny ranomasony, dia namoaka azy tamin' ny volon-dohany. Tsy mba nanoroka Ahy akory hianao ; fa izy, izay hamavoinao, hatrizay nidirako, dia tsy mbola nitsahatra nanoroka fatratra ny

tongotro». Notanisain' i Kristy ireo fotoana nahazoan' i Simona naneho ny fitiavany ny Tompony, sy ny fankasitrahany izay efa natao ho azy. Tamin' ny fomba tsotra nefa tamimpitandremana fatratra, dia nolazain' i Kristy mazava ny mpianany fa malahelo ny fony rehefa ataon' ny zanany an-tsirambina ny fanehoana fankasitrahana Azy amin' ny teny sy ny asam-pitiavana. {IFM 603.1}

Ilay mahay mamantatra ny fo dia namaky ny antony nitarika an' i Maria, ary hitany kosa ny toe-tsaina nahatonga ny teny nataon' i Simona : «Hitanao va io vehivavy io» hoy Izy taminy. Mpanota izy. «Ary amin' izany dia lazaiko aminao : Voavela ny helony be, fa be fitiavana izy ; fa izay voavela tamin' ny kely dia kely fitiavana». {IFM 603.2}

Ny toetra tsy rototra sy ny an-tsirambina nasehon' i Simona tamin' ny Mpamonjy dia ahitana fa kely tokoa ny fankasitrahana ny famindrampo noraisiny. Noheveriny fa voninahitra no nataony ho an' i Jesosy raha nanasa Azy ho ao an-tokantranony izy. Nefa ankehitriny kosa dia hitany ny tena toetrany. Noheveriny fa namaky ny tao am-pon' Ilay Vahininy izy, nefa ny Vahininy no namaky ny tao am-pony. Hitany ny fahamarinan' ny fitsaran' i Kristy azy. Akanjo fitafian' ny Fariseo ny fivavahany. Nanamavo ny fangorahan' i Jesosy izy. Tsy nekeny ho solontenan' Andriamanitra Izy. Maria dia mpanota voavela heloka, fa izy dia mpanota tsy voavela heloka. Ny lalàna henjana izay tiany nandentehana azy io no manameloka azy. {IFM 603.3}

Nanohina an' i Simona ny fahalemem-panahin' i Jesosy tamin' ny tsy nanomezany tsiny azy mivantana eo anatrehan' ny vahiny. Tsy nataon' i Jesosy taminy izay niriny ho natao tamin' i Maria. Hitany fa tsy tian' i Jesosy ny haneho ny fahadisoany amin' ny hafa fa notadiaviny kosa izay hampiaiky azy tamin' ny fanambarana ny tena izy, ka nampilefitra ny fony Izy tamin' ny fahalemem-panahiny feno fangorahana. Ho nanamafy ny fon' i Simona tsy hibebaka ny fiampangana henjana, fa ny fananarana ombam-paharetana kosa dia nampiaiky azy ny fahadisoany. Hitany ny halehiben' ny trosany tamin' ny Tompony. Nietry ny avonavony, nibebaka izy, ary ilay Fariseo nirehareha dia nanjary mpianatra nanetry tena, nahafoy tena. {IFM 604.1}

Noheverina ho mpanota lehibe i Maria, nefa Kristy nahalala ireo toe-javatra nanjary lasitra teo amin' ny fiainany. Azony natao ny namono ny kilalaon' afo rehetra nitondra fanantenana tao amin' ny fanahiny. nefa tsy nanao izany Izy. Izy no nanandratra azy hiala teo amin' ny fahakiviana sy ny fahafatesana. Impito i Maria no nandre ny fitenenana mafy an' ireo demonia izay nifehy ny fony sy ny sainy. Efa reny ireo antsoantso mafy nataony ho azy tamin' ny Ray. Fantany fa naharikoriko nanao ahoana ny fahotany teo anatrehan' ny fahadiovany tsy misy pentina, ary noho ny herin' Andriamanitra dia naharesy izy. {IFM 604.2}

Rehefa toa tsy nisy fanantenana ny momba azy teo imason' ny olombelona, Kristy kosa nahita tao amin' i Maria toetra ahazoany manao soa. Lafin-toetra tsara kokoa no

hitany teo aminy. Misy zava-dehibe mety ho vitan' ny olombelona atolotra azy ao amin' ny drafitry ny fanavotana, ary ho tanteraka izany ao amin' i Maria. Noho ny fahasoavan' i Kristy, dia nanjary mpiray amin' ny toetran' Andriamanitra izy. Ilay efa lavo, ilay saina nataon' ny demonia fitoerana, dia tonga akaiky indrindra ny Mpamonjy tao amin' ny naha-mpianatra azy sy teo amin' ny fanompoana. Maria no nipetraka teo an-tongony ka nianatra taminy. Maria no nandraraka menaka manitra sarobidy teo amin' ny lohany. sy nahakotsa ny tongony tamin' ny ranomasony. Maria no nijoro teo akaikin' ny hazo fijaliana, ka nanaraka Azy tany amin' ny fasana. Maria no tonga voalohany teo amin' ny fasana taorian' ny fitsanganana tamin' ny maty. Maria no voalohany nanambara fa nitsangana ny Mpamonjy. {IFM 604.3}

Fantatr' i Jesosy ny toe-javatra rehetra mikasika ny fanahy tsirairay. Mety hilaza ianao hoe : mpanota aho, mpanota be. Mety ho izany tokoa ianao : nefa arakaraka ny maharatsy anao. arakaraka izany no ilanao an' i Jesosy. Tsy mba laviny ny olona mitomany sy torotoro fo. Tsy lazainy olon-kafa izay rehetra azony aseho, fa mibaiko ny fanahy mangovitra rehetra Izy hahery. Hamela heloka malalaka izay rehetra manatona Azy mitady famelan-keloka sy famerenana amin' ny laoniny Izy. {IFM 605.1}

Azon' i Kristy atao ny maniraka ny anjelin' ny lanitra handraraka ny kapoaky ny fahatezerany eto amin' ity izao tontolo izao ity. hanapotika an' ireo izay feno fankahalana an' Andriamanitra. Azony atao ny mamafa ity pentina maizina ity tsy ho eo amin' ny tontolony. Nefa tsy manao izany Izy. Ankehitriny dia mijoro eo amin' ny alitara fandoroana ditin-kazo manitra Izy. mitondra eo anatrehan' Andriamanitra ny fivavahan' ireo izay maniry ny fanampiany. {IFM 605.2}

Ny fanahy izay mitodika any aminy, mitady fialofana, dia asandratr' i Jesosy ho ambonin' ny fiampangana sy ny fifandrafiana ataon' ny lela. Tsy misy olona na anjely ratsy afaka hanakana ireny fanahy ireny. Ampiraisin' i Kristy amin' ny maha-olona sady Andriamanitra Azy izy ireny. Mijoro eo anilan' Ilay Mpitondra heloka lehibe izy ireo eo amin' ny fahazavana avy amin' ny seza fiandrianan' Andriamanitra : «Iza no hiampanga ny olom-boafidin' Andriamanitra ? Andriamanitra no manamarina azy. Iza no manameloka ? Kristy Jesosy no efa maty, eny. sady nitsangana tamin' ny maty koa ka mitoetra eo amin' ny tanana ankavanan' Andriamanitra ary mifona ho antsika». {IFM 605.3}

# Toko 63—Avy ny mpanjakanao

«Mifalia indrindra, ry Ziona zanakavavy ; manaova feo fifaliana, ry Jerosalema zanakavavy. Indro, ny Mpanjakanao avy ho anao ; marina Izy sady manam-pamonjena, malemy fanahy sady mitaingina boriky, dia zana-boriky tanora». {IFM 607.1}

Diman-jato taona talohan' ny nahaterahan' i Kristy, dia nambaran' ny mpaminany Zakaria nialoha araka izany ny fiavian' ny Mpanjaka ho amin' Isiraely. Ho tanteraka io faminaniana io ankehitriny. Ilay nandà hatry ny ela dia ela ny voninahitry ny mpanjaka, ankehitriny dia mankany Jerosalema amin' ny mahampandova ny seza fiandrianan' i Davida nampanantenaina Azy. {IFM 607.2}

Tamin' ny andro voalohany tamin' ny herinandro Kristy no niditra tamin' ny fomba manetriketrika tao Jerosalema. Vahoaka marobe izay nanao an diany mba hahita Azy tany Betania no miaraka Aminy ankehitriny, maniry mafy ny hanatri-maso ny fandraisana Azy. Betsaka ny olona no teo an-dalana ho any an-drenivohitra hanatrika ny Paska, koa nanampy ny vahoaka nanotrona an' i Jesosy ireny. Toa miravoravo ny zavaboary rehetra. Mitafy zavamaitso ny hazo, ary mandraraka fofo-manitra malefaka amin' ny rivotra iainana ny voniny. Fiainana sy fifaliana vaovao no manetsika ny vahoaka. Mitsiry in dray ny fanantenana fanjakana vaovao. {IFM 607.3}

Nikasa ny hiditra ao Jerosalema nitaingina boriky Jesosy, ka nirahiny ny mpianany roa lahy haka boriky sy ny zanany. Niankina tamin' ny fampiantranoan' ny vahiny Azy ny Mpamonjy tamin' ny nahaterahany. Toerana nindramina nialany sasatra ilay fihinanambilona nisy Azy. Ankehitriny, na dia Azy aza ny biby fiompy arivoarivo any an-tendrombohitra, dia niankina tamin' ny hatsarampanahin' ny vahiny ny biby izay nitaingenany hidirany ao Jerosalema amin' ny maha-Mpanjaka an' io tanàna io Azy. Naseho indray anefa ny maha-Andriamanitra Azy, na dia eo amin' ny toro-marika amin'. ny antsipiriany nomeny ny mpianany ho amin' izany raharaha izany aza. Araka ny nambarany mialoha, dia nekena avy hatrany ny fangatahana hoe : «Misy raharaha analan' ny Tompo azy». Zanaboriky izay tsy mbola nitaingenan' olona no nofidin' i Jesosy ampiasainy. Tamin-kafanam-po sy fifaliana no namelaran' ny mpianatra ny fitafiany teo amin' ilay biby, sy nametrahany ny Tompony teo. Hatramin' izao dia nandeha tongotra mandrakariva Jesosy, koa gaga aloha ny mpianatra raha nifidy ny hitaingina biby Izy izao. Namirapiratra tao am-pony anefa ny fanantenana ka feno eritreritra maharavo fa handeha hiditra ny renivohitra Izy hilaza ny tenany ho Mpanjaka ary hanantitrantitra ny fahefany amin' ny maha-mpanjaka Azy. Raha nanatanteraka ny iraka nampanaovina azy izy, dia nambarany tamin' ny sakaizan' i Jesosy ny zavatra ampoiziny efa manangasanga,

koa niparitaka lavitra sy akaiky ny fihetsiketsehana, ary nanandratra ny fanantenan' ny vahoaka ho amin' ny faritra ambony indrindra. {IFM 608.1}

Nanaraka ny fomba Jiosy teo amin' ny fidiran' ny Mpanjaka Kristy. Ny biby izay notaingenany dia mitovy amin' ny an' ny Mpanjakan' Isiraely. ary ny faminaniana dia efa nanambara mialoha fa toy izany no hidiran' ny Mesia amin' ny fanjakany. Raha vao nipetraka teo amin' ny zana-boriky Izy dia nisy akoram-pandresena mafy namakivaky ny lanitra. Niarahaba azy ho Mesia. ho Mpanjakany ny vahoaka. Neken' i Jesosy ankehitriny ny fanajana fatratra izay tsy nekeny mihitsy teo aloha, koa noraisin' ny mpianatra izany ho porofo fa ho tanteraka ny fanantenany maharavoravo dia ny hahita Azy hapetraka eo amin' ny seza fiandrianana. Resy lahatra ny vahoaka fa akaiky ny fotoana fanafahana azy. Azony sary antsaina ny tafika Romana tarihina hivoaka an' i Jerosalema, ary Isiraely lasa firenena mahaleo tena indray. Sambatra sy ravo ny rehetra. Nifaninana ny vahoaka naneho fanajana ho Azy. Tsy afaka naneho zavatra mirentirenty sy mamirapiratra izy. nefa ny fideran' ny fony feno hasambarana no natolony Azy. Tsy afaka nanolotra fanomezana sarobidy ho Azy izy, fa ny fitafiana ivelany no novelariny ho karipetra teo amin' ny lalany, ary naparitany teo amin' ny lalany koa ny sampan' oliva be ravina sy sampan-drofia. Tsy afaka nitarika ilay famindram-pandresena toy ny fanaon' ny mpanjaka izy, fa notapahany kosa ny sampan-drofia misandrahaka, izay tandindon' ny fandresen' ny voary, ka nahofahofany niaraka tamin' ny antsoantso mafy sy ny hosana. {IFM 608.2}

Rehefa nandroso izy, dia nitombo hatrany ny vahoaka nandre ny. amin' ny fiavian' i Jesosy ka niolomay nanampy ny mpilahatra. Nifangaro hatrany tamin' ny vahoaka koa ny mpitazana ka nanontany hoe: «Inona no dikan' izao fihetsiketsehana rehetra izao?» Efa samy nandre ny amin' i Jesosy izy, ary nanampo ny hahita Azy ho any Jerosalema ; fantany anefa fa hatramin' izao dia nampihemotra ny ezaka rehetra hametrahana Azy eo amin' ny seza fiandrianana Izy, koa gaga dia gaga ireo nandre fa Izy io. Nanontany tena izy ny amin' izay nahatonga io fiovana io tao Aminy dia Izay nanambara fa tsy avy amin' ity izao tontolo izao ity ny fanjakany. {IFM 609.1}

Misy antsom-pandresena mampangina ny fanontanian' izy ireo. Averimberin' ny vahoaka mafana fo imbetsaka izany, raisin' ny olona any lavitra, dia manakoako avy amin' ny havoana sy ny lohasaha manodidina. Tafahaona amin' ny vahoaka marobe avy any Jerosalema izao ny mpilahatra. An' arivony no tonga hiarahaba an' i Jesosy tonga soa avy tamin' ireo olona marobe tafavory hanatrika ny Paska. Niarahaba Azy izy sy nanofahofa ny sampan-drofia ary niredona hira masina. Nampaneno ny trompetra ho amin' ny fanompoam-pivavahana hariva ny mpisorona ao amin' ny tempoly, nefa vitsy

no namaly ka taitra ny mpanapaka nifampilaza hoe : «Efa lasa manaraka Azy avokoa izao tontolo izao». {IFM 609.2}

Tsy mbola neken' i Jesosy mihitsy teo amin' ny fiainany teto an-tany hatramin' izao ny fisehoana toy izao. Tazany mazava ny ho vokatr' izany. Hitondra Azy ho eo amin' ny hazo fijaliana izany. Fikasany anefa ny hiseho ampahibemaso toy izao ho Mpanavotra. Niriny ny hampifantoka ny saina amin' ny sorona izay ho satroboninahitry ny asa nanirahana Azy ho amin' izao tontolo izao efa lavo. Raha nivory tany Jerosalema ny vahoaka hankalaza ny Paska, Izy ilay Zanak' ondry tena izy dia nanokana ny tenany ho sorona tamin' ny fihetsika niniany. Ho zavatra ilain' ny fiangonany amin' ny taonjato mifandimby rehetra ny hanao ny fahafatesany ho an' ny fahotan' izao tontolo izao ho loha-hevitra hoeritreretina sy hodinihina lalina. Tokony ho hamarinina tsy hisy isalasalana ny toe-javatra rehetra mifandray amin' izany. Ilaina ary ny itarihana tamin' izany ny mason' ny vahoaka rehetra ho Aminy. Ny toe-javatra izay nialoha ny fanatitra lehibe nataony dia tsy maintsy hahatarika ny saina ho amin' ny fanatitra mihitsy. Taorian' ny fisehoana toy izay nitranga tamin' ny fidirany tao Jerosalema, dia hanaraka ny fizotrany haingana ho amin' ny toe-javatra farany ny maso rehetra. {IFM 609.3}

Ny toe-javatra mifandray amin' ity dian' ny mpandresy nataony nitaingina boriky ity, dia ho ambentin-tenin' ny olona rehetra, ka hametraka an' i Jesosy ho ao amin' ny saina rehetra. Rehefa nohomboana tamin' ny hazo fijaliana Izy, dia betsaka no nahatsiaro ireo toe-javatra nifandray tamin' ny fitsarana Azy sy ny fahafatesany. Ho voatarika handinika ny faminaniana izy, ka ho resy lahatra fa Jesosy no Mesia ; ary hitombo isa ny miova ho amin' ny finoana amin' ny tany rehetra. {IFM 610.1}

Teo amin' ity toe-javatra iray izay mitory fandresena ity teo amin' ny fiainany teto an-tany, dia nety ho toy ny notronin' ny anjelin' ny lanitra Izy, ary nety ho nanambara ny fiaviany ny trompetran' Andriamanitra ; nefa ho nifanohitra tamin' ny zavatra nokendren' ny asa nanirahana Azy ny fisehoana toy izany, ho nifanohitra tamin' ny lalàna izay manjaka eo amin' ny fiainany. Nijanona ho mahatoky tamin' ny anjara feno fanetren-tena izay nekeny Izy. Tsy maintsy hoentiny ny enta-mavesatry ny mahaolombelona mandra-panolony ny ainy ho fiainan' izao tontolo izao. {IFM 610.2}

Io andro io, izay toa andro namiratra teo amin' ny fiainany ho an' ny mpianatra, dia hosemban-drahona maloka raha fantany fa fampidirana ho amin' ny fahoriana sy ny fahafatesan' ny Tompony ity toe-javatra feno hafaliana ity. Na dia efa nolazainy miverimberina taminy aza ny amin' ny sorona tsy azo sakanana hihatra Aminy, dia hadinon' izy ireo ny teny nitory alahelo nataony tao amin' izao faharavoravoana sy

fandresena izao. ka nibanjina ny fanjakany feno fanambinana eo amin' ny seza fiandrianan' i Davida izy ireo. {IFM 610.3}

Nisy olona vao tonga hatrany nanampy ny mpilahatra, ary ankoatry ny olom-bitsy, dia nanaraka ny fihetseham-po tamin' io fotoana io izay rehetra tonga, ka nanampy ny fitomboan' ny hosana izay nanakoako hatrany, nifamalivaly isaky ny havoana sy ny lohasaha. Niakatra tsy nijanona ny antsoantso nanao hoe : «Hosana ho an' ny Zanak' i Davida ! Isaorana anie Izay avy amin' ny anaran' i Jehovah ! Hosana any amin' ny avo indrindra !». {IFM 610.4}

Tsy mbola nahita filaharam-pandresena toy izao mihitsy izao tontolo izao. Tsy tahaka ny an' ireo mpitari-tafika malazan' ny eto an-tany izany. Tsy nisy tariky ny babo nitoreo, izay nampiavaka an' io toe-javatra io. Nanodidina ny Mpamonjy anefa dia nisy ireo porofo be voninahitry ny asam-pitiavana nataony ho an' ny olona mpanota. Tao ireo babo novonjeny ho afaka tamin' ny herin' i Satana, izay nidera an' Andriamanitra noho ny fahafahany. Ny jamba nampahiratiny no nitarika ny lalana. Ny moana izay novahany ny lelany, no niantsoantso ny hosana mafy indrindra. Ny kilemaina nositraniny dia nitsambikimbikina tamin-kafaliana. ary izy no nikofokofoka indrindra tamin' ny fanapahana ny sampan-drofia sy ny fanofahofana azy teo anatrehan' ny Mpamonjy. Nanandratra ny anaran' i Jesosy noho ny asam-pamindrampony natao ho azy ny mpitondratena sy ny kamboty. Ny boka izay nodioviny, dia namelatra ny fitafiany tsy voapentina teo amin' ny lalany, ka niarahaba azy ho Mpanjakan' ny voninahitra. Izay natsangan' ny feony hifoha avy tamin' ny torimason' ny maty dia tao amin' io vahoaka io. Lazarosy izay efa tratran' ny fahalovana tao am-pasana ny tenany, nefa ankehitriny miriaria amin' ny herin' ny mahalehilahy lehibe be voninahitra. no nitarika ilay zana-boriky nitaingenan' ny Mpamonjy. {IFM 611.1}

Betsaka ny Fariseo no nanatri-maso ny toe-javatra, ka nirehitry ny fialonana sy ny faharatsiana. sy nitady ny hanodina ny fizotry ny fihetseham-pon' ny olona. Niezaka ny hampangina ny olona tamin' ny fahefana rehetra nananany izy ; nefa vao mainka nampitombo ny hafanam-po ny antsoantso sy fandrahonana nataony. Natahotra izy sao hanangana an' i Jesosy ho Mpanjaka ity vahoaka marobe ity izay nanan-kery noho ny hamaroany. Farany azony natao. dia nisisika tao amin' ny vahoaka izy mba ho eo amin' izay misy ny Mpamonjy, ka nanatona Azy tamin' ny teny faniniana sy ny fandrahonana hoe : «Mpampianatra ô, rarao ny mpianatrao». Nambarany fa tsy ara-dalana ny fisehoana sy ny tabataba toy izao, ka tsy hoeken' ny manam-pahefana. Nampangina azy anefa ny valintenin' i Jesosy hoe: «Lazaiko aminao fa raha mangina ireo, dia ny vato no hiantsoantso». Zavatra notendren' Andriamanitra mihitsy io fisehoana fandresena io.

Voalazan' ny mpaminany mialoha, koa tsy nanam-pahefana hanodina ny fikasan' Andriamanitra ny olona. Raha tsy tanteraky ny olona ny fikasan' Andriamanitra. dia ho nomeny feo ny vato tsy manan' aina. ka ho niarahaba ny Zanany tamin' ny antsoantsom-piderana. Rehefa nihataka ny Fariseo nampanginina, dia noraisin' ny feo an-jatony ny tenin' i Zakaria nanao hoe : «Mifalia indrindra ry Ziona zanakavavy ; indro, ny Mpanjakanao avy ho anao ; marina Izy sady manam-pamonjena, malemy fanahy sady mitaingina boriky ; dia zana-boriky tanora». {IFM 611.2}

Rehefa tonga teo amin' ny sisin' ny havoana ny mpilahatra, ka handeha hidina ao an-tanàna, dia nijanona Jesosy, ka niara-nijanona taminy ny vahoaka. Nanoloana Azy Jerosalema tamin' ny voninahiny, rakotry ny fahazavan' ny masoandro milentika. Nanintona ny maso rehetra ny tempoly.Miezinezina sy be voninahitra izy, ka manerinerina ambonin' ny zavatra hafa rehetra, toa nanondro ny lanitra tahaka ny mitarika ny vahoaka ho amin' ilay hany Andriamanitra marina sy velona. Efa ela no rehareha sy voninahitry ny firenena Jiosy ny tempoly. Nirehareha koa tamin' ny voninahiny ny Romana. Nisy mpanjaka notendren' ny Romana niray tamin' ny Jiosy hanangana indray sy hanatsara azy, ary ny amperoran' i Roma dia nampitombo ny hasarobidiny tamin' ny fanomezany. Ny hamafiny, ny harenany sy ny hakantony dia nahatonga azy ho anankiray amin' ireo zavakanto mampitolagaga eran' izao tontolo izao. {IFM 612.1}

Raha nidina niankandrefana ny masoandro ka nampiova loko ny lanitra sy nitaratra lokom-bolamena, dia niantefa teo amin' ny vatosoa fotsy madio teo amin' ny rindrin' ny tempoly ny fahazavana mamirapiratra sy be voninahitry ny lanitra, ka nampanjelanjelatra ireo andry voatemitra volamena. Avy teo amin' ny tampon' ny havoana izay nisy an' i Jesosy sy ny mpanaraka Azy, dia toa vaingan' orampanala satroham-bolamena no fijery azy. Teo amin' ny fidirana teo amin' ny tempoly dia nisy voaloboka volamena sy volafotsy, misy raviny maitso sy salohy mavesatra nataon' ny mpanao asa tanana mahay indrindra. Mampiseho an' Isiraely ho voaloboka mahavokatra io sary io. Fahaiza-mitia zavatra vitsi-panana sy asa-tanana voakaly sy manify no hita teo amin' ny fitambaran' ny volamena, sy ny volafotsy ary ny ravina maitso ; miara-miolanolana izato bikany mahafinaritra manodidina ny andry fotsy sy manelatselatra, mamikitra ny haingony volamena ny tangolobahiny mamirapiratra, ary nandray ny voninahitry ny masoandro milentika izy, ka namirapiratra toy ny nindrana voninahitra avy tany an-danitra. {IFM 612.2}

Nibanjina ny toe-javatra Jesosy, ka nangina ny horakoraky ny vahoaka marobe raha. nahita tampoka ny hankaton' izany. Nitodika nankany amin' ny Mpamonjy ny maso

rehetra nanampo fa hahita eo amin' ny endriny ny fahatalanjonana sy ny fifaliana tsapan' ny tenany. Tsy izany anefa no hitany fa rahon' alahelo. Gaga sy diso fanantenana izy ireo nahita ny masony diboky ny ranomaso, ary ny tenany nihovitrovitra toy ny hazo tsofin' ny tafiodrivotra, sady nitosaka avy tamin' ny molony nipararetra ny fahoriany sy ny fidradradradrany, toy ny niakatra avy tany amin' ny ati-fony vakivaky. Manao ahoana izany toe-javatra izany teo imason' ny anjely ! Ilay Mpitarika malalany niady tamin-dranomaso nihatra aman' aina ! Manao ahoana izany toe-javatra izany teo imason' ireo vahoaka ravoravo nifanizina izay nanotrona Azy niantsoantsompandresena sy nanofahofa sampan-drofia, hiditra ao amin' ilay tanàna be voninahitra, izay nantenainy araka ny faniriany lalina fa efa hanjakany. Nitomany Jesosy teo amin' ny fasan' i Lazarosy, nefa alahelon' Andriamanitra niray fo tamin' ny fahorian' olombelona izany. Fa ity ranomaso tampoka ity kosa dia toa feo nitaraina tao anatin' ny hira rodobe miezinezina nitory fandresena. Tao anivon' ny toe-javatra feno hafaliana, izay nanomezan' ny rehetra voninahitra Azy, no nitomanian' ny Mpanjakan' Isiraely, tsy ranomasom-pifaliana mangina, fa ranomaso sy tolokon' ny ady mihatra aman' aina tsy hay tohaina. Resin' ny alahelo tampoka ny vahoaka. Nangina ny horakorany. Betsaka no nitomany niray fo taminy noho ny alahelo izay tsy hainy fantarina. {IFM 612.3}

Tsy fibanjinana mialoha ny fahorian' ny tenany no nahatonga ny ranomason' i Jesosy. Nanoloana Azy indrindra Getsemane, izay efa toerana handrakofan' ny aloky ny haizim-be mampihorohoro ny fotoana fohy sisa. Taza-maso koa ny vavahadin' ondry, izay nitarihana ny biby natao fanatitra nandritra ny taonjato maro. Efa hisokatra ho Azy io vavahady io, dia Ilay Fanatitra lehibe tena izy, ka tondroin' ireo fanatitra rehetra ireo ny fanatitra nataony ho an' izao tontolo izao. Teo akaiky teo Kalvary, ilay toerana hisehoan' ny ady mihatra aman' aina hatrehiny efa manakaiky. Nefa tsy noho ireo zavatra mampahatsiahy ny fahafatesany mahatsiravina no nitomanian' Ilay Mpanavotra sy nampitoreo Azy tao anatin' ny tebitebin-tsaina. Tsy alahelo feno fitiavan-tena ny Azy. Tsy nampahatahotra ity fanahy mendrika, manao sorona ny tenany ny fieritreretany ny ady mihatra aman' aina hatrehiny. Ny fahitana an' i Jerosalema no nanindrona ny fon' i Jesosy, — dia Jerosalema izay nandà ny Zanak' Andriamanitra sy nanazimbazimba ny fitiavany, izay nandà ny ho resy lahatra, noho ny fahagagana lehibe nataony ka efa hanala ny ainy. Hitany fa meloka izy raha nandà ny Mpanavotra azy ; hitany koa ny tokony ho nisy azy raha nanaiky Ilay hany afaka manasitrana ny ratrany izy. Tonga hamonjy azy Izy ; ataony ahoana no fandao azy ? {IFM 613.1}

Vahoaka nahazo tombom-pilia Isiraely. Nataon' Andriamanitra fonenany ny tempoliny ; «avo mahafinaritra, fifalian' ny tany rehetra» izy. Tao ny tatitra momba ny

fikarakarana sy ny fiarovana ary ny fitiavana mamy nasehon' i Kristy ho azy, tahaka ny fitondran' ny ray ny zanany tokana, nandritra ny taona an' arivony. Tao amin' io tempoly io no niteny ny fampitandremany miezinezina ny mpaminany. Tao no nahofahofa ny fandoroana ditin-kazo manitra raha nasandratra ho amin' Andriamanitra ny setroka mitondra ny fangatahan' ny mpivavaka. Tao no nitobaka ny ran' ny biby, izay tandindon' ny ran' i Kristy. Tao Jehovah no naneho ny voninahiny teo ambonin' ny rako-panavotana. Tao no nanao fanompoana ny mpisorona, ary nitohy hatrany nandritra ny taona nifandimby ny rentirentin' ny tandindona sy ny fanompoam-pivavahana. Tsy maintsy misy fiafarana anefa izany rehetra izany. {IFM 614.1}

Nasandratr' i Jesosy ny tanany, — dia ilay tanana izay efa nitahy matetika ny marary sy ny mijaly, — ka nahofahofany nanondro ilay tanàna tandindomin-doza, no niloa-bava Izy, nanao teny tapatapaky ny alahelo : «Raha mba nahafantatra mantsy hianao na dia amin' ity andro ity aza, izay momba ny fiadanana !» — Niato ny Mpamonjy teto, ka tsy nolazainy izay nety ho toetran' i Jerosalema, raha nanaiky ny fanampiana tian' Andriamanitra nomena izy, — dia ny nanomezany ny Zanany malala. Raha fantatr' i Jerosalema izay tombon-tsoany ny nahafantatra izany, ka nitandrina ny fahazavana izay efa nalefan' ny lanitra ho azy izy, dia nety ho nijoro hatrany ao amin' ny fahombiazany nireharehany, ho toy ilay mpanjakavavin' ny fanjakana nanana malalaka ny hery teo amin' ny fahefana nomen' Andriamanitra azy. Tsy hisy miaramila mitampiadiana mijoro eo am-baravarany, tsy hisy faneva Romana mihofahofa eo amin' ny mandany. Nijoro nanoloana ny Zanak' Andria-manitra ny anjara be voninahitra izay nety ho fitahiana ho an' i Jerosalema raha nanaiky ny Mpanavotra azy izy. Hitany fa nety ho sitrana tamin' ny aretina mafy manjo azy izy tamin' ny alalany, ho afaka amin' ny fanandevozana izy, ary ho tafatsangana ho renivohitry ny tany matanjaka. Avy ao amin' ny mandany no hanidina ho amin' ny firenena rehetra ny voromailala mitory fiadanana. Izy no ho satroboninahitr' izao tontolo izao. {IFM 614.2}

Nanjavona teo imason' ny Mpamonjy anefa ny sary mamirapiratr' izay nety ho toetran' i Jerosalema. Zava-misy ho azy ny mahaambanin' ny ziogan' ny Romana an' i Jerosalema izay mitondra ny tsy fankasitrahan' Andriamanitra, tandindomin' ny fitsarana famaliana azy. Notohizany ilay fitarainany tapaka teo hoe : «Raha mba nahafantatra mantsy hianao na dia amin' ity andro ity aza izay momba ny fiadanana ! — fa ankehitriny, miafina amin' ny masonao izany. Fa ho avy aminao ny andro izay hananganan' ny fahavalonao tovon-tany manodidina anao, dia hanemitra anao izy ka hanidy anao manodidina ary hamongotra anao amin' ny tany mbamin' ny zanakao ao anatinao, ka tsy havelany hisy vato hifanongoa eo aminao, ho valin' ny tsy

nahafantaranao ny andro namangiana anao». {IFM 614.3}

Tonga hamonjy an' i Jerosalema sy ny zanany Kristy ; saingy nanakana Azy tsy hanatanteraka ny fikasany ny avonavon' ny Fariseo, ny fihatsarambelatsihy, ny fialonana sy ny haratsiam-panahy. Fantatr' i Jesosy ny valiny mahatsiravina izay hamangiana ilay tanàna tandindomin-doza. Hitany Jerosalema hodidinin' ny tafika, ny mponina ao tratran' ny fahirano ka voatarika ho faty noana sy ho amin' ny fahafatesana, ary ny reny mihinana ny nofon-janany maty, ary ny ray aman-dreny sy ny zaza mifandrombaka ny sakafo indraimbava farany, satria efa levon' ny hanoanana mikiky ny fitiavana voajanahary. Hitany fa ny fahamafisan-katoky ny Jiosy, izay niseho mazava teo amin' ny fandavany ny famonjena, dia hitarika azy koa handà tsy hilefitra amin' ny tafika manafotra azy. Notazaniny Kalvary, izay hanandratana Azy, feno hazo fijaliana mifanety toy ny hazo any an' ala. Hitany ireo mponina mijaly ampahoriana sy homboana eo amin' ny hazo fijaliana, ny lapa tsara tarehy simba, ny tempoly rava, ary tsy misy vato mifanongoa ireo mandany lehibe, ary ny tanàna asaina amin' ny angadin' omby tahaka ny saha. Tsy mahagaga raha nitomany mafy dia mafy ny Mpamonjy nanoloana izany toe-javatra nampahatahotra izany. {IFM 615.1}

Zanany nokarakarainy Jerosalema ary tahaka ny ray be fitiavana mitomany ny amin' ny zanany diso lalana, no nitomanian' i Jesosy tamin' ilay tanàna malala. Ahoana no ahafoizany azy ? Ahoana no ahitako anao voatokana ho amin' ny faharavana ! Tsy maintsy havelako hameno ny kapoaky ny faharatsianao ve ianao ? Sarobidy indrindra ny fanahy iray, ka raha ampitahaina amin' izany, dia tsy misy dikany izao tontolo izao rehetra, eto anefa, dia firenena iray manontolo no very. Rehefa tsy ho hita eo amin' ny lanitra ny masoandro midina haingana any andrefana, dia ho tapitra ny andrompahasoavana ho an' i Jerosalema. Raha niato teo amin' ny sisin' ny tendrombohitra Oliva ny mpilahatra, dia tsy mbola diso aoriana loatra ho an' i Jerosalema ny mibebaka. Tamin' izay dia nikopaka elatra ny anjelin' ny famindrampo ka nidina niala ilay seza fian- drianana volamena ary nanome toerana ny fahamarinana sy ny fitsarana ho avy haingana. Fa ny fon' i Kristy be fitiavana kosa dia mbola mitalaho ho an' i Jerosalema ihany, izay nanao tsinontsinona ny famindrampony, nanamavo ny fampitandremana nataony ary efa handroboka ny tanany ao amin' ny rany, Raha mety mibebaka mantsy Jerosalema, tsy mbola diso aoriana loatra izao. Raha mitaredretra ireo tara-pahazavana faran' ny masoandro milentika teo amin' ny tempoly, teo amin' ny tilikambo, teo amin' ny tafo, dia tsy hisy ve anjely tsara hitarika azy ho eo amin' ny fitiavan' ny Mpamonjy, ka hanodina ny loza mananontanona azy ? Ry tanàna kanto sy tsy masina, izay namono ny mpaminany, izay nandà ny Zanak' Andriamanitra, izay

nanidy ny tenany tao amin' ny gadran' ny fanandevozana noho ny tsy fetezany nibebaka, efa madiva ho tapitra ny andron' ny famindrampo ho azy ! {IFM 615.2}

Niteny tamin' i Jerosalema indray anefa ny Fanahin' Andriamanitra. Alohan' ny iafaran' ny andro, dia nisy vavolombelona indray nijoro ho an' i Kristy. Nisandratra ny feon' ny vavolombelona, namaly ny antson' ny mpaminany fahiny. Raha hihaino ny feony Jerosalema, raha handray ny Mpamonjy izay miditra ny vavahadiny izy, dia mbola azo vonjena. {IFM 616.1}

Tonga tany amin' ny mpanapaka tao Jerosalema ny tatitra nilaza fa manatona ny tanàna Jesosy miaraka amin' ny vahoaka be dia be. Tsy nandray ny Zanak' Andriamanitra anefa izy ireo. Natahotra izy ireo ka nandeha nivoaka nitsena Azy, ary nanantena ny hanaparitaka ny vahoaka. Raha nidina ny tendrombohitra Oliva ny mpilahatra, dia nosakanan' ireo mpanapaka. Nanontany ny anton' izao fifaliana mitabataba izao izy. Raha nanontany izy hoe : «Iza moa izao ?» dia namaly io fanontaniana io ny mpianatra, teo ambanin' ny tsindrimandrin' ny Fanahy. Naveriny tamin' ny feonkira ireo faminaniana momba an' i Kristy nanao hoe : {IFM 616.2}

Hilaza aminareo i Adama, fa Izy no taranaky ny vehivavy hanorotoro ny lohan' ny menarana. {IFM 616.3}

Anontanio Abrahama, dia ambarany aminareo, fa Izy no «Melkizedeka, Mpanjakan' i Salema, Mpanjakan' ny fiadanana». {IFM 616.4}

Hilaza aminareo Jakoba, fa Izy no Silo avy amin' ny firenen' i Joda. {IFM 616.5}

Holazain' i Isaia, fa Imanoela Izy, «Mahagaga, Mpanolo-tsaina, Andriamanitra mahery, Rain' ny mandrakizay, Andrian' ny fiadanana» . {IFM 617.1}

Hilaza aminareo Jeremia fa Izy no Rantsan' i Davida, «Jehovah Fahamarinantsika» . {IFM 617.2}

Hilaza aminareo Daniela, fa Izy no Mesia. {IFM 617.3}

Hilaza aminareo Hosea, fa Izy no «Jehovah, Andriamanitry ny maro, — Jehovah no hahatsiarovana Azy» . {IFM 617.4}

Hilaza aminareo Jaona Mpanao batisa, fa Izy no «Zanak' ondrin' Andriamanitra izay manaisotra ny fahotan' izao tontolo izao» . {IFM 617.5}

Ilay Jehovah lehibe dia nanambara avy eo amin' ny seza fiandrianany hoe : «Ity no Zanako, Malalako, izay sitrako» . {IFM 617.6}

Izahay mpianany dia manambara fa Izy no Jesosy, Mesia, Andrianan' ny fiainana,

Mpanavotra an' izao tontolo izao. {IFM 617.7}

Ary ny andrian' ny herin' ny maizina aza dia manaiky Azy ka manao hoe : «Fantatro fa Ilay Masin' Andriamanitra Hianao» . {IFM 617.8}

## Toko 64—Vahoaka tandindomin-doza

Ny nidiran' i Kristy tao Jerosalema toy ny mpandresy dia fanehoana matromatroka ny fiaviany amin' ny rahon' ny lanitra amin-kery sy voninahitra eo anivon' ny firavoravoan' ny anjely noho ny fandresena sy ny hafalian' ny olona masina.  Ho tanteraka amin' izay ny tenin' i Kristy tamin' ny mpisorona sy ny fariseo nanao hoe : «Hatramin' izao dia tsy hahita Ahy tokoa hianareo mandra-pilazanareo hoe : Isaorana anie Izay avy amin' ny anaran' i Jehovah». Naseho an' i Zakaria tamin' ny fahitana ara-paminaniana ny andron' ny fandresena farany ; ary hitany koa ny loza mananontanona ireo izay nandà an' i Kristy tamin' ny fiaviany voalohany. «Hijery Ahy Izay nolefoniny izy, ary hisaona Azy toy ny fisaonana zanaka lahy tokana izy sady halahelo Azy toy ny fahalahelovan' ny olona ny lahimatoany». Teo amin' ny faharavan' i Jerosalema ara-nofo dia nahitany ny fandravana farany an' ilay vahoaka izay meloka noho ny ran' ny Zanak' Andriamanitra. {IFM 619.1}

Hitan' ny mpianatra ny fankahalan' ny Jiosy an' i Kristy, nefa tsy mbola hitany izay ho vokatr' izany. Tsy mbola azony ny tena toetran' Isiraely, na mazava taminy ny famaliana hianjady amin' i Jerosalema. Izany no nahariharin' i Kristy taminy tamin' ny alalan' ny lesona mavesa-danja avy amin' ny zava-misy. {IFM 619.2}

Tsy misy vokany ny antso farany natao ho an' i Jerosalema. Efa nandre ny feon' ny mpaminany fahiny ny mpisorona sy ny mpanapaka izay nanakoako teo amin' ny feon' ny vahoaka marobe ho valin' ny fanontaniana hoe : «Fa iza moa ity ?» nefa tsy nekeny ho feo avy amin' ny tsindrimandry izany. Tezitra sy talanjona izy ka niezaka ny hampangina ny vahoaka. Nisy manamboninahitra Romana teo amin' ny vahoaka nifanizina teo, koa nampangainy tamin' ireo ho mpitarika fikomiana Jesosy. Nasehony fa saika haka an-keriny ny tempoly Izy ary hanjaka ao Jerosalema. {IFM 619.3}

Nampangina vetivety ny horakoraky ny vahoaka anefa ny feo tonin' i Jesosy raha nanambara indray Izy fa tsy tonga hanangana ny fanjakana ara-nofo; efa hiakatra ho any amin' ny Rainy Izy, ka tsy hahita Azy ny mpiampanga Azy raha tsy miverina amimboninahitra indray Izy. Amin' izay dia hanaiky Azy izy nefa diso aoriana ny famonjena azy. Nolazain' i Kristy tamin' alahelo sy taminkery manokana ireo teny ireo. Nangina sy nilefitra ireo manamboninahitra Romana. Voahetsik ', a tsy tahaka ny nahavoahetsika azy hatramin' izay ny fony, na dia vahiny tamin' ny hery miasa mangina avy amin' Andriamanitra aza izy ireo. Teo amin' ny endrika tony sy be voninahitr' i Jesosy no namakiany ny fitiavana, ny fiantrana, ary ny fahamendrehana tony. Voahetsiky ny firaisam-po tsy hainy hazavaina izy. Tsy nisambotra an' i Jesosy izy, fa voasarika

kokoa hanolotra fiderana Azy. Nitodika tany amin' ny mpisorona sy ny mpanapaka izy, ka niampanga azy ireo ho nahatonga korontana. Sorena sy resy ireo mpitarika ireo, ka nitodika nankany amin' ny vahoaka nitondra ny fitarainany, ary nifamaly tamim-pahatezerana izy samy izy. {IFM 620.1}

Tamin' izany fotoana izany dia tonga tsy nisy nahita tao amin' ny tempoly Jesosy. Nangina tanteraka ny tao, niantso ny olona tany ivelany mantsy ny toe-javatra nitranga teo amin' ny tendrombohitra Oliva. Nijanona fotoana fohy tao amin' ny tempoly Jesosy, nijery azy tamin' ny maso feno alahelo. Dia niala niaraka tamin' ny mpianany Izy, ary niverina nankany Betania. Rehefa nitady Azy ny vahoaka mba hametraka Azy eo amin' ny seza fiandrianana, dia tsy hita Izy. {IFM 620.2}

Nandany ny alina manontolo tamim-pivavahana Jesosy, ary nony maraina dia niverina indray tao amin' ny tempoly Izy. Teny an-dalana dia nandalo teo amin' ny aviavy iray Izy. Noana Izy, «ary nahatsinjo aviavy anankiray mandravina erý lavidavitra, dia nankeo, fa toa hahita voany eo aminy ; kanjo nony tonga teo aminy Izy, dia tsy nahita na inona na inona afa-tsy ravina ihany; fa tsy mbola tonga ny taom-pamoazan' ny aviavy». {IFM 620.3}

Tsy mbola fotoana fahamasahan' ny aviavy tamin' ny toerana sasany tamin' izany ; ary raha teo amin' ny tany avo nanodidina an' i Jerosalema, dia azony nolazaina marina «fa tsy mbola tonga ny taom-pamoazan' ny aviavy». Teo amin' ny saha nalehan' i Jesosy anefa, dia nisy hazo iray toa lasa alohan' ny hafa rehetra. Efa rakotry ny ravina sahady izy. Toetran' ny aviavy ny isehoan' ny voany efa lehibe, alohan' ny hahavakian' ny raviny. Noho izany, ity hazo feno ravina dia nampanantena voany efa nitombo tsara. Nandiso fanantenana anefa ny fisehoany ivelany. Raha nitady tao amin' ny sampany Jesosy. hatramin' ny rantsany ambany indrindra, dia tsy nahita afa-tsy ravina ihany. Ravinkazo be misavoana no teo, izany fotsiny ihany. {IFM 621.1}

Nozonin' i Kristy ho maina izy : «Aza misy mihinana voa avy aminao intsony mandrakizay», hoy Izy. Ny ampitso marainan' iny, raha handeha ho any an-tanàna indray ny Mpamonjy sy ny mpianany, dia nanintona ny sain' izy ireo ireto sampany toa nokapohina sy ny raviny malazo». Raby ò, hoy i Petera, indro efa malazo ilay aviavy nozoninao». {IFM 621.2}

Nahagaga ny mpianatra ny fihetsik' i Kristy tamin' Izy nanozona ny aviavy. Ny fahitany izany toe-javatra izany dia toa tsy mifanaraka amin' ny fombany sy ny asany. Matetika no nandrenesany Azy nanambara fa tsy tonga hanameloka an' izao tontolo izao Izy, fa mba hahavoavonjy an' izao tontolo izao amin' ny alalany. Tsaroany ny teniny

manao hoe : «Fa ny Zanak' olona tsy tonga hahavery ny ain' ny olona, fa hamonjy azy». Natao hamerenana amin' ny laoniny ny asany mahagaga fa tsy ny handrava mihitsy. Mpamerina amin' ny laoniny. Mpanasitrana fotsiny ihany no efa nahafantaran' ny mpianatra Azy. Nitokana kosa ity fihetsiny ity. Inona no antony ? hoy ny fanontaniany. {IFM 621.3}

«Tia famindrampo» Andriamanitra. «Raha velona koa Aho, hoy Jehovah Tompo, dia tsy sitrako ny hahafatesan' ny ratsy fanahy, fa ny hialan' ny ratsy fanahy amin' ny làlany, mba ho velona izy». Asa «tsy fanaony mandrakariva» , ny asa fandravana sy ny fiampangana eo amin' ny fitsarana. Fa àmin' ny famindrampo sy fitiavana no hanaingany ny lamba manarona ny ho avy, ka hanehoany amin' ny olona ny vokatry ny lalampahotana. {IFM 621.4}

Fanoharana velona ny nanozonana ny aviavy. Tandindon' ny firenena Jiosy ilay hazo tsy namoa, izay nampiredareda ny raviny toa nireharehany teo imason' i Kristy mihitsy. Tian' ny Mpamonjy ny hampahazava teo amin' ny mpianany ny anton' ny fiafarana mahatsiravin' ny Isiraely, sy ny maha-azo antoka izany. Noho izany dia nosalorany toetra ara-pitondrantena ilay hazo, ka nataony ho fampisehoana ny fahamarinan' Andriamanitra izy. Nijoro niavaka tamin' ny firenena hafa rehetra ny Jiosy, ka nilaza ny tenany ho mpiandany amin' Andriamanitra. Efa nahazo tombom-pitia manokana taminy izy koa mihambo ho manana fahamarinana ambonin' ny firenena hafa rehetra. Voaloton' ny fitiavana an' izao tontolo izao sy ny filàna tombon-tsoa anefa izy. Nirehareha tamin' ny fahalalany izy, nefa tsy nahafantatra ny fitakian' Andriamanitra, ka feno fihatsarambelatsihy. Tahaka ilay hazo tsy namoa, dia nampisandrahaka avo ny sampana nireharehany izy, niroborobo fatratra etỳ ivelany, ary nahafinaritra ny maso, nefa tsy namoaka «na inona na inona afa-tsy ravina». Ny fivavahana Jiosy sy ny tempoliny kanto, ny alitarany masina, ny mpisorona nisatroka hamama teo aminy ary ireo fanompoampivavahana mampientampo teo aminy, dia marina fa nahafinaritra ny fisehoany ivelany, fa tsy nisy tao kosa ny fanetren-tena. ny fitiavana sy ny fiantrana. {IFM 621.5}

Samy tsy nisy voa avokoa ny hazo rehetra tao amin' ny saha; nampoizina rahateo anefa izany teo amin' ny hazo tsy nisy raviny, ka tsy nahatonga ny fahadisoampanantenana.Naneho ny jentilisa ireo hazo ireo. Tsy nanana toe-panahy araka an' Andriamanitra tahaka ny Jiosy ihany izy ireo, saingy tsy nisora-tena ho manompo an' Andriamanitra izy. Tsy nirehareha sy nihambo ho manana toetra tsara izy. Jamba izy raha ny amin' ny asa sy ny lalàn' Andriamanitra. Ho azy ireo dia «tsy mbola tonga ny taompamoazan' ny aviavy». Mbola miandry ny andro izay hitondrana ny fahazavana sy ny fanantenana eo aminy izy. Ny Jiosy kosa, izay efa nandray fitahiana lehibe tokoa avy

tamin' Andriamanitra, dia ampamoahana amin' ny fampiasany diso an' ireo fanomezana ireo. Ny tombon-tsoa izay nireharehany dia nampitombo fotsiny ny fahadisoany. {IFM 622.1}

Noana Jesosy raha nankeo amin' ny aviavy mba hitady hanina. Toy izany koa ny nankanesany teo amin' Isiraely. noana ny hahita vokatry ny fahamarinana teo aminy Izy. Efa natobany taminy ny fanomezany, mba hahazoany mitondra vokatra be ho fitahiana an' izao tontolo izao. Efa nomena azy ny fotoana mety rehetra sy ny tombon-tsoa rehetra, ary ho setrin' izany dia nitady ny firaisam-pony sy ny fiaraha-miasany Izy teo amin' ny asan' ny fahasoavany. Niriny mafy ny hahita ao aminy, fahafoizan-tena sy fangorahana, hafanam-po ho an' Andriamanitra, sy faniriana lalina ao amin' ny fanahy hamonjy ny mpiara-belona aminy. Raha nitandrina ny lalàn' Andriamanitra izy, dia ho nanao koa ny asa tsy misy fitiavan-tena izay nataon' i Kristy. Nefa safotry ny avonavona sy ny fiheveran-tena ho ampy ny fitiavana an' Andriamanitra sy ny olona. Nahatonga fandringanana amin' ny tenany ny fandavany hiasa ho an' ny hafa. Ny haren-tsarobidin' ny fahamarinana izay nankinin' Andriamanitra taminy, dia tsy nomeny ho an' izao tontolo izao. Azony novakiana teo amin' ilay hazo tsy namoa ny fahotany sy ny famaizana noho izany. Maina teo ambanin' ny ozona nataon' ny Mpamonjy ilay aviavy ; nijoro teo ihany izy nefa nilofika sady nalazo sy maina hatrany amin' ny fakany, ary nampiseho izay hanjo ny vahoaka jiosy rehefa hoesorina tsy ho eo aminy ny fahasoavan' Andriamanitra. Nandà ny hizara fitahiana izy, ka tsy afaka handray izany intsony. «Izao, hoy Jehovah, no maharingana anao, ry Isiraely ô» . {IFM 622.2}

Ho an' ny andro rehetra ny fampitandremana. Ny nataon' i Kristy tamin' ny nanozonany ilay hazo izay noforonin' Izy tenany tamin' ny heriny, dia mijoro ho fampitandremana ny fiangonana rehetra sy ny kristiana rehetra. Betsaka anefa no tsy mivelona amin' ny fiainan' i Kristy feno famindrampo sy tsy mihevitra ny tenany. Misy mihevitra ny tenany ho kristiana tsara indrindra ka tsy mahalala izay raiketin' ny fanompoana an' Andriamanitra. Manao drafitra izy sy mandinika izay hahafaly ny tenany ihany. Araka ny izaho ihany no zavatra ataony. Tsy misy vidiny aminy ny fotoana raha tsy hanangonany ho an' ny tenany. Izany no zava-kendreny eo amin' ny raharaha rehetra eo amin' ny fiainana. Tsy ho an' ny hafa fa ho an' ny tenany ihany no hanaovany fanompoana. Namorona azy Andriamanitra mba hivelona eo amin' izao tontolo izao izay tsy maintsy hanatanterahana fanompoana tsy misy fitiavan-tena. Notendreny izy hanampy ny mpiara-belona aminy amin' ny fomba rehetra. Nefa midadasika loatra ny «izaho» ka tsy afaka mahita zavatra hafa izy. Tsy nifandray tamin' ny olombelona izy. Izay mivelona toy izany ho an' ny tenany dia tahaka ilay aviavy, izay nihambo ny zavatra

rehetra, nefa tsy nisy voany. Manaraka ny fomba fanompoampivavahana izy, nefa tsy misy fibebahana na finoana. Araka ny fanekem-pinoana, dia manaja ny lalàn' Andriamanitra izy, nefa tsy misy ny fankatoavana. Miteny izy, nefa tsy manao. Ny didimpitsarana natao tamin' ilay aviavy dia nampisehoan' i Kristy fa maharikoriko eo imasony io fihatsarambelatsihy tsy misy antony io. Ambarany fa ny mpanota ampahibemaso dia tsy meloka noho izay milaza fa manompo an' Andriamanitra, nefa tsy mitondra voany ho voninahiny. {IFM 623.1}

Ny fanoharana momba ilay aviavy, izay natao talohan' ny famangian' i Kristy an' i Jerosalema, dia misy fifandraisana mivantana amin' ny lesona nampianariny tamin' ny nanozonany ilay hazo tsy namoa. Nifona ho an' ilay hazo tsy mamoa tao amin' ny fanoharana ilay mpamboatra nanao hoe : «Avelao ihany izy amin' ity taona ity mandrapihadiko manodidina azy, ka hasiako zezika, angamba mbola hamoa izy; fa raha tsy izany, dia hokapainao ihany» . Nitombo ny fikarakarana natao tamin' ilay hazo tsy namokatra. Nomena azy ny tombon-tsoa rehetra. Fa raha nijanona tsy misy voa ihany izy, dia tsy misy azo hamonjena azy amin' ny fandringanana. Tsy voalaza izay nety ho vokatry ny asan' ilay mpamboatra tao amin' ny fanoharana. Niankina tamin' ny vahoaka izay nilazan' i Kristy ny teniny izany. Nasehon' ilay hazo tsy nitondra vokatra izy ireo, ary nipetraka taminy ny fanapahana ny amin' izay ho anjarany. Nomena azy ny tombon-tsoa rehetra izay azon' ny Lanitra arotsaka, nefa tsy nandray tombon-tsoa tamin' ny fitahiana nitombo natao taminy izy. Ny nataon' i Kristy tamin' ny nanozonany ilay aviavy tsy namoa no nanehoana ny vokany. Efa nanapa-kevitra ny amin' ny fandringanana ny tenany izy ireo. {IFM 624.1}

Nandritra ny arivo taona mahery, ny firenena jiosy dia nanarampo tafahoatra tamin' ny famindrampon' Andriamanitra ka niantso ny fitsarany. Efa nitsipaka ny fampitandremana nataony izy ka namono ny mpaminany. Noho ireo fahotana ireo no nahatonga ny vahoaka tamin' ny andron' i Kristy ho tompon' andraikitra ny amin' ny tenany tamin' ny fanarahany io lalana io ihany. Ny fitsipahany ny famindrampo sy ny fampitandremana tamin' ny androny no itoeran' ny helok' io taranaka io. Ny gadra izay novolavolain' ny firenena nandritra ny taonjato maro, no nafatotry ny olona tamin' ny andron' i Kristy tamin' ny tenany. {IFM 624.2}

Amin' ny vanim-potoana rehetra dia omena ny olona ny andro andraisany fahazavana sy tombon-tsoa, dia fotoam-pahasoavana izay ahazoany ho vita fihavanana amin' Andriamanitra. Misy fetrany anefa io fahasoavana io. Mety hitalaho mandritra ny taona maro ny famindrampo ka atao tsinontsinona sy tsipahina, nefa tonga ny fotoana izay anaovan' ny famindrampo ny fitalahoany farany. Manjary mafy indrindra ny fo. hany ka

mijanona tsy mamaly intsony ny Fanahin' Andriamanitra. Amin' izay dia tsy miangavy ny mpanota intsony ilay feo mamy sy mitaona, ka mitsahatra ny fananarana sy ny fampitandremana. {IFM 624.3}

Tonga ho an' i Jerosalema io andro io. Nitomany Jesosy, nampangitakitaka azy ilay tanàna tandindomin-doza, nefa tsy afaka manafaka azy Izy. Efa laniny taminy ny heriny rehetra teo Aminy. Tamin' ny nandavan' Isiraely ny fampitandremana nataon' ny Fanahin' Andriamanitra, dia notsipahany ny hany fomba hanampiana azy. Tsy nisy hery hafa izay ahazoana manafaka azy. {IFM 625.1}

Tandindon' ny vahoaka amin' ny andro rehetra ny firenena Jiosy, izay nanamavo ny fitahian' Ilay Fitiavana mandrakizay. Ho an' ny fahotana amin' ny andro rehetra ny ranomason' i Kristy raha nitomany an' i Jerosalema Izy. Teo amin' ny fitsarana navoaka ho an' Isiraely dia nahazoan' izay nandà ny fananarana sy ny fampitandreman' ny Fanahy Masin' Andriamanitra mamaky ny fanamelohana ny tenany voasoratra tao. {IFM 625.2}

Amin' ity taranaka ity dia misy betsaka no mamindra eo amin' ny toerana nalehan' ireo Jiosy tsy mino ireo. Vavolombelon' ny fanehoana ny herin' Andriamanitra izy ireo; niteny tamin' ny fony ny Fanahy Masina ; nefa nifikitra tamin' ny tsy finoany sy ny fanoherany izy. Mandefa fampitandremana sy fananarana ho azy Andriamanitra, nefa tsy vonona ny hiaiky ny fahadisoany izy, ka nitsipaka ny hafatra sy ny mpitondra hafatra nalefany. Izay ampiasainy indrindra hanasitranana azy no manjary vato manafintohina ho azy ireo. {IFM 625.3}

Nankahalain' Isiraely nihemotra ny mpaminanin' Andriamanitra, Satria nentina teo amin' ny mazava tamin' ny alalan' ireo ny fahotany miafina. Noraisin' i Ahaba ho fahavalony i Elia satria nahatoky ilay mpaminany tamin' ny nanomezany tsiny ny fahadisoana miafina nataon' ny mpanjaka. Toy izany koa ankehitriny, ny mpanompon' i Kristy izay manome tsiny ny fahotana dia misetra fanesoesoana sy fandavana. Miady amin' ny riaka maherin' ny fahalotoana ara-pitondrantena ny fahamarinan' ny Baiboly sy ny fivavahan' i Kristy. Mafy kokoa ao am-pon' ny olona ankehitriny, mihoatra noho ny tamin' ny andron' i Kristy, ny hevitra mibahana ao am-po. Tsy nahatanteraka izay nampoizin' ny olona Kristy; fanomezan-tsiny ny fahotana ny fiainany, ka nolaviny Izy. Toy izany koa ankehitriny, ny fahamarinan' ny tenin' Andriamanitra dia tsy mifandrindra amin' izay ataon' ny olona sy ny fironany ara-nofo, ary an' arivony no mandà ny fahazavany. Misy olona atosik' i Satana, izay mahatonga fisalasalana ny amin' ny tenin' Andriamanitra, ka mifidy ny hampiasa ny heviny mahaleo-tena. Mifidy ny haizina izy fa

tsy ny mazava, nefa mampidi-doza ny fanahiny izy amin' izany. Izay mitarika adihevitra lava ny amin' ny tenin' i Kristy, dia hahita antony mitombo hatrany hiadiana hevitra, mandra-piodiny hiala amin' ny Marina sy ny Fiainana. Toy izany koa ankehitriny. Tsy fikasan' Andriamanitra ny hanala ny fanoherana rehetra izay mety ho entin' ny fo ara-nofo hanoherana ny fahamarinana. Hijanona ho zava-miafina mandrakizay ho an' izay mandà ny tara-pahazavana sarobidy tokony hampahazava ny haizina, ny zava-miafina ao amin' ny tenin' Andriamanitra. Afenina aminy ny fahamarinana. Mandeha toy ny jamba izy, ka tsy fantany ny faharavana manoloana azy. {IFM 625.4}

Nibanjina an' izao tontolo izao sy ny taonjato rehetra mifandimby Kristy teo an-tampon' ny tendrombohitra Oliva; ary azo ampiharina amin' ny fanahy rehetra izay manao tsinontsinona ny famindrampon' Andriamanitra ny teniny. Ry mpanaraby ny fitiavany, miteny aminao Izy androany. «Ianao, eny, ianao indrindra», raha mba nahafantatra mantsy ianao na dia amin' ity andro ity aza izay momba ny fiadanana. Mandrotsaka ranomaso mangidy ho anao Kristy, dia ianao izay tsy manana ranomaso arotsaka ho an' ny tenanao. Efa miseho eo aminao sahady ny fahamafisam-po mampididoza izay nanapotika ny Fariseo. Ny tsirairay avy amin' ny porofo mazavan' ny fahasoavan' Andriamanitra. ny tsirairay avy amin' ny tara-pahazavana avy amin' Andriamanitra rehetra, dia, na manalefaka sy mampilefitra ny fanahy. na manamafy ny toetrany tsy mety mibebaka tsy misy fanantenana. {IFM 626.1}

Hitan' i Kristy mialoha fa hijanona ho mafy fo sy tsy hibebaka i Jerosalema ; nefa dia ho eo an-tokonam-baravarany ny fahadisoany rehetra sy ny vokatry ny fandavany ny famindrampo rehetra. Ho toy izany koa amin' ny fanahy rehetra izay manaraka izany lalana izany. Hoy Jehovah: «Izao no maharingana anao, ry Isiraely ô; manohitra Ahy Izay famonjena anao hianao». «Henoy, ry tany ! Indro, Izaho hahatonga loza amin' ity firenena ity, dia ny vokatry ny heviny ihany; fa tsy nihaino ny teniko izy, ary nolaviny ny lalàko» {IFM 626.2}

## Toko 65—Ny tempoly nodiovina indray

Tamin' ny fiantombohan' ny asany dia navoakan' i Kristy avy tao amin' ny tempoly ireo izay nandoto izany tamin' ny varotra tsy masina nataony ; ary niteraka horohoro tao am-pon' ireo mpivarotra nioko ny fihetsiny henjana mitovy tamin' Andriamanitra. Tamin' ny fiafaran' ny asa nanirahana Azy dia tonga teo amin' ny tempoly indray Izy, ka hitany fa mbola maty hasina tahaka ny teo aloha ihany izany. Ratsy noho ny teo aloha aza ny toe-javatra. Tahaka ny tsenan' omby lehibe ny kianja ivelan' ny tempoly. Nifangaro tamin' ny fikiakiakan' ny biby sy ny feon' ny vola vy mikorintsana ny antsoantsoam-pahatezerana ataon' ny mpivarotra sy ny mpividy, ary tao anatin' izany no nandrenesana ny feon' ny olona nanao ny asa masina. Ireo tompon' andraikitra ambony teo amin' ny tempoly mihitsy no niditra an-tsehatra tamin' ny fividianana sy ny fivarotana ary ny fanakalozam-bola. Voafehin' ny fitiavana hahazo tombony tamin' ny fomba feno indrindra izy, hany ka teo imason' Andriamanitra dia tsy tsara noho ny mpangalatra izy ireo. {IFM 627.1}

Tsy nahatsapa firy ny haja sy ny voninahitry ny asa napetraka ho adidiny ny manatanteraka izany ny mpisorona sy ny mpanapaka. Isaky ny Paska sy ny Andro firavoravoana amin' ny Tabernakely, dia an' arivony ny biby novonoina, ary noraisin' ny mpisorona ny rany ka nararany teo amin' ny alitara. Efa nahazatra ny Jiosy ny rà natao fanatitra, koa efa saiky very tsy teo imasony fa ny fahotana no nahatonga izao fandatsahana ny ran' ny biby rehetra izao ho ilaina. Tsy hitany fa mampiseho mialoha ny ran' ny Zanaka malalan' Andriamanitra izany, izay hahidina ho fiainan' izao tontolo izao, ary amin' ny alalan' ny fanatitra dia tokony hotarihina ho eo amin' Ilay Mpanavotra voahombo ny olona. {IFM 627.2}

Nijery ireto biby tsy manan-tsiny natao fanatitra Jesosy, ary hitany ny nanaovan' ny Jiosy ireny fivoriambe ireny ho sehatry ny fandatsahan-drà sy ny habibiana. Ho solon' ny fibebahana noho ny fahotana feno fanetren-tena, dia nampitomboiny ny biby natao fanatitra, toy ny ho azo homem-boninahitra amin' ny fanompoana tsy atao amin' ny fo Andriamanitra. Efa nanamafy ny fony tamin' ny fitiavan-tena sy ny fitiavan-karena ny mpisorona sy ny mpanapaka. Ny tandindona mihitsy izay manondro ny Zanak' ondrin' Andriamanitra dia efa nataony fomba ahazoana tombony. Noho izany, dia simba tamin' ny lafiny maro ny fahamasinan' ny fanompoam-pivavahana fanatitra teo imason' ny olona. Niseho ny fahatezeran' i Jesosy, fantany fa tsy hankasitraka firy ny rany, izay efa hahidina ho an' ny fahotan' izao tontolo izao ny mpisorona sy ny loholona toy ny nataony tamin' ny ran' ny biby izay nakorinany tsy an-kijanona. {IFM 628.1}

Efa niteny nanohitra ireny fomba ireny Kristy tamin' ny nampilazainy an' i Samoela mpaminany hoe : «Sitrak' i Jehovah moa ny fanatitra hodorana sy ny fanatitra hafa alatsa-drà mihoatra noho ny mihaino ny feon' Andriamanitra. He ! ny manaraka no tsara noho ny fanatitra, ary ny mihaino no tsara noho ny saboran' ondrilahy». Ary Isaia, raha nahita ny fihemoran' ny Jiosy tamin' ny alalan' ny fahitana milaza ny ho avy, dia niteny tamin' izy ireo amin' ny maha-mpanapaka an' i Sodoma sy Gomora azy hoe : «Mandrenesa ny tenin' i Jehovah, ry mpitsaran' i Sodoma, mihainoa ny lalàn' Andriamanitra ry vahoakan' i Gomora. Hataoko inona ny zavatra betsaka vonoinareo ho fanatitra ? hoy Jehovah, efa tofoka ny ondrilahy atao fanatitra odorana sy ny saboran' ny zanak' omby mifahy Aho, ary tsy sitrako ny ran' ny vatotr' ombilahy sy ny an' ny zanak' ondry ary ny an' ny osilahy. Raha avy miseho eo anatrehako hianareo, iza moa no nitady anareo hanitsakitsaka ny kianjako ? «Misasà hianareo, diovy ny tenanareo, esory tsy ho eo anoloan' ny masoko ny ratsy fanaonareo, mitsahara, fa aza manao ratsy ; mianara hanao ny tsara, diniho izay rariny, anaro ny mpampahory, omeo rariny ny kamboty, tsarao ny adin' ny mpitondratena» . {IFM 628.2}

Ilay nanome mihitsy ireo faminaniana ireo, no mamerina farany ny fampitandremana ankehitriny. Ho fanatanterahana ny faminaniana dia efa nanambara an' i Jesosy ho mpanjakan' ny Isiraely ny vahoaka. Efa nandray ny fankalazana Azy Izy, ka nanaiky ny anarana amin' ny maha-mpanjaka Azy. Araka izany toetra izany no tsy maintsy ho fihetsiny. Fantany fa tsy hisy vokany ny ezaka hanovana ny fisoronana efa simba ; na dia izany aza, tsy maintsy hatao ny asany ; tsy maintsy haseho amin' ny vahoaka tsy mino ny porofo mazava ny amin' ny asa nanirahan' Andriamanitra Azy. {IFM 629.}

Nitety indray ny kianjan' ny tempoly maty hasina ny maso matsilon' i Jesosy. Nitodika tany Aminy ny fijery rehetra. Ny mpisorona sy ny mpanapaka, ny Fariseo sy ny jentilisa, samy gaga sy natahotra nijery an' Ilay nijoro teo anatrehany tamin' ny fahalehibeazan' ny Mpanjakan' ny lanitra. Namirapiratra avy tao amin' ny maha-olombelona ny maha-Andriamanitra, ka nanarona an' i Kristy tamin' ny fahamendrehana sy ny voninahitra tsy mbola naseho mihitsy teo aloha. Izay teo akaikiny indrindra, dia nikisaka lavitra araka izay azo natao tao anatin' ny vahoaka. Afa-tsy vitsivitsy tamin' ny mpianany, dia nijoro irery teo ny Mpamonjy. Nangina ny feo rehetra. Toa tsy ho zaka izany fanginana lalina izany. Niteny taminkery izay nampitsingevaheva ny olona tahaka ny rivo-doza mahery Kristy hoe : «Efa voasoratra hoe : Ny tranoko dia trano fivavahana, fa hianareo kosa manao azy ho zohy fieren' ny jiolahy». Tahaka ny trompetra no fanenon' ny feony tao amin' ny tempoly. Tahaka ny afo mandevona ny fahasorenana teo amin' ny endriny. Nibaiko tamim-pahefana Izy hoe :«Esory teto ireto zavatra ireto

!». {IFM 629.2}

Telo taona talohan' izao, dia menatra ny mpanapaka tao amin' ny tempoly, nandositra rehefa nibaiko Jesosy. Hatramin' izay dia nahagaga azy ny tahotra nanjo azy sy ny fankatoavany tsy nisy adi-varotra tamin' ny olona tsotra dia tsotra iray monja. Tsapany fa tsy afaka hamerina izany fileferana tsy mendrika izany izy. Nefa ankehitriny dia raiki-tahotra noho ny tamin' ny voalohany izy, ary vao mainka niolomay nankato ny baikony. Tsy nisy na dia iray aza sahy nanontany ny fahefany. Nandositra teo anatrehany ny mpisorona sy ny mpivarotra, sady nanosika ny bibiny teo anoloany. Raha nivoaka ny tempoly izy ireo dia nifanena tamin' ny vahoaka marobe izay tonga nitondra ny marariny nitady Ilay Mpanasitrana lehibe. Ny zavatra nolazain' ireo olona nandositra dia nahatonga ny sasany tamin' ireny hiverin-dalana. Natahotra ny hifanena amin' Ilay manan-kery toy izany izy, izay ny fijeriny fotsiny dia nitarika ny mpisorona sy ny mpanapaka hiala tsy ho eo anatrehany. Betsaka anefa no nibosesika tao anatin' ny vahoaka miolomay, naniry mafy rty ho tonga eo amin' Ilay hany fanantenana ho azy ireo. Rehefa nandositra ny tempoly ny olona marobe, dia betsaka no nijanona tao aoriana. Nanatona ny vao tonga Izy izao. Feno marary sy olona efa ho faty indray ny kianjan' ny tempoly, ary nanompo azy ireo indray Jesosy. {IFM 629.3}

Rehefa afaka kelikely dia nanandrana niverina tao amin' ny tempoly ny mpisorona sy ny mpanapaka. Rehefa nitony ny tahotra be nameno ny rehetra, dia nampangitakitaka azy ny ahafantatra izay ho fihetsik' i Jesosy manaraka. Nanantena Azy handray ny seza fiandrianan' i Davida izy. Niverina moramora tao amin' ny tempoly izy ireo, ka nahare ny feon' ny lehilahy sy ny vehivavy ary ny ankizy madinika nidera an' Andriamanitra. Raha niditra izy ireo dia tafatsofoka teo anatrehan' ny toe-javatra mahagaga. Hitany ny marary sitrana, ny jamba nahiratra, ny marenina nalady, ny mandringa nitsambikimbikina tamim-pifaliana. Ny ankizy no tena faly indrindra. Efa nanasitrana ny aretiny Jesosy ; nofihininy teny an-trotroany izy ireny, nekeny ny horokoroka nataony izay nitory fitiavana sy fankasitrahana, ary nisy tamin' ireny resy tory teo an-tratrany raha nampianatra ny vahoaka Izy. Ankehitriny, feom-pifaliana no nentin' ny ankizy nihira ny fiderana Azy. Naveriny ny hosana nataony ny omalin' iny, ary nahofahofany teo anatrehan' ny Mpamonjy ny sampan-drofia, tamin' ny fomba milaza fandresena. Nanakoako sy nanakoako hatrany ny tempoly feno antsoantsompiderany nanao hoe : «Hotahina anie Izay avy amin' ny anaran' i Jehovah !» «Indro ny Mpanjakanao avy ho anao ; marina Izy sady manam-pamonjena !» «Hosana ho an' ny Zanak' i Davida !» {IFM 630.1}

Nanafintohina ny mpanapaka ny tempoly ny nandre ireto feo nilaza fahasambarana

tsy hay notohaina. Nihevitra ny hampijanona izany fampisehoana izany izy. Nasehony tamin' ny vahoaka fa maty hasina ny tranon' Andriamanitra noho ny tongotry ny ankizy madinika sy ny antsoantsom-pifaliany. Rehefa hitany fa tsy nandaitra tamin' ny vahoaka ny teniny, dia niantso an' i Kristy ny mpanapaka hoe : «Renao va izay lazain' ireo ? Dia hoy Jesosy taminy : Eny, tsy mbola novakinareo va ny teny manao hoe : «Avy amin' ny vavan' ny ankizy madinika sy ny zaza minono no nanamboaranao fiderana?» Efa nambaran' ny faminaniana mialoha fa hatsangana ho mpanjaka Kristy, ary tsy maintsy ho tanteraka io teny io. Nandà ny hilaza ny voninahiny amin' ny feo avo ny mpisorona sy ny mpanapaka tao amin' Isiraely, ka nohetsehin' Andriamanitra ny zaza mba ho vavolombelona ho Azy. Raha nangina ny feon' ny zaza, dia ny andrin' ny tempoly mihitsy no nihira ny fiderana ny Mpamonjy. {IFM 630.2}

Very hevitra tanteraka ny Fariseo ka tsy hitany izay hatao. Ilay tsy azony hampitahorina no nibaiko. Naka ny toeran' ny mpiambina ny tempoly Jesosy. Tsy mbola nandray fahefan' ny mpanjaka toy izao mihitsy Izy. Tsy mbola nanan-kery lehibe toy izao mihitsy ny teniny sy ny asany talohan' izao. Efa nanao asa mahagaga Izy nanerana an' i Jerosalema, nefa talohan' izao dia tsy mbola nanao izany tamin' ny fomba manetriketrika sy manaitra toy izao Izy. Teo anatrehan' ny vahoaka dia nijoro ho vavolombelon' ny asany mahagaga Izy, ka tsy sahy nampiseho fankahalana mivantana Azy ny mpisorona sy ny mpanapaka. Na dia naharomotra azy sy nahatonga azy hitsanga-menatra aza ny valinteniny, dia tsy afaka nanao zavatra hafa izy tamin' iny andro iny. {IFM 631.1}

Ny ampitso maraina dia nandinika indray izay fihetsika hatao amin' i Jesosy ny Synedriona. Telo taona talohan' izao, dia nangataka famantarana ny amin' ny maha-Mesia Azy izy ireo. Hatramin' io fotoana io dia nanao asa nisehoan' ny hery manerana ny tany Izy. Nanasitrana ny marary Izy, nahavoky olona an' arivony tamin' ny fomba mahagaga Izy, nandeha teo ambonin' ny rano manonja Izy, ary nampitony ny ranomasina nisamboaravoara. Efa imbetsaka Izy no namaky ny tao am-pon' ny olona toy ny amin' ny boky mivelatra ; namoaka demonia Izy, ary nanangana ny maty. Teo anatrehan' ny mpanapaka ny porofo mazava ny maha-Mesia Azy. Izao izy ireo dia tsy manapa-kevitra ny hangataka famantarana ny amin' ny fahefany, fa ny hampanaiky Azy na ny hampiteny Azy zavatra izay hahazoana manameloka Azy. {IFM 631.2}

Niverina nankany amin' ny tempoly izay nampianaran' i Jesosy izy ireo, ka nanomboka nanontany Azy hoe : «Fahefana manao ahoana no anaovanao izao zavatra izao ? Ary iza no nanome anao izany fahefana izany ?» Nantenain' izy ireo hilaza Izy fa avy amin' Andriamanitra ny fahefany. Fanambarana toy izany no nokasainy hotsipahana.

Notsenain' i Jesosy tamin' ny fanontaniana izay toa mikasika zavatra hafa anefa izy, ary nataony fepetra hanomezany valin-teny ny famalian' izy ireo io fanontaniana io. «Ny batisan' i Jaona», hoy Izy, «avy tany an-danitra va, sa avy tamin' ny olona ?» Hitan' ny mpisorona fa tafiditra tao amin' ny kizo izy ka tsy hisy fahaizana mandahatra ahatafavoaka azy amin' izany. Raha milaza izy fa avy any an-danitra ny batisan' i Jaona, dia ho hita mazava ny tsy fanarahany ny ataony amin' ny lazainy. Hiteny Kristy hoe : «Nahoana ary no tsy nino azy hianareo ?» Jaona dia nanao vavolombelona ny amin' i Kristy hoe : «Indro ny Zanak' Ondrin' Andriamanitra Izay manaisotra ny fahotan' izao tontolo izao». Raha nino ny teny vavolombelona nataon' i Jaona ny mpisorona, ataony ahoana no fandà ny maha-Mesia an' i Kristy ? Raha manambara izay tena inoany izy, fa avy amin' olombelona ny asa fanompoan' i Jaona, dia hatezerana mifofofofo no hipoaka ny tenany ; ninoan' ireo vahoaka ho mpaminany mantsy i Jaona. {IFM 631.3}

Liana dia liana ny vahoaka niandry ny fanapahan-kevitra. Fantany fa nilaza ny tenany ho nanaiky ny asa fanompoan' i Jaona ny mpisorona, koa nantenainy izy ireo fa hanaiky tsy misy fihambahambana fa avy amin' Andriamanitra i Jaona. Nefa rehefa nifampidinika mangina izy ireo, dia nanapa-kevitra ny tsy hilaza ny heviny. Tamin' ny fihatsarambeiatsihy no nilazany fa tsy fantany ka hoy izy hoe : «Tsy fantatray». «Izaho kosa, hoy Kristy, tsy hilaza aminareo izay fahefana hanaovako izao zavatra izao». {IFM 632.1}

Ny mpanora-dalàna, ny mpisorona sy ny mpanapaka dia samy nangina avokoa. Menatra sy diso fanantenana izy ireo, ka nitanondrika tsy sahy nametraka fanontaniana hafa intsony, tamin' i Kristy. Ny fahakanosan' izy ireo sy ny tsy fahatapahan-keviny no azo lazaina fa nanimba ny fanajan' ny vahoaka azy, izay nijoro teo, nihomehy nahita ireto lehilahy nirehareha sy nanamarin-tena resy. {IFM 632.2}

Zava-dehibe avokoa ireo teny rehetra nolazain' i Kristy ireo sy ny nataony, ka ho tsapa hitombo fatra hatrany ny hery miasa mangina avy amin' izany taorian' ny nanomboana Azy tamin' ny hazo fijaliana sy ny niakarany tany an-danitra. Betsaka tamin' ireo izay nitebiteby niandry ny vokatry ny fanontaniana an' i Jesosy, no nanjary mpianany tamin' ny farany, voatarika voalohany ho eo Aminy tamin' ny teniny tamin' "iny andro nisehoan-java-dehibe iny. Tsy afaka tao an-tsain' izy ireo mihitsy ny toe-javatra nitranga tao amin' ny kianjan' ny tempoly. Voamarika ny fahasamihafan' i Jesosy sy ny mpisoronabe raha niresaka izy ireo. Nitafy fitafiana sarobidy sy lafo ity olo-manan-kajan' ny tempoly feno fireharehana. Nisy satroboninahitra intelo miantoana namirapiratra teo an-dohany. Mendri-kaja ny bikany. fotsy ny volon-dohany sy ny volombavany lavabe noho ny taonany. Niteraka tahotra sy fanajana teo amin' ny

mpitazana ny fisehoany. Nanoloana ity olona be voninahitra ity Ilay Andrianan' ny lanitra, tsy nanana haingo na izay hoentimiseho. Naloto noho ny dia nataony ny fitafiany ; hatsatra ny endriny, sady nampiseho alahelo nombam-paharetana ; voasoratra teo anefa ny haja sy ny halemem-panahy izay nifanohitra tamin' ny fomba mahagaga tamin' ny fireharehana, ny fahatokian-tena sy ny endrika vinitra teo amin' ny mpisoronabe. Betsaka tamin' izay vavolombelon' ny teny sy ny fihetsika nataon' i Jesosy tao amin' ny tempoly, no nirakitra tao am-pony ny fanekena Azy ho mpaminanin' Andriamanitra hatramin' io fotoana io. Rehefa nanjary nankasitraka an' i Jesosy anefa ny fihetseham-pon' ny vahoaka, dia nitombo ny fankahalan' ny mpisorona an' i Jesosy. Ny fahendrena izay nentiny niala ny fandrika novelarina teo an-tongony mantsy, dia porofo vaovao indray ny amin' ny maha-Andriamanitra Azy, ka nampidedadeda ny fahatezeran' izy ireo. {IFM 632.3}

Tsy fikasan' i Kristy ny hampietry ny mpanohitra Azy tamin' Izy niady hevitra tamin' ny raby. Tsy nahafaly Azy ny nahita Azy ireo sanganehana. Nanana lesona lehibe ampianarina Izy. Nahatonga ny fahavalony hitsanga-menatra Izy tamin' ny namelany Azy ho voafatotra ao amin' ny harato efa novelarin' ny tenany ihany. Ny faneken' izy ireo ny tsy fahalalany mikasika ny toetry ny batisan' i Jaona, dia nanome azy fotoana tsara nitenenana, ary nohararaotiny izany fotoana izany tamin' ny fanehoany teo anatrehany ny tena toerana nisy azy ireo, ka nampiany fampitandremana hafa indray ireo maro efa nomeny. {IFM 633.1}

«Fa ahoana kosa no hevitrao ?» hoy Izy. «Nisy lehilahy nanana zanaka roa lahy, dia nankeo amin' ny lahimatoa izy ka nanao hoe : Anaka, andeha miasa any amin' ny tanimboaloboko anio. Fa namaly izy ka nanao hoe : Tsy handeha aho ; nefa nony afaka izany, dia nanenina izy ka nandeha ihany. Dia nankeo amin' ny faralahy izy ka niteny toy izany koa. Ary izy namaly ka nanao hoe : Handeha aho, tompoko, kanjo tsy nandeha izy. Iza moa amin' izy. mirahalahy no nanao ny sitrapon' ny rainy ?» {IFM 633.2}

Nanampoka ireo mpihaino an' i Jesosy io fanontaniana tsy nampoizina io. Nanaraka akaiky ny fanoharana izy ireo ary izao izy dia namaly avy hatrany hoe : «Ny lahimatoa». Nafantok' i Jesosy mafy taminy ny masony, dia namaly tamin' ny feo henjana sy manetriketrika Izy hoe : «Lazaiko aminareo marina tokoa fa ny mpamory hetra sy ny vehivavy janga efa mialoha anareo ho amin' ny fanjakan' Andriamanitra. Fa Jaona nankany aminareo tamin' ny lalan' ny fahamarinana nefa tsy nino azy hianareo ; fa ny mpamory hetra sy ny vehivavy janga no nino azy ; fa hianareo kosa, na dia efa nahita izany azar-dia mbola tsy nibebaka mba hinoanareo azy». {IFM 633.3}

Tsy afaka ny tsy hanome valinteny marina ny fanontanian' i Kristy ny mpisorona sy ny mpanapaka, ary tamin' izany dia azon' i Kristy ny valintenin' izy ireo izay mankasitraka ny lahimatoa. Io zanany io dia mampiseho ny mpamory hetra, dia ireo izay nohamavoina sy nankahalain' ny Fariseo. Nivandravandra ny faharatsiampitondratenan' ny mpamory hetra. Mazava fa mpandika ny didin' Andriamanitra izy, ary naneho fanoherana mivantana ny fepetra takiany. Sady tsy mahay mankasitraka izy no ratsy fanahy ; rehefa nasaina nandeha hiasa ao an-tanimboaloboky ny Tompo izy, dia fandavana sy fanarabiana no nasetriny. Nefa rehefa tonga i Jaona, ka nitory ny fibebahana sy ny batisa, dia nandray ny hafatra nentiny ny mpamory hetra ka natao batisa. {IFM 634.1}

Ilay faralahy dia mampiseho ireo mpitarika teo amin' ny firenena Jiosy. Nisy Fariseo efa nibebaka sy nandray ny batisan' i Jaona ; nefa tsy neken' ireo mpitarika ho avy amin' Andriamanitra izy. Tsy nitondra azy ho eo amin' ny fanavaozana ny fampitandremana sy ny fiampangana nataony. «Nandà ny fikasan' Andriamanitra izy» satria «tsy mba nanatona hataon' i Jaona batisa» . Nozimbazimbain' izy ireo ny hafatra nentiny. Tahaka ilay faralahy izay niteny hoe : «Handeha aho, tompoko», rehefa nantsoina, nefa tsy nandeha, ny mpisorona sy ny mpanapaka izay nisora-tena ho nankatò nefa nanao asa tsy fankatoavana. Be filaza ny amin' ny fitiavambavaka izy ireo, ka nihambo ho mankato ny lalàn' Andriamanitra, nefa sandoka fotsiny ny fankatoavany. Na dia nampangain' ny Fariseo ho olona tsy mahatoky aza ny mpamory hetra ka nozoniny, dia nasehon' izy ireo kosa tamin' ny finoana sy ny asany fa nialoha ireto olona mpanamarin-tena ireto izy, izay efa nomena fahazavana lehibe, efa nanao asa tsy nifanaraka tamin' ny toetra amampanahy araka an' Andriamanitra ivavahany. {IFM 634.2}

Tsy te-handre ireo fahamarinana mahay mamantatra ny ao am-po ireo ny mpisorona sy ny mpanapaka ; nangina izy, nanantena ihany anefa fa hilaza zavatra izay ho azony ampiasaina hamelezana ny tenany Jesosy ; mbola handre zavatra hafa koa izy ireo. {IFM 634.3}

«Mihaínoa fanoharana hafa koa», hoy Kristy : «Nisy lehilahy tompon-trano nanao tanimboaloboka, dia namefy azy manodidina, dia nihady famiazana tao anatiny, dia nanao tilikambo, ary dia nahofany tamin' olona mpiasa tany izany, ka nandeha ho any amin' ny tany hafa izy. Ary rehefa mby akaiky ny taom-pahavokarana, dia naniraka ny mpanompony izy hankany amin' ny mpiasa tany handray ny vokatra. Fa ny mpiasa tany nisambotra ny mpanompony, ka ny anankiray nokapohiny, ary ny anankiray notorahany vato. Dia naniraka mpanompo hafa koa indray izy, maro noho ny teo ; fa nataony toy izany koa ireny. Ary nony farany dia naniraka ny zanany hankany aminy izy ka nanao

hoe : Hanaja ny zanako izy. Kanjo ny mpiasa tany, nony nahita ny zanaka, dia niresaka hoe : Ity no mpandova ; andeha hovonointsika izy, dia ho lasantsika ny lovany. Ary nisambotra azy izy ka namoaka azy teo ivelan' ny tanimboaloboka, dia namono azy. Koa raha tonga ny tompon' ny tanimboaloboka, hataony ahoana moa izany mpiasa tany izany ?» {IFM 635.1}

Ny vahoaka rehetra nanatrika teo no nitenenan' i Jesosy ; ny mpisorona sy ny mpanapaka anefa namaly : «Hataony loza tokoa ny handringanany izany olon-doza izany», hoy ireo, «ary ny tanimboaloboka dia hahofany amin' ny mpiasa tany sasany izay hanome azy ny vokatra amin' izay fotoana avy». Tsy hitan' ireo niteny avy hatrany ny fampiharana ny fanoharana, fa hitany kosa ankehitriny fa nanambara ny fanamelohana ny tenany izy. Nampiseho an' Andriamanitra ilay tompon-trano tao amin' ny fanoharana, nampiseho ny firenena Jiosy ny tanimboaloboka, ary ny fefy dia ny lalàn' Andriamanitra izay fiarovana azy. Ny tilikambo dia tandindon' ny tempoly. Efa nanao ny zavatra rehetra ilaina hampiroborobo ny tanimboaloboka, ny tompony. «Inona moa no mbola azo natao tamin' ny tanimboaloboko, hoy Izy, ka tsy efa nataoko taminy ?» Toy izany no nanehoana ny fikarakaran' Andriamanitra tsy mety sasatra an' Isiraely. Ary toy ireo mpiasa tany tokony hamerina amin' ny tompony ny ampahan' ny vokatry ny tanimboaloboka amin' ny fotoany, dia toy izany koa ny vahoakan' Andriamanitra izay tokony hanome voninahitra Azy amin' ny fiainana mifanaraka amin' ny tombon-tsoa masina noraisiny. Nefa toy ireo mpiasa tany namono ny mpanompo nalefan' ny tompony haka ny vokatra, dia toy izany koa ny Jiosy namono nahafaty ny mpaminany izay nalefan' Andriamanitra mba hiantso azy ho amin' ny fibebahana. Nasesiny novonoina tsirairay ny mpitondra hafatra. Tsy misy isalasalana ny fampiharana ny fanoharana hatramin' izao, ary mazava toy izany ihany koa izay manaraka. Ilay zanany malala izay nalefan' ny tompon' ny tanimboaloboka tamin' ny farany tany amin' ireo mpanompony tsy mankato, ka nosamboriny sy novonoiny, dia nahatsinjovan' ny mpisorona sy ny mpanapaka an' i Jesosy sy ny loza mananontanona Azy. Efa nanao drafitra ireo hamonoana an' Ilay nirahin' ny Ray teo aminy hanao antso farany aminy. Ny famaliana nampiharina tamin' ireo mpiasa tany tsy mahay mankasitraka ireo dia nampiseho ny loza hanjo an' izay hamono an' i Kristy. {IFM 635.2}

Nangoraka azy ireo Jesosy nijery azy ka hoy ny tohin' ny teniny: «Tsy mbola novakinareo va ny teny ao amin' ny Soratra Masina hoe : Ny vato izay nolavin' ny mpanao trano dia izy no efa natao fehizoro ; avy tamin' i Jehovah izao ka mahagaga eo imasontsika ? Ary noho izany dia lazaiko aminareo hoe : Hesorina aminareo ny fanjakan' Andriamanitra ka homena izay firenena mahavokatra ny voany. Ary izay potraka amin'

ity vato ity dia ho torotoro, fa na zovy na zovy no hianjerany, dia ho mongomongo». {IFM 636.1}

Efa naverimberin' ny jiosy matetika tao amin' ny synagoga ity faminaniana ity, ary nampihariny tamin' ny Mesia ho avy. Kristy no Ilay vato fehizoron' ny fivavahana Jiosy, sy ny drafitry ny fanavotana manontolo. Io vato fanorenana io ankehitriny no lavin' ireo mpanorina ny firenena jiosy, dia ny mpisorona sy ny mpanapaka tao Isiraely. Nanintona ny sainy tamin' ireo faminaniana izay tokony hampiseho azy ny loza mananontanona azy ny Mpamonjy. Ny fomba rehetra azon' ny heriny ampiasaina dia niezahany hanazavana aminy ny toetry ny zavatra efa ataony ankehitriny. {IFM 636.2}

Nisy anton-javatra hafa koa nokendren' ny teniny. Raha nanontany Kristy hoe : «Raha tonga ny tompon' ny tanimboaloboka, hataony ahoana moa izany mpiasa tany izany ? dia nokendreny hamaly toy izay nataon' izy ireo ny Fariseo. Nokendreny hanameloka ny tenany izy. Raha tsy manainga azy ho amin' ny fibebahana ny fampitandremana ataony, dia hanisy tombo-kase ny loza hanjo azy, koa nirin' i Kristy ny hahitan' izy ireo fa mahatonga loza ho an' ny tenany ihany izy. Nokendreny ny hahitan' izy ireo ny fahamarinan' Andriamanitra amin' ny hisintonany. ny tombontsoany teo amin' ny fireneny, zavatra izay efa nanomboka, ary hifarana tsy amin' ny fandravana ny tempoly sy ny tanànany ihany, fa amin' ny fiparitahan' ny fireneny koa. {IFM 636.3}

Azon' ny mpihaino ny fampitandremana. Nefa na dia ny mpisorona sy ny mpanapaka mihitsy aza no niteny namoaka ny didim-pitsarana, dia vonona izy ireo hameno ny sary naseho ka niteny hoe : «Ity no mpandova ; handeha hovonointsika». «Nitady hisambotra Azy izy, saingy natahotra ny vahoaka satria nataon' ny vahoaka ho mpaminany Jesosy». Nankasitraka an' i Kristy ny vahoaka. {IFM 637.1}

Raha nampiasa ny faminaniana momba ilay vato nolavina Kristy, dia nilaza momba ny toe-javatra nisy tokoa tamin' ny tantaran' Isiraely Izy. Nifandray tamin' ny fanorenana ny tempoly voalohany io toe-javatra io. Nisy fampiharana manokana tamin' ny fiavian' i Kristy voalohany izany, ary tokony hanan-kery manokana ho fiantsoana ny Jiosy, sady misy lesona ho antsika koa. Fony natsangana ny tempolin' i Solomona, dia efa voaomana daholo sy efa nopehana ireo vato goavam-be hatao rindrina sy fototra. Rehefa nentina teo amin' ny toerana hanorenana azy izy ireo, dia tsy nisy fiasana nampiasaina intsony ; nametraka azy teo amin' ny toerany fotsiny ny mpiasa. Nisy vato iray lehibe noho ny fahita sy nanana bika manokana nentina atao fototra ; tsy nahita toerana ho azy anefa ny mpiasa, ka tsy nekeny. Nahasorena azy ireo ny namela azy tsy misy mampiasa eo amin' ny lalana falehany. Navela ela teo ilay vato nolavina. Nefa rehefa tonga teo amin' ny

fametrahana ny vato fehizoro ny mpanao trano, dia ela no nitadiavany vato ampy habe sy hamafisana, sy nanana ny bika ilaina, ho eo amin' ny toerana manokana, ka hahazaka ny lanja be hitambesatra aminy. Raha tsy tsara fidy izay hataony eo amin' ny toeran-dehibe io, dia hidiran-doza sy tsy ho azo antoka ny trano manontolo. Tsy maintsy mahita vato afaka hahazaka ny herin' ny masoandro, ny fanala sy ny tafio-drivotra izy. Betsaka ny vato nofidina tamin' ny fotoana samihafa, nefa potipotika izy rehefa nitambesaran' ny lanja be makadiry. Ny sasany tsy hahazaka ny sedran' ny fiovan' ny toetr' andro tampoka. Nony farany anefa dia voasintona teo amin' ilay vato nolavina hatry ny ela dia ela ny saina. Niharihary teo amin' ny rivotra, teo amin' ny masoandro sy ny tafio-drivotra izy, nefa tsy nahitana triatra na dia kely toy inona aza. Nodinihin' ny mpanao trano ilay vato. Nahatanty ny sedra rehetra izy afa-tsy ny anankiray. Raha mahatanty ny sedra amin' ny fizakana vesatra betsaka izy, dia tapa-kevitra ny mpiasa hanaiky azy io ho vato fehizoro. Natao ny fisedrana. Nekena ilay vato, napetraka teo amin' ilay toerana voatokana ho azy, ary hita fa tena mifanaraka tsara. Naseho an' Isiraely tao amin' ny fahitana arapaminaniana fa tandindon' i Kristy io vato io. Hoy izy : {IFM 637.2}

«Jehovah, Tompon' ny maro, no hasino ; ary aoka Izy no hangovitanareo. Dia ho fitoerana masina ho anareo Izy, fa ho vato mahatafintohina sy vatolampy mahasolafaka kosa amin' ny firenena roa amin' Isiraely, sady fandrika sy tonta amin' ny mponina any Jerosalema. Ary maro ao aminy no ho tafintohina sady ho làvo sy ho ringana ary ho voafandrika sy ho voasambotra». Rehefa nentina tamin' ny fahitana ara-paminaniana teo amin' ny fiavian' i Kristy voalohany ny mpaminany, dia naseho azy fa hizaka fisedrana sy fitsapana Izy ary tandindon' izany ny natao tamin' ilay vato fehizoro tao amin' ny tempolin' i Solomona. «Dia izao no lazain' i Jehovah Tompo : Indro, Izaho no efa nametraka vato ao Ziona, dia vato voazaha toetra, vato tsara izay fehizoro voaorina ho fanorenana mafy, ka tsy mba ho taitra izay mino». {IFM 638.1}

Tamin' ny fahendrena tsy misy fetra, no nifidianan' Andriamanitra ilay vato fehizoro, ka Izy ihany no nametraka Azy. Nantsoiny ho «fanorenana mafy» izany. Azon' izao tontolo izao manontolo ny mametraka ny entany mavesatra sy ny alahelony eo aminy, zakany avokoa izany. Mahazo matoky tanteraka izy manorina eo amboniny. Kristy no Ilay «vato voazaha toetra». Izay mitoky Aminy dia tsy ho diso fanantenana mihitsy. Nahatanty ny fisedrana rehetra Izy. Nahazaka ny vesatry ny fahadisoan' i Adama Izy, sy ny fahadisoan' ny taranany, ary nivoaka nihoatra noho ny mpandresy tamin' ny herin' ilay ratsy. Nitondra ny enta-mavesatra napetraky ny mpanota mibebaka rehetra Izy. Ao amin' i Kristy no ahitan' ny fo meloka fahatoniana. Izy no fanorenana mafy. Izay rehetra miankina Aminy, dia mitoetra ao amin' ny fiadanana tanteraka. {IFM 638.2}

Ao amin' ny faminanian' Isaia, dia lazaina ho sady fanorenana mafy no vato mahatafintohina koa Kristy. Nasehon' ny apostoly Petera na ho an' iza no ho fanorenana mafy Kristy, ary ho an' iza Izy -no ho vatolampy mahasolafaka, raha nanoratra teo ambanin' ny fitarihan' ny Fanahy Masina izy. {IFM 638.3}

Raha tahiny nanandrana ianareo fa tsara ny Tompo, Izay hatoninareo toy ny vato velona, nolavin' ny olona, fa voafidin' Andriamanitra sady soa, ka dia atsangana koa ianareo tahaka ny vato velona ho trano fanahy, ho fisoronana masina, hanatitra fanatipanahy, sitrak' Andriamanitra amin' ny alalan' i Jesosy Kristy. Fa misy teny ao amin' ny Soratra Masina manao hoe :«Indro, nametraka fehizoro ao Ziona Aho, dia vato voafidy sady tsara ; ary izay mino Azy tsy ho menatra. Ka ny fahatsarana dia ho anareo izay mino ; fa amin' izay tsy mino kosa ny vato izay nolavin' ny mpanao trano no efa tonga fehizoro, ary vato mahatafintohina sy vatolampy mahasolafaka ; ary satria tsy nanaiky ireo, dia tafintohina tamin' ny teny izy». {IFM 638.4}

Ho an' izay mino, Kristy no fanorenana mafy. Ireo dia izay mianjera amin' ilay vatolampy ka torotoro. Ny fileferana amin' i Kristy sy ny finoana Azy no aseho eto. Ny mianjera amin' Ilay Vatolampy sy ny torotoro, dia ny miala amin' ny fanamarinantena sy ny manatona an' i Kristy amin' ny fahatsoran' ny zaza ary ny mino ny fitiavany mamela heloka. Ary toy izany koa amin' ny alalan' ny finoana sy ny fankatoavana no iorenantsika eo amin' i Kritsy ho fanorenana ho antsika. {IFM 639.1}

Eo amin' io vato velona io, ny Jiosy sy ny Jentilisa no samy afaka manorina. Io no hany fanorenana izay ahazoantsika manorina amin' ny fomba azo antoka. Ampy ho an' ny rehetra ny halehibeny, ary ampy ny hamafiny hizaka ny lanjan' ny havesatr' izao tontolo izao manontolo. Koa rehefa mifandray amin' i Kristy Ilay vato velona, izay rehetra miorina eo amin' io fanorenana io, dia manjary vato velona. Betsaka ny olona no voapaipaika, voalambolambo sy manjary tsara tarehy noho ny ezaka ataon' ny tenany ; nefa tsy mety ho tonga «vato velona» izy, satria tsy mifandray amin' i Kristy. Raha tsy io fifandraisana io, dia tsy mety misy olona ho voavonjy na dia iray aza. Raha tsy ao amintsika ny fiainan' i Kristy, dia tsy afaka hahajoro amin' ny tafio-drivotry ny fakampanahy isika. Miankina amin' ny fiorenantsika amin' ny fanorenana mafy ny antoka mandrakizay ho antsika. Vahoaka marobe ankehitriny no manorina eo ambonin' ny fanorenana izay tsy voazaha toetra. Rehefa milatsaka ny orana, ka mifofofofo ny tafiotra, ary tondraka ny rano, dia hianjera ny tranony, satria tsy miorina eo ambonin' Ilay Vatolampy mandrakizay, Ilay vato fehizoro, dia Jesosy Kristy. {IFM 639.2}

Vatolampy mahasolafaka Kristy ho an' izay «tafintohina tamin' ny teny», «satria tsy

nanaiky». Fa «ny vato izay nolavin' ny mpanao trano no efa tonga fehizoro». Tahaka ilay vato nolavina, dia tsy nisy mpihevitra sady nampahoriana Kristy fony Izy niasa teto an-tany. «Natao tsinontsinona sy nolavin' ny olona Izy ; Lehilahy ory sady zatra ny fahoriana . . . natao tsinontsinona Izy ka tsy mba nahoantsika». Akaiky anefa ny fotoana hanomezam-boninahitra Azy. «Naseho tamin-kery ho Zanak' Andriamanitra» Izy tamin' ny alalan' ny fitsanganana amin' ny maty. Amin' ny fiaviany fanindroany dia haseho ho tompon' ny lanitra sy ny tany Izy. Hanaiky ny fahalehibeazany ireo izay efa hanombo Azy amin' ny hazo fijaliana. Eo anatrehan' izao rehetra izao ilay vato nolavina no hanjary vato fehizoro. {IFM 639.3}

Ary «izay hianjerany, dia ho mongomongo». Ny vahoaka izay nandà an' i Kristy dia hanatri-maso tsy ho ela ny faharavan' ny tanànany sy ny fireneny. Ho potipotika ny voninahiny, ary haparitaka tahaka ny vovoka eny amin' ny rivotra. Ary inona no nitondra fandringanana ho an' ny Jiosy ? Noho ny vatolampy, izay noheveriny hiorenana ka hanjary antoka ho azy. Fa ny fahatsaran' Andriamanitra kosa nataony tsinontsinona, ny fahamarinany nozimbazimbaina, ny famindrampony nohamaivanina. Nijoro hanohitra an' Andriamanitra ny olona, ary izay rehetra tokony ho famonjena ho azy dia nivadika ho fandravana azy. Izay rehetra noheverin' Andriamanitra ho fiainana, dia lasa fahafatesana ho azy. Voafono tao amin' ny nanomboan' ny Jiosy an' i Kristy teo amin' ny hazo fijaliana ny faharavan' i Jerosalema. Ny ra nalatsaka tao Kalvary no vesatra nampilentika azy tao amin» ny fahafatesana ny amin' ity izao tontolo izao ity sy ny izao tontolo izao ho avy. Ho toy izany koa amin' ny andro farany, rehefa hilatsaka amin' izay nandà ny fahasoavan' Andriamanitra ny fitsarana. Kristy, Ilay vatolampy mahasolafaka, dia hiseho aminy toy ny tendrombohitra mpamaly faty. Ny voninahitry ny endriny, izay fiainana ho an' ny marina, dia ho afo mandevona ho an' ny ratsy fanahy. Noho ny fitiavana nolavina sy ny fahasoavana nozimbazimbaina, dia ho faty ny mpanota. {IFM 640.1}

Nasehon' i Kristy tamin' ny alalan' ny sary sy ny fampitandremana miverimberina, ny mety ho vokatry ny fandavan' ny Jiosy ny Zanak' Andriamanitra. Ireo teny ireo dia miantefa amin' ny fotoan' andro rehetra izay mandà ny handray Azy ho Mpanavotra azy. Ho azy ireo ny fampitandremana rehetra. Ny tempoly very hasina, ny zanaka tsy mpankato, ny mpiasa tany sandoka, ny mpanorin-trano mpanimbazimba : manana ny akony eo amin' ny fanandraman' ny mpanota tsirairay ireo fa, raha tsy mibebaka izy, dia ho azy ny fanamelohana efa voalaza. {IFM 640.2}

## Toko 66—Adihevitra

Nihaino tamim-panginana ny fanomezan-tsiny manindrona nataon' i Kristy ho azy ireo ny mpisorona sy ny mpanapaka. Tsy hainy ny mitsipaka ny fiampangany. Nefa tamin' izay vao mainka tapa-kevitra ny hamandrika Azy izy, ary «nandefa mpitsikilo teo Aminy, noho izany antony izany, izay toa marina, mba hamandrika Azy amin' ny teniny, hanolorany Azy ho amin' ny hery sy ny fahefan' ny governora»1. Tsy ny Fariseo tranainy izay efa nifanena matetika tamin' i Jesosy no nalefany, fa tovolahy mirehitra sy mafana fo, ary noheveriny fa tsy fantatr' i Kristy. Nisy Herodiana sasantsasany niaraka tamin' izy ireo nasaina nanoratra ny tenin' i Kristy, mba hahazoany nijoro ho vavolombelona hanohitra Azy eo amin' ny fitsarana Azy. Mpifahavalo sy mpifankahala fatratra ny Fariseo sy ny Herodiana, nefa ankehitriny izy dia niray amin' ny fandrafiana an' i Kristy. {IFM 641.1}

Nanorisory mafy ny Fariseo ny hetra nampandoavin' ny Romana. Notanany ho mifanohitra amin' ny lalàn' Andriamanitra ny fandoavan-ketra. Nahita fotoana mety anefa izy izao ahazoany mamela-pandrika an' i Jesosy. Nanatona Azy ny mpitsikilo, ary toa marina izy ireo, tahakan' izay te-hahalala ny adidiny iny, ka hoy izy ireo hoe : «Mpampianatra ò, fantatray fa miteny sy mampianatra marina Hianao ka tsy mizaha tavan' olona fa mampianatra marina ny lalàn' Andriamanitra : Mety va raha mandoa vola hetra ho an' i Kaisara izahay, sa tsia ?» {IFM 641.2}

Ny teny hoe : «Fantatray fa miteny sy mampianatra marina Hianao», raha avy amin' ny fony tokoa, dia ho teny fampidirandresaka mahagaga. Nefa na dia natao mba hamitahana aza izany, dia marina ny teny vavolombelona nolazainy. Fantatry ny Fariseo tsara fa miteny sy mampianatra ny marina Kristy, ary hotsaraina amin' ny teny vavolombelona nataony ihany izy. {IFM 641.3}

Noheverin' ireo nametraka fanontaniana fa efa nafeniny tsara ny fikasany ; nefa Jesosy kosa namaky ny tao am-pony toy ny ao amin' ny boky mivelatra, ka nitsapa ny fihatsarambelatsihiny. «Nahoana no maka fanahy Ahy hianareo ?» hoy Izy, tamin' izany dia nanome famantarana izay tsy nangatahin' ireo Izy, tamin' ny fanehoany fa mamaky ny fikasan' ireo miafina Izy. Vao mainka menatra ireo rehefa niteny nanampy Jesosy hoe : «Asehoy Ahy ny farantsa kely fandoa amin' ny hetra. Nentina izany, ka nanontany Izy hoe : An' iza ity sary sy soratra ity ? Hoy izy taminy : an' i Kaisara».Sady nanondro ny soratra teo amin' ny vola Jesosy no niteny hoe : «Aloavy ho an' i Kaisara ary izay an' i Kaisara, ary ho an' Andriamanitra izay an' Andriamanitra». { FM 642.1}

Nanantena ny mpitsikilo fa hamaly mivantana ny fanontaniany Jesosy, na amin' ny

fanekena na amin' ny fandavana. Raha miteny Izy hoe : Tsy mety ny mandoa vola hetra ho an' i Kaisara, dia ho taterina any amin' ny manam-pahefana Romana izany ka hosamborina Izy satria mitarika fikomiana. Fa raha milaza kosa Izy fa mety ny mandoa vola hetra, dia nikasa ny hiampanga Azy amin' ny vahoaka ho manohitra ny lalàn' Andriamanitra izy. Izao anefa dia mahatsiaro menatra sy resy izy. Voakorontana ny drafitra nataony. Ny fomba fohy nametrahany ny fanontaniana dia nahatonga azy tsy hanan-kolazaina intsony. {IFM 642.2}

Tsy fidifiana ny valintenin' i Kristy, fa famaliana tsotra sy mazava ny fanontaniana. Teny an-tanany ny vola Romana, izay nisy ny anarana sy ny sarin' i Kaisara, ary nambarany fa satria velona teo ambanin' ny fiarovan' ny fahefana Romana izy, dia tokony hamerina amin' izany fahefana izany ny fanohanana takiny, raha mbola tsy mifanohitra amin' ny adidy ambony kokoa izany. Nefa na dia olompehezin' ny lalàn' ny tany misy azy aza izy, ary mitady filaminana, dia ny fanompoana an' Andriamanitra no tokony hotoloran mandrakariva ny haja voalohany indrindra. {IFM 642.3}

Ny tenin' ny Mpamonjy hoe : «Aloavy ... ho an' Andriamanitra izay an' Andriamanitra», dia fanomezan-tsiny henjana nataony tamin' ny Jiosy be tetika. Raha nanatanteraka tamim-pahatokiana ny adidiny tamin' Andriamanitra izy, dia tsy ho firenena nilefitra teo ambanin' ny fifehezan' ny fahefana vahiny. Tsy ho nisy saina Romana nihevaheva teo ambonin' i Jerosalema, tsy ho nisy miaramila Romana niambina teo ambavahadiny, tsy ho nisy governora Romana nifehy tao anatin' ny mandany. Nandoa ny sazin' ny fihemorany tamin' Andriamanitra ny firenena Jiosy tamin' izany. {IFM 642.4}

Rehefa nandre ny valintenin' i Kristy ny Fariseo, dia «gaga ary dia nandao Azy ka lasa nandeha». Nanome tsiny ny fihatsarambelatsihy sy ny fahasahisahiany foana Izy, ka nametraka fotokevitra lehibe tamin' izany, dia foto-kevitra mampiseho mazava ny faritry ny adidin' ny olona amin' ny fanjakana sy ny adidiny amin' Andriamanitra. Tao an-tsain' ny maro dia nisy olana nahasorena nipetraka mazava tsara. Tatỳ aoriana rehetra dia notanan' izy ireo izany foto-kevitra marina izany. Ary na dia tsy afa-po aza ny maro, dia hitany fa naseho mazava ny foto-kevitra iorenan' ny olana, ary gaga izy tamin' ny sain' i Kristy mahay mamantatra sy mahita lavitra. {IFM 643.1}

Raha vantany vao nangina ny Fariseo dia tonga ny Sadoseo nitondra ny fanontaniany mifono hafetsena. Nifanohitra tamin' ny fomba mangidy ireo antoko roa ireo. Mpanaraka sarotiny ny lovantsofina ny Fariseo. Henjana dia henjana izy teo amin' ny fombampivavahana ivelambelany, nazoto teo amin' ny fidiovana, ny fifadiankanina, sy

ny fivavahana lava reny ary ny fampiderana ny fanomezana ho an' ny mahantra. Nolazain' i Kristy anefa fa nanao tsinontsinona ny lalàn' Andriamanitra izy tamin' ny fampianarany ny didin' olombelona ho foto-pinoana. Amin' ny maha-antokon' olona azy dia nampiseho fitiavam-bavaka diso toerana sy fihatsarambelatsihy izy ; tamin' izy ireo anefa dia nisy olona tena nivavaka marina, izay nanaiky ny fampianaran' i Kristy ka nanjary mpianany. Notsipahin' ny Sadoseo ny lovan-tsofin' ny Fariseo. Nilaza izy fa nino ny ampahany betsaka amin' ny Soratra Masina, ary nihevitra izany ho fitsipika eo amin' ny fiainana, nefa raha ny tena izy dia nisalasala tamin' ny zavatra rehetra sy ara-nofo izy. {IFM 643.2}

Nandà ny fisian' ny anjely ny Sadoseo, nandà ny fitsanganana amin' ny maty sy ny fampianarana momba ny fiainana ho avy izy, miaraka amin' ny valisoa sy ny famaizana amin' izany. Izany rehetra izany dia tsy nitovizany tamin' ny Fariseo. Ny fitsanganana amin' ny maty no tena anton-javatra manokana tsy nifanarahan' ireo antoko roa ireo. Ny Fariseo kosa dia mafy orina tamin' ny finoany ny fitsanganana amin' ny maty, nefa nanjary nikorontana ny fomba fijeriny ny ho avy rehefa miady hevitra izy. Nanjary zava-miafina tsy hay hazavaina ny fahafatesana taminy. Niteraka fahatezerana hatrany ny tsy fahaizany manohitra ny fonjan-kevitra nentin' ny Sadoseo. Araka ny - mahazatra dia mivadika ho fifandirana an-katezerana ny adihevitra ataon' ny andaniny sy ny ankilany, ka vao mainka mifanalavitra noho ny teo aloha ny fifandraisan' izy roa tonta. {IFM 643.3}

Raha ny isany dia vitsy lavitra noho ireo mpanohitra azy ny Sadoseo, ary tsy nanan-kery mitovy aminy eo amin' ny sarambaben ny vahoaka; betsaka taminy anefa no nanan-karena ka nanan-daza tamin' izany hareny izany. Nitolona mafy teo amin ny laharana misy azy ireo ny ankabeazan' ny mpisorona, ary araka ny mahazatra dia teo amin' ireo no nifidianana ny mpisoronabe. Na dia izany aza anefa dia nampoizina fa tsy maintsy nampangina ny fiheverany feno fisalasalana sy tsy azo antoka izy ireo. Noho ny isan' ny Fariseo sy ny maha-mamy hoditra azy, dia nilain' ny Fariseo ny mandefitra ivelambelany ny amin' ny fampianarany rehefa mitana toerana eo amin' ny fisoronana izy ; nefa satria azo nofidina tamin' ny toerana toy izany izy, dia nanome hery miasa mangina ny hevi-disony izany. {IFM 644.1}

Nandà ny fampianaran' i Jesosy ny Sadoseo; tsy neken' izy ireo ny fisehoan' ny fanahy izay nanetsika an' i Jesosy toy izany ; ary nifanohitra tamin' ny fiainan' izy ireo ny fampianarany mikasika an' Andriamanitra sy ny fiainana ho avy. Nino an' Andriamanitra ho hany tokana ambonin' ny olona izy ireo; nefa nanangan-kevitra nilaza izy fa ny fitondran' Andriamanitra izay mifehy ny olona sy ny fitsinjovan' Andriamanitra

azy, dia manala ny maha-olona manana fahefana azy, ka mampidina azy ho eo amin' ny toeran' andevo. Nino izy ireo fa rehefa namorona ny olona Andriamanitra, dia navelany samirery izy, tsy miankina amin' ny hery ambony kokoa afaka hiasa mangina aminy. Notanany fa manana fahafahana hifehy ny fiainany ny olona ka hamolavola ny toe-javatra eo amin' izao tontolo izao ; fa eo am-pelatanan' ny tenany ihany izay ho anjarany. Nolaviny ny asan' ny Fanahin' Andriamanitra amin' ny alalan' ny ezaka ataon' ny olombelona na amin' ny alalan' ny zavaboary. Nefa notanany kosa fa afaka misondrotra sy mihamazava saina ny olona amin' ny fampiasana tsara ny heriny ara-nofo : fa mety ho madio ny fiainany amin' ny fampijaliana henjana sy mafy.{ IFM 644.2}

Namolavola ny toetra amam-panahin' ny tenany ny fiheverany ny amin' Andriamanitra. Araka ny fomba fijeriny dia tsy misy mahaliana an' Andriamanitra eo amin' ny olona, koa noho izany dia zara raha mifampihevitra izy, ary samy velon-ko azy. Nandà ny hanaiky ny herin' ny Fanahy Masina eo amin' ny asan' ny olombelona izy, ka tsy nanana ny heriny teo amin' ny fiainany. Tahaka ny sisa amin' ny Jiosy, dia nirehareha betsaka ny amin' ny zony ara-pirazanana amin' ny maha-zanak' i Abrahama azy izy, sy ny amin' ny fanarahany akaiky ny fitakian' ny lalàna ; nefa kosa raha ny tena toe-tsain' ny lalàna marina sy ny finoana ary ny fitiavana haniry soa teo amin' i Abrahama, dia tsy nisy teo aminy. Ny firaisam-po voajanahary tao aminy dia tsy nivoaka lavitra. Ninoany fa azon' ny olona rehetra atao ny hampahazo antoka izay ahitana fiadanana sy fitahiana amin' ny fiainana; koa tsy nanohina ny fony izay ilain' ny hafa sy izay mampahory azy. Nivelona ho an' ny tenany izy. {IFM 644.3}

Tamin' ny alalan' ny teniny sy ny asany, Kristy dia vavolombelon' ny herin' Andriamanitra izay nitondra vokatra nihoatra noho ny vitan' ny olombelona, vavolombelon' ny fiainana ho avy ankoatry ny ankehitriny, vavolombelon' Andriamanitra, Rain' ny zanak' olombelona, Izay manara-maso sy miahy hatrany ny tena tombon-tsoany ho an' ny ainy. Nasehony ny asan' ny herin' Andriamanitra teo amin' ny fiantrana sy ny fangorahana izay nanome tsiny ny fitiavan-tena sy ny fiheveran' ny Sadoseo ny tenany samirery. Nampianatra izy fa miasa eo amin' ny fo amin' ny alalan' ny Fanahy Masina Andriamanitra, sady ho an' ny fiainan' ny olona ara-nofo no ho amin' izay hahasoa azy mandrakizay. Nasehony ny fahadisoana amin' ny fitokisana amin' ny herin' ny olombelona ho fanovana ny toetra amam-panahy izay tanteraka amin' ny alalan' ny Fanahin' Andriamanitra irery ihany. {IFM 645.1}

Nanapa-kevitra hampihem-bidy io fampianarana io ny Sadoseo. Koa raha niady hevitra tamin' i Jesosy izy, dia ny hanala baraka Azy no noheveriny, na dia tsy ho azony antoka aza ny fanamelohana Azy. Ny fitsanganana amin' ny maty no nofidiny

hametrahana fanontaniana Aminy. Raha mifanaraka aminy Izy, dia vao mainka hanafintohina bebe kokoa ny Fariseo. Raha tsy mitovy hevitra aminy Izy, dia ny hanaraby ny fampianarany no nokendreny. {IFM 645.2}

Nihevitra ny Sadoseo fa raha fitambaran-javatra mitovy ihany ny tenan' ny olona eo amin' ny toetrany velona mandrakizay sy eo amin' ny toetrany mety maty, rehefa mitsangana amin' ny maty izy izany dia tsy maintsy manana nofo aman-dra, ary tsy maintsy manohy indray ny fiainany niato teto an-tany any amin' izao tontolo izao maharitra mandrakizay. Noho izany dia toy izao no fehinteniny : tokony hitohy ny fifandraisana nisy tetỳ an-tany, tokony hikambana indray ny mpivady, hotontosaina ny fanambadiana, ary handeha araka ny talohan' ny fahafatesana ny zavatra rehetra, ka hitohy haharitra mandrakizay any amin' ny fiainana apy an-danitra ny fahalemena sy ny fironana ambany tamin' ity fiainana ity. {IFM 645.3}

Ho valin' ny fanontaniana napetrak' izy ireo, dia ningain' i Jesosy ny lamba nanarona ny fiainana ho avy. «Amin' ny fitsanganan' ny maty, hoy Izy, dia tsy mba hisy hampaka-bady na havoaka hampakarina, fa ho tahaka ny anjelin' Andriamanitra any an-danitra izy». Nasehony fa diso ny finoan' ny Sadoseo. Diso ny foto-kevitra niaingany. «Mahadiso hevitra anareo ny tsy fahafantaranareo ny Soratra Masina na ny herin' Andriamanitra» hoy koa Izy. Tsy nanameloka azy, tahaka ny nanamelohany ny Fariseo noho ny fihatsaràmbelatsihy Izy, fa noho ny fahadisoan' ny zavatra inoany. {IFM 646.1}

Nandoka tena ho mpanazava mahatoky indrindra ny Soratra Masina amin' ny olona rehetra ny Sadoseo. Nasehon' i Jesosy anefa fa tsy fantatr' izy ireo ny tena dikany. Ny fitsilovan' ny Fanahy Masina no tsy maintsy hampitoetra io fahalalana io ao am-po. Ny tsy fahafantarany ny Soratra Masina sy ny herin' Andriamanitra, hoy ny nambaran' i Jesosy, no anton' ny tsy fahazavan-kevitra eo amin' ny finoana sy haizina ao amin' ny saina. Niezaka ny hametra ny zava-miafin' Andriamanitra ao amin' ny faritry ny saina voafetra izy. Miantso azy Kristy mba hanokafany ny sainy ho amin' ireo fahamarinana masina izay hampitatra sy hampahatanjaka ny fahalalany. An' arivony ny olona no nanjary tsy mpino satria tsy hain' ny sainy voafetra takarina ny zava-miafin' Andriamanitra. Tsy hainy hazavaina ny fanehoana mahagaga ny herin' Andriamanitra eo amin' ny fitondrany, noho izany dia nolaviny ny fanehoana mazava ny hery toy izany, ka lazainy fa avy amin' ny hery voajanahary izay vao mainka tsy hainy hazavaina. Ny hany fanalahidin' ny zava-miafina izay manodidina antsika dia ny manaiky ny fanatrehana sy ny herin' Andriamanitra eo amin' izy rehetra. Lain' ny olona ny manaiky an' Andriamanitra ho Mpamorona an' izao rehetra izao, ho Ilay hany mibaiko sy manatanteraka ny zavatra rehetra. Mila fahitana malalaka kokoa ny amin' ny toetra

amam-panahiny, sy ny amin' ny zavamiafina momba ny fiasany izy. {IFM 646.2}

Nambaran' i Kristy tamin' ny mpihaino Azy fa raha tsy misy fitsanganan' ny maty, dia tsy misy soa azo avy amin' ny Soratra Masina izay lazainy fa inoany. Hoy Izy : «Fa ny amin' ny fitsa- nganan' ny maty, moa tsy mbola novakinareo va ny teny nataon' Andriamanitra taminareo manao hoe : Izaho no Andriamanitr' i Abrahama sy Andriamanitr' Isaka ary Andriamanitr' i Jakoba ? Andriamanitra tsy an' ny maty, fa an' ny velona». Isain' Andriamanitra toy ny misy ny zavatra tsy misy. Hitany ny farany hatramin' ny voalohany ary mibanjina ny vokatry ny asany toy ny efa tanteraka Izy ankehitriny. Sarobidy eo imason' Andriamanitra ireo maty hatramin' i Adama ka hatramin' ireo olona masina farany ho faty, ka handre ny feon' ny Zanak' Andriamanitra, ary hivoaka avy ao amin' ny fasana ho amin' ny fiainana mandrakizay. Andriamanitra no ho Andriamaniny, ary izy ho olony. Hisy fifandraisana ety sy mamy amin' Andriamanitra sy ny masina natsangana. Io toejavatra io, izay mbola ho avy eo amin' ny fikasany, no banjininy toy ny efa misy sahady. Velona ny maty eo Aminy. {IFM 646.3}

Nangina ny Sadoseo tamin' ny tenin' i Kristy. Tsy afaka namaly Azy izy. Tsy misy teny natao izay nahazoany vahana ka nentiny hanamelohana Azy. Tsy nisy na inona na inona azon' ny mpanohitra Azy afa-tsy ny fanesoesoan' ny vahoaka. {IFM 647.1}

Na dia izany aza dia tsy namoy fo ny Fariseo nitarika Azy hiteny izay ho azony ampiasaina hoenti-manohitra Azy. Notaominy ny mpanora-dalàna avara-pianarana iray hanontany an' i Jesosy ny amin' izay lehibe indrindra amin' ireo didy folo. {IFM 647.2}

Nanandratra ny didy efatra voalohany ny Fariseo, izay nanondro ny adidin' ny olona amin' ny Mpanao azy, ho misy antony lehibe lavitra noho ny enina sisa izay mamaritra ny adidin' ny olona amin' ny mpiara-belona aminy. Ho vokatr' izany dia voafetra ho kely dia kely ny toe-panahy araka an' Andriamanitra teo aminy. Efa nasehon' i Jesosy ny vahoaka ny banga lehibe teo aminy, ary efa nampianariny ny ilàna ny asa tsara, ka nambarany fa ny voany no ahafantarana ny hazo. Noho io antony io dia nampangaina ho nanandratra ny didy enina farany ho ambonin' ny efatra voalohany Izy. {IFM 647.3}

Nanatona an' i Jesosy ilay mpahay lalàna ka nametraka fanontaniana mivantana hoe : «Ny didy manao ahoana no voalohany amin' ny rehetra ?» Nivantana sy nanan-kery ny valintenin' i Kristy. «Ny voalohany dia izao : Mihainoa ry Isiraely : Jehovah Andriamanitsika dia Jehovah iray ihany; koa tiava an' i Jehovah Andriamanitrao amin' ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra sy ny sainao rehetra ary ny herinao rehetra». Izany no didy lehibe sady voalohany. Ary ny faharoa, izay tahaka ny voalohany ihany, hoy Kristy, satria nalaina avy amin' izany : «Tiava ny namanao tahaka ny tenanao.

Tsy misy didy hafa lehibe noho ireo». «Izany didy roa izany no ihantonan' ny lalàna rehetra sy ny mpaminany». {IFM 647.4}

Ny didy efatra voalohany amin' ny didy folo dia mifintina ho fitsipika iray lehibe : «Tiava an' i Jehovah Andriamanitrao amin' ny fonao rehetra». Ny enina farany dia voafaoka ao amin' ity anankiray ity : «Tiava ny namanao tahaka ny tenanao». Ireo didỳ roa ireo dia samy fanehoana ny foto-kevitry ny fitiavana. Tsy azo atao ny mitandrina ny iray ary mandika ny faharoa, ary tsy azo atao koa ny mitandrina ny faharoa, nefa tsy mitandrina ny voalohany. Rehefa manana ny toerana tokony ho Azy eo amin' ny seza fiandrianan' ny fo Andriamanitra, dia homentsika ny namantsika ny toerana tokony ho azy. Ho tiantsika tahaka ny tenantsika izy. Ary rehefa tia an' Andriamanitra ambony indrindra isika vao afaka ho tia ny namantsika tsy misy fizahana tavan' olona. {IFM 648.1}

Koa satria voafintina ao amin' ny fitiavana an' Andriamanitra sy ny olona ny didy rehetra, ny vokatr' izany dia fandikana an' io foto-kevitra io ny fandikana ny didy iray. Tamin' izany no nampianaran' i Kristy ny mpihaino Azy fa tsy fitsipika maro misaratsaraka tsy akory ny lalàn' Andriamanitra, ka misy lehibe, ary ny hafa tsy dia misy antony firy, ka tsy mampaninona raha hodian-tsy hita. Asehon' ny Tompo ho fitambaran-javatra iray manontolo avy amin' Andriamanitra ny didy efatra voalohany sy ny didy enina farany, ary mampianatra Izy fa haseho amin' ny alalan' ny fankatoavana ny didiny rehetra ny fitiavana an' Andriamanitra. {IFM 648.2}

Havanana dia havanana tamin' ny lalàna ilay mpanora-dalàna izay nametra-panontaniana tamin' i Jesosy, ka gaga izy tamin' ny teny nataony. Tsy nampoiziny hampiseho fahalalana lalina sy marina ny Soratra Masina toy izany Jesosy. Nahazo fahitana mivelatra kokoa ny amin' ny foto-kevitra iorenan' ireo fitsipika masina izy. Teo anatrehan' ny mpisorona sy ny mpanapaka tafavory no nanekeny tamin' ny fo marina fa araka izay tokony ho izy ny fandraisan' i Kristy ny lalàna, raha niteny Izy hoe : {IFM 648.3}

«Marina izany, Tompoko, tsara ny nilazanao fa iray ihany Andriamanitra, ary tsy misy afa-tsy Izy. Ary ny ho tia Azy amin' ny fo rehetra sy ny saina rehetra, sy ny hery rehetra, ary ny ho tia ny namana tahaka ny tena, dia mihoatra lavitra noho ny fanatitra hodorana sy ny fanatitra hafa rehetra izany». {IFM 648.4}

Nandresy lahatra an' ilay mpanora-dalàna ny fahendren' ny valintenin' i Kristy. Fantany fa fanompoam-pivavahana ivelambelany ny fivavahana Jiosy fa tsy fitiavam-bavaka anaty. Tsapany ny mahatsy misy vidiny ny fanatitra sy ny fanompoam-

pivavahana fotsiny ary ny fandatsahan-dra tsy misy finoana mba ho fanavotana amin' ny fahotana. Ny fitiavana sy ny fankatoavana an' Andriamanitra, sy ny fiheverana ny olona tsy ombam-pitiavan-tena, dia hitany fa misy vidiny lavitra noho ireo fombafomba rehetra ireo. Ny fahavononan' ity olona ity hahafantatra ny fahamarinan' ny hevitr' i Kristy, sy ny valinteniny hentitra sy mailaka teo anatrehan' ny vahoaka, dia naneho toe-tsaina samihafa tanteraka tamin' izay hita teo amin' ny mpisorona sy ny mpanapaka. Nangoraka an' ity mpanora-dalàna mahitsy fo ity ny fon' i Jesosy, izay sahy niatrika ny fahatezeran' ny mpisorona nisoritra teny amin' ny endriny sy ny fandrahonana nataon' ny mpanapaka, ka nilaza izay nandresy lahatra ny fony. «Ary raha hitan' i Jesosy fa namaly tamimpahendrena izy, dia hoy Izy taminy : Tsy lavitra ny fanjakan' Andriamanitra hianao». {IFM 649.1}

Akaiky ny fanjakan' Andriamanitra ilay mpanora-dalàna, tamin' izy nanaiky fa ankasitrahan' Andriamanitra noho ny fanatitra odorana sy ny fanatitra ny asam-pahamarinana. Ilain' izy io anefa ny manaiky ny toetra maha-Andriamanitra an' i Kristy, sy ny mandray avy ao Aminy hery hoenti-miasa fahamarinana amin' ny alalan' ny finoana. Tsy misy vidiny ny fanompoam-pivavahana fombafomba raha tsy eo ny firaisana amin' ny Mpamonjy avy amin' ny finoana velona. Ary na dia ny lalàna ara-pitondrantena aza dia tsy mahatratra ny zavatra kendreny, raha tsy fantatra ny firaisany amin' ny Mpamonjy. Naverimberin' i Kristy naseho fa misy dikany lalina kokoa noho ny soratry ny didy ny lalàn' ny Rainy. Ny fotokevitra aseho ao amin' ny Filazantsara ihany no voafono ao amin' ny lalàna sady mampiseho azy ny fahadisoany. Tsy maintsy mibanjina an' i Kristy izy hangataka famelan-keloka sy hery hoenti-manao izay takian' ny lalàna. {IFM 649.2}

Nitangorona akaiky an' i Jesosy ny Fariseo raha namaly ny fanontanian' ilay mpanora-dalàna Izy. Nitodika nankany amin' izy ireo indray izao Jesosy ka nametra-panontaniana hoe : «Ahoana no hevitrareo ny amin' i Kristy? Zanak' Iza moa Izy ?» Io fanontaniana io dia natao hisedrana ny finoany momba ny Mesia, - hanehoana raha mihevitra azy ho olona tsotra izy na ho Zanak' Andriamanitra. Niara-niredona ny feo namaly hoe : «Zanak' i Davida». Io no anarana nomen' ny faminaniana ny Mesia. Rehefa naneho ny maha-Andriamanitra Azy Jesosy teo amin' ny fahagagana lehibe nataony, rehefa nahasitrana ny marary sy nanangana ny maty Izy, dia nifanontany ny. vahoaka hoe : «Tsy ity va no Zanak' Davida ?» Ilay vehivavy Kananita, Bartimeo jamba, sy ny maro hafa koa dia niantsoantso nangataka fanampiana taminy nanao hoe : «Mamindrà fo amiko, Tompoko Zanak' i Davida ô». Raha nitaingina zanaboriky ho ao Jerosalema Jesosy dia antsoantsom-pifaliana no nentina niarahaba Azy hoe : «Hosana ho an' ny

Zanak' i Davida; Isaorana anie Izay avy amin' ny anaran' i Jehovah !» Ary ny zaza madinika tao amin' ny tempoly dia nampanakoako io filazana feno fifaliana io tamin' izany andro izany. Betsaka anefa ireo izay niantso an' i Jesosy ho Zanak' i Davida no tsy nanaiky ny mahaAndriamanitra Azy. Tsy azony fa Zanak' Andriamanitra koa ny Zanak' i Davida. {IFM 649.3}

Ho valin' ny fanambarana fa Zanak' i Davida Kristy dia hoy Jesosy hoe ; «Koa nahoana ary Davida amin' ny Fanahy no manao Azy hoe ; «Tompo», raha niteny hoe : {IFM 650.1}

*«Jehovah nilaza tamin' ny Tompoko hoe,*
*Mipetraha eo an-tànako an-kavanana*
*Ambara-panaoko ny fahavalonao*
*ho eo ambanin' ny tongotrao»? {IFM 650.2}*

Koa raha Davida ary manao Azy hoe «Tompo», ahoana no mahazanany Azy ? Dia tsy nisy nahavaly Azy na dia teny iray akory aza; ary hatramin' izay andro izay dia tsy nisy sahy nanontany Azy intsony». {IFM 650.3}

## Toko 67—Lozanareo Fariseo !

Andro farany nampianaran' i Kristy tao amin' ny tempoly tamin' izay. Ny sain' ny vahoaka marobe izay nivory tao Jerosalema dia nifantoka taminy avokoa ; nifanizina tao amin' ny kianjan' ny tempoly ny vahoaka, nanaraka ny fifanolanana izay nandroso hatrany, ary nanararaotra ny teny rehetra izay nivoaka avy amin' ny molony. Tsy mbola nanatri-maso toe-javatra toy izao mihitsy izy ireo hatramin' izao. Indro ilay tovolahy Galiliana, tsy nanana ny haja amam-boninahitra ara-nofo na ny famantarana ny maha-mpanjaka Azy. Manodidina Azy ny mpisorona miramarama, ny mpanapaka manao fitafiana sy ny famantarana manambara ny toerana ambony nisy azy, ary 'ny mpanora-dalàna nitondra ny horonan-taratasy teny an-tanany, izay nampiasainy matetika. Tony Jesosy nijoro teo anatrehany, mendrika tahaka ny mpanjaka. Toy ny olona nahazo fahefana avy tamin' ny lanitra Izy nijery tsy nikoso-maso ny fahavalony, izay nitsipaka sy nanazimbazimba ny fampianarany, ary nangetaheta 'ny handatsaka ny ainy. Marobe izy ireo no nanohitra Azy, nefa ny tetika rehetra nataony hamelarana fandrika Aminy sy hanamelohana Azy dia tsy nisy antony. Efa fihaikana niampy fihaikana no nosetrainy, ary nasehony azy ireo ny fahamarinana madio sy mamirapiratra izay mifanohitra amin' ny haizina sy ny hevi-dison' ny mpisorona sy ny Fariseo. Nasehony teo anatrehan' ireo mpitarika ireo ny tena toetrany marina, sy ny famaizana tsy maintsy hanaraka raha mikikitra amin' ny fanaovan-dratsy izy. Efa natao tamim-pahatokiana ny fampitandremana. Nefa nisy asa hafa mbola tsy vitan' i Kristy ; nisy fikasana hafa mbola hotanterahina. Efa nitombo sy nihamaly orina ny fahalianan' ny vahoaka tamin' i Kristy sy ny asany. Finaritra tamin' ny fampianarany izy nefa very hevitra be koa. Nanaja ny mpisorona sy ny raby izy noho ny fahazavan-tsainy sy ny toa fitiavam-bavaka ananany. Nilefitra amin' izao tamin' ny fahefany sy nankato azy ireo izy raha ny momba ny ara-pivavahana rehetra. Hitany anefa ankehitriny fa niezaka ireo olona ireo hanimba ny lazan' i Jesosy, Ilay Mpampianatra Izay nanana toetra tsara sy fahalalana nitombo famirapiratana hatrany na teo aza ny famelezana rehetra natao taminy. Faharesena sy henatra no hita soritra teny amin' ny endrika mangaihain' ireto mpisorona sy loholona. Nahagaga ny olona ny fandavan' ireo mpitondra tsy hino an' i Jesosy. nefa tsotra sy mazava indrindra ny fampianarany. Tsy hitany koa izay hatao. Nitebiteby sy liana tokoa izy nanaramaso ny fihetsik' ireo izay narahiny mandrakariva ny toroheviny. {IFM 651.1}

Teo amin' ny fanoharana izay nataon' i Kristy, ny fikasany dia ny hampitandrina ny mpanapaka sady hampianatra ny vahoaka izay nety hampianariny. Nefa mbola nilaina ny niteny mazava kokoa. Nanandevo ny vahoaka ny fanajany ny lovan-tsofina sy ny finoany jamba an' ireo mpisorona maloto saina. Tsy maintsy hotapahin' i Kristy ireo gadra ireo.

Tsy maintsy haseho amin' ny fomba feno kokoa ny toetra amam-panahin' ny mpisorona sy ny mpanapaka ary ny Fariseo. {IFM 652.1}

«Eo amin' ny fipetrahan' i Mosesy no ipetrahan' ny mpanoradalàna sy ny Fariseo, hoy Izy ; koa amin' izany, izay rehetra lazainy dia ataovy ka tandremo ; fa aza manao araka ny asany, satria miteny ihany izy nefa tsy manao». Nilaza ny tenany ho nandray fahefana avy amin' Andriamanitra mitovy amin' izay an' i Mosesy ny mpanoradalàna sy ny Fariseo. Noraisiny ny toeran' io mpanao lalàna io amin' ny maha-mpahay lalàna sy mpitsara ny vahoaka azy. Noho izany dia mitaky fanajana sy fankatoavana feno tamin' ny vahoaka izy. Nibaiko ny mpihaino Azy Jesosy hanao izay nampianarin' ny raby araka ny lalàna, fa tsy hanaraka ny ohatra nomeny. Izy tenany aza tsy nanaraka ny fampianarana nataon' ny tenany. {IFM 652.2}

Ary nampianatra zavatra betsaka izay nifanohitra tamin' ny Soratra Masina izy. Hoy Jesosy : «Mamehy entana sady mavesatra no sarotra entina izy ka manaingina izany eo amin' ny soroky ny olona nefa ny tenany tsy mety manetsika izany na dia amin' ny rantsan-tanany anankiray aza». Nanampy fitsipika be dia be ny Fariseo, izay niorina tamin' ny lovan-tsofina, ka nofeperany tsy ara-drariny ny fahafahan' ny tsirairay. Ary nisy faritra teo amin' ny lalàna izay nohazavainy tamin' ny fomba izay hanereny ny vahoaka hanaraka zavatra izay tsy ataon' ny tenany akory nefa lazainy fa ataony, fa afaka amin' ny fankatoavana an' izay marina izy, rehefa mahasoa ny fikasany izany. {IFM 652.3}

Ny mampiseho ny fitiavam-bavaka teo aminy no zavatra nokendreny mandrakariva. Tsy nisy zavatra noheveriny ho masina loatra ka tsy ho azony ampiasaina hahatrarany izany. Nilaza tamin' i Mosesy Andriamanitra mikasika ny didiny hoe: «Fehezo ho famantarana eo amin' ny tananao ireny, ary aoka ho fehy fampahatsiarovana eo ambonin' ny handrinao» . Misy dikany lalina ireo teny ireo. Rehefa dinihina lalina sy hiainana ny tenin' Andriamanitra, dia hihamendrika ny olona manontolo. Ny fihetsika mitory fahamarinana sy famindrampo, dia hanehoan' ny tanana ny foto-kevitry ny lalàn' Andriamanitra, ho famantarana. Ho voatahiry ho madio izy ho afaka amin' ny kolikoly sy amin' izay rehetra maloto sy mamitaka. Harisika izy eo amin' ny asan' ny fitiavana sy ny famindrampo. Ny maso voatarika ho amin' ny fikasana ambony dia hazava ho marina. Ny endrika mampiseho ny ao am-po, ny maso miteny, dia ho vavolombelon' ny toetra amam-panahy tsy misy hokianina eo amin' izay tia sy manaja ny tenin' Andriamanitra. Izany rehetra izany anefa dia tsy hitan' ny Jiosy tamin' ny andron' i Kristy. Ny baiko nomena an' i Mosesy dia noraisina amin' ny heviny fa tokony hoentina eo amin' ny vatan-tena ny fitsipiky ny Soratra Masina. Araka izany dia nosoratana teo amin' ny

taratasy lavalava izany. ka nafatotra hivandravandra nanodidina ny loha sy ny hatotanana. Izany anefa tsy nahatonga ny lalàn' Andriamanitra hamikitra mafimafy kokoa ny saina sy ny fo. Nanaovana toy ny famantarana ireny taratasy ireny, mba hanintona ny saina. Noheverina fa hanome endriky ny fitiavam-bavaka ho an» izay mitondra izany ireo ka hahatonga ny vahoaka ho feno fanajana. Novelezin' i Jesosy kapoka io fahamboana tsy misy antony io : {IFM 653.1}

«Ny asany rehetra dia hataony mba ho hitan' ny olona ; fa ataony lehibe ny fylakiterany, ary ataony vaventy ny somotraviaviny. Ary tia ny fitoerana aloha eo amin' ny fanasana izy, sy ny fipetrahana aloha eo amin' ny synagoga sy ny hoharabain' ny olona eny an-tsena ary ny hataon' ny olona hoe : Raby ò ! Fa hianareo kosa aza mety hatao hoe : Raby ô, fa iray ihany no Mpampianatra anareo ary hianareo rehetra dia mpirahalahy avokoa. Ary aza milaza olona ety an-tany ho rainareo, fa iray ihany no Rainareo, dia Izay any an-danitra. Ary aza mba mety hatao hoe mpitarika hianareo, fa iray ihany ny Mpitarika anareo dia Kristy». Tamin' ny teny mazava toy izany no nanehoan' ny Mpamonjy ny hambom-po feno fitiavantena fatra-pitady toerana sy voninahitra, misalotra fietrena sandoka, nefa ny fo feno fahihirana sy fialonana. Rehefa nantsoina ho amin' ny fanasana ny olona, dia napetraka araka ny laharany avy ny nasaina, ary izay nomena toerana mendri-kaja indrindra dia nokarakaraina voalohany sady nandray tombom-pitia manokana. Nikendry mandrakariva ny handray izany voninahitra izany ny Fariseo. Nomen' i Kristy tsiny io fomba io. {IFM 653.2}

Nomelohina koa ny fieboeboana miseho eo amin' ny fitsiriritana ny anarana hoe raby na tompo. Ny anarana toy izany, hoy Izy, dia tsy an' ny olona fa an' i Kristy. Samy mpirahalahy avokoa, zanaky ny Ray iray ihany ny mpisorona, ny mpanora-dalàna sy ny mpanapaka, ny mpamelabelatra sy ny mpampianatra ny lalàna. Nalatsak' i Jesosy tao ampon' ny vahoaka fa tsy tokony hanome anaram-boninahitra aman' olona izay manambara fa mifehy ny feon' ny fieritreretany na ny finoany izy. {IFM 654.1}

Raha teto an-tany Kristy ankehitriny, ka nohodidin' ireo izay mitondra ny anarana hoe «Mendrika hohajaina» na «Mendrika hohajaina indrindra», moa ve tsy haveriny indray ny teniny manao hoe : «Ary aza mba mety hatao hoe mpitarika hianareo.; fa iray ihany no Mpitarika anareo, dia Kristy». Izao no ambaran' ny Soratra Masina ny amin' Andriamanitra : «Masina sy mahatahotra ny anarany» . Olombelona iza no antonona ny anarana toy izany ? Kely manao ahoana no asehon' ny olona ny amin' ny fahendrena sy ny fahamarinana izay ambaran' izany ? Firy amin' izay mitana io anarana io no mampiseho amin' ny fomba diso ny anarana sy ny toetra amam-panahin' Andriamanitra. Indrisy, impiry impiry moa ny hambom-po araka izao tontolo izao, ny fanjakazakana sy

ny fahotana ambany indrindra no nafenina tao ambany fitafiana rakotra peta-kofehy fanao amin' ny asa ambony sy masina. Notohizan' ny Mpamonjy hoe : «Fa izay lehibe aminareo no ho mpanompo anareo. Fa izay manandra-tena no haetry ; ary izay manetry tena no hasandratra». Naverimberin' i Kristy nampianarina fa ny fahamendrehana arapitondratena no mamatra ny tena fahalehibeazana. Raha araka ny fanombanan' ny lanitra ny atao hoe fahalehibeazan' ny toetra amampanahy, dia fiainana atolotra mba hahasoa ny mpiara-belona. eo amin' ny fanaovana asam-pitiavana sy asam-pamindrampo. Mpanompon' ny olombelona lavo Kristy, Ilay Mpanjakan' ny voninahitra. {IFM 654.2}

«Lozanareo, mpanora-dalàna sy Fariseo, mpihatsaravelatsihy ! fa arindrinareo eo anoloan' ny olona ny fanjakan' ny lanitra ; fa hianareo tsy miditra ary izay miditra dia tsy avelanareo hiditra». Diso ny fandraisan' ny mpisorona sy ny mpahay lalàna ny Soratra Masina ka mahajamba ny sain' ireo izay ho nandray fahalalana ny fanjakan' i Kristy sy ilay fiainana anaty avy amin' Andriamanitra izay ilaina indrindra eo amin' ny tena fahamasinana. {IFM 655.1}

«Lozanareo, mpanora-dalàna sy Fariseo, mpihatsaravelatsihy ! fa laninareo ny tranon' ny mpitondratena, ary dia manao vavaka lavareny mba ho fiolahana hianareo, koa izany no hahazoanareo fahamelohana mafimafy kokoa». Nanana hery lehibe niasa mangina tamin' ny vahoaka ny Fariseo, ary noraisiny ho tombony izany mba hitondra soa ho azy. Nahatoky azy ireo ny mpitondratena tia vavaka, koa nasehony ho adidin' izy ireo ny manokana ny fananany ho amin' ny fivavahana. Rehefa azony antoka ny fifehezany ny volany, dia nampiasain' ireto mpanao teti-dratsy fetsilahy hahazoany tombony izany. Mba hanaronany ny toetrany tsy marina, dia nanao vavaka lavareny ampahibemaso izy sy nanao fampisehoana be ny amin' ny fitiavany vavaka. Io fihatsarambelatsihy io no nambaran' i Kristy fa hitondra fanamelohana mafimafy kokoa ho azy. Mihatra amin' ny olona maro amin' ny androntsika koa io fanomezan-tsiny io, dia izay milaza betsaka ho tia vavaka. Voapentin' ny fitiavan-tena sy ny fitiavam-bola ny fiainany, nefa saronany amin' ny fitafian' ny toa fahadiovana izany rehetra izany ; koa amin' izany dia mamitaka vetivety ny mpiara-belona aminy izy. Andriamanitra anefa tsy azo fitahana. Mamaky ny fikasana izay ao am-po Izy, ka hitsara ny olona araka ny asany. {IFM 655.2}

Tsy nisalasala Kristy nanameloka ny fanaovan-dratsy, nefa nitandrina Izy mba tsy hampihen-danja ny adidy. Nomeny tsiny ny fitiavan-tena izay maka an-keriny sy mampiasa amin' ny tsy tokony ho izy ny fanomezan' ny mpitondratena. Tamin' izany fotoana izany koa dia nidera ny mpitondratena izay nitondra ny fanatiny ho ao amin' ny fitehirizan' Andriamanitra Izy. Ny fampiasan' ny olona diso ny fanomezana dia tsy afaka

manala ny fitahian' Andriamanitra amin' ny mpanome izany. {IFM 655.3}

Teo amin' ny kianja nisy ny vata fanatazam-drakitra Jesosy, ka nanara-maso izay tonga nametraka ny fanomezany. Maro ny mpanankarena nitondra vola betsaka, izay nentiny tamin' ny fisehosehoana. Nalahelo Jesosy nijery ireo, nefa tsy nasiany fitenenana ny fahalalahan-tanany. Izao kosa dia nazava ny endriny raha nahita mpitondratena mahantra izay nisalasala nanatona Izy, toa matahotra sao misy mijery. Rehefa nanatona tamim-pahamendrehana ny manankarena sy ny mirehareha mba hametraka ny rakitra nentiny, dia nitakemotra izy toa mila tsy ho sahy handroso. Nefa naniry mafy ny hanao zavatra izy, na dia kely aza izany, ho an' ny asa izay tiany. Nojereny ny fanomezana teny an-tanany. Kely dia kely izany raha hampitahaina amin' ny fanomezana manodidina azy, nefa io no fananany rehetra. Niandry ny fotoana mety izy, dia narotsany haingana ny farantsany kely roa ary niverina haingana niala teo izy. Teo am-panaovana izany anefa dia hitany ny fijerini Jesosy, izay nifantoka mafy tamin' ny azy. {IFM 656.1}

Nantsoin' ny Mpamonjy teo Aminy ny mpianany ka nasainy nanamarika ny fahantran' ilay mpitondratena. Dia ren' ny sofiny tamin' izay ny teny fiderana nataon' i Jesosy azy : «Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa fa io mpitondratena malahelo io no efa nandatsaka be noho izay rehetra nandatsaka tao amin' ny fandatsahan-drakitra. Feno ranomasom-pifaliana ny masony raha nahatsapa fa azo sy nankasitrahana ny fihetsiny. Betsaka no ho nanoro hevitra azy hitana ny vola keliny hampiasainy ho an' ny tenany ihany ; raha atao eo am-pelatanan' ny mpisorona efa tsara tohana izany, dia tsy ho hita ao anatin' ireo fanomezana sarobidy maro nentina tao amin' ny trano fitehirizana. Fantatr' i Jesosy anefa ny hery nanosika azy hanao izany. Nino izy fa notendren» Andriamanitra ny fanompoana tao amin' ilay tempoly, ary nahamay azy ny hanao izay farany azony atao mba hanohanana izany. Nanao izay vitany izy, ary tsangambato hotsarovany amin' ny fotoana rehetra ny fihetsika nataony sy ho fiafaliany ho mandrakizay. Lasa niaraka tamin' ny fanomezany ny fony ; tsy ny vidin' ny vola fa ny fitiavana an'. Andriamanitra sy ny tombon-tsoa hitany eo amin' ny asany izay nanosika ny fihetsiny no nanombanana izany. {IFM 656.2}

Hoy Jesosy ny amin' ilay mpitondratena mahantra : «efa nandatsaka be noho izay rehetra nandatsaka tao amin' ny fandatsahan-drakitra izy». Nanome avy amin' ny betsaka nananany ny manankarena, ary ny maro tamin' ireo dia nanao izany mba ho hitan' ny olona sy hoderainy. Tsy nitarika fihafiana taminy ny fanomezany be dia be na teo amin' ny fiadanany, na teo amin' zava-tsoa nanaranany fo aza ; tsy nitaky fahafoizan-tena izany, ka tsy azo ampitahaina raha ny tombambidiny amin' ny farantsakelin' ilay mpitondratena. {IFM 657.1}

Ny anton-javatra manosika antsika no mamaritra ny toetry ny asantsika, ka misy fitomboka aminy amin' ny fahafaham-baraka na amin' ny fahamendrehan' ny fitondrantena ambony. Tsy ny zava-dehibe izay hitan' ny maso rehetra sy derain' ny lela rehetra tsy akory no isain' Andriamanitra ho sarobidy indrindra. Ny adidy madinika atao amim-pifaliana, ny fanomezana kely izay tsy mahatonga fisehosehoana, ary mety ho tsy misy dikany eo imason' olombelona, no matetika ambony indrindra eo imasony. Ny fo feno finoana sy fitiavana dia mamy kokoa amin' Andriamanitra noho ny fanomezana lafo vidy indrindra. Nomen' ilay mpitondratena mahantra ny fivelomany hoenti-manao ny kely mety ho vitany. Nampiafy ny tenany tamin' ny sakafo izy mba ahazoany manome ireo farantsa kely roa ho an' ny asa izay tiany. Ary nataony tamimpinoana izany, nino izy fa ny Rainy any an-danitra dia tsy hijery fotsiny amin' izao ny fahasahiranany lehibe. Io toe-tsaina tsy misy fitiavan-tena io sy io finoana toy ny an' ny zaza io no noderain' ny Mpamonjy. {IFM 657.2}

Eo anivon' ny mahantra dia betsaka no maniry mafy ny haneho ny fankasitrahany an' Andriamanitra 'noho ny fahasoavany sy ny fahamarinana. Maniry mafy hiara-misalahy amin' ny rahalahiny ambinina kokoa izy eo amin' ny fanohanana ny asa fanompoana an' Andriamanitra. Tsy tokony hatositosika ireny fanahy ireny. Aoka izy hametraka ny farantsa keliny ao amin' ny bankin' ny lanitra. Raha avy amin' ny fo fena ny fitiavan' Andriamanitra no hanomezana izany, dia hanjary fanomezana voatokana ireny, ho fanatitra sarobidy, izay hahafaly an' Andriamanitra sy hotahiny. {IFM 657.3}

Raha miteny ny amin' ilay mpitondratena Jesosy hoe : «efa nandatsaka be noho izay rehetra nandatsaka tao amin' ny fandatsahan-drakitra», dia marina ny teniny, tsy teo amin' ny anton' izany ihany, fa teo amin' ny vokatry ny fanomezany koa. Ireo farantsa kely ankevitry ny variraiventy avy, dia mitondra fitambaram- be lavitra tao amin' ny trano fitehirizan' Andriamanitra mihoatra noho ny fiaraha-miasan' ireto Jiosy manankarena. Toy ny renirano ny hery miasa mangina avy amin' io fanomezana kely io, kely izany tamin' ny voalohany, nefa nitombo sy nihalalina raha nikoriana izy nandritra ny taonjato nifandimby. Tamin' ny fomba an' arivony no nandraisany anjara tamin' ny fanampiana ny mahantra sy ny fanaparitahana ny filazantsara. Ny ohatry ny fahafoizan-tena nataony dia niasa ary niasa hatrany tamin' ny fo an' arivony teo amin' ny tany rehetra sy ny vanin' andro rehetra. Niantso ny manankarena sy ny mahantra izany, ka nampitombo ny tombambidin' ny fanomezany. Ny fitahian' Andriamanitra tamin' ilay farantsakelin' ilay mpitondratena dia nahatonga izany ho loharanon' ny vokatra lehibe. Toy izany koa ny fanomezana rehetra sy ny asa rehetra, atao amin' ny fo madio maniry ny voninahitr' Andriamanitra. Mifamatotra amin' ny fikasan' Ilay manana ny hery

rehetra izany. Tsy misy olona afaka hamatra ny soa mety ho vokatr' izany. {IFM 657.4}

Notohizan' ny Mpamonjy ny fiampangany ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo : «Lozanareo mpitarika jamba izay manao hoe : Raha misy mianiana amin' ny tempoly, dia tsy mampaninona izany ; fa raha misy mianiana amin' ny volamena amin' ny tempoly dia haningo-tena izy. Ry adala sy jamba ! iza no lehibe, ny volamena va, sa ny tempoly izay nahamasina ny volamena ? Ary koa : Raha misy mianiana amin' ny fanatitra eo amboniny, dia haningo-tena izy. Ry jamba ! iza no lehibe, ny fanatitra sa ny alitara, izay nahamasina ny fanatitra ? Noraisin' ny mpisorona araka ny fitsipika diso sy ety nataon' ny tenany ny zavatra angatahin' Andriamanitra. Nihambo ho nahay nampiavaka tsara ny fahasamihafan' ny heloka vokatry ny fahotana isan-karazany izy, ka ny sasany nolalovana fotsiny fa maivamaivana, ary ny sasany kosa izay mety ho kely kokoa ny vokany dia noheveriny ho tsy azo avela. Noho ny antony ara-bola, dia nanalatsiny olona tsy hanefa ny voadiny izy, ary indraindray dia iniany tsy jerena ny heloka bevava mahatsiravina, raha omena vola be izy. Miaraka amin' izany koa anefa, amin' ny toe-javatra hafa dia hamoaka didim-pitsarana henjana ireo mpisorona sy mpanapaka ireo noho ny fahadisoana tsy dia misy antony. {IFM 658.1}

«Lozanareo mpanora-dalàna sy Fariseo, mpihatsaravelatsihy! fa mandoa ny fahafolon' ny solila sy ny aneta ary ny komina hianareo, nefa navelanareo izay lehibe amin' ny laiàna, dia ny rariny sy ny famindrampo ary ny finoana ; ireto tokony ho nataonareo nefa tsy tokony havelanareo ireroana». Ireo teny ireo dia naname- lohan' i Kristy indray ny fampiasana diso ny adidy masina. Tsy nakipany ilay adidy amin' ny maha-adidy azy. Andriamanitra no nibaiko ny rafitra momba ny ampahafolony, ary efa narahina hatramin' ny andro taloha indrindra izany. Abrahama, ilay rain' ny mpino, dia nandoa ny ampahafolon' ny fananany rehetra. Neken' ireo mpifehy jiosy ny tsy maintsy handoavana ny ampahafolony ary mety izany ; nefa tsy navelany ny olona hanatanteraka izay neken' ny sainy ho adidy. Nisy fitsipika tsy ara-drariny nataony ho amin' ny toe-javatra rehetra. Nanjary sarotra loatra ny zavatra nangatahina hany ka tsy azon' ireo natao intsony ny fanatanterahana izany. Tsy nisy nahalala ny fotoana nahavitany ny adidiny. Raha ny nanomezan' Andriamanitra azy, dia ara-drariny sy voalanjalanja io rafitra io, nefa nahatonga izany ho enta-mavesatra mahasorena ny mpisorona sy ny raby. {IFM 658.2}

Zava-dehibe avokoa izay rehetra baikon' Andriamanitra. Neken' i Kristy ho adidy ny fandoavana ny ampahafolony, nasehony koa anefa fa tsy mety ho fialan-tsiny hanaovana an-tsirambina ny adidy hafa izany. Sarotiny be ny Fariseo teo amin' ny fandoavana ny ampahafolon' ny zava-manitra teo amin' ny sahany, toy ny solila sy ny aneta ary ny

komina ; tsy lafo taminy izany ; ary nampahalaza azy ho manao ny marina sy ho masina izany. Niaraka tamin' izany anefa dia nanindry mafy ny vahoaka sy nanimba ny fanajany ilay rafitra masina notendren' Andriamanitra ny fameperana tsy misy antony nataony. Nameno ny sain' ny olona tamin' ny fanavakavahana maivamaivana izany, ka nampiodina ny sainy hiala amin' ny fahamarinana tena lehibe. Izay mavesa-danja kokoa ao amin' ny lalàna, dia ny fahamarinana, ny famindrampo ary ny fahatokiana dia natao an-tsirambina. «Ireto, hoy Kristy, tokony ho nataonareo, nefa tsy tokony havelanareo ireroana». {IFM 659.1}

Nisy lalàna hafa koa navadiky ny raby toy izany. Ny torohevitra nomen' i Mosesy, dia nisakana ny fihinanana ny zava-maloto rehetra. Ny fihinanana nofon-kisoa, sy ny nofon' ny biby hafa dia noraràna, satria mameno loto ny rà, ka mahafohy ny fiainana. Tsy navelan' ny Fariseo araka izay nanòmezan' Andriamanitra azy anefa ireo fameperana ireo, *fa nandray an-tendrony tsy amin' antony izy. Anisan' izany dia nasaina nifady ny fampiasana ny rano rehetra ny olona, sao misy biby madinika indrindra izany, izay azo atao anisan' ny biby maloto. Nasongadin' i Jesosy ny fahasamihafan' ireo fitakiana maivamaivana ireo amin' ny fahalehibeazan' ny tena fahotana, ka hoy izy tamin' ny Fariseo : «Ry mpitarika jamba ! tantavaninareo ny moka, nefa atelinareo ny rameva». {IFM 659.2}

«Lozanareo mpanora-dalàna sy Fariseo, mpihatsaravelatsihy ! fa hianareo dia tahaka ny fasana milalotra fotsy izay miseho tsara tarehy eo ivelany, nefa ao anatiny dia feno taolan' ny maty mbamin' ny fahalotoana rehetra». Toy ny fasana voalalotra fotsy sy nohaingoana tsara tarehy izay nanafina ny faty lo ao anatiny, dia toy izany ny fahamasinana ivelan' ny mpisorona sy ny mpanapaka izay nanafina faharatsiana. Hoy Jesosy nanohy : {IFM 660.1}

«Lozanareo mpanora-dalàna sy Fariseo, mpihatsaravelatsihy ! fa manao ny fasan' ny mpaminany hianareo sady manisy haingony ny rarivatom-pasan' ny marina, ka hoy hianareo : Raha niara-belona tamin' ny razanay izahay, dia tsy mba nikambana taminy handatsadrà ny mpaminany. Ka dia miampanga tena hianareo fa zanak' izay namono ny mpaminany». Mba hanehoany ny fitiavany ny mpaminany maty, dia nafana fo fatratra ny Jiosy nanaingo ny fasany ; nefa tsy nandray tombon-tsoa tamin' ny fampianarany izy, na nihaino ny fananarana nataony. {IFM 660.2}

Tamin' ny andron' i Kristy dia nisy finoanoam-poana nitarika fikarakarana ny toerana ialan' ny maty sasatra mba hanaingoana azy. Eo imason' Andriamanitra dia fanompoan-tsampy izany. Ny fikarakarany ny maty tsy araka izay tokony ho izy dia nanehoan' ny

olona fa tsy tia an' Andriamanitra ambonin' ny zavatra rehetra izy na ny namany tahaka ny tenany. Mitatra betsaka io fanompoantsampy io ankehitriny. Betsaka no meloka noho ny fanaovany antsirambina ny mpitondratena sy ny kamboty, ny marary sy ny mahantra, mba hanorenana tsangambato lafo vidy ho an' ny maty. Malalaka ny fandaniana ny fotoana, ny vola sy ny asa ho an' izany, nefa ny adidy amin' ny velona, — dia ny adidy izay namporisihin' i Kristy mazava dia avela tsy vita. {IFM 660.3}

Nanangana ny fasan' ny mpaminany ny Fariseo, ary nanisy haingony ny rarivatompasany ka nifampilaza hoe : «Raha niarabelona tamin' ny razanay izahay, dia tsy mba nikambana taminy handatsa-drà ny mpaminany» . Niaraka tamin' izany fotoana izany dia nanao drafitra handatsaka ny ain' ny Zanany izy. Tokony ho lesona ho antsika izany. Tokony hanokatra ny masontsika izany hahita ny hery entin' i Satana mamitaka ny saina izay mitodika miala amin' ny fahazavan' ny fahamarinana. Betsaka no manaradia ny Fariseo. Manaja izay maty noho ny finoany izy. Mahagaga azy ny fahajamban' ny Jiosy tamin' ny nandavany an' i Kristy. Raha velona tamin' ny androny izahay, hoy izy ireo, dia ho noraisinay tamimpifaliana ny fampianarany, tsy ho nandray anjara mihitsy tamin' ny helok' ireo nandà ny Mpamonjy izahay. Nefa kosa rehefa mitaky fandavan-tena sy fanetren-tena ny fankatoavana an' Andriamanitra, ireny olona ireny indrindra no manafoana ny zavatra ninoany, ka mandà ny hankato. Amin' izany no anehoany ny toetsain' ny Fariseo izay nomelohin' i Kristy. {IFM 660.4}

Tsy tsapan' ny Jiosy firy ny andraikitra mahatsiravina raketin' ny fandavana an' i Kristy. Hatramin' ny fotoana nandatsahana voalohany ny ran' ny tsy manan-tsiny, rehefa matin' ny tanan' i Kaina i Abela ilay marina, dia niverimberina io tantara io, ary nitombo hatrany ny heloka tamin' izany. Tamin' ny fotoan' andro rehetra dia efa nanandratra ny feony ny mpaminany, nanameloka ny fahotan' ny mpanjaka, ny mpanapaka sy ny vahoaka, ka nanambara ny teny nomen' Andriamanitra azy, sy nankato, ny sitrapony na dia nitera-doza ho an' ny ainy aza izany. Niavosa sy niavosa hatrany ny famaizana mahatsiravina ho an' ny mpandà ny fahazavana sy ny fahamarinana hatramin' ny taranaka nifandimby. Izany ankehitriny no notarihin' ny fahavalon' i Kristy teo amin' ny lohan' izy tenany ihany. Lehibe noho ny an' ireo taranaka talohany ny fahotan' ny mpisorona sy ny mpanapaka. Ny fandavany ny Mpamonjy dia nahatonga azy ho tompon' andraikitry ny ran' ny olona marina rehetra novonoina nanomboka tamin' i Abela ka hatramin' i Kristy. Hofenoiny izao ilay kapoaky ny faharatsiana efa mitobaka. Ary kely sisa dia harotsaka eo amin' ny lohany ny famaliana araka ny fahamarinana. Nampitandrina azy ny amin' izany Jesosy : {IFM 661.1}

«Mba hanody anareo ny ra marina rehetra, izay nalatsaka tamin' ny tany, hatramin'

ny ran' i Abela marina ka hatramin' ny ran' i Zakaria, zanak' i Barakia, izay novonoinareo teo anelanelan' ny tempoly sy ny alitara. Lazaiko aminareo marina tokoa : Hanody ity taranaka ity izany rehetra izany». {IFM 661.2}

Fantatry ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo izay nihaino an' i Jesosy fa marina ny teniny. Fantany ny fomba namonoana ny mpaminany Zakaria. Raha mbola teo ambavany ny teny fampitandremana avy amin' Andriamanitra, dia romotra toy ny devoly ilay mpanjaka nihemotra, ka novonoina ho faty araka ny baikony ilay mpaminany. Namela marika teo amin' ny vato, tao amin' ny kianjan' ny tempoly mihitsy ny rany, ka tsy azo nokosehina ; nitoetra izany mba ho vavolombelona hanameloka an' Isiraely nihemotra. Raha mbola mijoro koa ny tempoly, dia hisy pentina avy amin' io ran' ny marina io, hiantso famaliana amin' Andriamanitra. Raha milaza ireo fahotana mampivarahontsana ireo Jesosy, dia nangorintsina sy nivarahontsana ny vahoaka. {IFM 661.3}

Nijery ny ho avy Jesosy ka nanambara fa ho tahaka ny tamin' ny lasa ny tsy fetezan' ny Jiosy mibebaka sy ny tsy fahazakany ny mpanompon' Andriamanitra amin' ny ho avy : {IFM 662.1}

«Ary noho izany, indro, Izaho maniraka mpaminany sy olonkendry ary mpanora-dalàna ho aty aminareo, koa ny sasany hovonoinareo sy hohomboanareo amin' ny hazo fijaliana, ary ny sasany hokapohinareo ao amin' ny synagoganareo sy henjehinareo mitety vohitra. Hohelohina sy hovonoina ny mpaminany sy ny olon-kendry, be finoana sy fenon' ny Fanahy Masina — toa an-dry Stefana, Jakoba sy ny maro hafa koa. Nasandratr' i Kristy tamin' ny lanitra ny tanany, ary nisy fahazavana avy amin' Andriamanitra nanodidina ny tenany, ary niteny toy ny mpitsara tamin' ireo nanatrika Azy Izy. Ny feony, izay re matetika feno halemem-panahy sy fiangaviana, ankehitriny dia nanome tsiny sy nanameloka. Nangovitra ny mpihaino. Tsy ho voakosoka na oviana na oviana ny zavatra tsapany tamin' ny alalan' ny teniny sy ny fijeriny. {IFM 662.2}

Nifantoka tamin' ny fihatsarambelatsihy ny fahotana mivandravandra izay nanimban' ny olona ny fanahin' ny tenany, namitahany ny vahoaka sy nanalany baraka an' Andriamanitra ny fahatezeran' i Kristy. Ny fomba fihevitry ny mpisorona sy ny mpanapaka izay feno fitaka sy lainga, dia nahitany ny asan' ireo fitaovan' i Satana. Nanindrotsindrona sy lalina ny fiampangany ny fahotana ; tsy nanao teny mamaly faty mihitsy Izy anefa. Hatezerana masina tamin' ny andrianan' ny maizina fotsiny no tao aminy, fa tsy nampiseho toetra tezitezi-poana Izy tsy akory. Toy izany koa ny kristiana izay manana toetra mifandrindra amin' Andriamanitra, manana ny toetra mamy mitory

fitiavana sy famindrampo, dia hahatsapa hatezerana ara-drariny amin' ny fahotana ; nefa tsy atosiky ny fironana ambany hamaly faty izay manao aminy toy izany izy. Na dia mifanehatra amin' izay hetsehin' ny hery avy any ambany mba hitana ny hevidiso aza izy, dia ho voatanany ihany ny ho tony sy ny hifehy tena ao amin' i Kristy. {IFM 662.3}

Ny fangorahan' Andriamanitra no hita taratra teo amin' ny endriky ny Zanak' Andriamanitra raha nampitaredretra ny fijeriny teo amin' ny tempoly sy teo amin' ny mpihaino Azy Izy. Niloa-bava Izy tamin' ny feo kendan' ny tebiteby lalina tao am-pony sy ny ngidin' ny ranomaso ka nanao hoe : «Ry Jerosalema, ry Jerosalema, izay namono ny mpaminany, sy nitora-bato izay irahina ho aminao, impiry Aho no ta-hanangona ny zanakao, tahaka ny fanomban' ny akoho ny zanany ao ambanin' ny elany, fa tsy nety hianareo !» Io no ady nisarahana. Ny fon' Andriamanitra mihitsy no nitobaka teo amin' ny fitomanian' i Kristy. Fanaovam-beloma mifono zavamiafina izany nataon' Ilay Andriamanitra feno fitiavana sy namindra fo ela. {IFM 662.4}

Samy nangina ny Fariseo sy ny Sadoseo. Niantso ny mpianany Jesosy ka nivonona hiala ny tempoly, tsy toy ny olon-dresy ka voatery hiala tsy ho eo anatrehan' ny fahavalony tsy akory, fa toy ny olona izay nahavita ny asany. Niala toy ny mpandresy avy teo amin' ny ady Izy. {IFM 663.1}

Ny vato sarobidin' ny fahamarinana izay nivoaka avy teo amin' ny molotr' i Kristy tamin' iny andro nanan-daza iny, dia voatahiry tao am-pon' ny maro. Fisainana vaovao no vao nientana tao amin' ny fiainana ho azy ireo, faniriana vaovao no nifoha, ary tantara vaovao no nanomboka. Taorian' ny nanomboana an' i Kristy tamin' ny hazo fijaliana sy ny nananganana Azy tamin' ny maty, dia niditra an-tsehatra ireo olona ireo ka nanatanteraka ny baiko nanirahan' Andriamanitra azy tamin' ny fahendrena sy ny hafanam-po nifanaraka tamin' ny halehiben' ny asa. Nitondra hafatra izay nanohina ny fon' ny olona izy ireo, nampihena ny finoanoam-poana efa tranainy izay nanabotry ela ny fiainan' ny olona an' arivony. Teo anatrehan' ny vavolombelona nataony dia nanjary angano sy arira ny hevitr' olombelona sy ny filozofiany. Nanan-kery ny vokatra nitobaka avy tamin' ny tenin' ny Mpamonjy teo amin' ny vahoaka izay gaga sy raiki-tahotra teo amin' ny tempolin' i Jerosalema. {IFM 663.2}

Nisaraka tamin' Andriamanitra anefa Isiraely amin' ny mahafirenena azy. Noesorina ny sampana tena izy teo amin' ny hazo Oliva. Nanopy maso farany ny tao anatin' ny tempoly Jesosy ka niteny tamin' alahelo sy ny fitarainana mafy indrindra hoe : «Indro, avela ho lao ny tranonareo ho anareo. Fa lazaiko aminareo : Hatramin' izao dia tsy hahita Ahy tokoa hianareo mandra-pilazanareo hoe : Isaorana anie Izay avy amin' ny anaran' i

Jehovah». Hatramin' izay dia nantsoiny hoe tranon' ny Rainy ny tempoly ; fa ankehitriny kosa, raha nandalo ireo rindrina ireo handeha hivoaka any ivelany ny Zanak' Andriamanitra, dia niala mandrakizay tamin' ny tempoly natsangana ho voninahiny ny fanatrehan' Andriamanitra. Hatramin' izao dia tsy hisy dikany ny fanompoampivavahana hatao ao, ary ho fanarabiana ny asa fanompoana ao. {IFM 663.3}

## Toko 68—Tao amin' ny kianja ivelany

«Ary nisy Grika sasany tamin' izay niakatra hivavaka tamin' ny andro firavoravoana, ary izy ireo nankany amin' i Filipo avy any Betsaida any Galilia, dia nangataka taminy ka nanao hoe : Tompoko, mba ta-hahita an' i Jesosy izahay. Dia lasa Filipo nilaza tamin' i Andrea ; ary Andrea sy Filipo lasa nilaza tamin' i Jesosy». {IFM 665.1}

Tamin' io fotoana io dia toa niharan' ny faharesena mavaivay ny asan' i Kristy. Nandresy Izy tamin' ny ady nifanaovany tamin' ny mpisorona sy ny Fariseo, nefa koa mazava fa tsy horaisin' ireo na oviana na oviana ho Mesia mihitsy Izy. Tonga teo amin' ny tsontsory mamba nisarahana izy ireo. Teo imason' ny mpianany dia toa tsy nisy antenaina intsony ny momba izany. Nanakaiky ny fahatanterahan' ny asany anefa Jesosy. Efa hiseho izao ilay toejavatra lehibe izay tsy mikasika ny firenena Jiosy fotsiny, fa mikasika an' izao tontolo izao manontolo. Rehefa ren' i Kristy ilay fangatahana mandodona nanao hoe : «Te-hahita an' i Jesosy izahay», izay toy ny akon' ny antsoantson' izao tontolo izao tra-doza, dia nazava ny endriny, ka hoy Izy : «Tonga ny fotoana hankalazana ny Zanak' olona». Ny fangatahan' ny Grika dia nahitany antoka ny amin' ny ho vokatry ny sorona lehibe hataony. {IFM 665.2}

Tonga avy tany andrefana ireo olona ireo mba hitady ny Mpamonjy teo amin' ny fiafaran' ny fiainany, toy ireo magy tonga avy tany atsinanana tamin' ny fiandohan' ny fiainany. Tamin' ny fotoana nahaterahan' i Kristy dia variana loatra tamin' ny fitiavandaza ny Jiosy ka tsy nahafantatra ny fahatongavany. Ny magy avy tamin' ny tany jentilisa dia tonga teo amin' ny fihinanam-bilona nitondra ny fanomezany mba hiderany ny Mpamonjy. Toy izany koa ireto Grika, solontenan' ny firenena sy ny fokom-pirenena ary ny olona rehetra eran' izao tontolo izao, dia tonga mba hahita an' i Jesosy. Toy izany koa ny olona amin' ny tany rehetra sy ny taonjato mifandimby rehetra dia ho voatariky ny hazo fijalian' ny Mpamonjy. Toy izany koa maro «ny avy any atsinanana sy any andrefana no ho tonga ka hipetraka hiara-mihinana amin' i Abrahama sy Isaka ary Jakoba any amin' ny fanjakan' ny lanitra». {IFM 665.3}

Efa nandre ny amin' ny nidiran' i Kristy toy ny mpandresy tao Jerosalema ireo Grika. Nisy nihevitra, ary nampiely ny vaovao fa noroahiny hivoaka ny tempoly ny mpisorona sy ny mpanapaka, fa haka ny seza fiandrianan' i Davida rainy Izy, ka hanjaka amin' Isiraely. Naniry mafy ny Grika hahalala ny fahamarinana mikasika ny asa nanirahana Azy. «Te-hahita an' i Jesosy» izahay, hoy izy. Tanteraka ny faniriany. Rehefa nentina teo amin' i Jesosy ny fangatahany, dia tao amin' ny faritry ny tempoly izay tsy azon' iza na iza idirana afa-tsy ny Jiosy Izy, nefa nivoaka ho any amin' ny Grika tao amin' ny kianja

ivelany, ka niresaka manokana taminy. {IFM 666.1}

Tonga ny fotoana hanomezam-boninahitra an' i Kristy. Nijoro teo amin' ny aloky ny hazo fijaliana Izy, ary ny nitadiavan' ny Grika Azy dia nampiseho taminy fa hitondra zanakalahy sy zanakavavy maro eo amin' Andriamanitra ny fanatitra hataony. Fantany fa kely sisa dia hahita Azy nohamavoina lavitra noho i Barabasy ilay mpangalatra sy mpamono olona, izay naleo nandefa azy toy izay ny Zanak' Andriamanitra ireo Grika. Handre ny vahoaka hanao ny safidiny izy, vokatry ny tolo-tsaina nomen' ny mpisorona sy ny mpanapaka. Ary ny fanontaniana manao hoe : «Koa ahoana kosa ary no hataoko ho an' i Jesosy, Izay atao hoe Kristy ?», dia hovaliana hoe : «Aoka hohomboana amin' ny hazo fijaliana Izy». Ny nanaovany io fanavotana io ho an' ny fahotan' ny olona dia nahafantaran' i Kristy fa ho tonga eo amin' ny fahatanterahana ny fanjakany ka hihitatra manerana an' izao tontolo izao. Hiasa amin' ny maha-Mpamboatra ny rava Azy Izy, ary hanjaka ny Fanahiny. Nandritra ny fotoana fohy, dia nibanjina ny ho avy Izy ka nahare ny feo eran' ny faritra rehetra eto an-tany nanambara hoe : «Indro ny Zanak' ondrin' Andriamanitra izay manaisotra ny fahotan' izao tontolo izao». Ireo vahiny ireo dia nahitany ny santatry ny vokatra lehibe, rehefa ho harodana ny efitra mampisaraka ny Jiosy sy ny Jentilisa, ka handre ny hafatry ny famonjena ny firenena sy ny samihafa fiteny ary ny olombelona rehetra. Ny fiainana izany mialoha, ny fanatanterahana ny fanantenany, dia asehon' ny teny hoe: «Tonga ny fotoana hankalazana ny Zanak' ondry». Tsy niala tao an-tsain' i Kristy mihitsy anefa ny fomba tsy maintsy hisehoan' izany fankalazana izany. Hanarakaraka ny fahafatesany izay ho avy tsy ho ela intsony ny famoriana ny jentilisa. Ny fahafatesan' ny Zanak' olona ihany no ahazoan' izao tontolo izao famonjena. Toy ny voambary, ny Zanak' olona dia tsy maintsy hatao anaty tany ka maty, ary halevina Izy tsy ho hita maso ; nefa dia ho velona indray. {IFM 666.2}

Nampiseho ny ho aviny Kristy, ka nazavainy tamin' ny alalan' ny zavaboary izany, mba ho azon' ny mpianatra. Ny tena vokatra marina eo amin' ny asany dia ho tratra amin' ny alalan' ny fahafatesana. «Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa : Raha tsy latsaka eo amin' ny tany ny voam-bary ka maty, dia mitoetra foana izy ; fa raha maty kosa izy, dia hahavokatra be». Rehefa milatsaka eo amin' ny tany ny voam-bary ka maty, dia mitsiry izany ka mitondra vokatra. Toy izany koa ny fahafatesan' i Kristy, dia hitondra vokatra ho amin' ny fanjakan' Andriamanitra. Araka ny lalàn' ny zava-maniry, dia ho vokatry ny fahafatesany ny fiainana. {IFM 667.1}

Izay miasa tany dia mahita io fahazavana io eo imasony mandrakariva. Isan-taona isan-taona dia mitahiry ny voa izay ilainy amin' ny fanariana ny ampahany tsara indrindra ny fijery azy ny olona. Mandritra ny fotoana kely dia tsy maintsy hafenina ao

anatin' ny tany nosoritsoritana izany, mba hambenan' ny Tompo. Dia miseho ny raviny, dia ny salohy, dia voany ao amin' ny salohy. Tsy mety hisy anefa io fitomboana io raha tsy halevina tsy ho hitan' ny maso, hafenina, ary toa hariana aza, ny fijery ny vary. {IFM 667.2}

Ny voa izay nalevina tao amin' ny tany dia mitondra voany, ary io indray no ambolena. Izany no mampitombo ny vokatra. Toy izany koa ny fahafatesan' i Kristy eo amin' ny hazo fijalian' i Kalvary, dia hitondra voany ho amin' ny fiainana mandrakizay. Ny fibanjinana an' io fanatitra io dia ho voninahitr' ireo izay, ho velona mandritra ny taona mifandimby mandrakizay, amin' ny maha-voan' izany azy. {IFM 667.3}

Ny voam-bary izay miaro ny tenany, dia tsy afaka mitondra voany. Mitoetra irery izy. Azon' i Kristy natao, raha nifidy izany Izy, ny namonjy ny tenany ho afaka amin' ny fahafatesana. Fa raha manao izany Izy, dia tsy maintsy mitoetra irery. Tsy hitondra zanakalahy sy zanakavavy ho amin' Andriamanitra Izy. Ny namoizany ny ainy ihany no nahazoany nizara aina ho an' ny taranak' olombelona. Ny nahalatsahany ao amin' ny tany ho faty ihany no nahazoany ho tonga voa mitondra vokatra lehibe, dia ny olona marobe avy amin' ny firenena rehetra sy ny fokom-pirenena ary ny samihafa fiteny sy ny olona rehetra, izay ho an' Andriamanitra. {IFM 668.1}

Ampifandraisin' i Kristy amin' io fahamarinana io ny leson' ny fandavan-tena izay tokony hianaran' ny rehetra : «Izay tia ny ainy no mahavery izany ; fa izay mankahala ny ainy amin' izao fiainana izao no hiaro izany ho amin' ny fiainana mandrakizay». Izay rehetra te-hitondra vokatra amin' ny maha-mpiara-miasa azy amin' i Kristy dia tsy maintsy latsaka ao amin' ny tany aloha ka maty. Tsy maintsy hatao amin' ny tany voasa asehon' izay ilain' ny olombelona ny fiainana. Tsy maintsy levona ny fitiavan-tena, sy ny tombon-tsoan' ny tena. Ary ny lalàn' ny fandavan-tena no lalàn' ny fiarovan-tena. Mitahiry ny voany ny mpamboly amin' ny famafazany azy. Toy izany koa eo amin' ny fiainan' ny olombelona. Ny manome no mivelona. Ny fiainana izay ho voatahiry dia ny fiainana izay omena malalaka an' Andriamanitra sy ny olona. Izay manao sorona ny ainy eto amin' ity izao tontolo izao ity ho an' i Kristy, dia hitahiry izany amin' ny fiainana mandrakizay. {IFM 668.2}

Ny fiainana lany ho an' ny tena dia toy ny voa izay nohanina. Tsy ho hita izany, ary tsy hitombo koa. Mety manangona izay rehetra azony atao ho an' ny tenany ny olona ; mety hivelona sy hihevitra ary hanao drafitra ho an' ny tenany izy ; nefa mandalo ny fiainany, ary tsy manana na inona na inona izy. Ny lalàn' ny fitiavan-tena dia lalàn' ny famonoana ny tena. {IFM 668.3}

«Raha misy olona manompo Ahy, hoy Jesosy, dia aoka izy hanaraka Ahy, ary izay itoerako, dia ao koa no hitoeran' ny mpanompoko ; raha misy olona manompo Ahy, dia hankalaza azy ny Ray». Izay rehetra niara-nitondra ny hazo fijalian' ny fandavan-tena tamin' i Jesosy, dia hiara-mandray anjara amin' ny voninahiny. Fifaliana ho an' i Kristy tao anatin' ny fanalana baraka Azy sy ny fijaliany ny hanomezam-boninahitra ny mpianany miaraka Aminy. Vokatry ny fandavan-tenany ireo. Ny fanatanterahana ao amin' izy ireo ny toetra amam-panahy sy ny toe-tsain' ny tenany, no valisoa ho Azy, ka ho fifaliany mandritra ny mandrakizay. Io fifaliana io no hozarain' izy ireo Aminy, rehefa hita eo amin' ny fon' ny hafa sy ny fiainany ny vokatry ny asa mafy sy ny fandavan-tena nataony. Mpiara-miasa amin' i Kristy izy ireo, ary hanome voninahitra azy ny Ray toy ny hanomezany voninahitra ny Zanany. {IFM 668.4}

Ny hafatry ny Grika, izay tandindon' ny famoriana mialoha ny jentilisa, dia namerina tao an-tsain' i Jesosy ny asa manontolo nanirahana Azy. Nandalo teo anatrehany ny asa fanavotana, hatramin' ny fotoana namolavolana drafitra tany an-danitra, ka mandrapahafatiny izay efa akaiky tokoa izao. Toa nisy rahona mifono zavamiafina nanarona ny Zanak' Andriamanitra. Tsapan' izay akaiky Azy ny aloka izay vokatr' izany. Nipetraka Izy, variana tao amin' ny eritreriny. Farany dia nanapaka ny fahanginana ny feony novesaran' alahelo nanao hoe : «Ankehitriny mangorohoro ny fanahiko; ary ahoana no holazaiko : Ray Ò, vonjeo Aho ho afaka amin' ity ora ity !» Tamin' ny eritreriny nandeha mialoha dia efa nisetra sahady ilay kapoaka mangidy Kristy. Nitakemotra ny mahaolombelona Azy tsy ho eo amin' ny ora handaozana Azy, rehefa toa hahafoy Azy na dia Andriamanitra aza araka ny fisehoan-javatra rehetra, rehefa ho hitan' ny rehetra fa nokapohina sy nasian' Andriamanitra ary nampahoriana Izy. Nitakemotra Izy tsy hahanjahanja eo anatrehan' ny besinimaro, tsy hoentina sahala amin' ny mpanao heloka bevava ratsy indrindra, tsy ho eo amin' ny fahafatesana mahamenatra sy manala-baraka. Ny fahatsapany mialoha ny ady hatrehiny amin' ny herin' ny maizina, ny fahatsapany ny enta-mavesatra sy mahatahotry ny fandikan-dalàna nataon' ny olombelona sy ny fahatezeran' ny Ray amin' ny fahotana, dia nandreraka ny sain' i Jesosy, ka nanenika ny endriny ny loko hatsatry ny fahafatesana. {IFM 669.1}

Fahatsiarovana hankato ny sitrapon' ny Rainy no nahery lanja tao an-tsainy tamin' ny farany. «Nefa izao no hiaviako, hoy Izy, ho amin' ity ora ity ; Ray ò, mankalazà ny anaranao». Amin' ny alalan' ny fahafatesan' i Kristy ihany no ahazoana mandrodana ny fanjakan' i Satana. Amin' izany fomba izany ihany no hahazoana manavotra ny olona, sy hankalazana an' Andriamanitra. Neken' i Jesosy ny ady mihatra aman' aina, noraisiny ny fanaovana sorona ny ainy. Nanaiky an-tsitrapo hitondra ny fahotantsika Ilay Andrianan'

ny lanitra. «Ray ò, mankalazà ny anaranao», hoy Izy. Raha nanao ireo teny ireo Kristy, dia nisy valin-teny avy tao amin' ny rahona izay teo amboniny nanao hoe : «Efa nankalaza Azy Aho ary hankalaza azy indray». Ny fiainan' i Kristy manontolo, hatreo amin' ny fihinanam-bilona ka hatramin' ny fotoana nanaovana ireo teny ireo dia efa nankalaza an' Andriamanitra ; ary amin' ny fitsapana ho avy dia hankalaza ny anaran' ny Rainy tokoa ny fijaliany eo amin' ny maha-Andriamanitra sy olona Azy. {IFM 669.2}

Tamin' ny nandrenesana ilay feo, dia nisy fahazavana nitselika avy tao amin' ny rahona, ary nanodidina an' i Kristy, mova tsy ny sandrin' Ilay hery tsy manam-petra maniry hambomba Azy amin' ny rindrin' afo. Tora-kovitra sy gaga ny vahoaka nahita io toe-javatra io. Tsy nisy sahy niteny. Nifantoka tamin' i Jesosy ny mason' izay rehetra nijoro teo sady nangina no nitana ny fofon' ainy. Rehefa nomena ny teny vavolombelona avy tamin' ny Ray. dia nisandratra ilay rahona ka niparitaka teny amin' ny lanitra. Nifarana teo aloha ny firaisana hita maso tamin' ny Ray sy ny Zanaka. {IFM 670.1}

«Ary ny vahoaka izay nitsangana teo ka nahare dia nanao hoe : Kotrokorana izany. Hoy ny sasany : Anjely no niteny taminy». Ireo Grika tonga nanontany kosa dia nahita ny rahona, nandre ny feo, nahazo ny dikany, ary nahafantatra mazava an' i Kristy ; tamin' izy ireo dia naseho ho Ilay nirahin' Andriamanitra Izy. {IFM 670.2}

Tamin' ny batisan' i Jesosy, teo amin' ny fiantombohan' ny asany no nandrenesana ny feon' Andriamanitra, ary re indray izany tamin' ny niovany tarehy teo an-tendrombohitra. Ankehitriny, amin' ny fiafaran' ny asany, dia re fanintelony izany, maro kokoa no nandre, ary nisy toe-javatra manokana nanaovana azy. Vao avy nanambara ny fahamarinana miezinezina indrindra mikasika ny toerana misy ny Jiosy Jesosy. Nanao ny antsony farany ho azy Izy, ka nanambara ny fiafarany mahatsiravina. Ankehitriny Andriamanitra dia nanisy tombo-kase ny asa nanirahana ny Zanany. Nekeny Ilay nolavin' Isiraely. «Tsy noho izaho, hoy Jesosy, no nahatongavan' izany feo izany, fa noho hianareo». Fara-tampon' ny porofon' ny maha-Mesia Azy izany, famantarana avy amin' ny Ray fa ny marina no nolazain' i Jesosy, ary Zanak' Andriamanitra Izy. {IFM 670.3}

«Tonga ankehitriny, hoy Kristy nanohy, ny fitsarana izao tontolo izao ; ankehitriny ny andriamanitr' izao tontolo izao no horoahina. Ary Izaho, raha hasandratra hiala amin' ny tany dia hitaona ny olona rehetra hanatona Ahy. Izany no nolazainy hanambara izay fahafatesana efa hiaretany». Io no zava-tsarotra eo amin' izao tontolo izao. Raha hanjary fanavotana noho ny fahotan' ny olona Aho, dia hazava izao tontolo izao. Ho tapaka ny famikiran' i Satana ny fanahin' ny olona. Ho tafaverina eo amin' ny maha-olombelona ny endrik' Andriamanitra efa nosimbaina, ary hisy fianakavian' ny olo-masina mino

handova ny tokantrano any an-danitra amin' ny farany. Izany no ho vokatry ny fahafatesan' i Kristy. Variana ny Mpamonjy nandinika ny fandresena naseho teo anatrehany. Hitany ny hazo fijaliana, dia ilay hazo fijaliana mihoson-dra sy mahafabaraka manjelanjelatry ny voninahitra na dia eo aza ny endriny mampihorohoro. {IFM 670.4}

Tsy ny asa fanavotana ny olombelona ihany anefa no vokatra avy amin' ny hazo fijaliana. Aseho amin' izao rehetra izao ny fitiavan' Andriamanitra. Roahina ny andrianan' ity izao tontolo izao ity. Nolavina ny fiampangana nataon' i Satana momba an' Andriamanitra. Ny fanomezan-tsiny izay nataony tamin' ny lanitra dia nesorina ho mandrakizay. Voatarika ho eo amin' ny Mpanavotra na ny anjely na ny olona. «Ary Izaho, raha asandratra hiala amin' ny tany, hoy Izy, dia hitaona ny olona rehetra hanatona Ahy». {IFM 671.1}

Betsaka ny olona nanodidina an' i Kristy raha nanao ireo teny ireo Izy, koa nisy iray niteny hoe : «Efa renay tamin' ny lalana fa Kristy haharitra mandrakizay ; koa ahoana no ilazanao hoe : Tsy maintsy hasandratra ny Zanak' olona ? Iza moa izany Zanak' olona izany ? Dia hoy Jesosy taminy : Mbola kely ihany no hitoeran' ny mazava aminareo. Mandehana, raha mbola manana ny mazava hianareo, mba tsy hahatratra anareo ny maizina, fa izay mandeha amin' ny maizina dia tsy mahalala izay alehany. Raha mbola manana ny mazava hianareo, dia minoa ny mazava, mba ho tonga zanaky ny mazava». {IFM 671.2}

«Nefa na dia efa nanao izany famantarana betsaka izany teo anatrehany aza Izy, dia tsy mba nino Azy ireo». Tonga nanontany ny Mpamonjy izy indray mandeha hoe : Inona ary no famantarana ataonao, mba ho hitanay ka hinoanay Anao?» . Famantarana tsy hita isa no efa nomena ; nefa nanakimpy ny masony izy sy nanamafy ny fony. Ankehitriny, rehefa ny Ray mihitsy no niteny, ka tsy afaka nangataka famantarana hafa intsony izy, dia mbola nikiribiby tsy hino ihany. {IFM 671.3}

«Kanefa maro tamin' ny mpanapaka aza no nino Azy ; nefa noho ny Fariseo dia tsy nanaiky ireo, fandrao havoaka hiala amin' ny synagoga». Naleony ny fiderana nataon' ny olona toy izay ny fankasitrahan' Andriamanitra. Mba hamonjena ny tenany tsy hahazo fanomezan-tsiny sy henatra, dia nolaviny Kristy, ary notsipahiny ny fiainana mandrakizay natolotra azy. Firy koa, mandritra ny taonjato rehetra nifandimby no nanao toy izany. Mihatra amin' izy rehetra ny fampitandremana nataon' ny Mpamonjy hoe : «Izay tia ny ainy dia hahavery azy». «Izay mandà Ahy, hoy Jesosy ka tsy mandray ny teniko, dia manana izay mitsara azy» ; «ny teny izay nolazaiko, izany ihany no hitsara azy amin' ny andro farany». {IFM 672.1}

Indrisy ! Mahonena ireo izay tsy nahalala ny andro namangiana azy. Nandeha moramora Kristy sady nalahelo nandao ho mandrakizay ny manodidina ny tempoly. {IFM 672.2}

## Toko 69—Teo amin' ny tendrombohitra Oliva

Ny teny ataon' i Kristy tamin' ny mpisorona sy ny mpanapaka manao hoe : «Indro, avela ho lao ho anareo ny tranonareo», dia nampiraiki-tahotra azy ireo tao am-pony. Niseho ho tsy niraika Izy, nefa nijanona tao an-tsainy ny fanontaniana mikasika ny lanjan' ireo teny ireo. Nisy loza tsy hita maso toa nananontanona Azy. Mety ho marina ve fa ilay Tempoly kanto indrindra izay reharehan' ny firenena dia ho antontan-javatra simba sisa, tsy ho ela ? Nandray anjara tamin' izany zava-doza tsinjony mialoha izany koa ny mpianatra, ka nitebiteby fatratra niandry izay fanambarana mazava kokoa avy amin' i Jesosy, Raha niaraka taminy nivoaka ny tempoly Izy, dia nampitodika ny sainy tamin' ny fahamafisany sy ny hakantony. Vato maromaro madio indrindra no nanaovana ny tempoly, fotsy tanteraka, ary nisy tamin' izy ireny lehibe fatratra ny refiny ka sarotra inoana. Nisy ampahany tamin' ny rindrina nahatohitra ny fahirano nataon' ny tafik' i Nebokadnezara. Tonga lafatra indrindra ny nandrafetana azy, hany ka toa vato iray lehibe nalaina iny manontolo iny avy any amin' ny fihadiam-bato. Fomba ahoana no ahazoana mandrodana ireo vato mafy dia mafy ireo, tsy azon' ny mpianatra izany. {IFM 673.1}

Raha voasarika tamin' ny hakanton' ny tempoly ny sain' i Kristy, dia inona kosa ary no tsy maintsy ho eritreritra tsy niloaka nataon' Ilay Nolavina. Marina fa kanto ny zavatra nanoloana ny masony, nefa hoy Izy tamin' alahelo, hitako daholo izany. Tsara tarehy tokoa ny trano. Manondro ireo rindrina ireo ianareo toy ny milaza fa tsy mety ho rava ny fijery azy ; nefa henoy ny teniko. Ho avy ny andro izay «tsy havela hisy vato hifanongoa eto ka tsy horavana». {IFM 673.2}

Nambaran' i Kristy ho ren' ny olona maro ny teniny ; irery Izy nefa dia nanatona Azy i Petera sy Jaona sy Jakoba ary Andrea raha nipetraka teo amin' ny tendrombohitra Oliva Izy. «Lazao anay hoy izy ireo, izay andro hahatongavan' ny fiavianao sy ny fahataperan' izao tontolo izao». Raha namaly ny mpianany Jesosy dia tsy nosarahiny ny fandravana an' i Jerosalema sy ilay andro lehibe hiaviany. Nampiarahiny ny filazana ireo toe-javatra roa ireo. Raha nabaribariny tamin' ny mpianany ny toe-javatra ho avy araka izay fibanjinany izany, dia tsy ho zakan' izy ireo ny fahitana izany. Noho ny famindrampony taminy dia nakambany ny fitantarany ireo fotoantsarotra roa lehibe ireo, ka navelany ny mpianany handinika izay dikan' izany ho an' ny tenany ihany. Rehefa nilaza ny momba ny handravana an' i Jerosalema Izy, dia lasa lavitra kokoa ny teny faminaniana nataony ka nahatratra ilay toe-javatra hitranga any amin' ny farany dia amin' ny andro fitsimbadibadihana izay hitsanganan' ny Tompo avy amin' ny toerany, mba hamaly ny mponina amin' ny tany noho ny helony ary ny tany hampiseho ny ra izay nofohiny ka tsy

hanafina intsony izay novonoina teo aminy. Tsy natao ho an' ny mpianatra fotsiny io lahateny manontolo io, fa natao ho an' izay rehetra ho velona mandritra ireo toe-javatra farany tamin' ny tantaran' ity tany ity. {IFM 674.1}

Nitodika nankany amin' ny mpianatra Kristy ka nanao hoe : «Mitandrema, fandrao hisy hamitaka anareo. Fa maro no ho avy amin' ny anarako hanao hoe : Izaho no Kristy, ka maro no ho voafitany». Hisy mesia sandoka maro hiseho, hihambo ho manao fahagagana sy hanambara fa tonga ny fotoana fanafahana ny firenena Jiosy. Handiso lalana ny maro izany. Tanteraka ny tenin' i Kristy. Teo anelanelan' ny nahafatesany sy ny nanaovana fahirano an' i Jerosalema, dia maro ny mesia sandoka niseho. Nefa natao koa ho an' ireo izay velona amin' izao vanin' andro misy an' izao tontolo izao koa io fampitandremana io. Ny fitaka hita talohan' ny nandravana an' i Jerosalema dia efa natao mandritra ny taonjato maro nifandimby, ary mbola hatao indray. {IFM 674.2}

«Ary handre ady sy filazana ady hianareo, koa mitandrema, aza matahotra, fa tsy maintsy ho tonga izany ; nefa tsy mbola tonga ny farany». Niady handray ny fahefana fara-tampony ny olona, talohan' ny nandravana an' i Jerosalema. Nisy amperora maty novonoina. Novonoina ho faty izay noheverina ho akaikin' ny seza fiandrianana. Nisy ady sy filazana ady. «Tsy maintsy ho tonga izany hoy Kristy, nefa tsy mbola tonga ny farany ho an' ny firenena Jiosy amin' ny maha-firenena azy. Fa hisy firenena hitsangana hamely firenena, ary hisy fanjakana hitsangana hamely fanjakana, ary hisy mosary sy horohoron-tany amin' ny tany samihafa. Fa izany rehetra izany no fiandohan' ny fahoriana». Hoy Kristy : Raha mahita ireo famantarana ireo ny raby, dia ho lazainy fa fitsaran' Andriamanitra ny firenena izany noho izy ireo nanandevo ny vahoaka nofidin' Andriamanitra. Holazainy fa fambara ny amin' ny fiavian' ny Mesia ireny famantarana ireny. Aza mety hofitahina ; fiantombohan' ny famalian' Andriamanitra ireny. Nijery ny tenany ny olona. Tsy nibebaka sy niova fo izy mba hahazoako manasitrana azy. Ny famantarana izay asehony ho fanambarany ny fanafahana azy amin' ny fanandevozana, dia famantarana ny fandravana azy. {IFM 674.3}

«Ary hatolony ho amin' ny fahoriana hianareo ka hovonoiny, ary ho halan' ny firenena rehetra hianareo noho ny anarako. Ary amin' izany andro izany dia ho tafintohina ny maro, ary hifampiampanga sy hifankahala izy». Hizaka izany rehetra izany ny kristiana. Hamadika ny zanany ny ray sy ny reny. Ny zanaka hamadika ny ray amandreniny. Hifanolotra eo amin' ny Synedriona ny mpisakaiza. Hotanterahin' ny mpanenjika ny fikasany tamin' ny namonoany an' i Stefana, Jakoba sy ireo kristiana hafa. {IFM 675.1}

Nomen' Andriamanitra fotoana farany nahazoany nibebaka ny vahoaka Jiosy tamin' ny alalan' ny mpanompony. Niseho tamin' ny alalan' ireo vavolombelony Izy tamin' ny nisamborana azy ireo, ny nitsarana azy sy ny nanaovana azy an-tranomaizina. Nefa nanameloka azy ho faty ny mpitsara azy. Tsy mendrika ny itoeran' izy ireo izao tontolo izao, ary nanombo indray ny Zanak' Andriamanitra ny Jiosy raha namono azy ireo. Mbola ho toy izany koa. Hanao lalàna hametra ny fahafahana ara-pivavahana ny fahefana. Horaisiny ny andraikitra izay an' Andriamanitra samirery. Hihevitra izy fa azony atao ny manery ny fieritreretana, izay Andriamanitra irery no tokony hifehy izany. Ankehitriny dia efa niantomboka izany, hitohy handroso hatrany izany asa izany mandra-pahatrarany fetra izay tsy azony dinganina. Hisalovana ho an' ny vahoakany mahatoky, mitandrina ny didiny Andriamanitra. {IFM 675.2}

Amin' ny toe-javatra rehetra, rehefa misy ny fanenjehana, dia mandray fanapahan-kevitra na ho an' i Kristy na hanohitra Azy izay manatri-maso izany. Izay mampiseho firaisam-po amin' ireo nomelohina tsy ara-drariny ireo, dia maneho ny firaisany amin' Kristy. Misy tafintohina satria mitsivalana mazava amin' ny fomba amam-panaony ny foto-kevitry ny fahamarinana. Betsaka no tafintohina ka lavo, ary mihemotra amin' ny finoana izay efa noharovany. Izay mihemotra amin' ny fotoana fisedrana, dia hijoro ho vavolombelona mandainga, ka hamadika ny rahalahiny, mba hahazoany antoka ny amin' ny tenany. Nampitandrina antsika ny amin' izany Kristy, mba tsy ho gaga isika amin' ny fihetsika tsy araka ny tokony ho izy, feno habibiana ataon' ireo mandà ny fahazavana. {IFM 675.3}

Nanome famantarana ny mpianany Kristy mikasika ny faharavana hihatra amin' i Jerosalema, ary nolazainy taminy ny fomba handosirana : «Ary raha nahita an' i Jerosalema voahodidin' ny miaramila hianareo, dia aoka ho fantatrareo fa efa mby akaiky ny fandravana azy. Ary izay any Jodia amin' izany andro izany aoka handositra ho any an-tendrombohitra ary izay ao Jerosalema aoka handositra ho any ivelany ; ary izay any an-tsaha aoka tsy hiditra ao an-tanàna intsony. Fa ireo dia andro famaliana mba hahatanteraka izay rehetra voasoratra». Natao hotandremana efa-polo taona tatỳ aoriana io fampitandremana io, tamin' ny nandravana an' i Jerosalema. Nankato io fampitandremana io ny kristiana, koa tsy nisy kristiana iray maty tamin' ny naharavan' ny tanàna. {IFM 676.1}

«Mivavaha hianareo mba tsy ho amin' ny ririnina na ho amin' ny Sabata no handosiranareo», hoy Kristy. Tsy nandrava ny Sabata ka namantsika azy teo amin' ny hazo fijaliana ilay nanao ny Sabata. Tsy nanjary foana sy tsy nisy dikany ny Sabata noho ny fahafatesan' i Kristy. Efapolo taona taorian' ny nanomboana Azy tamin' ny hazo

fijaliana, dia mbola notanana ho masina ihany izany. Nandritra ny efapolo taona mantsy dia tokony hivavaka ny mpianatra mba tsy ho amin' ny andro Sabata ny handosirany. {IFM 676.2}

Rehefa avy niteny ny amin' ny fandravana an' i Jerosalema Kristy, dia nifindra vetivety tamin' ny toe-javatra lehibe kokoa, izay masom-by farany eo amin' ny rojo mampiseho ny tantaran' ity tany ity, — dia ny fiavian' ny Zanak' Andriamanitra amin-kery sy amim-boninahitra. Eo anelanelan' ireo toe-javatra roa ireo, dia niharihary teo imason' i Kristy ireo taonjato lava rakotry ny haizina, taonjato feno rà sy ranomaso ary ady nihatra aman' aina ho an' ny fiangonany. Tsy zakan' ny mpianany tamin' izay ny mijery ireo toe-javatra ireo, ka nolalovan' i Jesosy tamin' ny teny fohy. «Fa amin' izany andro izany, hoy Izy, dia hisy fahoriana lehibe izay tsy mbola nisy toa azy hatrizay niandohan' izao tontolo izao ka mandraka ankehitriny, sady tsy hisy intsony. Ary raha tsy efa nohafohezina izany andro izany, dia tsy nisy nofo hovonjena ; fa noho ny olom-boafidy dia hohafohezina izany andro izany». Nihatra tamin' ny mpanaraka an' i Kristy mandritra ny arivo taona mahery ny fanenjehana izay tsy mbola nisy toy izany mihitsy teo amin' izao tontolo izao hatramin' izao. An-tapitrisany sy an-tapitrisany ny vavolombelony mahatoky no hovonoina. Raha tsy naninjitra ny tanany Andriamanitra hiaro ny vahoakany, dia ho faty izy rehetra. «Fa noho ny olom-boafidy, hoy Izy, dia hohafohezina izany andro izany». {IFM 676.3}

Izao ny Tompontsika dia milaza ny amin' ny fiaviany fanindroany, amin' ny teny tsy misy marripisalasala, ka mampitandrina ny amin' ny loza hialoha ny fiaviany eto amin' izao tontolo izao «Koa raha misy manao aminareo hoe : Indro, aty Kristy, na : Indro arý, aza mino hianareo. Fa hisy Kristy sandoka sy mpamtinany sandoka hitsangana ka haneho famantarana lehibe sy fahagagana, ary raha azo atao, na dia ny olom-boafidy aza dia hofitahiny. Indro voalazako aminareo rehateo izany. Ary amin' izany raha misy manao aminareo hoe : Indro any an-efitra Izy., aza mankany hianareo ; Indro ao amin' ny efi-trano Izy, aza mino. Fa tahaka ny helatra avy any atsinanana ka hita hatrany andrefana, dia ho tahaka izany ny fiavian' ny Zanak' olona». Efa nilaza Kristy fa anisan' ny famantarana ny fandravana an' i Jerosalema ny hoe : Hisy mpaminany sandoka maro hitsangana ka maro no ho voafitaka. Dia nisy tokoa mpaminany sandoka nitsangana, namitaka ny olona ary nitarika vahoaka be tany an-efitra. Nisy mpanao ody sy mpanao fanafody, izay nilaza fa manan-kery mahagaga, nitarika ny vahoaka nanaraka azy ho any amin' ny tendrombohitra mangina. Natao ho amin' ny andro farany koa anefa io fahagagana io. Nomena ho famantarana ny fiaviany fanindroany io famantarana io. Na dia ankehitriny aza dia misy Kristy sandoka sy mpaminany sandoka maneho famantarana

sy manao fahagagana hamitahana ny mpianany. Tsy rentsika ve ny antsoantsony hoe : «Indro, any an-efitra Izy ?» Moa ve tsy an' arivony ny mankany an-efitra, nanantena ny hahita an' i Kristy ? Ary moa ve tsy re ankehitriny ny antso manao hoe : «Indro,. ao amin' ny efitra mangina Izy» avy ao amin' ny fivoriana an' arivony izay misy olona milaza fa mifandray amin' ny fanahy efa maty ? Izany indrindra no fihamboana aroson' ny filalaovana angatra. Inona anefa no lazain' i Kristy ? «Aza mino. Fa tahaka ny helatra avy any atsinanana ka hitra hatrany andrefana, dia ho tahaka izany ny fiavian' ny Zanak' olona». {IFM 677.1}

Nanome famantarana ny amin' ny fiaviany ny Mpamonjy, ary mihoatra noho izany, dia mametra ny fotoana hisehoan' ny voalohany amin' ireo famantarana ireo Izy : «Ary raha vao afaka ny fahoriana amin' ireo andro ireo, ny masoandro hohamaizinina, ary ny volana tsy hahazava ; ny kintana hiraraka avy any an-danitra, ary ny herin' ny lanitra hohozongozonina. Ary amin' izany andro izany dia hiseho eo amin' ny lanitra ny famantarana ny Zanak' olona, ka dia hitomany ny firenena rehetra ambonin' ny tany, ary hahita ny Zanak' olona avy aminkery sy voninahitra lehibe eo amin' ny rahon' ny lanitra izy. Ary amin' ny ampanenoana mafy ny trompetra dia haniraka ny anjeliny Izy, ary hangonin' ireo ny olom-boafidy avy amin' ny vazan-tany efatra hatramin' ny faravodilanitra rehetra». {IFM 678.1}

Amin' ny fiafaran' ny fanenjehana lehibe ataon' ny fahefana papaly, dia ambaran' i Kristy, fa ny masoandro hohamaizinina, ary ny volana tsy hanome hazavana. Manaraka izany, dia hilatsaka avy any an-danitra ny kintana. Ary hoy Izy : «Mianara ny fanoharana ny amin' ny aviavy : Raha vao manaroka ny rantsany ka mandravina, dia fantatrareo fa efa akaiky ny lohataona. Dia tahaka izany koa hianareo, raha vao hitanareo izany rehetra izany, dia aoka ho fantatrareo fa efa akaiky mby eo am-baravarana Izy». {IFM 678.2}

Nomen' i Kristy ny famantarana ny amin' ny fiaviany. Ambarany fa mety ho fantatsika fa akaiky, mby eo am-baravarana Izy. Izao no nolazainy ny amin' ireo hahita ireo famantarana ireo. «Tsy mba ho lany izao taranaka izao mandra-pahatongan' izany rehetra izany». Efa niseho ireo famantarana ireo. Ankehitriny, dia fantatsika fa zavatra azo antoka ny maha-akaiky ny fiavian' ny Tompo. «Ny lanitra sy ny tany ho levona, hoy Izy, fa ny teniko tsy mba ho levona». {IFM 678.3}

Avy amin' ny rahona sy ny voninahitra lehibe Kristy. Anjely mamirapiratra marobe no hanotrona Azy. Ho avy hanangana ny maty Izy, hanova ny masina veloná avy amin' ny voninahitra ka ho amin' ny voninahitra. Ho avy Izy hanome voninahitra izay tia Azy sy mitandrina ny didiny, ary ho avy Izy handray azy ho any Aminy. Tsy nanadino azy Izy

na nanadino ny teny fikasany. Hisy indray ny fampitohizana ny rohim-pianakaviana. Rehefa mijery ny matintsika isika, dia azontsika atao ny mieritreritra ilay maraina hanenoan' ny trompetran' Andriamanitra rehefa «hatsangana ny maty tsy ho lo intsony, ary isika hovana» . Kely sisa, dia ho hitantsika eo amin' ny hatsaran-tarehiny ny Mpanjaka. Kely sisa, dia hofafany ny ranomaso rehetra amin' ny masontsika. Kely sisa, dia hasehony isika «tsy hanan-tsiny eo anoloan' ny voninahiny amin' ny firavoravoana». Noho izany, dia hoy Izy raha nanome ireo famantarana ny amin' ny fiaviany : «Raha vao miandoha izany zavatra izany, dia miandrandrà, ka asandrato ny lohanareo ; fa manakaiky ny fanavotana anareo». {IFM 678.4}

Tsy nambaran' i Kristy anefa ny andro sy ny ora hiaviany. Nambarany mazava tamin' ny mpianany fa tsy afaka hampahafantatra ny andro na ny ora hisehoany fanindroany ny tenany. Raha nanana fahafahana hanambara izany Izy, inona no nilana ny famporisihany azy ireo hitoetra amin' ny fibanjinana mitohy ? Misy milaza fa mahalala ny andro sy ny ora mihitsy hisehoan' ny Tompontsika. Mafana fo ery izy mandahatra mialoha ny ho avy. Nampitandrina azy anefa ny Tompo hiala amin' ny toerana tazoniny. Zava-miafin' Andriamanitra ny fotoana marina hiavian' ny Zanak' olona. {IFM 679.1}

Nanohy ny teniny Kristy raha nanondro ny toetr' izao tontolo izao amin' ny fiaviany izy. «Fa tahaka ny andron' i Noa, dia ho tahaka izany koa ny fiavian' ny Zanak' olona. Fa tahaka ny tamin' ny andro fony tsy mbola tonga ny Safo-drano, ka nihinana sy nisotro ny olona ary nampaka-bady sy namoaka ny ampakarina, mandra-piavin' ny andro izay nidiran' i Noa tao amin' ny sambofiara ary tsy fantany mandra-piavin' ny safo-drano izay nandringana ny olona rehetra, dia ho tahaka izany ny fiavian' ny Zanak' olona». Tsy mampiseho arivo taona ara-bakiteny eto Kristy, taona arivo izay hiomanan' ny rehetra ho amin' ny mandrakizay. Lazainy amintsika fa ho tahaka ny tamin' ny andron' i Noa, rehefa ho avy indray ny Zanak' olona. {IFM 679.2}

Nanao ahoana ny tamin' ny andron' i Noa? «Ary hitan' i Jehovah fa be ny faharatsian' ny olona tambonin' ny tany, ka izay fisainana rehetra avy amin' ny fony dia ratsy ihany mandritra ny andro» . Niodina niala tamin' i Jehovah ny mponina teto amin' izao tontolo izao talohan' ny Safo-drano, ka nandà ny hanao ny sitrapony masina. Nanaraka ny fisainan' ny tenany tsy masina sy ny hevi-disony izy. Ny faharatsiany no nandringanana azy ; ankehi-triny dia manaraka io lalàna io ihany izao tontolo izao. Tsy mampi- seho famantarana milaza soa ny amin' ny arivo taona feno voninahitra izany. Mampiseho ny tany amin' ny faharatsiana ny mpandika ny lalàn' Andriamanitra. Ny filokana, ny hazakaza-tsoavaly, ny kilalao, ny fanaovan-dratsy, ny fahavetavetana, ny fironana ambany tsy hay tohaina ataony dia mameno haingana herisetra an' izao tontolo

izao. {IFM 679.3}

Hoy Kristy ao amin' ny faminaniana momba ny handravana an' i Jerosalema : «Ary noho ny haben' ny tsi-fankatoavan-dalàna, dia hihamangatsiaka ny fitiavan' ny maro. Fa izay maharitra hatramin' ny farany no ho vonjena. Ary hotorina amin' izao tontolo izao ity filazantsaran' ny fanjakana ity ho vavolombelona amin' ny firenena rehetra, dia vao ho tonga ny farany». Ho tanteraka indray ny faminaniana. Ny habetsahan' ny tsy fankatoavan-dalàna tamin' izany andro izany dia misy setriny amin' izao taranaka izao. Toy izany koa ny amin' ny fanambarana mialoha mikasika ny fitoriana ny filazantsara. Talohan' ny naharavan' i Jerosalema, dia nampanoratin' ny Fanahy Masina i Paoly nanambara fa «notorina eny ambanin' ny lanitra eny ny filazantsara» . Toy izany koa ankehitriny, alohan' ny hiavian' ny Zanak' olona, dia hotorina «amin' ny firenena rehetra, sy ny fokom-pirenena sy ny samihafa fiteny ary ny olombelona rehetra» ny filazantsara mandrakizay. {IFM 680.1}

Andriamanitra dia «nanendry andro iray izay hitsarany izao tontolo izao» . Lazain' i Kristy antsika ny andro hahatongavan' izany tokoa. Tsy milaza Izy fa hiova fo izao tontolo izao manontolo, fa «hotorina amin' izao tontolo izao ity filazantsaran' ny fanjakana ity ho vavolombelona amin' ny firenena rehetra, dia vao ho tonga ny farany». Manana fahefana hanafaingana ny fiavian' ny Tompontsika isika amin' ny fitondrana ny filazantsara amin' izao tontolo izao. Tsy tokony hibanjina fotsiny ny fiavian' ny andron' Andriamanitra isika fa tokony hanafaingana azy koa . Raha nanao ny asa nampanaovina azy ny fiangonan' i Kristy araka izay nibaikoan' ny Tompo, dia ho nandre ny fampitandremana izao tontolo izao manontolo talohan' izao fotoana izao, ary efa tonga teto amin' ny tanintsika amin-kery sy voninahitra lehibe Jesosy Tompo. {IFM 680.2}

Rehefa avy nanome famantarana ny amin' ny fiaviany Izy, dia hoy Kristy : «Raha vao hitanareo izany rehetra izany, dia aoka ho fantatrareo, fa efa akaiky mby eo ambaravarana Izy».«Mitan drema, miambena, ka mivavaha». Nanome fampitandremana mandrakariva ny amin' ny fitsarana ho avy Andriamanitra. Izay nino ny hafatra ho amin' ny androny, ka nanatanteraka ny finoany, amin' ny fankatoavana ny didiny, dia mandositra ny fitsarana izay hianjady amin' ny tsy mankato sy ny tsy mino. Tonga tamin' i Noa ny teny hoe : «Midira ao anatin' ny sambo fiara hianao mbamin' ny ankohonanao rehetra». Nankatò i Noa dia voavonjy. Tonga tamin' i Lota ny hafatra nanao hoe : «Miaingà, mialà amin' ity tanàna ity ; fa horavan' i Jehovah ity tanàna ity». Nametraka ny teny teo ambany fitarihan' ny mpitondra hafatry ny lanitra i Lota, ary voavonjy izy. Toy izany koa, nomena fampitandremana ny amin' ny fandravana an' i Jerosalema ny mpianatr' i Kristy. Izay niandry ny famantarana ilay faharavana ho avy, ka nandositra

niala ny tanàna, dia nandositra ny fandringanana. Toy izany koa isika, dia homena fampitandremana ny amin' ny fiavian' i Kristy fanindroany sy ny fandravana hianjady amin' izao tontolo izao. Ho voavonjy izay mandray ny fampitandremana. {IFM 680.3}

Satria tsy fantatsika ny fotoana marina hiaviany, dia hafatrafarana isika hiambina. «Sambatra ny mpanompo izay ho hitan' ny tompony miambina, raha avy Izy». Izay miambina ny hiavian' ny Tompo dia tsy midonanaka foana eo am-piandrasana. Mahatonga ny olona hatahotra ny Tompo sy hatahotra ny fitsarana hahatra amin' ny fandikan-dalàna ny fiandrasana an' i Kristy. Mamoha azy hiala amin' ny fahotana lehibe dia ny fitsipahana ny famindrampo atolony izany. Izay miandry ny Tompo dia manadio ny fanahiny amin' ny fankatoavana ny fahamarinana. Akambany amin' ny fiambenana mailo ny asa amin-kafanam-po. Satria fantany fa eo am-baravarana ny Tompo, dia mihamatanjaka ny zotom-pony hiaramiasa amin' ny anjelin' ny lanitra eo amin' ny famonjena ny fanahy. Ireo no mpanompo mahatoky sy hendry izay manome ny ankohonan' ny Tompo «ny anjara hanina amin' ny fotoana». Manambara ny fahamarinana izay azo ampiharina ankehitriny izy. Toa an' i Enoka, Noa, Abrahama sy Mosesy, izay samy nanambara ny fahamarinana tamin' ny androny avy, toy izany koa ny mpanompon' i Kristy ankehitriny mitondra fampitandremana manokana ho an' ny taranaka misy azy izy. {IFM 681.1}

Misy antokon' olona hafa asehon' i Kristy koa anefa : «Fa raha manao anakampo izany mpanompo ratsy fanahy izany hoe : Maharitra ela ny tompoko, ka dia mikapoka ny mpanompo namany izy ary mihinana sy misotro amin' ny mpimamo, dia ho avy ny tompon' izany mpanompo izany amin' ny andro izay tsy ampoiziny sy amin' ny ora izay tsy fantany». {IFM 681.2}

Miteny anakampony ny mpanompo ratsy fanahy manao hoe : «Maharitra ela ny Tompoko». Tsy milaza izy fa tsy ho avy Kristy. Tsy mamazivazy ny amin' ny hiaviany indray izy. Nefa ao am-pony sy amin' ny alalan' ny asany sy ny teny ataony, dia manambara izy fa maharitra ela ny Tompo. Foanany tsy ho ao an-tsain' ny hafa ny faharesen-dahatra fa ho avy haingana ny Tompo. Ny hery miasa mangina avy aminy dia mitarika ny olona ho amin' ny hatak' andro mitory fahasahisahiana foana, sy fanaovana an-tsirambina. Mahazo vahana izy eo amin' ny toetrany araka izao tontolo izao sy eo amin' ny faharendremany. Manjaka amin' ny sainy ny fironana ara-nofo sy ny eritreritra maloto. Miara-mihinana sy misotro amin' ny mpimamo ny mpanompo ratsy fanahy, ka miray amin' izao tontolo izao amin' ny fitadiavana fahafinaretana. Mikapoka ny mpanompo namany izy, ka miampanga sy manameloka izay matoky amin' ny Tompony. Mifangaro amin' izao tontolo izao izy, miara-mitombo eo amin' ny fandikan-dalàna ny

mitovy toetra. Firaisana mahatahotra izany. Voaray ao amin' ny fandrika miaraka amin' izao tontolo izao izy. «Ho avy ny tompon' izany mpanompo izany ... amin' ny ora izay tsy ampoiziny, dia hotapahiny roa izy ka homeny anjara amin' ny mpihatsaravelatsihy». {IFM 682.1}

«Koa raha tsy hiambina hianao, dia ho tonga toy ny fiavian' ny mpangalatra Aho, ka tsy ho fantatrao izay ora hiaviako aminao». Hanampoka ny mpampianatra sandoka ny fiavian' i Kristy. Miteny izy hoe : «Miadana sy mandry fahizay». Tahaka ny mpisorona sy ny mpampianatra talohan' ny naharavan' i Jerosalema, dia manantena ny fiangonana hihanoka amin' ny fanambinana sy ny voninahitra ara-nofo izy. Lazainy fa fanambarana izany ny famantarana amin' izao andro izao. Ahoana anefa hoy ny teny avy amin' ny Tsindrimandry ? «Hanjo azy tampoka ny fandringanana». Ho tonga tahaka ny fandrika ny andron' Andriamanitra amin' izay rehetra monina ambonin' ny tany manontolo, amin' izay rehetra manao an' izao tontolo izao ho trano itoerany. Ho avy aminy toy ny mpangalatra miriorio mitady haza izany. {IFM 682.2}

Feno korana izao tontolo izao, feno fahafinaretana tsy misy an' Andriamanitra, ary matory, matory ao amin' ny antoka aranofo. Apetraky ny olona lavitra ny fiavian' ny Tompo. Hihomehezany ny fampitandremana. Atao ilay teny feno fireharehana sy avonavona hoe : «maharitra tsy miova ny zavatra rehetra, eny hatramin' ny nanaovana an' izao tontolo izao aza». «Rahampitso dia ho tahaka ny anio ihany, eny hanoatra lavitra aza». Handroso hihalalina kokoa ao amin' ny fitiavana fahafinaretana isika. Hoy anefa Kristy : «Indro, avy toy ny mpangalatra Aho». Amin' ny fotoana indrindra izay hanontanian' izao tontolo izao am-paniratsirana hoe : «Aiza ny teny fikasana ny amin' ny fiaviany ?» ho tanteraka ny famantarana. Raha miantsoantso izy hoe : «Miadana sy mandry fahizay», dia tonga tampoka ny fandringanana. Rehefa manjary sahisahy foana ny mpanaraby, ny mpitsipaka ny fahamarinana ; — rehefa mitohy hatrany ny asa mahazatra eo amin' ny fomba samihafa hitadiavam-bola ka tsy hiheverana ny foto-kevitra ; rehefa miezaka mafy mitady fahalalana amin' ny zavatra rehetra ankoatry ny Baiboly ny mpianatra, dia ho avy tahaka ny mpangalatra Kristy. {IFM 683.1}

Mihotakotaka ny zavatra rehetra eo amin' izao tontolo izao. Hatraiza hatraiza ny famantarana momba ny fotoan' andro. Manaloka ny toe-javatra ho avy. Miala amin' ny tany ny Fanahin' Andriamanitra ka mifanontona ny antambo an-dranomasina sy an-tanety. Misy rivo-doza, horohorontany, hain-trano, tondra-drano, vonoan' olona isan-karazany. Iza no afaka mamaky ny ho avy ? Aiza ny toerana azo antoka ? Tsy misy na inona na inona azo antoka eo amin' izay araka ny olombelona na ara-nofo. Mihazakazaka ny olona milahatra eo ambanin' ny faneva izay nofidiny. Miandry tsy an-kijanona sy

manara-maso ny fihetsiky ny mpitarika azy izy. Ao ireo miandry sy miambina ary miasa ho amin' ny fisehoan' ny Tompontsika. Misy antokon' olona hafa izay latsaka ao ambanin' ilay laharana tarihin' ilay jeneraly mpihemotra' lehibe voalohany. Vitsy no mino amin' ny fo sy fanahy fa misy helo tsy maintsy handosirantsika ary lanitra tsy maintsy ho azontsika. {IFM 683.2}

Mitsaitsaika miandalana mankeo amintsika ny zava-tsarotra. Mamirapiratra eo amin' ny lanitra ny masoandro ; manohy ny diany isan' andro, ary mbola manambara ny voninahitr' Andriamanitra ny lanitra. Mbola mihinana sy misotro ny olona, mamboly sy manao trano, manambady sy mamoaka ny ampakarina. Mbola mividy sy mivarotra ny mpivarotra. Mbola mifandronjindronjina ny olona, miady ny toerana ambony indrindra. Mbola mifanizina any amin' ny fampisehoana an-dampihazo, any amin' ny hazakaza-tsoavaly, any amin' ny helo-dalaon' ny tia fahafinaretana. Manjaka ny fahataitairana mafy indrindra, nefa mihazakazaka ny fiafaran' ny oran' ny fahasoavana, ary efa ho tapaka ho mandrakizay ny momba ny tsirairay. Hitan' i Satana fa fohy ny androny. Narotsany eo amin' ny asa ny fiasany rehetra mba ahazoany mamitaka, mandrebireby, mahasahirana sy maharevo ny olona, mandra-pifaran' ny andrompahasoavana, ka hikatona mandrakizay ny varavaran' ny famindrampo. {IFM 683.3}

Tonga amintsika amin' ny fomba manetriketrika avy amin' ireo taonjato mifandimby ny teny fampitandremana nataon' ny Tompontsika avy eo amin' ny Tendrombohitra Oliva : «Mitandrema, fandrao ny fonareo hovesaran' ny vokatry ny fisotroan-toaka. sy ny fahamamoana ary ny fiahiahian' izao fiainana izao, ka ho avy tampoka aminareo tahaka ny fandrika izany andro izany. Fa miambena ka mivavaha mandrakariva mba hahery hianareo ka handositra izany zavatra ho avy rehetra izany ary hitsangana eo anatrehan' ny Zanak' olona». {IFM 684.1}

## Toko 70—Ny kely indrindra amin' ny rahalahiko

«Ary raha tonga ny Zanak' olona amin' ny voninahiny, arahin' ny anjely rehetra, dia hipetraka eo ambonin' ny seza fiandrianan' ny voninahiny Izy ; ary ny firenena rehetra hangonina eo anatrehany, dia hanavaka azy Izy». Toy izany no nanehoan' i Kristy antsary tamin' ny' mpianany teo amin' ny Tendrombohitra Oliva, ny toejavatra momba ny andro Fitsarana lehibe. Ary nasehony fa hifototra amin' ny zavatra iray loha ny fanapahan-keviny. Rehefa tafavory eo anatrehany ny firenena, dia hisy antokon' olona roa, ka ny anjarany ho mandrakizay dia ho voafaritr' izay nataony na nataony antsirambina ho Azy eo amin' ny tenan' ny mahantra sy ny mijaly. {IFM 685.1}

Tamin' io andro io Kristy dia tsy naneho teo anatrehan' ny olona ny asa lehibe izay nataony ho fanavotana azy. Ny asa mahatoky nataon' izy ireo ho Azy no nasehony. Izao no holazainy amin' izay eo amin' ny ankavanany : «Avia hianareo izay notahin' ny Raiko, mandovà ny fanjakana izay voavoatra ho anareo hatrizay nanorenana izao tontolo izao ; fa noana Aho. dia nomenareo hanina ; nangetaheta Aho, dia nampisotroinareo ; nivahiny Aho, dia nampiantranoinareo ; tsy nanan-kitafy Aho, dia notafianareo ; narary Aho, dia notsaboinareo ; tao an-tranomaizina Aho, dia novanginareo». Ireo izay derain' i Kristy anefa tsy mahalala fa nanao asa fanompoana Azy izy. Izao no navalin' i Kristy ny fanontaniany mahasahiran-kevitra azy: «Araka izay efa nataonareo tamin' ny anankiray amin' ireto rahalahiko kely indrindra ireto no nataonareo tamiko». {IFM 685.2}

Efa nambaran' i Jesosy tamin' ny mpianany fa hankahalain' ny olona rehetra izy, henjehiny sy hampahoriany. Betsaka no hosintonina ivelan' ny tokantranony ka hoentina eo amin' ny fahantrana. Betsaka no ho trà-pahoriana noho ny aretina sy ny fihafiana. Betsaka no halefa any an-tranomaizina. Izay rehetra handao ny sakaizany na ny tokantranony noho ny anarany dia efa nampanantenainy zato heny eto amin' ity fiainana ity. Ankehitriny dia mampanantena fitahiana manokana ho an' izay rehetra hanompo ny rahalahiny Izy. Izay rehetra mijaly noho ny anarako, hoy Jesosy, dia tokony hahitanareo Ahy. Toy ny tokony hanompoanareo Ahy, dia tokony hanompoanareo azy koa. Izany no porofo mazava fa mpianatro hianareo. {IFM 686.1}

Izay rehetra niditra ho fianakavian' ny lanitra amin' ny alalan' ny fahateraham-baovao, no tena rahalahin' ny Tompontsika. Ny fitiavan' i Kristy no mampifamatotra ny ao amin' ny fianakaviany, ary na aiza na aiza no miharihary io fitiavana io, dia miseho ny fifandraisana amin' Andriamanitra : «Izay rehetra tia no naterak' Andriamanitra sady mahalala an' Andriamanitra». {IFM 686.2}

Izay derain' i Kristy eo amin' ny Fitsarana, dia mety ho kely fahalalana raha ny teolojia, nefa nankafy ny foto-kevitra nomen' i Kristy izy. Fitahiana ho an' izay manodidina azy izy noho ny hery miasa mangina avy amin' ny Fanahin' Andriamanitra. Na dia teo anivon' ny jentilisa aza dia nisy izay nankamamy ny toe-tsaina feno halemem-panahy ; talohan' ny nahatongavan' ny tenin' ny fiainana tao an-tsofiny, dia efa nanasoa ny misionera izy, nanompo azy mihitsy aza na dia nampidi-doza ny ainy aza izany. Teo anivon' ny jentilisa dia nisy ireo nanompo an' Andriamanitra tao amin' ny tsy fahalalany, ireo izay tsy mbola nisy olombelona nampisaina mihitsy hitondra ny fahazavana ho azy ireo tsy ho very. Na dia tsy nahafantatra ny lalàn' Andriamanitra voasoratra aza izy, dia nandre ny feony niteny taminy teo amin' ny zavaboary, ka nanatanteraka izay takian' ny lalàna. Porofo mazava ny asany fa nanohina ny fony ny Fanahy Masina, ary ekena ho zanak' Andriamanitra izy. {IFM 686.3}

Akory ny fahagagana sy ny ho fifalian' ny ambany ao amin' ny firenena sy ao amin' ny jentilisa mandre ny teny avy amin' ny molotry ny Mpamonjy manao hoe : «Araka izay efa nataonareo tamin' ny anankiray amin' ireto rahalahiko kely indrindra ireto no nataonareo tamiko». Ho manao ahoana ny fon' Ilay Fitiavana tsy voafetra raha gaga sy faly ny mpanaraka Azy miandrandra izany teny fankasitrahana izany. {IFM 686.4}

Nefa tsy voafaritra ho an' ny antokon' olona manokana ny fitiavan' i Kristy. Mampitovy ny tenany amin' ny zanaky ny taranak' olombelona rehetra Izy. Mba ahazoantsika ho tonga anisan' ny fianakavian' ny lanitra, dia nanjary anisan' ny fianakavian' ny tany Izy. Izy no Zanak' olona, ary amin' izany dia rahalahy ho an' ny zanakalahy sy zanakavavin' i Adama rehetra Izy. Ny mpanaraka Azy dia tsy tokony hahatsapa ny tenany ho tafasaraka amin' izao tontolo izao very manodidina azy. Ampahany ao amin' ny fianakaviam-ben' ny olombelona ireo, ary mijery azy ireo toy ny rahalahy ho an' ny mpanota tahaka ny ho an' ny olona masina ny Lanitra. Voafaokan' ny fitiavan' i Kristy ny lavo, ny very sy ny mpanota ; ary ny asam-pitiavana rehetra atao mba hanandratana ny fanahy lavo, ny asam-pamindrampo rehetra dia ekena ho toy ny natao ho Azy. {IFM 687.1}

Alefa ny anjelin' ny lanitra mba hanompo izay ho mpandova ny famonjena. Tsy fantatsika izy ireo ankehitriny ; tsy mbola aseho miharihary izay handresy, ka handray anjara amin' ny lovan' ny olona masina eo amin' ny mazava, fa mivezivezy manerana ny tany amin' ny halavany sy ny sakany ny anjelin' ny lanitra, mitady izay hampaherezana ny malahelo, hiaro ny tra-doza, hamabo ny fon' ny olona ho an' i Kristy. Tsy misy iray atao an-tsirambina na dinganina. Tsy manavaka olona Andriamanitra, ary mitovy ny fikarakarany ny fanahy rehetra izay noforoniny. {IFM 687.2}

Raha mamoha ny varavaranao amin' ireo olon' i Kristy sahirana sy mijaly ianao, dia mampiantrano anjely tsy hita maso. Miantso ny mponin' ny lanitra hiara-dia aminao ianao. Mitondra rivo-piainana masina feno fifaliana sy fiadanana izy. Mitondra fiderana eo amin' ny molony izy, ary nisy setriny mamaly izany re any an-danitra. Mahatonga feon-java-maneno any ny asam-pamindrampo rehetra. Avy eo amin' ny seza fiandrianany ny Ray dia manisa ny mpiasany tsy mihevitra ny tenany ho anisan' ny fananany sarobidy indrindra. {IFM 687.3}

Ireo izay eo an-kavian' i Kristy, ireo izay nanao Azy an-tsirambina teo amin' ny tenan' ny mahantra sy ny mijaly, dia tsy nahatsapa ny fahadisoany. Efa nahajamba azy i Satana ; tsy hitany izay adidiny amin' ny rahalahiny. Variana tamin' ny tenany izy ka tsy nihevitra izay ilain' ny hafa. {IFM 687.4}

Ny manan-karena dia nomen' Andriamanitra harena mba hahaazony manamaivana ny fahorian' ny zanany sy mampahery azy ; matetika loatra anefa no tsy mampiraika azy ireo izay ilain' ny hafa. Nahatsapa ny tenany ho ambonin' ny rahalahiny mahantra izy. Tsy nametraka ny tenany teo amin' ny toeran' ny olona mahantra izy. Tsy azony ny fakam-panahy sy ny ady mafy atrehin' ny mahantra, ka levona tao am-pony ny famindrampo. Ao amin' ny trano sarobidy sy ny fiangonana marevaka tokoa ny mpanankarena no manidy ny tenany hisaraka amin' ny mahantra ; ny fitaovana izay nomen' Andriamanitra hitahiana ny sahirana dia lany tamin' ny fanomezana fahafaham-po ny avonavona sy ny fitiavan-tena. Robaina isan' andro ny mahantra amin' ny fanabeazana tokony ho azony mikasika ny fitiavana sy ny famindrampon' Andriamanitra. Efa nanomana ny ampy Izy mantsy mba hahazoan' izy ireo fiononana eo amin' izay ilainy, mahatonga ny fiainana ho tery izy ireny, ka matetika no voan' ny fakam-panahy ho tonga feno fialonana, fahasarotam-piaro sy hevitra ratsy. Ireo izay tsy mba niharan' ny faneren' ny tsy fisiana, no matetika manao tsinontsinona ny mahantra ka mahatonga azy hahatsapa fa raisina ho toy ny faikan' olona fadiranovana izy. {IFM 688.1}

Mibanjina izany rehetra izany anefa Kristy ka manao hoe : izaho no noana sy nangetaheta. Izaho no vahiny. Izaho no narary. Izaho no tany an-tranomaizina. Raha nihinana ny matsiro teo amin' ny latabatrao nivelaran' ny hanim-pitoloha ianao, Izaho kosa maty noana tao amin' ny trano bongo na tao amin' ny arabe mangina. Raha niadana tao amin' ny tranonao fatratra dia fatratra ianao, Izaho kosa tsy nanana izay ametrahana ny lohako. Raha nampifanizina ny fitafiana sarobidy tao amin' ny fanatonam-pitafiana ianao, Izaho kosa nitanjaka. Raha nanenjika ny fahafinaretanao ianao, Izaho kosa niaritra ny fahoriana tany an-tranomaizina. {IFM 688.2}

Rehefa nahihitra fanome hanina kely ho an' ny mahantra maty noana ianao, rehefa nanome izato fitafiana rotidrotika ianao mba hiarovanao azy amin' ny kaikitry ny fanala, mba tsaroanao ve fa manome ho an' ny Tompon' ny voninahitra ianao ? Nandritra ny androm-piainanao dia teo anilanao Aho teo amin' ny tenan' ireo tra-pahoriana, nefa tsy nitady Ahy ianao. Tsy fantatro ianao. {IFM 688.3}

Betsaka no mahatsapa fa ho tombon-tsoa lehibe ny hamangy ny toerana sehatry ny fiainan' i Kristy teto an-tany, ny mandeha eo amin' izay nodiaviny, ny mijery ny farihy izay tiany ny nampia- natra teo akaikiny, ary ny havoana sy ny lohasaha izay nitopazan' ny masony matetika tokoa. Tsy ilaintsika anefa ny mankany Nazareta, Kapernaomy na Betania, mba hanaraka ny dian' i Jesosy. Ho hitantsika ny dian-tongony eo anilan' ny fandrian' ny marary, ao amin' ny tranobongon' ny mahantra, eo amin' ny lalana misy olona mifanizina ao amin' ny tanàn-dehibe sy eo amin' ny toerana rehetra izay misy fon' olombelona mila fampiononana. Ny fanaovantsika izay nataon' i Jesosy fony Izy teto an-tany. no handehanantsika eo amin' ny diany. {IFM 688.4}

Mety mahita zavatra atao ny rehetra. «Ny malahelo dia ety aminareo mandrakariva», hoy Jesosy, ary tsy misy olona tokony hahatsapa fa tsy misy toerana tsy ahazoany miasa ho Azy. Antapitrisany sy an-tapitrisany ny fanahy efa ho very, voafatotry ny gadran' ny tsy fahalalana sy ny fahotana, no tsy mbola nandre akory ny amin' ny fitiavan' i Kristy azy na oviana na oviana. Raha nifampisoloana ny toerantsika sy ny azy, inona no tiantsika hataony ho antsika ? Izany rehetra izany, araka izay azontsika atao, dia adidintsika lehibe indrindra ny manao izany ho azy ireo. Ny fitsipi-piainan' i Kristy, izay tsy maintsy ijoroan' ny tsirairaý amintsika na hahalavo antsika amin' ny Fitsarana, dia ny hoe : «Na inona na inona tianareo hataon' ny olona aminareo, dia mba ataovy aminy kosa tahaka izany». {IFM 689.1}

Nomen' ny Mpamonjy ny ainy sarobidy mba hanorenana fiangonana afaka hikarakara ny fanahy tra-pahoriana, halaim-panahy. Mety ho mahantra, tsy nahazo fanabeazana ary tsy fanta-daza ny antokon' ny mpino, nefa ao amin' i Kristy, dia mety manao asa ao an-tokantrano izy, eo amin' ny manodidina, ao amin' ny fiangonana, ary na dia amin' ny faritra ivelany aza, izay hahatratra lavitra toy ny mandrakizay ny vokany. {IFM 689.2}

Ny fanaovana an-tsirambina an' io asa io no nahatonga mpianatra tanora maro tokoa tsy mandroso mihitsy ankoatry ny abidian' ny fanandramana Kristiana. Ny fahazavana izay namirapiratra tao amin' ny fony raha niteny taminy Jesosy hoe : «Voavela ny helokao» dia azony tazonina hirehitra amin' ny fanampiana izay sahirana. Ny herim-po tsy miato izay matetika loharano mitera-doza ho an' ny tanora, dia azo tarihina ho amin'

ny fantsona izay hitosahan' ny ria-pitahiana. Tokony hohadinoina ny «izaho» ao amin' ny asa mafana hanao soa ho an' ny hafa. {IFM 689.3}

Izay manompo ny hafa dia hotompoin' Ilay Mpiandry ondry Lehibe. Izy mihitsy no hisotro amin' ny rano velona, ka ho afapo. Tsy haniry fanalana andro manaitaitra izy, na fiovana eo amin' ny fiainany. Ny foto-kevitra hahaliana azy dia ny hoe : «ahoana ny hamonjena ny fanahy efa ho very ?». Nisy vokany ny fifandraisana eo amin' ny fiaraha-monina. Hitarika ny fo hiray ny fitiavana ny Mpanavotra. {IFM 690.1}

Rehefa zava-misy amintsika ny maha-mpiara-miasa amin' Andriamanitra antsika, dia tsy hisy tsy firaihana eo amin' ny filazantsika ny teny fikasany. Handoro ao am-pontsika izany, ka hirehitra eo amin' ny molotsika. Raha nantsoina hanompo vahoaka kely fahalalana, tsy fehezin-dalàna sy mpikomy i Mosesy, dia nomen' Andriamanitra azy ny teny fikasana hoe : «Ny Tavako no handeha, dia hanome anao fitsaharana Aho». Hoy koa Izy : «Homba anao tokoa Aho». Io teny fikasana io dia ho an' izay rehetra miasa mafy eo amin' ny toeran' i Kristy ho an' ny tra-pahoriana sy ny mijaly. {IFM 690.2}

Ny fitiavana ny olona no fisehoan' ny fitiavan' Andriamanitra eto an-tany. Ny hampitoetra io fitiavana io, ny hanao antsika zanaky ny fianakaviana iray no nahatonga ny Mpanjakan' ny voninahitra ho iray amintsika. Ary rehefa tanteraka ny teny nataony raha handeha Izy hoe : «Izao no didiko, dia ny mba hifankatiavanareo tahaka ny nitiavako anareo» ; rehefa tia an' izao tontolo izao tahaka ny nitiavany azy isika, amin' izay dia tanteraka ho antsika ny asa nanirahana Azy. Vonona ho any an-danitra isika satria manana ny lanitra ao am-pontsika. {IFM 690.3}

«Vonjeo izay entina ho vonoina, ary enga anie ka mba harovanao izay mangozohozo efa ho mby eo am-pamonoana ! Raha hoy kosa hianao : Tsia, tsy mahalala izany izahay, moa Izay mandanja ny fo tsy hihevitra izany va ? Ary Izay mandinika ny fanahinao tsy hahalala izany va ? Eny, hovaliany araka ny ataony avy ny olona rehetra» . Amin' ny Andro Fitsarana lehibe, izay tsy niasa ho an' i Kristy, izay nanara-drian-drano nihevitra ny amin' ny tenany, nikarakara ny tenany, dia hapetraky ny Mpitsaran' ny tany manontolo miaraka amin' izay nanao ratsy. Handray fanamelohana mitovy izy. {IFM 690.4}

Misy adidy nankinina tamin' ny fanahy tsirairay. Hanontany ny tsirairay Ilay Mpiandry ondry Lehibe hoe : «Aiza ny ondry andiany izay nomena anao, dia ny ondrinao tsara tarehy ?» Ary foa «ahoana re no holazainao, raha hanafay anao izy ?» {IFM 690.5}

## Toko 71—Mpanompon' ny mpanompo

Tao amin' ny efitra ambonin' ny trano fonenana iray tao Jerosalema no nipetrahan' i Kristy niaraka tamin' ny mpianany nanodidina ny latabatra iray . Nivory izy ireo mba hankalaza ny Paska. Naniry ny hankalaza io Paska io irery niaraka tamin' izy roa ambin' ny folo lahy Izy. Fantany fa tonga ny orany ; Izy tenany no Ilay tena Zanak' ondrin' ny Paska, ary hatao fanatitra Izy amin' ny andro hihinanana ny Paska. Efa hisotro ny kapoaky ny fahatezerana Izy ; tsy ho ela dia tsy maintsy handray ny batisa faran' ny fahoriana Izy. Mbola nisy ora tony vitsivitsy anefa ho Azy, ary nolaniany mba hanasoa ny mpianany malalany izany. {IFM 691.1}

Ny fiainan' i Kristy manontolo dia fiainan' ny fanompoana tsy niheverany ny tenany ; «tsy tonga mba hotompoina, fa mba hanompo», izany no lesona avy amin' ny fihetsiny rehetra. Tsy mbola hain' ny mpianatra ihany anefa ny lesona. Tamin' io sakafon' ny Paska farany io, dia naverin' i Jesosy ny fampianarany tamin' ny alalan' ny sary fanazavana izay tafalatsaka lalina tao an-tsain' izy ireo sy tao am-pony ho mandrakizay. {IFM 691.2}

Ny resaka mifanatrika nifanaovan' i Jesosy sy ny mpianany mazàna dia fotoana feno fifaliana tony, nankafizin' izy rehetra fatratra tokoa. Ny sakafo tamin' ny Paska dia toe-javatra nahaliana tamin' ny fomba manokana ; nanana fahorian-tsaina anefa Jesosy tamin' ity indray mandeha ity. Navesatra ny fony, ary nisy aloka itoetra teo amin' ny endriny. Raha nihaona tamin' ny mpianany tao amin' ny efitra ambony Izy, dia hitany fa nisy zavatra nitambesatra mafy tamin' ny sainy, ary na dia tsy fantany aza ny an ton' izany, dia niray fo tamin' ny alahelony izy ireo. {IFM 691.3}

Rehefa nivory nanodidina ny latabatra izy ireo, dia niteny tamin' ny feo nitory alahelo mahonena Izy hoe : «Naniry koa raha naniry Aho hiara-mihinana ity Paska ity aminareo, dieny mbola tsy mijaly Aho. Fa lazaiko aminareo fa tsy mba hihinana izany intsony Aho ambara-pahatanterak' izany ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra. {IFM 692.1}

Fantatr' i Kristy fa tonga ny fotoana ho Azy hialany amin' izao tontolo izao, ka hankanesany any amin' ny Rainy. Ary rehefa tia ny Azy izay teo amin' izao tontolo izao Izy, dia tia azy hatramin' ny farany. Teo amin' ny aloky ny hazo fijaliana Izy izao, ary nampanaintaina ny fony ny fahoriana. Fantany fa hilaozana Izy amin' ny ora hamadihana Azy. Fantany fa ny fomba mahamenatra indrindra izay nozakain' ny mpanao heloka bevava, no hamonoana Azy. Fantany ny tsy fahaizan' ireo tonga hovonjeny mankasitraka sy ny fahabibiana. Fantany ny fahalehibeazan' ny sorona tsy maintsy hataony, ary ho very maina ho an' ny olona marobe izany. Fantany fa manoloana Azy ny zavatra rehetra

ka tsy mahagaga raha nanafotra Azy ny fieritreretana ny fanalana baraka ny tenany sy ny fijaliany. Nijery azy roa ambin' ny folo lahy anefa Izy izay niaraka taminy ka toy ny tenany mihitsy, ary izay havela hiady eo amin' izao tontolo izao rehefa ho lasa ny henatra sy ny alahelo ary ny fahoriana hihatra amin' izy tenany. Nifandray mandrakariva tamin' ny mpianany ny fiheverany izay tsy maintsy hozakain' ny tenany. Tsy mihevitra ny tenany Izy. Ambony indrindra tao amin' ny sainy ny fikarakarany azy ireo. {IFM 692.2}

Nanan-javatra betsaka holazaina azy ireo Jesosy tamin' ity hariva farany niarahany tamin' ny mpianany ity. Raha voaomana handray izay niriny mafy hozaraina izy ireo, dia ho voavonjy ho afaka amin' ny tebiteby mahavaky fo, amin' ny fahadisoam-panantenana sy ny tsy finoana. Hitan' i Jesosy anefa fa tsy hozakany izay tiany holazaina. Raha nijery ny tavany Izy, dia nihantona teo amin' ny molony ny teny fampitandremana sy fampaherezana. {IFM 692.3}

Lasa tamin' ny fanginana ny fotoana. Toa niandry Jesosy : Tsy azon' ny mpianatra ny ainy. Toa nanjavona ny firaisam-po sy ny fanehoam-pitiavana nofohazin' ny zava-mahory an' i Kristy. Tsy nandaitra firy ny teny malahelo nataony, nanomboka ny fahorian' ny tenany.. Ny topi-maso nifanaovan' izy ireo dia nanambara fialonana sy adi-lahy. {IFM 692.4}

«Nisy fifandirana tao aminy ny amin' izay anankiray aminy hatao hoe lehibe». Nampalahelo sy nandratra ny fon' i Kristy io adi-lahy natao teo anatrehany io. Namikitra tamin' ny hevitra nankamamiany ny mpianatra izay nilaza fa hanangana fahefana Kristy, ka handray ny toerany eo amin' ny seza fiandrianan' i Davida. Koa samy mbola naniry mafy ny toerana ambony indrindra ao amin' ny fanjakany izy ireo tao am-pony. Nanombatombana ny tenany sy ny namany izy ka tsy ny rahalahiny no noheveriny ho mendrika kokoa, fa ny tenany no napetrany ho voalohany. Nampifoha ny hatezeran' ny sasany ny fangatahan' i Jakoba sy Jaona hipetraka eo amin' ny ankavanana sy eo amin' ny ankavian' ny seza fiandrianan' i Kristy. Ny fihamboan' izy mirahalahy hangataka ny toerana ambony indrindra, dia nanaitra indrindra azy folo mirahalahy, hany ka nananontanona ny fankahalana. Tsapany fa diso ny fomba niheverana azy, fa tsy nankasitrahana ny toetrany mahatoky sy ny talentany. Jodasy no nasiaka indrindra tamin' i Jakoba sy Jaona. {IFM 693.1}

Rehefa niditra tao amin' ny efitra ambony ny mpianatra, dia feno hatezerana ny fony. Nisisika akaiky an' i Kristy eo amin' ny ankavia i Jodasy ; Jaona kosa teo amin' ny ankavanana. Raha nisy toerana ambony indrindra, dia tapa-kevitra i Jodasy haka izany, ary noheveriny fa ny akaiky an' i Kristy io toerana io. Ary mpamadika i Jodasy. {IFM

693.2}

Nisy anton-javatra hafa nahatonga fisarahana koa nitranga. Fomba tamin' ny fanasana ny nisian' ny mpanompo nanasa ny tongotry ny vahiny, ary efa nomanina izay zavatra ilaina ho amin' izany asa izany tamin' io fotoana io. Teo ny siny, ny koveta sy ny lamba famaohana, efa vonona ho amin' ny fanasana tongotra ; tsy nisy mpanompo anefa teo ary anjaran' ny mpianatra ny manatanteraka izany. Nefa samy nilefitra tamin' ny hambom-pony voaratra ny mpianatra tsirairay ka nanapa-kevitra ny tsy hanao ny anjaran' ny mpanompo. Samy niseho ho tsy nihontsona sy tsy niraika izy rehetra, toa tsy nahatsapa fa misy zavatra tokony hataon' izy ireo. Ny fanginany no nentiny nandà ny hanetry tena. {IFM 693.3}

Fomba ahoana no itondran' i Kristy an' ireto fanahy mahantra ireto ho eo amin' ny toerana izay tsy hahazoan' i Satana fandresena mazava aminy ? Ahoana no ahazoany maneho aminy fa tsy maha- tonga azy ho mpianatra ny filazany fotsiny ny maha-mpianatra azy, ka ahazoany antoka toerana ho azy any amin' ny fanjakany ? Ahoana no ahazoany maneho fa fanompoana atao amim-pitiavana, fanetrentena marina no tena fahalehibeazana ? Ahoana no handrehetany fitiavana ao am-pony, ka hahatonga azy ireo hahazo izay iriny mafy holazaina aminy ? {IFM 693.4}

Tsy nihetsika ny mpianatra handeha hifanompo. Niandry kely Jesosy ahitany izay hataon' ireo. Dia Izy, Ilay Andriamanitra Mpampianatra, no nitsangana niala teo amin' ny latabatra. Napetrany ny lambany izay mety hanakatsakana ny fihetsiny, dia nandray lamba famaohana Izy ka nisikina. Sady gaga no liana ny mpianatra nijery, ary niandry tamim-panginana hahitany izay hitranga manaraka. «Ary rehefa vita izany, dia nampidina rano tamin' ny tavy Izy ka nanomboka nanasa ny tongotry ny mpianatra sy namaoka azy tamin' ny lamba famaohana izay nisikinany». Nampihiratra ny mason' ny mpianatra io fihetsika io. Henatra sy fietrena mangidy no nameno ny fony. Azony ny fanomezan-tsiny tsy niloaka, ka samy nahita ny tenany teo amin' ny fahazavana vaovao izy rehetra. {IFM 694.1}

Toy izany no nanehoan' i Kristy ny fitiavany ny mpianany. Nameno alahelo ny fitiavany ny mpianany. Nameno alahelo ny fony ny toe-tsain' izy ireo feno fitiavan-tena, nefa niditra hiady hevitra taminy Izy mikasika ny zava-manahirana azy ireo. Tsy izany fa nanome ohatra izay tsy hohadinoiny mihitsy Izy. Tsy mora nohelingelenina na mora ritra ny fitiavany. Fantany fa efa napetraky ny Ray teo am-pelatanany ny zavatra rehetra, ary avy amin' Andriamanitra Izy, ary ho any amin' Andriamanitra. Tsapany amin' ny fomba feno ny maha-Andriamanitra Azy ; nefa efa napetrany ny satroboninahitra maha-

Mpanjaka Azy sy ny fitafian' andriana nanaovany, ka naka ny endriky ny mpanompo Izy. Ny anankiray amin' ny asany tamin' ny fiainany teto an-tany, dia ny nisikina toy ny mpanompo, ka nanatanteraka ny asan' ny mpanompo. {IFM 694.2}

Talohan' ny Paska i Jodasy dia nihaona fanindroany tamin' ny mpisorona sy ny mpanora-dalàna, ka namarana ny fifanarahana fa hanolotra an' i Jesosy ho eo ampelatanany. Nefa avy eo dia nifangaro tamin' ny mpianatra toy ny tsy manan-tsiny sy tsy nanao diso iny izy, ary liana dia liana amin' ny asa fanomanana ny fanasana. Tsy nisy fantatry ny mpianatra ny mikasika ny fikasan' i Jodasy. Jesosy irery no afaka namaky ny tsiambaratelony. Tsy nanala sarona azy anefa Jesosy. Nangetaheta ny fanahiny Jesosy. Enta-mavesatra toy ny ho an' i Jerosalema fony Izy nitomany ho an' ilay tanàna voaozona no tsapany ho an' ny tenany. Niantsoantso ny fony nanao hoe: «Ahoana no ahafoizako anao ?» Tsapan' i Jodasy ny hery manerin' io fitiavana io. Raha sendra nanasa ireto tongotra maloto ny tanan' ny Mpamonjy, ka namafa azy tamin' ny lamba famaohana, dia nangitakitaka ihany ny fon' i Jodasy ary voatosika teto sy teroa hiaiky ny helony. Tsy te-hanetry ny tenany izy anefa. Nanamafy ny fony tsy hibebaka izy ; koa nifehy azy indray ny fihetsehampo fahiny, izay navela fotoana fohy. Tafintohina izao i Jodasy noho ny fihetsik' i Kristy nanasa ny tongotry ny mpianany. Raha afaka hanetry tena ambany toy izao Jesosy, hoy ny eritreriny, dia tsy afaka ho mpanjakan' Isiraely Izy. Levona ny fanantenana rehetra ny amin' izay ho voninahitr' izao tontolo izao eo amin' ny fanjakana ara-nofo. Resy lahatra i Jodasy fa tsy misy na inona na inona ho atao amin' ny fanarahana an' i Kristy. Rehefa nahita Azy nampidina ny tenany izy, araka ny fiheviny, dia niorina mafy ny fikasany handà Azy, ary hiaiky fa voafitaka ny tenany. Nanana demonia izy, ka nanapa-kevitra fa hanatanteraka ny asa efa nekeny hatao amin' ny famadihana ny Tompony. {IFM 694.3}

Raha nifidy ny toerany teo amin' ny latabatra i Jodasy, dia niezaka ny nametraka ny tenany ho voalohany, koa izy no notompoin' i Kristy voalohany amin' ny mahampanompo Azy. Jaona, izay nahatsapan' i Jodasy fangidiana be dia be, no navela ho farany. Nefa tsy noraisin' i Jaona ho fanomezan-tsiny na ho fanaovana tsinontsinona izany. Raha nanara-maso ny fihetsik' i Kristy ny mpianatra, dia voahetsika mafy. Rehefa tonga ny anjaran' i Petera, dia niloabava izy sady gaga nanao hoe : «Tompoko, Ianao va hanasa ny tongotro?» Nahavaky ny fony ny fanetren-tenan' i Kristy. Naharakotra henatra azy ny fiheverana fa tsy anankiray amin' ny mpianatra no nanao io asa io. «lzay ataoko, hoy Kristy, dia tsy fantatrao ankehitriny, fa ho fantatrao rahatrizay». Tsy zakan' i Petera ny mahita ny Tompony, izay ninoany, manao ny anjara asan' ny mpanompo. Nirongatra ny fanahiny manontolo nanohitra io fampietrena io. Tsy tsapany fa izany no

nahatongavan' i Kristy eto amin' izao tontolo izao. Nanantitrantitra mafy izy niloa-bava hoe : «Sanatria raha hanasa ny tongotro hianao». {IFM 695.1}

Tamin' ny fomba manetriketrika no nitenenan' i Kristy tamin' i Petera hoe : «Raha tsy hosasako hianao, dia tsy hanana anjara Amiko. Ny fanompoana izay nolavin' i Petera dia tandindon' ny fanadiovana ambony kokoa. Tonga Kristy hanasa ny fo amin' ny pentin' ny faho- tana. Ny fandavan' i Petera hamela an' i Kristy hanasa ny tongony, dia fandavany fanadiovana ambony kokoa izay mahafaoka ny ambany kokoa. Tena nitsipaka marina ny Tompony izy. Tsy manala baraka ny Tompo ny famelana Azy hiasa ho amin' ny fanadiovana antsika. Ny fanetren-tena tena marina indrindra dia ny mandray amin' ny fo feno fankasitrahana izay rehetra nomaniny hahasoa antsika, ka manao fanompoana ho an' i Kristy amin-kafanam-po. {IFM 695.2}

Tamin' ny teny hoe : «Raha tsy hosasako hianao, dia tsy hanana anjara Amiko», dia nampilefitra ny avonavony sy ny sitrapon' ny tenany i Petera. Tsy zakany ny mieritreritra izany hisaraka amin' i Kristy , midika fahafatesana ho azy izany. «Tsy ny tongotro ihany ary, fa ny tanako sy ny lohako koa. Fa hoy Jesosy taminy : Izay efa nandro tsy mila hosasana, afa-tsy ny tongotra ihany fa efa madio avokoa». {IFM 696.1}

Mihoatra noho ny fahadiovana ara-nofo ny dikan' ireo teny ireo. Miteny ihany Kristy ny amin' ny fanadiovana ambony kokoa araka izay hasehon' ny fanasana tongotra. Madio izay avy nandro, nefa vetivety dia tratry ny vovoka ny tongotra anaty kapa ka mila hosasana indray. Toy izany koa i Petera sy ny rahalahiny, efa nosasana tao amin' ilay loharano lehibe novohana ho an' ny fahotana sy ny tsy fahadiovana. Neken' i Kristy ho azy ireo. Nitarika azy ho amin' ny ratsy anefa ny fakam-panahy, ka mbola mila ny fahasoavany manadio izy ireo. Rehefa nisikina tamin' ny lamba famaohana Jesosy mba hanasa ny vovoka amin' ny tongony, dia niriny ny hanasa ny fihafahafana, ny fialonana sy ny avonavona tsy ho ao am-pony amin' ny alalan' io fihetsika io indrindra. Zavadehibe lavitra noho ny fanasana ny tongony feno vovoka no vokatr' izany. Raha ny toe-tsaina nananany, dia tsy nisy na dia iray aza tamin' izy ireo, vonona ho amin' ny fandraisana miaraka amin' i Kristy. Raha tsy tonga eo amin' ny toe-tsaina feno fanetren-tena sy fitiavana izy ireo, dia tsy vonona handray anjara amin' ny fanasan' ny Paska, na handray anjara amin' ny fanompoam-pivavahana fahatsiarovana izay efa haorin' i Kristy. Tsy maintsy hodiovina ny fony. Miteraka fisarahana sy fankahalana ny avonavona sy ny fitadiavana ny tombontsoan' ny tena, nefa nosasan' i Jesosy izany rehetra izany ka afaka tamin' ny nanasany ny tongony. Nisy fiovana teo amin' ny fihetseham-po. Nijery azy ireo Jesosy ka afaka nilaza hoe : «Madio hianareo». Nisy firaisana teo amin' ny fo ankehitriny, nisy fifankatiavana. Nanjary nanetry tena sy azo nampianarina izy. Afa- i

Jodasy, dia samy vonona avy izy, hanome ny toerana ambony indrindra ho an' ny namany avy. Afaka mandray ny tenin' i Kristy izy izao amin' ny fo feno fileferana sy fankasitrahana. {IFM 696.2}

Tahaka an' i Petera sy ireo rahalahiny koa isika, dia efa nosasana tamin' ny ran' i Kristy, nefa matetika no voapentina ny fahadiovan' ny fo amin' ny fifampikasohana amin' ny ratsy. Tsy maintsy manatona an' i Kristy isika hodiovin' ny fahasoavany. Nitakemotra i Petera mba tsy hifampikasoka amin' ny tongony maloto ny tanan' ny Mpampianatra Tompony ; nefa matetika manao ahoana isika no mampikasoka ny fontsika feno fahotana, maloto amin' ny fon' i Kristy. Mankarary Azy manao ahoana ny toetrantsika mora tezitra, ny fieboeboana sy ny avonavontsika. Tsy maintsy hoentina eo aminy anefa ny fahalementsika sy ny fahalotoantsika rehetra. Izy irery no afaka manasa antsika ho madio. Tsy vonona hiray Aminy isika raha tsy diovin' ny heriny. {IFM 697.1}

Hoy Jesosy tamin' ny mpianany : «ary hianareo dia madio, nefa tsy hianareo rehetra». Efa nanasa ny tongotr' i Jodasy Izy, nefa tsy nilefitra taminy kosa ny fon' i Jodasy, ka tsy nadio. Tsy nilefitra tamin' i Kristy i Jodasy. {IFM 697.2}

Rehefa nanasa ny tongotry ny mpianatra Kristy, dia nandray ny fitafiany ka nipetraka indray, dia hoy Izy taminy hoe : «hianareo manao Ahy hoe Mpampianatra sy Tompo ; ary marina ny filazanareo, fa izany tokoa Aho. Koa raha Izaho, Tompo sy Mpampianatra aza no nanasa ny tongotrareo, hianareo kosa mba tokony hifanasa tongotra. Fianarana no nomeko anareo, mba hanaovanareo araka izay nataoko taminareo. Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa : Ny andevo tsy lehibe noho ny tompony, na ny iraka noho ny naniraka azy». {IFM 697.3}

Tian' i Kristy ho azon' ny mpianatra fa na dia nanasa ny tongony aza Izy, dia tsy nanala ny voninahiny izany na dia kely akory aza. «Hianareo manao Ahy hoe Mpampianatra sy Tompo ; ary marina ny filazanareo, fa izany tokoa Aho». Ny maha-ambony sy tsy hita fetra Azy no manome fahasoavana sy lanjany ny fanompoam-pivava-hana. Tsy nisy mihitsy nasandratra tahaka an' i Kristy, nefa nidina hanao ny adidy ambany indrindra Izy. Mba tsy hahatonga ny olony ho diso lalana noho ny fitiavan-tena izay mitoetra ao amin' ny fo ara-nofo, ary izay mitombo hery amin' ny fanompoana ny izaho, dia Kristy mihitsy no nanome ohatry ny fanetren-tena. Tsy tiany avela ho andraikitr' olona io zava-dehibe io. Noheveriny ho zavatra misy vokany be indrindra izany, hany ka ny tenany mihitsy, Izay iray amin' Andriamanitra no nanao ny asan' ny mpanompo ho an' ny mpianany. Raha mbola niady ny toerana ambony indrindra izy ireo, Ilay tokony handohalehin' ny lohalika rehetra, Ilay raisin' ny anjelin' ny voninahitra ho

voninahitra ny manompo Azy, Izy no niondrika ka nanasa ny tongotr' ireo izay niantso Azy hoe Tompo. Nanasa ny tongotry ny mpamadika Azy koa Izy. {IFM 697.4}

Teo amin' ny fiainany sy ny lesona nataony Kristy dia nanome ohatra tonga lafatra ny amin' ny fanompoana tsy mihevitra ny «izaho», izay Andriamanitra no iaviany. Tsy nivelona ho an' ny tenany Andriamanitra. Ny nanorenany an' izao tontolo izao, sy ny itazonany ny zavatra rehetra, dia iasany tsy an-kijanona ho an' ny hafa. «Fa Izy mampiposaka ny masoandrony amin' ny ratsy fanahy ary mampilatsaka ny ranonorana amin' ny marina sy ny tsy marina» . Nankinin' Andriamanitra tamin' ny Zanany io tarigetran' ny asa fanompoana io. Nomena Jesosy mba hijoro ho filohan' ny mahaolombelona, mba hahazoany mampianatra ny atao hoe manompo amin' ny alalan' ny ohatra nomeny. Teo ambanin' ny lalàn' ny fanompoana ny fiainany manontolo. Nanompo ny rehetra Izy, niasa ho an' ny rehetra. Toy izany no nivelomany ny lalàn' Andriamanitra, ary nasehony tamin' ny ohatra nomeny ny fomba tokony hankatoavantsika izany. {IFM 698.1}

Efa niverimberina Jesosy niezaka ny hampiorina io foto-kevitra io teo anivon' ny mpianany. Rehefa nangataka ny ho voalohany Jakoba sy Jaona, dia hoy Izy : «Fa izay te-ho lehibe aminareo dia ho mpanompo anareo» . Ao amin' ny fanjakako dia tsy mba manan-karena ny foto-kevitry ny fiangarana sy ny hery ambonin' ny hafa. Ny hany fahalehibeazana dia ny fahalehibeazan' ny fanetren-tena. Eo amin' ny hafanam-po hanompo ny hafa no ahitana ny hany famp ihavanana. {IFM 698.2}

Ankehitriny, rehefa nanasa ny tongotry ny mpianany Izy dia nanao hoe : «Fianarana no nomeko anareo, mba hanaovanareo araka izay nataoko taminareo». Tsy namporisika ny fomba eo amin' ny fandraisam-bahiny fotsiny Jesosy tamin' izany teny izany. Mihoatra noho ny fanalana ny vovoka eny an-dalana no dikan' ny fanasana ny tongotry ny vahiny. Fanompoam-pivavahana no naorin' i Kristy teto. Noho ny fihetsiky ny Tompo dia nanjary fanompoam- pivavahana masina io fomba mampietry io. Tokony harahin' ny mpianatra izany, mba ahazoany mitahiry mandrakariva ao antsaina ny leson' ny fanetren-tena sy ny fanompoana nomeny. {IFM 698.3}

Io fanompoam-pivavahana nomen' i Kristy io no fiomanana notendreny ho amin' ny fandraisana ny Fanasan' ny Tompo. Raha ankamamiana ny fireharehana, ny fihafahafana sy ny adi-lahy, dia tsy afaka hiditra hiara-dia amin' i Kristy ny fo. Tsy voaomana handray ny firaisana amin' ny tenany sy ny rany isika. Izany ary no mahatonga an' i Jesosy hanendry ny hanarahana an' io fahatsiarovana ny fanetren-tenany io aloha. {IFM 699.1}

Rehefa tonga eo amin' io fanompoam-pivavahana io ny zanak' Andriamanitra dia

tokony ho tsaroany ny tenin' ny Tompon' ny aina sy ny voninahitra manao hoe : «Fantatrareo va izay nataoko taminareo ? Hianareo manao Ahy hoe Mpampianatra sy Tompo, ary marina ny filazanareo, fa izany tokoa Aho. Koa raha Izaho, Tompo sy Mpampianatra aza no manasa ny tongotrareo, hianareo kosa mba tokony hifanasa tongotra. Fianarana no nomeko anareo mba hanaovanareo araka izay nataoko taminareo. Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa : Ny andevo tsy lehibe noho ny tompony, na ny iraka noho ny naniraka azy. Raha fantatrareo izany, dia sambatra hianareo, raha manao izany». Misy fironana ao amin' ny olona hihevitra ny tenany ho ambony noho ny rahalahiny, hiasa ho an' ny tenany, hitady ny toerana ambony indrindra ;ary matetika no miteraka fiheveran-dratsy sy fangidiana eo amin' ny toe-tsaina izany. Ny fanompoam-pivavahana mialoha ny fanasan' ny Tompo, dia natao mba hampisava ireny zavatra tsy mazava ireny, hitarika ny olona hiala amin' ny fitiavan-tenany, hidina avy amin' ny tongokazon' ny fanandratan-tenany, ho amin' ny fietren' ny fo izay hitarika azy hanompo ny rahalahiny. {IFM 699.2}

Ilay masina manara-maso avy any an-danitra amin' izay dia manatrika amin' io fotoana io mba hahatonga izany ho fandinihana ny fanahy, ho faharesen-dahatra ny amin' ny fanahy sy ho toky feno fitahiana fa voavela ny fahotana. Eo Kristy amin' ny fahafenoan' ny fahasoavany mba hanova ny fizotry ny eritreritra izay mjkoriana amin' ny fantsona misy ny «izaho». Manome aina ny fahatsapan' ireo izay manaraka ny Tompony ny Fanahy Masina. Rehefa tsaroana ny fietren' ny Mpamonjy ho antsika, dia mifampitohitohy ny eritreritra ; manao tohi-vakana ny fahatsiarovana, dia ireo fahatsiarovana ny fahatsaran' Andriamanitra lehibe ary ny fankasitrahana sy ny fitiavan' ny namana aman-tsakaiza eto an-tany. Miverina ao an-tsaina ny fitahiana nohadinoina, ny famindrampo nampiasaina tafahoatra, ny halemem-panahy natao an-tsirambina. Manjary mazava ny fakan' ny fangidiana izay nifanizina tamin' ny zava-maniry sarobidin' ny saina. Ny lafin-toetra ratsy, ny an-tsirambina eo amin' ny adidy aman' andraikitra, ny tsy fankasitrahana an' Andriamanitra, ny fangatsiahana amin' ny rahalahintsika, dia mitambelona ao an-tsaina. Hita eo amin' ny fanazavana fahitan' Andriamanitra azy ny fahotana. Tsy fandokadokafan-tena ny eritreritsika, fa faniniana hentitra ny «izaho» sy fanetren-tena. Mahazo hery ny saina handrodana ny fefy rehetra izay nahatonga fisaratsarahana. Avela ny fiheveran-dratsy sy ny fitenenan-dratsy. Ekena ny fahotana ka voavela. Niditra ao amin' ny fanahy ny fahasoavan' i Kristy mamabo, ary mitarika ny fo hikambana eo amin' ny firaisana feno fitahiana ny fitiavan' i Kristy. {IFM 699.3}

Rehefa ianarana toy izany ny leson' ny fanompoam-pivavahana fiomanana, dia mifoha ho amin' ny fiainana ara-panahy ambony kokoa ny faniriana. Hamaly io faniriana

io Ilay Andriamanitra vavolombelona. Hasandratra ny fanahy. Azontsika atao ny handray anjara amin' ny fandraisana amin' ny fahatsapana fa voavela ny fahotana. Hameno ny efitry ny saina sy ny tempolin' ny fanahy ny tana-masoandron' ny fahamarinan' i Kristy. Mibanjina ny «Zanak' ondrin' Andriamanitra isika, izay manaisotra ny fahotan' izao tontolo izao». {IFM 700.1}

Ho an' izay mandray ny toe-tsain' io fanompoana io, dia tsy mety ho fanompoam-pivavahana tsotra mihitsy izany. Fampianarana toy izao mandrakariva no asehon' izany : «Mifanompoa amin' ny fitiavana». Tamin' ny nanasan' i Kristy ny tongotry ny mpianany no nanehoan' i Kristy mazava fa tiany ny hanao ny asa fanompoana rehetra, na dia ambany toy inona aza, izay ahatonga azy ho mpiaramandova Aminy ny harena mandrakizay ao amin' ny tahirin' ny lanitra. Manome toky toy izany koa ny mpianany, amin' ny fanatanterahana io fomba io, fa hanompo ny rahalahiny. Na aiza na aiza ankalazana io fanompoam-pivavahana io araka ny tokony ho izy, dia miditra amin' ny fifandraisana masina ny zanak' Andriamanitra, mba hifanampy sy hifampitahy. Mivoady izy fa hatokana ho amin' ny fanompoana tsy hiheverana ny «izaho» ny fiainana. Ary tsy ho an' izy samy izy fotsiny. Midadasika tahaka ny an' ny Tompony ny saha fiasany. Feno olona mila ny fanompoantsika izao tontolo izao. Hatraiza hatraiza ny mahantra, ny malemy, ny tsy manampahalalana. Handeha hanompo toy izay nataony koa ireo izay niaranandray tamin' i Kristy. {IFM 700.2}

Tonga ho mpanompon' ny rehetra Jesosy, Ilay notompoin' ny rehetra. Koa satria manompo ny rehetra Izy, dia mbola hotompoina sy hajain' ny rehetra indray. Koa izay te handray anjara amin' ny toetra maha-Andriamanitra Azy, ka hiara mizara Aminy ny fifaliana mahita ny fanahy voavotra, dia tsy maintsy manaraka ny ohatry ny fanompoana tsy mihevitra ny «izaho» nasehony. {IFM 701.1}

Izany toetra izany dia voafoaka ao amin' ny tenin' i Jesosy hoe : «Fianarana no nomeko anareo mba hanaovanareo araka izay nataoko taminareo». Izany no anton' ny fanompoam-pivavahana naoriny. Koa hoy Izy : «Raha fantatrareo izany, dia sambatra hianareo raha manao izany». {IFM 701.2}

## Toko 72—Ho fahatsiarovana Ahy

«Fa Jesosy Tompo tamin' iny alina iny izay namadihana Azy, dia nandray mofo, ary rehefa nisaotra Izy, dia novakiny ka hoy Izy . Ity no tenako izay vakina ho anareo, izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy. Dia araka izany koa ny kapoaka, rehefa nihinana, dia hoy Izy : Ity kapoaka ity no ilay fanekena vaovao amin' ny rako , izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy, na oviana na oviana no misotro hianareo. Fa na oviana na oviana hianareo no mihinana itony mofo itony sy misotro amin' ny kapoaka, dia manambara ny fahafatesan' ny Tompo hianareo mandra-piaviny». {IFM 703.1}

Nijoro teo amin' ny toerana mampitohy indrindra momba ny rafi-pivavahana roa sy ny androm-piravoravoana roa lehibe momba izany Jesosy. Ilay Zanak' Andriamanitra tsy misy pentina izao, dia efa hanolotra ny tenany ho fanatitra noho ny ota, ka hamarana amin' izany fomba izany ny rafitra momba ny tandindona sy ny fanompoam-pivavahana izay efa nanondro ny fahafatesany nandritra ny efajato taona. Raha nihinana ny Paska tamin' ny mpianany Izy dia naoriny ho solon' izany ilay fanompoam-pivavahana izay ho tsangambaton' ny sorona lehibe ataony. Io androm-piravoravoana nataon' ny firenena teo amin' ny Jiosy io, dia havela ho mandrakizay. Ny fanompoana izay naorin' i Kristy dia tokony harahin' ny mpanaraka Azy amin' ny tany rehetra sy mandritra ny taonjato nifandimby. Nampanaovina ny Paska ho fahatsiarovana ny nanafahana ny Isiraely tamin' ny fanandevozan' ny Egyptiana. Nobaikoin' Andriamanitra fa isan-taona, dia tsy maintsy haverimberina ny tantaran' ny fanafahana ho valin' ny fanontanian' ny ankizy ny amin' ny dikan' io fanompoam-pivavahana io. Amin' izay dia ho voatahiry ho velona ao an-tsain' ny rehetra ilay fanafahana mahagaga. Ny fanompoampivavahana momba ny fanasan' ny Tompo dia nomena mba ho fahatsiarovana ilay fanafahana lehibe notanterahina ho vokatry ny fahafatesan' i Kristy. Mandra-piveriny fanindroany amin-kery sy voninahitra, dia tokony hankalazaina io fanompoam-pivavahana io. Io no fomba ampiasaina mba hahatonga ilay asa lehibe nataony ho antsika ho voatahiry sy vaovao indray ao an-tsaintsika. {IFM 703.2}

Tamin' ny fotoana nanafahana azy avy tao Egypta ny zanak' Isiraely, dia nitsangana raha nihinana ny Paska, nisikina ary nitàna tehina teny an-tanany, vonona ny handeha. Nifandrindra tamin' ny toe-javatra nisy teo aminy ny fomba nankalazany io fanompoampivavahana io ; efa ho voaroaka hiala ny tany Egypta mantsy izy ireo, ka hanomboka dia mafy sy sarotra mamakivaky ny efitra. Niova kosa ny toe-javatra tamin' ny andron' i Kristy. Tsy mba ho voaroaka hiala ny tany vahiny iray izy, fa nonina teo amin' ny taniny ihany. Araka ny fomba fialan-tsasatra efa nomena azy ireo, dia

mandrimandry ny olona eo amin' ny fihinanana ny Paska. Nasiana fandriana manodidina ny latabatra, ary mitsotra eo ny nasaina, miankina amin' ny sandry ankavia, ka ny tanana ankavanana no malalaka ampiasaina hihinanana. Amin' izany fomba fipetraka izany dia azon' ny nasaina atao ny mampiankina ny lohany amin' ny tratran' ilay mipetraka alohany indrindra. Ary ny tongony izay amin' ny sisiny ivelan' ny fandriana, dia azon' ilay mandalo ivelan' ny faribolana sasana. {IFM 704.1}

Mbola eo amin' ny latabatra izay namelarana ny sakafon' ny Paska Kristy. Manoloana Azy ny mofo tsy misy masirasira fampiasa amin' ny Paska. Eo amin' ny latabatra ny divain' ny Paska, tsy misy zava-mahamamo. Ampiasain' i Kristy hanehoana sorona tsy misy pentina ataon' ny tenany ireo tandindona ireo. Tsy nisy na inona na inona voaloton' ny zava-mahamamo, izay tandindon' ny fahotana sy ny fahafatesana, azo hanehoana ny «Zanak' ondry tsy misy kilema sy tsy misy pentipentina». {IFM 704.2}

«Ary raha mbola nihinana izy, Jesosy nandray mofo, ka nony efa nisaotra, dia novakiny ka natolony azy ary nataony hoe : Raiso, ity ny tenako. Dia nandray kapoaka Izy, ka nony efa nisaotra, dia natolony azy , ka dia nisotroin' izy rehetra izany. Ary hoy Izy taminy , Ity no rako amin' ny fanekena, izay alatsaka hamonjy ny maro. Lazaiko aminareo marina tokoa : Tsy mba hisotro ny vokatry ny voaloboka intsony Aho mandra-piavin' ny andro hisotroako izay vaovao any amin' ny fanjakan' Andriamanitra». {IFM 704.3}

Nanatrika ilay fanompoam-pivavahana sakramenta i Jodasy mpamadika. Noraisiny avy tamin' i Jesosy ny tandindon' ny tenany vakivaky sy ny rany nijininika. Reny ny teny hoe : «lzao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy». Raha nipetraka teo izy, teo anatrehan' ny Zanak' ondrin' Andriamanitra mihitsy, dia nieritreritra lalina ny fikasany maizina ilay mpamadika, ary nankamamy ny eritreriny maloto, feno valifaty. {IFM 705.1}

Teo amin' ny fanasana tongotra dia nanome porofo maharesy lahatra Kristy fa fantany ny toetra amam-panahin' i Jodasy. «Tsy madio avokoa hianareo rehetra», hoy Izy. Nandresy lahatra ilay mpianatra sandoka ireo teny ireo fa namaky ny fikasany miafina Kristy. Miteny amin' ny fomba mazava kokoa Kristy ankehitriny. Raha naka toerana teo amin' ny latabatra izy ireo, dia hoy Kristy nijery ny mpianany : «Tsy milaza anareo rehetra Aho ; fa fantatro izay nofidiko , fa mba hahatanteraka ny Soratra Masina hoe : Izay miara-komana Amiko no nanangana ny ombelahin-tongony hamely Ahy». {IFM 705.2}

Na dia hatreo amin' izany fotoana izany aza dia mbola tsy niahiahy an' i Jodasy ny mpianatra. Hitan' izy ireo anefa fa toa nalahelo mafy Kristy. Nisy rahona nitatao tamin'

izy rehetra, fambara zava-doza mahatahotra, izay tsy azony na inona na inona izany. Raha nihinana tamim-pahanginana izy? dia hoy Jesosy hoe : «Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa : Fa ny anankiray aminareo hamadika Ahy». Gaga sy taitra izy nandre izany. Tsy azon' ny sainy ekena izany hoe ny iray amin' izy ireo hanana fihetsiky ny mpamadika amin' Ilay Andriamanitra Mpampianatra azy. Inona no antony hamadihany azy ? Ary amin' iza ? Fon' iza no afaka hiteraka fikasana toy izany ? Azo antoka fa tsy ny anankiray amin' izy roa ambin' ny folo lahy nanehoam-pitiavana manokana, izay nomena tombontsoa ambonin' ny hafa rehetra handre ny fampianarany, izay efa nandray anjara tamin' ny fitiavany mahagaga, ary efa nanehoany fikarakarana lehibe toy izany tamin' ny nampifandraisany azy akaiky tamin' ny tenany ! {IFM 705.3}

Rehefa tsapan' izy ireo ny maha-zava-dehibe ny teniny, dia tsaroany ny fahamarinan' ny teny nolazainy, ka nameno azy ny tahotra sy ny tsy fitokisany ny tenany. Nanomboka nandinika ny fony izy hahita sao misy eritreritra iray manohitra ny Mpampianatra azy nialokaloka tao. Tamin' ny fihetseham-po nankarary indrindra no nifandimbiasany nanontany hoe : «Moa izaho va izany, Tompoko?» Nipetraka mangina anefa i Jodasy. Tamin' ny farany nanontany i Jaona tamin' ny alahelo lalina indrindra hoe : «Tompo, iza izany?» Jesosy namaly ka nanao hoe : «lzay niara-nanatsoboka ny tanany tao anaty lovia, izy no hamadika Ahy. Ny Zanak' olona dia mandeha tokoa araka izay nanoratana Azy, nefa lozan' izay olona hahazoana ny Zanak' olona hatolotra ! tsara ho an' izany olona izany raha tsy ary akory». Nifampijerijery akaiky ny mpianatra raha nanontany hoe: «Izaho, va izany, Tompo ô ?» Nanintona ny maso rehetra hijery an' i Jodasy izao ny fahanginany. Tao anatin' ny tabataba noho ny fanontaniana sy ny teny milaza fahagagana dia tsy ren' i Jodasy ny tenin' i Jesosy namaly ny fanontanian' i Jaona. Izao kosa, mba hialana amin' ny fijerin' ny mpianatra mifantoka aminy lalina, dia mba nanontany tahaka ny nataon' izy ireo koa izy hoe : «Izaho va izany, Raby ô ?» Namaly tamin' ny fomba manetriketrika Jesosy hoe : «Voalazanao». {IFM 706.1}

Sady gaga Jodasy no menatra noho ny nanehoana miharihary ny fikasany, ka nitsangana haingana izy niala ny efitrano. «Hoy Jesosy taminy : Izay ataonao dia ataovy faingana . . . Ary rehefa nandray ny sombin-kanina izy dia nivoaka niaraka tamin' izay ary efa alina ny andro». Alina ny andro ho an' ilay mpamadika raha niodina niala tamin' i Kristy ho any amin' ny haizina any ivelany izy. {IFM 706.2}

Mandra-panaovany an' io dingana io dia tsy mbola nihoatra ny hahazoany mibebaka i Jodasy. Nefa kosa rehefa niala tsy ho eo anatrehan' ny Tompony sy ny mpianatra namany izy, dia noraisiny ny fanapahan-kevitra farany. Nihoatra ny fetra izy. {IFM 706.3}

Nahagaga ny faharipon' i Jesosy tamin' ny fifandraisany tamin' ity fanahy nalaim-panahy ity. Tsy misy na inona na inona azo natao hamonjena an' i Jodasy ka navelany tsy ho vita. Rehefa indroa izy no nanao fanekena fa hamadika ny Tompony, dia mbola nomeny fotoana mety ihany izy hibebahana. Tamin' ny namakian' i Kristy ny fikasana miafina tao am-pon' ilay mpamadika, dia nomeny an' i Jodasy ny porofo farany mandresy lahatra ny amin' ny maha-Andriamanitra Azy. Io no antso farany ho amin' ny fibebahana ho an' ilay mpianatra sandoka. Tsy misy antso izay azon' ny fon' Ilay Kristy Andriamanitra sady olona natao ka tsy nataony. Ny onjan' ny famindrampo, izay nifandona tamin' ny avonavon' ny fo mafy ka miverina, dia nitampody indray tamin' ny fitiavana mambabo nisamonta mafimafy kokoa. Nefa na dia zendana sy taitra aza izy rehefa tra-tehaka ny helony, dia vao mainka tapa-kevitra ihany i Jodasy. Avy tao amin' ny fandraisana fanasan' ny Tompo izy dia nivoaka hanatanteraka ny asan' ny mpamadika. {IFM 706.4}

Tamin' ny nilazan' i Kristy ny loza hanjo an' i Jodasy dia nisy koa fikasan' ny famindrampo ho an' ny mpianany teo amin' i Kristy. Nomeny azy arak' izany ny porofo fara-tampony ny maha-Mesia Azy. «Hatramin' izao, dia milaza aminareo Aho» hoy Izy «raha tsy mbola tonga izany, mba hinoanareo, rehefa tonga, fa IZAHO NO IZY». Raha nijanona nangina Jesosy, ary raha toa tsy niseho nahalala izay zavatra mitranga Aminy, dia mety hieritreritra ny mpianatra fa tsy manana ny fijerin' Andriamanitra mahita ny ho avy ny Tompony, ka tratran' ny tsy nampoiziny raha natolotra teo ampelatanan' ny vahoaka liandrà sy misafoaka. Herintaona talohan' izao Jesosy efa nilaza tamin' ny mpianany fa efa nifidy roa ambin' ny folo lahy Izy ary ny iray dia devoly. Ary ankehitriny ny teniny tamin' i Jodasy izay mampiseho fa fantatry ny Tompony tanteraka ny famadihana Azy, dia tokony hampahery ny finoan' ireto tena mpanaraka an' i Kristy marina mandritra ny fampietrena Azy. Ary rehefa ho tonga tokoa ho eo amin' ny fiafarany mahatsiravina i Jodasy, dia ho tsaroan' izy ireo ny loza izay notononin' i Jesosy tamin' ilay mpamadika. {IFM 707.1}

Mbola nanana fikasana hafa koa ny Mpamonjy. Tsy nisakana ny asa fanompoana azy Izy, dia ilay efa fantany fa mpamadika. Tsy azon' ny mpianatra ny dikan' ny teniny raha hoy Izy tamin' ny fanasana tongotra hoe : «Tsy madio avokoa hianareo rehetra», ary tsy azony koa ny teniny raha hoy Izy teo ampisakafoanana hoe : «Izay miara-komana Amiko no nanangana ny ombelahin-tongony hamely Ahy» . Taty aoriana anefa rehefa nazava ny dikan' izany dia afaka mandinika ny amin' ny fahari-po sy ny famindrampon' Andriamanitra amin' ny mania faran' izay ratsy loatra indrindra izy ireo. {IFM 707.2}

Na dia nahafantatra an' i Jodasy hatramin' ny voalohany aza Jesosy, dia nanasa ny

tongony Izy. Ary nandray tombontsoa hiray amin' i Kristy tamin' ny nandraisany anjara tamin' ny fanompoampivavahana masina ilay mpamadika. Mpamonjy be faharipo no nampiseho fiangaviana rehetra ny mpanota mba handray Azy, mba hibebaka, ary mba ho diovina amin' ny fandotoan' ny fahotana. Ho antsika io ohatra io. Tsy tokony ariantsika ireo izay heverintsika fa diso sy manota. Tsy tokony havelantsika ho hazan' ny fakampanahy izy noho ny fisarahana aminy sy ny tsy fikarakarana azy, ka hitarika azy ho eo amin' ny tany fiadian' i Satana izany. Tsy fomba fiasan' i Kristy izany. Ny maha-diso azy sy ny nanaovany ny tsy mety no nanasany ny tongony, ary izy rehetra afa-tsy ny iray tamin' ny roa ambin' ny folo no tonga teo amin' ny fibebahana tamin' izany fomba izany. {IFM 708.1}

Manakana antsika tsy hanavakavaka eo amin' ny fanasan' ny Tompo ny ohatra nomen' i Kristy. Marina fa ny fahotana miharihary dia misakana ilay olo-meloka tsy handray izany. Mampianatra izany mazava ny Fanahy Masina. Nefa ankoatr' izany dia tsy misy tokony hitsara. Tsy navelan' Andriamanitra ho anjaran' ny olona ny hanapa-kevitra izay tokony handray anjara amin' ireny fotoana ireny. Fa iza no afaka hamaky ny ao am-po ? Iza no afaka hanavaka ny tsimparifary amin' ny vary? «Fa aoka ny olona hamantatra ny tenany, dia aoka izy hihinana ny mofo sy hisotro amin' ny kapoaka». Fa «na zovy na zovy no mihinana ny mofo sy misotro amin' ny kapoaky ny Tompo amin' ny fanahy tsy mendrika, dia ho meloka ny amin' ny tena sy ny ran' ny Tompo izy. Fa izay rehetra mihinana sy misotro dia mihinana sy misotro fanamelohana ho an' ny tenany, raha tsy mamantatra ny tena izy» . {IFM 708.2}

Rehefa mivory ny mpino mba hankalaza ireo fanompoampivavahana ireo,dia manatrika eo ny iraka tsy hitan' ny mason' olombelona. Mety hisy Jodasy eo amin' izay mivory eo, ary raha misy izany, dia eo koa ny iraka avy amin' ny andrian' ny maizina, satria manotrona izay rehetra mandà ny hofehezin' ny Fanahy Masina izy. Manatrika ao koa ny anjely avy any an-danitra. Manatrika ireo mpamangy tsy hita maso ireo isaky ny fotoana toy izany. Mety hisy olona izay tsy mpanompon' ny fahamarinana sy ny fahamasinana eo amin' ny mpivory, nefa mety hanam-paniriana ny handray anjara angaha izy. Tsy tokony hosakanana izy. Misy vavolombelona eo izay nanatrika tamin' i Jesosy nanasa ny tongotry ny mpianatra sy ny an' i Jodasy. Nisy maso izay mihoatra noho ny mason' olombelona nijery ny toe-javatra koa. {IFM 708.3}

Eo Kristy amin' ny alalan' ny Fanahy Masina mba hametraka tombo-kase eo amin' ny fanompoam-pivavahana nampanaovin' ny tenany. Eo Izy mba hampiaiky ny fo sy hanalefaka azy. Tsy misy eritreritra iray feno alahelo, ka tsy hitany. Ny mibebaka, ny torotoro fo no andrasany. Vonona ny zavatra rehetra handraisana io fanahy io. Ilay

nanasa ny tongotr' i Jodasy, dia maniry mafy ny hanasa ny fo tsirairay ho afaka amin' ny pentin' ny ota. {IFM 709.1}

Tsy misy tokony hiala tsy handray anjara amin' ny fandraisana satria misy tsy mendrika mety hanatrika eo. Antsoina ny mpianatra tsirairay handray anjara ampahibemaso, ary amin' izany dia ho vavolombelona fa manaiky an' i Kristy ho Mpamonjin' ny tenany manokana izy. Amin' ireny fivoriana ireny, izay notendren' i Kristy mihitsy no mihaona amin' ny vahoakan' i Kristy, ka manome hery azy amin' ny fanatrehany. Fo sy tanana tsy mendrika mihitsy aza no mety hanao ny fanompoam-pivavahana, ao anefa Kristy manao asa fanompoana ho an' ny zanany. Izay rehetra manatona amin' ny finoany mifantoka Aminy dia handray fitahiana be. Izay rehetra manao an-tsirambina ireny fotoana hisian' ny tombontsoa avy amin' Andriamanitra ireny dia hizaka fatiantoka. Amin' izy ireny no hiantefan' ilay fitenenana hoe : «Tsy madio avokoa hianareo rehetra». {IFM 709.2}

Tamin' ny nizaran' i Kristy ny mofo sy ny divay tamin' ny mpianany, dia nanome toky azy ireo Izy fa Mpanavotra azy. Nankininy tamin' izy ireo ny fanekena vaovao, izay hahatonga izay rehetra mandray Azy ho zanak' Andriamanitra sy mpiara-mandova amin' i Kristy. Amin' ny alalan' io fanekena io, ny fitahiana rehetra izay azon' ny lanitra arotsaka amin' ity fiainana ity sy amin' ny fiainana ho avy, dia azy. Hohamafisin' ny ran' i Kristy io asa fanekena io. Ny fampiharana an' io fanompoam-pivavahana io dia natao hitanana ao an-tsain' ny mpianatra ilay sorona tsy misy fetra natao ho azy tsirairay avy manokana amin' ny maha-anisan' ny taranak' olombelona lavo manontolo azy. {IFM 709.3}

Tsy tokony ho fotoana mampalahelo anefa ny fanompoampivavahana fandraisana. Tsy izany no zava-kendreny. Raha nanodidina ny latabany ny mpianatry ny Tompo, dia tsy tokony hamerina ao an-tsainy ny fahalemeny izy ka hitaraina ny amin' izany. Tsy tokony hijanona ka hihevitra ny amin' ny fanandramany ara-pivavahana efa lasa izy, na nampisandratra izany na nampalahelo. Tsy tokony hahatsiaro ny fahasamihafana misy aminy sy ny rahalahiny izy. Nahafaoka izany rehetra izany ilay fanompoam-pivavahana fiomanana. Ny fandinihan-tena, ny fiaikena ny fahotana, ny fandravonana ny fahasamihafana, dia samy efa vita daholo. Ankehitriny izy dia tonga hihaona amin' i Kristy. Tsy tokony hijoro eo amin' ny aloky ny hazo fijaliana izy, fa eo amin' ny fahazavany mamonjy. Tokony hanokatra ny fanahiny ho amin' ny tara-pahazavana mamirapiratry ny Masoandron' ny Fahamarinana izy. Ny fony voadion' ny ran' i Kristy sarobidy indrindra, izy mahatsiaro ny fanatrehany amin' ny fomba feno, na dia tsy hita aza, amin' izany no handrenesany ny teniny manao hoe : «Fiadanana no avelako ho

anareo, ny fiadanako no omeko anareo ; tsy tahaka ny fanomezan' izao tontolo izao no fanomeko anareo». {IFM 709.4}

Miteny ny Tompo : raha mahatsiaro fa nanota ianao, dia tsarovy fa maty ho anao Aho. Rehefa ampahoriana sy enjehina ary mijaly noho ny anarako sy noho ny filazantsara ianao, dia tsarovy ny fitiavako, izay lehibe indrindra ho anao ka nomeko anao ny aiko. Rehefa toa henjana sy sarotra ny adidinao, ka mavesatra hoentina ny entanao, dia tsarovy fa ho anao no niaretako ny hazo fijaliana, ka tsy nitandroko henatra. Rehefa mikainkona ny fonao manoloana ny afon' ny fitsapana mahamay, dia tsarovy fa velona hanao fifonana ho anao ny Mpanavotra anao. {IFM 710.1}

Manondro ny fiavian' i Kristy fanindroany ny fanompoampivavahana fandraisana. Natao izany mba hihazonana io fanantenana io ho velona ao an-tsain' ny mpianatra. Na oviana na oviana izy ireo no mivory hahatsiaro ny fahafatesany, dia ao an-tsain' izy ireo indray izany. «nandray ny kapoaka Izy, ka nony efa nisaotra, dia natolony azy ka nataony hoe : Sotroinàreo rehetra ity ; fa ity no rako, dia ny amin' ny fanekena, izay alatsaka ho an' ny maro ho famelan-keloka. Ary lazaiko aminareo fa hatramin' izao dia tsy mba hisotro itony vokatry ny voaloboka itony intsony Aho mandrapiavin' ny andro hiarahako misotro izay vaovao aminareo any amin' ny fanjakan' ny Raiko». Nahitany fampiononana ny fahitany ny fanantenana ny fiverenan' ny Tompony tao amin' ny ady mafy natrehiny. Sarobidy aminy tokoa mihoatra noho izay azo eritreretina ity fisainana ity : «Fa na oviana na oviana hianareo mihinana itony mofo itony, sy misotro amin' ny kapoaka. dia manambara ny fahafatesan' ny Tompo hianareo mandra-piaviny». {IFM 710.2}

Zavatra tsy tokony hohadinointsika mihitsy ireo. Ny fitiavan' i Jesosy. sy ny heriny manery antsika, dia tokony hotehirizina ho ao amin' ny fitadidiantsika. Natsangan' i Kristy io fanompoampivavahana io mba hitenenany amin' ny retsika ao amintsika ny fitiavan' Andriamanitra izay nambara ho antsika. Tsy mety hisy firaisana amin' ny fanahintsika sy Andriamanitra raha tsy amin' ny alalan' i Kristy. Tsy maintsy ny fitiavan' i Jesosy no mampiraikitra sy mahatonga ho mandrakizay ny firaisana sy ny fitiavana eo amin' ny mpirahalahy avy. Ary tsy misy afa-tsy ny fahafatesan' i Kristy no mahatonga ny fitiavany hisy asany ho antsika. Ny fahafatesany ihany no ahazoantsika mibanjina ny fiaviany fanindroany amim-pifaliana. Foiben' ny fanantenantsika ny sorona nataony. Tsy maintsy hifantoka amin' izany ny finoantsika. {IFM 711.1}

Heverina loatra ho fombafomba ny fanompoam-pivavahana izay manondro ny fietrena sy ny fijalian' ny Tompontsika. Misy antony ny nanorenana azy. Ilàna ny

hamohazana ny retsika eo amintsika mba hamikirana ny zava-miafin' ny toe-panahy araka an' Andriamanitra. Tombon-tsoa ho an' ny rehetra mihoatra lavitra noho izay ataontsika, ny mahazo ny dikan' ny fijalian' i Kristy ho fanavotana antsika. «Ary tahaka ny nanandratan' i Mosesy ny menarana tany an-efitra no tsy maintsy hanandratana ny Zanak' olona, mba hanana fiainana mandrakizay izay rehetra mino Azy». Ny hazo fijalian' i Kalvary, mitondra Mpamonjy efa ho faty no tsy maintsy hobanjinintsika. Ny tombon-tsoantsika mandrakizay dia mitaky ny hanehoantsika finoana an' i Kristy. {IFM 711.2}

Niteny ny Tompo hoe : «Raha tsy mihinana ny nofon' ny Zanak' olona sy misotro ny rany hianareo, dia tsy manana fiainana ao aminareo . . . Fa ny nofoko no tena fihinana, ary ny rako no tepa fisotro». Marina izany eo amin' ny tenantsika ara-batana. Ny fahafatesan' i Kristy no ahazoantsika na dia ity fiainana ara-nofo ity aza. Ny mofo izay hanintsika dia voavidin' ny tenany torotoro. Novidin' ny rany nifatsitsitra ny rano sotrointsika. Tsy misy mihitsy olo-masina iray na mpanota, mihinana ny sakafony isan' andro, ka tsy velomin' ny tenan' i Kristy sy ny rany. Vita fitomboka amin' ny ravinkazo tsirairay ny hazo fijalian' i Kalvary. Mitaratra eo amin' ny loharano rehetra izany. Izany rehetra izany no nampianarin' i Kristy raha nanondro ny tandindon' ny sorona lehibe nataony Izy. Mahatonga ny sakafontsika amin' ny fiainana andavanandro ho masina ny fahazavana mamirapiratra avy amin' io fanompoam-pivavahana fandraisana tao amin' ny efitra ambony io. Manjary toy ny latabatry ny Tompo ny latabatry ny fianakaviana, ary hosotra masina ny sakafo tsirairay. {IFM 711.3}

Marina mihoatra lavitra manao ahoana ny tenin' i Kristy momba ny ara-panahintsika. Hoy Izy : «Izay mihinana ny nofoko sy misotro ny rako no manana fiainana mandrakizay». Ny fandraisana ny fiainana izay nalatsaka ho antsika teo amin' ny hazo fijalian' i Kalvary, no ahazoantsika mivelona amin' ny fiainan' ny fahamasinana. Ary io fiainana io dia raisintsika amin' ny fandraisana ny teniny, amin' ny anaovana ny zavatra izay nobaikoiny. Amin' izay dia manjary iray Aminy isika : «Izay mihinana ny nofoko sy misotro ny rako, hoy Izy, no mitoetra ao Amiko, ary Izaho kosa ao aminy. Ary tahaka ny nanirahan' ny Ray velona Ahy, ary Izaho koa velona amin' ny Ray, dia tahaka izany koa, izay mihinana Ahy no ho velona Amiko». Ampiharina amin' ny heviny manokana amin' ny fandraisana masina io teny io. Raha mibanjina ny sorona lehibe nataon' ny Tompontsika ny finoana, dia mandray ny fiainan' i Kristy ara-panahy ho azy ny fanahy. Handray hery ara-panahy avy amin' ny fandraisana rehetra io fanahy io. Miteraka firaisana velona ny fanompoam-pivavahana izay mampifamatotra ny mpino amin' i Kristy ary amin' izany dia mampifamatotra azy amin' ny Ray. Miteraka fifandraisana

amin' ny heviny manokana amin' ny olombelona mila fiankinana sy amin' Andriamanitra izany. {IFM 712.1}

Raha mandray ny mofo sy ny divay tandindon' ny tenan' i Kristy torotoro sy ny rany nifatsitsitra isika, dia miray amin' ny eritreritra amin' ny fifandraisana tao amin' ny efitra ambony. Toa mandeha mamakivaky ilay saha nohamasinin' ny ady mihatra aman' aina niaretan' Ilay nitondra ny fahotan' izao tontolo izao isika. Manatri-maso ny tolona izay nahazoana ny fampihavanana antsika tamin' Andriamanitra isika. Aseho Kristy homboina amin' ny hazo fijaliana eo anivontsika. {IFM 712.2}

Rehefa mibanjina Ilay Mpanavotra voahombo isika, dia azontsika amin' ny fomba feno kokoa ny halehibe sy ny dikan' ny sorona nataon' Ilay Andrianan' ny lanitra. Omem-boninahitra eo anoloantsika ny drafitry ny fanavotana, ka mamohafoha fihetseham-po velona sy masina ao am-pontsika ny fieritreretana an' i Kalvary. Ho ao am-pontsika sy eo am-bavantsika ny fiderana an' Andriamanitra sy ny Zanak' ondry ; satria tsy afaka manjaka ao amin' ny fanahy izay mitahiry ny fisehoan-javatra tao Kalvary ho velona ao amin' ny fitadidiany ny avonavona sy ny fideran-tena. {IFM 713.1}

Izay mibanjina ny fitiavan' ny Mpamonjy tsy misy toa azy, dia hasandratra ny sainy, hodiovina ny fony, hovana ny toetra amampanahiny. Handroso izy ho fahazavana ho an' izao tontolo izao, hitaratra amin' ny ambaratonga hafa indray io fitiavana zary miafina io. Arakaraka ny hibanjinantsika ny hazo fijalian' i Kristy dia arakaraka izany no handraisantsika ny tenin' ny apostoly ho antsika amin' ny fomba feno kokoa, raha hoy izy hoe : «Fa sanatria raha misy hataoko rehareha afa-tsy ny hazo fijalian' i Jesosy Kristy Tompontsika, izay maha-voahombo izao tontolo izao amiko, ary izaho kosa, raha ny amin' izao tontolo izao» {IFM 713.2}

## Toko 73—Aza malahelo ny fonareo

Nijery ny mpianany tamin' ny fitiavan' Andriamanitra sy tamin' ny firaisam-po mamy indrindra Kristy ka nanao hoe : «Ankehitriny dia efa ankalazaina ny Zanak' olona ary Andriamanitra no ankalazaina eo aminy». Efa niala ny efitrano ambony i Jodasy, ka Kristy irery sisa teo sy ny mpianany iraika ambin' ny folo lahy. Andeha hilaza ny amin' ny fotoana fisarahany aminy efa manakaiky Izy ; nefa alohan' izany dia nambarany ny zava-dehibe kendren' ny asa nanirahana Azy. Io no teo imasony mandrakariva. Fifaliana ho Azy ny hanomezan' ny fietreny sy ny fijaliany rehetra voninahitra ny anaran' ny Ray. Nafantony tamin' izany aloha ny sain' ny mpianany. {IFM 715.1}

Manarak' izany dia niteny taminy tamin' ny teny feno fitiavana lalina Izy : «Anaka, hoy Izy, vetivety foana no sisa hitoerako eto aminareo. Hitady Ahy hianareo. ary araka ny voalazako tamin' ny Jiosy hoe : Izay alehako tsy azonareo haleha, dia toy izany koa no lazaiko aminareo ankehitriny». {IFM 715.2}

Tsy afaka nifaly ny mpianatra rehefa nandre izany. Raiki-tahotra izy. Nifanety nanodidina ny Mpamonjy izy. Amin' izy ireo dia mamy noho ny aina Ilay Tompo sy Andriamaniny, Ilay Mpampianatra sy Sakaizany malala. Izy no nanantenany fanampiana tamin' ny zava-manahirana azy rehetra ; nanantenany fampiononana tamin' ny alahelony sy ny fahadisoam-panantenany. Izao dia handao azy Izy, ary hamela azy ireo ho antokon' olona manirery, malemilemy. Maizina ny eritreritra naneloelo nameno ny fony. {IFM 715.3}

Feno fanantenana ho azy anefa ny tenin' ny Mpamonjy. Fantany fa nanafika azy ny fahavalo, ary mandaitra kokoa amin' izay kivin' ny zava-tsarotra ny hafetsen' i Satana. Noho izany, dia naviliny ny sainy tsy ho eo amin' ny «zavatra hita» fa ho eo amin' ny «tsy hita» . Nalainy tsy ho eo amin' ny sesi-tany eto amin' izao tontolo izao ny sainy ka natodiny ho amin' ilay tokantrano any an-danitra. {IFM 716.1}

«Aza malahelo ny fonareo ; hoy Izy, minoa an' Andriamanitra, ary minoa Ahy koa. Ao an-tranon' ny Raiko misy fitoerana maro ; raha tsy izany, dia efa nilaza taminareo Aho ; fa handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho, ary raha handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho, dia ho avy indray ka handray anareo ho any amiko, ka izay itoerako no hitoeranareo koa. Ary fantatrareo koa ny lalana ho any amin' izay halehako». Ho anareo no nahatongavako teto amin' izao tontolo izao. Miasa ho anareo Aho. Rehefa handeha Aho, dia mbola hiasa mafy ho anareo. Tonga teto amin' izao tontolo izao Aho mba haneho ny tenako taminareo, mba hinoanareo. Andeha ho any amin' ny Ray Aho hiara-miasa Aminy ho anareo. Ny antony nandehanan' i Kristy dia nifanohitra tamin'

izay natahoran' ny mpianatra. Tsy nidika ho fisarahana farany izany. Handeha hanamboatra fitoerana ho azy Izy, mba hahazoany miverina indray, ka handraisany azy ho eo Aminy. Raha manorina trano ho azy Izy. izy ireo kosa hanorina toetra amam-panahy manam-pitoviana amin' Andriamanitra. {IFM 716.2}

Mbola very hevitra ny mpianatra. Tomasy, izay voakotaban' ny fisalasalana mandrakariva, dia nanontany hoe: «Tompoko, tsy fantatray izay alehanao ; ka hataonay ahoana no fahafantatra ny lalana ? Hoy Jesosy taminy : Izaho no lalana sy fahamarinana ary fiainana ; tsy misy olona mankany amin' ny Ray, afa-tsy amin' ny alalako. Raha nahafantatra Ahy hianareo, dia ho nahafantatra ny Raiko koa ; ary hatramin' izao dia mahafantatra Azy hianareo sady efa nahita Azy». {IFM 716.3}

Tsy misy lalana maro mankany an-danitra. Tsy afaka samy mifidy ny lalany ny tsirairay. Hoy Kristy : «Izaho no lalana . . . Tsy misy olona mankany amin' ny Ray afa-tsy amin' ny alalako». Hatramin' ny nitoriana ny toriteny voalohany momba ny filazantsara, fony nambara tany Edena fa hanorotoro ny lohan' ny menarana ny taranaky ny vehivavy, dia efa lalana sy fahamarinana ary fiainana Kristy. Izy no lalana fony fahavelon' i Adama, fony Abela nitondra ny ran' ny zanak' ondry novonoina teo amin' Andriamanitra, izay nampiseho ny ran' Ilay Mpanavotra. Kristy no lalana izay namonjena ny patriarka sy ny mpaminany. Izy no lalana izay hany ahazoantsika manatona an' Andriamanitra. {IFM 716.4}

«Raha nahafantatra Ahy hianareo, dia ho nahafantatra ny Raiko koa ; hoy Kristy, ary hatramin' izao dia mahafantatra Azy hianareo sady efa nahita Azy». Tsy mbola azon' ny mpianatra anefa izany. «Tompoko. asehoy anay ny Ray, hoy i Filipo niloa-bava, dia ampy ho anay izay». {IFM 717.1}

Zendana Kristy tamin' ny fahavotsan' ny sainy hahataka-javatra, ka nalahelo sady gaga Izy nanontany hoe : «Izay ela izay no efa nitoerako teto aminareo, ka tsy mbola fantatrao ihany va Aho ry Filipo ?» Ahoana no fomba tsy ahitanao ny Ray eo amin' ny asa notanterahiny tamin' ny alalako ? Mino ve hianao fa tonga Aho ho vavolombelon' ny Ray? «Ahoana no anaovanao hoe: Asehoy anay ny Ray ? . . . Izay nahita Ahy dia nahita ny Ray». Tsy nijanona tsy ho Andriamanitra Kristy raha tonga olona. Na dia nanetry ny tenany aza Izy ka tonga olombelona, mbola taminy ihany ny mahaAndriamanitra Azy. Kristy irery no afaka nampiseho ny Ray tamin' ny taranak' olombelona, ary nanana tombon-tsoa ny mpianatra nijery izany fanehoana izany nandritra ny telo taona. {IFM 717.2}

«Minoa Ahy fa Izaho ao amin' ny Ray, ary ny Ray ato amiko ; fa raha tsy izany, dia

minoa Ahy noho ny asa ihany aza». Afaka mitoetra ho azo antoka eo amin' ny fanehoana mazava nomena eo amin' ny asan' i Kristy ny finoany, dia asa izay tsy mbola nisy mihitsy olona nanao izany, na ho afaka hanao izany na oviana na oviana amin' ny alalan' ny tenany. Vavolombelon' ny maha-Andriamanitra Azy ny asan' i Kristy. Tamin' ny alalany no efa nanehoana ny Ray. {IFM 717.3}

Raha nino io firaisana mitondra aina misy amin' ny Ray sy ny Zanaka io ny mpianatra, dia tsy ho nandao azy ny finoany rehefa nahita ny fijalian' i Kristy sy ny fahafatesany hamonjy an' izao tontolo izao ho very. Niezaka ny hitarika azy hiala amin' ny toerana ambany misy ny finoany Kristy ho eo amin' ny fanandramana mety ho azony raha mahatsapa marina ny maha-Izy an' i Kristy izy - dia Andriamanitra amin' ny nofon' olombelona. Tiany ny hahitan' izy ireo fa tsy maintsy hotarihina hiakatra ho amin' Andriamanitra ny finoany, ka ho voafatotry ny vatofantsika eo. Tamin' ny hafanampo sy ny fikirizana manao ahoana no niezahan' Ilay Mpamonjintsika be famindrampo nanomana ny mpianany amin' ny tafio-drivotry ny fakam-panahy izay efa hamely azy tsy ho ela. Tiany ny hiafenan' izy ireo miaraka Aminy ao amin' Andriamanitra. {IFM 717.4}

Raha nanao ireo teny ireo Kristy, dia namirapiratra teo amin' ny endriny ny voninahitr' Andriamanitra, fa fanajana feno fahamasinana no tsapan' izay rehetra nanatrika raha liana sy tretrika izy nihaino ny teniny. Voasarika mazava kokoa ho eo Aminy ny fony ; ary raha voatarika ho eo amin' i Kristy tamin' ny fitiavana lehibe kokoa izy, dia voatarika hifanatona izy samy izy. Tsapany fa akaiky dia akaiky ny lanitra, ary tsapany fa hafatra ho azy avy any amin' ny Rainy izay any an-danitra ny teny izay norenesiny. {IFM 718.1}

«Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, hoy Jesosy, izay mino Ahy, ny asa ataoko no hataony koa». Nampitebiteby fatratra ny Mpamonjy ny hahazoan' ny mpianany ny antony mampiray ny maha-Andriamanitra amin' ny maha-olombelona. Tonga teto amin' izao tontolo izao Izy mba hampiharihary ny voninahitr' Andriamanitra, mba hahazoana manandratra ny olona amin' ny alalan' ny heriny manavao. Naseho teo Aminy Andriamanitra mba hahazoana maneho Azy eo amin' izy ireo. Tsy naneho toetra Jesosy, ary tsy nampiasa hery Izy, izay tsy mety ho azon' ny olona amin' ny alalan' ny finoana Azy. Ny fahatanterahany eo amin' ny mahaolombelona no tokony hananan' ny mpanaraka Azy rehetra. raha milefitra amin' Andriamanitra tahaka ny nataony izy. {IFM 718.2}

«Ary hanao asa lehibe noho izany aza izy, satria Izaho mankany amin' ny Ray». Tsy tian' i Kristy nolazaina tamin' izany fa hampientanentana «noho ny asa nataony ny asa

hataon' ny mpianatra. fa hanana velarana lehibe kokoa. Tsy milaza ny amin' ny fanaovana fahagagana fotsiny izy, fa ny amin' izay rehetra atao eo ambanin' ny asan' ny Fanahy Masina. {IFM 718.3}

Rehefa niakatra ho any an-danitra ny Tompo, dia tsapan' ny mpianatra ny fahatanterahan' ny teny fikasany. Tena zava-misy velona tokoa tamin' izy ireo ny toe-javatra niseho tamin' ny fanomboana teo amin' ny hazo fijaliana, sy ny fitsanganana tamin' ny maty, ary ny niakaran' i Kristy tany an-danitra. Hitany fa tanteraka ara-bakiteny ny faminaniana. Nandinika ny Soratra Masina izy, ka nanaiky ny fampianarany tamin' ny finoana. sy ny toky izay tsy fantany talohan izao. Fantany fa Ilay Andriamanitra mpampianatra dia araka izay rehetra nilazany ny tenany. Raha nanambara ny fanandramana nataony izy ireo, ka nanandratra ny fitiavan' Andriamanitra, dia nalefaka sy nilefitra ny fon' ny olona, ka vahoaka maro no nino an' i Jesosy. {IFM 718.4}

Teny fikasana ho an' ny fiangonany taty amin' ny andro farany ny teny fikasana nataon' ny Mpamonjy tamin' ny mpianany. Tsy nokasain' Andriamanitra hifarana amin' ny vokatra tsy misy dikany firy fotsiny ny drafitra mahagaga nataony hanavotana ny olona. Izay rehetra handeha hiasa, ka tsy mitoky amin' izay azon' ny tenany samirery atao, fa amin' izay azon' Andriamanitra hatao ho azy sy amin' ny alalany, dia azo antoka fa hahatsapa ny fahatanterahan' ny teny fikasany. «Hanao asa lehibe noho izany aza izy, satria Izaho mankany amin' ny Ray», hoy ny nambarany. {IFM 719.1}

Nefa satria tsy mbola nifankazatra tamin' ny herin' ny Mpamonjy sy ny fahefany tsy voafetra ny mpianatra, dia hoy Izy taminy : «Mandraka ankehitriny dia tsy mbola nangataka na inona na inona tamin' ny anarako hianareo». Nohazavainy taminy fa ny tsiambaratelon' ny fahombiazany dia ny fangatahana hery sy fahasoavana amin' ny anarany. Ho eo anatrehan' ny Ray Izy mba hangataka ho azy ireo. Asehony ho toy ny fanirian' ny tenany hamonjena fanahy ny fivavahan' io olona mitalaho feno fanetren-tena io. Re any an-danitra ny fivavahana rehetra atao amin' ny fo. Mety tsy hikoriana ny filazana izany ; nefa raha ao ny fo, dia hiakatra ho eo amin' ny fitoerana masina izay anaovan' i Jesosy fisoronana izany, ka hasehony eo amin» ny Ray amin' ny teny tsy miambakavaka, tsy miakanakana, amin' ny teny kanto sy mameroveron' ny hanitry ny fahatanterahan' ny tenany. {IFM 719.2}

Tsy lalana afaka amin' ny fanakatsakanana tsy akory ny lalana ho an' ny manana fo madio' sy marina, fa ny zava-tsarotra rehetra dia tokony hahitantsika fiantsoana hivavaka. Tsy misy manan' aina na dia iray aza manana hery izay tsy noraisina tamin'

Andriamanitra. ary ny loharano niavian' izany dia midanadana ho an' ny olombelona malemy indrindra. «Ary na inona na inona no hangatahinareo amin' ny anarako, hoy Jesosy. dia hataoko izany. mba hankalazana ny Ray eo amin' ny Zanaka. Raha mangataka zavatra amiko amin' ny anarako hianareo, dia hataoko izany» {IFM 719.3}

«Amin' ny anarako», no nibaikoin' i Kristy ny mpianany raha nivavaka izy. Amin' ny anaran' i Kristy no tokony hijoroan' ny mpanaraka Azy eo anatrehan' Andriamanitra. Noho ny tombambidin' ny sorona natao ho azy. dia misy tombambidiny koa izy eo imason' ny Tompo. Ny fahamarinan' i Kristy isaina no andraisana azy ho sarobidy. Noho ny amin' i Kristy, dia mamela heloka ireo izay matahotra Azy ny Tompo. Tsy ny faharatsian' ny mpanota no hitany eo aminy. fa ny fitovizany amin' ny Zanany, Izay inoany no hitany eo amin' izy ireo. {IFM 720.1}

Diso fanantenana ny Tompo rehefa ambany fihevitra ny tenany ny vahoakany. Tiany raha manombana ny tenany araka ny vidiny nataony taminy ireo lova nofidiny. Irin' Andriamanitra izy ireo, raha tsy izany dia tsy nalefany ny Zanany hanao iraka nandany be toy izany hanavotana azy ireo. Manana ny hampiasany azy Izy, koa mahafaly Azy ny hanaovan' izy ireo fangatahana ambony indrindra Aminy, mba hanomezany voninahitra ny anarany. Mahazo manantena zava-dehibe izy raha mino ny teny fikasany. {IFM 720.2}

Midika zavatra betsaka anefa izany mivavaka amin' ny anaran' i Kristy izany. Midika izany fa tokony hanaiky ny toetra amam-panahiny isika, haneho ny toe-tsainy. ary hanatanteraka ny asany. Misy fepetra ny fanatanterahana ny teny fikasan' ny Mpamonjy. «Raha tia Ahy hianareo, hoy Izy, dia hitandrina ny didiko». Tsy mamonjy ny olona ao amin' ny fahotana Izy, fa ho afaka amin» ny fahotana ; ary izay tia Azy dia hampiseho ny fitiavany amin' ny alalan» ny fankatoavana. {IFM 720.3}

Avy amin' ny fo ny tena fankatoavana marina rehetra. Asan' ny fo miaraka amin' i Kristy izany. Ary raha manaiky isika, dia hataony mitovy indrindra amin' ny tenany ny eritreritsika sy ny zava-kendrentsika, ny fontsika sy ny saintsika hampitoviany indrindra amin' ny sitrapony. hany ka rehefa mankato Azy isika dia tsy manao afa-tsy ny manatanteraka ny fironana ao amintsika ihany. Ny sitrapo voadio sy nohamasinina, dia hahita ny fifaliany ambony indrindra eo amin' ny fanaovana fanompoana Azy. Rehefa mahafantatra an' Andriamanitra, satria tombon-tsoa ho antsika ny mahafantatra Azy, dia hanjary fiainam-pankatoavana mitohy ny fiainantsika. Ny fankafizana ny toetra amam-panahin' i Kristy, ny firaisana amin' Andriamanitra. dia hahatonga ny fahotana ho maharikoriko antsika. {IFM 720.4}

Tahaka ny niveloman' i Kristy teo amin' ny maha-olombelona toy izany koa no mety ataontsika raha mamikitra marina tokoa amin' Ilay Mahery isika hahazoana hery. Nefa tsy tokony hapetra- tsika amin' ny hafa ny andraikitra ny amin' ny adidintsika. ka hiandry azy ireo hilaza izay hatao. Tsy afaka hiankina amin' olombelona isika mba hitadiavana toro-hevitra. Ny Tompo no hampianatra antsika ny adidintsika ary sitrany ny hanao izany toy ny nampianarany ny olon-kafa koa. Raha manatona Azy amin' ny finoana isika, dia hambarany amin' ny tenantsika manokana ny zava-miafina ao Aminy. Matetika no hiredareda ao anatintsika ny fontsika rehefa manatona akaiky hiray fo amintsika Ilay Anankiray toy ny nataony tamin' i Enoka. Izay manapa-kevitra tsy hanao na inona na inona na amin' ny lafiny inona na amin' ny lafiny inona, izay hampalahelo an' Andriamanitra, dia hahafantatra izay tena lalana tokony nizorana, rehefa mampiseho ny zava-manahirana eo anatrehany. Tsy fahendrena ihany no horaisiny, fa tanjaka koa. Hery hoentimankato, hoenti-manompo no hozaraina aminy, araka ny nampanantenain' i Kristy. Na inona na inona nomena an' i Kristy, — ny «zavatra rehetra» izay ilain' ny olombelona lavo, — dia nomena Ilay loha sy solontenan' ny taranak' olombelona : «Ary na inona na inona no angatahintsika, dia raisintsika aminy, satria mitandrina ny didiny sy manao izay ankasitrahana eo imasony isika». {IFM 720.5}

Talohan' ny nanolorany ny tenany ho fanatitra atao sorona, dia nitady ny fanomezana feno indrindra sy ilaina indrindra Kristy homena ny mpanaraka Azy, dia fanomezana izay ahazoany mahatratra ireo loharanom-pahasoavana tsy misy fetrany. «Izaho hangataka amin' ny Ray, hoy Izy, ary Izy, hanome anareo Mpananatra hafa mba ho eo aminareo mandrakizay. dia ny Fanahin' ny fahamarinana, Izay tsy azon' izao tontolo izao horaisina. satria tsy hitany na fantany ; fa hianareo no mahafantatra Azy, satria mitoetra eo aminareo Izy. ary ho ao anatinareo. Tsy hamela anareo ho kamboty Aho, hankaty aminareo Aho». {IFM 721.1}

Efa teo amin' izao tontolo izao ny Fanahy talohan' izao ; hatramin' ny nanombohana mihitsy ny asan' ny fanavotana dia efa nampihetsika ny fon' ny olona Izy. Nefa raha teto an-tany i Kristy, dia tsy naniry ny hanana mpanampy hafa ny mpianatra. Tsy hotsapany ny ilany ny Fanahy raha tsy efa nalana taminy ny fanatrehan' i Kristy, koa dia ho avy ny Fanahy amin' izay. {IFM 721.2}

Solontenan' i Kristy ny Fanahy Masina, nefa tsy mitafy ny endriky ny maha-olombelona, ary noho izany tsy miankina aminy Voasembatseman' ny maha-olombelona Kristy, ka tsy afaka ho eo amin' ny toerana rehetra ny tenany. Noho izany dia tombontsoa ho Azy ireo ny handehanany ho any amin' ny Ray, ka handefasany ny Fanahy Masina ho mpandimby Azy eto an-tany. Amin' izay dia tsy hisy hahazo tombon-

tsoa noho ny toerana misy azy na noho ny fifandraisany manokana amin' i Kristy. Azon' ny rehetra atonina ny Mpamonjy amin' ny alalan' ny Fanahy. Amin» io lafiny io dia ho akaiky azy kokoa Izy noho ny raha tsy niakatra ho any an-danitra. {IFM 721.3}

«Ary izay tia Ahy no tian' ny Raiko, ary Izaho ho tia azy ka hiseho aminy». Namaky ny ho avin' ny fiainan' ny mpianany Jesosy. Hitany ny iray entina eo amin' ny lampihazo famonoana olona, ny iray entina ho eo amin' ny hazo fijaliana, ny iray entina hatao sesi-tany eny amin' ny harambato mangina any an-dranomasina. ny hafa enjehina sy vonoina. Nampahery azy tamin' ny teny fikasana Izy fa hiaraka aminy amin' ny fitsapana rehetra. Tsy misy very ny herin' io teny fikasana io. Fantatry ny Tompo avokoa izay rehetra mikasika ny mpanompony mahatoky izay mandry any an-trano maizina noho ny anarany, na natao sesi-tany any amin' ny nosy manirery. Mampahery azy amin' ny fanatrehan' ny tenany Izy Rehefa mijoro manoloana ny fitsaran' ny ratsy fanahy ny mpino noho ny fahamarinana, dia mijoro eo anilany Kristy. Ny fanomezantsiny rehetra mianjady aminy, dia mianjady amin' i Kristy. Melohina indray Kristy ao amin' ny tenan' ny mpianany. Rehefa misy ahiboka ao anatin' ny rindrin' ny tranomaizina, dia mampiravoravo ny fo amin' ny fitiavany Kristy. Rehefa misy miaritra ny fahafatesana noho ny Aminy. dia hoy Kristy : «Izaho . . . Ilay velona ; efa maty Aho. nefa indro. velona mandrakizay mandrakizay, sady manana ny fanalahidin' ny fahafatesana sy ny fiainan-tsy hita». Ny fiainana izay atao sorona ho Ahy dia voatahiry ho amin' ny voninahitra mandrakizay. {IFM 722.1}

Amin' ny fotoana rehetra, sy amin' ny toerana rehetra, amin' ny alahelo rehetra sy ny fahoriana rehetra, rehefa toa maizina ny fanombatombanana ny ampitso ka mahavery hevitra ny ho avy, ary rehefa mahatsapa ho malemy sy irery isika. dia halefa ny Mpananatra ho valin' ny fivavahan' ny finoana. Mety mampisaraka antsika amin' ny sakaiza rehetra eto an-tany ny toe-javatra. nefa tsy misy elanelan-tany, afaka mampisaraka antsika amin' Ilay Mpanavotra avy any an-danitra. Na aiza na aiza misy antsika, na aiza na aiza alehantsika, dia eo ankavanantsika mandrakariva Izy hanampy. hanohana. hihazona sy hamalifaly. {IFM 722.2}

Mbola tsy azon' ny mpianatra ny dikan' ny tenin' i Kristy amin' ny lafiny ara-panahy, koa nohazavainy indray ny dikany. Amin' ny alalan' ny Fanahy hoy Izy no hisehoan' Izy tenany aminy. «Fa ny Mpananatra. dia ny Fanahy Masina. Izay hirahin' ny Ray amin' ny anarako, Izy no hampianatra anareo ny zavatra rehetra». Tsy hiteny intsony hianareo hoe : Tsy azoko. Tsy hijery intsony amin' ny fitaratra ianareo ka hahita maizimaizina. «Ho hainareo mbamin' ny olona masina rehetra ny hahafantatra tsara izay sakany sy lavany ary hahavony. sy halaliny, ary hahalala ny fitiavan' i Kristy, izay mihoatra ny

fahalalana». {IFM 723.1}

Tokony hijoro ho vavolombelon' ny fiainana sy ny asan' i Kristy ny mpianatra. Amin' ny alalan' ny teniny dia tokony hiteny amin' ny olona rehetra eo amin' ny vohon' ny tany izy. Hizaka fitsapana sy fahadisoam-panantenana be anefa izy amin' ny fietrena sy ny fahafatesan' i Kristy. Mba ho marina ny teniny aorian» io fanandramana io. dia mampanantena Jesosy fa hampahatsiaro anareo ny zavatra rehetra izay nolazaiko taminareo «ny Mpananatra». {IFM 723.2}

«Mbola manana zavatra maro holazaina aminareo Aho. hoy Izy nanohy. nefa tsy zakanareo ankehitriny. Fa raha tonga ny Fanahin' ny fahamarinana, dia Izy no hitaridalana anareo ho amin' ny marina rehetra. fa tsy hiteny ho Azy Izy. fa izay ho reny dia holazainy avokoa : ary ny zavatra ho avy aza dia hambarany aminareo. Izy hankalaza Ahy ; fa handray avy amin' ny Ahy Izy ka hanambara izany aminareo». Faritra midadasiky ny fahamarinana no efa novelarin' i Jesosy teo imason' ny mpianany. Sarotra tamin' izy ireo indrindra anefa ny hampiavaka tsara hatrany ny lesony amin' ny lovantsofina sy ny ohabolan' ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo. Efa nobeazina izy ireo hanaiky ny fampianaran' ny raby ho toy ny feon' Andriamanitra, ka mbola nanan-kery tamin' ny sainy, sy namolavola ny toe-pony izany. Ny hevitra araka izao tontolo izao, ny zavatra ara-nofo, dia mbola nanana toerana lehibe teo amin' ny sainy. Tsy azony ny maha-ara-panahy ny fanjakan' i Kristy na dia efa nohazavainy matetika taminy aza. Nanjary nikorontana ny sainy. Tsy azony ny tombambidin' ny Soratra Masina nasehon' i Kristy. Betsaka ny lesona nataony toa very foana taminy. Hitan' i Jesosy fa tsy namikitra tamin' ny tena dikan' ny teniny marina izy. Tamim-pangorahana no nampanantenainy fa hamerina ireny teny ireny ao an-tsainy ny Fanahy Masina. Ary betsaka no zavatra navelany tsy ho voalaza izay tsy mety ho azon' ny mpianatra. Ireny koa dia hovelarin' ny Fanahy eo anatrehany. Hampahazava ny sainy ny Fanahy, mba hahazoany mahafantatra ny zavatra mikasika ny lanitra. «Fa raha tonga ny Fanahin' ny fahamarinana, hoy Jesosy, dia Izy no hitaridalana anareo ho amin' ny marina rehetra». {IFM 723.3}

Antsoina hoe «Fanahin' ny fahamarinana» ny Mpananatra. Mampiorina sy mihazona ny fahamarinana no asany. Mitoetra ao am-po amin' ny maha-Fanahin' ny fahamarinana Azy Izy aloha, ary amin' izay dia manjary Mpananatra Mpampionona. Misy fampiononana sy fiadanana ao amin' ny fahamarinana, fa tsy misy tena fiadanana na fampiononana marina mety ho hita ao amin' ny lainga. Hevitra sy lovan-tsofina diso no nentin' i Satana ahazoany ny fahefany amin' ny saina. Notarihiny ho amin' ny tarigetra diso ny olona ka nosimbany ny endriky ny toetra amam-panahiny. Miteny amin' ny saina ka mandatsaka lalina ny fahamarinana ao am-po ny Fanahy Masina amin' ny alalan' ny

Soratra Masina. Amin' izany dia mampiharihary ny hevi-diso Izy, ka mandroaka izany tsy ho ao amin' ny fanahy. Amin' ny alalan' ny Fanahin' ny fahamarinana, izay miasa amin' ny alalan' ny tenin' Andriamanitra, no ampileferan' i Kristy ny vahoaka nofidiny ho amin' ny tenany. {IFM 724.1}

Raha nilazalaza tamin' ny mpaminany ny asan' ny Fanahy Masina Jesosy, dia niezaka Izy hampiseho taminy ny fifaliana sy ny fanantenana izay nameno ny fony. Naharavoravo azy ny fanampiana be dia be efa nomaniny ho an' ny fiangonany. Ny Fanahy Masina no ambony indrindra amin' ny fanomezana rehetra azony nangatahina tamin' ny Rainy ho fanandratana ny vahoakany. Homena ny Fanahiny Masina hiasa ho famelombelomana, ary raha tsy Izy dia tsy hisy vokany ny sorona nataon' i Kristy. Efa nitombo hery nandritra ny taonjato maro ny herin' ny ratsy, ary nahagaga ny fileferan' ny olona tamin' ny famaboana nataon' i Satana. Tsy azo toherina sy resena ny fahotana raha tsy amin' ny alalan' ny fiasa maherin' Ilay persona fahatelo amin' ny firaisan' Andriamanitra, Izay tsy ovana ny heriny raha ho avy Izy. fa amin' ny fahafenoan' ny herin' Andriamanitra no hiaviany. Ny Fanahy no mampisy vokany izay efa notanterahin' ny Mpanavotra an' izao tontolo izao. Ny Fanahy no mampadio ny fo. Amin' ny alalan' ny Fanahy dia manjary mpiray amin' ny fomban' Andriamanitra ny mpino. Nomen' i Kristy ny Fanahiny amin' ny maha-herin' Andriamanitra azy hoentimandresy ny fironana rehetra ho amin' ny ratsy nolovaina sy nokolokoloina. sy handatsaka lalina ny toetra amam-panahiny amin' ny fiangonany. {IFM 724.2}

«Izy hankalaza Ahy» hoy Kristy momba ny Fanahy. Tonga hankalaza ny Ray ny Mpamonjy tamin' ny fanehoany ny fitiavany ; toy izany koa ny Fanahy hankalaza an' i Kristy amin' ny fanehoana ny fahasoavany amin' izao tontolo izao. Ny endrik' Andriamanitra indrindra dia tokony hifindra eo amin' ny taranak' olombelona. Voafaoka ao amin' ny fahatanterahan' ny toetra amam-panahin' ny vahoakany ny voninahitr' Andriamanitra sy ny voninahitr' i Kristy. {IFM 725.1}

«Ary raha tonga Izy (ny Fanahin' ny fahamarinana), dia hampiaiky izao tontolo izao ny fahotana sy n.y fahamarinana ary ny fitsarana». Tsy hisy vokany ny fitoriana ny teny raha tsy misy ny fanatrehana sy ny fanampiana mitohin' ny Fanahy Masina. Io ihany no mpampianatra mahomby ny amin' ny fahamarinan' Andriamanitra. Rehefa arahin' ny Fanahy ao am-po ihany ny fahamarinana vao hamelombelona ny feon' ny fieritreretana na hanova ny fiainana. Misy mety afaka hampiseho ny tenin' Andriamanitra amin' ny maha-soratra azy, mety hifankazatra amin' ny didiny sy ny teny fikasany rehetra ; nefa raha tsy mampitoetra ny fahamarinana ny Fanahy Masina, dia tsy hisy fanahy hiantoraka eo amin' Ilay Vatolampy ka ho torotoro. Tsy misy fanabeazana, na tombon-tsoa miavosa,

na be toy inona aza, mahavita fantsona tokana mitondra hazavana raha tsy misy fiarahamiasa amin' ny Fanahin' Andriamanitra. Tsy hisy fahombiazana ny famafazana ny voan' ny Filazantsara raha tsy velomin' ny andon' ny lanitra hanan' aina ny voa. Raha tsy mbola nisy bokin' ny Testamenta Vaovao nosoratana, raha tsy mbola nisy toriteny iray momba ny filazantsara natao taorian' ny niakaran' i Kristy tany an-danitra, dia nidina teo amin' ny apostoly teo am-pivavahana ny Fanahy Masina. Dia izao no vavolombelona nataon' ny fahavalony : «Efa nofenoinareo ny fampianaranareo Jerosalema». {IFM 725.2}

Nampanantena ny fanomezan' ny Fanahy Masina ho an' ny Fiangonany Kristy, ary ho antsika tahaka ny an' ny mpianatra voalohany ny teny fikasana. Tahaka ny teny fikasana rehetra anefa, dia misy fepetra ny hanomezana izany. Betsaka ny mino sy milaza ho mitaky ny teny fikasan' i Jehovah ; miresaka ny amin' i Kristy sy ny amin' ny Fanahy Masina izy, nefa tsy mandray tombon-tsoa. Tsy mampilefitra ny fanahy hotarihin' ireo fiasan' Andriamanitra sy hofeheziny izy. Tsy azontsika ampiasaina ny Fanahy Masina. Ny Fanahy no tokony hampiasa antsika. Miasa ao amin' ny vahoakany Andriamanitra amin' ny alalan' ny Fanahy «na ny fikasana na ny fanaovana hahatanteraka ny sitrapony». Betsaka anefa no tsy hilefitra amin' izany. Maniry ny hitondra ny tenany izy. Izany no antony tsy andraisany ny fanomezana avy any an-danitra. Izay miandry an' Andriamanitra amim-panetren-tena ihany. izay miambina mba handray ny fitarihany sy ny fahasoavany, no omena ny Fanahy. Miandry ny fangatahany sy ny fandraisan' izy ireo azy ny herin' Andriamanitra. Io fitahiana nampanantenaina io, rehefa takiana amin' ny finoana. dia mitarika ny fitahiana hafa rehetra manaraka azy. Omena araka ny haren' ny fahasoavan' i Kristy izany, ary vonona Izy hanome izay ilain' ny fanahy rehetra araka ny fahazoan' izy ireo mandray. {IFM 725.3}

Raha nandaha-teny tamin' ny mpianatra Jesosy, dia tsy nilaza zavatra mampalahelo momba ny fijalian' ny tenany sy ny fahafatesany Izy. Ny teny farany nataony dia fanolorana lova mitondra fiadanana. Hoy Izy : «Fiadanana no avelako ho anareo. ny fiadanako no omeko anareo ; tsy tahaka ny fanomen' izao tontolo izao no fanomeko anareo. Aza malahelo na matahotra ny fonareo». {IFM 726.1}

Talohan' ny nialany tao amin' ny efitra ambony, dia nitarika ny mpianany ny Mpamonjy hanao hira fiderana. Ny feony izay re, dia tsy nihira feon-kira mitaraina sy malahelohelo, fa hira haleloia fanao amin' ny Paska mitory fifaliana : {IFM 726.2}

«Miderà an' i Jehovah ry firenena rehetra

Midera Azy, ry olona rehetra

Fa lehibe ny famindrampony amintsika

Ary mandrakizay ny fahamarinan' i Jehovah»

Haleloia. {IFM 726.3}

Rehefa vita ny hira, dia nivoaka izy ireo. Teny amin' ny arabe feno olona no lalany nivoaka ny vavahadin' ny tanàna ho any amin' ny Tendrombohitra Oliva. Nandeha miadana izy, samy sahirana tamin' ny eritreriny avy. Raha nanomboka nidina ho any amin' ny tendrombohitra izy, dia hoy Jesosy tamin' alahelo lalina indrindra : «Hianareo rehetra dia ho tafintohina noho ny amiko anio alina, fa voasoratra hoe : Hamely ny mpiandry ondry Aho, dia hihahaka ny ondry andrasana». Nalahelo sy gaga ny mpianatra nihaino. Tsaroany ny nahatafintohina ny maro, sy ny nialany tamin' i Jesosy tao amin' ny synagoga tany Kapernaomy, fony Kristy nilaza ny tenany ho mofon' aina. Tsy niseho ho tsy mahatoky anefa ny roa ambin' ny folo lahy. Raha niteny ho an' ny rahalahiny Petera. dia nanambara ny fahatokiany an' i Kristy. Nilaza ny Mpamonjy tamin' izay hoe : «Tsy Izaho va no nifidy anareo roa ambin' ny folo lahy, nefa ny anankiray aminareo dia devoly». Tao amin' ny efitrano ambony Jesosy dia nilaza fa hamadika Azy ny anankiray amin' ny roa ambin' ny folo lahy, ary i Petera dia handà Azy. Izao anefa dia mahafaoka azy rehetra ny teniny. {IFM 726.4}

Ankehitriny dia re ny feon' i Petera manohitra mafy hoe : «Na dia ho tafintohina avokoa aza ny olona rehetra, izaho tsy mba ho tafintohina». Izao no efa nambarany tao amin' ny efitrano ambony : «Na ny aiko aza dia hafoiko noho ny Aminao». Efa nampitandrina azy Jesosy fa iny alina iny indrindra dia handà ny Mpamonjiny izy. Naverin' i Kristy indray izao ny fampitandremana : «Lazaiko aminao marina tokoa : Anio. dia amin' ity alina ity, raha tsy mbola misy akoho maneno fanindroany, dia handà Ahy intelo ianao. Nefa «vao mainka niteny mafy dia mafy i Petera hoe : Na dia hiaramaty Aminao aza aho, tsy mba handà Anao tokoa aho. Ary toy izany koa no nolazain' izy rehetra». Noho ny fahatokian-tenan' izy ireo, dia nolaviny ny fanambarana naverin' Ilay mahalala. Tsy vonona ho amin' ny fisedrana izy ; rehefa hamely azy ny fakam-panahy. dia izay vao ho fantany ny fahalemen' ny tenany. {IFM 727.1}

Raha niteny i Petera fa hanaraka ny Tompony ho any an-tranomaizina sy ho any amin' ny fahafatesana izy, dia izany tokoa no tiany hambara, araka ny teny tsirairay amin' izany ; saingy ny tenany no tsy fantany. Niafina tao am-pony tao, nisy tsirin' ny ratsy izay hikopak' elatra hanan' aina noho ny toe-javatra. Raha tsy natao tsapany ny loza mananontanona azy, dia ho hita fa hitondra fahafatesana mandrakizay ho azy izany. Fitiavana ny «izaho» sy fahatokisana izay handresy na dia ny fitiavany an' i Kristy aza no

hitan' ny Mpamonjy teo aminy. Betsaka ny kilema, ny fahotana tsy nalahelovana, ny toe-tsaina tsy rototra, ny toetra tsy masina, ny fanaovana mosalahy eo amin' ny fidirana amin' ny fakam-panahy, izay efa niseho teo amin' ny fanandramana nataony. Antso mba handinihiny ny fony ny fampitandremana miezinezina nataon' i Kristy. Nilain' i Petera ny tsy hatoky ny tenany sy ny hanana finoana lalindalina kokoa an' i Kristy. Raha nekeny tamim-panetren-tena ny fampitandremana, dia ho niantso Ilay Mpiandry ny andian' ondry izy hiandry ny ondriny. Rehefa saiky hilentika izy teo amin' ny Ranomasin' i Galilia, dia niantsoantso izy hoe : «Tompo ô, vonjeo aho». Dia nitsotra ny tanan' i Kristy hamikitra ny tanany. Toy izany koa ankehitriny raha niantso an' i Jesosy izy hoe : Vonjeo ny amin' ny tenako aho, dia ho voaaro izy. Tsapan' i Petera anefa fa tsy nitokisany izy ary noheveriny fa halozana izany. Tafintohina sahady izy, ka vao mainka nanamafy ny fahatokisan' ny tenany izany. {IFM 727.2}

Nangoraka Jesosy nijery ireto mpianany. Tsy afaka namonjy azy tamin' ny fitsapana Izy, nefa tsy navelany tsy hanana fampiononana koa. Nomeny toky izy fa hanapaka ny fatoran' ny fasana, ary tsy ho levona ny fitiavany azy ireo. «Fa rehefa atsangana Aho, hoy Izy, dia hialoha anareo ho any Galilia». Talohan' ny namadihany Azy, dia efa nahazo toky ny amin' ny famelan-keloka izy ireo. Taorian' ny nahafatesany sy ny nitsanganany tamin' ny maty, dia fantany fa voavela heloka izy, ary mamy tamin' ny fon' i Kristy koa. {IFM 728.1}

Teo an-dalana ho any Getsemane Jesosy sy ny mpianatra, teo ambodin' ny tendrombohitra Oliva, toerana mangingina izay efa nalehany matetika handinihan-tena sy hivavahana. Efa nohazavain' ny Mpamonjy tamin' ny mpianany ny iraka nampanaovina azy tamin' izao tontolo izao, sy ny firaisany ara-panahy taminy izay tokony notohanany. Ankehitriny dia manazava ny lesona Izy. Mazava mamirapiratra ny volana ka naneho foto-boaloboka mandrobona. Nitarika ny sain' ny mpianatra tamin' izany Izy, ka nampiasainy ho tandindona izany. {IFM 728.2}

«Izaho no tena voaloboka», hoy Izy. Tsy ny rofia tsara bika, na ny sedera mijoalajoala, na ny hazo ôka matanjaka, no nofidin' i Jesosy mba hanehoana ny tenany. fa ny voaloboka sy ny tangolobahiny hamikirany. Mijoro samirery ny rofia. ny sedera sy ny hazo ôka; tsy mitaky mpanohana. Fa misarangotra amin' ny talantalana kosa ny voaloboka, ary amin' izany dia mandady manondro ny lanitra izy. Toy izany koa Kristy Izay niankina tamin' ny herin' Andriamanitra teo amin' ny maha-olombelona Azy. «Raha Izaho ihany, hoy ny nambarany, dia tsy mahay manao na inona na inona». {IFM 728.3}

«Izaho no tena voaloboka». Noheverin' ny Jiosy hatrany ho zava-maniry mendrika

indrindra ny voaloboka ary tandindon' izay rehetra mahery. tsara indrindra, sy mahavokatra. Efa naseho ho toy ny voaloboka izay efa nambolen' Andriamanitra tao amin' ny tany nampanantenaina i Isiraely. Naorin' ny Jiosy teo amin' ny fifandraisany tamin' Isiraely ny fanantenany famonjena. Nefa hoy Jesosy, «Izaho no tena voaloboka». Aza mihevitra fa ny fifandraisanareo amin' Isiraely dia mety ahatonga anareo ho mpiray amin' ny fiainan' Andriamanitra. sy ho mpandova ny teny fikasany. Amin' ny alalako ihany no andraisana ny fiainana ara-panahy. {IFM 728.4}

«Izaho no tena voaloboka. ary ny Raiko no mpamboatra». Teo amin' ireo havoan' i Palestjna no efa nambolen' ny Raintsika izay any an-danitra io Voaloboka mahafinaritra io, ary Izy mihitsy no mpamboatra. Betsaka no voasariky ny hatsaran-tarehin' io Voaloboka io, ka nanambara ny maha-avy any an-danitra azy. Nefa teo imason' ny mpitarika tao Isiraely, dia toa faka avy ao amin' ny tany maina izy izany. Noraisiny ilay zava-maniry, ka notapatapahiny ary nohitsakitsahin' ny tongony tsy masina. Nihevitra ny hamongotra azy ho mandrakizay izy. Nefa tsy very teo imason' ilay mpamboatra avy any an-danitra na oviana na oviana io Voaloboka maniry io. Rehefa noheverin' ny olona fa maty izany, dia noraisiny, ka namboleny indray teo amin' ny ilan» ny tamboho iray. Tsy ho hitan' ny maso intsony ny foto-boaloboka. Nafenina tsy ho azon' ny fanafihana masiaka ataon' ny olona izany. Nihantona teo amin' ny tamboho anefa ny sampan' ny voaloboka. Mampiseho ny voaloboka ireo. Nahazoana voany izany. Nisy vokatra izay azon' ny mpandalo notoazana. {IFM 729.1}

«Izaho no tena voaloboka, ary hianareo no sampany», hoy Kristy tamin' ny mpianany. Na dia efa hoesorina tsy ho eo aminy aza Izy, dia tsy niova ny firaisana ara-panahy Aminy. Ny fikambanan' ny sampana amin' ny voaloboka hoy Izy, dia mampiseho ny firaisana tokony hotohizanareo Amiko. Atsofoka ao amin' ny voaloboka velona ny mason-kazo, toy ny manao grefy ka mitombo ao amin' ny foto-boaloboka izany, ny hoza-kazo mifandray amin' ny hozakazo, ny lalan-dranokazo mifandray amin' ny lalan-dranokazo. Ny ain' ny voaloboka no manjary ain' ny sampana. Toy izany no andraisan' ny fanahy matin' ny fahadisoana sy ny fahotana ny aina amin' ny alalan' ny fifandraisana amin' i Kristy. Tanteraka ny firaisana amin' ny alalan' ny finoana Azy ho Mpamonjin' ny tena manokana. Ampiraisin' ny mpanota amin' ny herin' i Kristy ny fahalemeny, amin' ny fahafenoan' i Kristy ny fahabangany, ny herin' i Kristy maharitra amin' ny toetrany marefo. Amin' izany dia manana ny sain' i Kristy izy. Nahakasika ny maha-olombelona antsika ny maha-olombelona an' i Kristy, ary nanendry ny maha-Andriamanitra Azy ny maha-olombelona antsika. Amin' izay. amin' ny alalan' ny fiasan' ny Fanahy Masina dia manjary mpiray amin' ny toetran' Andriamanitra ny olombelona.

Ekena ao amin' ny Malala izy. {IFM 729.2}

Rehefa niforona io firaisana amin' i Kristy io. dia tsy maintsy hazonina Hoy Kristy : «Tomoera Amiko ary Izaho aminareo. Tahaka ny sampany tsy mahay mamoa ho azy, raha tsy miray amin' ny voaloboka izy, dia toy izany koa hianareo raha tsy miray Amiko». Tsy fiendrena sendrasendra izany na firaisana tapatapaka. Manjary tenan' ny voaloboka velona ny sampana. Ny fampitohizana ny aina, ny hery sy ny fahavokarana avy amin' ny faka ho amin' ny sampana, dia tsy voasakantsakana ary mitohy. Raha tafasaraka amin' ny voaloboka ny sampana, dia tsy afaka ho velona. Ianareo koa, hoy Jesosy, tsy afaka ho velona raha misaraka Amiko. Ny fiainana izay noraisinareo tamiko dia tsy voaaro raha tsy misy firaisana mitohy. Raha tsy Izaho, dia tsy afaka mandresy fahotana iray ianareo, na mahatohitra fakam-panahy iray akory. {IFM 730.1}

«Mitoera Amiko, ary Izaho aminareo. Ny mitoetra ao amin' i Kristy dia midika fandraisana mitohy ny Fanahiny, fiainana milefitra tsy misy fepetra ho amin' ny fanompoana Azy. Tsy maintsy mivoha mandrakariva ny fantsona mampitohy ny olona amin' Andriamaniny. Toy ny sampam-boaloboka misintona mandrakariva ny tsiron-kazo avy amin' ny voaloboka velona. dia toy izany koa no tokony hamikirantsika an' i Jesosy, sy handraisana avy Aminy, amin' ny alalan' ny finoana. ny hery sy ny fahatanterahan' ny toetra amam-panahiny. {IFM 730.2}

Mandefa ny famelomana avy aminy ny faka. mamakivaky ny sampana ka tonga hatrany amin' ny taho any an-tendrony indrindra. Toy izany koa Kristy izay mandefa ny heriny ara-panahy hikoriana ho an' ny mpino rehetra. Raha mbola miray amin' i Kristy ny fanahy, dia tsy misy atahorana ny hampahalazo na hahasimba azy. {IFM 730.3}

Hiseho amin' ny alalan' ny voankazo manitra eny amin' ny sampana ny voaloboka. «Izay miray amiko, ary Izaho aminy, dia mamoa be izy ; fa raha misaraka amiko kosa hianareo. dia tsy mahay manao na inona na inona». Rehefa mivelona amin' ny alalan' ny finoana ny Zanak' Andriamanitra isika, dia ho hita eo amin' ny fiainantsika ny vokatry ny Fanahy. tsy misy ho banga na iray aza. {IFM 730.4}

«Ny Raiko no mpamboatra. Ny sampany rehetra eo amiko izay tsy mamoa dia esoriny». Raha ivelambelany ny firaisan' ny grefy amin' ny voaloboka, dia tsy mety hisy fifandraisana mitondra aina. Koa tsy hisy fitomboana na fahavokarana. Toy izany koa mety hisy fifandraisana ivelambelany amin' i Kristy, tsy misy tena firaisana marina Aminy amin' ny alalan' ny finoana. Raha tsy mitondra vokatra izy, dia sampana sandoka. Ny fisarahany amin' i Kristy dia midika fahafonganana tanteraka tahaka izay asehon' ny sampana maty. «Raha misy tsy miray amiko. hoy Kristy, dia ariana eny ivelany tahaka ny

sampany izy ka malazo ary angonina izy ka atsipy ao anaty afo, dia ho may». {IFM 730.5}

«Fa ny sampany rehetra izay mamoa kosa dia amboariny, dioviny mba hamoa bebe kokoa. «Tamin' izy roa ambin' ny folo lahy voafidy izay efa nanaraka an' i Jesosy. dia nisy anankiray toy ny sampany malazo ka efa hoesorina. ny sisa dia handalo eo amin' ny fanetezam-boaloboky ny fitsapana mangidy. Nohazavain' i Jesosy tamin' ny fomba manetriketrika sy tamim-pitiavana ny zava-kendren' ilay mpamboatra. Hitondra fanaintainana ny fanetezana. nefa ny Ray no mampiasa ny antsy. Tsy tanana mivatravatra na fo tsy miraika no ampiasainy. Misy sampany mirefarefa amin' ny tany ; tsy maintsy tapahina sy vahana ny fatorany amin' izay iankinany amin' ny tany ka hamikiran' ny tangolobahiny. Tokony hanakatra ny lanitra izy ka hahita izay iankinany ao amin' Andriamanitra. Ny raviny be loatra izay mitarika ny aina tsy ikoriana amin' ny voany, dia tsy maintsy rantsanana. Tsy maintsy hesorina ny miroborobo loatra, mba hanome toerana ny tana-masoandron' ny Fahamarinana izay mahasitrana. Rantsanan' ny Mpamboatra ny sampana izay manimba ny fitomboany, mba ho sarobidy kokoa sy ho be kokoa ny voa. {IFM 731.1}

«Izany no ankalazana ny Raiko, mba hamoazanareo be» hoy Jesosy. Tian' Andriamanitra ny hampiseho amin' ny alalan' ny mpianatra ny fahamasinana, ny hatsaram-panahy, ny fangorahana izay toetra amam-panahin' ny tenany. Tsy mibaiko ny mpianatra anefa Jesosy hiasa mafy mba hitondra voa. Asainy mitoetra ao Aminy izy. «Raha miray Amiko hianareo. hoy Izy, ka mitoetra ao anatinareo ny teniko, dia angataho izay tianareo na inona na inona, fa ho tonga aminareo izany». Amin' ny alalan' ny teny no itoeran' i Kristy ao amin' ny mpanaraka Azy. Io ihany ilay firaisana mitondra aina izay asehon' ny fihinanana ny nofony sy fisotroana ny rany. Ny tenin' i Kristy dia fanahy sy aina. Raha mandray ireo ianao, dia mandray ny ain' Ilay voaloboka. Mivelona amin' ny alalan' ny «teny rehetra izay aloaky ny vavan' Andriamanitra» ianao. Mahatonga ny vokatra izay tao amin' i Kristy ihany ny fiainan' i Kristy ao aminao. Raha mivelona ao amin' i Kristy ianao, miraikitra Aminy, raha tohanany, raha misintona famelomana avy Aminy, dia mitondra vokatra manam-pitoviana amin' i Kristy. {IFM 731.2}

Tamin' io fihaonany farany tamin' ny mpianany io, ny zavadehibe nirarian' i Kristy ho azy dia ny ahazoany mifankatia tahaka ny efa nitiavany azy. Naverimberiny hatrany ny amin' izany. «Izany zavatra izany no andidiako anareo, hoy ny naverimberiny, mba hifankatiavanareo». Ny baikony voalohany indrindra rehefa irery Izy sy ny mpianany tao amin' ny efitra ambony. dia ny hoe : «Didy vaovao no omeko anareo, dia ny mba hifankatiavanareo, eny, aoka ho tahaka ny nitiavako anareo no mba hifankatiavanareo

kosa». Vaovao io didy io ho an' ny mpianatra, satria tsy nifankatia tahaka ny nitiavan' i Kristy azy izy. Hitan' i Kristy fa tsy maintsy misy hevitra sy fihetseham-po vaovao mifehy azy ; hitany fa tsy maintsy foto-kevitra vaovao no hampihariny ; handray hevitra vaovao amin' ny alalan' ny fitiavana izy amin' ny alalan' ny fiainany sy ny fahafatesany. Nisy dikany vaovao ny didy nampifankatia azy teo amin' ny fahazavan' ny nanaovany sorona ny tenany. Asa fanompoana mitohy eo amin' ny fitiavana, eo amin' ny ezaka fandavan-tena, fanaovana sorona ny tena, ny asan' ny fahasoavana manontolo. Nandritra ny ora rehetra nandalovan' i Kristy teto an-tany, dia nitosaka avy taminy tamin' ny riaka tsy azo notohaina. ny fitiavan' Andriamanitra. Izay rehetra vonton' ny Fanahiny dia ho tia tahaka ny nitiavany. Ny foto-kevitra mihitsy izay nanetsika an' i Kristy no hanetsika azy amin' ny fifampikasohan' izy samy izy. {IFM 732.1}

Io fitiavana io no porofo mazava ny maha-mpianatra azy. «Izany no hahafantaran' ny olona rehetra fa mpianatro ianareo, raha mifankatia», hoy Jesosy. Rehefa mifamatotra ny olona, tsy amin' ny alalan' ny hery na ny tombon-tsoan' ny tenany, fa amin' ny alalan' ny fitiavana, dia mampiseho ny asan' ny hery izay ambonin' ny herin' olombelona rehetra miasa mangina. Rehefa misy io firaisana io, dia mazava fa tafaverina eo amin' ny maha-olombelona ny endrik' Andriamanitra, fa misy foto-kevitra vaovao eo amin' ny fiainana tafaorina. Mampiseho izany fa misy hery eo amin' ny mahaAndriamanitra izay mahatohitra ny anjelin' ny ratsy manan-kery hafa noho ny an' ny olombelona, ary mampilefitra ny fitiavan-tena miraiky tapisaka amin' ny fo ara-nofo ny fahasoavan' Andriamanitra. {IFM 732.2}

Io fitiavana io, izay miseho ao amin' ny fiangonana. dia azo antoka fa hamoha ny fahatezeran' i Satana. Tsy nanipika lalana mora ho an' ny mpianany Kristy. «Raha halan' izao tontolo izao hianareo, dia aoka ho fantatrareo fa Izaho efa halany talohanareo. Raha naman' izao tontolo izao hianareo, dia ho tia ny azy izao tontolo izao ; fa satria tsy naman' izao tontolo izao hianareo, fa Izaho efa nifidy anareo tamin» izao tontolo izao. dia halan' izao tontolo izao hianareo. Tsarovy ny teny izay nolazaiko taminareo hoe : Ny mpanompo tsy lehibe noho ny tompony. Raha nanenjika Ahy izy. dia hanenjika anareo koa ; ary raha nitandrina ny teniko izy, dia hitandrina ny anareo koa. Fa izany rehetra izany no hataony aminareo noho ny anarako, satria tsy mahalala Izay naniraka Ahy izy». Ady sy tolona mafy no tsy maintsy hitondrana ny filazantsara ao anivon' ny fanoherana ny loza mananontanona. ny fatiantoka sy ny fijaliana. Nefa izay manao izany dia tsy manao afa-tsy ny manaraka ny dian' ny Tompony. {IFM 732.3}

Amin' ny maha-Mpanavotra an' izao tontolo izao Azy, dia nifanehatra mandrakariva tamin» ny toa tsy fahombiazana Kristy. Izy, Izay mpitondra hafatry ny famindrampo ho

an' izao tontolo izao misy antsika, dia toa tsy nanao afa-tsy kely ny amin' ny asa niriny mafy hatao hanandratana sy hamonjena ny olona. Nisy hery miasa mangina avy amin» i Satana izay nanohitra mandrakariva ny lalany. Nefa tsy tokony ho kivy Izy. Hoy ny ambarany amin' ny alalan' ny faminanian' Isaia : «Foana ny nisasarako, zava-poana sy tsinontsinona no nandaniako ny heriko ; kanefa ao amin' i Jehovah ny rariny tokony ho Ahy, ary ny valin' ny asako dia ao amin' Andriamanitro ... Fa mahazo voninahitra eo imason' i Jehovah Aho, ary Andriamanitro no heriko». Kristy no nomena ny teny fikasana manao hoe: «Izao no lazain' i Jehovah Mpanavotra an' Isiraely. dia ny Iray Masina, amin' Ilay hamavoin' ny olona sy halan' ny firenena . . . izao no lazain' i Jehovah . . . Hiaro Anao Aho ka hanome Anao ho fanekena ho an' ny olona, mba hanangana ny tany indray sy hampandova ny lova izay efa rava ka hanao amin' ny mpifatotra hoe : Mivoaha, ary amin' izay ao amin' ny maizina hoe : Misehoa . . . Tsy ho noana na hangetaheta izy, ary tsy hamely azy ny hainandro migaingaina na ny masoandro ; fa Izay mamindra fo aminy no hitarika azy, ary any amin' ny loharano miboiboika no hitondrany azy». {IFM 733.1}

Niankina tamin' io teny io Jesosy, ary tsy nanome tombony ho an' i Satana Izy. Rehefa handeha amin' ny dingana faran' ny fanetren-tena Kristy, rehefa nanery nanodidina ny fanahiny ny alahelo lalina indrindra. dia hoy Izy tamin' ny mpianany : «Fa avy ny andrianan' izao tontolo izao, nefa tsy manana na inona na inona ato amiko izy». «Ny andrianan' izao tontolo izao dia efa voatsara». «Ankehitriny izy dia horoahina». Maso mahita ny ho avy no nentin' i Kristy nanoritra ny toe-javatra hitranga amin' ny ady farany lehibe. Fantany fa rehefa hiantso Izy hoe : «Vita», dia handresy ny lanitra manontolo. Ren' ny sofiny ny feon-java-maneno any lavitra any sy ny antsom-pandresena any amin' ny lapan' ny lanitra. Fantany fa haneno amin' izay ny lakolosim-patin' ny fanjakan' i Satana, ary hantsoina mafy hanakoako avy amin' izao tontolo izao iray ho amin' ny anankiray hanerana an' izao rehetra izao ny anaran' i Kristy. {IFM 733.2}

Niravoravo Kristy fa azony atao ny hanao ho an' ny mpanaraka Azy mihoatra noho izay azony angatahina sy heverina aza. Niteny tamim-pahatokiana Izy, fantany fa nisy didy manana ny hery rehetra efa nomena talohan' ny nanaovana an' izao tontolo izao. Fantany fa handresy eo amin' ny ady ifanaovana amin' ny ratsy ny fahamarinana izay tafin' ny hery tsitohan' ny Fanahy Masina. ary fantany fa ilay faneva voapentin-drà dia hikopakopaka amim-pandresena eo amin' ny mpanaraka Azy. Fantany fa ho tahaka ny Azy ny fiainan' ireo mpianany mahatoky, dia ho fandresena sesilany. mety tsy hisy toy izany eto an-tany fa any amin' ny mandrakizay. {IFM 734.1}

«Izany teny izany efa nolazaiko taminareo mba hanananareo fiadanana amiko. Aty amin' izao tontolo izao no ahitanareo fahoriana. nefa matokia ; Izaho efa naharesy izao tontolo izao». Tsy diso Kristy, na kivy, koa tokony haneho finoana maharitra toy izany koa ny mpanaraka Azy. Tokony hivelona tahaka ny naha-velomany izy, hiasa tahaka ny niasany, satria miankina Amin' Ilay Tompon' ny mpiasa lehibe. Tsy maintsy manana herim-po. faherezana sy fikirizana izy. Na dia toa misy zavatra tsy azo ihoarana aza manakana ny lalany. dia tokony handroso izy noho ny fahasoavany. Tsy tokony hitaraina ny amin' ny zava-tsarotra izy, fa antsoy Izy handresy izany. Tsy misy tokony hampamoifo azy, ary tokony hanantena ny zavatra rehetra izy. Ny rojo volamenan' ny fitiavany tsy misy toa azy, no hamatoran' i Kristy azy amin' ny seza fiandrianan' Andriamanitra. Zava-kendreny. ny hahatonga ho azy ireo ny hery ambony indrindra miasa mangina amin' izao rehetra izao izay avy amin' ny loharanon' ny hery rehetra. Tokony hanana hery hoenti-manohitra ny ratsy izy, hery izay tsy azon' ny tany na ny fahafatesana, na ny helo anjakana. hery izay hahatonga azy handresy tahaka ny nandresen' i Kristy koa. {IFM 734.2}

Kendren' i Kristy haseho ao amin' ny fiangonany eto an-tany ny filaminan' ny lanitra, ny drafi-pitondram-panjakan' ny lanitra, ny firindran' Andriamanitra any an-danitra. Amin' izay dia omemboninahitra Izy ao amin' ny fiangonany. Amin' ny alalan' izy ireo dia hamirapiratra amin' ny famirapiratana tsy mihavasoka eo amin' izao tonolo izao ny Masoandron' ny Fahamarinana. Nanome fomba maro hanamorana ny asa ho an' ny fiangonany Kristy, mba hahazoany mandray tombony betsaka amin' ny voninahitra avy amin' ny fananany navotany sy novidiny. Narotsany tamin' ny vahoakany ny fahaizana sy ny fitahiana mba hahazoany maneho ny fahampian' i Kristy. Ny fiangonana, izay nomeny ny fahamarinan' i Kristy no toerana nametrahany ny hareny, ka ao no tokony hiseho amin' ny fahafenoany sy hivelatra tanteraka ny haren' ny famindrampony, ny fahasoavany sy ny fitiavany. Mijery ny vahoakany ao amin' ny fahadiovany sy ny fahatanterahany Kristy, Ilay Foibe lehibe izay ielezan' ny voninahitra rehetra. {IFM 735.1}

Teny feno hery sy fanantenana no namaranan' ny Mpamonjy ny toro-heviny. Dia naborany tamin' ny fivavahana ho an' ny mpianany ny enta-mavesatry ny fanahiny. Nanandratra ny masony ho any an-danitra Izy, ka nanao hoe : «Ray ô. tonga ny fotoana; mankalazà ny Zanakao. mba hankalazan' ny Zanakao Anao. araka ny nanomezanao Azy fahefana amin' ny nofo rehetra mba hanome fiainana mandrakizay ho an' izay rehetra nomena Azy. Ary izao no fiainana mandrakizay, dia ny mahafantatra Anao. Izay Andriamanitra tokana sady marina, sy Jesosy Kristy, Izay efa nirahinao». {IFM 735.2}

Nahavita ny asa izay nomena ataony Kristy. Nanome voninahitra an' Andriamanitra teto an-tany Izy. Efa naneho ny anaran' ny Ray Izy. Efa nanangona ireo izay hanohy ny asany eo anivon' ny olona Izy. Ary hoy Izy : «Efa ankalazaina eo aminy Aho. Ary tsy ho eto amin' izao tontolo izao, fa izy ireto no ho eto amin' izao tontolo izao, ary Izaho mankany aminao. Ray masina Ò, tehirizo ireo amin' ny anaranao izay nomenao Ahy, mba ho iray ihany izy, tahaka ny maha-iray Antsika». «Nefa tsy ho an' ireto ihany no angatahiko, fa ho an' izay mino Ahy koa noho ny teniny, mba ho iray ihany izy rehetra . . . Izaho ao aminy, ary Ianao ato amiko. mba ho tanteraka ho iray izy. mba ho fantatr' izao tontolo izao fa Ianao no efa naniraka Ahy sady efa tia azy tahaka ny nitiavanao Ahy». {IFM 735.3}

Tamin' izany fitenin' ny olona manana ny fahefan' Andriamanitra izany no nametrahan' i Kristy ny fiangonana nofidiny teo ampelatanan' ny Ray. Amin' ny maha-mpisoronabe voatokana Azy no anaovany fanelanelanana ho an' ny vahoakany. Amin' ny mahampiandry ondry mahatoky Azy dia manangona ny andian' ondry eo ambanin' ny aloky ny Tsitoha Izy, eo amin' ny fialofana mafy sy azo antoka. Ho azy kosa dia miandry ny ady farany atao amin' i Satana Izy ary nivoaka hisetra izany. {IFM 736.1}

## Toko 74—Getsemane

Nizotra moramora niaraka tamin' ny mpianany ho any amin' ny sahan' i Getsemane ny Mpamonjy. Namirapiratra teny amin' ny lanitra madio tsy semban-drahona ny volana baliaka sy fenomanana, tamin' iny harivan' ny Paska iny. Renoka tao amin' ny fahanginana ilay vohitry ny mpivahiny an-dasy. {IFM 737.1}

Niresaka tamin-kafanam-po tamin' ny mpianany sy nampianatra azy ireo Jesosy ; nefa raha vao tonga tao Getsemane Izy, dia nangina hafahafa. Matetika no efa nankeo amin' io toerana io Izy mba handinika sy hivavaka ; nefa tsy mbola feno alahelo toy ny tamin' izao alin' ny ady mihatra aman' aina farany izao ny fony. Nandritra ny fiainany teto an-tany dia nandeha teo amin' ny fahazavan' ny fanatrehan' Andriamanitra Izy, ary raha nifanehatra tamin' ny olona izay voatosiky ny fanahin' i Satana mihitsy Izy, dia afaka niteny hoe : «Izay naniraka Ahy dia eto amiko; tsy nandao Ahy ho irery Izy, satria Izaho manao izay sitrany mandrakariva». Nefa ankehitriny kosa toa voasakana tsy ho eo Aminy ny fahazavan' ny fanatrehan' Andriamanitra. Ankehitriny dia natao ho isan' ny mpandika lalana Izy. Ny fahadisoan' ny olombelona lavo no tsy maintsy hoentiny. Teo amin' Ilay tsy nafialala fahotana, no tsy maintsy napetraka ny fahadisoantsika rehetra. Toa nahatsiravina Azy loatra ny fahotana, navesatra indrindra ny lanjan' ny fahadisoana tsy maintsy nentina, ka nalaim-panahy Izy hatahotra sao hanakana Azy mandrakizay tsy ho eo amin' ny fitiavan' ny Ray izany. Raha nahatsapa ny hamafin' ny fahatezeran' Andriamanitra tamin' ny fandikan-dalàna Izy dia niantso hoe : «Fadiranovana loatra ny fanahiko toy ny efa ho faty». {IFM 737.2}

Voamariky ny mpianatra ny fiovana teo amin' ny Tompony, raha nanakaiky ny saha izy ireo. Tsy mbola nahita Azy feno alahelo sy nangina tanteraka toy izao izy ireo hatrizay. Raha nandroso Izy, dia nihalalina ihany io alahelohelo hafahafa io; nefa tsy sahy nanontany Azy izay antony izy ireo. Nivembena toa nila ho lavo Izy. Rehefa tonga teo amin' ny saha, dia feno tebiteby ny mpianatra raha nahatazana ny toerana nahazatra ny Tompo nitokanana, mba hialany sasatra. Nitaky fiezahana mafy taminy ny dingana tsirairay nataony. Nitoloko mafy Izy, toy ny mijaly noho ny fitambesaran' ny enta-mavesatra mahatsiravina. Indroa no nanohana Azy ireo mpiara-dia taminy, raha tsy izany dia lavo teo amin' ny tany Izy. {IFM 738.1}

Teo akaikin' ny fidirana teo amin' ny saha, dia nilaozan' i Jesosy izy rehetra afa-tsy ny mpianatra telo, ary nobaikoiny hivavaka ho an' ny tenany sy ho Azy. Niaraka tamin' i Petera sy Jakoba ary Jaona Izy, nankao amin' ny toerana mitokantokana fialana sasatra tao amin' ny saha. Ireo mpianatra telo lahy ireo no mpiara-dia tamin' i Kristy akaiky Azy

indrindra. Nibanjina ny voninahiny teo amin' ny tendrombohitra fiovan-tarehy izy ireo, nahita an' i Mosesy sy Elia niresaka taminy sady nandre ny feo avy tany an-danitra; amin' izao tolona mafy ataony izao, dia nirin' i Kristy ny fanatrehan' izy ireo teo anilany. Matetika no efa nandany ny alina manontolo niaraka taminy teo amin' io fialokalofana io izy ireo. Tamin' ireny fotoana ireny, rehefa avy niari-tory sy nivavaka' izy ireo dia natory tsy voahelingelina tsy lavitra ny Tompony, mandrapamohany azy amin' ny maraina mba handeha hiasa indray. Izao kosa anefa dia niriny handany ny alina amin' ny vavaka miaraka Aminy izy ireo. Nefa tsy zakany na dia izany aza ny hanatrehany ny ady mafy mihatra aman' aina izay hiaretany. {IFM 738.2}

«Mitoera eto, hoy Izy, ka miareta-tory miaraka Amiko». {IFM 738.3}

Nandeha lavidavitra azy ireo Izy — tsy dia lavitra loatra anefa mba hahitany sy handrenesany Azy — dia niankohoka tamin' ny tany Izy. Tsapany fa noho ny fahotana dia tafasaraka tamin' ny Rainy Izy. Lehibe loatra, maizina loatra, lalina loatra ny hantsana, ka nipararetra ny fanahy teo anatrehan' izany. Tsy azony ampia- saina ny hery maha-Andriamanitra Azy handosirany io ady mihatra aman' aina io. Amin' ny maha-olombelona Azy no tsy maintsy hizakany ny vokatry ny fahotan' ny olona. Amin' ny maha-olombelona Azy no tsy maintsy iaretany ny fahatezeran' Andriamanitra amin' ny fandikan-dalàna. {IFM 738.4}

Ankehitriny dia hafa noho ny tamin' ny voalohany ny fijeriny an' i Kristy. Ny tenin' ny mpaminany no azo ilazana tsara indrindra ny fahoriany : «Mifohaza, ry sabatra, hamely ny mpiandriko sy ny lehilahy namako, hoy Jehovah, Tompon' ny maro!» Amin' ny maha-Mpisolo toerana sy Antoka ho an' ny olona mpanota Azy no hijalian' i Kristy raha teo ambanin' ny fitsaran' Andriamanitra Izy. Hitany ny dikan' izany hoe fitsarana. Hatramin' izao dia mpanelanelana ho an' ny hafa Izy ; ankehitriny kosa dia naniry koa Izy raha naniry ny hanana mpanelanelana ho Azy. {IFM 739.1}

Raha tsapan' i Kristy fa tapaka ny firaisany tamin' ny Ray, dia natahotra Izy sao amin' izao maha-olombelona Azy izao dia tsy haharitra ny ady ifanaovany amin' ny herin' ny maizina. Efa nitsingilahila izay ho anjaran' ny taranak' olombelona tany an' efitry ny fakam-panahy. Mpandresy Kristy tamin' izay. Ankehitriny dia tonga ny mpaka fanahy ho amin' ny tolona farany mahatsiravina. Efa niomana ho amin' izany i Satana nandritra ny telo taona niasan' i Kristy. Mifanandrina aminy avokoa izao ny zavatra rehetra. Raha tsy mahomby eo izy, dia very ny fanantenany ho tompo : ho an' i Kristy ary ny fanjakan' izao tontolo izao, ary i Satana dia voazera sy voaroaka. Nefa raha mety ho resiny Kristy, dia hanjary fanjakan' i Satana ny tany, ary ho ambanin' ny fahefany

mandrakizay ny taranak' olombelona. {IFM 739.2}

Teo anatrehan' ny mety ho vokatry ny ady, dia feno tahotra ny fisarahana amin' Andriamanitra ny fanahin' i Kristy. Lazain' i Satana taminy fa raha natao antoka ho an' ity izao tontolo izao feno ota ity Izy, dia ho mandrakizay ny fisarahana. Hiray volo amin' ny fanjakan' i Satana Izy, ka tsy ho iray intsony amin' Andriamanitra. {IFM 739.3}

Ary inona no ho azony amin' io sorona ataony io ? Fa manao ahoana, fa toa tsy misy anantenana azy ny fahadisoan' ny olona sy ny tsy fahaizany mankasitraka ? Nasehon' i Satana tamin' ny Mpanavotra ny toe-javatra teo amin' ny lafiny manjombona indrindra : «Nandà Anao ny vahoaka izay milaza fa ambonin' ny hafa rehetra eo amin' ny tombon-tsoa ara-nofo sy ara-panahy. Mitady hamono Anao izy, dia Ianao izay fototra, foibe sy tombokasen' ny teny fikasana natao taminy amin' ny maha-vahoaka manokana azy. Ny anankiray amin' ny mpianatrao, izay nihaino ny fampianaranao, ary anisan' ny voalohany teo amin' ny asan' ny fiangonana, dia hamadika Anao. Ny anankiray amin' ny mpanaraka Anao mafana fo indrindra dia handà Anao. Handao Anao ny olona rehetra». Nampihorohoro ny tenan' i Kristy manontolo hihemotra ny nieritreritra izany. Nandefona ny fanahiny tokoa izany hoe ireo izay niezahany hovonjena, ireo izay tiany. indrindra no hiray amin' ny tetik' i Satana. Nahatsiravina ny ady. Ny fahadisoan' ny fireneny, ny fahadisoan' ny mpiampanga sy ny mpamadika Azy, ny fahadisoan' izao tontolo izao mitoetra eo amin' ny faharatsiana no ahitana ny lanjan' izany. Nitambesatra mafy teo amin' i Kristy ny fahotan' ny olona, ary nanamontsamontsana ny fiainany ny fahatsapany ny fahatezeran' Andriamanitra amin' ny fahotana. {IFM 739.4}

Jereo Izy mandinika ny vidiny tsy maintsy naloa ho an' ny fanahin' ny olona. Noho ny hamafin' ny ady dia mibanjina ny tany mangatsiaka Izy, toa hisarika Azy tsy ho voasarika lavidavitra kokoa indray an' Andriamanitra. Nilatsaka teo amin' ny tenany nihohoka teo amin' ny tany ny andon' ny alina mangatsiaka, nefa tsy noraharahainy izany. Nivoaka avy amin' ny molony hatsatra ny antso feno fangidiana manao hoe : «Raiko Ò, raha azo atao, aokahoesorina Amiko ity kapoaka ity». Nefa dia nampiany ihany hoe : «nefa aoka tsy ny sitrapoko no atao, fa ny Anao». {IFM 740.1}

Maniry firaisam-po ny fon' ny olombelona eo amin' ny fahoriana. Tsapan' i Kristy hatrany amin' ny ati-fanahiny lalina indrindra izany. Teo amin' ny fara-tampony indrindra amin' ny ady nihatra aman' aina niaretan' ny fanahiny dia nankeo amin' ny mpianany Izy fa naniry mafy indrindra handre teny fampaherezana avy amin' ireo izay notahiny sy nampahereziny indrindra, sy narovany tamin' ny alahelo sy ny fahoriana. Ilay nanana teny fampaherezana mandrakariva ho azy ireo, dia nijaly tamin' ny fahoriana

mihatra aman' aina tsy zakan' olombelona ankehitriny, ary naniry mafy ny hahalala fa mivavaka ho Azy sy ho an' ny tenany izy ireo. Manao ahoana ity fahamaizinan' ny faharatsian' ny fahotana ! Mafy ny fakampanahy hamelany ny taranak' olombelona hizaka ny vokatry ny hadisoana nataony ihany, fa Izy kosa hijoro tsy hanan-tsiny eo anatrehan' Andriamanitra. Raha mba fantany fotsiny mantsy, fa azon' ny mpianany izany sy nankasitrahany dia ho nahazo hery Izy. {IFM 740.2}

Niarina Izy rehefa nanao fiezahana nampanaintaina Azy, ary nivembena nankeo amin' ny toerana nandaozany ireo namany. Nefa «nahita azy natory» Izy. Raha mba nahita azy ireo nivavaka Izy, dia ho nihamaivana ny fijaliany. Raha mba nitady fialofana teo amin' Andriamanitra izy ireo, mba tsy handresy azy ny anjelin' i Satana, dia ho nampaherezin' ny finoana mafy orina nananan' izy ireo Izy. Nefa tsy noheveriny ny hafatra naverimberina hoe : «Miareta tory sy mivavaha». Tamin' ny voalohany dia feno tebiteby mafy izy ireo nahita ny Tompony, izay tony sy mendrika ialandava hatramin' izao, nitolona tamin' ity alahelo izay tsy takatry ny saina mihitsy. Nivavaka izy ireo raha nandre ny antsoantso mafin' Ilay nijaly. Tsy nikasa ny handao ny Tompony izy ireo, nefa toa voafatotry ny tahotra izay azony nakifika raha nitohy nitalaho tamin' Andriamanitra. Tsy tsapany ny ilàny fiaretan-tory sy fiva vahana mafana mba hanoherany ny fakampanahy. {IFM 741.1}

Mialoha indrindra ny nizorany nankany amin' ny saha, dia efa nilaza tamin' ny mpianany Jesosy hoe : «Ho tafintohina avokoa hianareo rehetra». Nanome toky mafy indrindra izy ireo fa hiaraka Aminy ho any an-tranomaizina sy hatrany amin' ny fahafatesana. Ary i Petera nampalahelo, ilay matoky tena mandrakariva, dia nanampy hoe : «Na dia ho tafintohina noho ny Aminao aza ny olona rehetra, izaho tsy mba ho tafintohina mandrakizay». Nefa natoky ny tenany ny mpianatra. Tsy nijery Ilay mpanampy mahery izy ireo araka ny torohevitra nataon' i Kristy taminy. Koa rehefa nila firaisam-po sy fivavahana be indrindra ny Mpamonjy, dia hita natory izy ireo. Na dia i Petera aza dia natory. {IFM 741.2}

Ary i Jaona, Ilay mpianatra malala izay niankina teo amin' ny tratran' i Jesosy, dia natory koa. Ny fitiavan' i Jaona ny Tompony anefa dia tokony ho nitana azy hifoha. Ny fivavahany mafana dia tokony ho niharo tamin' ny an' ny Mpamonjiny malala teo amin' ny fotoan' ny fahoriany mafy indrindra. Nandany alina manontolo maro ny Mpanavotra hivavahana ho an' ny mpianatra mba tsy ho levona ny finoany. Raha izao Jesosy no nametraka tamin' i Jakoba sy Jaona ny fanontaniana izay nataony indray mandeha hoe : «Hainareo va ny hisotro amin' ny kapoaka izay sotroiko, na ny hatao batisa amin' ny batisa izay anaovana Ahy», dia tsy ho sahy namaly izy hoe : «Hainay». {IFM 741.3}

Taitra ny mpianatra raha nandre ny feon' i Jesosy, nefa saika tsy fantany Izy, niova loatra ny endriny noho ny fahoriam-panahiny. Niteny tamin' i Petera Jesosy nanao hoe : «Ry Simona, matory va hianao ? Tsy nahazaka niara-miari-tory amiko na dia ora iray ihany aza va hianao ? Miareta tory sy mivavaha hianareo mba tsy hidiranareo amin' ny fakam-panahy; mety ihany ny fanahy, fa ny nofo no tsy manan-kery». Namohafoha ny fangorahan' i Jesosy ny fahalemen' ny mpianany. Natahotra Izy sao tsy ho afaka izy ireo hiaritra ny fisedrana izay ho tonga aminy eo amin' ny famadihana Azy sy ny fahafatesany. Tsy nanameloka azy Izy, fa hoy Izy hoe : «Miareta tory sy mivavaha mba tsy hidiranareo amin' ny fakam-panahy». Na dia teo amin' ny ady mafy nihatra tamin' ny. aina aza Izy, dia nitady hanala tsiny ny fahalemen' izy ireo. «Mety ihany ny fanahy, fa ny nofo no tsy manan-kery». {IFM 742.1}

Tratran' ny ady mihatra aman' aina tsy zakan' olombelona indray ny Zanak' Andriamanitra, ka fanina sy reraka, nivembena niverina ho eo amin' ny toerana nitolomany voalohany. Mafy noho ny teo aloha ny fahoriany. Raha nihatra tamin' ny fanahiny ny ady nihatra taman' aina, dia tahaka ny ra nipotrapotraka tamin' ny tany ny dininy. Ny hazo kypreso sy ny hazo rofia no vavolombelona manginan' ny tebitebiny. Nitete avy amin' ny sampany sy ny raviny ny ranonando mavesatra ka nilatsaka teo amin' ny tenany voatorotoro, toa nitomany ny Mpanao azy niady irery tamin' ny herin' ny maizina ny zavaboary. {IFM 742.2}

Fotoana fohy talohan' izao dia nijoro toy ny hazo sedera matanjaka Jesosy, nanohitra ny tafiotry ny fanoherany nifofofofo namely Azy. Ny sitrapo kirina sy feno haratsiana sy hafetsena dia niezaka foana hahavery hevitra sy handresy Azy. Nijoro tamin' ny fahalehibeazan' Andriamanitra Izy tamin' ny maha-Zanak' Andriamanitra Azy. Ankehitriny kosa dia toy ny volotara naondriky ny tafio-drivotra masiaka Izy. Nandroso teo amin' ny fahatanterahan' ny asany toy ny mpandresy Izy, nahazo fandresena tamin' ny herin' ny maizina isaky ny indray mandingana. Tahaka ny efa nomem-boninahitra sahady Izy. ka nitory ny maha-iray Azy amin' Andriamanitra. Feo tsy nisy fisalasalana no nampipolololotra hira fiderana. Niteny tamin' ny mpianany tamin' ny teny fampaherezana sy fitiavana Izy. Ankehitriny kosa tonga ny oran' ny herin' ny maizina. Ankehitriny, raha nitsoka mangina ny rivotry ny alina, dia re ny feony, tsy mitory fandresena fa feno tebitebin' ny maha-olombelona. Tonga tao an-tsain' ireo mpianatra sondrian-tory ny tenin' ny Mpamonjy : «Raiko ô, raha tsy azo esorina ity fa tsy maintsy hosotroiko, dia aoka ny sitraponao no atao». {IFM 742.3}

Ny hevitra voalohany nanosika ny mpianatra dia ny hankeo Aminy , nefa efa nobaikoiny hijanona eo izy ireo mba hiari-tory sy hivavaka. Rehefa nankeo aminy Jesosy,

dia mbola hitany natory ihany izy ireo. Tsapany indray ny faniriana mafy hanana namana, handre teny avy amin' ny mpianany izay hitondra fampaherezana, ka hanapaka ny herin' ny, maizina izay mila hanafotra Azy. Nefa «nilondolondo ny masony», ka tsy hitany izay havaliny Azy. Nanaitra azy ireo ny fanatrehany. Nahita ny tavany voasoritry ny dinitra ra noho ny ady mihatra aman' aina izy ireo ka raiki-tahotra. Tsy nety ho azon' izy ireo ny tebitebin-tsainy. «Ny tarehiny dia simba ka hoatra ny tsy tarehin' olombelona akory, ary ny endriny hoatra ny tsy endriky ny zanak' olombelona» . {IFM 743.1}

Niverina indray Jesosy, lasa namonjy ny toerana fialofany ka lavo nikarapoka tamin' ny tany, resin' ny haizim-be mampangorohoro. Nihovitrovitra ny maha-olombelona ny Zanak' Andriamanitra tamin' io ora fitsapana io. Ankehitriny dia tsy nivavaka ho an' ny mpianany intsony Izy mba tsy ho levona ny finoany, fa nivavaka ho an' ny fanahiny iantefan' ny fakam-panahy mihatra aman' aina. Tonga ny fotoana mampihorohoro — ny fotoana izay hanapaka ny ho anjaran' izao tontolo izao. Nangovitra teo amin' ny lela-mizana ny hoavin' ny olombelona. Azon' i Kristy atao izao ny mandà ny hisotro ny kapoaka antonona ny olombelona. Tsy mbola diso aoriana loatra. Azony atao ny mamafa ny dinitra ra eo amin' ny handriny, ka hamela ny olona ho faty ao amin' ny fahadisoany. Azony atao ny miteny hoe : Aoka ny mpandika lalàna handray ny tambin' ny fahotany, fa hiverina ho any amin' ny Raiko Aho. Moa ve hisotro ny kapoaka mangidin' ny fanetren-tena sy mihatra aman' aina ny Zanak' Andriamanitra ? Moa ve ny tsy manan-tsiny hiaritra ny vokatry ny ozon' ny fahotana, mba hamonjy ny meloka ? Nipararetra ny teny avy amin' ny molotra hatsatr' i Jesosy : «Raiko ô, raha tsy azo esorina ity, fa tsy maintsy hosotroiko, dia aoka ny sitraponao no hatao». {IFM 743.2}

Intelo no namerenany io vavaka io. Intelo ny maha-olombelona no nihemotra teo amin' ny sorona farany indrindra. Nefa izao dia tonga ao an-tsain' ny Mpanavotra an' izao tontolo izao ny tantaran' ny taranak' olombelona.' Hitany ireo mpandika lalàna tsy maintsy ho faty, raha ilaozany samirery. Hitany ny tsy fahazoan' ny olona manampy ny tenany. Hitany ny herin' ny fahotana. Mitranga eo anoloany ny loza sy ny fitarainan' izao tontolo izao tandindomin' ny fahafatesana. Natrehiny ny anjara miandry izao tontolo izao ka tapaka ny heviny. Hamonjy ny olona Izy na ho toy inona na ho toy inona vidin' izany Aminy. Ekeny ny batisan' ny ra, mba hahazo ny fiainana mandrakizay amin' ny alalany ny olona an-tapitrisany eo am-bavahaona. Nilaozany ny lapan' ny lanitra, izay feno fahadiovana, fahasambarana ary voninahitra, mba hamonjy ilay ondry very iray, ilay izao tontolo izao iray lavo tamin' ny fandikan-dalàna. Ary tsy hiamboho izany asa nanirahana Azy izany Izy. Izy no fanati-panavotana ho an' ny taranaka izay ninia nanota. Fileferana ihany sisa no nientana teo amin' ny fivavahany : «Raha tsy azo esorina ity kapoaka ity, fa

tsy maintsy hosotroiko, dia hatao anie ny sitraponao». {IFM 744.1}

Rehefa tapaka ny heviny, dia toa hiala aina Izy raha nikarapoka tamin' ny tany fa tsy naharina toy ny teo aloha. Aiza izao ny mpianatra mba hametraka ny tanany amimpitiavana eo ambanin' ny lohan' ny Tompony efa ho safotra, mba handena ity handrina simba kokoa noho ny an' ny zanak olombelona ? Nanitsakitsaka irery ny famiazamboaloboka ny Mpamonjy, ary tsy nisy tamin' ny olona izay niaraka taminy. {IFM 744.2}

Nefa niara-nijaly tamin' ny Zanany Andriamanitra. Nibanjina ny ady mihatra aman' aina niaretan' ny Mpamonjy ny anjely. Hitany ny Tompony Voahodidin' ireo legionan' ny herin' i Satana, hitany ny tenany nitambesaran' ny tahotra tsy fantatra nampangovitra Azy. Nangina ny lanitra. Tsy nisy lokanga nokasihina. Raha azon' ny olombelona mety maty natao ny nahita ny fahagagan' ny tafiky ny anjely feno fahoriana mangina nanaramaso ny Ray izay nanala ireo taratry ny fahazavan' ny fitiavana sy ny voninahitra tsy ho eo amin' ny Zanany malalany, dia ho azon' ny olona bebe kokoa ny mampaharikoriko ny fahotana eo imason' Andriamanitra. {IFM 744.3}

Liana indrindra ireo izao tontolo izao tsy lavo sy ny anjelin' ny lanitra raha hifarana ny ady. Satana sy ny fitambaran' ny ratsy, ireo legiona nihemotra, dia niambina fatratra ity zava-tsarotra lehibe teo amin' ny asan' ny fanavotana ity. Samy niandry ny herin' ny tsara sy ny ratsy, hahita izay ho valin' ny vavaka naverin' i Kristy intelo. Nirin' ny anjely mafy ny hampahery Ilay Andriamanitra ory indrindra, nefa tsy azo natao izany. Tsy nisy lalana azon' ny Zanak' Andriamanitra nidifiana. Teo amin' ity zava-tsarotra mampihorohoro ity, rehefa nifamahofaho be ihany ny zavatra rehetra sy nangovitra teo amin' ny tanan' Ilay ory indrindra ilay kapoaka mifono zavatra saro-pantarina, dia nisokatra ny lanitra, ary nisy fahazavana namirapiratra teo amin' ny haizina nisafotofoto tamin' ny ora mafy indrindra, ary ny anjely mahery izay mijoro eo anatrehan' Andriamanitra, mitana ny toerana nahalavo an' i Satana, no tonga teo anilan' i Kristy. Tsy tonga hanala ny kapoaka teo an-tanan' i Kristy ny anjely, fa hampahery Azy hisotro izany, ary nanome toky ny amin' ny fitiavan' ny Ray. Tonga izy hanome hery ity Andriamanitra-olona mitalaho. Nasehony Azy ny lanitra misokatra, nolazainy Azy ireo fanahy izay ho voavonjy noho ny fahoriany. Nomeny toky Izy fa lehibe sy mahery noho i Satana ny Rainy. Ny faharesen' i Satana tanteraka no ho vokatry ny fahafatesany, ary homena ny olo-masin' ny Avo indrindra ny fanjakan' ity izao tontolo izao ity. Nolazainy Azy fa hahita ny isasaran' ny fanahiny Izy, ka ho afa-po, satria vahoaka be avy amin' ny taranak' olombelona no ho voavonjy mandrakizay. {IFM 744.4}

Tsy mbola vita ny ady mihatra aman' aina natrehin' i Kristy, nefa lasa ny

fahårerahana sy ny fahakiviana. Tsy nitsahatra velively ny tafio-drivotra, fa nahazo hery hoenti-manohitra ny hasiahany Ilay niantefan' izany. Tony sy niadan-tsaina Izy. Fiadanan' ny lanitra no hita teo amin' ny tavany voapentin-dra. Nitondra izay tsy ho zakan' ny olombelona na oviana na oviana Izy, satria nanandrana ny fahorian' ny fahafatesana ho an' ny olona tsirairay. {IFM 745.1}

Taitra tampoka ny mpianatra natory raha nahita ny fahazavana nanodidina ny Mpamonjy. Hitany ny anjely niondrika teo amin' ny Tompony nihohoka tamin' ny tany. Hitany nampiankina ny lohan' ny Mpamonjy teo amin' ny tratrany izy, ka nanondro ny lanitra taminy. Reny ny feony, toy ny feon-java-maneno kanto indrindra, niteny fampaherezana sy fanantenana. Tsaroan' ny mpianatra indray ireo toe-javatra nitranga teo amin' ny tendrombohitra fiovan-tarehy. Tsaroany ny voninahitra izay nanodidina an' i Jesosy tao amin' ny tempoly, sy ny feon' Andriamanitra niteny avy amin' ny rahona. Ankehitriny miseho indray io voninahitra io, ka tsy natahotra intsony ho an' ny Tompony izy. Andriamanitra no miahy Azy. Noho ny havizanany, dia niverina teo amin' ny torimaso nahagaga izay nandresy azy ny mpianatra. Dia hitan' i Jesosy natory indray izy ireo. {IFM 745.2}

Nijery azy ireo tamin' alahelo Izy ka nanao hoe : «Matoria ary ankehitriny ka mialà sasatra ; indro efa akaiky ny ora, ary ny Zanak' olona hatolotra eo an-tànan' ny mpanota». {IFM 746.1}

Raha vao nanao ireo teny ireo Izy, dia nandre ny firodorodon' ny vahoaka be nitady Azy ka nanao hoe : «Mitsangàna, andeha isika ; indro efa akaiky ilay mamadika Ahy». {IFM 746.2}

Tsy nisy soritry ny ady nihatra aman' aina vao natrehiny hita teo Aminy raha nandeha nitsena ny mpamadika Azy Izy. Nijoro teo alohan' ny mpianany Izy dia nanao hoe ; «Iza moa no tadiavinareo?» «Jesosy avy any Nazareta», hoy ny navaliny Azy. «Izaho no Izy», hoy ny nasetrin' i Jesosy. Raha vao vita ireo teny ireo, dia nandroso nanelanelana Azy sy ny vahoaka nitabataba ilay anjely nanompo an' i Jesosy farany teo. Ny fahazavana avy amin' Andriamanitra dia nanazava ny tavan' ny Mpamonjy, ary nisy tahaka ny voromailala nanaloka Azy. Teo anatrehan' io voninahitr' Andriamanitra io, dia tsy nahajanona ilay vahoaka lian-dra na dia kely aza. Nivembena niverina izy ireo. Ny mpisorona, ny loholona, ny miaramila ary na dia i Jodasy aza, dia nikarapoka toy ny maty tamin' ny tany. {IFM 746.3}

Niala ny anjely ary nanjavona ny fahazavana. Nisy fotoana nahazoan' i Jesosy nandositra, nefa nijanona Izy, tony sady nifehy ny tenany. Toy ny olona homem-

boninahitra Izy raha nijoro teo afovoan' ireo tafika mafy fo, izay mihohoka amin' ny tany izao sady tsy afaka manao na inona na inona eo an-tongony. Nijery ny mpianatra, nangina sady gaga no feno tahotra. {IFM 746.4}

Nefa vetivety dia niova ny toe-javatra. Nitsangana ireo vahoaka. Ireo miaramila romana, ireo mpisorona sy Jodasy, dia samy nitangorona nanodidina an' i Kristy. Toa menatry ny fahalemeny izy ireo sady natahotra sao mandositra Izy. Napetraky ny Mpanavotra indray ny, fanontaniana : «Iza moa no tadiavinareo?» Nazava tsara tamin' ireo fa Ilay nijoro teo anatrehany dia Zanak' Andriamanitra, nefa tsy nety niaiky izany izy ireo. Ilay fanontaniana hoe : «Iza moa no tadiavinareo ?» dia novaliany indray hoe: «Jesosy avy any Nazareta». Avy eo dia hoy ny Mpamonjy : «Efa nolazaiko taminareo fa Izaho no Izy. Koa raha Izaho no tadiavinareo, dia avelao handeha ireto», sady nanondro ny mpianatra Izy. Fantany fa malemy indrindra ny finoan' izy ireo ka nitady hiaro azy amin' ny fakam-panahy sy ny fitsapana Izy. Vonona ny hanao sorona ny tenany ho an' ireo Izy. {IFM 746.5}

Tsy nohadinoin' i Jodasy ilay mpamadika ny nanao ny anjarany. Rehefa niditra ny saha ireto vahoaka be dia izy no nitari-dalana, narahin' ny mpisoronabe akaiky. Nanome famantarana ireo mpisambotra an' i Jesosy izy hoe : «Izay horohako no Izy; sambory Izy». Izao dia miseho ho tsy mifandray amin' ireo izy, noraisiny ny tanany toy ny sakaiza mahazatra, niteny izy hoe : «Finaritra Raby» sady nanoroka Azy imbetsaka, toa hitomany noho ny fangorahany Azy tandindomin-doza hono. {IFM 747.1}

Hoy Jesosy taminy ; «Ry sakaiza, ataovy izay nalehanao eto». Nangovitry ny alahelo ny feony raha nampiany hoe : «Ry Jodasy, fanorohana va no hamadihanao ny Zanak' olona ?» Tokony ho nampifoha ny feon' ny fieritreretan' ilay mpamadika io antso io, ka hanohina ny fony donto ; nefa efa nandao azy ny voninahitra, ny toetra nahatoky sy ny fitiavan' olombelona. Feno hasiahana sy fihantsiana izy ka tsy nahitana fironana hiova akory. Nanolo-tena ho an' i Satana izy, ka tsy nanan-kery hoenti-manohitra azy. Tsy nandà ny orok' ilay mpamadika Jesosy. {IFM 747.2}

Nihasihasy ihany ny vahoaka nahita an' i Jodasy nikasika ny tanan' Ilay vao nomem-boninahitra teo anoloany. Notazoniny izao Jesosy ka nanomboka namatotra ireo tanany sarobidy izay nampiasaina hatrany hanao soa izy ireo. {IFM 747.3}

Noheverin' ny mpianatra fa tsy hanaiky ny hosamborina ny Tompo. Satria ny hery izay nahalavo ny vahoaka tahaka ny maty dia afaka hampahalemy azy ireo mandra-pandositr' i Jesosy sy ny namany. Diso fanantenana sady nisafoaka izy ireo raha nahita ny tady nentina mba hamatorana ny tanan' Ilay tiany. Tezitra i Petera ka notsoahany

tamim-paharomotana ny sabany ary niezaka niaro ny Tompony izy, nefa ny sofin' ny mpanompon' ny mpisoronabe ihany no tapany. Rehefa nahita ny nataony Jesosy, dia novahany ny tanany, na dia voatana mafin' ny miaramila romana aza, dia hoy Izy : «Aoka ihany na dia izao aza», notendreny ilay sofina maratra ary avy hatrany dia sitrana. Dia hoy Izy tamin' i Petera : «Ampidiro amin' ny tranony ny sabatrao, fa izay rehetra mandray sabatra no hovonoina amin' ny sabatra. Ary ataonao va. fa tsy mahazo mangataka amin' ny Raiko Aho, dia haniraka anjely tsy omby roa ambin' ny folo legiona ho ety Amiko Izy ankehitriny ?» — legiona iray ho solon' ny mpianatra tsirairay. Nahoana re, hoy ny eritreritry ny mpianatra, no tsy namonjy ny tenany sy isika Izy ? Namaly ny eritreriny tsy niloaka Jesosy ka nanampy hoe: «Raha izany dia hatao ahoana no hahatanteraka ny Soratra Masina ?» — «Ny kapoaka nomen' ny Raiko Ahy tsy hosotroiko va ?» {IFM 747.4}

Tsy nanakana ny mpitarika Jiosy hiaraka amin' ny mpanenjika an' i Jesosy ny hajan' ny asany. Zava-dehibe loatra ny fisamborana an' i Jesosy ka tsy azo avela amin' ny olom-pehezina ; ireo mpisorona fetsilahy sy ireo loholona dia niaraka tamin' ny mpiambina ny tempoly sy ireo vahoaka nisafoaka nanaraka an' i Jodasy tany Getsemane. Ireo manan-kaja ireo dia niray tamin' ny olona mora taitaitra sady mirongo izao karazam-piadiana rehetra izao, tahaka ny manenjika bibi-dia. {IFM 748.1}

Nitodika tany amin' ny mpisorona sy ny loholona Kristy ka nampifantoka ny fijeriny tamin' ireo sady nandinika azy ireo. Tsy hohadinoiny na oviana na oviana ny teny izay nolazainy raha mbola misy koa ny ainy. Zana-tsipika maranitry ny Tsitoha izany. Niteny tamim-pahamendrehana Izy nanao hoe : «Mivoaka mitondra sabatra sy langilangy, toy ny hisambotra jiolahy va hianareo ? Raha teo aminareo isan' andro teo an-kianjan' ny tempoly Aho, dia tsy naninji-tànana tamiko hianareo ; fa izao no fotoanareo sy ny herin' ny maizina». {IFM 748.2}

Tora-kovitra ny mpianatra raha nahita an' i Jesosy nety horaisina sy hofatorana. Nahatafintohina azy ireo ny nanekeny io fahafahambaraka io ho an' ny tenany sy ho azy ireo. Tsy azony ny fihetsiny. Tezitra sady natahotra izy ireo, ary nanipy hevitra i Petera hamonjena tena. Nanaraka io hevitra io izy ireo ary «samy nandao Azy izy rehetra ka nandositra». Nefa efa nolazain' i Jesosy io fandosirana io. «Indro, hoy Izy, eny, efa tonga, izay hielezanareo samy ho any amin' ny azy avy, ary hilaozanareo ho irery Aho; kanefa tsy irery Aho, fa ny Ray no ato Amiko». {IFM 748.3}

## Toko 75—Teo anatrehan' i Anasy sy teo amin ' ny lapan' i Kaiafa

Nentina niampita ny ranon' i Kidrona, namaky ny saha nisy hazo oliva, sy nitety ny arabe mangina tao amin' ny tanàna sondriantory, Jesosy. Efa lasa ny tamin' ny roa ambin' ny folo alina, ary nanapaka tampoka ny fahanginana ny antsoantson' ny vahoaka nanakora nanaraka Azy. Nifatotra sy tsara ambina ny Mpamonjy. ka nampijaly Azy ny mihetsika. Nefa maika sy dodona ireto nambabo Azy, nanohy ny diany miaraka Aminy ho any amin' ny lapan' i Anasy,  ilay mpisoronabe vao niala. {IFM 749.1}

Anasy no lohan' ny mpianakavin' ny mpisorona teo amperin' asa, ka noho ny taonany dia neken' ny vahoaka ho mpisoronabe izy. Notadiavina ny toroheviny ary notanterahina ho toy ny feon' Andriamanitra izany. Tsy maintsy izy no voalohany mahita an' i Jesosy babon' ny fahefan' ny mpisorona. Tsy maintsy manatrika izy amin' ny fandinihana ny momba Ilay mpigadra, satria tsy azony antoka i Kaiafa izay tsy ampy fanandramana noho izy, ahatanteraka ny zavatra izay nokendrena. Nilaina tokoa tamin' izay ny nampiasana ny fahaizany, ny hafetsena feno hakingana fanaony mba hahazoana antoka ny fanamelohana an' i Jesosy, na toy inona na toy inona toe-javatra. {IFM 749.2}

Hodinihina ara-pomba eo anatrehan' ny synedriona Kristy, nefa nampandalovina tamin' ny fandinihana mialoha teo anatrehan' i Anasy. Tsy afaka mampihatra fanamelohana ho faty ny Synedriona fa teo ambanin' ny lalàna Romana izy. Mandinika ny momba ny mpifatotra fotsiny izy, sy mampandalo fitsarana, izay hohamafisin' ny fahefana Romana. Noho izany dia nilaina ny mitondra fiampangana an' i Kristy izay hiheveran' ny Romana Azy ho nanao heloka bevava. Tsy maintsy ho hita izay fiampangana hanameloka Azy eo imason' ny Jiosy. Tsy vitsy tamin' ny mpisorona sy ny mpanapaka no resy lahatra tamin' ny fampianaran' i Kristy, ary ny fahatahorany horoahina amin' ny fivavahana fotsiny no nanakana azy ireo tsy hanaiky Azy. Tsaroan' ny mpisorona tsara ny fanontanian' i Nikodemosy hoe : «Moa manameloka olona va ny lalàntsika, raha tsy mbola mihaino azy aloha ka mahafantatra izay nataony ?» Nampisaraka ny filan-kevitra io fanontaniana io tamin' izany fotoana izany, ka nandrava ny drafitra nataon' izy ireo. Tsy hantsoina izao i Josefa avy any Arimatia sy Nikodemosy, fa tao kosa ny hafa izay mety ho sahy hiteny hiaro ny fahamarinana. Tsy maintsy atao izay hitarihana ny fitsarana mba hampiray ny mambran' ny Syndriona hanohitra an' i Kristy. Nisy fiampangana roa izay tian' ny mpisorona notazonina. Raha azo porofoina fa miteny ratsy an' Andriamanitra Jesosy, dia hanameloka Azy ny Jiosy. Raha miaiky Izy fa mitady hikomy, dia ho azo antoka ny fanamelohan' ny Romana Azy. Ny fiampangana

faharoa no niezahan' i Anasy najoro aloha. Nanontany an' i Jesosy mikasika ny mpianany sy ny fampianarany izy, nanantena izy fa hisy holazain' ilay mpifatotra izay hanome azy fitaovana hoentiny miasa. Nihevitra izy fa hisy fanambarana hasongadiny izay hanaporofo fa nitady ny hanangana fikambanana miafina Kristy, ka nikasa hampijoro fanjakana vaovao. Amin' izay dia ho azon' ny mpisorona atao ny manolotra Azy amin' ny Romana ho mpanakorontana ny fandriam-pahalemana sy mpitarika fikomiana. {IFM 749.3}

Tahaka ny boky mivelatra no namakian' i Kristy ny fikasan' ny mpisorona. Rehefa namaky ny tao anatin' ny fanahin' ny mpanontany azy indrindra Izy, dia nandà fa tsy misy fifanarahana miafina namatotra Azy tamin' ny mpanaraka Azy, na koa nampivory azy mangingina tao amin' ny maizimaizina Izy mba hanafenany ny fikasany. Tsy manana tsiambaratelo Izy mikasika ny fikasany na ny fampianarany. «Izaho niteny miharihary tamin' izao tontolo izao, hoy ny navaliny ; Izaho nampianatra mandrakariva tao amin' ny synagoga sy ny kianjan' ny tempoly, izay iangonan' ny Jiosy rehetra; ary tsy nisy nolazaiko tao amin' ny takona». {IFM 750.1}

Nasongadin' ny Mpamonjy ny fahasamihafan' ny fomba fiasan' ny tenany tamin' ny fomba fiasan' ny mpiampanga Azy. Nandritra ny volana maro izy no efa nihaza Azy, niezaka ny hamandrika Azy sy hitondra Azy teo anatrehan' ny fitsarana miafina, izay mety ahazoany amin' ny alalan' ny fiozonana izay tsy mety ho azony tamin' ny alalan' ny fomba madio. Eo am-panatanterahana ny fikasany izy izao. Ny fisamboran' ny vahoaka romotra Azy amin' ny misasak' alina, ny fanarabiana sy ny fanaovana an-keriny talohan' ny nanamelohana, na ny niampangana Azy akory aza dia fomba fiasandrizareo izany, fa tsy Azy. Fandikana ny lalàna ny zavatra nataon' izy ireo. Ny lalàn' izy ireo ihany no nanambara fa tokony ho toy ny tsy manan-tsiny no fitondra ny olona tsirairay mandra-panaporofo ny fahadisoany. Ny fitsipika teo aminy ihany no nampijoro ny mpisorona ho meloka. {IFM 751.1}

Nitodika nankany amin' ny mpanontany Azy Jesosy ka nanao hoe : «Nahoana no manontany Ahy hianareo ?» Moa ve tsy nandefa mpitsikilo hanara-maso ny fihetsiny ny mpisorona sy ny mpanapaka, ka nitatitra ny teniny rehetra ? Moa ve tsy nanatrika ny fivoriana rehetra teo amin' ny vahoaka izy ireny, ka nitondra teo amin' ny mpisorona ny amin' izay rehetra nolazainy sy nataony? «Ireo nihaino no anontanio izay nolazaiko taminy, hoy ny valintenin' i Jesosy ; fa ireo no mahalala izay nolazaiko». {IFM 751.2}

Nampangina an' i Anasy ilay valinteny hentitra. Natahotra izy sao misy zavatra holazain' i Kristy mikasika ny fomba fihetsiny izay aleony nosaronana, koa tsy niteny

intsony taminy izy tamin' io fotoana io. Nisy mpiandry raharaha anankiray, feno hatezerana raha nahita an' i Anasy tsy nahateny, ka namely tahamaina ny tavan' i Jesosy sady nanao hoe : «Izany va no famalinao ny mpisoronabe ?» {IFM 751.3}

Tony Kristy namaly hoe.: «Raha niteny ratsy Aho, ambarao izay ratsy ; fa raha tsara ihany kosa, nahoana no dia namely Ahy hianao ?» Tsy nanao teny nirehidrehitry ny valifaty Izy. Avy amin' ny fo tsy misy fahotana feno faharetana sy fahalemem-panahy izay tsy mety ho tezitra ny valinteny tony nataony. {IFM 751.4}

Nampijaly sy nampangirifiry an' i Kristy ny fanaovana an-keriny sy ny fitenenan-dratsy. Ny tanan' ny olona izay noforoniny sy nanaovany fandavan-tena tsy misy fetra ankehitriny, no nandraisany ny zava-tsy mahamendrika rehetra. Koa nifamatra tamin' ny faha- tanterahan' ny fahamasinany sy ny fankahalany ny fahotana ny fijaliany. Fandavantena tsy misy farany taminy ny fitsaran' ny olona manana fihetsiky ny demonia. Nanafintohina Azy mafy izany hodidinin' ny olona eo ambanin' ny fifehezan' i Satana. Ary fantany fa azony atao amin' ny fotoana fohy ny nampitsikasina ireto mpampijaly Azy lozabe ireto amin' ny vovoka, raha mampanjelanjelatra ny herin' ny maha-Andriamanitra Azy Izy. Izany dia vao mainka nahamafy indray ny fizakana ny fitsapana. {IFM 751.5}

Niandry Mesia izay ambaran' ny fisehoana ivelany ny Jiosy. Nanantena Azy hanova ny fizotry ny sain' ny olona izy ireo amin' ny fampiasany indray mitselatra ilay sitrapony manjaka amin' ny rehetra, ka hanery ny olona hanaiky ny fahefany fara-tampony. Amin' izay, hoy ny finoan' izy ireo, dia ho azon' ny Mesia antoka ny fanandratana ny tenany, ka hahazo fahafaham-po ny fanantenany sy ny hambom-pony. Noho izany rehefa notsiratsiraina Kristy dia nisy fakam-panahy nahery vaika tonga tao Aminy mba hampiseho ny toetra maha-Andriamanitra Azy. Teny iray, fijery iray, dia azony hanerena ny mpanenjika Azy hanaiky fa Izy no Tompo ambonin' ny mpanjaka sy ny mpanapaka, ny mpisorona sy ny tempoly. Nefa izay no adidy sarotra tsy maintsy hotazoniny, dia ny ho iray amin' ny taranak' olombelona ary izay toerana izay no nofidiny. {IFM 752.1}

Nanatri-maso ny fihetsika rehetra natao tamin' Ilay Mpifehy azy malala ireo anjelin' ny lanitra. Naniry mafy ny hanafaka an' i Kristy izy ireo. Manana ny hery rehetra ny anjely eo ambanin' ny fahefan' Andriamanitra. Indray mandeha, ho fankatoavana ny baikon' i Kristy, dia namono ny tafiky ny Asyriana izay niisa dimy arivo amby valo alina sy iray hetsy lahy, tamin' ny indray alina ihany izy ireo. Mora ho an' ny anjely manao ahoana, izay nibanjina izao toe-javatra nahamenatra tamin' ny fitsarana an' i Kristy izao, ny naneho ny fahatezerany tamin' ny fandevonana ny fahavalon' Andriamanitra. Tsy

nahazo baiko hanao izany anefa izy ireo. Ilay afaka handringana ny fahavalony tamin' ny fahafatesana dia nizaka ny fahabibiany. Ny fitiavany ny Rainy, sy ny toky nomeny hatramin' ny nanorenana an' izao tontolo izao ho tonga Mpitondra fahotana, dia nitarika Azy hiaritra tsy nisy fitarainana ny fitondrana ratsy nataon' ireto nahatongavany hovonjena. Anisan' ireo iraka nanirahana Azy ny mizaka, eo amin' ny maha-olombelona Azy, ny herisetra sy ny fanaovana an-keriny mety atontan' ny olona Aminy. Io fileferan' i Kristy tamin' izay rehetra azony niaretana nataon' ny tanana sy ny fon' olombelona io no hany fanantenana ho an' ny taranak' olombelona. {IFM 752.2}

Tsy misy na inona na inona nolazain' i Kristy izay mety nahitan' ny mpiampanga Azy tombony, nefa dia nifatotra Izy, nidika izany fa voaheloka Izy. Na dia izany aza, dia tsy maintsy misy endriky ny fahamarinana. Nilaina ny isian' ny sarintsarin' ny fitsarana aradalàna. Tapa-kevitra ny hanafaingana izany ny manam-pahefana. Fantany ny fiheveran' ny vahoaka an' i Jesosy, ka natahotra izy sao misy manandrana ny hanafaka Azy raha miparitaka ny vaovao momba ny nisamborana Azy. Ankoatran' izany, raha ahemotra ny fitsarana sy ny famonoana Azy, dia hisy herinandro iandrasana noho ny fankalazana ny Paska. Mety handrava ny drafitra nataony izany. Mba hahazoany antoka ny fanamelohana an' i Jesosy, dia niankina betsaka tamin' ny antsoatson' ny vahoaka mitabataba izy, izay faikan' olona tao Jerosalema ny betsaka tamin' ireo. Raha misy fanemorana herinandro dia hihena ny fahataitairana ary mety hisy koa fanoherana hiseho. Hitsangana hanohana an' i Kristy ny ampahany tsara amin' ny vahoaka betsaka, ary ho avy hitondra vavolombelona ho fiarovana Azy; ka hampiseho ny asa mahery efa nataony ho amin' ny mazava. Hitarika ny fahatezeran' ny vahoaka amin' ny Synedriona izany. Ho voaheloka ny fomba nataony, ka hafahana Jesosy ary hankalazajn' ny vahoaka marobe indray. Noho izany dia tapa-kevitra ny mpisorona sy ny mpanapaka fa tokony hatolotra eo am-pelatanan' ny Romana Jesosy, dieny tsy mbola fantatra ny fikasan' izy ireo. {IFM 753.1}

Alohan' ny zavatra rehetra anefa, dia tsy maintsy mahita fiampangana. Hatramin' izao dia tsy nisy na inona na inona azony. Nanome baiko i Anasy hitondrana an' i Jesosy any amin' i Kaiafa. Sadoseo i Kaiafa ary nisy tamin' izy ireo no fahavalon' i Jesosy faran' izay romotra indrindra. Ary izy io, na dia tsy nanana toetra amam-panahy nahery aza, dia tena masiaka, tsy nisy fo sady maty eritreritra tahaka an' i Anasy. Tsy hisy fomba tsy hampiasainy hanapotehana an' i Jesosy. Vao madiva haraina tamin' izay ka mbola maizimbe; nitondra fanilo sy jiro ireto andian' olona mirongo fiadiana miaraka amin' Ilay nofatorany, mitanjozotra ho any amin' ny lapan' ny mpisoronabe. Tao i Anasy sy Kaiafa no nanontany indray an' i Jesosy, nefa tsy nahomby, raha mbola niangona ny mambran'

ny Synedriona. {IFM 753.2}

Rehefa tafavory tao amin' ny efitra fitsarana ny filan-kevitra, dia nandray ny toerany amin' ny maha-mpitari-draharaha azy i Kaiafa. Andaniny sy ankilany ny mpitsara, sy ireo izay liana tamin' ny fitsarana amin' ny fomba manokana. Nitoetra teo amin' ny sehatra teo ambanin' ny seza fiandrianana ny miaramila Romana. Teo am-pototry ny seza fiandrianana no nijoroan' i Jesosy. Nifantoka taminy ny fijerin' ny vahoaka rehetra. Fisamboaravoarana tsy nisy toy izany. Izy irery no tony sy miadan-tsaina tamin' ny olona rehetra. Toa voahodidin' ny hery masina miasa mangina ny rivompiainana nanodidina Azy. {IFM 753.3}

Noraisin' i Kaiafa toy ny rafilahy Jesosy. Ny hafanampon' ny olona hihaino ny Mpamonjy, sy ny toa fahavononany hanaiky ny fampianarany, dia niteraka fialonana mangidy teo amin' ny mpisoronabe. Fa rehefa nijery ilay mpigadra i Kaiafa, dia talanjona sy nidera Azy izy nahita ny fomba fihetsiny ambony sy mihaja. {IFM 754.1}

Tonga resy lahatra izy fa misy fihavanana amin' Andriamanitra io lehilahy io. Vetivety avy eo anefa dia noroahiny tamim-panesoana io eritreritra io. Niaraka tamin' izay dia re ny feony manivaiva sy miavonavona, mangataka an' i Jesosy hanao anankiray amin' ny fahagagana lehibe eo anatrehan' izy rehetra. Nefa tonga teo an-tsofin' i Jesosy toy ny tsy reny akory ny teniny. Nampitahain' ny vahoaka ny fihetsik' i Anasy sy Kaiafa misamboaravoara sy nivonona ny hanao ratsy sy ny fihetsik' i Jesosy tony sy miendrik' Andriana. Na dia tao an-tsain' ny olona mafy fo marobe aza dia nipetraka ihany ny fanontaniana hoe : Moa ve homelohina ho nanao heloka bevava ity Olona ahitana ny fanatrehan' Andriamanitra ity ? {IFM 754.2}

Tsapan' i Kaiafa ny hery miasa mangina vokatr' izany ka nohafainganiny ny fitsarana. Very hevitra aok' izany ny fahavalon' i Jesosy. Niezaka ny hahazo antoka ny fanamelohana Azy izy, nefa fomha ahoana no hahatanterahana izany, io no tsy fantany. Tamin' ny Synedriona dia nisy Fariseo ary nisy koa Sadoseo. Nisy lolom-po sy adilahy mangidy tamin' izy ireo ; nisy lafm-javatra niadian-kevitra sasany izay tsy sahiny noraisina sao mahatonga ady. Azon' i Jesosy natao, tamin' ny teny vitsy, ny nampisamboaravoara ny hevitra nibahana tao am-pon' izy ireo ka nampiady azy, ary amin' izay dia hiodina tsy ho eo Aminy ny hatezerany. Fantatr' i Kaiafa izany, ary tiany hialana izay hitarika adi-hevitra. Betsaka ny vavolombelona hanaporofo teo fa niampanga ny mpisorona sy ny mpanora-dalàna Kristy, fa nolazainy ho mpihatsaravelatsihy sy mpamono olona izy ; nefa tsy nahasoa ny hanehoana io vavolombelona io. {IFM 754.3}

Efa nampiasa fiteny nitovy tamin' izany ny Sadoseo tamin' ny ady mafana nataony

tamin' ny Fariseo. Tsy hisy lanjany eo imason' ny Romana koa ny vavolombelona toy Tzany, izay efa leo koa tamin' ny hambom-pon' ny Fariseo. Be dia be ny porofo manambara fa tsy nihevitra ny lovan-tsofin' ny Jiosy Jesosy, ary nanao teny feno tsy fanajana ny betsaka tamin' ny fitsipik' izy ireo; nefa raha ny mikasika ny lovan-tsofina dia toy ny sakay sy maso ny Fariseo sy ny Sadoseo; ary tsy hisy lanja amin' ny Romana koa izany porofo izany. Tsy sahy niampanga Azy ho mpandika ny Sabata ny fahavalon' i Kristy, sao haneho ny toetran' ny asany ny fandinihana izany. Raha entina eo amin' ny mazava ny fahagagana nenti-nanasitrana, dia ho rava ny tena zava-kendren' ny mpisorona. {IFM 754.4}

Nisy vavolombelona mandainga efa nokarakaraina mba hiampanga an' i Jesosy fa nitarika fikomiana ka mitady hanangana fanjakana manokana. Nefa hita fa manjavozavo sy mifanipaka ny vavolombelona nentiny. Rehefa nodinihina dia hita fa sandoka ny fanambarana nataony. {IFM 755.1}

Tany amin' ny fiandohan' ny asany Kristy dia nilaza hoe : «Ravao ity tempoly ity, ary amin' ny hateloana dia hatsangako indray izy». Fitenin' ny faminaniana mampiasa tandindona izany, ary nentiny nanambara mialoha ny fahafatesany sy ny hitsanganany amin' ny maty. «Fa ny tenany no tempoly nolazainy». Noraisin' ny Jiosy ho ara-bakiteny ireo teny ireo, ho nilaza ny amin' ny tempoly tao Jerosalema. Ny amin' izay rehetra nolazain' i Kristy, dia tsy nisy hitan' ny mpisorona hampiasaina hoenti-mamely Azy afa-tsy io. Nanantena ny hahazo tombony izy tamin' ny fandisoana ireo teny ireo. Noraisin' ny Romana ho raharaha ny manamboatra sy manatsara ny tempoly, ary nireharehany fatratra izany ; azo antoka fa hiteraka fahatezerana ny fanaovana tsinontsinona izany. Afaka mifanaraka eto ny Romana sy ny Jiosy, ny Fariseo sy ny Sadoseo; samy feno fanajana ny tempoly avokoa mantsy izy rehetra. Nisy vavolombelona roa hita mikasika izany ary tsy dia nifanipaka tahaka ny sasany ny vavolombelona nentiny. Ny anankiray amin' ireo, izay notambatambazana mba hiampanga an' i Jesosy, dia nanambara hoe : «Ilehity nanao hoe : Mahay mandrava ny tempolin' Andriamanitra Aho sy manangana azy amin' ny hateloana». Raha arak' izay nilazany azy marina no namerenany azy, dia tsy nahazoana antoka ny fanamelohana Azy, eny, na dia tamin' ny alalan' ny Synedriona aza. Raha olon-tsotra Jesosy, araka izay nolazain' ny Jiosy, dia tsy mampiseho afa-tsy saina tsy mahay mandanjalanja, sy feno rehareha ny teny nambarany, fa tsy tokony horaisina ho fitenenan-dratsy an' Andriamanitra. Na dia nodisoan' ireo vavolombelona mandainga aza ny teniny, dia tsy misy na inona na inona izay noheverin' ny Romana ho heloka bevava mendrika ny fahafatesana. {IFM 755.2}

Nohenoin' i Jesosy tamim-paharetana ireo vavolombelona mandainga nifanipaka. Tsy

nisy teny navoakany mba hiarovany tena. Farany dia nifanjevo nikorontana sy very saina ireto mpiampanga Azy. Tsy nisy lala-mazava hita nisoritra teo amin' ny fitsarana; toa nandamoka ny tetika nataony. Kivy i Kaiafa. Zavatra iray sisa antenaina; tsy maintsy hoterena hiampanga tena Kristy. Nitsangana avy teo amin' ny sezan' ny mpitsara ny mpisoronabe, ny endriny vinitry ny hatezerana, ary hita teo amin' ny feony sy ny fihetsiny fa raha azony natao, dia ho nakapony Ilay Mpifatotra teo anoloany : «Tsy mety mamaly akory va Hianao? hoy izy niantsoantso. Inona no iampangan' ireto Anao ?» {IFM 756.1}

Tony ihany Jesosy. «Nampahoriana Izy, nefa nanetry tena ka tsy niloa-bava, dia tahaka ny zanak' ondry entina hovonoina, sy tahaka ny ondrivavy izay moana eo anatrehan' ny mpanety azy, eny, tsy niloa-bava Izy». {IFM 756.2}

Farany, nanangana ny tanany ankavanana nanondro ny lanitra i Kaiafa, ka niteny tamin' i Jesosy tamin' ny endriky ny fianianana miezinezina hoe : «Ampianianiko amin' Andriamanitra velona Hianao hilaza aminay, raha Hianao no Kristy, Zanak' Andriamanitra». {IFM 756.3}

Tsy afaka nangina Kristy tamin' io antso io. Misy fotoana hanginana, ary misy fotoana hitenenana. Tsy niteny Izy raha tsy nanontaniana mivantana. Fantany fa ny mamaly amin' izao fotoana izao dia ahatonga ny fahafatesany ho azo antoka. Nefa ny manampahefana nekena ho ambony indrindra eo amin' ny firenena no niantso ary tamin' ny anaran' ny Avo Indrindra. Tsy ho diso Kristy ka tsy hampiseho fanajana ny lalàna araka izay tokony ho izy. Ankoatr' izany, nametrahana fanontaniana ny fifandraisan' ny tenany amin' ny Rainy. Tsy maintsy manambara mazava ny toetra sy ny asa nanirahana Azy Izy. Efa nilaza tamin' ny mpianany Jesosy hoe:«Na zovy na zovy no hanaiky Ahy eo anatrehan' ny olona, dia hekeko kosa izy eo anatrehan' ny Raiko Izay any an-danitra». Namerina ny lesona Izy izao tamin' ny ohatra nomeny. {IFM 756.4}

Nanongilan-tsofina ny rehetra, ary nifantoka tamin' ny endriny ny maso rehetra, raha namaly Izy hoe : «Voalazanao». Toa nisy fahazavana avy any an-danitra nampahazava ny tavany hatsatra raha nampiany hoe : «Ary koa, lazaiko aminareo : Hatramin' izao dia ho hitanareo ny Zanak' olona mipetraka eo amin' ny tànana ankavanan' ny Hery sy avy eo amin' ny rahon' ny lanitra». {IFM 756.5}

Nandritra ny fotoana fohy dia namirapiratra nivoaka ny saron' ny maha-olombelona Azy ny maha-Andriamanitra an' i Kristy. Nitakemotra tamin-tahotra ny mpisoronabe nanoloana ny mason' ny Mpamonjy. izay nanagorobaka hatrany anaty fanahy. Toa mamaky ny eritreriny miafina io fijery io, ka nandoro tao am-pony. Tsy adinony mihitsy

tatỳ aoriana io fijery mahita ny ao am-po tsy miloaky ny Zanak' Andriamanitra nampahoriana io. {IFM 757.1}

«Hatramin' izao, hoy Jesosy, dia ho hitanareo ny Zanak' olona mipetraka eo amin' ny tànana ankavanan' ny hery sy avy eo amin' ny rahon' ny lanitra». Nasehon' i Kristy tamin' ireo teny ireo ny fitsimbadihan' ny toe-javatra hitranga amin' izay fotoana izay. Izy, izay Tompon' ny fiainana sy ny voninahitra, no hipetraka eo ankavanan' Andriamanitra. Izy no hitsara ny tany rehetra, ary tsy mety hisy fitsarana ambony ny amin' ny fanapahan-kevitra horaisiny. Amin' izay dia aseho eo amin' ny fahazavan' ny tavan' Andriamanitra ny zava-miafina rehetra ary hihatra amin' ny olona rehetra araka ny asany avy ny fitsarana. {IFM 757.2}

Nanaitra ny mpisoronabe ny tenin' i Kristy. Eritreritra mampaha raiki-tahotra an' i Kaiafa ny hoe misy fitsanganana amin' ny maty, rehefa hijoro eo amin' ny fitsaran' Andriamanitra ny rehetra, hovaliana araka ny asany avy. Tsy tiany ny hino fa handre didimpitsarana araka ny asany izy amin' ny ho avy. Nibosesika tao an-tsainy toy ny atao indray mijery ireo toe-javatra amin' ny Fitsarana farany. Nandritra ny fotoana fohy dia hitany ilay fisehoanjavatra mampahatahotra ny amin' ny fasana mamoaka ny maty ao aminy, mitondra ireo tsiambaratelo izay nantenainy fa hafenina mandrakizay. Toa nahatsapa, nandritra ny fotoana fohy izy, fa nijoro nanoloana Ilay Mpitsara mandrakizay, Izay manana maso mahita ny zavatra rehetra, ka nanaiky ny teo amin' ny fanahiny nitondra teo amin' ny mazava ny zava-miafina izay noheverina fa niara-niafina tamin' ny maty. {IFM 757.3}

Niala teo amin' ny fahitan' ny mpisorona io fisehoan-javatra io. Nandratra azy, amin' ny maha-Sadoseo azy ny tenin' i Kristy. Nandà ny fampianarana momba ny fitsanganana amin' ny maty, ny Fitsarana ary ny fiainana ho avy i Kaiafa. Nahalasa adala azy sy naharomotra azy izao i Satana. Ity lehilahy ity ve, mpifatotra manatrika azy, no hamely an-teri-setra ny fampianarana maminy indrindra. Norovitiny ny fitafiany, mba ahitan' ny vahoaka izay lazainy fa nampaharikoriko azy, ka nangataka izy tsy hisy fanadihadiana intsony fa hohelohina ho miteny ratsy an' Andriamanitra ny mpifatotra. «Ahoana no mbola ilantsika vavolombelona indray ? hoy izy, indro, efa renareo izao fitenenan-dratsy izao. Ahoana no hevitrareo?» Dia nanameloka Azy izy rehetra. {IFM 757.4}

Fandresen-dahatra niharo firehetam-po no nitarika an' i Kaiafa hanao izay nataony. Romotra tamin' ny tenany izy satria nino ny tenin' i Kristy, ary tsy ny fony no notriatriariny rehefa nahatsapa lalina ny marina izy, ka niaiky fa Jesosy no Mesia, fa ny akanjo maha-mpisorona azy no notriariny tamin' ny fanoherana hentitra lalina ny dikan'

io fihetsika io. Tsy tsapan' i Kaiafa firy ny dikany. Nanameloka ny tenany ny mpisoronabe tamin' io fihetsika io, izay nataony mba hiasa mangina amin' ny mpitsara sy ahazoana antoka ny fanamelohana an' i Kristy. Nanala azy tsy ho mendrika ny fisoronana ny lalàn' Andriamanitra. Namoaka didy fanamelohana ho faty ho an' ny tenany izy. {IFM 758.1}

Tsy tokony handritra ny fitafiany ny mpisoronabe. Araka ny lalàn' ny Levita, dia rarana izany ary mitarika fanamelohana ho faty. Tsy misy toe-javatra, na anton-javatra, ahazoan' ny mpisorona mandriatra ny fitafiany. Fomba teo amin' ny Jiosy ny mandriatra ny akanjo rehefa misy namana maty, fa tsy narahin' ny mpisorona io fomba io. Nisy baiko mazava nomen' i Kristy an' i Mosesy mikasika izany. {IFM 758.2}

Izay rehetra nanaovan' ny mpisorona dia tokony ho tanteraka sy tsy misy pentina. Nampiseho ny toetra amam-panahin' Ilay tena izy lehibe, dia Jesosy Kristy ireo fitafiana kanto fanaovana fisoronana. Tsy misy afa-tsy ny fahatanterahana, eo amin' ny fitafiana sy ny fihetsika, eo amin' ny teny sy ny toe-tsaina no azon' Andriamanitra ekena. Masina Izy, ary ny voninahirty sy ny fahatanterahany dia tsy maintsy asehon' ny fanompoana ara-nofo. Tsy misy afa-tsy ny fahatanterahana no afaka hampiseho ny fahamarinan' ny fanompoan' ny lanitra. Azon' ny olona voafetra atao ny mandriatra ny fony amin' ny fanehoany toe-tsaina torotoro sy feno fanetren-tena. Hitan' Andriamanitra mazava izany. Fa tsy azo asiana rovitra eo amin' ny akanjon' ny mpisorona, satria handoto ny fanehoana ny zavatra any an-danitra izany. Ny mpisoronabe izay sahy miseho eo amin' ny fanompoana masina mitondra akanjo rovitra dia noheverina ho nampisaraka ny tenany tamin' Andriamanitra. Izy no mandrovitra ny fitafiany dia manala ny tenany tsy hanana toetra maneho an' Andriamanitra. Tsy neken' Andriamanitra intsony ho mpisorona eo am-perin' asa izy. Io fomba fihetsika io, araka izay nasehon' i Kaiafa, dia maneho ny firehetam-pon' olombelona, ny tsy fahatanterahan' ny olombelona. {IFM 758.3}

Raha nandritra ny fitafiany i Kaiafa dia tsy nampisy asany ny lalàn' Andriamanitra izy ka nanaraka ny fomba amam-panaon' ny olona. Nisy lalana nataon' olombelona milaza fa azon' ny mpisorona atao ny mandriatra ny fitafiany raha misy fitenenandratsy an' Andriamanitra, noho ny faharikorikoany ny fahotana, nefa tsy ho diso izy amin' izany. Toy izany dia nanao tsinontsinona ny lalàn' Andriamanitra ny lalàn' ny olona. {IFM 759.1}

Liana dia liana ny vahoaka nanara-maso ny fihetsika rehetra nataon' ny mpisoronabe, ka noheverin' i Kaiafa izany fihetsika izany mba hampiderana ny fitiavam-bavaka tao aminy. Nefa tamin' io fihetsika io, izay nataony mba hanamelohana an' i Kristy, dia

haniratsira Ilay nolazain' Andriamanitra hoe : «Ny anarako no ao aminy» izy. Izy tenany no niteny ratsy an' Andriamanitra. Nijoro teo ambanin' ny fanamelohan' Andriamanitra izy, nefa namoaka didim-pitsarana amin' i Kristy hoe mpiteny ratsy an' Andriamanitra. {IFM 759.2}

Raha nandriatra ny fitafiany i Kaiafa, dia nanambara ny toerana horaisin' ny firenena Jiosy atỳ aoriana eo anatrehan' Andriamanitra izy. Nisaraka tamin' Andriamanitra ary vetivety dia nanjary vahoaka nolavin' i Jehovah ilay vahoaka nahazo tombom-pitia tamin' Andriamanitra. Raha niantso hoe «Vita» Kristy teo amin' ny hazo fijaliana ka triatra roa ny lamba tao amin' ny tempoly, dia nambaran' Ilay Masina manara-maso fa nandà Azy ny vahoaka Jiosy, dia Izy izay nasehon' ny tandindona rehetra, ilay maha-izy ny aloka rehetra teo aminy. Nisaraka tsy ho an' Andriamanitra intsony Isiraely. Mety raha nandriatra ny fitafiany maha-mpisorona azy i Kaiafa tamin' izay, dia ireo fitafiana izay nidika fa nilaza ny tenany ho solontenan' Ilay Mpisoronabe lehibe izy ; tsy hisy dikany ho azy sy ho an' ny vahoaka tokoa intsony mantsy izany. Mety raha nandriatra ny fitafiany ny mpisoronabe noho ny faharikorikoany ny tenany sy ny fireneny. {IFM 759.3}

Nambaran' ny Synedriona fa mendrika ny ho faty Jesosy; nifanohitra tamin' ny lalàna Jiosy anefa ny mitsara mpifatotra amin' ny alina. Raha ny fanamelohana ara-dalàna dia tsy misy na inona na inona azo atao raha tsy amin' ny fahazavan' ny andro sy mandritra ny mahavory ny filan-kevitra manontolo. Na dia izany aza, dia natao toy ny mpanao heloka bevava Izy, ary nohelohina ka navela hiharan' ny fampijaliana fanao amin' ireo olona ambany sy ratsy indrindra amin' ny taranak' olombelona. Nanodidina tokotany malalaka izay nitangoronan' ny miaramila sy ny vahoaka marobe ny lapan' ny mpisoronabe. Namakivaky io tokotany io Jesosy ka nentina teo amin' ny efitra fiandrasana, niatrika hatrany ny fanarabiana avy amin' ny rehetra noho ny filazany ny tenany ho zanak' Andria-manitra. Naverimberina sy natao fihomehezana ny teniny hoe : «mipetraka eo amin' ny tànana ankavanana ny hery» sy ny hoe «avy amin' ny rahon' ny lanitra». Raha tao amin' ny efitra fiandrasana Izy, niandry ny fitsarana Azy ara-dalàna, dia tsy noharovana. Ireo faikan' olona marobe nifanjevo teo izay nahita ny habibiana natao taminy teo anatrehan' ny Synedriona, dia nanararaotra izany mba hanehoana ny hery maha-Satana azy teo amin' ny toetrany rehetra. Nandranitra azy ho romotra ny toetra ambonin' i Kristy sy ny fihetsiny nanam-pitoviana tamin' Andriamanitra. Ny fahalemem-panahiny, ny tsy fananany tsiny, ny faharetany miendrik' andriana, dia nameno azy fankahalana avy amin' i Satana. Nohitsakitsahin' ireo ny famindrampo sy ny fahamarinana. Tsy mbola misy olo-meloka nanehoana fomba tsy mendrika ny

olombelona tahaka ny natao tamin' ny Zanak' Andriamanitra. {IFM 760.1}

Nisy tebiteby nangirifiry kokoa nandrotika ny fon' i Jesosy anefa; tsy tanam-pahavalo no afaka namely ny kapoka izay nahatonga fahoriana lalina indrindra. Raha niaritra ny fanarabiana Izy tamin' ny nandinihana ny Aminy teo anatrehan' i Kaiafa dia nisy anankiray tamin' ny mpianany nandà Azy. {IFM 760.2}

Rehefa nandositra niala tamin' ny Tompony tao amin' ny saha ny anankiroa tamin' ny mpianany, dia nanandrana nanaraka teny lavidavitra teny ny vahoaka romotra izay nitana an' i Jesosy. Petera sy Jaona ireo mpianatra ireo. Fantatry ny mpisorona fa mpianatr' i Jesosy i Jaona, ka nampidiriny tao amin' ny efitra fitsarana izy ; nanantena izy ireo tamin' izany fa raha manatri-maso ny fampietrena ny Mpitarika azy izy, dia hanao tsinontsinona ny hevitra milaza fa olona toy izany no Zanak' Andriamanitra. Niady ho an' i Petera . Jaona, ka nahazo alalana idirany koa. {IFM 760.3}

Nisy afo narehitra tao alatrano ; ora mangatsiaka indrindra tamin' ny alina mantsy ny mialoha indrindra ny fiposahan' ny masoandro. Nisy antokon' olona nanodidina ny afo, ary nanao sahisahy i Petera ka naka toerana niaraka tamin' ireo. Tsy tiany ho fantatra fa mpianatr' i Jesosy izy. Nanantena izy, fa raha mifangaro amin' ny vahoaka izy ka tsy miseho ho rototra, dia horaisina ho toy ny anankiray amin' izay nitondra an' i Jesosy teo amin' ny fitsarana. {IFM 761.1}

Nefa raha niantefa teo amin' ny endrik' i Petera ny fahazavana, dia nitopy teny aminy ny fijerin' ilay vehivavy mpiandry varavarana ka nandinika azy. Tsikariny fa niaraka tamin' i Jaona izy, hitany ny fahakiviana nisoritra teny amin' ny endriny, ka noheveriny fa mety ho mpianatr' i Jesosy izy. Anankiray amin' ny mpanompo tao an-tranon' i Kaiafa izy, ka te-hanamarina ny fanombatombanany. Hoy izy tamin' i Petera : «Moa hianao mba isan' ny mpianatr' io lehilahy io ?» Taitra sy very hevitra i Petera ; nifantoka avy hatrany taminy ny mason' ny olona. Nilaza izy fa tsy azony izay lazaindravehivavy; nanantitrantitra anefa io ka nilaza tamin' ny manodidina azy fa niaraka tamin' i Jesosy io lehilahy io. Nahatsapa ny tenany ho voatery namaly i Petera ka nilaza tamim-pahatezerana hoe : «Ravehivavy, tsy fantatro Izy». Izay no namadihany ny Tompo voalohany, ary avy hatrany dia naneno ny akoho. {IFM 761.2}

Indrisy ry Petera ! dia vetivety toy izany dia menatra ny Tomponao ianao ? ary vetivety toy izany dia nolavinao ny Tomponao ! {IFM 761.3}

Raha niditra tao amin' ny efitra fitsarana i Jaona, mpianatr' i Jesosy, dia tsy niezaka ny nanafina fa mpanaraka an' i Jesosy izy. Tsy nifangaro tamin' ny olona mitratrevatreva izay nanaraby ny Tompony izy. Tsy nisy nanontany azy, satria tsy nampiseho toetra

sandoka izy, ka niahiahiana. Nitady zoron-trano mangingina tsy hitan' ny olona izy, nefa akaiky an' i Jesosy araka izay azony natao. Teo izy afaka nahita sy nandre izay rehetra niseho tamin' ny fitsarana ny Tompony. {IFM 761.4}

Tsy nokasain' i Petera ho fantatra ny tena toetra amam-panahiny marina. Nankeo amin' ny tanin' ny fahavalo izy tamin' ny nakany endriky ny olona tsy rototra, ka nanjary haza mora resy ho an' ny fakam-panahy. Raha nantsoina hiady ho an' ny Tompony izy, dia ho miaramila be herim-po; nefa rehefa nisy tanan' ny mpaneso nanondro azy, dia hita fa kanosa izy ; betsaka no tsy mihemotra eo anatrehan' ny ady mafy ho an' ny Tompony, nefa rehefa tratran' ny fanarabiana dia manda ny finoany. Ny firaisany amin' izay tokony handosirany, dia fametrahany ny tenany eo amin' ny lalan' ny fakam-panahy. Miantso ny fahavalo haka fanahy azy izy, ka voatarika hilaza sy hanao izay tsy tokony hahameloka azy mihitsy amin' ny toe-javatra hafa. Mandà ny Tompony tahaka ny nataon' i Petera tao amin' ny efitra fitsarana ny mpianatr' i Kristy izay manafina ny finoany, amin' izao androntsika izao, noho ny fahatahorany mafy ny fijaliana sy ny fanomezan-tsiny. {IFM 761.5}

Niezaka i Petera tsy hiseho ho liana tamin' ny fitsarana ny Tompony, nefa rotidrotiky ny alahelo ny fony raha nandre ny fanesoesoana feno habibiana izy, ka nahita ny herisetra nampijaliana Azy. Ankoatran' izany dia gaga sy tezitra izy fa nampietry ny tenany sy ny mpanaraka Azy Jesosy tamin' ny fileferany tamin' ny fitondrana toy izany. Mba hanafenany ny tena fihetseham-pony, dia niezaka nanatona ny mpanenjika an' i Jesosy izy nanao vazivazy tsy ara-potoana. Nefa namboamboarina ny fahitana ny fihetsiny. Lainga no nasehony, koa raha niezaka ny tsy ho rototra izy tamin' ny resaka nataony, dia tsy azony natao kosa ny nisakana ny tsy haneho ny fahatezerana tamin' ny herisetra niantonta teo amin' ny Tompony. {IFM 762.1}

Nifantoka taminy fanindroany indray ny saina, ka nampangaina indray ho mpanaraka an' i Jesosy izy. Sady nianiana izy izao no nanambara hoe : «Tsy fantatro izany Lehilahy izany». Nisy fotoana mety hafa indray nomena azy. Lasa ny adiny iray, dia nisy anankiray amin' ny mpanompon' ny mpisoronabe, izay havana akaikin' ilay lehilahy notapahin' i Petera ny sofiny, nanontany azy hoe : «Tsy efa hitako teo aminy tao amin' ny saha va hianao ?» «Naman' ireo tokoa hianao; fa Galiliana hianao, ary ny fiteninao miampanga anao». Naharomotra an' i Petera izany. Nampiavaka ny mpianatr' i Jesosy ny fahadiovan' ny fiteniny, koa mba hamitahana tanteraka ireo mpanontany azy sy hanamarinana ny toetra amam-panahy izay noraisiny ho azy, dia nandà ny Tompony izao i Petera sady niozona no nianiana. Naneno indray ny akoho. Ren' i Petera izany tamin' izay ka tsaroany ny tenin' i Jesosy hoe : «Raha tsy mbola misy akoho maneno

fanindroany, dia handà Ahy intelo hianao». {IFM 762.2}

Raha mbola teo amin' ny molotr' i Petera ny ozona manambany azy, ka mbola naneno tao an-tsofiny ny fikiririokan' ny fanenon' ny akoho, dia nitodika ny Mpamonjy, niala tamin' ireo mpitsara miketrona handrina noho ny hatezerana, ny fijeriny ka nifantoka tanteraka teo amin' ilay mpianany mahantra. Tamin' izay fotoana izay kosa dia voatarika ho eo amin' ny Tompony ny mason' i Petera. Fangorahana sy alahelo lalina no hitany teo amin' ilay endrika malemy fanahy, fa tsy nisy hatezerana. {IFM 762.3}

Nanindrona ny fony toy ny zana-tsipika ny fahitany ity endrika hatsatra, nijaly, ireto molotra nipararetra, ity fijery feno fangorahana sy famelan-keloka. Nifoha ny feon' ny fieritreretany. Velona ny fitadidiany. Tadidin' i Petera ny fampanantenany ora vitsivitsy talohan' izao fa hiaraka amin' ny Tompony ho any an-tranomaizina sy ho amin' ny fahafatesana izy. Tsaroany ny alahelo raha nilaza taminy ny Mpamonjy tao amin' ny efitrano ambony, fa handà ny Tompony intelo izy tamin' iny alina iny. Vao nanambara i Petera fa tsy fantany Jesosy, nefa tsapany izao tao amin' ny ngidin' ny alahelo, fa tena mahalala azy tsara ny Tompony, ary marina dia marina ny namakiany tao am-pony, ny toetra mandainga izay tsy fantatr' izy tenany akory. {IFM 763.1}

Nibosesika tao an-tsainy ny fahatsiarovana ny famindrampo feno fitiavana nasehon' ny Mpamonjy, ny fahalemem-panahiny sy ny fahari-pony, ny hatsaram-panahy sy ny faharetana nasehony tamin' ny mpianany nania, — tsaroany avokoa izany rehetra izany. Tadidiny ny fampitandremana hoe : «Ry Simona, ry Simona, indro Satana efa nilofo nitady anareo hokororohiny toy ny vary. Nefa Izaho nangataka ho anao, mba tsy ho levona ny finoanao» . Naharikoriko azy ny nitaratra ny tsy fahaizany mankasitraka, ny fitaka teo aminy, ny fianianana mandainga nataony. Nijery ny Tompony indray izy, ary hitany tanana mpanevateva natsangana namely ny tavany. Tsy zakan' i Petera intsony izany fisehoan-javatra izany, ka torotoro ny fony, nihazakazaka nivoaka ny efitra. {IFM 763.2}

Niriotra ho any amin' izay maha-irery azy any amin' ny maizina izy, tsy fantany ary tsy nampaninona azy na ho aiza na ho aiza. Farany dia hitany fa tany Getsemane izy. Nanjary nazava kokoa tao an-tsainy ny fisehoan-javatra ora vitsy talohan' izao. Nitranga nanoloana azy ny endriky ny Tompony nitory fijaliana, nitetevan' ny dinitra nanjary ra sy nifanintontsintona noho ny tebiteby. Tsaroany sady nahatonga nenina mangidy tao aminy izany Jesosy nivavaka tamin-dranomaso sy nanao tolona nihatra aman' aina irery, nefa natory ireo izay' tokony niaraka taminy tamin' io ora mafy dia mafy io. Tsaroany ny fampitandremana miezinezina nataony hoe : «Miareta tory sy mivavaha hianareo, mba

tsy hidiranareo amin' ny fakam-panahy» . Natrehiny indray ny zavatra niseho tao amin' ny efitra fitsarana. Nampahory sy nampanaintaina ny fony maratra ny nahalala fa nanampy trotraka ny entana mavesatra dia mavesatra nozakain' ny Mpamonjy teo amin' ny fietreny sy ny fahotany izy. Teo amin' ny toerana indrindra namborahan' i Jesosy ny fanahiny tamin' ny Ray tao amin' ny ady nihatra aman' aina, no niantorahany, ny tavany teo amin' ny tany, ka naniriany ho faty. {IFM 763.3}

Natory izy raha nibaiko azy hivavaka Jesosy. Izany no nanomanan' i Petera ny lalana ho amin' ny fahotany lehibe. Samy nizaka fatiantoka be avokoa ny mpianatra rehetra tamin' ny natoriany tamin' iny ora sarotra dia sarotra iny. Fantatr' i Kristy ny hamafin' ny fitsapana mahamay izay handalovan' izy ireo. Fantany ny fomba hiasan' i Satana mba hahatorovana ny retsiny ka tsy hahavonona azy amin' ny fisedrana. Noho izany antony izany no nampitandremany azy. Raha nolaniany tamin' ny fiaretan-tory sy ny fivavahana ireo ora tao Getsemane, dia tsy ho navela hiankina tamin' ny herin' ny tenany marefo i Petera. Tsy ho nandà ny Tompony izy. Raha niari-tory niaraka tamin' i Kristy ny mpianatra, teo amin' ny ady mihatra aman' aina natrehiny, dia ho voaomana izy hibanjina ny fahoriany teo amin' ny hazo fijaliana. Nety nisy azony ny toetran' ny tebiteby nanafotra Azy. Ho azony natao ny nahatsiaro ny teny nanambarany mialoha ny fijaliany, ny fahafatesany, ary ny fitsanganany tamin' ny maty. Tao anatin' ny aloky ny ora mafy indrindra dia ho nisy tarapahazavan' ny fanantenana nanazava ny haizina ka nanohana ny finoany. {IFM 764.1}

Raha vao maraina ny andro, dia nivory indray ny Synedriona, ka nentina tao amin' ny efitry ny filan-kevitra indray Jesosy. Nilaza ny tenany ho Zanak' Andriamanitra Izy, ary nodisoan' izy ireo ho tonga fanamelohana Azy ny teniny. Tsy azony natao anefa ny nanameloka Azy noho izany, satria betsaka tamin' izy ireo no tsy nanatrika ny fivoriana tamin' ny alina, ka tsy nandre ny teniny. Fantany fa tsy hahita na inona na inona tokony hanamelohana Azy ho faty ny fitsarana Romana. Fa raha ny molony mihitsy no mamerina ireo teny ireo ho ren' ny rehetra, dia ho tratra ny zavakendreny. Azony hodisoina ho filazana fanakorontanana arapolitika ny filazan' ny tenany ho Mesia. {IFM 764.2}

«Raha Hianao no Kristy, hoy izy, dia lazao aminay». Nefa nangina Kristy. Dia mbola naverimberiny taminy ihany ny fanontaniana. Nony farany dia namaly tamin' ny feo nampalahelo sy nahonena Izy hoe : «Na dia hilaza aminareo aza Aho, dia tsy hino hianareo. Ary na dia hanontany aza Aho, dia tsy hamaly akory hianareo, na hamela Ahy handeha». Nefa mba tsy hisian' ny fialantsiny ho an' ireo dia nampiany fampitandremana miezinezina hoe : «Fa hatramin' izao ny Zanak' olona dia hipetraka eo an-tànana

ankavanan' ny herin' Andriamanitra». {IFM 765.1}

«Zanak' Andriamanitra ary va Hianao ?» hoy ny fanontaniana niraisan' ny feo rehetra. Hoy Izy taminy : «Voalazanareo fa Izaho no Izy». Dia niantsoantso izy hoe : «Ka inona indray no ilantsika vavolombelona ? fa ny tenantsika no efa nandre tamin' ny vavany ?» {IFM 765.2}

Fanintelon' izao no nanamelohana an' i Jesosy ho faty tamin' ny alalan' ny manampahefana Jiosy. Izay rehetra ilaina izao, hoy ny fiheviny, dia ny hanamafisan' ny Romana ny fanamelohana Azy ho faty, ka hanolorany Azy ho eo am-pelatanan' izy ireo. {IFM 765.3}

Dia tonga indray ny fanaovana an-keriny sy ny faniratsirana fanintelony, mahatsiravina noho izay nataon' ny faikan' olona tsy nahalala na inona na inona. Teo anatrehan' ny mpisorona sy ny mpanapaka mihitsy no nitrangan' izany, ary nankasitrahan' izy ireo. Niala tao am-pony ny fihetseham-po rehetra nitory firaisampo maha-olombelona. Raha kely ny fonjan-kevitra nentiny ka tsy afaka nampangina ny feony, dia nanana fiadiana hafa izy, izay nampiasaina tamin' ny taonjato rehetra hoentimampangina ny «heretika» — dia ny fampahoriana, ny herisetra, ary ny fahafatesana. {IFM 765.4}

Rehefa navoakan' ny mpitsara ny fanamelohana an' i Jesosy. dia nisy faharomotana avy amin' i Satana nameno ny olona. Tahaka ny fihorakoraky ny bibidia ny fihorakorany. Nirohotra nankeo amin' i Jesosy ny vahoaka marobe, ka niantsoantso hoe : Meloka Izy. vonoy Izy ho faty ! Raha tsy teo ny miaramila Romana dia tsy ho velona Jesosy ka ho azo homboana eo amin' ny hazo fijaliana. Saika norotidrotehiny teo anatrehan' ny mpitsara Izy, raha tsy nisalovana ny manam-pahefana Romana ka nampiasa ny heriny sy ny fiadiany mba hanakanana ny herisetran' ny vahoaka romotra. {IFM 765.5}

Nahatezitra ny jentilisa ny fihetsika feno herisetra natao amin' ny olona izay tsy nanaporofoina na inona na inona. Nambaran' ireo manam-pahefana Romana fa nandika ny fahefana Romana ny Jiosy tamin' ny nanamelohany an' i Jesosy, ary mifanohitra koa amin' ny lalàna Jiosy ny manameloka olona ho faty noho ny teny vavolombelona nataon' ny tenany ihany. Nampangina vetivety ny fandehanjavatra io fisalovanana io; nefa ireo filoha Jiosy dia tsy nanana fo antra ary tsy nahalala menatra akory. {IFM 766.1}

Nanadino ny fahamendrehan' ny asany ny mpisorona sy ny mpanapaka, nanao vava ratsy tamin' ny Zanak' Andriamanitra, ka niantso Azy tamin' ny teny maloto. Notsiratsirainy Izy noho ny fiaviany. Nambarany fa ny fihamboany amin' ny filazan' ny tenany ho Mesia no mahatonga Azy ho mendrika ny fahafatesana mahamenatra indrindra.

Ny olona faran' izay vetaveta no nanao herisetra mahamenatra tamin' ny Mpamonjy. Nisy akanjo tonta natsofoka tamin' ny lohany, dia nofelahin' ny mpampijaly Azy Izy sady nataony hoe : «Maminania; iza moa no namely Anao ?» Rehefa nalana ilay fitafiana, dia nisy olona ratsy fanahy iray nandrora tamin' ny tavany. {IFM 766.2}

Nanaovan' ny anjelin' Andriamanitra tatitra mahatoky ny fijery, ny teny sy ny fihetsika rehetra naneso natao tamin' Ilay Mpitarika azy malalany. Indray andro any dia hahita ny tavan' i Kristy ao amin' ny voninahiny, izay hamirapiratra noho ny masoandro, ireo olona ambany izay naneso sy nandrora Azy tamin' ilay tava tony sy hatsatra. {IFM 766.3}

## Toko 76—Jodasy

Ny tantaran' i Jodasy dia mampiseho ny fiafarana mampalahelon' ny fiainana izay tsy nety nanome voninahitra an' Andriamanitra. Raha maty talohan' ilay dia farany nankany Jerosalema i Jodasy, dia ho noheverina ho olona mendriky ny toerany teo amin' izy roa ambin' ny folo lahy izy, ka ho nampalahelo tokoa ny tsy mahaeo azy. Ny fankahalana azy izay nanaraka azy nandritra ny taonjato maro nifandimby, dia avy amin' ny toetra nasehony tamin' ny fiafaran' ny tantarany fotsiny. Nisy antony anefa ny nampiharihariana ny toetrany teo amin' izao tontolo izao. Ho fananarana ho an' izay rehetra tahaka azy izany, izay namadika ny zava-masina nankinina taminy. {IFM 767.1}

Fotoana fohy talohan' ny Paska, dia nanavao ny fifanarahana nataony tamin' ny mpisorona Jodasy. dia ny hanolotra an' i Jesosy eo am-pelatanany. Dia nisy fandaminana natao fa hosamborina amin' ny toerana mangina iray fitokanany handinihan-tena sy hivavahana ny Mpamonjy. Hatramin' ilay fanasana tany an-tranon' i Simona i Jodasy, dia nanana fotoana mety hieritreretany ny amin' izay nekeny fa hotanterahiny, tsy niova anefa ny fikasany. Vola telopolo — vidin' ny andevo iray — no nivarotany ny Tompon' ny Voninahitra ho amin' ny henatra sy ny fahafatesana. {IFM 767.2}

Fironana tao amin' i Jodasy ny tia vola ; nefa tsy mbola latsaka ambany mandrakariva toy izao izy ka hanao zavatra toy izay nataony. Novelominy tao aminy ny toe-tsaina ratsy mihirim-belona mandrapahatongan' izany ho fitsipika mifehy ny fiainany. Navesa-danja noho ny fitiavany an' i Kristy ny fitiavany an' i Mamôna. Ny nahatongavany andevon' ny toetra ratsy iray no nanolorany toerana ho an' i Satana, ka nahavoatarika azy ho amin' ny fivelaran' ny fahotana rehetra. {IFM 767.3}

Niditra ho anisan' ny mpianatra i Jodasy fony nanaraka an' i Kristy ny vahoaka marobe. Nanetsika ny fon' izy ireo ny fampianaran' ny Mpamonjy ; revo dia revo izy ireo nampifantoka ny sainy tamin' ny teniny. natao tao amin' ny synagoga. teny amoron' ny ranomasina, teny an-tendrombohitra. Hitan' i Jodasy nitangorona teo amin' i Jesosy ny marary, ny mandringa, ny jamba avy tany amin' ny vohitra sy ny tanàn-dehibe. Hitany izay efa teo ambavahaona teo an-tongony. Nanatri-maso ny asa mahagaga nataon' ny Mpamonjy izy teo amin' ny fanasitranana ny marary, ny famoahana demonia. ny fananganana ny maty. Tsapany tao amin' ny tenany ny porofo mazava ny amin' ny herin' i Kristy. Nekeny fa ambony noho izay rehetra efa reny ny fampianaran' i Kristy. Tia an' Ilay Mpampianatra Lehibe izy, ary naniry hiaraka Aminy. Nahatsapa faniriana fiovana izy teo amin' ny toetra amam-panahiny sy ny fiainany, ka nanantena ny hanao fanandramana ny amin' izany tamin' ny alalan' ny fifaneraserany tamin' i Jesosy. Tsy

nanosobohon-tanana an' i Jodasy Jesosy. Nomeny toerana ho anisan' ny roa ambin' ny folo lahy izy. Nahatoky azy izy hanao ny asan' ny evanjelista. Nomeny hery hanasitrana ny marary, hamoaka demonia izy. Nefa tsy tonga teo amin' ny fetra izay nileferany tanteraka tamin' i Kristy i Jodasy. Tsy nahafoy ny hambom-pony teo amin' izao tontolo izao izy na ny fitiavany vola. Nanaiky ny toerana hanompo an' i Kristy izy, nefa tsy nety niditra tao amin' ny lasitra hamolavolan' Andriamanitra azy. Tsapany fa azony tazonina ny heviny sy ny sainy ka nokolokoloiny ny toetsaina manao faniniana sy miampanga. {IFM 768.1}

Ambony ny fiheveran' ny mpianatra an' i Jodasy ary nanana hery niasa betsaka tamin' izy ireo izy. Izy tenany koa dia nihevitra ny fahaizany manokana ho ambony, ka ambany lavitra noho ny tenany no fijeriny ny rahalahiny raha ny hevitra sy ny hakingana. Tsy mahita ny fotoana mety izy ireo, hoy ny fiheviny, ka tsy manararaotra ny toe-javatra. Tsy handroso mihitsy ny fiangonana raha ireto olona tsy mba mahita lavitra ireto no mitondra azy. Petera mirehidrehitra, tsy mieritreritra izy manao zavatra. Jaona kosa, izay nanangona ny fahamarinana avy eo amin' ny molotr' i Kristy ho tov ny haren-tsarobidy, dia noheverin' i Jodasy ho mpitam-bola tsy mahay. Matio, izay nobeazina ho marina amin' ny zavatra rehetra, dia sarotiny indrindra mikasika ny fahamarinan-toetra. Nandinika lava ny tenin' i Kristy koa izy sady nanjary variana tamin izany ka hoy ny fihevitr' i Jodasy : tsy azo itokisana izy hanao raharaha sarotra, tsy mahatazan-davitra. Notombatombanan' i Jodasy toy izany ny mpianatra rehetra. ka nandoka tena izy fa ho very hevitra sy ho sahirana mandrakariva ny fiangonana raha tsy nisy ny fahakingany amin' ny maha-mpandrindra azy. Nihevitra ny tenany ho mahay zavatra i Jodasy. ka tsy misy mahavita mihoatra izay vitany. Raha ny fandanjalanjany ny tenany, dia voninahitry ny asan' i Kristy izy. ary toy izany hatrany no nanehoany ny tenany. {IFM 768.2}

Jamba i Jodasy teo anatrehan' ny toetra amam-panahiny. ka nametraka azy teo amin' izay ahazoany fotoana mety ahitany sy hanovany izany Kristy. Amin' ny maha-mpitam-bolan' ny mpianatra azy. dia nantsoina izy hikarakara izay ilain' ilay fikambanana kely, sy hanamaivana ny fahorian' ny mahantra. Fony tao amin' ny efitrano nanaovana Paska ka niteny taminy Jesosy hoe : «Izay ataonao, dia ataovy faingana», dia nihevitra ny mpianatra fa nasainy nividy izay ilaina ho amin' ny andro firavoravoana izy. na nanome zavatra ho an' ny mahantra. Nety ho nampivelatra toe-tsaina tsy tia tena i Jodasy tamin' ny fanompoany ny hafa. Nefa sady nihaino isan' andro ny leson' i Kristy izy no nanatrimaso ny fiainany tsy tia tena. no nampanaram-po koa ny fironany ho amin' ny fitsiriritana. Fakam-panahy mandrakariva ho azy ny vola kely tonga teo am-pelatanany. Matetika rehefa manao asa kely ho an' i Kristy izy na manokana fotoana ho amin' ny

zavatra ara-pivavahana, dia maka kely amin' io tahiry manify io ho karamany. Manala tsiny ny fihetsiny ireny anton-javatra ireny teo imasony ; teo imason' Andriamanitra anefa dia mpangalatra izy. {IFM 769.1}

Naverimberin' i Kristy matetika fa tsy avy amin' ity izao tontolo izao ity ny fanjakany ary nanafintohina an' i Jodasy izany. Nisy fitsipika nosoritany izay nantenainy fa ho fomba fiasan' i Kristy. Araka ny drafitra nataony dia tokony ho navoaka avy ao an-tranomaizina i Jaona Mpanao batisa. Nefa indro fa navela hotapahindoha izy. Ary tsy nanantitrantitra ny zon' ny maha-mpanjaka Azy Jesosy ka namaly faty ny namonoana an' i Jaona fa nihataka niaraka tamin' ny mpianany ho any ambanivohitra. Naniry ady mivantana kokoa i Jodasy. Nihevitra izy fa raha tsy sakanan' i Jesosy ny mpianany tsy hanatanteraka ny tetika nataon' izy ireo. dia hisy vokany bebe kokoa ny asa. Nomarihiny ny fitomboan' ny fandra- fian' ireo mpitarika Jiosy. ary hitany fa tsy noheverina ny fihaikana nataony raha nangataka famantarana tamin' i Kristy avy any andanitra izy. Nidanadana ny fony hidiran' ny tsy finoana, koa nofenoin' ny fahavalo fisainana be fanontaniana sy feno fikomiana. Nahoana no manantitrantitra be ny amin' izay mahakivy Jesosy ? Nahoana Izy no manambara mialoha fitsarana sy fanenjehana ho an' ny tenany sy ho an' ny mpianany ? Ny fibanjinana toerana ambony ao amin' ilay toerana vaovao no nitarika an' i Jodasy hanaiky hiaraka amin' i Kristy. Diso fanantenana ve izy teo amin' izay nandrandrainy ? Tsy nanapa-kevitra i Jodasy fa tsy Zanak' Andriamanitra Jesosy ; fa nametra-panontaniana izy, ka nitady fanazavana ny amin' ny asa lehibe izay nataony. {IFM 769.2}

Na dia teo aza ny fampianaran' ny Mpamonjy, dia naroson' i Jodasy mandrakariva ny hevitra fa tokony hanjaka ao Jerosalema Krisiy. Niezahany ho tanterahina izany tamin' ny namahanan' i Jesosy ny dimy arivo lahy. Nanatrika ny fizarana hanina ho an' ny vahoaka marobe noana i Jodasy tamin' izay. Nisy fotoana nahazoany nahita ny tombontsoa teo am-pelatanany raisina amin' ny fizarana ho an' ny hafa. Tsapany ny fahafahampo azo mandrakariva eo amin' ny fanompoana an' Andriamanitra. Nanampy ny fitondrana ny marary sy ny mijaly avy eo amin' ny vahoaka ho eo amin' i Kristy izy. Hitany fa maivamaivana, feno hafaliana sy haravoravoana ny fon' ny olombelona noho ny hery manasitran' Ilay Mpamerina ny zavatra rehetra. Mety ho azony ny fomba fiasan' i Kristy. Nefa nahajamba azy ny faniriany feno fitiavan-tena. Jodasy no voalohany nanararaotra ny hafanam-po vokatry ny fahagagana momba ny mofo. Izy no nanangana ny tetika haka an' i Kristy an-keriny ka hametraka Azy ho Mpanjaka. Ambony dia ambony ny fanantenany. Nangidy dia nangidy ny fahadisoam-panantenany. {IFM 770.1}

Ny lahateny nataon' i Kristy tao amin' ny Synagoga mikasika ny mofon' aina no

tsontsory mamba nisarahana teo amin' ny tantaran' i Jodasy. Reny ny teny hoe : «Raha tsy mihinana ny nofon' ny Zanak' olona sy misotro ny rany hianareo. dia tsy manana fiainana ao aminareo». Hitany fa zava-tsoa ara-panahy no atolotr' i Kristy mihoatra noho ny zava-tsoa arak' izao tontolo izao. Nihevitra ny tenany ho nitsinjo ny lavitra izy, ka araka ny fiheviny. dia tsy hanamboninahitra Jesosy ary tsy ho afaka hanome toerana ambony ny mpanaraka Azy Izy. Nanapa-kevitra izy fa tsy hiray akaiky amin' i Kristy mba hahazoany miala, koa nanara-maso akaiky izy. {IFM 770.2}

Hatramin' io fotoana io dia niteny fisalasalana izay nampisaritaka ny mpianatra izy. Nampiditra tsy fifanarahana sy fihetseham-po mitarika ho amin' ny ratsy izy, ka naverimberiny ireo fonjan-kevitra naroson' ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo hoenti-manohitra izay lazain' i Kristy. Ny fahasahiranana sy zavatra mitsivalana rehetra, na ny kely na ny lehibe, ny zava-manahirana sy ny toa misakana ny fandroson' ny filazantsara, dia noraisin' i Jodasy ho porofo mazava ny amin' ny maha-marina izany. Nampiditra ny tenin' ny Soratra Masina izay tsy nisy ifandraisana amin' ny fahamarinana nasehon' i Kristy izy. Ireny teny ireny, izay nosarahana tamin' izay nifandray taminy, dia nahavery hevitra ny mpianatra ka nampitombo ny hakiviana izay nanery azy ireo mandrakariva. Izany rehetra izany dia nataon' i Jodasy tamin' ny fomba izay ahitana mazava fa nahatsapa izany izy. Ary raha nitady porofo hanamafy ny tenin' Ilay Mpampianatra lehibe ny mpianatra, dia notarihin' i Jodasy mora dia mora, tamin' ny fomba mila tsy ho hita, ho eo amin' ny lalana hafa izy. Toy izany no nanehoany ny fotopototry ny teny, tamin' ny fomba mivavaka dia mivavaka ary toa hendry, ka nitondrany azy teo amin' ny fahazavana hafa noho izay nanomezan' i Jesosy azy, ary nomeny dikany izay tsy noheverin' i Jesosy ny teniny. Nanetsika mandrakariva ny faniriana feno hambom-po hitombo eo amin' aranofo ny hevitra nasosony, ary tamin' izany dia nanodina ny sain' ny mpianatra tsy hijery ny zava-dehibe tokony natrehany izy. Jodasy no matetika namporisika ny adilahy ny amin' izay ho lehibe indrindra. {IFM 771.1}

Tsy faly i Jodasy rehefa nasehon' i Jesosy tamin' ilay tovolahy manankarena ny fepetra ahatongavana ho mpianatra. Noheveriny fa nisy fahadisoana vita teo. Raha nisy olona tahaka io mpanapaka io no tafaray amin' ny mpino, dia hanampy ny asan' i Kristy izy. Raha mba noraisina ho mpanolo-tsaina i Jodasy. hoy ny fiheviny, dia betsaka ny drafitra ho narosony hampandroso ilay fiangonana kely. Tsy ho tahaka ny an' i Kristy ny foto-keviny sy ny fomba fiasany, fa tamin' ireny zavatra ireny dia nihevitra ny tenany ho hendry noho Kristy izy. {IFM 771.2}

Izay rehetra nolazain' i Kristy tamin' ny mpianany, dia nisy zavatra izay tsy nankasitrahan' i Jodasy, tao am-pony tao. Nanao ny asany haingana ny masirasiran' ny

tsy fifaliana. Tsy hitan' ny mpianatra ny tena fiasana tamin' izany rehetra izany ; nefa hitan' i Jesosy fa nanome ny toetrany an' i Jodasy i Satana ary tamin' izany dia nanokatra fantsona izy izay nahazoany miasa mangina tamin ', ny mpianatra hafa. Herintaona talohan' ny namadihana Azy no nambaran' i Kristy izany. «Tsy Izaho va no nifidy anareo, hoy Izy, nefa ny anankiray aminareo aza dia devoly ?» {IFM 771.3}

Tsy nanao fanoherana mivantana anefa i Jodasy, na toa nametra-panontaniana momba ny lesona nataon' ny Mpamonjy. Tsy nimonomonona ampahibemaso izy raha tsy tamin' ny fanasana tao an-tranon' i Simona. Fony i Maria nanosotra ny tongotry ny Mpamonjy, dia nasehon' i Jodasy ny fironany ho amin' ny fitsiriritana. Toa nanjary nangidy tahaka ny afero ny toe-tsainy rehefa nomen' i Jesosy tsiny izy. Nandrodana ny fefy ny avonavon' ny fony voaratra sy ny faniriany hamaly faty. koa nifehy azy ilay hetaheta navelany hanaram-po ela. Izany no ho fanandraman' izay rehetra niziriziry hisangisangy amin' ny fahotana. Manaiky ny fakampanahy alefan' i Satana ny toetra ratsy izay tsy toherina sy tsy resena, koa voatarika ho babo hanao ny sitrapony ny fanahy. {IFM 772.1}

Tsy mbola mafy tanteraka anefa ny fon' i Jodasy. Na dia efa indroa aza izy no nanome toky fa hamadika ny Mpamonjy, dia nisy fotoana mety nahazoany nibebaka. Noporofoin' i Jesosy ny mahaAndriamanitra, tamin' ny Paska, tamin' ny nampibaribariany ny fikasan' ilay mpamadika. Noraisiny tamim-pitiavana ho anisan' izay nandray ny fanompoana natao tamin' ny mpianatra izy. Tsy noraharahainy anefa ny antso faran' ny fitiavana. Tapaka tamin' izay ny antso momba an' i Jodasy, koa ny tongotra izay nosasan' i Jesosy. no nandeha hanao ny asan' ny mpamadika. {IFM 772.2}

Nieritreritra i Jodasy fa raha tokony ho homboana Jesosy, dia tsy maintsy ho tonga izany zavatra izany. Tsy hanova ny zavatra hitranga ny fihetsika hataony hamadihana ny Mpamonjy. Raha tsy tokony ho faty Jesosy, dia hanery Azy fotsiny hanafaka ny tenany ny fihetsika nataon' i Jodasy. Amin' ny toe-javatra rehetra, dia hisy tombon-tsoa ho azon' i Jodasy amin' ny famadihany ny Mpamonjy. {IFM 772.3}

Na dia izany aza, dia tsy mba nino i Jodasy fa hanaiky hosamborina Kristy. Nikasa ny hampianatra lesona Azy izy tamin' ny namadihany Azy. Nihevitra ny hanao zavatra izy izay hampitandrina ny Mpamonjy amin' ny sisa mba hanaja azy tsara. Tsy fantatr' i Jcdasy anefa fa nanolotra an' i Kristy ho faty izy. Matetika impiry moa ny Mpamonjy no tsy namabo ny sain' ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo, tamin' ny sary manaitra nasehony raha nanao fanoharana Izy teo amin' ny fampianarany. Impiry moa no tsy namoaka didimpitsarana nanameloka ny tenany izy. Impiry izy no feno haromotana raha nentina tao am-pony ny fahamarinana. ka naka vato itorahana Azy ; nefa nandositra hatrany

hatrany Izy. Koa satria efa nandositra fandrika maro toy izany Izy, hoy ny eritreritr' i Jodasy, tsy hanaiky marina tokoa ny hosamborina Izy izao. {IFM 772.4}

Tapa-kevitra i Jodasy fa hanandrana izany. Raha tena Mesia tokoa Jesosy, dia hanaraka Azy ny vahoaka. izay efa nanaovany soa betsaka dia betsaka, ka hanangana Azy ho Mpanjaka. Hampitombina hatramin' ny farany ny saina izay nisalasala ankehitriny izany. Hahazo laza i Jodasy amin' izy nametraka ny mpanjaka eo amin' ny seza fiandrianan' i Davida. Ary io fihetsika io no ahazoany antoka ny toerana voalohany, manarakaraka an' i Kristy, ao amin' ny fanjakany vaovao. {IFM 773.1}

Nanao ny anjarany teo amin' ny famadihana an' i Jesosy ilay mpianatra sandoka. Raha nilaza izy tao amin' ny saha hoe : «Izay horohako no Izy; sambory Izy», dia nino tanteraka izy fa ho afaka tsy ho eo am-pelatanany Kristy. Amin' izay raha manameloka azy ireo, dia azony lazaina hoe : «Tsy nilaza taminareo ve aho hoe tazony mafy ?» {IFM 773.2}

Nanaraka ny tenin' i Jodasy ireto mpisambotra an' i Jesosy, ka namatotra Azy mafy. Gaga izy nahita fa nety hotarihina ny Mpamonjy. Nitebiteby izy nanaraka Azy avy ao amin' ny saha ho any amin' ny fitsarana teo anoloan' ny mpanapaka Jiosy. Isaky ny mihetsika ny Mpamonjy dia nantenainy hanampoka ny fahavalony, ka hiseho ho Zanak' Andriamanitra eo anatrehany, ary hanafoana ny tetika rehetra nokotrehiny sy ny heriny. Nefa nifandimby ny ora, ary nilefitra tamin' ny herisetra rehetra navangongo teo Aminy Jesosy. koa natahotra mafy ilay mpamadika sao nivarotra ny Tompony ho amin' ny fahafatesana izy. {IFM 773.3}

Rehefa nifarana ny fitsarana, dia tsy zakan' i Jodasy intsony ny fampahorian' ny feon' ny fieritreretany meloka. Nisy feo farina namakivaky tampoka ny efitra fitsarana, ka nampangitakitaka sy nampihorohoro ny fo rehetra nanao hoe : Tsy manan-tsiny Izy ; alefaso Izy Kaiafa o ! {IFM 773.4}

Indro Jodasy, lehilahy ranjanana nanavatsava ny vahoaka taitra dia taitra. Hatsatra sy reraky ny ahiahy ny endriny, ary vaventy fitete ny hatsembohana teny amin' ny handriny. Nisosasosa ho eo amin' ny seza fiandrianan' ny fitsarana izy, dia natsipiny teo anatrehan' ny mpisoronabe ireo lela vola volafotsy izay vidin' ny namadihany ny Tompony. Nohazoniny mafy ny akanjon' i Kaiafa, ka nitalaho taminy izy handefasany an' i Jesosy, ka nambarany fa tsy misy na inona na inona nataony tokony hahafaty Azy. Tezitra i Kaiafa nanakifika azy nefa very hevitra ka tsy hitany izay ho lazaina. Niseho ny faharatsian' ny mpisorona. Nazava fa nisy tetika efa nataon' ilay mpianatra mba hamadihany ny Tompony. {IFM 774.1}

«Nanota aho, hoy indray ny antsoantson' i Jodasy, satria namadika ra marina». Nahafehy ny tenany indray ny mpisoronabe ka namaly sady naneso hoe: «Ahoanay izany ? fa asa anao». Sitraky ny mpisorona ny nanao an' i Jodasy ho fitaovana, nefa nanao tsinontsinona ny fahambaniany izy. Rehefa nitodika tany aminy i Jodasy niaiky ny helony, dia nahifakifany. {IFM 774.2}

Niantoraka teo an-tongotr' i Jesosy i Jodasy, nanaiky Azy ho Zanak' Andriamanitra, ary niangavy Azy hanafaka ny tenany. Tsy nanome tsiny ilay mpamadika Azy ny Mpamonjy. Fantany fa tsy nibebaka i Jodasy. Noteren' ny fahatsapana mahatahotra fa voaheloka sy ny fibanjinany ny fitsarana ny fiaiken-keloka nataony avy tamin' ny fanahy meloka, fa tsy nahatsapa alahelo lalina avy amin' ny fo torotoro izy satria namadika Ilay Zanak' Andriamanitra tsy misy pentina, ka nandà Ilay Masin' Isiraely. Tsy nanao teny fanamelohana anefa Jesosy. Nijery an' i Jodasy Izy sady nangoraka nanao hoe : «Izao no nahatongavako teto amin' izao tontolo izao». {IFM 774.3}

Nimonomonona ny olona noho ny hatairany. Gaga izy nijery ny faharetam-pon' i Kristy tamin' ny mpamadika Azy. Nambabo ny fon' izy ireo indray sy naharesy lahatra azy ny hoe mihoatra noho ny olona mety maty ity olona ity. Nefa raha zanak' Andriamanitra Izy hoy ny fanontaniany, nahoana Izy no tsy manafaka ny fatorany, ka mandresy ireto mpiampanga Azy ? {IFM 774.4}

Hitan' i Jodasy fa tsy nisy vokany ny fiangaviany, ka nivoaka haingana ny efitrano fitsarana izy niloa-bava hoe : Diso aoriana loatra ! Diso aoriana loatra ! Tsapany fa tsy afaka ho velona hahita an' i Jesosy homboana amin' ny hazo fijaliana izy, ka namoy fo lasa nivoaka nanaton-tena. {IFM 774.5}

Taoriana kely, tamin' iny andro iny ihany, teo amin' ny lalana avy eo amin' ny efitrano fitsarana ho any Kalvary, niato ny antsoantso sy ny fanesoan' ny vahoaka ratsy fanahy izay nitondra an' i Jesosy ho any amin' ny toerana fanomboana amin' ny hazo fijaliana. Raha nandalo teo amin' ny toerana mangina izy. dia nahita ny fatin' i Jodasy teo am-pototry ny hazo maty iray. Zavatra mahatsiravina tsy nisy toy izany. Nanapaka ny tady nanantonany ny tenany teo amin' ny hazo ny lanjan' ny tenany. Rotidrotika ny tenany tamin' ny nianjerany, ary alika izao no nihinana izany. Nesorina tsy ho hita avy hatrany ny fatiny ; nihena anefa ny fanarabiana teo amin' ny vahoaka, ka betsaka ny endrika hatsatra izay nampiseho ny eritreritra tao anaty. Toa efa tonga sahady tamin' izay meloka noho ny ran' i Jesosy ny fitsarana. {IFM 775.1}

## Toko 77—Tao amin' ny fitsaran' i Pilato

Ao amin' ny efitra fitsaran' i Pilato. governora romana, Kristy no mijoro, mifatotra amin' ny maha-mpigadra Azy. Manodidina Azy ny miaramila mpiambina, ary tsy ela dia hipoky ny mpijery ny efitrano fitsarana. Eo ivelany, eo am-baravarana indrindra ny mpitsara ao amin' ny Synedriona. ny mpisorona. ny mpanapaka, ny loholona sy ny vahoaka romotra. {IFM 777.1}

Rehefa nanameloka an' i Jesosy ny filan-kevitry ny Synedriona dia nankeo amin' i Pilato izy mba hohamafisiny sy hampihariny ny didim-pitsarana. Tsy te-hiditra ao amin' ny efitra fitsarana Romana anefa ireto tompon' andraikitra jiosy ireto. Araka ny lalàna eo amin' ny fisoronana dia handoto azy izany, ary raha izany dia ho voasakana tsy handray anjara amin' ny andro firavoravoana amin' ny Paska izy. Noho ny fahajambany dia tsy hitany ny fankahalana sy ny vonoan' olona izay nandoto ny fony. Tsy hitany fa Kristy no tena Zanak' ondrin' ny Paska marina, ary satria efa nandà Azy izy, dia tsy misy dikany aminy intsony ilay andro firavoravoana lehibe. {IFM 777.2}

Rehefa nentina teo amin' ny efitra fitsarana ny Mpamonjy, dia maso feno tsy fitiavana no nijeren' i Pilato Azy. Nikoropaka avy tany amin' ny efitrano fandriany niantsoana azy ilay governora Romana ka nanapa-kevitra hanao ny asany haingana araka izay azo natao izy. Vonona ny hampiseho ny fahasahiany amin' ny maha-lehibe azy tamin' ilay mpigadra izy. Ny endriny masiaka indrindra no nentiny, ka nitodika izy hijery hoe karazan' olona manao ahoana no hodinihiny, izay niantsoana azy handao ny fialantsasany vao maraina be. Fantany fa tsy maintsy olona izay mahamay ny manam-pahefana Romana ny mitsara sy manafay azy haingana. {IFM 777.3}

Nijery ny olona nitondra an' i Jesosy i Pilato, avy eo dia nifantoka tamin' i Jesosy ny fijeriny manadihady. Efa nifandray tamin' ny karazan' olo-meloka isan-karazany izy. nefa tsy mbola nanoloana olona izay nanana fihetsika naneho fahatsaran-toetra sy fahamboniana toy izao nentina teo anatrehany izao. Tsy nahita aloky ny fahadisoana izy teo amin' ny endriny, na taratry ny tahotra, na fahasiahana na fiaikana. Olona tony sy mendrika no hitany, izay tsy nisy mariky ny heloka bevava ny tarehiny, fa sonian' ny lanitra. Nisy asany tsara tamin' i Pilato ny fisehoan' i Kristy. Nifoha ny toetrany tsara indrindra. Efa nandre ny amin' i Jesosy sy ny asany izy. Nolazain' ny vadiny taminy ny amin' ny asa mahagaga vitan' ilay mpaminany Galiliana, izay nanasitrana ny marary sy nanangana ny maty. Miverina toy ny nofy ao an-tsain' i Pilato izany. Tsaroany ny sahoa reny avy tamin' ny toerana maro. Nanapa-kevitra ny hanontany ny Jiosy izy ny amin' ny fiampangana ny mpifatotra. {IFM 778.1}

Iza io olona io, ary inona no antony nitondranareo azy atỳ amiko ? hoy izy: Inona no fiampangana ataonareo aminy ? Sanganehana ny Jiosy. Fantany fa tsy afaka hampivaingana ny fiampangana an' i Kristy izy, ka tsy tiany ny hisian' ny fandinihana ampahibemaso. Novaliany fa mpamitaka atao hoe Jesosy avy any Nazareta Izy. {IFM 778.2}

Nanontany indray i Pilato hoe : «Inona moa no iampanganareo io Lehilahy io ? «Tsy namaly ny fanontaniany ny mpisorona fa hoy izy tamin' ny teny izay nampiseho ny fahasosorany : Raha tsy mpanao ratsy Izy, dia tsy mba natolotray anao». Rehefa ny olona ao amin' ny Synedriona, izay lohany eo amin' ny firenena no mitondra olona izay heveriny fa mendrika ny ho faty, ilaina indray ve ny manontany izay niampangana azy ? Nanantena izy fa ho tsapan' i Pilato ny maha-ambony azy ireo. ka izany dia hitarika azy hanaiky ny fangatahany tsy misy fanadihadiana mialoha. Dodona ny hanamafisana ny didim-pitsarany izy. Fantany mantsy fa afaka hitantara zavatra hafa tanteraka noho izay noforoporonin' izy ireo amin' izao fotoana izao ireo olona nanatri-maso ny asa mahagaga nataon' i Kristy. {IFM 778.3}

Nihevitra ny mpisorona fa tsy hisy hanahirana ny fahatanterahana ny drafitra nataony noho ny amin' i Pilato izay tsy manankery sy mihambahamba. Talohan' izao dia efa nosoniaviny maimaika ny fanamarinana ny fanamelohana ho faty olona izay fantatr' izy ireo fa tsy mendrika ny ho faty. Teo imason' i Pilato, tsy dia nisy antony firy ny ain' ny mpifatotra, na tsy nanan-tsiny izy na meloka, tsy dia nampaninona izany. Nanantena ny mpisorona fa hampihatra ny sazy amin' ny fanamelohana ho faty i Pilato na tsy nihaino Azy aza. Nangatahiny ho fanomezana ho azy ireo izany noho ny andrompiravoravoana lehibe teo amin' ny firenena. {IFM 778.4}

Nisy zavatra anefa teo amin' ilay mpifatotra izay nitana an' i Pilato tsy hanao izany. Tsy sahiny ny nanao izany. Novakiany ny fikasana tao an-tsain' ny mpisorona. Tsaroany fa tsy ela talohan' izao, dia nanangana an' i Lazarosy Jesosy. olona izay efa maty efarana, ka nanapa-kevitra izy fa alohan' ny hanaovany sonia ny didy manameloka ho faty, dia tiany ny hahafantatra ny fiampangana Azy, ary raha azo hamarinina izany na tsia. {IFM 779.1}

Raha ampy ny fitsaranareo hoy izy, nahoana no entinareo aty amiko ny mpifatotra ? «Entonareo Izy, ka tsarao araka ny lalànareo». Voatery toy izany ny mpisorona ka nilaza fa efa namoaka didimpitsarana ny Aminy izy. nefa tsy maintsy misy didy avy amin' i Pilato vao manan-kery ny fanamelohana nataony. Inona no didy navoakanareo ? hoy i Pilato nanontany. Fanamelohana ho faty, hoy ny valinteniny, nefa tsy ara-dalàna raha

izahay no mampamono olona ho faty. Nangatahiny i Pilato handray ny teny nataony momba ny fahadisoan' i Kristy, ka hanamafy ny didim-pitsarana. Horaisiny ho andraikitra ny vokatr' izany. {IFM 779.2}

Pilato dia tsy mpitsara marina sy nihaino ny feon' ny fieritreretany ; nefa na dia nanana toetra malemy lehibe toy inona aza izy, dia nolaviny ny hanaiky io fangatahana io. Tsy te-hanameloka an' i Jesosy izy, raha tsy misy fiampangana Azy ara-dalàna. {IFM 779.3}

Tafiditra tamin' ny kizo ny mpisorona. Hitany fa tsy maintsy ho saronany sy hafeniny any amin' ny lalina indrindra ny fihatsarambelatsihiny. Tsy azony aseho fa resaka ara-pivavahana no nisamborana an' i Jesosy. Raha izany no aseho ho antony, dia tsy hisy lanjany amin' i Pilato ny tetika nataony. Tsy maintsy hasehony fa nanao zavatra nanohitra ny lalàm-panjakana Jesosy, amin' izay dia azo faizina amin' ny mahampandika lalàna ara-politika Izy. Nisy mandrakariva ny tabataba sy ny rotaka tamin' ny fitondram-panjakana Romana teo amin' Jiosy. Henjana dia henjana ny Romana raha ny amin' ireny fikomiana ireny, ka nanara-maso hatrany izy mba hamoritra izay rehetra mety hitarika korontana. {IFM 779.4}

Vao andro vitsivitsy talohan' izao dia niezaka ny hamandrika an' i Kristy ny Fariseo tamin' ny fanontaniana hoe : «Mety va raha mandoa vola hetra ho an' i Kaisara izahay, sa tsia ?» Nalain' i Kristy sarona anefa ny fihatsarambelatsihiny. Nahita ny tsy fahombiazana tanteraka nahazo an' ireo mpamandrika ny Romana nanatri-maso teo sy ny fahareseny rehefa namaly Izy hoe: «Aloavy ho an' i Kaisara izay an' i Kaisara, ary ho an' Andriamanitra izay an' Andriamanitra». {IFM 780.1}

Nihevitra izao ny mpisorona ny hampiseho fa nampianatra izay nantenainy ampianarin' i Kristy izy tamin' io fotoana io. Noho ny fahaporetany dia niantso vavolombelona mandainga izy hanampy azy, «dia niampanga Azy izy ka nanao hoe : Ilehity hitanay nampiodina ny firenenay sady nandrara tsy handoa hetra ho an' i Kaisara ka nilaza ny tenany ho Kristy Mpanjaka». Fiampangana telo sosona, samy tsy marim-pototra. Fantatry ny mpisorona izany, nefa vonona ny hiozona izy mba hahatanteraka ny zava-kendreny. {IFM 780.2}

Hitan' i Pilato ny fikasan' izy ireo. Tsy ninoany fa nioko hanohitra ny fitondram-panjakana ilay mpifatotra; tsy nifandrindra tanteraka tamin' ny fiampangana Azy ny toetrany malemy fanahy sy nanetri-tena. Resy lahatra i Pilato fa nisy fiokoana mahatsiravina notetehina mba handringanana olona tsy manan-tsiny izay manakantsakana ny lalan' ireto manam-boninahitra Jiosy. Nitodika tany amin' i Jesosy izy ka nanontany

hoe : «Ianao va no Mpanjakan' ny Jiosy. Namaly ny Mpamonjy hoe : Voalazanao». Raha niteny Izy dia nazava ny endriny toy ny nisy tana-masoandro namirapiratra taminy. {IFM 780.3}

Rehefa ren' i Kaiafa sy ireo izay niaraka taminy ny valinteniny, dia niantso an' i Pilato ho vavolombelona izy fa efa nanaiky ny heloka bevava izay niampangana Azy Jesosy. Niantsoantso sy nihorakoraka ny mpisorona, ny mpanora-dalàna sy ny mpanapaka, nangataka ny hamoahana didy hamono Azy ho faty. Notohizan' ny vahoaka romotra ny antsoantso ka nankarenina ny tabataba. Very hevitra i Pilato. Hitany fa tsy namaly ny mpiampanga Azy Jesosy ka hoy izy taminy : «Tsy renao va izany zavatra iampangana Anao izany ? Fa tsy namaly azy Izy na dia indraim-bava akory aza». {IFM 780.4}

Nijoro teo an-damosin' i Pilato Kristy, hitan' izay rehetra tao amin' ny efitra fitsarana, ary reny ny fanevatevana azy : nefa tsy nisy teny novaliany na dia iray aza ny fiampangana diso rehetra natao taminy. Ny fihetsiny rehetra dia porofo mazava ny fahatsapany ny tsy fananany tsiny. Tsy voahozongozon' ny faharomotan' ny onjan-drano miantonta manodidina Azy Izy. Ny fahitana izany dia toy ny alon-drano mavesatra sy misafoaka misondrotra ambony kokoa hatrany, tahaka ny onjan' ny ranomasim-be misamboaravoara, izay miantonta nanodidina Azy, nefa tsy nikasika Azy. Nijoro nangina Izy. nefa nampihetsi-po ny fahanginany. Nisy fahazavana namirapiratra avy ao anaty nanazava ny endriny ivelany. {IFM 780.5}

Nitolagaga i Pilato tamin' ny fihetsiny. Moa ve tsy mandraharaha ny fanenjehana Azy ity olona ity satria tsy mihevitra izay hamonjy ny ainy. hoy izy nanontany tena. Raha nibanjina an' i Jesosy izy, izay nizaka ny fitenenan-dratsy sy ny fanarabiana nefa tsy namaly dia tsapany fa tsy ho azony atao ny tsy ho marina sy tsy hanao ny rariny toy ireo mpisorona niantsoantso. Nanantena ny handray ny fahamarinana avy Aminy izy ary mba hialany ny tabataban' ny vahoaka, dia nentin' i Pilato nitanila kely Jesosy ka nanontaniany indray hoe : «Ianao ve no Mpanjakan' ny Jiosy ?» {IFM 781.1}

Tsy namaly mivantana ny fanontaniana Jesosy. Fantany fa niasa mafy tamin' i Pilato ny Fanahy Masina mba hambabo azy. ka nomeny fotoana izy ahazoany mahafantra izay maharesy lahatra azy : «Hevitrao ihany va no anaovanao izany. sa misy hafa nilaza Ahy taminao?» Izany hoe, moa ve ny fiampangana ataon' ny mpisorona, na ny faniriana handray ny fahazavana avy amin' i Kristy no nanosika ny fanontanian' i Pilato ? Azon' i Pilato ny tian' i Kristy holazaina; nefa nirongatra tao am-pony ny avonavona. Tsy hanaiky ny fandresen-dahatra mibosesika ao aminy izy. «Moa aho Jiosy ?» hoy izy. «Ny

firenenao sy ny mpisoronabe no nanolotra Anao tamiko ; inona moa no nataonao ?» {IFM 781.2}

Lasa ilay fotoam-bolamena azon' i Pilato nohararaotina. Tsy navelan' i Jesosy tsy hahazo fahazavana hafa anefa izy. Tsy namaly mivantana ny fanontanian' i Pilato Izy, fa napetrany mazava kosa ny asa nanirahana ny tenany. Nataony izay hahafantaran' i Pilato fa tsy nikatsaka seza fiandrianana tetỳ an-tany Izy. {IFM 781.3}

«Ny fanjakako tsy avy amin' izao tontolo izao», hoy Izy. «Raha mba any amin' izao tontolo izao ny fanjakako, dia ho niady ny mpanompoko, mba tsy ho voatolotra tamin' ny Jiosy Aho, nefa ankehitriny tsy avy amin' izany ny fanjakako. Ary hoy i Pilato taminy : Mpanjaka va ary Ianao ? Jesosy namaly hoe : Voalazanao fa mpanjaka Aho. Izao no nahaterahako. ary izao no niaviako amin' izao tontolo izao, dia ny hanambara ny marina. Izay rehetra avy amin' ny marina dia mihaino ny feoko». {IFM 781.4}

Nambaran' i Kristy mazava fa ny teniny dia fanalahidy izay hamoha ny zava-miafina ho an' izay voaomana handray izany. Manankery mibaiko ny tenany izany, ary izany no tsiambaratelon' ny fiparitahan' ny fanjakan' ny fahamarinana. Niriny i Pilato hahazo fa ny fandraisana sy ny fitazonana ny fahamarinana ihany no afaka hamerina indray ny toetrany simba. {IFM 782.1}

Nanam-paniriana ahafantatra ny marina i Pilato. Nikorontana ny sainy. Nofikirina tamin-kafanam-po ny tenin' ny Mpamonjy, ka voahetsiky ny faniriana mafy sy lalina ahafantatra izay tena marina ny fony sy ny fomba ahazoana izany. «Inona no marina ?» hoy ny fanontaniany. Tsy niandry ny valiny anefa izy. Nampitodika azy ho amin' ny zava-manahirana azy tamin' izay fotoana izay ny horakoraka tao ivelany. Nikotaba mantsy ny mpisorona nitaky asa avy hatrany. Nivoaka nankeo amin' ny Jiosy izy, ka nilaza tamin' ny fomba manetriketrika hoe : «Tsy hitako izay helony na dia kely akory aza». {IFM 782.2}

Fanomezan-tsiny mivaivay tamin' ny toetra mamitaka sy mandainga nasehon' ny mpanapaka teo amin' Isiraely izay niampanga ny Mpamonjy ireo teny nataon' ny mpitsara jentilisa ireo. Raha nandre izany tamin' i Pilato ny mpisorona sy ny loholona, dia tsy nisy fetrany intsony ny fahadisoam-panantenany sy ny faharomo tany. Efa nioko ela izy ireo sy ela niandrasana izao fotoana mety izao. Raha hitany fa mety havotsitra fotsiny Jesosy, dia toa vonona ny handrotika Azy izy. Nampangainy tamin' ny feo mafy i Pilato ka norahonany hosazin' ny fitondram-panjakana Romana. Nampangainy ho tsy mety manameloka an' i Jesosy izy, Izay noantitranterin' izy ireo fa nitonon-tena hanohitra an' i Kaisara. {IFM 782.3}

Feo feno hatezerana izao no re manambara fa fantatra manerana ny firenena ny hery mampikomy miasa mangina avy amin' i Jesosy. Hoy ny mpisorona hoe : «Nampiodina ny olona Izy sady nampianatra eran' i Jodia rehetra, nanomboka hatrany Galilia ka hatraty». {IFM 782.4}

Tsy nihevitra ny hanameloka an' i Jesosy i Pilato tamin' izay fotoana izay. Fantany fa niampanga Azy ny Jiosy noho ny fankahalana sy ny hevi-diso nibahana tao an-tsainy. Fantany ny adidiny. Nitaky ny handefasana an' i Jesosy avy hatrany ny fahamarinana. Natahotra mafy ny fanirian-dratsin' ny vahoaka anefa i Pilato. Raha laviny ny manolotra an' i Jesosy ho eo am-pelatanany, dia hisy tabataba, ary natahorany ny hisetra izany. Rehefa reny fa avy any Galilia Kristy, dia nanapa-kevitra ny handefa Azy any amin' i Heroda izy, mpanapaka ny faritany, izay tao Jerosalema tamin' izay fotoana izay. Nihevitra i Pilato tamin' izay fotoana izay fa hamindra ny andraikitry ny fitsarana tsy ho eo aminy fa ho amin' i Heroda. Nihevitra koa izy fa fotoana mety izao hamitranana ny fihavanan' izy sy Heroda, izay rava hatry ny ela. Tanteraka izany. Nifankahazo ireo mpitsara roalahy tamin' ny fitsarana ny Mpamonjy. {IFM 782.5}

Naverin' i Pilato tamin' ny miaramila indray Jesosy ka noritaritaina ho any amin' ny efitra fitsaran' i Heroda. tao anatin' ny akora sy ny fitenenan-dratsy. «Ary faly dia faly Heroda. raha nahita an' i Jesosy». Tsy mbola nihaona tamin' ny Mpamonjy izy talohan' izao, fa «efa naniry ela hahita Azy izy. satria efa nandre ny Aminy ary nanantena hahita famantarana hataony. Io Heroda io no nandoto ny tanany tamin' ny ran' i Jaona Mpanao batisa. Fony i Heroda nandre voalohany ny amin' i Jesosy, dia raiki-tahotra izy, fa hoy izy : «Jaona izay, ilay notapahiko ny lohany, efa nitsangana izy» ; «koa izany no ananany hery hanao izany asa lehibe izany». Naniry ny hahita an' i Jesosy anefa i Heroda. Izao no fotoana mety hamonjena ny ain' ity mpaminany ity, ka nanantena ny Mpanjaka fa handroaka mandrakizay tsy ho ao an-tsainy ny fahatsiarovany ilay loha feno ra nentina tamin' ny lovia teo anatrehany. Niriny koa ny hanome fahafaham-po ny fitiavany hahita zavatra, ka nihevitra izy fa raha aseho an' i Kristy fa mety ho afaka Izy, dia hataony izay rehetra angatahina Aminy. {IFM 783.1}

Mpisorona sy loholona be dia be no nanaraka an' i Kristy ho any amin' i Heroda. Ary rehefa nampidirina ny Mpamonjy. dia samy nirehidrehitra ireto olo-manan-kaja niteny, nanantitrantitra ny fiampangana Azy. Tsy noraharahin' i Heroda firy anefa ny fiampangany. Nasainy nangina ny olona, te-hanana fotoana mety hanontaniana an' i Kristy izy. Nasainy novahana ny fatoran' i Kristy ary niaraka tamin' izay dia nampangainy ho nitratrevatreva taminy ny fahavalony. Nangoraka izy nijery ny endrika tonin' ny Mpanavotra an' izao tontolo izao, ary fahendrena sy fahadiovana ihany no

novakiany teo aminy. Tahaka an' i Pilato dia nahafantatra tsara izy fa faharatsian-toetra sy fialonana no nahatonga Azy ho voampanga. {IFM 783.2}

Nanontany an' i Kristy tamin' ny teny maro i Heroda. nefa nitoetra tao amin' ny fahanginana lalina hatrany ny Mpamonjy. Rehefa nibaiko ny mpanjaka, dia nantsoina hiditra ny marary sy ny malemy, ary nasaina nanaporofo ny filazany Kristy amin' ny fanaovany fahagagana. Milaza ny olona fa mahay manasitrana ny marary Ianao, hoy i Heroda. Tiako ho hita fa tsy tafahoatra ny lazanao hatraiza hatraiza. Tsy namaly Jesosy, koa mbola namporisika ihany i Heroda. Raha afaka manao fahagagana ho an' ny hafa Ianao, ataovy izany izao noho ny amin' ny tenanao, fa hahasoa Anao izany. Nibaiko indray izy ; manaova famantarana fa manana ny hery izay lazain' ny feo mandeha fa ananananao ianao. Nefa toy ny olona tsy mandre sady tsy mahita i Kristy. Nitafy ny nofon' olombelona ny Zanak' Andriamanitra. Tsy maintsy manao izay fanaon' ny olona amin' ny toe-javatra toy izao Izy. Noho izany dia tsy hanao fahagagana hamonjena ny tenany amin' ny fangirifiriana sy ny fanalam-baraka izay tsy maintsy hiaretan' ny olona rehefa amin' ny toerana mitovy amin' izao Izy. {IFM 784.1}

Nampanantena i Heroda fa raha manao fahagagana eo anatrehany Kristy, dia halefany Izy. Ny mason' ny mpiampanga an' i Kristy mihitsy no nahita ny asa lehibe vita tamin' ny alalan' ny heriny. Efa nandre Azy nibaiko ny fasana hamoha ny maty ao aminy izy. Efa nahita ny maty nivoaka nankato ny feony izy. Natahotra izy sao manao fahagagana Izy izao. Handrodana tanteraka ny drafitra nataony ny fanehoan-javatra toy izany, ary angamba haningotra ny ainy aza. Nitebiteby fatratra ny mpisorona sy ny mpanapaka ka noantitranteriny indray ny fiampangana Azy. Nanandratra ny feony izy, ka nilaza Azy ho mpamadika, mpiteny ratsy an' Andriamanitra. Nanao fahagagana Izy tamin' ny alalan' ny hery nomen' i Belzeboba Azy, ilay andrianan' ny devoly. Nanjary nisaritaka ny tao amin' ny trano fitsarana, ny sasany niantsoantso zavatra iray, ny sasany zavatra hafa. {IFM 784.2}

Efa nihena tsy naranitra intsony tahaka ny fony izy nangovitra sy nihorohoro tamin' ny fangatahan' i Herodiasy ny lohan' i Jaona Mpanao batisa izao ny feon' ny fieritreretan' i Heroda. Nisy fotoana izay nahatsapany ny kaikitra mahararin' ny nenina noho ny zavadoza nataony ; nefa nitotongana hatrany ny fahatsiarovan-tenany eo amin' ny ara-pitondran-tena noho ny filibana teo amin' ny fiainany. Efa nihamafy indrindra izao ny fony hany ka nireharehany aza ny famaizana nataony tamin' i Jaona. noho izy sahy nanome tsiny azy. Izao dia nandrahona an' i Jesosy izy, namerimberina fa manana fahefana handefa na hanameloka Azy. Nefa tsy nisy hita teo amin' i Jesosy ny famantarana fa nisy teny reny. {IFM 784.3}

Nahasosotra an' i Heroda io fanginana io. Toa nampiseho tsy firaihana ny fahefany izany. Ho an' ilay mpanjaka mirehareha sy tia fisehosehoana, dia tsy mamely azy toy ny hodian-tsy hita izao ny faniniana mivantana. Norahonany tamin-katezerana indray Jesosy. Izay mbola tsy nihontsona sy nangina ihany. {IFM 785.1}

Tsy hanome fahafaham-po ny fitiavan-kahita zavatry ny tsy manan-katao no asa nanirahana an' i Kristy teto amin' izao tontolo izao. Hanasitrana ny torotoro fo no nahatongavany. Raha afaka nanao teny hanasitranana ny ratran' ny fanahy mararin' ny fahotana Izy. dia tsy nangina. Fa tsy nanao teny ho an' ireo izay nanitsakitsaka fotsiny ny fahamarinana tamin' ny tongotra tsy masina Izy. {IFM 785.2}

Azon' i Kristy natao ny namoaka teny nanagorobaka ny sofin' ilay mpanjaka mafy fo. Azony natao ny nampiraiky tahotra azy sy nampangovitra azy tamin' ny famelarana ny fiainany feno faharatsiana teo anatrehany, sy nameno azy tamin' ny horohoro ny loza nanatona azy. Nefa ny fanginan' i Kristy no fanomezan-tsiny mafy indrindra azony nomena. Nitsipaka ny fahamarinana nambaran' ny mpaminany lehibe indrindra i Heroda. koa tsy nisy hafatra hafa horaisiny. Tsy nanan-teny ho azy Ilay andrianan' ny Lanitra. Ilay sofina vonona mandrakariva hihaino ny fahorian' ny olombelona. dia tsy nanana toerana ho an' ny baikon' i Heroda. Ireo maso izay nampitoetra fangorahana sy fitiavana mamela heloka tamin' ny mpanota nibebaka, dia tsy nitopy tamin' i Heroda. Ireo molotra izay nanambara ny fahamarinana nilatsaka tao am-po indrindra, izay niangavy tamin» ny feo feno fitiavana indrindra ny mpanota be indrindra sy nivarilavo ambany indrindra, dia nikombona teo amin' ilay mpanjaka nizahozaho tsy nahatsapa ny filany Mpamonjy. {IFM 785.3}

Nihamaloka noho ny hatezerana ny endrik» i Heroda. Nitodika tany amin' ny vahoaka romotra izy ka niampanga an' i Jesosy ho mpisandoka. Dia hoy izy tamin» i Kristy : Raha tsy manome porofo ny amin' izay lazainao Ianao, dia ho atolotro ny miaramila sy ny vahoaka. Afaka mampiteny Anao ireo. Raha misandoka Ianao. dia fahafatesana eo am-pelatanan» ireo ihany no mendrika Anao ; raha Zanak' Andriamanitra Ianao, dia vonjeo ny tenanao ka manaova fahagagana. {IFM 785.4}

Raha vantany vao vita ireo teny ireo, dia nirohotra nankeo amin' i Kristy ny olona. Tahaka ny bibidia ny vahoaka niantoraka teo amin' ny hazany. Nifandrotehana toy izany Jesosy ary nanampy ny vahoaka romotra i HeFoda niezaka ny hampietry ny Zanak' Andria-manitra. Raha tsy nisalovana ny miaramila romana, ka nanosika ny vahoaka nisafoaka, dia ho rotidrotika ny Mpamonjy. {IFM 786.1}

«Ary Heroda sy ny miaramilany namingavinga Azy ka nanao Azy ho fihomehezana,

dia nampiankanjo Azy akanjo tsara». Nandray anjara tamin' io fanaovana an-keriny io ny miaramila romana. Izay rehetra azon' ireo miramila ratsy fanahy, maloto fitondran-tena ireo natao sy noforonina, nampian' i Heroda sy ny olo-manan-kaja jiosy, dia navongainginy tamin' ny Mpamonjy. Tsy nihontsona anefa ny faharetany avy amin' Andriamanitra. {IFM 786.2}

Efa niezaka ny hampitovy ny toetra amam-panahin' i Kristy tamin' ny an' ny tenany ny mpanenjika Azy ; efa nasehony ho ratsy sy ambany tahaka ny tenany Izy. Tao ambadiky ny fisehoan-javatra ankehitriny anefa dia nisy toe-javatra hafa nitsofoka, — toe-javatra izay ho hitan' izy rehetra ao amin' ny voninahiny indray andro any. Nisy nangovitra teo anatrehan' i Kristy. Raha niankohoka teo anatrehany ho fanarabiana Azy ny vahoaka marobe tsy nisy fanajana, dia nisy saika hanao izany niverina natahotra sady sina. Resy lahatra i Heroda. Namirapiratra farany teo amin' ny fony nohamafisin' ny fahotana ny tana-masoandron' ny fahazavana sy ny famindrampo. Tsapany fa tsy olona tsotra io ; namirapiratra tao anatin' ny mahaolombelona ny maha-Andriamanitra Azy. Tamin' izay fotoana izay indrindra raha voahodidin' ny mpaneso sy ny mpijangajanga ary ny mpamono olona Jesosy, dia tsapan' i Heroda kosa fa nibanjina an' Andriamanitra teo amin' ny fiandrianany izy. {IFM 786.3}

Na dia mafy fo aza i Heroda, dia tsy sahy nanamafy ny fanamelohana an' i Kristy izy. Te-hanala ny tenany tamin' ny andraikitra mahatsiravina izy, ka naveriny ho any amin' ny efitra fitsaran' ny Romana Jesosy. {IFM 786.4}

Diso fanantenana sy sorena be i Pilato rehefa niverina niaraka tamin' ny mpifatotra nentiny ny Jiosy ; dia tezitra izy nanontany izay tian' izy ireo hataony. Nampahatsiahiviny azy ireo fa efa nandinika ny momba an' i Jesosy izy, ka tsy nahita fahadisoana taminy ; nambarany azy ireo fa nametraka fitarainana momba Azy izy, nefa tsy afaka nanaporofo na dia fiampangana iray aza izy ireo. Efa nandefa an' i Jesosy tany amin' i Heroda izy, ilay mpanapaka an' i Galilia, sady iray firenena tamin' ireo, nefa io koa tsy nahita na inona na inona tokony hanamelohana Azy ho faty. «Koa hofaizako Izy hoy i Pilato, dia halefako». {IFM 786.5}

Teto i Pilato no naneho ny fahalemeny. Nolazainy fa tsy nanantsiny Jesosy, nefa sitrapony ny hampikapoka karavasy Azy mba hanome fahafaham-po ireto mpiampanga Azy. Hataony sorona ny fahamarinana sy ny foto-kevitra mba hitadiavany izay marimaritra hiraisana ka hampitony ny vahoaka romotra. Nametraka azy teo amin' ny toerana tsy tsara izany. Nohararaotin' ny olona ny tsy fahatapahan-keviny, ka vao mainka niantsoantso izy, nitady ny ain' ny mpifatotra. Raha nijoro tsara i Pilato tamin' ny

voalohany, ka nandà ny hanameloka olona hitany fa tsy nanan-tsiny, dia ho nanapaka ilay rojo nahitany loza izay hamatotra azy amin' ny nenina sy ny heloka mandra-pahafatiny izy. Raha notanterahiny izay naharesy lahatra azy fa marina, dia tsy ho sahy nibaiko azy ny Jiosy. Tsy afaka fa ho faty ihany Kristy, saingy tsy i Pilato no hitoeran' ny heloka. Niandalana no nanoheran' i Pilato ny feon' ny fieritreretany. Nanala tsiny ny tenany izy, tsy nitsara araka ny rariny sy ny hitsiny, koa ankehitriny dia indro fa lasa nalemy teo an-tanan' ny mpisorona sy ny mpanapaka. Nampidi-doza azy ny tsy fahaizany manapakevitra. {IFM 787.1}

Na tamin' io fotoana io aza anefa, dia tsy navela ho jamba i Pilato ka tsy ahafantatra. Nisy hafatra avy amin' Andriamanitra nampitandrina azy tsy hanao ny asa izay efa hotanterahiny. Ho valin' ny fivavahana nataon' i Kristy, dia nisy anjely avy any andanitra namangy ny vadin' i Pilato, niseho taminy tao amin' ny nofy ny Mpamonjy, ary niresaka taminy. Tsy Jiosy ny vadin' i Pilato, nefa rehefa nahita an' i Jesosy tao amin' ny nofy izy, dia tsy nisalasala ny amin' ny toetra amam-panahiny na ny asa nanirahana Azy. Fantany fa andrianan' Andriamanitra Izy. Nahita Azy notsaraina teo amin' ny efitrano fitsarana izy. Nahita ny tanany nifatotra mafy toy ny tanan' ny mpanao meloka izy. Hitany i Heroda sy ny miaramilany nanao ny asany mahatsiravina. Reny ny mpisorona sy ny mpanapaka, feno fialonana sy faharatsiana, niampanga toy ny adala. Reny ny teny hoe : «Manana lalàna izahay, ary araka ny lalànay dia tokony ho faty Izy». Hitany i Pilato nanolotra an' i Jesosy ho kapohina rehefa avy nilaza hoe : «Tsy hitako izay diso Aminy». Reny ny fanamelohana nataon' i Pilato, ka hitany izy nanolotra an' i Kristy tamin' ireto mpamono Azy. Hitany ny hazo fijaliana nisandratra teo Kalvary. Hitany ny tany rakotry ny haizina, ka reny ilay feo mifono zava-miafina hoe : «Vita». Mbola nisy toe- javatra hafa koa nifantohan' ny fijeriny. Hitany Kristy nipetraka teo amin' ny rahona fotsy lehibe, raha nivembena teo amin' ny toerany ny tany, ka nandositra tsy ho eo anatrehan' ny voninahiny ny mpamono Azy. Nikiakiaky ny tahotra izy ka taitra, ary avy hatrany dia nanoratra tamin' ny Pilato hampitandrina azy. {IFM 787.2}

Raha nisalasala ny amin' izay hataony i Pilato, dia nisy mpitondra hafatra nanavatsava ny vahoaka. ka nanolotra azy taratasy avy tamin' ny vadiny. Toy izao ny fivakiny : {IFM 788.1}

«Aza manao na inona na inona amin' izany Lehilahy marina izany, fa nampahory ahy be ihany ny nanofisako Azy any naraina». {IFM 788.2}

Nivaloharika ny endrik' i Pilato. Nahavery hevitra azy ny fihetseham-pony nifanipaka. Nefa raha mbola nitaredretra izy, dia mbola nampirehitra bebe kokoa ny sain'

ny vahoaka ny mpisorona sy ny mpanapaka. Voatery hanao zavatra i Pilato. Tonga tao an-tsainy izao ny fomba amam-panao iray izay azo ampiasaina mba hahazoana antoka ny fandefasana an' i Kristy. Fomba tamin' io andro firavoravoana io ny mandefa mpifatotra iray izay azon' ny vahoaka nofidina. Fomba noforonin' ny mpanompo sampy izany ; tsy misy aloky ny fahamarinana tamin' izany, nefa dia nankafizin' ny Jiosy fatratra. Tamin' io fotoana io. dia nisy mpifatotra atao hoe Barabasy teo am-pelatanan' ny fahefana Romana. izay voaheloka ho faty. Nihambo ho Mesia io lehilahy io. Nihambo ho nanana fahefana hampitoetra amin-javatra hafa izy. mba hametraka an' izao tontolo izao eo amin' ny marina. Nofitahin' i Satana izy ka nilaza fa na inona na inona mety ho azony amin' ny halatra sy ny fandrobana, dia azy. Nanao zava—mahagaga izy tamin' ny alalan' ny anjelin' i Satana. nisy nanaraka azy ny vahoaka. ary nitarika fikomiana tamin' ny fitondram-panjakana Romana izy. Nisalotra hafanam-po arapivavahana izy. nefa olona ratsy fanahy, mahavanon-doza, nirona ho amin' ny fikomiana sy ny habibiana. Raha nampisafidy ny vahoaka an' io lehilahy io sy ny Mpamonjy tsy manan-tsiny i Pilato. dia nihevitra izy fa hifoha ao amin' izy ireo ny fahatsiarovana ny rariny. Nanantena izy fa hisy hiray fo amin' i Jesosy ka hanohitra ny mpisorona sy ny mpanapaka. Nitodika tany amin' ny vahoaka ary izy ka niteny tamin-kafanam-po be hoe : «Iza moa no tianareo halefako ho anareo ? Barabasy sa Jesosy. Izay atao hoe Kristy ?» {IFM 788.3}

Tahaka ny fimaman' ny bibi-dia ny valintenin' ny vahoaka romotra nanao hoe : Alefaso ho anay i Barabasy. Nihamafy sy nitombo hatrany ny antsoantso hoe : Barabasy ! Barabasy ! Nohe- verin' i Pilato fa tsy azon' ny vahoaka ny fanontaniany ka nanontany izy hoe : «Tianarao va raha halefako ho anareo ny Mpanjakan' ny Jiosy ?» Nefa niantso indray ireo ka nanao hoe : «Tsy Ilehio fa alefaso ho anay Barabasy !» «Inona ary no ataoko amin' i Jesosy Izay atao hoe Kristy ?» hoy ny fanontanian' i Pilato. Nisasasasa indray ny fitrenan' ireo olona marobe tahaka ny demonia. Ny demonia mihitsy, naka ny endrik' olombelona. no tao amin' ny vahoaka. koa inona no nampoizina afa-tsy ny valinteny hoe : «Aoka homboina amin' ny hazo fijaliana Izy». {IFM 788.4}

Very hevitra i Pilato. Tsy nampoiziny ny ho tonga tamin' izany. Nihemotra izy, tsy nanafaka olona tsy manan-tsiny amin' ny fahafatesana mahamenatra sy loza indrindra ampiharina. Rehefa nangina ny firohondrohon' ny feo. dia nitodika tany amin' ny vahoaka izy ka nanao hoe : «Fa inona moa no ratsy nataony ?» Efa lasa lavitra loatra anefa ny toe-javatra ka tsy misy handaharana intsony. Tsy ny porofo mazava maha-tsy manan-tsiny an' i Kristy no nangatahiny, fa ny fanamelohana Azy. {IFM 789.1}

Niezaka ihany i Pilato namonjy Azy. «Fa hoy izy taminy fanintelony : Ka inona ary no ratsy nataony ? tsy hitako izay helony tokony hahafaty Azy ; koa hofaizina Izy, dia

halefako». Nefa ny filazana indrindra ny fandefasana Azy dia nanaitra ny vahoaka tamin' ny fahavinirana im-polo heny. «Homboy ! Homboy ! hoy ny antsoantson' ny vahoaka. Nitombo nihamafy ka nihamafy hatrany ny tafiotra, vokatry ny tsy fahatapahan-kevitr' i Pilato. {IFM 789.2}

Nentina Jesosy, reraky ny havizanana sy rakotry ny ratra, ka nokapohina teo imason' ny vahoaka marobe. {IFM 789.3}

«Ary ny miaramila nitondra an' i Jesosy, ho eo an-kianja, dia ao anati-rova, sady nanangona ny miaramila namany rehetra. Ary dia nampitafy azy lamba volomparasy izy. sady nandrandrana satroka tsilo, ka nasatrony ny lohany. Ary dia niarahaba Azy hoe izy : «Arahaba, ry Mpanjakan' ny Jiosy ! Ary . . . nandrora Azy izy. dia nandohalika sy niankohoka teo anatrehany». Indraindray dia misy tanan' olona ratsy fanahy nitselika ny volotara napetraka teo antanany, ka nikapoka ny satro-tsilo teo amin' ny handriny, ary nandentika ny tsilo teo amin' ny fihirifany, ka nampikoriana ny ra nanaraka ny tarehiny sy ny volombavany. {IFM 789.4}

Mitalanjona ry lanitra ! aoka hitolagaga ry tany ! Indro ny mpampahory sy ny ampahoriana. Vahoaka lasa adala no mifanizina manodidina ny Mpamonjy an izao tontolo izao. Nifangaro tamin' ny fanesoana sy ny fanarabiana ny ompa sahy ratsy sy ny fitenenandratsy an' Andriamanitra. Ny fahaterahany feno fanetren-tena sy ny fiaikany tsotra no nentin' ireto vahoaka romotra sy tsy mahatsapa na inona na inona namingavinga Azy. Atao fihomehezana ny filazany ny tenany ho Zanak' Andriamanitra, ka natao fary nitety reny ny vazivazy sy ny ompa feno fanarabiana. {IFM 789.5}

Satana no mitarika ireo vahoaka masiaka sy romotra ireo teo amin' ny herisetra nataony tamin' ny Mpamonjy. Ny nokasainy dia ny ahatonga Azy hamaly raha azo atao. na ny hitarika Azy hanao fahagagana mba hanafahany ny tenany, ka amin' izay dia ho tapaka tangarana ny drafitry ny famonjena.. Pentina iray teo amin' ny fiainan' ny maha-olombelona Azy, tsy fahazakany ny fisedrana mahatsiravina indray mandeha monja teo amin' ny maha-olombelona Azy, dia ho lasa fanatitra tsy tanteraka ny Zanak' ondrin' Andriamanitra, dia ho fefika ny fanavotana ny olona. Nefa Ilay afaka miantso ny tafiky ny lanitra hanampy Azy raha baikoany indray mandeha, — Ilay afaka mampandositra ireto vahoaka romotra ireto noho ny tahotra ka tsy ho eo anatrehany raha hampamirapiratiny ny fahalehibeazan' ny maha-Andriamanitra Azy, — dia nilefitra tamim-pahatoniana feno sy tanteraka teo anatrehan' ny fanevatevana sy ny fanalam-baraka mahatsiravina indrindra. {IFM 790.1}

Nangataka fahagagana ny fahavalon' i Kristy ho porofon' ny maha-Andriamanitra

Azy. Nanana porofo mazava lehibe lavitra noho izay tadiaviny izy ireo. Toy ny nitotonganan' ireto mpampijaly Azy ho ambanin' ny maha-olombelona noho ny fahasiahany ka hanam-pitoviana amin' i Satana, dia toy izany koa no nanandratan' ny fahalemem-panahiny sy ny faharetany an' i Jesosy ho ambonin' ny maha-olombelona, ka nanaporofoany ny fihavanany tamin' Andriamanitra. Antoky ny nanandratana Azy ny nanetrena Azy. Antoky ny hanosorana Azy amin' ny «diloilo fifaliana» amin' ny maha-Mpisoronabentsika Azy ny ra nitete avy tamin' ny fihirifany naratra noho ny ady nihatra taman' aina ka nitsontsorika tamin' ny tavany sy ny volombavany. {IFM 790.2}

Lehibe ny hatezeran' i Satana raha nahita fa izay herisetra rehetra atao amin' ny Mpamonjy dia tsy nanery Azy hamoaka, na dia ny fimonomononana kely indrindra avy tao am-bavany aza. Na dia noraisiny teo aminy aza ny toetry ny olombelona dia notohanan' ny herim-po manam-pitoviana amin' Andriamanitra Izy, ka tsy niala na dia kely aza teo amin' ny sitrapon' ny Rainy. Raha nandefa an' i Jesosy hokapohina sy atao fihomehezana i Pilato, dia nihevitra izy fa hampangoraka ny vahoaka. Nanantena izy fa efa ampy Azy rahateo ny famaizana efa vita. Na dia ny haratsian' ny mpisorona aza, hoy ny fiheviny, dia ho afa-po amin' izay. Nefa naranitra ny Jiosy ka hitany ny fahalemena tamin' ny famaizana toy izao ny olona izay efa nolazaina fa tsy manan-tsiny. Fantatr' izy ireo fa niezaka hamonjy ny ain' ny mpifatotra i Pilato, koa tapa-kevitra izy ireo ny tsy hanaiky handefasana an' i Jesosy. Mba hahafaly antsika sy hanomezana fahafaham-po antsika hoy ny eritreritr' izy ireo, dia nokapohin' i Pilato Izy. koa raha terentsika ny toe-javatra hiafara amin' ny fanapahan-kevitra, dia ho azo antoka fa ho tody amin' ny farany isika. {IFM 790.3}

Nampaka an' i Barabasy ho eo amin' ny fitsarana izao i Pilato. Dia niara-nasehony nifanakaiky ny mpifatotra roa lahy, dia nanondro ny Mpamonjy izy ka niteny tamin' ny feo feno fiangaviana sady nanetriketrika hoe : «Indro ny Lehilahy». «Indro, izaho mitondra Azy mivoaka ho eto aminareo, mba ho fantatrareo fa tsy hitako izay helony, na dia kely akory aza». {IFM 791.1}

Nijoro teo ny Zanak' Andriamanitra, nisatroka satro-tsilo sy nampiakanjoina akanjom-piandrianana ho fanesoana Azy. Tsy nitafy hatreo am-balahana Izy, ka hita teo amin' ny lamosiny ny dian-kapoka lava tsy mifaditrovana izay nikorianan' ny ra be dia be. Nivoa-dra ny tavany, ary hita soritra teo ny harerahana sy ny fangirifiriana ; nefa tsy mbola hita ho tsara tarehy toy izao ankehitriny izao Izy. Tsy simba ny endriky ny Mpamonjy teo imason' ny fahavalony. Nitory hatsaram-panahy sy fileferana ary fangorahana be fitiavana indrindra ho an' ireto mpamono Azy masiaka ny endriny manontolo. Tsy nisy fahalemena vokatry ny fahakanosana teo amin' ny fihetsiny, fa hery

sy fahamendrehana avy amin' ny fahari-po. Nanaitra ny fahasamihafana nisy taminy sy ilay mpifatotra teo anilany. Ny endrik' i Barabasy rehetra dia nanambara ny toetrany mahery setra sy mafy fo. Niteny tamin' izay rehetra nijery izany fahasamihafana izany, ka nisy nitomany ny sasany. Raha nijery an' i Jesosy izy, dia feno fangorahana ny fony. Na dia ny mpisorona sy ny mpanapaka aza dia resy lahatra fa marina izay rehetra nolazainy ny amin' ny tenany. {IFM 791.2}

Tsy mafy fo avokoa akory ireo miaramila Romana izay nanodidina an' i Kristy ; nisy nikaroka porofo iray teo amin' ny endriny ny maha-mpanao heloka bevava Azy na manana toetra amam-panahy lozabe nefa tsy nahita. Tsindraindray izy ireo dia nanipy fijery maneso tamin' i Barabasy izay tsy nilàna fandinihana lalina ny fanakianana ny tao am-pony rehetra, dia nafindrany tany amin' Ilay notsaraina indray ny fijeriny. Fangorahana lalina no tsapany raha nijery Ilay Andriamanitra nijaly izy. Vita tombo-kase tao an-tsainy ny zavatra niseho noho ny fanginan' i Kristy sy ny fileferany, ary tsy ho voakosoka mihitsy mandra-panekeny Azy ho Kristy na mandra-pitsipany Azy ka hanapahany izay ho anjaran' ny tenany mandrakizay. {IFM 791.3}

Nampitolagaga an' i Pilato ny faharetan' ny Mpamonjy tsy nitaraina. Tsy nisalasala izy fa ny fahitana io lehilahy io. miavaka amin' i Barabasy. dia hanetsika ny Jiosy hiray fo Aminy. Tsy azony ny fankahalana mandray an-tendrony nasehon' ny mpisorona an' Ilay Fahazavan» izao tontolo izao, ka nampiharihary ny hamaizinany sy ny fahadisoan-keviny. Nanosika ny vahoaka ho amin' ny haromotana sy ny hadalana izy ireo, koa nihoraka indray ny mpisorona, ny mpanapaka sy ny vahoaka nanao ilay antsoantso mampihorinkoditra hoe : «Homboy ! Homboy !» Nony farany, tsy nahatsindry intsony i Pilato teo anatrehan' ny habibiana tsy rariny nasehon' ireo ka namoy fo nikiakiaka hoe : «Entonareo Izy, dia homboy amin' ny hazo fijaliana, fa izaho tsy mahita izay helony» . {IFM 792.1}

Na dia efa nahazatra ilay governora Romana aza ny fisehoanjavatra feno habibiana, dia voahetsika ny fony hangoraka ity mpifatotra mijaly, izay nomelohina sy nokapohina. ny handriny boba ra, ary ny lamosiny rotidrotika. nefa mbola nitahiry ny fihetsiky ny mpanjaka eo amin» ny seza fiandrianany. Hoy anefa ny mpisorona : «Izahay manana lalàna, ary araka izany lalàna izany dia tokony ho faty Izy. satria nanao ny tenany ho Zanak' Andriamanitra». {IFM 792.2}

Nangorohoro i Pilato. Tsy nanana hevitra mazava ny amin' i Kristy sy ny asa nanirahana Azy izy, nanjavozavo tao aminy anefa ny finoana an' Andriamanitra sy ny finoany an' izay ambony noho ny olombelona. Naka endrika mazava kokoa ankehitriny

ny eritreritra efa nandalo tao an-tsainy. Nanontany izy sao Andriamanitra ity mijoro manoloana azy ity, mitafy lamba volomparasy ho fanesoana Azy ary misatro-tsilo. {IFM 792.3}

Niverina tao anati-rova indray izy ary niteny tamin' i Jesosy hoe : «Avy aiza moa Ianao ? Tsy namaly anefa Jesosy». Efa niteny tsotra tamin' i Pilato ny Mpamonjy. nanazava taminy ny asa nanirahana Azy amin' ny maha-vavolombelon' ny fahamarinana Azy. Efa ninia tsy nanaraka ny fahazavana i Pilato. Nampiasainy tamin' ny fomba tsy izy ny toerana ambony ananan' ny mpitsara tamin' ny nampileferany ny foto-kevitra sy ny fahefany ho ambanin' ny fangatahan' ny vahoaka. Tsy nanana fahazavana hafa ho azy intsony Jesosy. Sosotra tamin' ny fanginany i Pilato ka niteny tamin' avona hoe : {IFM 792.4}

«Tsy miteny amiko va Ianao? Tsy fantatrao va fa manana fahefana handefa Anao aho. sady manana fahefana hanombo Anao amin' ny hazo fijaliana koa ?» {IFM 793.1}

Jesosy namaly azy hoe : «Ianao tsy manana fahefana amiko akory, raha tsy nomena anao avy any an-danitra ; koa izay nanolotra Ahy taminao no manan-keloka bebe kokoa».{IFM 793.2}

Toy izany no nataon' Ilay Mpamonjy be fangorahana . Teo anivon' ny fahoriana sy ny alahelo izay tratra, dia nanala-tsiny araka izay azo natao ny fihetsik' ilay governora Romana izay nanolotra Azy homboana eo amin' ny hazo fijaliana Izy. Akory re izany toejavatra izany izay ampitaina amin' izao tontolo izao amin' ny fotoana rehetra. Akory izany fahazavana izay mitosaka amin' ny toetra amam-panahin' Ilay nitsara ny tany manontolo ! {IFM 793.3}

«Izay nanolotra Ahy taminao. hoy Jesosy, no manan-keloka bebe kokoa». Ny tian' i Kristy holazaina amin' izany dia i Kaiafa izay nampiseho ny firenena Jiosy, amin' ny maha-mpisoronabe azy. Fantatr' izy ireo ny foto-kevitra izay nifehy ny fahefana Romana. Efa nanana fahazavana tao amin' ny faminaniana izy izay nanambara marina ny amin' i Kristy sy ny fampianarany ary ny fahagagana vitany. Efa nandray porofo tsy azo lavina ny mpitsara Jiosy ny amin' ny maha-Andriamanitra an' Ilay nomelohiny ho faty. Ary araka ny fahazavana noraisiny no hitsarana azy. {IFM 793.4}

Ny heloka lehibe indrindra sy ny andraikitra mavesatra indrindra ho an' ireo nitana ny toerana ambony indrindra teo amin' ny firenena, izay nametrahana ireo zava-masina, dia ny nivadihany tamin' ny fomba mahamenatra. Pilato, Heroda, sy ny miaramila Romana dia tsy nahalala an' i Jesosy raha ampitahaina aminy. Nihevitra ny hamalifaly ny mpisorona sy ny mpanapaka izy ireo tamin' ny fanaovana an-keriny tamin' i Jesosy. Tsy

nanana ny fahazavana izay efa noraisin' ny firenena Jiosy be dia be izy. Raha nomena ny miaramila ny fahazavana, dia tsy ho nampiseho fihetsika masiaka tahaka ny nataony tamin' i Kristy izy. {IFM 793.5}

Naroson' i Pilato indray ny handefa ny Mpamonjy : «Nefa ny Jiosy niantso ka nanao hoe : Raha alefanao io Lehilahy io, dia tsy mba sakaizan' i Kaisara ianao». Nilaza ny tenany ho saro-piaro amin' ny fahefan' i Kaisara ireto mpihatsaravelatsihy ireto. Raha mpanohitra ny fifehezan' ny Romana, dia ny Jiosy no mangidy indrindra. Rehefa nahasoa azy ny nanao izany, dia izy ireo no tsy refesi-mandidy indrindra tamin' ny fanamafisana izay takian' ny fireneny sy ny fivavahany ; nefa rehefa nisy tiany hotanterahina kosa ny habibiany, dia nasandrany ny fahefan' i Kaisara. Mba hanatanteraka ny fanapotehana an' i Kristy, dia nilaza ny tenany ho mahatoky tamin' ny fanapahana vahiny izay nankahalainy izy. {IFM 794.1}

«Fa izay rehetra manao ny tenany ho mpanjaka dia manao teny manohitra an' i Kaisara», hoy izy ireo nanohy ny teniny. Nanohina an' i Pilato teo amin' izay nampahalemy azy izany. Niahiahy azy ny fitondram-panjakana Romana, ka fantany fa hamono azy ny tatitra toy izany. Fantany fa raha sakanana amin' izay kasainy atao ny Jiosy, dia hiodina hamely azy ny haromotan' izy ireo. Tsy hisy na inona na inona avelany tsy ho vita mba hanatanteraka ny valifatiny. Teo anatrehany ny ohatry ny fikirizany tamin' ny nifofony ny ain' Ilay nankahalainy tsy nisy antony. {IFM 794.2}

Dia naka ny toerany teo amin' ny seza fitsarana i Pilato, ary nasehony tamin' ny vahoaka indray Jesosy, ka hoy izy hoe : «Indro ny Mpanjakanareo». Re indray ny antsoantson' adala hoe: «Ento, ento, homboy amin' ny hazo fijaliana Izy !» Niantso tamin' ny feo mikarantsana i Pilato nanontany hoe : «Homboako amin' ny hazo fijaliana va ny Mpanjakanareo ?». Molotra maniratsira sy miteny ratsy ny zava-masina anefa no nivoahan' ny teny hoe : «Tsy manana mpanjaka afa-tsy Kaisara izahay». {IFM 794.3}

Araka izany dia nifidy mpifehy jentilisa ny firenena jiosy ka niala tamin' ny fitondram-panjakan' Andriamanitra. Nitsipaka an' Andriamanitra tsy ho mpanjakany izy, ka tsy nanana mpanafaka intsony amin' izao sisa izao. Tsy nanana mpanjaka afa-tsy Kaisara izy. Tafapaka hatramin' izany no nitarihan' ny mpisorona sy ny mpampianatra ny vahoaka. Tompon' andraikitra ny amin' izany izy, sy ny amin' ny vokatra mahatsiravina nanaraka izany. Ny mpitarika ara-pivavahana indray no nahatonga ny faharavam-pirenena. {IFM 794.4}

«Ary raha hitan' i Pilato fa tsy nahaleo ditra azy izy, fa vao mainka nandroso ihany aza ny tabataba, dia naka rano izy, ka nanasa tanana teo anatrehan' ny vahoaka ary nanao

hoe : «Afaka amin' ny ran' ity Lehilahy marina ity aho. fa asanareo». Natahotra sady nanameloka ny tenany i Pilato nijery ny Mpamonjy. Ny endrik' i Jesosy irery no tony teo afovoan' ny endrika nisamboaravoara maro toy ny ranomasimbe. Toa nisy fahazavana malefadefaka namirapiratra teo amin' ny lohany. Hoy i Pilato anakam-po. Andriamanitra Izy. Nitodika tany amin' ny vahoaka izy ka nanambara hoe : Afaka amin' ny rany aho. Ento Izy ka homboy. Nefa mariho tsara ry mpisorona sy mpanapaka, fa nambarako fa olo-marina Izy. Aoka Ilay lazainy fa Rainy no hitsara ahy sy ianareo ny amin' izay nitranga tamin' ity andro ity. Dia hoy izy tamin' i Jesosy : Mamelà ahy noho izao; tsy afaka mamonjy Anao aho. Ary rehefa nasainy nokapohina indray Jesosy, dia nalefany mba homboana amin' ny hazo fijaliana. {IFM 794.5}

Naniry mafy ny hamonjy an' i Jesosy i Pilato. Hitany anefa fa tsy afaka nanao izany izy. raha notazoniny ihany ny toerany sy ny voninahiny. Naleony nisafidy hanao sorona ain' olona tsy manan-tsiny, toy izay ho very ny fahefany araka izao tontolo izao. Firifiry no manao sorona toy izany ny foto-pinoana mba hialana amin' ny fatiantoka na ny fahoriana. Manondro lalana iray ny feon' ny fieritreretana sy ny adidy, ary manondro lalan-kafa ny tombontsoan' ny tena. Manosika mafy ho amin' ny lalana ratsy ny riaka, koa izay manao marimaritra iraisana amin' ny ratsy dia voafaoka any anatin' ny haizina matevin' ny heloka. {IFM 795.1}

Nilefitra tamin' ny fangatahan' ny vahoaka i Pilato. Naleony nandefa an' i Jesosy homboana amin' ny hazo fijaliana, toy izay nanao vy very ny toerana nisy azy. Nefa na dia efa nametrapetraka mialoha aza izy, dia tonga taminy taty aoriana izay natahorany rehetra. Nongotana taminy ny voninahiny. ary nazera niala tamin' ny toerana ambony nisy azy izy ; nokaikerin' ny nenina izy, ary voaratra ny avonavona tao aminy, ka tsy ela taty aorian' ny nanomboana an' i Jesosy tamin' ny hazo fijaliana dia namarana ny androny izy. Toy izany koa izay rehetra mitady marimaritra iraisana amin' ny fahotana dia tsy hahazo afa-tsy fahoriana sy fahafonganana. «Misy lalana ataon' ny olona ho mahitsy kanjo lalana mivarina any amin' ny fahafatesana no iafarany». {IFM 795.2}

Rehefa nanambara i Pilato fa afaka tamin' ny ran' i Kristy, dia fihantsiana no navalin' i Kaiafa hoe: «Aoka ny rany ho aminay mbamin' ny zanakay». Naverin' ny mpisorona sy ny mpanapaka ireo teny mahatahotra ireo ka nanakoako ny feon' ny olona marobe nanao hoe : «Aoka ny rany ho aminay mbamin' ny zanakay». {IFM 795.3}

Nanao ny safidiny ny vahoaka Isiraely. Nanondro an' i Jesosy izy sady niteny hoe: «Tsy io lehilahy io. fa i Barabasy». Solontenan' i Satana i Barabasy. ilay mpangalatra sy mpamono olona. Kristy no solontenan' Andriamanitra. Notsipahana Kristy ; voafidy i

Barabasy. Barabasy no azony. Ny nanaovany io safidy io dia fanekeny an' ilay mpandainga sy mpamono olona hatrany amin' ny voalohany. Hatramin' izao dia i Satana no mpitarika azy. Ny baikony no arahin' ny iray firenena. Ny asany koa no hataony. Ny fitsipika omeny no tsy maintsy zakainy. Ny vahoaka izay nifidy an' i Barabasy ho solon' i Kristy dia hahatsapa ny habibian' i Barabasy raha mbola misy koa ny andro. {IFM 796.1}

Raha nibanjina ny Zanak' ondrin' Andriamanitra voatorotoro sy afa-baraka ny Jiosy. dia niantsoantso hoe : «Aoka ny rany ho aminay sy ny zanakay». Tafakatra hatrany amin' ny seza fiandrianan' Andriamanitra ilay antsoantso mahatahotra. Voasoratra any andanitra io didim-pitsarana navoakany ho an' ny tenany ihany io. Re izany vavaka izany. Nipetraka ho ozona mandrakizay teo amin' ny zanany sy ny zanaky ny zanany ny ran' ny Zanak' Andriamanitra. {IFM 796.2}

Tanteraka tamin' ny fomba mahatsiravina izany tamin' ny nandravana an' i Jerosalema ; ary tsy latsaka noho izany fa vao mainka loza teo amin' ny toerana nisy ny firenena jiosy nandritra ny valonjato sy arivo taona, — sampana nosarahina tamin' ny foto-boaloboka, maty, tsy mamoa. tsy misy ilàna azy afa-tsy ny hodorana. Nivezivezy avy amin' ny tany iray ho amin' ny tany iray manerana an' izao tontolo izao, nandritra ny taonjato nifandimby, maty, eny, maty tao amin' ny fahadisoana sy ny fahotana. {IFM 796.3}

Vao mainka hahatsiravina ny fanatanterahana io fivavahana io amin' ny andro Fitsarana lehibe. Rehefa hiverina eto an-tany indray Kristy, tsy toy ny mpifatotra voahodidin' ny faikan' olona no hahitana Azy. Ho avy amin' ny voninahitry ny tenany sy ny voninahitry ny Rainy ary ny voninahitry ny anjely masina Kristy. Anjely arivoarivo sy alinalina, zanak' Andriamanitra mahate-ho tia sy mpandresy. voatafy hatsaran-tarehy sy famirapiratana tsy manam-paharoa no hanotrona Azy eo amin' ny lalany. Dia hipetraka eo amin' ny seza fiandrianan' ny voninahiny Izy. ary hangonina eo anatrehany ny firenena rehetra. Amin' izay dia hahita Azy ny maso rehetra, na dia izay nandefona Azy aza. Ho solon' ny satrotsilo, dia satroboninahitra no hanaovany, — dia satroboninahitra misosona satroboninahitra. Ho solon' ny akanjo volomparasy tranainy dia hotafiana fitafiana fotsy indrindra Izy. «ka tsy misy mpamotsy lamba ambonin' ny tany mahafotsy toy izany» . {IFM 796.4}

Avy eo amin' ny lambany sy eo amin' ny feny dia misy anarana voasoratra hoe : Mpanjakan' ny mpanjaka sy Tompon' ny Tompo» . Ho tonga eo izay nanaraby sy nikapoka Azy. Hibanjina indray izay zavatra nitranga tao amin' ny efitrano fitsarana ny

mpisorona sy ny mpanapaka. Hiseho eo anatrehany toy ny voasoratra amin' ny lelafo ny toe-javatra rehetra. Amin' izay dia handray ny valin' ny fivavahany ireo nivavaka hoe : «Aoka ny rany ho aminay sy ny zanakay». Amin' izay dia hahafantatra sy hahatsapa izao tontolo izao manontolo. Ho tsapany hoe. tamin' Iza no niadiany. izy izay olona mahantra sy malemy ary voafetra. Ao anatin' ny tahotra sy ny horohoro izy no hiantsoantso ny tendrombohitra sy ny vatolampy hoe : «Mianjerà aminay, ka afeno izahay amin' ny tavan' Ilay mipetraka eo ambonin' ny seza fiandrianana sy amin' ny t ', ahatezeran' ny Zanak' ondry, fa tonga ny andro lehiben' ny fahatezeran' ireo ka iza no mahajanona ?» {IFM 797.1}

## Toko 78—Kalvary

«Ary raha tonga teo amin' ny tany atao hoe Ikarandoha Izy, dia teo no namonoany Azy» {IFM 799.1}

«Mba hahazoany manamasina ny olona amin' ny ran' ny tenany», dia «niaritra teny ivelan' ny vavahady» Kristy; noho ny fandikana ny lalàn' Andriamanitra, dia voaroaka hiala ny saha Edena i Adama sy Eva. Tsy maintsy nijaly teo ivelan' i Jerosalema Kristy, Ilay Mpisolo antsika. Maty teo ivelan' ny vavahady Izy, teo amin' ny toerana famonoana ny ratsy fanahy sy ny mpamono olona. Lalinkevitra ny teny hoe : «Kristy nanavotra anay tamin' ny ozon' ny lalàna, satria tonga voaozona hamonjy anay Izy». {IFM 799.2}

Nisy vahoaka be nanaraka an' i Jesosy avy teo amin' ny trano fitsarana ho any Kalvary. Niparitaka eran' i Jerosalema ny vaovao momba ny fanamelohana Azy ka nirohotra nankany amin' ny toerana fanomboana amin' ny hazo fijaliana ny karazan' olona isan-tsokajiny rehetra. Voafatotry ny fampanantenana nataony tsy hikasikasihana ny mpianatra izy ireo, rehefa atolotra eo ampelatanany Izy, ka afaka nifangaro tamin' ny vahoaka be nanaraka ny Mpamonjy, ireo mpianatra sy ireo mpino avy amin' ny tanàna sy ny faritany manodidina. {IFM 799.3}

Raha nandalo ny vavahadin' ny lapan' i Pilato Jesosy, dia napetraka teo amin' ny sorony torotoro sy maratra ny hazo fijaliana izay efa nomanina ho an' i Barabasy. Namany anankiroa no tokony hiaritra ny fahafatesana niaraka tamin' i Jesosy ka nampitondraina ny hazo fijaliana koa izy ireo. Navesatra loatra ho an' ny Mpamonjy ny lanjan' izany noho ny fahalerahany sy ny fijaliany. Hatramin' ny fanasan' ny Paska niaraka tamin' ny mpianany dia sady tsy nihinan-kanina Izy no tsy nisotro rano. Fadiranovana indrindra toy ny miala aina Izy nitolona tamin' ny famandrihan' i Satana sy niaritra ny tebiteby vokatry ny fitsarana, ary nahita ny nandaozan' ny mpianany Azy sy ny nandosiran' izy ireo. Nentina tany amin' i Ananiasy Izy, dia tany amin' i Kaiafa, dia tany amin' i Pilato. Avy any amin' i Pilato dia nalefa tany amin' i Heroda, dia naverina indray tany amin' i Pilato. Notevatevaina ka notevatevaina hatrany Izy, narabiana ka narabiana hatrany ; indroa nampijaliana tamin' ny kapoka. Nandritra iny alina iny dia nisy toe-javatra nifandimby izay fisedrana faran' izay mafy indrindra natao tamin' ny fanahin' ny olona. Tsy nanao hadisoana anefa Kristy. Tsy nisy teny nataony afa-tsy izay nanome voninahitra an' Andriamanitra. Nozakainy tamin' ny toetra matotra sy tamim-pahamendrehana izay rehetra nitranga teo amin' ilay sarintsarim-pitsarana manala-baraka. Nefa kosa raha napetraka teo Aminy ny hazo fijaliana, rehefa avy nokapohina fanindroany Izy, dia tsy zakan' ny maha-olonibelona Azy intsony izany. Lavo Izy, ana

teo ambanin' ny enta-mavesatra. {IFM 800.1}

Hitan' ny vahoaka nanaraka ny Mpamonjy ny fomba fandehany reraka sady mivembena, nefa tsy naneho fangorahana Azy izy ireo. Nesoiny sy narabiany Izy satria tsy afaka nitondra ny hazo fijaliana mavesatra. Napetraka teo Aminy indray ny enta-mavesatra ary lavo toa safotra tamin' ny tany fanindroany indray Izy. Hitan' ireo mpanenjika Azy fa tsy ho zakany intsony io enta-mavesatra io. Very hevitra izy ireo nitady olona izay afaka hitondra ilay entana mahamenatra. Ny Jiosy tsy afaka hanao izany, satria hisakana azy ireo tsy hitandrina ny Paska ny fahalotoana noho izany. Tsy nisy iray, na dia tao amin' ny vahoaka be izay nanaraka Azy aza, no nety nanetry tena hitondra ny hazo fijaliana. {IFM 800.2}

Tamin' izay fotoana izay dia nisy vahiny iray, Simona Kyreniana avy any ambanivohitra. nifanena tamin' ny vahoaka. Reny ny esoeso sy ny fanarabian' ny vahoaka, reny ny teny feno fanivaivana niverimberina hoe : Omeo lalana ny mpanjakan' ny Jiosy. Nijanona izy, gaga raha nahita izany; raha naneho fangorahana izy, dia notazonina ka napetraka teo an-tsorony ny hazo fijaliana. {IFM 800.3}

Efa nandre ny amin' i Jesosy i Simona. Mpino ny Mpamonjy ny zanany, nefa ny tenany tsy mpanaraka Azy. Fitahiana ho an' i Simona ny nitondrany ny hazo fijaliana ho any Kalvary, ary taty aoriana dia feno fankasitrahana izy noho io fitondran' Andriamanitra io. Nitarika azy hitondra ny hazo fijalian' i Kristy noho ny safidim-pony izany, ka nahafeno fifaliana azy hatrany ny nitoetra teo ambanin' izany. {IFM 801.1}

Tsy vitsy ireo vehivavy tao amin' ny vahoaka nanaraka Ilay Voaheloka ho any amin' ny fahafatesana mahatsiravina. Nifantoka tamin' i Jesosy ny sainy. Nisy tamin' izy ireo, efa nahita Azy talohan' izao. Nisy efa nitondra ny marariny sy ireo nijaly teo Aminy. Ny sasany efa nositraniny mihitsy. Lazain' ny olona ny fizotry ny toejavatra mitranga. Gaga izy ireo mahita ny fankahalan' ny vahoaka an' Ilay nahaontsa ka mila hahavaky fo azy. Na toy inona na toy inona fihetsiky ny vahoaka misafoaka, sy ny teny feno haromotana nataon' ny mpisorona sy ny mpanapaka, dia naneho ny fangorahampony ireo vehivavy ireo. Raha lavo toa safotra teo ambanin' ny hazo fijaliana Jesosy, dia nidradradradra nitomany izy ireo. {IFM 801.2}

Io no hany zavatra nanintona ny sain' i Kristy. Na dia feno fahoriana aza Izy raha nitondra ny fahotan' izao tontolo izao, dia tsy hoe tsy niraika tamin' ny fampisehoan' izy ireo ny alahelo Izy. Tamin' ny fangorahana feno fitiavana no nijereny ireo vehivavy ireo. Tsy mpino Azy izy ireo ; fantany fa tsy nitomany Azy amin' ny maha-nirahin' Andriamanitra Azy izy ireo, fa voahetsiky ny fihetseham-pon' ny fangorahan'

olombelona fotsiny. Tsy nanao tsinontsinona ny firaisam-pon' izy ireo Izy, fa namoha firaisam-po lalina kokoa ho azy ireo tao am-pony izany : «Ry zanaka vavin' i Jerosalema, aza mitomany Ahy, hoy Izy, fa mitomania ny tenanareo sy ny zanakareo». Ny zavatra nitranga teo imasony dia nahitan' i Kristy mialoha ny fotoana handravana an' i Jerosalema. Amin' izany toe-javatra mahatsiravina izany, dia betsaka amin' ireo izay mitomany Azy ankehitriny, no ho faty miaraka amin' ny zanany. {IFM 801.3}

Avy amin' ny firodanan' i Jerosalema dia nifindra ho amin' ny fitsarana lehibebe kokoa ny fisainan' i Jesosy. Ny fandravana ilay tanàna tsy mibebaka dia nahitany tandindon' ny fandravana farany izay hihatra amin' izao tontolo izao. Hoy Izy : «Dia hilaza amin' ny tendrombohitra hoe izy : «Mianjerà aminay ; ary amin' ny havoana hoe : Saròny izahay. Fa raha ataony amin' ny hazo maitso izany, hatao ahoana amin' ny maina ?»Ny hazo maitso no nanehoan' i Jesosy ny tenany, Ilay Mpanavotra tsy manantsiny. Niharan' ny fahatezeran' Andriamanitra noho ny fandikan-dalànan' ny zanak' olombelona ny Zanany malalany, nozakain' Andriamanitra izany. Homboana amin' ny hazo fijaliana izao Jesosy noho ny fahotan' ny olona. Fijaliana manao ahoana ary amin' izany no hozakain' ny mpanota izay mitohy manota ? Ny tsy mibebaka rehetra sy izay rehetra tsy mino dia hahalala fahoriana sy fijaliana izay tsy hain' ny fiteny lazaina. {IFM 801.4}

Tamin' ireo vahoaka be nanaraka ny Mpamonjy ho any Kalvary dia nisy olona maro nitsena Azy nanao hosana, feno fifaliana sy nanofahofa rantsan-kazo raha niditra toy ny mpandresy tao Jerosalema Izy (nitaingina zana-boriky). Nefa tsy vitsy tamin' ireo izay niantso fiderana Azy satria nataon' ny besinimaro izany, no ankehitriny nampitombo ny antsoantso hoe : «Homboy ! homboy !» Fony Kristy niditra tany Jerosalema dia tafakatra tany amin' ny fara-tampon' ny fanantenany ny mpianatra. Nitangorona nanodidina akaiky ny Tompo izy ireo, nahatsapa fa voninahitra izany mifandray Aminy. Izao raha teo amin' ny fanetren-tena Izy, dia nanaraka Azy lavidavitra ireo. Feno alahelo, ka nanondrika ny lohany noho ny fahadisoam-panantenany. Hita mazava manao ahoana ary izao fa marina ny tenin' i Kristy hoe : «Hianareo rehetra dia ho tafintohina noho ny Amiko anio alina, fa voasoratra hoe : «Hamely ny mpiandry Aho, dia hihahaka ny ondry andrasana». {IFM 802.1}

Rehefa tonga teo amin' ny toerana famonoana, dia nafatotra teo amin' ireo fitaovana fampijaliana ireo mpifatotra. Nifampitolona tamin' ireo izay nametraka azy teo amin' ny hazo fijaliana ireo mpangalatra anankiroa; fa Jesosy kosa tsy nanohitra mihitsy. Ny renin' i Jesosy notohanan' i Jaona ilay mpianatra malala, dia nanaraka ny dian' ny Zanany ho any Kalvary. Nahita Azy safotra noho ny vesatry ny hazo fijaliana izy, ary naniry

indrindra ny nametraka ny tanany hanohana ny lohany maratra sy hamafa ilay handrina izay efa niondana teo an-tratrany. Nefa tsy navela hanana izany tombon-tsoa mampitsetra izany izy. Toy ireo mpianatra, dia mbola nankamamy ny fanantenana ihany izy fa hampiseho ny heriny Jesosy, ka hanafaka ny tenany amin' ny fahavalony. Latsaka ambany indray ny herim-pony raha mahatsiaro ireo teny izay manambara mialoha ireo toe-javatra izay miseho indrindra amin' izao fotoana izao izy. Rehefa nofatorana teo amin' ny hazo fijaliana ireo mpangalatra, dia nijery tamin' ny tebiteby nihatra aman' aina izy. Moa ve Ilay nanome aina ny maty hanaiky ny homboana amin' ny hazo fijaliana ? Moa ve ny Zanak' Andriamanitra hanaiky ny hovonoina amin' ny fomba mahatsiravina toy izao ? Moa ve tsy maintsy hafoiny ny finoana fa Jesosy no Mesia ? Moa ve tsy maintsy hahita maso ny fahafaham-barakany sy ny fahoriany izy, nefa tsy hanana tombontsoa hanompo Azy eo amin' ny fahoriany ? Hitany ny tanany mitsotra eo ambonin' ny hazo fijaliana; nentina ny tantanana sy ny fantsika niranirany, dia nentin' ireo mpianatra vaky fo, niala tsy ho eo anatrehan' izany toe-javatra mahatsiravina izany ny renin' i Jesosy, izay safotra teo. {IFM 802.2}

Tsy nimonomonona na nitaraina Jesosy. Nijanona ho tony sy feno fiadanana ny endriny, nefa nisy hatsembohana mipotrapotraka teo amin' ny handriny. Tsy nisy tanana nangoraka namafa ny andon' ny fahafatesana teo amin' ny tavany. Tsy nisy nanao teny mitory firaisam-po sy fahatokiana tsy miovaova mba hanohana ny fony amin' ny maha-olombelona Azy. Raha nanao ny asany mampihoron-koditra ny miaramila, dia nivavaka ho an' ireo fahavalony Jesosy hoe : «Ray ô, mamelà azy fa tsy fantany izay ataony». Avy teo amin' ny fijalian' ny tenany ny sainy, dia nifindra ho amin' ny fahotan' ireo mpanenjika Azy, sy ny valiny mahatsiravina izay hihatra aminy. Tsy nisy ozona nataony tamin' ireo miaramila izay mitratrevatreva erỳ nitana Azy. Tsy nisy valifaty nantsoiny ho an' ireo mpisorona sy mpanapaka izay nikarikary maso hijery ny fahatanterahan' ny fikasany. Nangoraka ny tsy fahalalana sy ny helok' ireo Kristy. Fangatahana famelana ho azy ireo ihany — «satria tsy fantany izay ataony» - no rivotra niainany. {IFM 803.1}

Raha mba fantany fa mampijaly Ilay tonga hamonjy ny taranaka mpanota ho afaka amin' ny fahafatesana mandrakizay izy ireo, dia ho azon' ny nenina sy ny tahotra. Nefa tsy nanala ny fahadisoany tsy akory ny tsy fahalalany; satria tombon-tsoan' izy ireo ny afaka hahalala sy ny hanaiky an' i Jesosy ho Mpamonjy ny tenany. Nisy tamin' izy ireo anefa nahita ny fahotany, ary nibebaka sy niova fo. Nisy mafy fo ka nahatonga ny fivavahan' i Jesosy ho tsy nisy valiny ho azy. Nefa na dia izany aza dia tonga tamin' ny fahatanterahany ny fikasan' Andriamanitra. Azon' i Jesosy ny zo ho tonga mpisolovavan' ny olona eo anatrehan' ny Ray. {IFM 803.2}

Manerana an' izao tontolo izao io fivavahan' i Kristy ho an' ny fahavalony io. Mahafaoka ny mpanota tsirairay izay efa velona na mbola ho velona, hatramin' ny fiantombohan' izao tontolo izao ka hatramin' ny faran' ny andro izany. Mipetraka amin' ny olona rehetra ny heloka noho ny nanomboana ny Zanak' Andriamanitra teo ambonin' ny hazo fijaliana. Atolotra maimaimpoana ny rehetra anefa ny famelan-keloka. «Izay rehetra mety» dia mahazo mihavana amin' Andriamanitra sy mandova ny fiainana mandrakizay. {IFM 803.3}

Raha vao voafantsika teo ambonin' ny hazo fijaliana Jesosy, dia narenin' ny lehilahy matanjaka ilay hazo fijaliana, ary natsatony tamin' ny fomba feno herisetra teo amin' ny toerana nomanina ho amin' izany. Nahatonga fangirifiriana mafy indrindra nihatra aman' aina tamin' ny Zanak' Andriamanitra izany. Avy eo dia nisy soratra nataon' i Pilato tamin' ny teny hebreo, grika sy latina izay napetrany teo amin' ny hazo fijaliana, teo ambonin' ny lohan' i Jesosy. Izao no fivakiny : «Jesosy avy any Nazareta, Mpanjakan' ny Jiosy». Nahatezitra ny Jiosy io soratra io. Niantsoantso hoe : «Homboy !» izy ireo tao amin' ny lapan' i Pilato. «Tsy manana mpanjaka afa-tsy Kaisara izahay». Nambarany tamin' izany fa na iza na iza manaiky mpanjaka hafa dia mpamadika. Nahariharin' i Pilato tamin' ny soratra ny fihetseham-po nananan' izy ireo. Tsy nisy fanafintohinana voasoratra teo, fa nolazainy fotsiny fa Mpanjakan' ny Jiosy Jesosy. Fanekena mazava ny hileferan' ny Jiosy teo ambanin' ny fahefana Romana ilay soratra. Nilaza izany fa na iza na iza milaza ny tenany ho Mpanjakan' Isiraely, dia hotsarain' izy ireo ho mendrika ny fahafatesana. Mihoatra noho ny zavatra nokasainy ny nataon' ireo mpisorona. Fony izy ireo nioko hamono an' i Kristy, dia nilaza i Kaiafa fa tsy mampaninona raha misy olona iray ho faty hamonjy ny firenena. Miseho mazava izao ny fihatsarambelatsihiny. Mba hamonoany an' i Kristy, dia vonona izy ireo hanao sorona na dia ny fisian' ny fireneny aza. {IFM 804.1}

Hitan' ny mpisorona ny nataon' izy ireo ka nangatahiny i Pilato hanova ny soratra. Hoy izy ireo hoe : «Aza soratana hoe : Mpanjakan' ny Jiosy : fa izao : Izy no milaza hoe : Mpanjakan' ny Jiosy Aho». Nefa sosotra tamin' ny tenany i Pilato noho ny fahalemeny teo aloha, ka nanamavo indrindra ireo mpisorona sy mpanapaka feno fialonana sy fetsy izy. Novaliany tamin' ny fomba mangatsiaka hoe izany : «Izay voasoratro dia voasoratro». {IFM 804.2}

Nisy hery ambony noho ny an' i Pilato na ny an' ny Jiosy nitarika ny fametrahana ny soratra teo ambonin' ny lohan' i Jesosy. Tamin' izany fomba izany, ny fitondran' Andriamanitra dia natao hamohafoha ny fisainana ka hanosika azy hamakafakana ny Soratra Masina. Teo akaikin' ny tanàna ny toerana izay nanomboana an' i Jesosy Kristy.

An' arivony ny olona avy amin' ny tany rehetra tao Jerosalema tamin' izay, ary ny soratra milaza fa Jesosy avy any Nazareta no Mesia dia nanintona ny sainy. Fahamarinana velona izany nosoratan' ny tanana izay notarihin' Andriamanitra. {IFM 804.3}

Tanteraka teo amin' ireo fijaliana maretan i Kristy teo amin' ny hazo fijaliana ny faminaniana. Taonjato maro talohan' ny nanomboana Azy teo ambonin' ny hazo fijaliana dia efa nolazain' ny Mpamonjy mialoha ny fomba hitondrana Azy. Hoy Izy : «Fa mitangorona Amiko ny amboa, ny fiangonan' ny ratsy fanahy manemitra Ahy. Manindrona ny tongotra aman-tànako hoatra ny liona izy. Mahisa ny taolako rehetra aho. Ireo dia mibanjina sady mangarika ahy. Mizara ny fitafiako ho azy izy, ary ny akanjoko ilokany» . Ny faminaniana momba ny fitafiany dia notanterahina na dia tsy nisy toro-hevitra na fisakanana avy amin' ny sakaizany na avy amin' ireo fahavalon' Ilay Voahombo aza. Nomena ireo miaramila namantsika Azy teo amin' ny hazo fijaliana ny fitafiany. Ren' i Kristy ny adihevitra nataon' ireo olona ireo raha nizara ny fitafiany izy. Tsy nisy nivitrana ny akanjony ka hoy izy ireo hoe : «Aza mba triarintsika, fa aoka hilokantsika ho an' izay hahazo azy». {IFM 805.1}

Tao amin' ny faminaniana hafa indray dia izao no nolazain' ny Mpamonjy : «Ny latsa dia nanorotoro ny foko, ka reraka indrindra aho ; ary niandry antra aho, fa tsy nisy, sy mpanony, fa tsy nahita. Fa zava-mangidy no nomeny hohaniko ; ary vinaingitra no natolony ahy hosotroina, raha nangetaheta aho» . Ireo izay niaritra ny fahafatesana teo ambonin' ny hazo fijaliana dia azo nomena ranon-javatra mampahadonto mba tsy hahatsapany fangirifiriana. Io no natolotra an' i Jesosy ; nefa rehefa nandramany izany dia nolaviny. Tsy tiany ny hanendry na inona na inona izay hanamaizina ny sainy. Tsy maintsy mifikitra mafy amin' Andriamanitra ny fony. Io no hany hery ho Azy. Hanome tombon-tsoa ho an' i Satana ny fanamaizinana ireo retsi-pandreny. {IFM 805.2}

Nafofofofon' ireo fahavalon' i Jesosy taminy ny haromotany raha nihantona teo ambonin' ny hazo fijaliana Izy. Ireo mpisorona, ireo mpanapaka sy ireo mpanora-dalàna dia niaraka tamin' ny vahoaka nisafoaka naneso Ilay Mpamonjy niala aina. Tamin' ny batisa sy tamin' ny fiovan-tarehy dia re ny feon' Andriamanitra nilaza an' i Kristy ho Zanany. Taloha indrindra ny namadihana an' i Kristy, dia niteny indray ny Ray ho vavolombelon' ny maha-Andriamanitra Azy. Nefa ankehitriny dia nangina ny feo avy any an-danitra. Tsy nisy vavolombelona naneho ny fankasitrahana an' i Kristy. Izy samirery no niaritra ny hérisetra sy ny esoeson' ny ratsy fanahy. {IFM 805.3}

«Raha Zanak' Andriamanitra Hianao, hoy izy ireo, midina miala amin' ny hazo

fijaliana». «Aoka Izy hamonjy ny tenany, raha Izy no Kristy nofidin' Andriamanitra». Tany an-efitra nakana fanahy Azy dia nilaza i Satana hoe : «Raha Zanak' Andriamanitra Hianao, dia teneno ho tonga mofo ireto vato ireto». «Raha Zanak' Andriamanitra Hianao, mianjerà any ambany any» avy eo an-tampon' ny tempoly. Nanatrika teo amin' ny hazo fijaliana i Satana sy ny anjeliny, naka ny endriky ny olombelona. Niara-niasa tamin' ny mpisorona sy ny mpanapaka ny filohan' ireo devoly sy ny foloalindahiny. Namporisihin' ireo mpampianatry ny vahoaka ireo olona marobe tsy manampahalalana hamoaka didim-pitsarana hoenti-manameloka Day tsy mbola hitan' ny maro tamin' izy ireo akory na oviana na oviana mandra-pahatonga an' izy ireo hanao vavolombelona manameloka Azy. Ireo mpisorona, mpanapaka, ireo fariseo sy faikan' olona mafy fo nitambatra hiray tetika feno fahavinirana avy amin' i Satana. Miray amin' i Satana sy ireo anjeliny ireo filoham-pivavahana ka mankatò ny baikony. {IFM 806.1}

Na dia nijaly sy niala aina aza Jesosy, dia nandre ny teny rehetra nataon' ny mpisorona Izy hoe : «Ny sasany novonjeny ; fa ny tenany tsy hainy vonjena. Mpanjakan' Isiraely Izy, aoka hidina hiala amin' ny hazo fijaliana Izy ankehitriny ; dia hino Azy izahay». Azon' i Kristy natao ny nidina avy amin' ny hazo fijaliana. Nefa tsy tiany ny hamonjy ny tenany ary dia tsy hanana fanantenana famelan-keloka sy sitraka any amin' Andriamanitra ny mpanota. {IFM 806.2}

Tamin' ny fanesoesoana ny Mpamonjy nataon' ireo olona izay nilaza ny tenany ho mpanazava ny faminaniana, dia namerimberina ny teny indrindra izay nolazain' ny tsindrimandry mialoha holazainy amin' izany fotoana izany izy. Nefa tao amin' ny fahajambany dia tsy hitany fa manatanteraka ny faminaniana izy. Ireo izay niteny tamin' ny fanivaivana hoe : «Natoky an' Andriamanitra Izy, aoka Izy hamonjy Azy ankehitriny, raha ankasitrahany Izy, satria hoy Izy : Zanak' Andriamanitra Aho», dia tsy nihevitra kely akory fa hana- koako any amin' ny taona mifandimby any ny filazany. Nefa na dia fanesoesoana aza no nanaovana ireo teny ireo, dia nitarika olona handinika ny Soratra Masina tahaka ny tsy mbola nataony teo aloha izany. Nisy olon-kendry nihaino, nikaroka, nandanjalanja sy nivavaka. Tao ireo tsy nitsahatra mihitsy raha tsy nahita ny dikan' ny iraka nampanaovina an' i Kristy, tamin' ny fampitahana ny Soratra Masina amin' ny Soratra Masina. Na oviana na oviana hatramin' izay, tsy mbola nisy fahalalan' ny besinimaro an' i Jesosy tahaka ny tamin' Izy nihantona teo amin' ny hazo fijaliana. Namirapiratra teo amin' ny fon' ny maro tamin' ireo izay nijery ny fanomboana tamin' ny hazo fijaliana sy ireo izay nandre ny tenin' Kristy, ny fahazavan' ny fahamarinana. {IFM 806.3}

Nisy tara-pahazavana nitondra fampaherezana ho an' i Jesosy teo ambonin' ny hazo

fijaliana : ny fivavahan' ilay jiolahy nibebaka izany. Samy nanesoeso an' i Jesosy aloha ireo olona roa nohomboana niaraka taminy teo amin' ny hazo fijaliana, ary ny anankiray noho ny fijaliany dia vao mainka namoy fo sy nanohitra an-karihary. Tsy toy izany kosa ilay namany. Tsy mpamono olona mafy fo io olona io ; voatariky ny namana ratsy izy, nefa tsy meloka noho ireo marobe nijoro teo akaikin' ny hazo fijaliana nanaraby ny Mpamonjy. Efa nahita sy nandre an' i Jesosy izy ary nandre sy resy lahatry ny fampianarany, nefa ny mpisorona sy ny mpanapaka no nahatonga azy niodina niala tamin' i Jesosy. Nitady izay hampangina ny fahareseny lahatra izy, ka nilentika lalindalina kokoa hatrany hatrany ao amin' ny fahotana, ary farany dia notazonina, notsaraina ho nanao heloka bevava ary nohelohina ho faty eo amin' ny hazo fijaliana. Niaraka tamin' i Jesosy izy teo amin' ny trano fitsarana sy teo amin' ny lalana nankany Kalvary. Reny i Pilato nanao hoe : «Tsy hitako izay helony». Nomarihiny izato fihetsiny toa tahaka ny an' Andriamanitra, sy izato famelany heloka feno fangorahana an' ireo mpampijaly Azy. Raha teo amin' ny hazo fijaliana izy, dia hitany ireo mpitondra fivavahana lehibe maro nampiasa ny lelany hoentimitififitra an' i Jesosy amin' ny fanevatevana sy ny fanivaivana. Hitany ireo loha mihifikifika. Reny ireo teny manome tsiny nataon' ilay mpiray heloka aminy : «Tsy Hianao va no Kristy ? Vonjeo ny tenanao sy izahay». Reny fa betsaka no niaro an' i Kristy tamin' ireo mpandalo. Reny izy ireo mamerimberina ny teniny sy milaza ny asany. Niverina tao aminy indray ny finoany fa io no Kristy. Nitodika tamin' ilay namany mpiray heloka taminy izy ka nanao hoe : «Moa hianao koa tsy mba matahotra an' Andriamanitra na dia izao samy voaheloka izao aza ?» Tsy nanana na inona na inona atahorana amin' ny olona intsony ireo mpangalatra efa ho faty ireo. Nefa nanindry azy ny fahalalana mazava fa misy Andriamanitra tokony hatahorana sy ny ho avy izay tokony hampangovitra. Ary amin' izao fotoana izao, ny fiainany izay efa voaloton' ny fahotana, dia efa hifarana : «Marina ny hanamelohany antsika, hoy ny fitoreony, satria mandray ny valin' ny nataontsika isika, fa ity Lehilahy ity kosa tsy mbola nanao zavatra tsy mety na dia kely akory aza». {IFM 807.1}

Tsy misy fanontaniana intsony izao. Tsy misy fisalasalana, tsy misy fanomezan-tsiny. Voaheloka noho ny fahotany izy, very fanantenana sy kivy ilay jiolahy, nefa izao dia misy eritreritra hafa mamy indrindra mitsimoka. Notadidiny izay rehetra reny ny amin' i Jesosy, ny nanasitranany ny marary sy ny namelany ny fahotana. Reny ireo teny nataon' izay nino an' i Jesosy sy nanaraka Azy tamindranomaso. Hitany sy vakiny ny soratra teo ambonin' ny lohan' ny Mpamonjy. Reny ireo mpandalo mamerimberina izany, ny sasany naratra am-po sy tamin' ny molotra mangovitra, ny hafa kosa tamin' ny famazivazina sy ny fanesoesoana. Nanazava ny sainy ny Fanahy Masina ary nifanatona tsikelikely

hifampitohy ireo mason' ny rojo nahafantarany ny marina. Teo amin' i Jesosy voatorotoro natao fihomehezana, sy mihantona eo amin' ny hazo fijaliana, dia hitany ny Zanak' ondrin' Andriamanitra, izay manaisotra ny fahotan' izao tontolo izao. Tamin' ny feo feno fanantenana sy tebiteby no niantorahan' ity fanahy tsy manan-kery sy efa ho faty ity teo amin' ny Mpamonjy miala aina : «Tompo ô, tsarovy aho, hoy ny antsoantsony, rehefa avy amin' ny fanjakanao Hianao». Avy hatrany dia tonga ny valiny. Malefaka, mamelovelo, feno fitiavana sy fangorahana ary hery ny teny nanao hoe : «Lazaiko aminao marina tokoa anio, hihaona amiko any Paradisa hianao». {IFM 808.1}

Nandritra ireo ora lava nisian' ny ady mihatra aman' aina, dia fanivaivana sy fanarabiana no niantefa tao an-tsofin' i Jesosy. Raha nihantona teo amin' ny hazo fijaliana Izy, dia mbola niakatra hatreo Aminy ny feo fanevatevana sy ozona. Naniry koa raha naniry ny fony handre feo maneho ny finoana avy amin' ireo mpianany. Ny hany reny dia ny feo mampalahelo hoe : «Nantenainay fa Izy no Ilay efa hanavotra ny Isiraely». Koa feno fankasitrahana manao ahoana ny Mpamonjy tamin' ny tenim-pinoana sy ny tenim-pitiavana nataon' ilay jiolahy efa ho faty. Raha nandà azy ireo mpitarika Jiosy, ary na dia ny mpianany aza nisalasala ny maha-Andriamanitra Azy, ilay jiolahy mahantra kosa teo amin' ny moron-tevan' ny mandrakizay dia niantso an' i Jesosy hoe «Tompo». Betsaka no vonona hiantso Azy hoe «Tompo» fony Izy nanao fahagagana, sy rehefa nitsangana tamin' ny maty Izy ; nefa tsy nisy nanaiky Azy ho izany raha nihantona ho faty teo ambonin' ny hazo fijaliana Izy, afa-tsy ilay jiolahy nibebaka izay voavonjy tamin' ny ora fahiraika ambin' ny folo. {IFM 808.2}

Voamarik' ireo nanatrika teo ny tenin' ilay jiolahy niantso an' i Jesosy hoe «Tompo». Nanintona ny sainy ny feon' ilay olona nibebaka. Ireo izay niady ny akanjon' i Kristy teo am-pototry ny hazo fijaliana, sy niloka ny fitafiany, dia nangina hihaino. Nitsahatra ireo feony feno fahatezerana. Nidobodoboka ny fony nijery an' i Kristy, ary niandry ny valin-teny avy amin' ireo molotr' Ilay efa ho faty izy. {IFM 809.1}

Raha nilaza ireo teny fikasana ireo Izy, dia voagorobaky ny fahazavana mamirapiratra sy velona ny rahona mainty toa manodidina ny hazo fijaliana. Tonga tao amin' ilay jiolahy mibebaka ny fiadanana tanteraka avy amin' ny fanekena an' Andriamanitra. Nomem-boninahitra tao amin' ny fanetren-tenany Kristy. Mpandresy Ilay resy teo imason' ny hafa rehetra. Nekena ho Mpitondra fahotana Izy. Mety mampiasa hery amin' ny tenan' ny maha-olombelona ny olona. Azony atao ny mandoaka ireo fihirifana masina amin' ny satro-tsilo. Azony atao ny manala ny akanjony sy miady ny amin' izay hizarana azy. Nefa kosa tsy azony atao ny mandroaka Azy amin' ny fahefany mamela heloka. Teo amin' ny fahafatesany dia vavolombelon' ny maha-Andriamanitra Azy Izy sy nanome

voninahitra ny Rainy. Ny sofiny tsy lalodalovana fa mahare ary tsy fohy ny tanany fa mahavonjy. Zony amin' ny maha-Mpanjaka Azy ny mamonjy tokoa izay rehetra manatona an' Andriamanitra amin' ny alalany. {IFM 809.2}

Lazaiko aminao marina tokoa anio, fa hihaona Amiko any am-Paradisa ianao. Tsy nampanantena Kristy fa hihaona Aminy any am-Paradisa amin' io andro io ilay jiolahy. Ny tenany aza tsy tany am-Paradisa tamin' io andro io. Natory tao amin' ny fasana Izy ary ny marainan' ny andro nitsanganany tamin' ny maty dia hoy Izy : «Tsy mbola niakatra tany amin' ny Ray Aho». Fa tamin' ny andro nanomboana Azy tamin' ny hazo fijaliana, andro faharesena sy nanjombona indrindra, no nanomezany ilay teny fikasana. «Anio»-, raha niala aina toy ny mpanao ratsy teo amin' ny hazo fijaliana Kristy, dia nampanantena Ilay mpanota mahantra Izy hoe : «hihaona Amiko any am-Paradisa hianao». {IFM 809.3}

Ireo jiolahy nohomboana tamin' ny hazo fijaliana dia «iray avy teo an-daniny roa, ary Jesosy teo afovoany». Natao izany noho ny baikon' ireo mpisorona sy ireo mpanapaka. Ny toeran' i Kristy teo anelanelan' ireo mpangalatra ireo dia natao mba hanambarana fa Izy no meloka indrindra amin' izy telo lahy. Tamin' izany no nahatanteraka ny Soratra Masina manao hoe : «Natao ho isan' ny mpanota Izy». Tahaka ny nanomboana an' i Jesosy teo amin' ny hazo fijaliana niaraka tamin' ny jiolahy, ka nanaovana Azy «teo afovoany», dia toy izany koa ny nametrahana ny hazo fijaliany eo afovoan' izao tontolo izao maty ao amin' ny fahotana. Ary ireo teny famelan-keloka nataony tamin' ilay jiolahy nibebaka, dia nandrehitra fahazavana izay mamirapiratra hatrany amin' ny faran' ny tany lavitra indrindra. {IFM 810.1}

Gaga ny anjely mibanjina ity fitiavan' i Jesosy tsy hita fetra, izay, na dia niaritra ny ady nihatra aman' aina mafy indrindra teo amin' ny saina sy ny nofo aza, dia tsy nihevitra afa-tsy ny hafa sy nampahery ny fanahy nibebaka ho amin' ny finoana. Teo amin' ny fietreny dia niteny tamin' ireo zanakavavin' i Jerosalema Izy amin' ny maha-mpaminany Azy; amin' ny maha-Mpisorona sy Mpisolovava Azy dia nifona tamin' ny Ray Izy mba hamelany heloka ireo mpamono Azy ; amin' ny maha-Mpamonjy be fitiavana Azy dia namela ny helok' ilay jiolahy Izy. {IFM 810.2}

Raha nivezivezy nijery ny vahoaka ny mason' i Jesosy, dia nisy endrika iray nanintona ny sainy. Nijoro teo am-pototry ny hazo fijaliana ny renin' i Jesosy, notohanan' i Jaona mpianatra. Tsy zakany ny mijanona lavitra ny Zanany ary satria fantatr' i Jaona fa efa akaiky ny farany, dia nentiny niverina teo amin' ny hazo fijaliana izy Tsaroan' i Kristy ny reniny tamin' ny ora ialany aina. Nijery ity endriny torovan' ny

alahelo Izy dia nijery an' i Jaona ary hoy Izy : «Indro ny reninao !» Azon' i Jaona ny hevitry ny tenin' i Kristy, ka nekeny ny teny napetraka taminy. Noraisiny avy hatrany tany an-tranony i Maria ; ary hatramin' io ora io dia nikarakara azy tamimpitiavana izy. O ! Mpamonjy be fitiavana, feno fangorahana ! teo afovoan' ny fanaintainany ara-nofo rehetra sy ny tebitebiny aratsaina, dia niahy an-dreniny Izy. Tsy nanam-bola hitsinjovana izay hiadanany Izy, nefa voasikotra tao am-pon' i Jaona Izy ka nomeny azy ny reniny ho lova sarobidy. Tamin' izany no nitsinjovany azy ny amin' izay nilainy indrindra, — dia ny firaisam-pon' ny olona feno fitiavana iray izay tia azy satria tia an' i Jesosy i Maria. Ary tamin' ny nandraisan' i Jaona azy toy ny zava-masina hokarakaraina, dia nandray fitahiana lehibe izy. Nampahatsiaro azy mandrakariva Ilay Tompo malalany izy. {IFM 810.3}

Ny ohatra tanteraka nomen' i Kristy momba ny fitiavana ny reny dia mamirapiratra amin' ny voninahitra tsy matroky ny alokin' ny fahelam-potoana. Efa ho telopolo taona Jesosy no nanampy tamin' ny fitondrana ireo adidy mavesatra ao an-tokantrano tamin' ny asa mafy nataony andavanandro. Ary izao, na dia eo amin' ny fialan' ainy farany aza Izy, dia tsaroany ny mitsinjo ny reniny mpitondratena mahantra. Ho hita eo amin' ny mpianatry ny Tompo tsirairay ny toe-tsaina toy izany. Ireo izay manaraka an' i Kristy dia hahatsapa fa anisan' ny fivavahany ny manaja ny ray aman-dreny sy ny manampy azy ireo amin' izay zavatra ilainy. Ny ray sy ny reny dia tsy ho diso anjara na oviana na oviana amin' ny fandraisana fikarakarana feno fiheverana sy firaisam-po ombam-pitiavana avy amin' ny fo izay mankamamy ny fitiavan' i Kristy. {IFM 811.1}

Ary ankehitriny dia efa ho faty ny Tompon' ny voninahitra ho avotra ho an' ny taranak' olombelona. Raha nametraka ny fiainany sarobidy Kristy, dia tsy nisy fifaliana noho ny fandresena nanohana Azy. Nampahory sy nanjombona avokoa ny zavatra rehetra. Tsy ny tahotra ny fahafatesana no navesatra tao Aminy. Tsy ny fangirifiriana sy ny henatra noho ny hazo fijaliana no nahatonga ny ady nihatra aman' aina tsy hay lazaina niaretany. Kristy no Andrianan' izay mijaly ; fa ny fahoriany kosa dia avy tamin' ny fahatsapany ny fitaky ny fahotana, ny fahalalana fa noho ny fifankazarany amin' ny ratsy, dia jamba ny olona ka tsy mahita ny halehibeny. Hitan' i Kristy fa tafalentika lalina manao ahoana ny fihazonan' ny fahotana ny fon' ny olombelona, ary manao ahoana ny havitsin' ny olona maniry hanapaka ny heriny. Fantany fa raha tsy misy fanampiana avy amin' Andriamanitra dia tsy maintsy ho faty ny olombelona, ary hitany ireo vahoaka be maty eo amin' ny toerana izay mety hahazoany fanampiana be dia be. {IFM 811.2}

Teo amin' i Kristy no napetraka ny fahadisoantsika rehetra amin' ny maha-mpisolo toerana antsika sy antoka ho antsika Azy. Nisaina ho anisan' ny mpanao meloka Izy mba

hahazoany manavotra antsika avy amin' ny fanamelohan' ny lalàna. Nitambesatra teo amin' ny fony ny fahadisoan' ny taranak' i Adama tsirairay. Ny fahatezeran' Andriamanitra amin' ny fahotana, ny fanehoany mahatahotra ny tsy fankasitrahany ny fahadisoana dia nahazendana ny fanahin' ny Zanany. Nandritra ny fiainany manontolo dia notorian' i Kristy tamin' izao tontolo izao lavo ireo vaovao mahafaly momba ny famindrampon' ny Ray sy ny fitiavany mamela heloka. Famonjena ho an' ny lohan' ny mpanota no lafin-kevitra nasehony. Nefa ankehitriny, noho ny vesatra mahatsiravin' ny heloka nentiny, dia tsy afaka mahita ny tavan' ny Ray mitory fampihavanana Izy. Ny fialan' ny tavan' Andriamanitra tsy ho hitan' ny Mpamonjy tamin' ity fotoana nampitebiteby Azy mafy indrindra ity, dia nanindrona ny fony tamin' ny alahelo izay tsy ho takatry ny olona na oviana na oviana amin' ny fomba feno. Mafy loatra io ady mihatra aman' aina niaretany io ka saika tsy reny ny fanaintainany ara-nofo. {IFM 811.3}

Nandrotidrotika ny fon' i Jesosy i Satana tamin' ireo fakampanahy mahery vaika nalefany. Tsy afaka nahita izay tany ankoatry ny varavaram-pasana ny Mpamonjy. Tsy nasehon' ny fanantenana teo anatrehany intsony ny fivoahany avy ao am-pasana toy ny mpandresy, ary tsy nolazainy taminy ny faneken' ny Ray ny sorona nataony. Natahotra Izy sao mahatsiravina loatra an' Andriamanitra ny fahotana ka ho mandrakizay ny fisarahany. Tsapan' i Kristy ny tebiteby izay ho tsapan' ny mpanota rehefa tsy hifona ho an' ny taranaka meloka intsony ny famindrampo. Ny fahatsapana ny fahotana izay nahatonga ny fahatezeran' Andriamanitra, teo Aminy tamin' ny naha-solon' ny olona Azy, no nampangidy toy izany ny kapoaka izay nosotroiny, ka nahavaky ny fon' Ilay Zanak' Andriamanitra. {IFM 812.1}

Ireo anjely izay nanatri-maso ny fialan' aina nampamoifon' i Kristy dia nanakona ny tavany teo anoloan' izao fisehoan-javatra mahatsiravina izao. .. Nampiseho ny firaisam-pony tamin' ny Mpahary azy izay notsiratsiraina ary efa ho faty, na dia ny zavaboary aza. Ny masoandro dia nandà tsy hanazava toe-javatra mampahory toy izao. Raha teo amin' ny mitataovovonana iny indrindra izy, ka namirapiratra fatratra amin' ny fahafenoany tanteraka, dia toa nilentika tampoka teo. Nisy fahamaizinana, toy ny lambam-paty, nanarona ny hazo fijaliana. «Ary hatramin' ny ora fahenina ka hatramin' ny ora fahasivy dia maizina ny tany». Tsy nisy fanakonamasoandro na antony voajanahary azo lazaina ho nahatonga io haizina io, izay maizina tokoa toy ny fahamaizinan' ny misasak' alina, rehefa tsy misy volana aman-kintana mamiratra. Vavolombelona mahagaga izay nomen' Andriamanitra mba hanamafy orina ny finoan' ny taranaka any aoriana izany. {IFM 812.2}

Nanakona ny fanatrehan' Andriamanitra io haizina matevina io. Nataony ho fialofana

izany ary nafeniny tsy ho eo imason' ny taranak' olombelona ny voninahiny. Nijoro teo anilan' ny hazo fijaliana Andriamanitra sy ny anjeliny. Teo amin' ny Zanany Izy, fa saingy tsy hita maso ny fanatrehany. Raha nanjelanjelatra namakivaky ny alina ny voninahiny, dia ho nandevona ireo olombelona rehetra nanatrika teo. Tamin' io ora mahatahotra io Kristy dia tsy tokony nampaherezin' ny fanatrehan' ny Rainy. Natao hanosihosy famihazam-boaloboka irery Izy ary tsy nisy tamin' ireo azy tonga niaraka taminy teo. {IFM 813.1}

Haizina matevina no nanaronan' Andriamanitra ny fialan' aina farany amin' ny maha-olombelona Ilay Zanany. Izay rehetra nitazana an' i Kristy tao anatin' izany fangirifiriana mangidy izany dia niaiky ny maha-Andriamanitra Azy. Namela fahatsiarovana tsy hay hadinoina tao amin' ny fanahin' izay sambany vao nahita Azy ny endrik' i Kristy. Nitondra ny mariky ny maha-mpamono olona azy ny endrik' i Kaina; fa ny tavan' i Kristy kosa dia nampiseho tsy fananan-tsiny, fahatoniana, fitiavana, - izany hoe ny endrik' Andriamanitra. Nefa ireo mpanameloka Azy dia tsy te-hijery ireo fambara avy any an-danitra. Nahaliana ireo vahoaka mpanazimba olona ny nibanjina an' i Kristy, nandritra ireo ora maro nialany aina. Tamim-pamindrampo fatratra no nanaronan' Andriamanitra Azy tamin' ny kapaotiny izao. {IFM 813.2}

Nisy fahanginana lalina toa nianjera teo an-tampon' i Kalvary. Nisy horohoro tsy hay lazaina nameno ny vahoaka nivory nanodidina ny hazo fijaliana. Maty ary nitsahatra tsy heno teo ambavany intsony ny ozona sy ny eso. Lavo tamin' ny tany avokoa na lehilahy, na vehivavy, na ankizy. Indraindray dia nisy tselatra namakivaky ny lanitra, ary indro hita avy amin' ny fahazavany ilay hazo mitanambokovoko ifantsihan' ny Mpamonjy. Tamin' izay dia nihevitra tokoa ny mpisorona, ny mpanapaka, ny mpanora-dalàna, ny lehilahy mpamono olona ary ny vahoaka manontolo, fa tonga ny ora famaliana azy ireo. Fotoana kely taorian' izay, dia nifampibitsibitsika ny sasany fa hidina avy eny amin' ny hazo fijaliana angamba Jesosy. Maro tamin' izy ireo no nitady sy nitsapatsapa ny lalana mankany an-tanàna ary niteha-tratra no sady nitoreo. {IFM 813.3}

Tokony ho tamin' ny ora fahasivy, dia niakatra teo ambonin' ny vahoaka mpanatrika ny haizina, nefa mbola nanarona ihany ny Mpamonjy. Izany dia tandindon' ny fialan' aina sy ny horohoro izay namesatra ny fony. Tsy nisy mihitsy maso afaka nanagorobaka ny fahamaizinana nanarona ny hazo fijaliana, ary manoatra noho izany, maso, afaka maninteraka ny haizina mandrakotra ny fanahin' i Kristy izay mijaly. Nisy tselatra misafoaka mafy nirehitra nanodidina Azy. Dia niantso tamin' ny feo mahery Jesosy ka nanao hoe : «Ely, Ely, lamà, sabaktany ?». Andriamanitra Ò, Andriamanitra Ò, nahoana no dia mahafoy Ahy Hianao». Teo am-pahitana izany fisafoakan' ny zavaboary tamin' ny

Mpamonjy izany dia nisy feo niantsoantso hoe : «Mianjera Aminy ny famalian' ny lanitra. Mianjady Aminy ny fahatezeran' Andriamanitra satria nihambo ny tenany ho Zanak' Andriamanitra Izy. Maro tamin' ireo izay nino Azy no very fanantenana raha nandre ny antsoantsony feno famoizam-po. Raha nahafoy an' i Jesosy Andriamanitra, amin' iza indray izao no azon' ireto mpianatra ireto hiantorahana ? Rehefa nisinda ny haizina izay nampahory ny fanahin' i Jesosy dia tsaroany indray ny fangirifiriana ara-nofo nahazo Azy ary hoy Izy : «Mangetaheta Aho». Miaramila romana iray, tohina ary nangoraka raha nahita ny molony maina, no nandray sipaonjy ary rehefa natsobony tamin' ny vinaingitra izany dia notohizany tamin' ny volotara ka natohony hotsentsefin' i Jesosy. Fa ny mpisorona kosa tsy mba niraharaha ny fialany aina. Nahatsiaro tahotra sy horohoro tokoa izy ireo raha nanarona ny tany ny haizina ; rehefa nisinda anefa izany dia nanitsy ny fiheverany indray izy, tsy hatahotra fa tsy ho afa-miala eo anatrehany akory Jesosy. Diso ny fiheverany ilay tenin' i Jesosy hoe : «Ely, Ely, lamà sabaktany ?» Naneso Azy izy dia nanao hoe : «Miantso an' i Elia Ilehio». Nataony tsinontsinona ilay fotoana farany azony nararaotina mba hanamaivana ny fahoriany, ary dia mbola nampiany hoe : «Aoka hoe hizahantsika na ho avy hamonjy Azy Elia na tsia». {IFM 813.4}

Nihantona teo amin' ilay hazo mitanambokovoko ny Zanak' Andriamanitra madio sy tsy manan-tsiny, rotidrotiky ny kapoka ny nofony ; ireo tanany izay nitsotra mandrakariva mba hitahy dia voafantsika teo amin' ny hazo. Ireo tongony izay tsy nety sasatra tamin' ny fanompoam-pitiavana, dia voafantsika toy izany koa; voatrabatrabaky ny satro-tsilo ilay loha mendrika mpanjaka ; ireo molony nangovitra dia nandefa antso feno fangirifiriana. Izay rehetra niaretany, - ny ra nitete avy eo amin' ny lohany, sy ny tanany ary ny tongony, ny fialan' aina izay nampihovitrovitra ny tenany, ny tebiteby tsy hay lazaina izay nameno ny fanahiny rehefa nafenin' ny Ray Azy ny tavany, - ireny rehetra ireny dia miteny amin' ny zanak' olombelona tsirairay fa : Ho anao no naneken' ny Zanak' Andriamanitra hitondra io enta-mavesatry ny fahadisoana io; ho anao no namaboiny ny fahafatesana sy namohany ny varavaran' ny paradisa. Ilay nampitsahatra ny fisafoaky ny onjan-dranomasina ary nandeha teo ambonin' ny alon-drano, Ilay nampangovitra ny devoly sy nampandositra ny aretina, Ilay nampahiratra ny jamba sy nanangana ny maty, — dia nanolo-tena ho faty teo an-kazo fijaliana noho ny fitiavany anao. Nivesatra ny fahotana Izy, niaritra ny fahatezeran' ny fahamarinan' Andriamanitra Izy ; natao ota mihitsy Izy noho ianao. {IFM 814.1}

Niandry tamim-pahanginana tokoa ny fiafaran' izao fisehoanjavatra mampangitakitaka izao ny mpanatrika. Namirapiratra ny masoandro, fa ny hazo fijaliana kosa dia mbola rakotry ny haizina. Nijery nanandrify an' i Jerosalema ny mpisorona sy

ny mpanapaka, ary indro rahona matevina no mitatao eo ambonin' ilay tanàna sy ny tany lemak' i Jodia. Ny Masoandron' ny Fahamarinana, ny Fahazavan' izao tontolo izao dia nampiala ny tara-pahazavany tsy ho eo Jerosalema intsony, ilay tanàna nahazo tombon-tsoa fahiny. Nianjera amin' ity rehivohitra izay efa voaheloka ho amin' ny faharavana ny firehitry ny fahatezeran' Andriamanitra. {IFM 815.1}

Nisava tampoka teo ny haizina izay nanarona ny hazo fijaliana ary niantso tamin' ny feo mazava sy manakoako Jesosy : «Vita»» Raiko ô, eo an-tànanao no atolotro ny fanahiko». Nisy fahazavana nanodidina ny hazo fijaliana ary namirapiratra toy ny famirapiratry ny masoandro ny endriky ny Mpamonjy. Dia nanondrika ny lohany Izy ary afaka ny ainy. {IFM 815.2}

Nosotroin' i Jesosy hatramin' ny farany ny kapoakan' ny hazo fijalian' ny taranak' olombelona. Nandritra ireo ora mampivarahontsana ireo, dia niankina tamim-pinoana tamin' Ilay nankatoaviny tamim-pifaliana Izy ary fantany ny fahamarinany, ny famindrampo ary ny fitiavan-dehibe ananany. Tamin' ny fotoana niankinany tamin' Andriamanitra tamin' ny fanoavana tanteraka dia nitsahatra tao Aminy ny fiheverana ho tsy mahazo ny fankasitrahan' Andriamanitra. Nandresy tamin' ny alalan' ny finoana Kristy. {IFM 815.3}

Na oviana na oviana dia mbola tsy nanatrika tarehin-javatra toy izao ny tany. Tsy nahahetsika ny vahoaka nibanjina ny Mpamonjy. Niverina indray ny haizina; injay re mirefodrefotra ny kotrobaratra, ary nihorohoro mafy ny tany. Nifanosika ny vahoaka. Nisy fifanaritahana sy fifanjevoana mbola tsy fahita niseho teo. Niendaka avy teny amin' ny tendrombohitra manodidina ny vatolampy ary nikodiadia sy nifandona mafy nankeny amin' ny tany lemaka. Nivoha ny fasana ary voatsipy teny ivelany ny faty izay nalevina tao. Toa efa saika potika sy mongomongo ny zavaboary. Lavo niankohoka tamin' ny tany ary tsy nahateny noho ny tahotra ny mpisorona sy ny mpanapaka, ny miaramaila, ary ireo olon-doza mpamono ny voaheloka sy ny vahoaka rehetra. {IFM 815.4}

Raha nivoaka avy teo amin' ny molotr' i Kristy ilay antso mafy hoe «Vita» dia nisy mpisorona nanao fisoronana indrindra tao amin' ny tempoly. Fotoanan' ny fanatitra hariva tamin' izay. Ndeha hovonoina indrindra ilay zanak' ondry mampiseho an' i Kristy. Nifantoka teny amin' ny mpisorona mihaingo fatratra amin' ny fitafiany marevaka, mifono hevi-dalina, mitana antsy, vonona toa an' i Abrahama hamono ny zanany, ny mason' ny olona rehetra nanatrika teo. Indro anefa fa nangovitra ny tany satria manakaiky ny Mpamonjy. Triatra hatreny ambony ka hatratỳ ambany, toy ny nisy tanana tsy hita maso nandrovitra azy, ny voaly nampisaraka ny efitra afovoan' ny tempoly, ary

tafiditra tany amin' ny fitoerana izay feno ny fanatrehan' Andriamanitra fahiny ny fijerin' ny vahoaka. Tao no nampisehoan' Andriamanitra ny voninahiny teo ambonin' ny fiaran' ny fanekena. Tsy misy olona na iza na iza, afa-tsy ny mpisoronabe ihany, mahazo manainga ny voaly izay mampisaraka io fitoerana io amin' ny efitra sisa rehetra. Izy irery no niditra ao indray mandeha isan-taona mba hanao fanatitra ho an' ny fahotan' ny firenena. Nefa indro fa mizara roa ny voaly. Tsy nanana ny hasiny intsony ny fitoerana masina indrindra teto an-tany. {IFM 816.1}

Tahotra sy fikorontanana no nanjaka teny rehetra teny. Latsaka teny an-tanan' ny mpisorona saika hamono fanatitra ny antsy, ary ny zanak' ondry lasa nandositra. Tanteraka tao amin' ny fahafatesan' i Kristy ny tandindona. Vita ny fanati-dehibe. Misokatra ny lalana mankao amin' ny efitra masina indrindra. Misy lalana vaovao sady velona voaomana ho an' ny olona rehetra. Tsy ilain' izao tontolo izao meloka sy mijaly intsony ny miandry ny fiavian' ny mpisorona lehibe. Hatramin' io fotoana io, ny Mpamonjy dia tsy maintsy manao fisoronana any an-danitry ny lanitra amin' ny maha-Mpisorona sy Mpisolovava Azy. Voalaza fa toa nisy feo velona niteny tamin' ireo mpivavaka : Nifarana ny fanatitra rehetra noho ny ota. Tonga ny Zanak' Andriamanitra araka ny teniny manao hoe: «Inty Aho tonga ... Hanao ny sitraponao, Andriamanitra ô». «Ary tsy mba nitondra ran' osilahy sy ran-janak' omby Izy, fa ny ran' ny tenany, dia niditra indray mandeha ho any amin' ny fitoerana masina ka nahazo fanavotana mandrakizay». {IFM 816.2}

## Toko 79—Vita

Tsy natolotr' i Kristy ny ainy raha tsy vitany ny asa izay nahatongavany : ka raha niala ny. fofon' ainy dia niantso Izy hoe : «Vita». Azo ny fandresena. Ny tanany ankavanana sy ny sandriny masina no nahavitany famonjena. Natsatony teny amin' ny fitoerana avo mandrakizay ny fanevany amin' ny maha-Mpanafika mandresy Azy. Moa ve tsy nisy fifaliana teo amin' ny anjely ? Niara-nihoby ny fandresen' ny Mpamonjy ny lanitra manontolo. Resy i Satana, ary fantany fa very ny fanjakany. {IFM 817.1}

Ho an' ny anjely sy ho an' ireo izao tontolo izao tsy lavo dia nisy heviny lalina ny antsoantso hoe : «Vita». Ho azy, toy ny ho antsika koa, dia nilaza izany fa tanteraka ny asa lehibe fanavotana. Nandray anjara niaraka tamintsika tamin' ny vokatry ny fandresen' i Kristy izy. {IFM 817.2}

Raha tsy teo amin' ny fahafatesan' i Kristy dia tsy niseho mazava tamin' ny anjely na tamin' ireo izao tontolo izao tsy lavo ny toetra amam-panahin' i Satana. Nanafy ny tenany tamin' ny fitaka ilay lohan' ny mpihemotra ka na dia ireo masina aza tsy nahazo ny foto-kevitra narosony. Tsy hitan' izy ireo mazava ny toetry ny fikomiany. {IFM 817.3}

Feno hery sy voninahitra mahagaga izy fony nanohitra an' Andriamanitra. Izao no lazain' ny Tompo momba an' i Losifera : «Ilay mahatanteraka ny rafitra tsara tarehy tonga marika sady feno fahendrena no tena tsara tarehy». Losifera no kerobima manaloka. Nijoro teo amin' ny fahazavan' ny fanatrehan' Andriamanitra izy. Izy no ambony indrindra tamin' ny voary rehetra ary izy no voalohany tamin' ny fanehoana ireo fikasan' Andriamanitra tamin izao tontolo izao. Rehefa nanota izy. dia namitaka indrindra ny hery mamitaka nananany ka sarotra ny manala sarona ny toetra amampanahiny, noho ny toerana ambony notazoniny teo amin' ny Ray. {IFM 817.4}

Azon' Andriamanitra natao mora foana ny namongotra an' i Satana sy ireo niray saina taminy toy ny fanariana vato kilonjy eo amin' ny tany ; nefa tsy nataony izany. Tsy ny hery no handresena ny fikomiana. Ny fahefana manery dia tsy hita raha tsy ao amin' ny fitondram-panjakan' i Satana. Tsy mifanaraka amin' izany ireo foto-kevitr' i Jehovah. Miankina amin' ny fahalemem-panahy, ny famindrampo sy ny fitiavana ny fahefany ; ary ny fanehoana ireo foto-kevitra ireo no fomba ampiasaina. Ara-panahy ny fitondrampanjakan' Andriamanitra ary ny fahamarinana sy ny fitiavana no hery manjaka amin' izany. {IFM 818.1}

Fikasan' Andriamanitra ny hampitoetra ny zavatra rehetra eo amin' ny fototra azo

antoka mandrakizay, ary tapaka tany amin' ny filan-kevitra tany an-danitra fa homena fotoana i Satana hampivelatra ireo foto-kevitra hiorenan' ny fomba fitondram-panjakany. Nilaza izy fa ambony noho ny foto-kevitr' Andriamanitra izany. Nomena ny fotoana hiasan' ireo foto-kevitr' i Satana, mba ho hitan' izao rehetra izao any an-danitra ireny. {IFM 818.2}

Notarihin' i Satana ny olona ho eo amin' ny fahotana, koa dia notanterahina ny drafitry ny fanavotana. Efatra arivo taona izay Kristy no niasa hanandratra ny olona, ary i Satana kosa niasa handevona sy hampitotongana azy. Ary nibanjina izany izao rehetra izao any an-danitra. {IFM 818.3}

Rehefa tonga teto amin' izao tontolo izao Jesosy, dia nifototra taminy ny fahatezeran' i Satana. Hatramin' ny fotoana nisehoany ho zazakely tany Betlehema, dia niasa handevona Azy ilay mpandroba fahefana. Tamin' ny fomba rehetra no nitadiavany izay fomba rehetra hanakanana an' i Jesosy tsy hivelatra amin' ny fahazavana tanteraka, amin' ny toetra maha-lehilahy lehibe tsy misy tsiny, amin' ny asa masina, ary sorona tsy misy pentimpentina. Nefa resy izy. Tsy voatariny hanota Jesosy. Tsy azony natao ny nampahakivy Azy, na nitarika Azy hiala amin' ny asa nahatongavany atao teto an-tany. Hatrany an-efitra ka hatrany Kalvary, dia nifofofofo teo Aminy ny tafiotry ny fahatezeran' i Satana, nefa arakaraka ny nianjadian ', izany tsy nisy indrafo, dia arakaraka izany no nifikiran' ny Zanak' Andriamanitra mafimafy kokoa tamin' ny tanan' ny rainy, sy nandrosoany teo amin' ilay lalana voapentin-dra. Ny fiezahana rehetra nataon' i Satana hampihorohoro sy handresy Azy, dia vao mainka nampiseho tamin' ny fahazavana madio kokoa ny toetra amampanahiny tsy misy pentina. {IFM 818.4}

Vavolombelon' ny ady ny lanitra manontolo sy ireo izao tontolo izao tsy nanota. Liana nanao ahoana izy ireo nanaraka ireo toejavatra farany teo amin' ny ady ! Nibanjina ny Mpamonjy izy ireo raha niditra ny sahan' i Getsemane Izy, raha niondrika ny fanahiny noho ny horohoron' ny haizim-be. Reny ny antsony feno fangidiana hoe : «Ray ô, raha azo atao, dia aoka hoesorina amiko ity kapoaka ity». Raha niala ny fanatrehan' ny Ray, dia hitany Izy feno alahelo avy amin' ny ngidin' alahelo mafy lavitra noho ny ady farany lehibe indrindra amin' ny fahafatesana. Nivoaka ny mason-kodiny ny dinitra ra, ka nitete tamin' ny tany. Intelo no nientana teo amin' ny molony ny fivavahana mitady fanafahana. Tsy zakan' ny lanitra intsony ny nijery izany, ka nisy iraka nalefa hampahery ny Zanak' Andria-manitra. {IFM 819.1}

Ny lanitra dia nibanjina Ilay Hovonoina nisy namadika ka voaray teo am-pelatanan' ny vahoaka misafoaka sy lian-dra, ary nidododo avy amin' ny fitsarana iray ho any

amin' ny anankiray narahin' ny fanarabiana sy ny herisetra. Reny ny esoeso ataon' ireo mpanenjika Azy noho Izy teraka tamin' ny fomba ambany. Reny ny fandavana narahin' ozona sy fianianana nataon' ny anankiray tamin' ny mpianany tiany indrindra. Hitany ny fahaviniran' i Satana teo amin' ny asany sy ny heriny amin' ny fon' ny olombelona. Toe-javatra mampihorohoro ! Ny Mpamonjy nosamborina misasak' alina tany Getsemane ; notaritarihina hatraiza hatraiza avy amin' ny lapa ho any anati-rova, naseho indroa teo anatrehan' ny mpisorona, indroa teo anatrehan' ny Synedriona, indroa teo anatrehan' i Pilato ary indray mandeha teo anatrehan' i Heroda, noesoesoina, nokapohina, nohelohina, ary nentina homboana, nitondra ny hazo fijaliana mavesatra, teo afovoan' ireo zanakavavin' i Jerosalema nitomany sy ireo raby nanevateva. {IFM 819.2}

Ny lanitra dia ory sy talanjona nijery an' i Kristy nihantona teo amin' ny hazo fijaliana, ny ra niboiboika avy amin' ny fihirifany maratra, ary ny dinitra miharo ra manarona ny handriny. Avy amin' ny tanany sy ny tongony dia mitete sy mitete ihany ny ra, ka milatsaka eo amin' ny vato noloahana izay itoeran' ny hazo fijaliana. Nidanadana ny ratra nataon' ny fantsika raha nitambesatra tamin' ny tanany ny lanjan' ny tenany. Nihahaingana sy nihalalina ny fisefony efa reraka, raha nihanahana ny fanahiny novesaran' ny fahotan' izao tontolo izao. Feno hagagana ny lanitra manontolo rehefa natolotr' i Kristy teo anivon' ny fijaliany mampivarahontsana ny fivavahana nanao hoe : «Ray ô, mamela ny helony fa tsy fantany izay ataony». Indreo anefa misy olona mijoro, natao araka ny endrik' Andriamanitra, miara-manorotoro ny ain' ny Zanani-lahy Tokana. Fahitana manao ahoana izany ho an' izao rehetra izao any an-danitra ! {IFM 829.3}

Nitangorona nanodidina ny hazo fijaliana ireo fanapahana sy ireo herin' ny maizina, nandefa aloky ny helo mitondra tsy finoana tao am-pon' ny olona. Fony noforonin' i Jehovah izy ireo hijoro eo anatrehan' ny seza fiandrianany, dia tsara tarehy sy be voninahitra. Nifandrindra tamin' ny toerana ambony nisy azy ny toetrany mahate ho tia sy masina. Nampanankarena azy ny fahendren' Andriamanitra, ary notafian' ny fiarovan' ny lanitra izy. Mpanompon' i Jehovah izy ireo. Nefa iza no hahafantatra fa ireo anjely lavo ireo dia ireo serafima be voninahitra izay nanompo tany amin' ny lapan' ny lanitra fahiny ? {IFM 820.1}

Niray hina tamin' ny olona ratsy fanahy ireo anjelin' i Satana hitarika ny vahoaka hino fa Kristy no lehiben' ny mpanota ka hahatonga Azy ho fankahalana. Ireo izay nanesoeso an' i Kristy raha nihantona teo amin' ny hazo fijaliana Izy, dia vonton' ny toe-tsain' ilay lohan' ny mpikomy lehibe. Satana no nameno fitenenana maloto sy maharikoriko azy ireo. Izy no nanoro azy ny fanivaivana nataony. Nefa tsy nahazoany na inona na inona izany. Raha nisy fahotana iray nety ho hita teo amin' i Kristy, raha

nilefitra tamin' i Satana tamin' ny zavatra tokana Izy handosirany ny fampijaliana mampivarahontsana, dia ho nandresy ny fahavalon' Andriamanitra sy ny olona. Nanondrika ny lohany Kristy dia maty, nefa nofikiriny mafy ny finoany sy ny fileferany tamin' Andriamanitra. «Dia nahare feo mahery tany an-danitra aho nanao hoe : Ankehitriny dia tonga 'ny famonjena sy ny hery sy ny fanjakan' Andriamanitsika, ary ny fahefan' i Kristiny, satria nazera ilay mpiampanga azy eo anatrehan' Andriamanitsika andro aman' alina». {IFM 820.2}

Hitan' i Satana fa afaka ny nanaronany ny fitaka nataony. Mivelatra mivandravandra eo anatrehan' ireo anjely tsy nanota sy eo anatrehan' izao rehetra izao any an-danitra ny fomba fitondrany. Tamin' ny nandatsahany ny ran' ny Zanak' Andriamanitra, dia nanongotra ny tenany tsy ho tian' ireo mponina any an-danitra intsony izy. Hatramin' izay dia voafetra ny asany. Na inona na inona fihantsiany, dia tsy ho azony hatao intsony ny hiandry ireo anjely raha avy any amin' ny lapan' ny lanitra ireo, ary hanameloka ny rahalahin' i Kristy eo anatrehany, izay lazainy fa mitafy ny fitafian' ny fahamaizinana sy ny loton' ny fahotana. Tapaka ny fatorana farany nampiray fo an' i Satana sy izao tontolo izao any an-danitra. {IFM 821.1}

Nefa tsy mbola naringana i Satana tamin' izay. Na dia ny anjely aza tamin' izay, dia tsy nahatakatra ny amin' izay rehetra mety ho voafaoka ao anatin' ity ady lehibe ity. Tsy maintsy naseho tamin' ny fomba feno kokoa ireo foto-kevitra nifanandrina. Ary noho ny amin' ny olombelona, dia tsy maintsy mbola hitohy ny fisian' i Satana. Tsy maintsy ho hitan' ny olona ary tahaka izany koa ny anjely, ny fahasamihafana misy amin' ny Andrianan' ny Mazava sy ny andrianan' ny maizina. Tsy maintsy mifidy izay hotompoiny izy. {IFM 821.2}

Fony nanomboka ilay ady lehibe, dia nanambara i Satana fa tsy azo ankatoavina ny lalàn' Andriamanitra, fa tsy misy ifandraisana amin' ny famindrampo ny fahamarinana, ary raha voadika ny lalàna, dia tsy ho azon' ny mpanota ny ho voavela heloka. Tsy maintsy misy saziny ny fahotana tsirairay hoy i Satana manantitrantitra ; ary raha tahiny Andriamanitra hamela fotsiny ny tambin' ny ota, dia tsy ho Andriamanitry ny fahamarinana sy ny rariny Izy izany. Nihoby i Satana rehefa nandika ny lalàn' Andriamanitra ny olona ka nihaika ny sitrapony. Mazava, hoy izy, fa tsy azo ankatoavina ny lalàna ; tsy azo avela heloka koa ny olona. Satria rehefa nikomy izy, dia voaroaka hiala ny lanitra, noho izany dia takiany fa tsy maintsy voasakana mandrakizay tsy ho eo amin' ny fankasitrahan' Andriamanitra ny taranak' olombelona. Tsy azon' Andriamanitra atao ny ho marina, hoy ny fanantitranterany, nefa sady haneho famindrampo ny mpanota. {IFM 821.3}

Nefa na dia mpanota aza ny olona dia hafa noho ny an' i Satana ny toerana nisy azy. Losifera tany an-danitra dia nanota raha teo amin' ny fahazavan' ny voninahitr' Andriamanitra. Tsy nisy voary hafa nomena hahalala ny fitiavan' Andriamanitra tahaka azy. Nahalala ny toetra amam-panahin' Andriamanitra i Satana, nahafantatra ny hatsarany, raha nifidy ny hanaraka ny sitrapony feno fitiavantena sy tsy miankina amin' Andriamanitra. Fara-tampony io safidy io. Tsy nisy na inona na inona intsony azon' Andriamanitra natao mba hamonjena azy. Ny olona kosa voafitaka, nohamaizin' ny fampianaran-dison' i Satana ny sainy. Tsy fantany ny haavo sy ny halalin' ny fitiavan' Andriamanitra. Ho azy dia nisy fanantenana teo amin' ny fahalalana ny fitiavan' Andriamanitra. Raha nibanjina ny toetra amam-panahin' Andriamanitra izy, dia mety ho voasarika hiverina ho eo amin' Andriamanitra. {IFM 821.4}

Tamin' ny alalan' i Jesosy, dia naseho tamin' ny olona ny famindrampon' Andriamanitra ; nefa tsy nampihataka ny fahamarinana akory ny famindrapo. Mampiseho ireo lafin' ny toetra amam-panahin' Andriamanitra ny lalàna, ary tsy misy azo ovana na dia ny tendron-tsoratra iray aza mba hanala tsiny ny fahalavoan' ny olona. Tsy novan' Andriamanitra ny lalàny, fa ny tenany no nataony sorona tao amin' i Kristy, ho fanavotana ny olona. «Andriamanitra tao amin' i Kristy no nampihavana izao tontolo izao taminy» . {IFM 822.1}

Mitaky fahamarinana ny lalana — fiainana marina, toetra amampanahy tanteraka ; ary tsy manan-komena ny amin' izany ny olona. Tsy afaka manome fahafaham-po ny fitakian' ny lalàn' Andriamanitra masina izy. Nefa raha tonga teo an-tany tamin' ny maha-olombelona Azy Kristy, dia efa nivelona tamin' ny fiainana masina, ary efa nahavanona toetra amam-panahy tanteraka. Ireo dia atolony ho fanomezana maimaimpoana ho an' izay rehetra handray Azy. Ny fiainany no mijoro ho solon' ny fiainan' ny olona. Amin' izany fomba izany dia mahazo famelana ny ota tamin' ny lasa ny olona, noho ny faharipon' Andriamanitra. Ary mihoatra noho izany, dia vontosan' i Kristy amin' ny toetran' Andriamanitra ny olona. Manorina ny toetra amam-panahin' ny olombelona Izy, hanampitoviana amin' ny toetra amam-panahin' Andriamanitra, dia sangan' asa kanto feno hery sy hatsaran-tarehy ara-panahy. Amin' izay dia tanteraka mihitsy ao amin' ny mpino an' i Kristy ny fahamarinan' ny lalàna. Azon' Andriamanitra atao ny «ho marina sy ho mpanamarina izay mino an' i Jesosy» . {IFM 822.2}

Efa naseho mazava ny fitiavan' Andriamanitra teo amin' ny fahamarinany ary tsy latsaka izany teo amin' ny famindrampony. Ny rariny no fototry ny seza fiandrianany, sy vokatry ny fitiavany. Fikasan' i Satana ny nampisaraka ny famindrampo tamin' ny marina sy ny rariny. Niezahany ny haneho marimarina fa ny fahamarinana sy ny lalàn'

Andriamanitra dia fahavalon' ny fiadanana. Nefa nasehon' i Kristy fa tafakambana tsy azo sarahina ireo eo amin' ny drafitra nataon' Andriamanitra ; tsy misy ny iray, raha tsy ao ny anankiray. «Mihaona ny famindrampo sy ny fahamarinana ; mifanoroka ny rariny sy ny fihavanana». {IFM 822.3}

Nasehon' i Kristy marimarina tamin' ny fiainany sy tamin' ny fahafatesany, fa tsy mamono ny famindrampon' Andriamanitra ny fahamarinany, fa azo atao ny mamela ny fahotana, fa marina ny lalàna ary azo atao ny mankato azy tanteraka. Voatosika ny fiampangan' i Satana. Nomen' Andriamanitra ny olona ny fanehoana mazava tsy azo iadian-kevitra momba ny fitiavany. {IFM 823.1}

Ankehitriny dia fitaka hafa indray no narosony. Nilaza i Satana fa mamono ny fahamarinana ny famindrampo, fa nanafoana ny lalàn' ny Ray ny fahafatesan' i Kristy. Raha azo natao ny nanova na nanafoana ny lalàna, dia ho tsy nilain' i Kristy ny ho faty. Nefa ny fanafoanana ny lalana dia ho nampaharitra mandrakizay ny fandikan-dalàna, ka nametraka an' izao tontolo izao teo ambanin' ny fanapahan' i Satana. Satria tsy azo atao ny nanova ny lalàna, satria tsy azo vonjena ny olona raha tsy amin' ny fankatoavana ireo foto-kevitra ao, dia izany no antony nanandratana an' i Jesosy teo amin' ny hazo fijaliana. Nefa ny fomba indrindra izay nanorenan' i Kristy ny lalàna no asehon' i Satana ho nandrava azy. Eo no hahatonga ny ady farany eo amin' ny fifanoheran' i Kristy sy Satana. {IFM 823.2}

Ny lalàna, izay ny feon' Andriamanitra mihitsy no nilaza azy, no diso hono, misy lafin-javatra navela hono, izany no fitakiana aroson' i Satana ankehitriny. Io no fitaka lehibe farany hoentiny eo amin' izao tontolo izao. Tsy ilainy ny mamely ny lalàna manontolo ; raha azony atao ny mitarika ny olona hanamavo ny fitsipika iray, dia tratrany ny zava-kendreny. Satria «na iza na iza mitandrina ny lalàna rehetra, nefa diso amin' ny iray loha, dia meloka amin' izy rehetra». Ny faneken' ny olona handika ny lalana iray dia mitondra azy eo ambanin' ny herin' i Satana. Mitady hanapaka an' izao tontolo izao i Satana amin' ny fanoloana ny lalàn' Andriamanitra amin' ny lalàn' olombelona. Tazan' ny faminaniana io asany io. Izao no voalaza momba ilay herin' ny fihemorana lehibe izay solontenan' i Satana : «Ary hiteny hanohitra ny Avo Indrindra izy sy hampahory ny olo-masin' ny Avo Indrindra, ary hitady hanova fotoana sy lalàna : Ary hatolotra eny an-tànany ireo» . {IFM 823.3}

Azo antoka fa hanamboatra ny lalàny ny olona mba hanoherana ny lalàn' Andriamanitra. Hiezahany izay hanereny ny feon' ny fieritreretan' ny hafa, ary noho ny hafanam-pony hanamafy ireny lalàna ireny dia hampahory ny mpiara-belona aminy izy.

Ny ady atao amin' ny lalàn' Andriamanitra, izay nanomboka tany an-danitra dia hitohy hatramin' ny faran' ny andro. Hosedraina ny olona tsirairay. Fankatoavana na tsy fankatoavana. izany no zavatra tsy maintsy hotapahin' izao tontolo izao manontolo. Hantsoina. ny rehetra hisafidy na ny lalàn' Andriamanitra na ny lalàn' ny olombelona. Eo no hamaritana ny faritra fampisarahana. Tsy hisy afa-tsy antokon' olona roa. Samy ho tonga eo amin' ny fahafenoany ny toetra amam-panahin' ny tsirairay ; ary hasehon' ny rehetra izay nofidiny na ny hiandany amin' ny fahatokiana amin' Andriamanitra na amin' ny fikomiana. {IFM 824.2}

Dia ho avy ny farany. Harovan' Andriamanitra ny lalàny ary hanafaka ny vahoakany Izy. Hofongorana i Satana sy izay rehetra nanaraka azy teo amin' ny fikomiana. Ho ringana ny fahotana sy ny mpanota, ny fakany sy ny sampany . Satana no fakany ary ireo mpanaraka azy no sampany. Ho tanteraka ny teny momba ilay andrianan' ny ratsy, «satria efa nataonao ho toy ny fon' Andriamanitra ny fonao ; ... ary nosimbako ianao, ry kerobima manaloka, hiala tao amin' ny vato mirehitra . . . ho tonga fampitahorana ianao ary tsy ho ao intsony mandrakizay». «Fa rehefa afaka kelikely, dia tsy hisy ny ratsy fanahy ; handinika ny fonenany ianao, fa tsy ho hita izy». «Ary ho toy ny tsy ary izy» . {IFM 824.3}

Tsy fanamparam-pahefana ataon' Andriamanitra tsy an-drariny tsy akory izany. Mijinja izay nafafiny izao ireo izay nitsipaka ny fahefany. Andriamanitra no loharanon' ny aina ; ary rehefa misy olona mifidy ny hanompo ny fahotana, dia misaraka amin' Andria-manitra izy ka manapaka ny tenany tsy hifandray amin' ny fiainany. Tonga «olon-ko azy amin' ny fiainan' Andriamanitra izy». Hoy Kristy : «Izay rehetra mankahala Ahy tia fahafatesana» . Omen' Andriamanitra fotoana iainana izy mba hahazoany mampitombo ny toetra amam-panahiny sy maneho ny foto-kevitra ijoroany. Rehefa vita izany, dia mandray ny vokatry ny safidiny izy. Noho ny fiainampikomiany, Satana sy ireo niray taminy dia mametraka ny tenany eo amin' ny toerana mifanipaka indrindra amin' Andriamanitra ka manjary afo mandoro ho azy na dia ny fanatrehan' Andriamanitra aza. Handringana azy ny voninahitr' Ilay Fitiavana. {IFM 824.4}

Tamin' ny fiantombohan' ny ady lehibe, dia tsy azon' ny anjely izany. Raha navela hijinja ny vokatra feno ny fahotany i Satana sy ny tafiny, dia ho faty izy tamin' izay ; nefa dia tsy ho nazava tamin' ny mponina tany an-danitra fa izany no tsy maintsy ho vokatry ny fahotana ary tsy azo ihodivirana. Ny fisalasalana iray momba ny fahatsaran' Andriamanitra dia nety ho nijanona tao an-tsain' izy ireo ka ho toy ny voa ratsy izay ho nitondra vokatra mahafaty avy amin' ny fahotana. {IFM 825.1}

Nefa tsy ho toy izany rehefa hifarana ilay ady lehibe. Amin' izay, dia ho tanteraka ny drafitry ny fanavotana, haseho amin' ny voary rehetra manan-tsaina ny toetra amam-panahin' Andriamanitra. Ho hita fa tanteraka sy tsy miova ireo foto-kevitry ny lalàna. Amin' izay dia ho hita mazava ny toetry ny fahotana, ho fantatra tsara i Satana eo amin' ny toetra amam-panahiny. Amin' izay dia hanamarina ny fanafonganana ny fahotana ny fitiavan' Andriamanitra ka hampitoetra ny voninahiny eo anatrehan' ireo mponina eo amin' izao rehetra izao izay tia ny manao ny sitrapony, sy eo amin' ireo izay mirakitra ny lalàny ao am-pony. {IFM 825.2}

Eny, tamin' izay dia afaka niravoravo ny anjely raha nijery ny hazo fijalian' ny Mpamonjy ; satria na dia tsy nazava taminy aza ny zavatra rehetra tamin' izay, dia fantany kosa fa azo antoka mandrakizay ny fandravana ny fahotana sy Satana, azo antoka ny fanavotana ny olona, ary ho azo antoka mandrakizay izao rehetra izao. Azon' i Kristy an-tsaina tanteraka kosa ny ho vokatry ny sorona nataony tao Kalvary. Ireny rehetra rehetra ireny no notazaniny mialoha raha teo amin' ny hazo fijaliana Izy ka niantsoany tamin' ny feo mahery hoe : «Vita !» {IFM 825.3}

## Toko 80—Tao amin' ny fasan' i Josefa

Tonga tao amin' ny fitsaharany Jesosy nony farany. Tapitra ilay andro lavabe feno fahafaham-baraka sy fampahoriana. Nandry fahizay tao am-pasan' i Josefa Ilay Zanak' Andriamanitra tamin' ny fotoana nanondroan' ny tana-masoandro milentika fa tonga ny Sabata. Feno sy tanteraka ny asany ; ny tanany mikambana (teo amin' ny tratrany) tamim-piadanana, raha nitsahatra nandritra ireo ora masin' ny andro Sabata Izy. {IFM 827.1}

Tamin' ny voalohany dia efa nitsahatra tamin' ny Sabata ny Ray sy ny Zanaka taorian' ny asa famoronana. Raha «vita ny lanitra sy ny tany sy izay rehetra ao aminy», dia niravoravo ny Mpamorona sy ny mponina rehetra tany an-danitra nijery sy nankalaza ilay fisehoan-javatra be voninahitra». «Niara-nihira ny kintan' ny maraina, ary nihoby avokoa ireo zanak' Andriamanitra». Ankehitriny dia nitsahatra tamin' ny asa fanavotana Jesosy ; ary na dia nalahelo aza ireo izay tia Azy teto an-tany, dia nisy fifaliana kosa tany an-danitra. Be voninahitra ny fampanantenana ny ho avy teo imason' ireo mponina tany an-danitra. Famoronana tafaverina indray, taranaka voavotra, izay naharesy ny fahotana ka tsy ho lavo intsony, — izany no vokatra azo avy tamin' ny asa nataon' i Kristy ka hitan' Andriamanitra sy ny anjely. Mifamatotra mandrakizay amin' io toe-javatra io ny andro nitsaharan' i Jesosy. . . Fa «tanteraka ny asany, ary izay rehetra ataon' Andriamanitra dia haharitra mandrakizay». «Rehefa hisy fampodiana ny zavatra rehetra, izay nampi- lazain' Andriamanitra ny mpaminany masina hatramin' ny voalohany indrindra» , dia mbola ho andro fitsaharana sy firavoravoana ihany ny Sabatan' ny famoronana, dia ilay andro izay nitsaharan' i Kristy tao amin' ny fasan' i Josefa. Hiray amin' ny fiderana ny lanitra sy ny tany, rehefa ho avy «isan-tSabata isan-tSabata» ny firenen' ny voavonjy hiankohoka amim-pifaliana hanompo an' Andriamanitra sy ny Zanak' ondry. {IFM 827.2}

Ireo toe-javatra farany tamin' ny andro nanomboana teo amin' ny hazo fijaliana, dia nisy porofo vaovao nomena ny amin' ny fahatanterahan' ny faminaniana, sy vavolombelona vaovao ny amin' ny maha-Andriamanitra an' i Kristy. Rehefa niala tsy ho eo amin' ny hazo fijaliana ny haizina, ka niantso farany ny Mpamonjy efa ho faty, dia nisy feo hafa re avy hatrany nanao hoe : «Marina tokoa fa Zanak' Andriamanitra io Lehilahy io». {IFM 828.1}

Notononina tamin' ny feo mahery ireo teny ireo. Nitodika ny maso rehetra nijery izay niaviany. Iza no niteny ? Ilay Kapiteny, miaramila Romana. Ny faharetan' Andriamanitra teo amin' ny Mpamonjy, sy ny fahafatesany tampoka nialohavan' ny

antsoantsompandresena teo amin' ny molony, dia latsaka lalina tao am-pon' ity jentilisa ity. Hitan' ilay kapiteny teo amin' ilay tena torotoro, sy vakivaky nihantona teo amin' ny hazo fijaliana ny endriky ny Zanak' Andriamanitra. Tsy afaka ny tsy hiaiky ny finoany izy. Porofo nomena indray izany fa hahita ny asan' ny fanahiny ny Mpanavotra antsika. Tamin' ny andro nahafatesany indrindra dia nisy olona telo, izay samihafa tanteraka, nanambara ny finoany, — ilay nibaiko ny mpiambina Romana, ilay nitondra ny hazo fijalian' ny Mpamonjy, ary ilay maty teo amin' ny hazo fijaliana teo anilany. {IFM 828.2}

Nony hariva ny andro, dia nisy fahatoniana tsy fahita eto an-tany nambomba an' i Kalvary. Niparitaka ny vahoaka, ary betsaka no niverina nankany Jerosalema sady niova hevitra be dia be noho izay tsapany tamin' ny maraina. Betsaka no nitangorona teo amin' ny hazo fijaliana, liana ta-hahalala zavatra, fa tsy noho ny fankahalany an' i Kristy. Mbola ninoany ny fiampangan' ny mpisorona, ka olon-dratsy no fijeriny an' i Kristy. Niray tamin' ny besinimaro izy ireo nanaraby an' i Kristy raha notairin-javatra tsy dia fahita mandrakariva. Nefa nony hitany fa rakotry ny haizina mikitroka ny tany ka nijoro voampangan' ny feon' ny fieritreretan' ny tenany ihany izy, dia nahatsapa fa meloka noho ny ratsy lehibe nataony. Tsy misy fanarabiana na hehy maneso re tao anatin' io haizina nampihoron-koditra io; ary rehefa nisinda izany, dia nizotra nody tany an-tranony izy ireo tao anatin' ny fanginana tena mampieritreritra. Resy lahatra izy fa diso ny fiampangan' ny mpisorona, fa tsy mpihambo na mpamitaka Jesosy tsy akory ; ary herinandro vitsy manaraka izao, raha nitory teny i Petera tamin' ny andro Pentekosta, dia anisan' ireo an' arivony niova fo ho an' i Kristy izy ireo. {IFM 828.3}

Ny mpitarika jiosy kosa tsy mba voaovan' ny toe-javatra izay natrehiny maso. Tsy lefy ny fankahalany an' i Jesosy. Tsy nikitroka toy ny haizina mbola nanarona ny sain' ny mpisorona sy ny mpanapaka ny haizina nandrakotra ny tany. Nahafantatra an' i Kristy ny kintana fony Izy teraka , ka nitarika ny magy ho eo amin' ny fihinanam-bilona izay nisy Azy. Nahafantatra Azy ny tafiky ny lanitra ka nanao hira fiderana Azy teo ambonin' ny tany lemak' i Betlehema. Nahafantatra ny feony ny ranomasina ka nankatò ny baikony. Nanaiky ny fahefany ny aretina sy ny fahafatesana ka nandefa ny hazany ho Azy. Nahafantatra Azy ny masoandro, ka nanafina ny tavany feno hazavana, raha nanatrika azy nitebiteby teo am-pialan' aina. Nahafantatra Azy ny vatolampy ka nihovitrovitra sy vakivaky rehefa niantsoantso Izy. Nahafantatra an' i Kristy ny zavaboary tsy manan' aina ka nijoro ho vavolombelon' ny mahaAndriamanitra Azy. Ny mpisorona sy ny mpanapaka ao Isiraely kosa tsy nahalala ny Zanak' Andriamanitra. {IFM 829.1}

Tsy nitsahatra anefa ny mpisorona sy ny mpanapaka. Nahatanteraka ny fikasany izy

tamin' ny namonoany an' i Kristy ho faty, tsy tsapany anefa ny fandresena izay nantenainy. Na dia tamin' ny ora toa nahazoany ny fandresena aza, dia nampitebiteby azy ny fisalasalana ny amin' izay hitranga manaraka. Reny ny antsoantso hoe : «Vita». «Raiko ò, eo an-tànanao no atolotro ny Fanahiko» . Hitany ny vatolampy nitriatriatra, ary tsapany ny horohorontany mafy ka tsy nahita fiadanana izy sady tsy azony ny ainy. {IFM 829.2}

Fony velona Kristy dia nialona ny heriny niasa mangina tamin' ny vahoaka izy ireo, nialona azy na dia hatreo amin' ny fahafatesana aza. Nampihorohoro azy be kokoa, eny be lavitra, Kristy maty, mihoatra noho ny fahatahorany an' i Kristy velona hatramin' izay. Nihorohoro izy sao voatarika bebe kokoa amin' ny toe-javatra mikasika ny nanomboana Azy ny sain' ny vahoaka. Natahotra izay ho vokatry ny asa nataony tamin' iny andro iny izy. Na toy inona na toy inona dia tsy ho avelany eo amin' ny hazo fijaliana mandritra ny Sabata ny fatiny. Efa manatona izao ny Sabata, ka ho fandikana ny fahamasinany ny faty mihantona eo amin' ny hazo fijaliana. Noho izany dia nampiasainy io anton-javatra io ka nangataka tamin' i Pilato ny lohandohan' ny Jiosy ny ahazoany manafaingana ny fahafatesan' ireo olona teo am-pelatanany, sy ny hanesorana ny faty alohan' ny filentehan' ny masoandro. {IFM 829.3}

Tahaka azy ireo koa i Pilato ka tsy nankasitraka ny ijanonan' ny fatin' i Jesosy eo amin' ny hazo fijaliana. Rehefa azon' izy ireo ny alalana, dia notapahina ny ranjon' ireo jiolahy roalahy mba hanafaingana ny fahafatesany ; Jesosy kosa anefa dia hita fa efa maty. Nampahalefaka ireo miaramila henjana ireo izay reny sy hitany tamin' i Kristy, koa voatana tsy hanapaka ny ranjony izy. Tamin' izay dia tanteraka ny lalàn' ny Paska tamin' ny fanolorana ny Zanak' ondrin' Andriamanitra. «Aza avela hasiany sisa ho tramaraina, ary aza avela hotapahiny ny taolany, araka ny lalàna rehetra ny amin' ny Paska ihany koa no hitandremany azy». {IFM 830.1}

Gaga ny mpisorona sy ny mpanapaka nahita fa efa maty Kristy. Fomba fahafatesana miadana ny hazo fijaliana ; sarotra ny mahafantatra ny fotoana hahataperan' ny aina. Zavatra tsy fandre izany olona maty ao anatin' ny ora enina nanomboana azy tamin' ny hazo fijaliana. Nirin' ny mpisorona ny ahazo antoka ny fahafatesan' i Jesosy, ka notoroiny hevitra ny miaramila hanatrobaka ny lanivoan' ny Mpamonjy tamin' ny lefona. Avy teo amin' ilay ratra natao toy izany no niboiboika sady niavaka tsara ny ra sy ny rano. Voamariky ny mpijery rehetra izany ary i Jaona dia nitatitra izany mazava tsara. Hoy izy : «Fa ny miaramila anankiray nandefona ny lanivoany, ary niaraka tamin' izay dia nisy ra sy rano nandeha. Ary Ilay nahita dia vavolombelona manambara, ary marina ny fanambarany ; ary fantany fa milaza ny marina izy, mba hinoanareo koa. Fa tonga

izany mba hahatanteraka ny Soratra Masina hoe : {IFM 830.2}

«Tsy hisy hotapahina daholo ny taolany». Ary hoy koa ny teny iray ao amin' ny Soratra Masina: «Hijery Izay nolefoniny izy». {IFM 830.3}

Taorian' ny fitsanganana tamin' ny maty dia naelin' ny mpisorona ny filazana fa tsy maty Kristy teo amin' ny hazo fijaliana, fa safotra fotsiny, ka niverina ny ainy rehefa avy eo. Nisy tatitra iray koa nanamafy fa tsy tena nofo sy taolana akory no napetraka tao amin' ny fasana, fa endriky ny tena. Manaporofo ny mahadiso izany ny zavatra nataon' ireo miaramila Romana. Tsy notapahiny ny ranjony satria efa maty Izy. Mba hanomezana fahafaham-po ny mpisorona, dia nolefoniny ny lanivoany. Raha tsy mbola afaka ny ainy, dia ho nahafaty Azy avy hatrany io ratra io. {IFM 830.4}

Tsy ny lefona nitrabaka Azy, na ny fijaliana teo amin' ny hazo fijaliana anefa no nahafaty an' i Jesosy. Ilay antsoantso «tamin' ny feo mahery», tamin' ny fotoana nahafatesany, ny ra sy ny rano niboiboika avy tao amin' ilay lanivoany, dia manambara fa ny fony vaky no nahafaty Azy. Vaky ny fony noho ny tebitebin-tsaina. Ny fahotan' izao tontolo izao no namono Azy. {IFM 831.1}

Levona niaraka tamin' ny fahafatesan' i Kristy ny fanantenan' ny mpianatra. Nijery ny masony nikimpy izy sy ny lohany nitolefika, ny ra niraikitra amin' ny vclony, ny tanany sy ny tongony nofantsihina, ary dia tsy hay notantaraina ny tebiteby nahazo azy. Hatramin' ny farany dia tsy nino izy ireo fa ho faty Izy ; sarotra taminy ny nino fa tena maty tokoa Izy. Resin' ny alahelo izy ka tsy nahatsiaro ny tenin' i Jesosy nilaza mialoha io toe-javatra io indrindra. Tsy nisy na inona na inona nolazainy tamin' izay, ka nampahery azy ankehitriny. Tsy nahita afa-tsy ny hazo fijaliana sy ilay olona babony nivoa-dra izy. Toa maizin' ny fahakiviana ny ho avy. Levona ny finoany an' i Jesosy ; nefa tsy mbola tia ny Tompony tahaka ny tamin' izao mihitsy izy. Tsy mbola nahatsapa ny fahamendrehany toy izao izy, sy ny maha-ilany ny fanatrehany. {IFM 831.2}

Na dia tao amin' ny fahafatesana aza dia sarobidy indrindra tamin' ny mpianany ny tenin' i Kristy. Niriny ny handevina Azy amin' ny fomba mendrika, nefa tsy fantany izay fomba hanatanterahany izany. Navadiky ny fanjakana Romana ho heloka bevava no nanamelohana an' i Jesosy, ary ny olona novonoina noho izany antony izany dia nalevina tany amin' ny toeram-pandevenana voatokana ho an' ny mpanao heloka bevava toy izany. Nijanona teo amin' ny hazo fijaliana i Jaona mpianatra sy ireo vehivavy avy tany Galilia. Tsy azony atao ny namela ho eo am-pelatanan' ireto miaramila mafy fo ny fatin' ny Tompony ka alevina ao amin' ny fasana manala baraka. Tsy azony sakanana anefa izany. Tsy misy tombom-pitia mety ho azony anefa amin' ny fahefana Jiosy, ary tsy

nanana hery na fahefana afaka hiasa koa eo amin' i Pilato izy. {IFM 831.3}

Teo amin' io toe-javatra sarotra io dia tonga nanampy ny mpianatra i Josefa avy any Arimatia sy Nikodemosy. Samy anisan' ny Synedriona ireo lehilahy ireo ka nifandray tamin' i Pilato. Samy lehilahy nanan-karena sy nanan-kery miasa mangina izy ireo. Nanapa-kevitra izy fa tokony halevina amin' ny fomba mendrikaja ny fatin' i Jesosy.

Nandeha tamin-kasahiana tany amin' i Pilato i Josefa, ka nangataka ny fatin' i Jesosy taminy. Voalohany izao no nandrenesan' i Pilato fa tena maty tokoa Jesosy. Tatitra nifanipaka no tonga tany aminy mikasika ny toe-javatra teo amin' ny nanomboana Azy tamin' ny hazo fijaliana, saingy niniana nafenina taminy ny momba ny nahafatesan' i Kristy. Nampitandrina an' i Pilato ny mpisorona sy ny mpanapaka sao voafitaky ny mpianatr' i Kristy izy mikasika ny fatiny. Rehefa nandre ny fangatahan' i Josefa izy anefa, dia nampaka ny kapiteny niandraikitra ny teo amin' ny hazo fijaliana, ka reny fa azo antoka ny nahafatesan' i Jesosy. Nanontany azy koa ny amin' izay niseho teo Kalvary izy, ka nanamafy ny teny vavolombelona nataon' i Josefa. {IFM 832.1}

Nekena ny fangatahan' i Josefa. Raha mbola very hevitra ny amin' ny handevenana ny Tompony i Jaona, dia niverina i Josefa nitondra ny baikon' i Pilato mikasika ny fatin' i Kristy ; Nikodemosy kosa nitondra miora sy zava-manitra sarobidy nifangaro, tokony ho zato livatra ny lanjany hanosorana Azy. Tsy hahita fanajana noho izany ny be voninahitra indrindra manerana an' i Jerosalema eo amin' ny fandevenana azy. Gaga ny mpianatra nahita ireto mpanapaka mpanankarena nandray ny fandevenana ny Tompony ho zava-dehibe tahaka ny nataon' izy ireo. {IFM 832.2}

Na i Josefa na i Nikodemosy dia tsy nanaiky ny Mpamonjy ampahibemaso fony fahavelony. Fantany fa nety nahavoaroaka azy tsy ho ao amin' ny Synedriona ny fihetsika toy izany, nefa nanantena izy fa afaka hiaro Azy amin' ny alalan' ny heriny miasa mangina amin' ny filan-kevitra. Nisy fotoana toa nahombiazan' izy ireo ; hitan' ireto mpisorona fetsilahy anefa ny fankasitrahany an' i Kristy, ka nosakanany ny drafitra nataon' izy ireo. Tamin' ny tsy naha-teo azy ireo no nanamelohana sy nanomboana an' i Kristy teo amin' ny hazo fijaliana. Maty Izy izao, tsy misy antony tokony hanafenany ny fitiavany azy. Raha natahotra ny hiseho ampahibemaso ho mpanaraka Azy ny mpianatra, Josefa sy Nikodemosy kosa tonga nanampy Azy tamin-kasahiana. Ny fanampian' ireo lehilahy manan-karena sy manan-kaja ireo dia nilaina tokoa tamin' io fotoana io. Afaka nanao ho an' ny Tompo izay tsy azon' ireto mpianatra mahantra ireto natao izy taorianan' ny nahafatesany, ary niaro Azy tamin' ny lafiny maro tokoa ny harenany sy ny hery miasa mangina avy taminy, mba tsy ho tratran' ny haratsiam-panahin' ny mpisorona sy

ny mpanapaka. {IFM 832.4}

Ny tanan' izy ireo mihitsy no nampidina moramora sy tamimpanajana ny fatin' i Jesosy avy eo amin' ny hazo fijaliana. Nikoriana ny ranomasony noho ny fangorahany nijery ity tenany torotoro sy rotidrotika. Nanana fasana vaovao i Josefa, izay nolavahana tao amin' ny vatolampy. Natokany ho an' ny tenany izy io, ary akaiky an' i Kalvary ka namboariny ho an' i Jesosy. Nofonosina tamimpitandremana tamin' ny lamba rongony ny faty niaraka tamin' ny zava-manitra tany amin' i Nikodemosy, dia nentina tany ampasana ny Mpanavotra. Tao ny mpianatra telo lahy no nanatsotra ny tongony rotidrotika, sy namoritra ny tanany torotoro teo amin' ny tratrany tsy mitepo. Tonga nijery izay rehetra efa vita ny amin' izay tokony hatao ho an' ny vatana nialan' ny ain' ny Mpampianatra Malalany ireo vehivavy Galiliana. Rehefa izany dia hitany ilay vato lehibe nakodia teo am-baravaram-pasana, ary navela hitsahatra ny Mpamonjy. Ny vehivavy no farany teo amin' ny hazo fijaliana, ary izy ireo koa no farany teo amin' ny fasan' i Kristy. Rehefa hariva ny andro ka nitangorona ho haizina ny aloka, dia mbola nitaredretra teo amin' ny toerana nitsaharan' ny Tompony i Maria Magdalena sy ireo Maria hafa, nandrotsa-dranomaso noho ny alahelony ny amin' ny nanjo Ilay tiany. «Ary niverina ireo ... ary tamin' ny Sabata dia nitsahatra ihany izy araka ny lalàna» . {IFM 833.1}

Tsy hohadinoina na oviana na oviana, na ho an' ny mpianatra ory dia ory, na ho an' ny mpisorona, na ho an' ny mpanapaka, na ho an' ny mpanora-dalàna, sy ny vahoaka iny Sabata iny. Raha nilentika ny masoandro ny harivan' ny andro fiomanana dia naneno ny trompetra, nilaza fa nanomboka ny Sabata. Notandremana tahaka ny natao nandritra ny taonjato maro ny Paska, nefa Ilay notondroin' izany dia efa novonoin' ny tanan' ny ratsy fanahy ka nandry tao amin' ny fasan' i Josefa. Ny Sabata dia feno mpivavaka ny kianjan' ny tempoly. Tao ilay mpisoronabe izay tany Gologota, nihaingo fatratra nanao ny fitafiany maha-mpisorona azy. Nisomebiseby ny mpisorona manao fehiloha fotsy, nanatanteraka ny adidiny. Nisy kosa anefa tamin' izay nanatrika teo no tsy nandry saina raha natolotra noho ny ota ny ran' ny ombilahy sy ny ran' ny osilahy. Tsy tsapany fa nihaona tamin' ny tena izy ny tandindona, ary nisy sorona tsy manam-petra natao ho an' ny fahotan' izao tontolo izao. Tsy fantany fa tsy nisy vidiny intsony ny fanatanterahana ny fanompoampivavahana fanao. Tsy mbola nisy anefa hatramin' izao fanompoampivavahana natrehiny tamin' ny fihetseham-po nifanipaka toy izao. Toy ny mahazatra dia mafy sady nazava ny feon' ny trompetra sy ny zava-maneno ary ny feon' ny mpihira. Nisy zavatra hafahafa anefa tsapa nameno ny zavatra rehetra. Nifampanontany ny tsirairay momba ny toe-javatra hafahafa vao nitranga. Hatrizay dia voaro tsara tsy azo nidirana ny fitoerana masina indrindra. Nefa izao dia miharihary

amin' ny maso rehetra izany. Triatra hatrany an-tampony ka hatramin' ny farany ilay lamba karipetra matevina, rongony fotsy madio sy voahaingo tamin' ny peta-kofehy volamena, sy mena ary volomparasy. Ny toerana izay nihaonan' i Jehovah tamin' ny mpisoronabe, nanehoany ny voninahiny, ny toerana izay efitra voatokana fandraisan' Andriamanitra olona dia nihanjahanja teo amin' ny maso rehetra, — toerana izay toa tsy neken' i Jehovah intsony. Eritreritra manjombona momba ny ho avy no tao amin' ny mpisorona raha nanao asa fanompoana teo anoloan' ny alitara izy. Ny fanesorana sarona ny zava-miafina masina tao amin' ny fitoerana masina indrindra dia nameno azy tahotra ny amin' ny zava-doza mahatsiravina niety hitranga. {IFM 833.2}

Maro ny olona sahiran-tsaina noho ny eritreritra nateraky ny toe-javatra tao Kalvary. Hatreo amin' ny fanomboana Azy teo amin' ny hazo fijaliana ka hatramin' ny fitsanganany tamin' ny maty dia marobe ny tsy natory ary tsy nitsahatra mihitsy nandinika ny faminaniana; tao ny nianatra ny tena dikan' ny andro firavoravoana izay nankalazainy tamin' izay, tao ny nitady porofo mazava fa tsy izy araka izay nolazainy ny amin' ny tenany Jesosy ; ary ny hafa kosa tamin' ny fo feno alahelo dia nitady porofo fa Izy no tena Mesia. Na dia samy hafa aza ny zava-nokendrena sy nobanjinina, dia samy resy lahatra ny amin' ny fahamarinana iray izy rehetra, — dia ny fahatanterahan' ny faminaniana teo amin' ireo toe-javatra niseho andro vitsivitsy lasa izay, sy ny maha-Mpanavotra an' izao tontolo izao an' Ilay Nohomboana tamin' ny hazo fijaliana. Maro tamin' ireo nandray anjara tamin' ny fanompoam-pivavahana no tsy nankalaza intsony ny fombam-pivavahana fanao amin' ny Paska. Maro na dia tamin' ny mpisorona aza no resy lahatra ny amin' ny tena toetra amam-panahin' i Jesosy. Tsy very maina ny nandinihany ny faminaniana, fa rehefa nitsangana tamin' ny maty Izy dia nekeny ny maha-Zanak' Andriamanitra Azy. {IFM 834.1}

Nikodemosy kosa, rehefa nahita an' i Jesosy nasandratra teo amin' ny hazo fijaliana, dia nahatsiaro ny teny nataony indray alina teo amin' ny tendrombohitra Oliva : «Ary tahaka ny nanandratan' i Mosesy ny menarana tany an-efitra no tsy maintsy hanandratana ny Zanak' olona, mba hanana fiainana mandrakizay izay rehetra mino Azy». Nandritra ny Sabata naha-tao am-pasana an' i Kristy, dia nanana fotoana hieritreretana i Nikodemosy. Nisy fahazavana namirapiratra tokoa nanazava ny sainy, ka tsy zava-miafina intsony ny teny izay nataon' i Jesosy taminy. Tsapany fa matiantoka tokoa izy tamin' ny tsy nifandraisany mivantana tamin' ny Mpamonjy nandritra ny fiainany. Tsaroany ankehitriny ny toe-javatra tao Kalvary. Ny vavaka nataon' i Kristy ho an' ny mpamono Azy, sy ny namaliany ny fangatahan' ilay jiolahy efa ho faty dia niteny tamin' ny fon' ilay mpanolotsaina avara-pianarana. Hitany indray tao an-tsainy ny Mpamonjy teo am-

pialan' aina ; reny indray ilay antso farany manao hoe : «Vita» izay nanakoako toy ny an' ny mpandresy iray. Hitany indray ny tany nivembena, ny lanitra nohamaizinina, ny lamba triatra, ny vatolampy vakivaky, koa dia tafaorina ho mandrakizay ny finoany. Ny toe-javatra izay nandevona indrindra ny fanantenan' ny mpianatra no nandresy lahatra an' i Josefa sy Nikodemosy ny amin' ny maha-Andriamanitra an' i Jesosy. Resin' ny herim-po avy amin' ny finoana mafy orina sy tsy azo hozongozonina ny tahotra tao aminy. {IFM 835.1}

Tsy mbola nisintona ny sain' ny vahoaka marobe toy izao Izy mandry ao am-pasana izao Kristy. Araka ny fanaony, dia nentin' ny vahoaka ho eo amin' ny kianjan' ny tempoly ny marary sy ny mijaly, ka nanontany izy ireo hoe : «Iza no afaka hilaza aminay ny misy an' i Jesosy avy any Nazareta ? Maro no tonga avy lavitra nitady an' Ilay nanasitrana ny marary sy nanangana ny maty. Re hatraiza hatraiza ny antsoantso hoe : Mila an' i Kristy mpanasitrana izahay. Tamin' izay fotoana izay dia nodinihin' ny mpisorona izay noheverina fa nisy fambaran' ny habokana. Maro no tsy maintsy nandre ny fanambarana fa boka ny vadiny, na ny zanany ka nidiran-doza hiala ny fialofan' ny tokantranony sy ny fikarakaran' ny havana amantsakaiza, ary handeha hampitandrina ny olon-kafa amin' ny antsoantso mahonena hoe: «Maloto, maloto!» Ilay tanan' i Jesosy, toy ny tanan' ny sakaiza izay tsy nandà na oviana na oviana hikasika ny boka maharikoriko mba hanasitranana azy, dia nikambana teo amin' ny tratrany. Ny molotra izay namaly ny fangatahany tamin' ny teny fampaherezana hoe: «Mety Aho; madiova hianao», ankehitriny dia nangina. Maro no nanatona ny mpisorona lehibe sy ny mpanapaka nitady fangorahana sy fanasitranana, nefa herim-po very maina. Toa tapa-kevitra tokoa izy ireo hanana an' i Kristy velona eo aminy indray. Nitaky Azy tamim-pikirizana fatratra izy ireo ary tsy nety hahodina hiala teo mihitsy ; noroahina hiala ny kianjan' ny tempoly izy, ary nisy miaramila nijanona nanosika ny vahoaka izay nangataka ny hiditra, nitondra ny olona marary sy ireo efa ho faty. {IFM 835.2}

Nilofika tao amin' ny fahadisoam-panantenana ireo olona nijaly tonga hositranin' ny Mpamonjy. Feno fitarainana ny arabe. Efa ho faty ny marary noho ny faniriany hokasihin' i Jesosy mba ho sitrana. Tsy nisy vokany ny fanantenany dokotera; tsy nisy nanam-pahaizana toy Ilay nandry ao am-pasan' i Josefa. {IFM 836.1}

Ny antsoantso sy ny fitarainan' ireo mijaly dia nitondra faharesen-dahatra tao an-tsain' olona an' arivony fa nisy fahazavana lehibe niala teto amin' izao tontolo izao. Raha tsy eo Kristy, dia haizina sy fahamaizinana ny tany. Maro tamin' ireo olona nanampy ny antsoantso hoe : Homboy ! Homboy ', ! ankehitriny no nahatsapa ny antambo izay niantonta taminy, ka ho niantso tamin-kafanam-po raha mbola velona teo Izy hoe :

«Omeo anay Jesosy». {IFM 836.2}

Rehefa ren' ny vahoaka fa novonoin' ny mpisorona ho faty Jesosy, dia nandeha ny fanadihadiana mikasika ny nahafatesany. Nafenina araka izay azo natao ny toe-javatra manokana izay nitranga teo amin' ny fitsarany, nefa nandritra ny fotoana naha-tao amin' ny fasana Azy, dia tsy afaka teo am-bavan' ny olona an' arivony ny anarany, ka niely hatraiza hatraiza ny tatitra momba ny fitsarana an-kosoka natao taminy, sy ny toetra tsy mendrik' olombelona nasehon' ny mpisorona sy ny mpanapaka. Nantsoin' ny olona avara-pianarana ireo mpisorona sy mpanapaka mba hanazava aminy ny faminaniana ao amin' ny Testamenta Taloha mikasika ny Mesia, ary raha niezaka ny handrafitra lainga ho valin' izany izy ireo, dia nanjary toy ny olona adala. Tsy hainy nohazavaina ny faminaniana izay nanondro ny fijalian' i Kristy sy ny fahafatesany, ka maro ny mpandinika no resy lahatra fa tanteraka ny Soratra Masina. {IFM 836.3}

Nangidy tamin' ny mpisorona sahady ny valifaty izay noheveriny ho mamy dia mamy. Fantany fa nisetra ny faniniana mafy ataon' ny vahoaka izy, fantany fa ireo niasany mangina hanohitra an' i Jesosy no tsiravina ankehitriny, tamin' ny asa mahamenatra nataon' ny tenany. Niezaka ireo mpisorona ireo hino fa mpamitaka Jesosy ; very maina anefa izany. Nisy tamin' izy ireo nijoro teo amin' ny fasan' i Lazarosy, ary nahita ny maty velona indray. Nampangovitra azy ny tahotra sao Kristy mihitsy no mitsangana amin' ny maty ka hiseho eo anatrehany indray. Reny nanambara Izy fa manana fahefana hametraka ny ainy sy haka azy indray. Tsaroany fa niteny hoe Izy : «Ravao ity tempoly ity, ary amin' ny hateloana dia hatsangako indray». Efa nambaran' i Jodasy taminy ny teny izay nolazainy tamin' ny mpianany nandritra ny diany farany ho any Jerosalema : «Indro, miakatra ho any Jerosalema isika; ary ny Zanak' olona hatolotra ho amin' ny lohan' ny mpisorona sy ny mpanora-dalàna, dia hohelohiny ho faty Izy ka hatolony amin' ny jentilisa mba hataony fihomehezana sy hokapohiny sy hohomboany amin' ny hazo fijaliana; ary amin' ny andro fahatelo dia hatsangana indray Izy». Rehefa nandre ireo teny ireo izy, dia nihomehezany sy nataony vazivavy. Tsaroany anefa ankehitriny fa tena tanteraka tokoa ny teny nambaran' i Kristy mialoha. Nilaza Izy fa hitsangana indray amin' ny andro fahatelo, ary iza no afaka hilaza fa tsy hitranga koa izany ? Niriny mafy ny handroaka izany eritreritra izany, nefa tsy nety. Tahaka ny devoly izay rainy, dia nino izy ka nangovitra. {IFM 836.4}

Rehefa nitsahatra ny tabataba vokatry ny hatairana teo, dia nitamberina tao an-tsainy ny sarin' i Kristy. Hitany Izy mijoro manoloana ny fahavalony, tony dia tony sady tsy mitaraina, mijaly nefa tsy mimonomonona miaritra ny fanarabiana sy ny herisetra. Niverina tao an-tsainy ny toe-javatra rehetra nandritra ny fitsarana sy ny fanomboana teo

amin' ny hazo fijaliana ary tamin-kery mandresy lahatra no ninoany ny maha-Zanak' Andriamanitra Azy. Tsapany fa afaka hijoro eo anatrehan' izy ireo amin' ny fotoana rehetra Izy, dia hanjary hiampanga Ilay voampanga, hanameloka Ilay nomelohina, hitaky ny fahamarinana ao amin' ny ho fahafatesan' ny mpamono Azy Ilay novonoina. {IFM 837.1}

Tsy afaka nitsahatra kely akory izy tamin' ny Sabata. Na dia tsy tiany aza ny handingana ny tokonam-baravaran' ny jentilisa sao mandoto azy izany, dia nampivory ny filan-kevitra mikasika ny fatin' i Kristy izy. Tsy maintsy hazonin' ny fahafatesana sy ny fasana Ilay nohomboany. «Nivory nankeo amin' i Pilato ny lohan' ny mpisorona sy ny Fariseo ka nanao hoe : Tompoko, tsaroanay fa iny mpamitaka iny, fony Izy mbola velona, dia nanao hoe : Raha afaka hateloana dia hitsangana Aho. Koa asaovy hambenana mafy ny fasana mandra-panatongan' ny andro fahatelo, fandrao ny mpianany ka mangalatra Azy, dia hilaza amin' ny olona hoe : Efa nantsangana tamin' ny maty Izy ; ka dia ho ratsy ny fitaka farany noho ny voalohany. Hoy i Pilato taminy : Makà mpiambina ka mandehana, ary ataovy mafy araka izay hainareo ny fiambenana». {IFM 837.2}

Nanome baiko mba hiambenana ny fasana ny mpisorona. Nisy vato lehibe napetraka teo am-baravarana. Nasiany tady teo amin' io vato io, izay nafatotra tsara tamin' ny vatolampy mafy ny lohany ; ary nasiany ny tombo-kasen' ny Romana izany. Tsy azo esorina ny vato raha tsy vakiana ny tombon-kase. Napetraka manodidina ny fasana ny miaramila mpiambina miisa zato lahy mba hisakanana ny fitapitaka momba izany. Nanao izay rehetra azony natao ny mpisorona mba hitazonana ny fatin' i Kristy eo amin' izay nametrahana Azy. Nohidian' ny tombo-kase tao am-pasana tahaka ny hijanona ao mandrakizay Izy. {IFM 838.1}

Toy izany ny toro-hevitra sy ny drafitra nataon' ny olombelona malemy. Tsy tsapan' ireto mpamono olona firy ny maha-tsy misy antony ny ezaka nataony. Nomem-boninahitra anefa Andriamanitra tamin' ireo asa nataony ireo. Ny fiezahana indrindra nataony mba hisakanana ny fitsanganan' i Kristy tamin' ny maty no porofo mandresy lahatra indrindra ny fahamarinan' izany. Arakaraka ny maha-be isa ny miaramila napetraka manodidina ny fasana no mahamafy orina kokoa ny vavolombelona fa natsangana Izy. An-jato taona talohan' ny nahafatesan' i Kristy dia efa niteny tamin' ny alalan' ny mpanao Salamo ny Fanahy Masina hoe : «Ireo mpanjakan' ny tany mitsangana, ary ny mpanapaka miara-mioko hanohitra an' i Jehovah sy ny Mesiany . . . Izay mipetraka any an-danitra mihomehy, ny Tompo maneso ireo». Tsy manan-kery ny miaramila Romana sy ny mpiambina ary ny fiadiana Romana hihazona ny Tompon' ny

aina ao amin' ny fasana. Akaiky izao ny ora fanafahana Azy. {IFM 838.2}

## Toko 81—Nitsangana ny Tompo

Lasa tsimoramora ny alin' ny andro voalohany amin' ny herinandro . Tonga ny ora maizina indrindra, alohan' ny fiposahan' ny masoandro. Mbola voahazona tao amin' ny fasany ety ihany Kristy. Teo amin' ny toerany ilay vato lehibe ; tsy nivaha ny tombo-kasen' ny Romana ; teo am-piambenana ny miaramila Romana. Nisy koa mpanara-maso tsy hita maso teo. Nitangorona teo amin' io toerana io ny tafiky ny anjely ratsy. Raha azony natao. dia ho notazonin' ny andrianan' ny maizina sy ny tafiky ny mpihemotra niaraka taminy mandrakizay ny tombo-kase nanidy ny fasana izay nitana ny Zanak' Andriamanitra. Nisy tafika avy any an-danitra anefa nanodidina ny fasana. Nisy anjely tonga lafatra raha ny heriny niambina ny fasana, ka niandry ny hiarahabana ny Andrianan' ny Fiainana. «Ary indro nisy horohorontany mafy ; fa nisy anjelin' ny Tompo nidina avy tany an-danitra». Nitafy ny fiadian' Andriamanitra rehetra io anjely izay avy tany amin' ny lapan' ny lanitra io. Nialoha azy ny tara-pahazavana mamirapiratry ny voninahitr' Andriamanitra, ka nanazava ny lalany. «Ary ny fijery azy dia tahaka ny helatra, ary ny fitafiany fotsy tahaka ny orampanala ; ary ny mpiambina nivadi-po noho ny fahatahorana azy ka tonga tahaka ny maty». {IFM 839.1}

Ry mpisorona sy ry mpanapaka, aiza ankehitriny ny herin' ny mpiambinareo ? - Tahaka ny babo azo tsy manan-tsabatra na lefona ireo miaramila be herim-po izay tsy natahotra na oviana na oviana herin' olombelona. Tsy endriky ny olombelona mpiady mety maty no endrika natrehiny ; fa endriky ny mahery indrindra ao amin' ny tafik' i Jehovah. Io mpitondra hafatra io dia ilay mitana ny toerana nahalavoan' i Satana. Izy no nanambara ny fahaterahan' i Kristy teo amin' ny havoanan' i Betlehema. Nihovitrovitra ny tany raha nanatona izy, nandositra ny tafiky ny maizina, ary rehefa nakodiany ilay vato, dia toa nidina teto an-tany ny lanitra. Hitan' ireo miaramila izy nanakodia ny vato toy ny fanesorana vato kely, ary reny izy niantso hoe : Ry Zanak' Andriamanitra, mivoaha; miantso Anao ny Rainao. Hitany Jesosy nitsangana avy ao am-pasana, ka reny Izy niteny avy teo amin' ilay fasana triatriatra hoe : «Izaho no fananganana ny maty sy fiainana». Rehefa nivoaka nitafy fiandrianana sy voninahitra Izy, dia niankohoka ambany dia ambany ny tafiky ny anjely nankalaza ny Mpanavotra, ary niarahaba Azy tamin' ny hira fiderana. {IFM 839.2}

Nisy horohorontany nanamarika ny ora nanoloran' i Kristy ny ainy, ary nisy horohorontany koa vavolombelon' ny fotoana nandraisany Azy tamim-pandresena. Ilay naharesy ny fahafatesana sy ny fasana no indro mivoaka avy ao, mamindra toy ny mpanafika mandresy, eo anivon' ny fihovitrovitry ny tany, ny fanjelanjelatry ny tselatra,

sy ny firefodrefotry ny kotroka. Rehefa hiverina eto an-tany Izy, dia «tsy ny tany ihany no hampihorohoroiny, fa ny lanitra koa». «Hivembena dia hivembena tahaka ny mamo ny tany ka hitsingevaheva toy ny fandriana mihantona». «Ny lanitra hahorona tahaka ny fangorona taratasy». «Ary ho levon' ny afo ny tenan' ny zavatra rehetra, ka hodorana avokoa ny tany sy ny asa izay ao aminy». «Fa Jehovah no fialofan' ny olony sy fiarovana mafy ho an' ny Zanak' Isiraely». {IFM 840.1}

Nahita ny tany rakotry ny haizina tamin' ny mitataovovonana ny miaramila tamin' ny nahafatesan' i Jesosy ; tamin' ny nitsanganany, dia nahita ny famirapiratan' ny anjely nanazava ny alina, sy nandre ny mponin' ny lanitra nanao hira nitory fifaliam-be sy fandresena : «Efa naharesy an' i Satana sy ny herin' ny maizina Ianao ; efa nitelina ny fahafatesana Ianao ka nandresy azy». {IFM 840.2}

Nomem-boninahitra nivoaka ny fasana Kristy ; ary nibanjina Azy ny miaramila Romana mpiambina. Nifantoka tamin' ny tavan' Ilay vao nihomehezany sy noharabiany vao haingana teo ny fijeriny, dia Ilay mpifatotra hitany teo amin' ny efitra fitsarana no nibanjininy teo amin' ity tena nomem-boninahitra ity, ary Day nandrariany satro-tsilo. Io Day nijoro teo anatrehan' i Pilato sy Heroda ary tsy nanohitra na dia kely aza, ny tenany rotidrotiky ny kapoka tsy mifaditrovana, Io Ilay nofantsihina teo amin' ny hazo fijaliana. Izy no nampihotakotaka ny lohan' ny mpisorona sy ny mpanapaka, ka nitenenan' ireo tamin-kafanam-po tanteraka hoe : «Ny sasany novonjeny ; fa ny tenany tsy hainy vonjena» . Io Day napetraka tao amin' ny fasam-baon' i Josefa. Namaha ny mpifatotra ny didy navoakan' ny lanitra. Na dia nisy tendrombohitra nifanongoa niavosa aza teo amin' ny fasana, dia tsy ho nahasakana Azy hivoaka avy ao izany. {IFM 840.3}

Lavo ka nanjary toy ny maty ny miaramila Romana mpiambina teo anatrehan' ny anjely sy ny Mpamonjy nomem-boninahitra. Rehefa takona tsy teo imasony intsony ireto mpanotrona avy tany an-danitra, izay vao tafarina izy ka nitsangana nankeny am-bavahadin' ny saha haingana araka izay azon' ny tongony nipararetra natao. Nivembena tahaka ny olona mamo izy niolomay ho any an-tanàna nilaza ny vaovao mahagaga tamin' izay nifanena taminy. Nizotra ho any amin' i Pilato izy, nefa efa nisy nitondra tany amin' ny manam-pahefana Jiosy ny tatitra nataony, ka nampiantso azy ny lohan' ny mpisorona sy ny mpanapaka ho eo anatrehany aloha. Hafahafa ny fisehon' izy ireo. Nangovitry ny tahotra izy, ny endriny hatsatra, raha nijoro ho vavolombelon' ny nitsanganan' i Kristy tamin' ny maty. Nambaran' ny miaramila ny zavatra rehetra araka izay hitany tokoa ; tsy nanampotoana hiheverana na hilazana afa-tsy ny marina izy. Nananosarotra izy raha nilaza hoe : Zanak' Andriamanitra Day nohomboana tamin' ny hazo fijaliana ; nisy anjely renay nilaza Azy ho Andrianan' ny lanitra, Mpanjakan' ny voninahitra. {IFM

841.1}

Tahaka ny an' ny maty ny tavan' ny mpisorona. Niezaka ny hiteny i Kaiafa. Nihetsika ny molony, nefa tsy nahaloa-peo. Efa hivoaka ny efitrano fivoriana ny miaramila, no nisy feo nampijanona azy. Nahateny ihany i Kaiafa nony farany. Andraso, andraso, hoy izy. Aza lazaina na amin' iza na amin' iza ny zavatra efa hitanareo. {IFM 841.2}

Dia nomena tatitra lainga ny miaramila. «Lazao hoe, hoy ny mpisorona, ny mpianany no tonga alina ka nangalatra Azy, raha sendra natory izahay». Namita-tena ny mpisorona eto. Ahoana no hilazan' ny miaramila fa nangalarin' ny mpianatra ny faty raha natory izy ? Raha natory ary izy. ahoana no ahafantarany izany ? Ary raha voaporofo fa meloka ny mpianatra tamin' ny nangalarany ny fatin i Kristy, tsy ny mpisorona ve no tokony hanameloka azy voalohany ? Na koa, raha natory teo amin' ny fasana ny mpiambina. moa ve tsy ny mpisorona no ho voalohany hihazakazaka hiampanga azy teo amin i Pilato ? {IFM 841.3}

Tsiravina ny miaramila raha nieritreritra fa niampanga tena ho natory teo amin' ny toerana nametrahana azy izy. Mendrika ny fanamelohana ho faty izany fahadisoana izany. Tokony hanao vavolombelona sandoka ve izy, ka hamitaka ny vahoaka sady hampidi-doza ny ainy ? Moa ve tsy nanatanteraka ny fiambenana mahasasatra nampanaovina azy izy ka tsy niambina fatratra sady tsy natory ? Ahoana no ahazoany mijoro amin' ny fitsarana, na dia noho ny vola aza, raha nanozona ny tenany ihany izy ? {IFM 842.1}

Mba hampangina ireto vavolombelona natahorany, dia nampanantena ny mpisorona fa ho azo antoka ny amin' ny mpiambina, ka nilaza izy fa tsy tian' i Pilato ny iparitahan' ny tatitra toy izany tahaka azy ireo koa. Namidin' ny miramila Romana vola tamin' ny Jiosy ny fahamarinan-toetrany. Tonga teo anatrehan' ny mpisorona izy ireo nivesatra ny hafatry ny fahamarinana manaitra indrindra ; nivoaka avy tao indray izy novesarana vola. ary teo amin' ny molony ny tatitra mandainga izay efa norafidrafetan' ny mpisorona ho azy. {IFM 842.2}

Na dia izany aza dia tonga tany amin' i Pilato ny tatitra momba ny nitsanganan' i Kristy tamin' ny maty. Na dia tompon' andraikitra aza i Pilato tamin' ny nanolorany an' i Kristy ho faty, dia azo lazaina fa tsy mikasika azy firy izany. Tsy araka ny nahim-pony no nanamelohany ny Mpamonjy, ary nisy fangorahana aza tao aminy : hatramin' izao anefa dia tsy nahatsapa fanenenana marina izy. Taorian' izany vaovao izany dia raiki-tahotra izy ka nihidy aman-trano, ary nanapakevitra ny tsy hahita na iza na iza. Nitady lalana ho eo anatrehany anefa ny mpisorona, ka nilaza ny tantara noforoniny. sy

namporisika azy tsy hijery an-tsirambina teo amin' ny andraikiny. Alohan' ny nanekeny izany. dia izy tenany mihitsy no nanontany manokana ny mpiambina. Natahotra ny amin' ny ainy izy ireo ka tsy sahy nanafina na inona na inona. ka tamin' izy ireo no nandraisan' i Pilato tatitra momba izay rehetra nitranga. Tsy narahiny iavidavitra kokoa ny momba izany. saingy tsy nanana fiadanan-tsaina intsony izy hatramin' io fotoana io. {IFM 842.3}

Nihoby i Satana raha napetraka tao am-pasana Jesosy. Sahy nanantena izy fa tsy ho velona intsony ny Mpamonjy. Nitaky ny fatin' ny Tompo izy ka napetrany manodidina ny fasana ny mpiambiny, niezaka ny hitana an' i Kristy ho mpigadra. Romotry ny hatezerana izy rehefa nandositra tamin' ny fahakaikezan' ny mpitondra hafatra avy any an-danitra ny anjeliny. Rehefa nahita an' i Kristy nivoaka tamim-pandresena izy dia fantany fa hisy fiafarana ny fanjakany, ary tsy maintsy ho faty izy amin' ny farany. {IFM 843.1}

Raha nampamono an' i Kristy ny mpisorona. dia nametraka ny tenany ho fiasan' i Satana izy. Teo ambany fahefany manontolo izy izao. Voatana tao amin' ny fandrika izay tsy nahitany fomba hialana izy afa-tsy amin' ny fanohizana hatrany ny ady atao amin' i Kristy. Rehefa reny ny tatitra momba ny nitsanganany tamin' ny maty, dia natahotra ny fahatezeran' ny vahoaka izy. Tsapany fa ny ainy mihitsy no notandindomin-doza. Ny hany fanantenana ho azy dia manaporofo fa mpamita-bahoaka Kristy amin' ny fandavana ny nitsanganany tamin' ny maty. Novidiny vola ny miaramila ary nataony azo antoka fa hangina i Pilato. Naparitany ombieny ombieny ny tatitra lainga nataony. Nisy anefa vavolombelona izay tsy azony nampanginina. Maro no nandre ny vavolombelona nataon' ny miaramila ny amin' ny nitsanganan' i Kristy tamin' ny maty. Nisy koa ireo maty izay niara-natsangana tamin' i Kristy niseho tamin' ny olona maro, ka nanambara fa efa nitsangana Izy. Nentina teo amin' ny mpisorona ny tatitra nataon' ny olona nahita ireo izay natsangana tamin' ny maty sy nahare ny filazany. Raiki-tahotra lalandava ny mpisorona. sao hifanatri-tava amin' i Kristy, raha mandeha eny andalambe, na samirery ao an-tokantrano. Tsapany fa tsy nisy antoka ho azy n' aiza n' aiza. Fiarovana ho azy amin' ny Zanak' Andriamanitra ny karetsaka sy ny tsivalan-kazo. Teo anatrehany andro aman' alina ilay toe-javatra feno haiozana tao amin' ny efitra fitsarana rehefa niantsoantso izy hoe : «Aoka ny rany ho aminay sy ny zanakay» . Tsy hanjavona mihitsy intsony ao an-tsainy ny fahatsiarovana an' iny toe-javatra iny. Tsy hisy torimasom-piadanana intsony ho hitany eo am-pandriany. {IFM 843.2}

Rehefa re ny feon' ilay anjely mahery teo amin' ny fasan' i Kristy manao hoe : «Miantso Anao ny Rainao», dia nivoaka ny fasana ny Mpamonjy noho ny aina izay efa tao Aminy rahateo. Noporofoiny izao ny fahamarinan' ny teniny hoe: «Izaho manolotra

ny aiko mba handraisako azy indray . . . Manana fahefana hanolotra azy Aho, ary manana fahefana haka azy indray». Tanteraka izao ny faminaniana efa nolazainy tamin' ny mpisorona sy ny mpanapaka hoe : «Ravao ity tempoly ity, ary amin' ny hateloana dia hatsangako indray izy». {IFM 843.3}

Teo ambonin' ny fasan' i Josefa, nisokatra no nanambaran' i Kristy tamim-pandresena hoe : «Izaho no fananganana ny maty sy fiainana». Izay Andriamanitra ihany no afaka hanao izany teny izany. Ny manan' aina rehetra dia velona noho ny sitrapo sy ny herin' Andriamanitra. Mandray ny ain' Andriamanitra izy ary miankina amin' izany. Hatramin' ny serafima ambony indrindra ka hatramin' ny manan' aina ambany indrindra, dia samy fenoina avy amin' Ilay Loharanon' aina avokoa. Ilay Iray amin' Andriamanitra ihany no afaka hiteny hoe : «Manana fahefana hanolotra ny aiko, ary manana fahefana haka azy indray Aho». Teo amin' ny maha-Andriamanitra Azy Kristy dia nanana ny hery hanapahana ny fatoran' ny fahafatesana. {IFM 844.1}

Nitsangana tamin' ny maty Kristy ho voaloham-bokatra eo amin' ireo izay matory. Izy no asehon' ny salohim-bary nahevaheva tao amin' ny tempoly, ary tamin' ny andro indrindra nitondrana ny salohim-bary teo anatrehan' ny Tompo no nitsanganany tamin' ny maty. Nandritra ny arivo taona mahery no nanatanterahina io fanompoam-pivavahana ara-tandindona io. Nangonina avy tany antsaha ny salohim-bary masaka ary rehefa niakatra ho any Jerosalema ny olona hamonjy ny Paska, dia nahevaheva ho fanati-pisaorana teo anatrehan' ny Tompo ny salohim-barin' ny voaloham-bokatra. Raha tsy naseho izany dia tsy azo nojinjaina ny vary ka nangonina ho amboara. Mampiseho ny vokatra ny amboara natokana ho an' Andriamanitra. Toy izany koa Kristy voaloham-bokatra izay mampiseho ny vokatra ara-panahy lehibe izay hangonina ho amin' ny fanjakan' Andriamanitra. Ohatra ny antoky ny fitsanganan' ny olomarina rehetra maty ny nitsanganany tamin' ny maty. «Fa raha inoantsika' fa efa maty Jesosy sady efa nitsangana indray, dia toy izany koa no hitondran' Andriamanitra izay efa nodimandry tao amin' i Jesosy hiaraka Aminy» . {IFM 844.2}

Rehefa nitsangana Kristy, dia nitondra babo maro be avy tany amin' ny fasana Izy. Nampisokatra ny fasan' izy ireo ny horohorontany ka namoha azy, ary rehefa nitsangana Izy, dia niara-nitsangana taminy koa ireo niara-niasa tamin' Andriamanitra ireo. Niara-niasa tamin' Andriamanitra izy ireo. ary nijoro ho vavolombelon' ny fahamarinana na dia nihatra tamin' ny ainy aza izany. Izao izy ireo dia vavolombelona ho an' Ilay nanangana azy tamin' ny maty. {IFM 844.3}

Efa nanangana ny maty Jesosy nandritra ny fotoana nanompoany. Nanangana ny

zanak' ilay mpitondratena tao Naina Izy, sy ny zanakavavin' ilay mpanapaka ary i Lazarosy. Tsy notafiany tsy fahafatesana anefa ireo. Rehefa natsangana izy dia mbola tao ambanin' ny herin' ny fahafatesana ihany. Ireo izay nivoaka ny fasana tamin' ny nitsanganan' i Kristy kosa, dia nitsangana ho amin' ny fiainana mandrakizay. Niara-niakatra taminy Izy toy ny mari-pandresena azony tamin' ny nandreseny ny fahafatesana sy ny fasana. Tsy babon' i Satana intsony ireo hoy Kristy, nanavotra azy Aho. Nitondra azy avy ao am-pasana Aho ho voaloham-bokatry ny heriko, hiaraka Amiko any amin' izay itoerako izy, ary tsy hahita intsony ny fahafatesana na hanandrana ny fàhoriana. {IFM 845.1}

Nankany an-tanàna ireo ka niseho tamin' ny maro, nanambara hoe : Nitsangana tamin' ny maty Kristy ary natsangana niaraka taminy izahay. Toy izany no nampaharetana ho mandrakizay ny fahamarinana masina momba ny fitsanganana amin' ny maty. Nijoro ho vavolombelon' ny fahamarinan' izao teny izao ireo olona masina natsangana tamin' ny maty. Ho velona indray ny olona izay efa maty, ny fatin' ny oloko hitsangana. Ny fitsanganan' izy ireo dia fanehoana ny fahatanterahan' ny faminaniana manao hoe : «Mifohaza sy mihobia, hianareo izay mandry ao amin' ny vovoka ; fa ny andonao dia tahaka ny andon' ny fahazavana, ary ny tany hiteraka ny maty». {IFM 845.2}

Ho an' ny mino, dia fitsanganana amin' ny maty sy fiainana Kristy. Tafaverina ao amin' ny Mpamonjintsika ny fiainana izay very noho ny fahotana ; manana fiainana ao Aminy Izy mba hamelomana izay tiany. Nomena Azy ny zo hanolotra fiainana mandrakizay. Ny fiainana izay napetrany teo amin' ny maha-olombelona, dia raisiny indray ka homeny ny olombelona. «Izaho avy mba hananany fiainana, sady hananany be dia be. Fa na iza na iza no misotro ny rano izay homeko azy dia tsy hangetaheta intsony mandrakizay fa ny rano izay homeko azy dia ho loharano miboiboika ao anatiny ho fiainana mandrakizay». «Izay mihinana ny nofoko sy misotro ny rako no manana fiainana mandrakizay ‘ ary Izaho hanangana azy amin' ny andro farany». {IFM 845.3}

Ho an' ny mino, dia zavatra kely ihany ny fahafatesana. Fotoana fohy no ilazan' i Kristy an' izany. «Raha misy olona mitandrina ny teniko. dia tsy mba hahita fahafatesana izy mandrakizay». Ho an' ny kristiana, torimaso fotsiny ny fahafatesana, fotoana ao anatin' ny fanginana sy ny haizina. Ny fiainana dia miara-miafina amin' i Kristy ao amin' Andriamanitra. ary «raha hiseho Kristy fiainantsika, dia hiara-miseho aminy koa amin' ny voninahitra hianareo». {IFM 846.1}

Ilay feo niantso avy teo amin' ny hazo fijaliana nanao hoe : «Vita», dia re teo anivon'

ny maty. Nanagorobaka ny rindrin' ny fasana izany, ka nibaiko ny matory hitsangana. Ho toy izany koa rehefa ho re avy any an-danitra ny feon' i Kristy. Ho tafiditra hatrany amin' ny fasana io feo io ka hanala ny hidin' ny fasana, ka hitsangana izay maty ao amin' i Kristy. Fasana vitsy no nisokatra tamin' ny nitsanganan' i Kristy Mpamonjy tamin' ny maty, fa amin' ny fiaviany fanindroany dia handre ny feony avokoa ireo maty sarobidy rehetra, ka hivoaka amim-boninahitra, manana ny fiainana mandrakizay. Ilay hery izay nanangana an' i Kristy tamin' ny maty ihany no hanangana ny fiangonany, ka hanome voninahitra azy miaraka Aminy ambonin' ny fahefana rehetra, ny hery rehetra. ny anarana rehetra izay tononina, tsy eto amin' ity izao tontolo izao ity ihany. fa ao amin' izao tontolo izao ho avy koa. {IFM 846.2}

## Toko 82—Nahoana hianao no mitomany?

Niandry fatratra ny hahalasa ny oran' ny Sabata ireo vehivavy izay nijoro teo amin' ny hazo fijalian' i Kristy. Tamin' ny andro voalohany amin' ny herinandro, raha vao nazava ratsy ny andro, dia lasa nankany amin' ny fasana izy, nitondra ireo zava-manitra sarobidy hanosorana ny fatin' ny Mpamonjy. Tsy nieritreritra ny momba ny hitsanganany amin' ny maty izy. Efa nilentika ny masoandron' ny fanantenany, ary nidina tao am-pony ny alina. Raha teny an-dalana izy, dia namerina nitantara ny asam-pamindrampo sy ny teny fampaherezana nataon' i Kristy. Tsy tsaroany anefa ny teniny hoe : «Fa hahita anareo indray Aho». {IFM 847.1}

Tsy fantany izay efa nitranga, raha nanakaiky ny saha izy ka hoy izy teny ampandehanana : «Iza no hanakodia ny vato ho afaka amin' ny varavaram-pasana hisolo antsika ?» Fantany fa tsy afaka manala ny vato izy, nefa notohizany ihany ny diany. Ary indro, nazava tampoka ny lanitra noho ny voninahitra izay tsy avy tamin' ny masoandro niposaka. Nihovitrovitra ny tany. Hitany fa efa nakodia ilay vato lehibe. Foana ny fasana. {IFM 847.2}

Tsy nitovy ny lalan' ireo vehivavy rehetra nankany amin' ny fasana. Maria Magdalena no tonga voalohany teo an-toerana; ary rehefa hitany fa efa voakodia ny vato dia niolomay izy nilaza tamin' ny mpianatra. Fotoana fohy taorian' izany dia tonga ny vehivavy hafa. Nisy fahazavana namirapiratra teo amin' ny fasana ; nefa tsy tao ny fatin' i Jesosy. Raha nitaredretra teo amin' io toerana io izy, dia hitany tampoka fa tsy irery izy. Nisy tovolahy nitafy fitafiana mamirapiratra nipetraka teo amin' ny fasana. Ilay anjely nanakodia ny vato io. Naka ny endriky ny olombelona izy mba tsy hanaitra ireto sakaizan' i Jesosy. Mbola namirapiratra nanodidina azy anefa ny voninahitry ny lanitra, ka natahotra ireo vehivavy ireo. Nihodina nandositra izy ireo, nefa nibaiko azy hijanona ny tenin' ny anjely hoe : «Aza matahotra, hianareo, hoy izy ; fantatro fa Jesosy, Izay efa nohomboana tamin' ny hazo fijaliana no tadiavinareo. Tsy ato Izy, fa efa nitsangana araka izay efa nolazainy taminareo. Avia, ka jereo, fa tao no nandrian' ny Tompo. Ary mandehana faingana, ka lazao amin' ny mpianany, fa efa nitsangana tamin' ny maty Izy». Nojereny indray tao amin' ny fasana, reny indray ny vaovao mahagaga. Nisy anjely anankiray koa naka ny endrik' olombelona tao, ary hoy izy : «Nahoana no ato amin' ny maty no itadiavanareo ny velona ? Tsy ato Izy, fa efa nitsangana, tsarovy ny teny izay nataony taminareo, fony Izy mbola tany Galilia hoe : Ny Zanak' olona tsy maintsy hatolotra eo an-tànan' ny mpanota ka hohomboana amin' ny hazo fijaliana, ary hitsangana amin' ny andro fahatelo». {IFM 847.3}

Efa nitsangana Izy ! Efa nitsangana Izy ! Naverimberin' ireo venivavy hatrany hatrany ireo teny ireo. Tsy ilaina izao ny zavamanitra fanosotra. Velona ny Mpamonjy ary tsy maty. Tsaroany izao fa fony niteny ny amin' ny fahafatesany. Izy dia nilaza fa hitsangana indray. Andro manao ahoana ity. ho an' izao tontolo izao ! Niala faingana teo amin' ny fasana ireo vehivavy «sady natahotra no faly indrindra, dia nihazakazaka hilaza tamin' ny mpianatra». {IFM 848.1}

Tsy mbola nahare ny vaovao mahafaly i Maria. Nankany amin' 1 Petera sy Jaona izy nitondra ny vaovao mampalahelo hoe : «Nalain' ny olona tao am-pasana ny Tompo, ka tsy fantatray izay nametrahany Azy». Nihazakazaka nankany am-pasana ny mpianatra ka nahita izay nambaran' i Maria. Hitany ny lambam-paty sy ny mosara fa tsy hitany ny Tompo. Vavolombelona anefa izany fa nitsangana Izy. Tsy napetrapetraka foana ny akanjom-paty, fa voavalona tsara, samy amin' ny toerany avy. «Nahita ka nino» i Jaona. Tsy mbola azony anefa ny tenin' ny Soratra Masina milaza fa tsy maintsy mitsangana amin' ny maty Kristy ; tsaroany anefa izao ny tenin' ny Mpamonjy milaza mialoha ny hitsanganany. {IFM 848.2}

Kristy mihitsy no nandamina fatratra sy nampirina ireo lambampaty. Rehefa nidina teo am-pasana ilay anjely mahery, dia nisy iray koa nanampy azy, izay niambina ny fatin' ny Tompo niaraka tamin' ny namany. Rehefa nanakodia ny vato ilay anjely avy any an-danitra, dia niditra ny fasana ny anankiray ka namaha ny fatorana tamin' ny fatin' i Jesosy : Fa ny tanan' ny Mpamonjy no namalona ny tsirairay ka nametraka azy teo amin' ny toerany avy. Eo imason' Ilay mitarika ny kintana sy ny zavatra kitika indrindra (atomes) dia tsy misy ataony tsinontsinona na dia iray aza. Hita eo amin' ny asany rehetra ny filaminana sy ny fahatanterahana. {IFM 848.3}

Nanaraka an' i Jaona sy Petera tany amin' ny fasana i Maria ; rehefa niverina tany Jerosalema ireo, dia nijanona izy. Raha nijery ny fasana foana izy, dia feno alahelo ny fony. Nijery tao amin' ny fasana izy, ka nahita ny anjely roa, ny iray teo an-dohany ary ny iray teo an-tongotry ny toerana nametrahana an' i Jesosy. «Ravehivavy, nahoana hianao no mitomany ?» hoy ny fanontaniany azy. «Satria nalain' olona ny Tompoko, ka tsy fantatro izay nametrahany Azy». {IFM 849.1}

Dia nihodina izy tsy hijery ny anjely akory, ary nihevitra fa tsy maintsy hahita olona afaka hilaza izay nanaovana ny fatin' i Jesosy. Nisy feo anankiray niteny taminy hoe : «Ravehivavy, nahoana hianao no mitomany? Iza no tadiavinao?» Nampanjavona ny masony ny ranomaso ka olona fotsiny no hitan' i Maria ; noheveriny fa ny mpiandry saha

Izy ; ka hoy izy hoe : «Tompoko, raha hianao no naka Azy teto, lazao amiko izay nametrahanao Azy, ary izaho dia haka Azy». Raha toa toerana be voninahitra loatra ity fasan' ny mpanankarena ity mba handevenana an' i Jesosy, dia izy no hanome toerana ho Azy. Nisy fasana izay ny feon' i Jesosy mihitsy no nahafoana azy, dia ny fasan' i Lazarosy izany. Tsy mety hahita toerana handevenana ny Tompony ve izy ao ? Tsapany fa ho fiononana be amin' ny alahelony ny fikarakarany ny tenany sarobidy nohomboana tamin' ny hazo fijaliana. {IFM 849.2}

Izao anefa Jesosy miteny amin' ny feony mahazatra hoe : «Ry Maria !» Fantany izao fa tsy vahiny no niteny taminy, nitodika izy dia nahita an' i Kristy velona teo anatrehany. Noho ny fifaliany dia adinony fa nohomboana tamin' ny hazo fijaliana Izy. Niantsambotra teny Aminy izy, toa hanoroka ny tongony ary hoy izy hoe : «Rabôny». Natsangan' i Kristy anefa ny tanany, ary hoy Izy hoe : Aza manendry Ahy , «fa tsy mbola niakatra tany amin' ny Ray Aho; fa mandehana mankany amin' ny rahalahiko, ka lazao aminy hoe : Miakatra ho any amin' ny Raiko sy ny Rainareo Aho ; ary ho any amin' Andriamanitro sy Andriamanitrareo». Dia nizotra nankany amin' ny lalana ho any amin' ny mpianatra nitondra ny hafatra mahafaly i Maria. {IFM 849.3}

Nolavin' i Jesosy ny handray fanajana avy amin' ny vahoakany raha tsy efa azony antoka fa neken' ny Ray ny sorona nataony. Niakatra ho any amin' ny lapan' ny lanitra Izy, ary avy tamin' Andriamanitra mihitsy no nandrenesany ny antoka, fa ampy ny fanavotana nataony ho an' ny fahotan' olombelona; fa mety mahazo ny fiainana mandrakizay ny olona rehetra amin' ny alalan' ny rany. Neken' ny Ray ny fanekena natao tamin' i Kristy, fa handray ny olona mibebaka sy mankatò Izy, ka ho tia azy, eny, tahaka ny itiavany ny Zanany aza. Hameno ny asany Kristy, ka hanatanteraka ny nampanantenainy, dia ny hahatonga ny olona «ho saro-tadiavina mihoatra noho ny volamena tsara, eny, noho ny tena volamena avy any Ofira aza» . Nomena ny Andrianan' ny Fiainana ny hery rehetra any an-danitra sy ety an-tany ; ary niverina teo amin' ny mpanaraka Azy Izy eo amin' izao tontolo izao feno fahotana, mba hahazoany mizara aminy ny heriny sy ny voninahiny. {IFM 850.1}

Raha teo anatrehan' Andriamanitra ny Mpamonjy, ka nandray ny fanomezana ho an' ny fiangonany, dia nieritreritra ny amin' ny fasany foana ny mpianatra, ka nalahelo sy nitomany. Io andro io, izay andro fifaliana ho an' ny lanitra manontolo, dia andro feno fisalasalana, fikorontanana sy fahaverezan-kevitra ho an' ny mpianatra. Manaporofo ny halalin' ny nidinan' ny finoany, ny tsy finoany ny vavolombelona nataon' ireo vehivavy. Hafa indrindra noho izay noheveriny ny vaovao momba ny nitsanganan' i Kristy, hany ka tsy azony ninoana. Tsara loatra ka tsy azo inoana, hoy ny fiheviny. Be loatra no efa reny

momba ny foto-pinoana sy ireo fampianarana lazaina fa ara-tSiansa nataon' ny Sadoseo, hany ka nanjavozavo izay hevitra latsaka tao an-tsainy mikasika ny fitsanganana amin' ny maty. Zara raha fantany ny mety ho dikan' izany fitsanganana amin' ny maty izany. Tsy afaka niditra tamin' ny foto-kevitra lehibe izy. {IFM 850.2}

«Fa mandehana, hoy ny anjely tamin' ny vehivavy, lazao amin' ny mpianany sy Petera fa mialoha anareo ho any Galilia Izy ; any no hahitanareo Azy, araka izay nolazainy taminareo». Anjely mpiambina niaraka tamin' i Kristy ireo nandritra ny fiainany teto an-tany, vavolombelon' ny fitsarana sy ny nanomboana Azy tamin' ny hazo fijaliana. Reny ny teny nataony tamin' ny mpianany. Nasehon' ny hafatra nomeny ny mpianatra izany, ka tokony hampiaiky azy ireo ny amin' ny fahamarinana. Ny teny toy izany indrindra dia avy amin' ny mpitondra hafatra nalefan' ny Tompony efa nitsangana tamin' ny maty. {IFM 850.3}

«Lazao amin' ny mpianany sy Petera» hoy ny anjely. Hatramin' ny nahafatesan' i Kristy, dia niondrika tao anatin' ny nenina i Petera. Teo anatrehany mandrakariva ny fomba mahamenatra namadihany ny Tompo, sy ny fijerin' ny Mpamonjy feno fitiavana sy tebiteby. Izy no nijaly tamin' ny fomba mangidy indrindra tamin' ny mpianatra rehetra. Nomena azy ny toky fa nekena ny fibebahany ary voavela ny fahotany. Notononina tamin' ny anarany izy. {IFM 851.1}

«Lazao amin' ny mpianany sy Petera fa mialoha anareo any Galilia Izy; any no hahitanareo Azy». Samy nandao an' i Jesosy ny mpianatra rehetra, ary nahafaoka azy rehetra ny fiantsoana hihaona Aminy. Tsy nanary azy Izy. Rehefa nilaza tamin' izy ireo i Maria Magdalena fa nahita ny Tompo izy, dia naveriny ny antso hihaonana any Galilia. Nalefa taminy fanintelony ny hafatra. Rehefa hiakatra ho any amin' ny Ray Jesosy, dia niseho tamin' ny vehivavy hafa Izy ka nanao hoe : «Aza matahotra fa mandehana, ka asaovy mankany Galilia ny rahalahiko ; fa any no ahitany Ahy». {IFM 851.2}

Ny asa voalohany nataon' i Kristy teto an-tany taorian' ny nitsanganany tamin' ny maty dia ny nampiaiky ny mpianany ny amin' ny fitiavany tsy mihena sy ny fikarakarany mamy. Mba hanomezana porofo fa Izy no Mpamonjiny velona, ary efa nanapaka ny gadran' ny fasana Izy, ka tsy azon' ny fahafatesana fahavalo hotazonina intsony ; mba hanehoany fa mbola ilay fo feno fitiavana nananany tamin' Ilay Mpampianany malalany ihany ny fony, dia niverimberina niseho taminy Izy. Tiany ho sintonina akaikikaiky azy kokoa ihany ny fatoran' ny fitiavana. Andeha ilazao ny rahalahiko, hoy Izy, hihaona Amiko any Galilia. {IFM 851.3}

Rehefa nandre io baiko nomena mazava toy izany io ny mpianatra, dia nanomboka

nihevitra ny tenin' i Kristy taminy izay nanambara mialoha ny fitsanganany tamin' ny maty. Na dia izao aza anefa dia tsy afaka niravoravo izy. Tsy hainy ny nanala ny fisalasalany sy ny tebitebiny. Na dia nilaza aza ny vehivavy fa efa nahita ny Tompo izy, dia tsy nino ny mpianatra. Noheveriny fa nahita sary an' eritreritra izy. {IFM 851.4}

Toa nifanosona ny zavatra mahavery hevitra. Ny andro fahenina tamin' ny herinandro no nahafatesan' ny Tompony; ny andro voalohany tamin' ny herinandro manaraka dia indro fa nalana taminy ny fatiny, ka nampangaina ho nangalatra azy izy mba hamitahana ny vahoaka. Nampamoifo azy ny tsy hanitsiany na oviana na oviana ny fiheveran-diso izay naka bahana hatrany nanohitra azy. Natahotra ny fandrafian' ny mpisorona sy ny fahatezeran' ny vahoaka izy. Naniry mafy ny fanatrehan' i Jesosy, Izay manampy azy tamin' ny zava-manahirana rehetra izy. {IFM 851.5}

Naverimberiny matetika ny teny hoe : «Nantenainay fa Izy no Ilay efa hanavotra ny Isiraely». Nalahelo sady narary ny fony nahatsiaro ny teniny hoe : «Fa raha ataony amin' ny hazo maitso izany, hatao ahoana amin' ny maina?» Nivory tao amin' ny efitra ambony izy, dia nohidina sy nohamafisiny ny varavarana, fantany fa hisy fotoana izay hahatonga ny anjaran' Ilay Mpampianatra Malalany ho anjarany koa. {IFM 852.1}

Ary tamin' ny fotoana rehetra anefa dia nety ho nijaly izy tamin' ny fahalalana fa efa nitsangana ny Mpamonjy. Nitomany tao amin' ny saha i Maria, raha teo akaikiny Jesosy. Jamban' ny ranomaso loatra ny masony ka tsy hitany Izy. Ary feno alahelo loatra ny fon' ny mpianatra ka tsy nino ny hafatry ny anjely na ny tenin' i Kristy mihitsy aza. {IFM 852.2}

Firy no mbola manao io nataon' ny mpianatra io. Firy no mamerina toy ny ako ny antsoantso famoizam-pon' i Maria hoe : «Nalainy ny Tompoko ... ary tsy fantatray izay nametrahany Azy». Firy moa no azo anaovana ny tenin' ny Mpamonjy hoe : «Nahoana hianao no mitomany ? Iza no tadiavinao ?» Akaiky dia akaiky Izy ; nefa tsy mahita Azy ny masony jamban' ny ranomaso. Miteny aminy Izy, nefa tsy azony izany. {IFM 852.3}

Raha mba afaka mitraka moa ny loha mitanondrika, mba hisokafan' ny maso hibanjina Azy, mba hihaino ny feony ny sofina : «Andeha haingana, ary lazao ny mpianany fa nitsangana izy». Lazao izy tsy hijery ny fasam-baon' i Josefa izay nohidian' ny vato lehibe, ary nisy ny tombo-kasen' ny Romana. Tsy ao Kristy. Aza mijery ny fasana foana. Aza mitomany toy ireo tsy manana fanantenana sy tsy manam-panampy. Velona Jesosy, ary satria velona Izy, dia ho velona koa isika. Aoka ny fo feno fankasitrahana, ny molotra voakasiky ny afo masina, hampikarantsana ny hirampifaliana hoe : Nitsangana Kristy ! Velona Izy hanao fanelanelanana ho antsika. Fikiro io

fanantenana io, ary izany no hihazona ny fanahy tahaka ny vatofantsika azo antoka, voasedra. Minoa, dia hahita ny voninahitr' Andriamanitra ianao. {IFM 852.4}

## Toko 83—Ny dia ho any Emaosy

Efa lasan-davitra ny harivan' ny andron' ny fitsanganana tamin' ny maty tamin' izay. Nisy mpianatra roa teo «an-dalana ho any Emaosy» , tanàna kely valo maily avy eo Jerosalema. Tsy nanantoerana niavaka teo amin' ny asan' i Kristy ireo mpianatra ireo, fa mpino Azy mafana fo. Tonga tao an-tanàna izy mba hitandrina ny Paska, ka very hevitra be noho ny toe-javatra vao nitranga. Reny ny vaovao tamin' ny maraina mikasika ny nanosorana ny fatin' i Kristy tao amin' ny fasana, reny koa ny tatitra nataon' ireo vehivavy nahita ny anjely sy nihaona tamin' i Jesosy. Niverina ho any antranony izy izao handini-tena sy hivavaka. Feno alahelo izy nanohy ny diany iny hariva iny, niresaka ny amin' ny toe-javatra teo amin' ny fitsarana sy ny hazo fijaliana. Tsy mbola namoy fo tanteraka toy izao mihitsy izy hatramin' izao. Tsy nanana fanantenana izy sady tsy nanana finoana, raha nandeha teo amin' ny aloky ny hazo fijaliana. {IFM 853.1}

Tsy mbola lasa lavitra ny diany raha nisy vahiny iray niaraka taminy, nefa variana loatra ny amin' ny alahelony sy ny fahadisoampanantenany izy ka tsy nandinika azy akaiky. Notohizany ny resany, izay nanambara ny fisainan' ny fony. Nampiady hevitra ny momba ny lesona izay nomen' i Kristy izy, izay toa tsy mety ho azony. Raha niresaka ny amin' ny toe-javatra vao nitranga izy, dia naniry mafy ny hampionona azy Jesosy. Hitany ny alahelony ; azony ny hevitra nifanipaka nampitebiteby azy izay nahatonga izao eritreritra izao tao an-tsainy. Moa ve mety ho Kristy ity lehilahy izay nanaiky ny haetry toy izao ity ? Tsy voatanany ny alahelony, ka nitomany izy. Fantatr' i Jesosy fa nifamatotra tamim-pitiavana taminy ny fony, ka naniry mafy ny hamafa ny ranomasony Izy ary hameno azy amin' ny fifaliana sy ny haravoana. Nefa tsy maintsy manome lesona izay tsy hohadinoiny intsony aloha Izy. {IFM 853.2}

«Ary hoy Izy taminy: Ahoana izao teny resahinareo ety ampandehanana izao ? Dia nijanona ireo sady nalahelo tarehy. Ary ny anankiray izay atao hoe Kleopasy, namaly ka nanao taminy hoe : Ianao irery va no vahiny mitoetra any Jerosalema tsy mba mahalala izay zavatra tonga tao tamin' izao andro izao ?» Nambarany azy ny fahadisoam-panantenany mikasika ny Tompony, «mpaminany mahery tamin' ny asa sy ny teny teo anatrehan' Andriamanitra sy ny vahoaka rehetra» ; nefa «ny lohan' ny mpisorona sy ny mpanapaka, hoy izy, nanameloka Azy ho faty sy nanombo Azy tamin' ny hazo fijaliana». Feno alahelo sy fahadisoam-panantenana ny fony, ary nipararetra ny molony, nanampy hoe : «Nantenainay fa Izy no Ilay efa hanavotra ny Isiraely ; ary tsy izany ihany, fa androany no andro fahatelo hatr' izay nahatongavan' izany». {IFM 854.1}

Mahagaga fa tsy nahatsiaro ny tenin' i Kristy ny mpianatra, ary tsy tsapany fa efa

nambarany mialoha ny toe-javatra vao nitranga. Tsy tsapany fa ny tapany farany tamin' ny fanambarany. dia ho tanteraka indrindra tahaka ny tapany voalohany, fa hitsangana indray Izy amin' ny andro fahatelo. Io no fizarana tokony hotadidiny. Io tsy mba hadinon' ny mpisorona sy ny mpanapaka. «Nony ampitson' ny andro fiomanana, dia nivory nankeo amin' i Pilato ny lohan' ny mpisorona sy ny Fariseo ka nanao hoe : Tompoko, tsaroanay fa iny mpamitaka iny fony Izy mbola velona, dia nanao hoe : Raha afaka hateloana, dia hitsangana Aho». Tsy tsaroan' ny mpianatra anefa ireo teny ireo. {IFM 854.2}

«Ary hoy Izy taminy : Ry adala sy votsa saina ka tsy mino izay rehetra nolazain' ny mpaminany. Moa tsy tokony ho niaritra izany va Kristy ka hiditra any amin' ny voninahiny ?» Gaga ny amin' ity vahiny ity ny mpianatra, Izy izay miditra hatrany anatin' ny fanahy, ka miteny amin-kafanam-po, fahalemem-panahy, sy fangorahana toy izao ary amin' ny fomba feno fanantenana toy izao. Voalohany izao, hatramin' ny namadihana an' i Jesosy, vao nanomboka nahatsapa fanantenana izy. Matetika izy no nijery ity mpiara-dia aminy tamin-kafanampo, ka nihevitra fa ny teny nataon' izy io dia ny teny indrindra izay ho nolazain' i Kristy. Zendana izy, ka nanomboka nidobodoboka ny fony nibanjina ny ho avy tamim-pifaliana. {IFM 854.3}

Nanomboka tamin' i Mosesy, ny Alfan' ny tantaran' ny Baiboly, Kristy, ka nanazava ny Soratra Masina rehetra ny amin' ny zavatra mikasika Azy. Raha nampahafantatra ny tenany aloha Izy, dia ho afa-po ny fony. Ho feno fifaliana indrindra ny fony ka tsy hisy na inona na inona ahanoana azy intsony. Nilain' izy ireo ny hahazo ny fanambarana nentin' ireo tandindon' ny faminaniana ao amin' ny Testamenta Taloha mikasika Azy. Eo amin' ireo no tsy maintsy iorenan' ny finoany. Tsy nanao fahagagana Kristy handresy lahatra azy, nefa ny asany voalohany dia ny manazava ny Soratra Masina. Noheveriny ho faharavan' ny fanantenany rehetra ny fahafatesany. Hitany avy ao amin' ny mpaminany izao fa izany no porofo matanjaka indrindra ho an' ny finoany. {IFM 855.1}

Raha nampianatra ireo mpianatra ireo Jesosy, dia nasehony ny maha-zava-dehibe ny Testamenta Taloha amin' ny maha-vavolombelona azy ny amin' ny asa nanirahana Azy. Maro ankehitriny ireo milaza ny tenany ho kristiana no mampihataka ny Testamenta Taloha ka lazainy fa tsy misy ilàna azy intsony. Tsy toy izany anefa ny fampianaran' i Kristy. Ambony indrindra no fanombanany izany ka hoy Izy indray mandeha hoe : «Raha tsy mihaino an' i Mosesy sy ny mpaminany izy, dia tsy hety hino izy, na dia misy mitsangana amin' ny maty aza» . {IFM 855.2}

Ny feon' i Kristy no niteny tamin' ny alalan' ny patriarka sy ny mpaminany,

hatramin' ny andron' i Adama ka hatramin' ny toe-javatra amin' ny andro farany aza. Aseho ao amin' ny Testamenta Taloha mazava tahaka ny ao amin' ny Testamenta Vaovao ny Mpamonjy. Ny fahazavana avy ao amin' ny lasa ara-paminaniana no mampivoitra ny fiainan' i Kristy ny ny fampianaran' ny Testamenta Vaovao amin' ny fomba mazava sy kanto. Porofon' ny mahaAndriamanitra an' i Kristy ny fahagagana nataon' i Kristy ; nefa nisy porofo matanjaka kokoa fa Izy no Mpanavotra an' izao tontolo izao, izay hita amin' ny fampitahana ireo faminaniana ao amin' ny Testamenta Taloha amin' ny tantaran' ny Vaovao. {IFM 855.3}

Nivaofy ny faminaniana Kristy, ka nanome izay hevitra marina ny amin' izay tokony ho toetrany teo amin' ny maha-olombelona ny mpianany. Nanantena Mesia izay haka ny seza fiandrianana sy ny fahefan' ny mpanjaka nifanaraka amin' ny fanirian' ny olombelona izy, ary diso hevitra izy tamin' izany. Nanakana ny fandraisana araka izay tokony ho izy ny antony nidinany avy amin' ny toerana ambony indrindra nisy Azy izany ka nakany ny toerana ambany indrindra. Tian' i Kristy ho madio sy marina amin' ny antsipiriany rehetra ny hevitry ny mpianany. Tsy maintsy azony, lavitra araka izay azo atao, ny mikasika ny kapoaky ny fahoriana izay efa nomanina ho Azy. Nasehony azy fa ny ady mahatahotra izay tsy mbola mety ho azony dia fanatanterahana ny fanekena vita hatramin' ny nanorenana an' izao tontolo izao. Tsy maintsy ho faty Kristy, tahaka ny mpandika ny lalàna rehetra tsy maintsy maty raha mitohy manota. Tsy maintsy ho tanteraka izany rehetra izany, nefa tsy hiafara amin' ny faharesena izany fa amin' ny fandresena be voninahitra, mandrakizay. Nilaza taminy Jesosy fa tsy maintsy atao ny ezaka rehetra hamonjena an' izao tontolo izao amin' ny fahotana. Tsy maintsy mivelona tahaka ny nahavelomany ny mpanaraka Azy, ary miasa tahaka ny niasany omban' ny ezaka mafy sy mitozo. {IFM 855.4}

Toy izany no niresahan' i Kristy tamin' ny mpianany, ka nanokafany ny sainy mba hahazoany ny Soratra Masina. Vizana ny mpianatra, nefa tsy niketraka ny resaka. Teny fiainana sy toky no nivoaka ny molotry ny Mpamonjy. Mbola nohazonina anefa ny masony. Raha nilaza taminy ny amin' ny faharavan' i Jerosalema Izy, dia nitomany nijery ilay tanàna voaheloka. Tsy nampoiziny firy anefa Ilay niara-dia taminy teny an-dalana. Tsy noheveriny fa nandeha teo anilany Ilay olona nataony anton-dresaka, toy ny olona hafa mantsy no filazan' i Kristy ny tenany. Nihevitra izy ireo fa olona iray tamin' izay nanatrika ny andro firavoravoana lehibe Izy io, ka miverina mody izao. Nitandrina tahaka ireo Izy nandeha tamin' ny vato maraorao, ary indraindray dia niara-nijanona taminy niala sasatra kely. Toy izany ny diany teny amin' ny lalana teny an-tendrombohitra, raha nandeha teo anilany Ilay efa haka ny toerany ao an-tanana an-

kavanan' Andriamanitra, sy afaka hiteny hoe : «Efa nomena Ahy ny fahefana rehetra any an-danitra sy etỳ an-tany». {IFM 856.1}

Nilentika ny masoandro teny an-dalana, ary raha tsy mbola tonga tany amin' ny toerana fialan-tsasatra ny mpandeha, dia efa nandao ny asany ny mpiasa tany an-tsaha. Raha andeha hiditra ny tranony ny mpianatra, dia toa hanohy ny diany Ilay vahiny. Voasintona taminy anefa ny mpianatra. Nangetaheta handre be kokoa avy Aminy ny fanahiny. «Mitoera eto aminay» hoy izy. Toa tsy hanaiky ny fangatahany Izy, nefa nanery Azy izy ka nanantitrantitra hoe : «Fa efa ho hariva izao, ka lasan-davitra ny andro». Nanaiky io fiangaviana io Kristy «dia niditra hitoetra tao aminy Izy». {IFM 856.2}

Raha tsy nanantitrantitra ny fiangaviany ny mpianatra dia tsy ho fantany fa ny Tompo nitsangana tamin' ny maty Ilay niara-dia taminy. Tsy manery na iza na iza mihitsy hanaiky Azy hiara-dia Aminy Kristy. Mahaliana Azy izay mila Azy. Amim-pifaliana no idirany ao amin' ny tokantrano tsotra indrindra, ka hamalifaliany ny fo tsotra indrindra. Nefa raha tsy mampiraika firy ny olona ny vahiny avy any an-danitra, na tsy angatahiny hitoetra aminy Izy, dia handeha Izy. Izany no mahafaty antoka be ny maro. Tsy fantany mihoatra noho ireo mpianatra niara-nandeha taminy nankany F.maosy i Kristy. {IFM 857.1}

Vetivety dia voaomana ny sakafo hariva tsotra. Napetraka teo anoloan' ny vahiny izay naka ny toerany teo an-dohan-databatra izany. Natsotran' i Jesosy ny tanany hitahy ny sakafo. Nianotra ny mpianatra noho ny fahagagany. Fantany ny fomba fihetsika nahazatra ny Tompony. Nojereny indray, ary indro hitany teo amin' ny tanany ny dian' ny fantsika. Niara-nihoraka izy roa ', lahy, ny Tompo Jesosy io. Nitsangana tamin' ny maty Izy ! {IFM 857.2}

Nitsangana izy ireo hiantoraka teo an-tongony sy hiankohoka Aminy, nefa nanjavona tsy teo intsony Izy. Nojereny ny toerana nisy an' Ilay vao napetraka tao am-pasana ny tenany, ka niresaka izy hoe : «Tsy nangorakoraka va ny fontsika, raha niresaka tamintsika teny an-dàlana Izy ka namoaka ny hevitry ny Soratra Masina tamintsika ?» {IFM 857.3}

Nefa raha nanana io vaovao lehibe io hoentina izy ireo dia tsy afaka nipetraka sy niresaka. Lasa ny havizanany sy ny hanoanany. Navelany tsy nandramana akory ny sakafony, ary feno hafaliana izy nivoaka avy hatrany indray, nandeha tamin' ny lalana niaviany, niolomay hilaza ny Vaovao mahafaly amin' ny mpianatra any an-tanàna. Misy faritra tsy maha-azo antoka ny lalana, nefa nanihany ny toerana mideza, ary nibolisatra izy amin' ny vato malama. Tsy hitany sady tsy fantany fa niaro azy Ilay niara-dia taminy.

Nitondra ny tehin' ny mpivahiny izy, somadodoka te-handeha haingana noho izay tokony hatao. Very ny lalany, nefa hitany indray. Indraindray izy mihazakazaka, indraindray tafintohina, nefa mandroso ihany, Ilay Mpiara-dia taminy tsy hita maso manaraka akaiky teo amin' ny lalany rehetra. {IFM 857.4}

Maizina ny alina, nefa namirapiratra teo aminy ny Masoandron' ny Fahamarinana. Midobodoboky ny fifaliana ny fony. Toa tonga ao amin' ny tany vaovao izy. Mpamonjy velona Kristy. Tsy malahelo Azy maty intsony izy. Nitsangana Kristy, naverimberiny hatrany hatrany izany. Izany no hafatra hoentiny ho an' ireo malahelo. Tsy maintsy lazainy azy ny tantara mahagagan' ny dia nankany Emaosy. Tsy maintsy holazainy azy Ilay nanatratra azy teny an-dalana. Mitondra ny hafatra lehibe indrindra tsy mbola nomena an' izao tontolo izao izy, hafatry ny vaovao mahafaly izay iankinan' ny fanantenan' ny fianakavian' ny olombelona tamin' izay fotoana izay sy ho amin' ny mandrakizay. {IFM 858.1}

## Toko 84—Fiadanana ho anareo

Raha tonga tany Jerosalema ny mpianatra roa lahy dia niditra tao amin' ny vavahady atsinanana, izay mivoha amin' ny alina, amin' ny fotoan' ny andro firavoravoana. Maizina sy mangina ny trano, nefa manohy ny lalany eny amin' ny lalana tery ny mpandeha hazavain' ny volana vao miposaka. Nankany amin' ny efitra ambony izy, izay nandanian' i Jesosy ora maro tamin' ny hariva farany talohan' ny fahafatesany. Tao no fantany fa hahitana ny rahalahiny. Na alina toy izao aza dia fantany fa tsy mbola matory ny mpianatra mandra-pahazoany antoka izay nanjo ny fatin' ny Tompony. Hitany fa tsara hidy tamin' ny tsivalan-kazo ny trano. Nandondòna izy nangataka hiditra; tsy misy valiny anefa. Mangina ny tontolo. Nomeny indray ny anarany. Nalana moramora ny tsivalan-kazo, niditra izy, ary niara-niditra taminy Ilay Anankiray, tsy hita maso. Nohidiana mafy indray ny varavarana hiarovana amin' ny mpitsikilo. {IFM 859.1}

Nahita an' izy rehetra nihorohoro sy gaga ireto mpandeha. Nisandratra ho fisaorana sy fiderana ny feon' ireo tao amin' ny efitrano nanao hoe : «Tena nitsangana tamin' ny maty tokoa ny Tompo ary niseho tamin' i Simona». Mbola sempotra dia sempotra ireto mpandeha roa lahy noho ny hazakazaka teny an-dalana, raha nilaza ny tantara mahagaga momba ny nisehoan' i Jesosy taminy. Vao vita izany, dia nisy nilaza fa tsy afaka hino izany, satria tsara loatra ka tsy azo inoana, no indro nisy olona anankiray nijoro teo anatrehany. Nifantoka tamin' Ilay vahiny ny maso rehetra. Tsy nisy nandondòna nangataka hiditra, tsy nisy dian' olona nandeha re. Nitsamboatra ny mpianatra, gaga ny amin' ny dikan' izao. Dia reny ny feo izay tsy hafa fa feon' ny Tompony. Mazava sy miavaka tsara ny teny mivoaka ny molony : «Fiadanana ho anareo». {IFM 859.2}

«Dia taitra sady raiki-tahotra izy satria nataony fa nahita matoatoa izy. Nefa hoy Jesosy taminy : Nahoana no taitra hianareo ? ary nahoana no miahanahana ny fonareo ? Izahao ny tànako sy ny tongotro, fa Izaho no Izy ; tsapao Aho, ka jereo, fa ny matoatoa tsy mba manana nofo sy taolana, tahaka izay ahitanareo Ahy izao. Ary rehefa niteny izany Izy, dia nasehony azy ny tànany sy ny tongony». {IFM 860.1}

Nojereny ny tanany sy ny tongony simban' ny fantsika lozabe. Fantany ny feony, izay tsy mbola nisy reny toy izany : «Ary raha tsy nino ihany izy ireo noho ny hafaliana sady mbola talanjona, dia hoy Jesosy taminy : Manan-kanina atỳ va hianareo ? Ary dia nomeny tapaky ny hazandrano voatono Izy. Ary Izy nandray, dia nihinana teo anatrehany». «Dia faly ny mpianatra, raha nahita ny Tompo». Nisolo toerana ny tsy finoana ny finoana sy ny fifaliana, ary fihetseham-po izay tsy hain' ny teny hambara no nanekeny ny Mpamonjy nitsangana tamin' ny maty. {IFM 860.2}

Tamin' ny nahaterahan' i Jesosy dia nilaza ny anjely hoe : «Fiadanana ho etỳ ambonin' ny tany ary fankasitrahana ho amin' ny olona». Ary izao amin' ny fisehoany voalohany amin' ny mpianatra taorian' ny nitsanganany tamin' ny maty, dia nanao teny feno fitahiana ny Mpamonjy ka nanao hoe : «Fiadanana ho anareo». Vonona mandrakariva Jesosy hilaza fiadanana amin' ny fanahy vesaran' ny fisalasalana sy ny tahotra. Miandry antsika Izy hamoha ny varavaran' ny fo idirany ka hanao hoe : «Mitoera atỳ aminay». Hoy Izy : «Indro, efa mitsangana eo am-baravarana Aho ka mandòndòna, raha misy mihaino ny feoko ka mamoha ny varavarana dia hiditra ao aminy Aho ary hiara-misakafo aminy, azy izy Amiko». {IFM 860.3}

Tandindon' ny fitsanganan' izay rehetra matory ao amin' i Jesosy amin' ny andro farany ny nitsanganany tamin' ny maty. Samy nahazatra ny mpianatra ny endriky ny Mpamonjy nitsangana tamin' ny maty, ny fombany, ny fiteniny. Toy ny nitsanganan' i Jesosy tamin' ny maty, dia toy izany koa no hitsanganan' izay matory ao Aminy indray. Ho fantatsika ny namantsika, toy ny mpianatra nahafantatra an' i Jesosy koa. Mety ho simba ny bikany, ny fahasalamany, na ny tarehiny teto amin' ity fiainana misy fahafatesana ity, hitsangana amin' ny fahasalamana tanteraka sy ny tena mifandrindra tanteraka izy, nefa ho voatahiry tanteraka ny maha-izy azy na dia ao amin' io tena be voninahitra io aza. Amin' izay dia ahafantatra toy ny ahafantarana antsika isika. Ho fantatsika ao amin' ny endrika manjelanjelatra noho ny fahazavana mamirapiratra eo amin' ny tavan' i Jesosy izay mampiavaka ireo olon-tiantsika. {IFM 860.4}

Rehefa nihaona tamin' ny mpianany Jesosy, dia nampahatsiahiviny azy ny teniny izay nolazainy taminy talohan' ny fahafatesany, fa tsy maintsy ho tanteraka ny zavatra rehetra voasoratra ao amin' ny lalàn' i Mosesy sy ao amin' ny mpaminany ary ao amin' ny Salamo mikasika Azy. «Dia nanokatra ny sain' ireo izy hahalala ny Soratra Masina. Ary hoy Izy taminy : Izany no voasoratra, fa Kristy hiaritra ka hitsangana amin' ny maty amin' ny andro fahatelo ; ary mba hotorina amin' ny anarany ny fibebahana sy ny famelankeloka amin' ny firenena rehetra, manomboka eto Jerosalema. Ary hianareo no vavolombelon' izany». {IFM 861.1}

Nanomboka tsapan' ny mpianatra ny toetran' ny asany sy ny velarany. Natao hitory amin' izao tontolo izao ireo fahamarinana mahagaga izay efa nankinan' i Kristy taminy izy. Ny toe-javatra teo amin' ny fiainany, ny fahafatesany sy ny fitsanganany tamin' ny maty, ireo faminaniana izay manondro ireo toe-javatra ireo, ny fahamasinan' ny lalàn' Andriamanitra, ny zava-miafin' ny drafitry ny fanavotana, ny fahefan' i Jesosy hamela heloka, — ny amin' ireo zavatra rehetra ireo no hahavavolombelona azy, ary hampahafantatra ireo amin' izao tontolo izao izy. Hitory ny filazantsaran' ny fihavanana

sy ny famonjena amin' ny alalan' ny fibebahana sy ny fahefan' ny Mpamonjy izy. {IFM 861.2}

«Ary rehefa nilaza izany Izy, dia nanisy fofonaina, ka hoy Izy taminy : Raiso ny Fanahy Masina; na helok' iza na helok' iza no avelanareo, dia voavela izany; ary na helok' iza na helok' iza kosa no tsy avelanareo dia tsy voavela izany. Tsy mbola niseho tamin' ny heriny feno anefa ny Fanahy Masina satria tsy mbola nomem-boninahitra Kristy. Tsy nisy ny fanomezana bebe kokoa ny Fanahy raha tsy taorian' ny niakaran' i Kristy tany an-danitra. Raha tsy voaray izany dia tsy afaka nahatanteraka ny iraka hitory ny filazantsara amin' izao tontolo izao nampanaovina azy ny mpianatra. Antony manokana anefa izao no nanomezana ny Fanahy. Talohan' ny nahazoan' ny mpianatra nanatanteraka ny adidiny ara-dalàna mifandray amin' ny fiangonana, dia nitsoka ny Fanahiny taminy Kristy. Fahamarinana masina indrindra no nankininy taminy, ka tiany ho latsaka lalina ao am-pony izao zavatra izao : fa raha tsy ny Fanahy Masina dia tsy mety ho vita io asa io. {IFM 861.3}

Ain' ny fiainana ara-panahy ao amin' ny fanahy ny Fanahy Masina: Fizarana ny fiainan' i Kristy ny fizarana ny Fanahy. Mamonto ny mandray izany amin' ny toetra mampiavaka an' i Kristy izany. Izay nampianarin' Andriamanitra toy izany ihany, izay manana ny asan' ny Fanahy ao anatiny ihany, ary ao amin' izay anehoana ny fiainan' i Kristy ihany, ireo ihany no mendrika hijoro hampiseho ny Fiangonana sy hiasa hanabe voa azy. {IFM 862.1}

«Na helok' iza na helok' iza, hoy Kristy, no avelanareo dia voavela izany ; ary na an' iza na an' iza kosa no tsy avelanareo dia tsy voavela izany». Eto Kristy dia tsy manome fahafahana na iza na iza hitsara ny hafa. Nandrara izany Izy teo amin' ny toriteny teo an-tendrombohitra. Anjara asan' Andriamanitra izany. Ny fiangonana kosa amin' ny maha-voalamina azy, ka ahazoany manao izany, dia nametrahany ny andraikitra ho an' ny mambra tsirairay. Manana adidy ny fiangonana, amin' izay lavo ao amin' ny fahotana, hananatra, hampianatra, ary raha azo atao, dia hanarina ireo izay latsaka amin' ny fahotana. «Mandrese lahatra, mamporisiha, mananara mafy amin' ny fahari-po sy ny fampianarana rehetra». Aoka ho mahatoky amin' ny fikarakarana ireo izay manao ratsy. Ampitandremo ny fanahy rehetra tandindomin-doza. Aza misy avela hamitaka anareo. Antsoy amin' ny tena anarany ny fahotana. Ambarao izay nolazain' Andriamanitra momba ny lainga, ny fandikana ny Sabata, ny halatra, ny fanompoan-tsampy sy ny ratsy hafa rehetra. «Fa izay manao izany dia tsy handova ny fanjakan' Andriamanitra». Raha mikiribiby amin' ny fahotana izy, dia atao aminy any an-danitra ny fitsarana izay ataonareo aminy avy amin' ny tenin' Andriamanitra. Amin' ny fisafidianany hanota, dia

mandà an' i Kristy izy ; tsy maintsy asehon' ny fiangonana fa tsy mankasitraka ny ataony izy, raha tsy izany dia izy mihitsy no manala baraka ny Tompony. Tsy maintsy milaza izay nolazain' Andriamanitra ny amin' ny fahotana izy. Tsy maintsy araka ny baikon' Andriamanitra no ifandraisany sy hiadiany amin' ny fahotana, dia hamafisin' ny lanitra ny asany. Izay manamavo ny fahefan' ny fiangonana, dia manamavo ny fahefan' i Kristy mihitsy. {IFM 862.2}

Misy lafiny mamirapiratra kokoa anefa ny sary. «Na helok' iza na helok' iza avelanareo dia voavela». Aoka ho ambony indrindra hatrany io fisainana io. Aoka ho voatarika eo amin' i Kristy ny maso rehetra eo amin' ny asa atao rehetra ho an' ny mania. Aoka ny mpiandry ondry hikarakara amim-pitiavana ny andian' ondry eo amin' ny fiandrasan' ondrin' ny Tompo. Aoka izy hilaza ny famindrampon' ny Mpamonjy mamela heloka amin' ny mania, hamporisika ny mpanota hibebaka, sy hino Ilay afaka mamela heloka. Aoka izy hanambara noho ny fahefan' ny tenin' Andriamanitra hoe : «Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy. ka mamela ny helotsika sy manadio antsika ho afaka amin' ny tsi-fahamarinana rehetra». Izay rehetra mibebaka dia manana toky fa «hamindra fo amintsika indray Izy ka hanitsakitsaka ny fahotantsika, eny. harianao ho any amin' ny ranomasina lalina ny fahotany rehetra». {IFM 863.1}

Aoka heken' ny fiangonana amin' ny fo feno fankasitrahana ny fibebahan' ny mpanota. Aoka ho tarihina hiala ny haizin' ny tsy finoana izay mibebaka ka ho eo amin' ny fahazavan' ny finoana sy ny fahamarinana. Aoka hipetraka ao amin' ny tanam-pitiavan' i Jesosy ny tanany mangovitra. Ny famelan-keloka toy izany dia eken' ny lanitra. {IFM 863.2}

Amin' izany dikany izany ihany no hananan' ny fiangonana fahefana hanafaka ny mpanota. Ny fahamendrehan' i Kristy irery ihany no mety ahazoana ny famelana ny fahotana. Tsy misy olona, tsy misy antokon' olona, nomena hery hanafaka ny fanahy amin' ny fahadisoana. Napetrak' i Kristy tamin' ny mpianany ny hitory ny famelana ny fahotana amin' ny anarany eo anivon' ny firenena rehetra ; fa izy tenany kosa dia tsy nomena fahefana hanala na dia pentin' ota iray aza. Ny anaran' i Jesosy no hany «anarana nomena ny olona izay hahazoantsika famonjena». {IFM 863.3}

Raha nihaona voalohany tamin' ny mpianatra Jesosy tao amin' ny efitrano ambony, dia tsy niaraka tamin' izy ireo i Tomasy. Reny ny tatitra nataon' ny hafa, ary betsaka ny porofo voarainy fa efa nitsangana tamin' ny maty Jesosy ; nefa feno alahelo sy tsy finoana ny fony. Raha nandre ny mpianatra nilaza ny amin' ny fisehoana mahagaga momba ny Mpamonjy nitsangana tamin' ny maty izy, dia nandentika azy tao amin' ny

fahadisoam-panantenana lalina izany. Raha tena nitsangana tamin' ny maty tokoa Jesosy, dia tsy mety hisy fanantenana hafa ny amin' ny fitsanganana ara-bakiteny ara-nofo. Nandratra ny hambompony koa ny hevitra fa niseho tamin' ny mpianatra rehetra afa-tsy taminy ihany ny Tompony. Tapa-kevitra ny tsy hino izy, ary nandritra ny herinandro dia namisavisa ny fahoriany, izay toa maizina indrindra raha mitaha amin' ny fanantenana sy ny finoan' ny rahalahiny. {IFM 863.4}

Nandritra io fotoana io dia naverimberiny ny hoe : «Raha tsy hitako eo amin' ny tànany ny holatry ny nohomboana ka ataoko eo amin' ny holatry ny nohomboana ny rantsan-tànako, ary ataoko eo amin' ny lanivoany koa ny tànako, dia tsy mba hino aho». Tsy tiany ny hahita amin' ny alalan' ny mason' ny rahalahiny, tsy tiany koa ny hampiasa finoana miankina amin' ny fanambaran' izy ireo. Niredareda ny fitiavany ny Tompony, nefa navelany nanjaka tamin' ny sainy sy ny fony ny fialonana sy ny tsy finoana. {IFM 864.1}

Nisy mpianatra vitsivitsy tamin' izay fotoana izay nanao ilay efitrano ambony nahazatra azy ho trano ipetrahana vonjimaika, koa tafavory tao izy rehetra afa-tsy Tomasy. Indray hariva i Tomasy nanapa-kevitra ny hihaona amin' ny mpianatra hafa. Na dia teo aza ny tsy finoany, dia nanana fanantenana nanjavozavo izy fa marina ny vaovao mahafaly. Raha teo am-pisakafoanana hariva ny mpianatra, dia niresaka ny amin' ny porofo mazava nomen' i Kristy azy ao amin' ny faminaniana izy. «Dia tonga Jesosy, rehefa voarindrina ny varavarana, ka nitsangana teo afovoany, dia nanao hoe : «Fiadanana ho anareo». {IFM 864.2}

Nitodika tany amin' i Tomasy Izy ka hoy Izy hoe : «Atehefo eto ny rantsan-tànanao, ka jereo ny tànako; ary atehefo eto koa ny tànanao, ka ataovy amin' ny lanivoako, ary aza ho isan' izay tsy mino, fa minoa». Nasehon' ireo teny ireo fa efa nahazatra Azy tsara ny eritreritr' i Tomasy sy ny teniny. Fantatr' ilay mpianatra be fisalasalana fa tsy nisy tamin' ireo namany nahita an' i Jesosy nandritra ny herinandro. Tsy afaka nilaza ny tsy finoany tamin' ny Tompo izy. Fantany fa ny Tompony Ilay eo anatrehany. Tsy nila porofo hafa izy. Nidobobodoky ny fifaliana ny fony, ka niankohoka teo an-tongotr' i Jesosy izy niantsoantso hoe : «Tompoko sy Andriamanitro !» {IFM 864.3}

Noraisin' i Jesosy ny fiaikena nataony, nefa niteny azy mora ny amin' ny tsy finoany Izy : «Ry Tomasy, satria nahita Ahy hianao, dia nino, sambatra kosa izay tsy nahita, nefa nino». Nety ho nahafinaritra an' i Kristy bebe kokoa ny finoan' i Tomasy raha nety nino izy noho ny fanambarana nataon' ny rahalahiny. Raha manaraka ny ohatra nomen' i Tomasy izao tontolo izao ankehitriny, dia tsy hisy hino ho amin' ny famonjena. {IFM

865.1}

Maro no mirona ho amin' ny fisalasalana ka manala tsiny ny tenany amin' ny filazana fa raha nanana ny porofo noraisin' i Tomasy avy amin' ny namany izy, dia hino. Tsy tsapany fa tsy io porofo io ihany no ananany, fa mihoatra lavitra noho izany. Maro no tahaka an' i Tomasy, miandry ny hialan' izay rehetra mampisalasala azy, izay tsy hahatsapa na oviana na oviana izay ilainy. Mihamitombo miandalana ny tsy finoany. Izay mitaiza ny tenany hijery ny lafiratsin' ny zavatra, ka mimenomenona sy mitaraina dia tsy mahalala izay ataony. Mamafy voan' ny tsy finoana izy, ka hanana vokatry ny fisalasalana hojinjana. Amin' ny fotoana izay tena ilana ny finoana sy ny fahatokiana, dia maro no hahita fa tsy manan-kery hanantenana sy hinoana izy. {IFM 865.2}

Tamin' ny fomba nitondran' i Jesosy an' i Tomasy dia nanome lesona ny mpanaraka Azy Izy. Asehon' ny ohatra nomeny ny fomba tokony hitondrantsika izay malemy finoana, sy izay mampiseho mandrakariva ny fisalasalany. Tsy nototofan' i Jesosy fanomezantsiny i Tomasy, na niditra hiady hevitra taminy Izy. Niseho tamin' ilay nisalasala Izy. Tena tsy ara-drariny mihitsy ny fepetra notakian' i Tomasy ahazoany mino, nefa noho ny fitiavany azy sy ny fiheverany be famindrampo, dia narodan' i Jesosy ny fefy rehetra. Mahalana no resin' ny adihevitra ny tsy finoana. Mitarika ho amin' ny fiarovantena kokoa izany, ary mahita mpanohana sy fialan-tsiny vaovao. Aoka kosa anefa haseho Jesosy, ao amin' ny fitiavany sy ny famindrampony, amin' ny maha-Mpamonjy nohomboana tamin' ny hazo fijaliana Azy, dia ho re avy amin' ny molotra maro tsy tehanao izany teo aloha ny faneken' i Tomasy hoe : «Tompoko sy Andriamanitro». {IFM 865.3}

## Toko 85—Teo amoron-dranomasina indray

Nikasa ny hihaona amin' ny mpianany avy any Galilia Jesosy : koa fotoana fohy taorian' ny herinandron' ny Paska, dia nizotra nankany izy ireo. Nety ho noraisina ho tsy firaharahana na fiheverandiso raha tsy tao Jerosalema izy ireo nandritra ny andro firavoravoana, noho izany dia nijanona izy mandra-pifaran' izany ; rehefa tapitra izany dia faly izy nitodi-doha ho any an-tokantranony hihaona amin' ny Mpamonjy araka ny baikony . {IFM 867.1}

Fito ny mpianatra no niaraka. Nitafy ny akanjo tsotsotra amin' ny maha-mpanarato azy izy. mahantra izy raha ny haren' izao tontolo izao, nefa nanan-karena raha ny fahalalana ny fahamarinana sy ny fanarahana izany, harena izay manome azy ny toerana ambony indrindra amin' ny maha-mpampianatra azy raha eo imason' ny lanitra. Tsy nianatra tany amin' ny sekolin' ny mpaminany izy. nefa nandritra ny telo taona kosa, ny mpanabe lehibe indrindra izay fantatr' izao tontolo izao no nampianatra azy. Noho ny fitaizany dia nanjary mpiasa ambony marani-tsaina sy voavoatra izy ireo izay ahazoana mitarika ny olona hanana fahalalana ny fahamarinana. {IFM 867.2}

Betsaka tamin' ny fotoana nanompoan' i Kristy no lany teo amoron' ny Ranomasin' i Galilia. Raha nivory teo amin' ny toerana iray izay tokony tsy hisy hanelingelina azy izy ireo, dia indro fa nohodidinin' ny fahatsiarovana an' i Jesosy sy ny asany lehibe. Teo amin' io ranomasina io no nandehanan' i Jesosy tamin' ny onjan-dranomasina mba hamonjy azy, raha feno horohoro ny fony. ka nifofo- fofo hamono azy ny tafio-drivotra. Io taza-maso io ilay moron-drano namahanana olona iray alina mahery tamin' ny alalan' ny mofo kely sy hazandrano vitsy. Tsy lavitra teo Kapernaomy, sehatry ny fahagagana maro. Raha nijery izany toerana izany izy. dia feno ny teny sy ny asan' ny Mpamonjy ny sainy. {IFM 867.3}

Tsara ny andro iny hariva iny, koa nanoso-kevitra handeha ho eny an-dranomasina ka hanipy ny haratony i Petera izay mbola nankamamy toy ny hatry ny ela ny mandeha sambo sy ny manarato. Nivonona ho amin' izany fikasana izany izy rehetra ; nila haninkohanina sy fitafiana izy, izay ho azony raha mahomby ny fanaratoana amin' ny alina. Navoakany ary ny sambokeliny, tsy nahazo na inona na inona anefa izy. Niasa mafy izy nandritra ny alina manontolo nefa tsy nisy vokany. Nandritra ireo ora nahasasatra ireo dia niresaka ny amin' ny Tompony tsy eo izy, ary nahatsiaro ireo toe-javatra mahagaga natrehiny maso raha nanao asa fanompoana teo amoron' ny ranomasina Izy. Nanontany tena ny amin' ny ho aviny izy, ka nihamaloka nibanjina izay teo alohany. {IFM 868.1}

Nandritra izany fotoana rehetra izany dia nisy mpitazana manirery teo amoron-drano nanara-maso, nefa Izy tenany tsy hita. Nony farany dia nanambisamby ny maraina. Akaikin' ny moron-drano no nisy ny sambokely, ka hitan' ny mpianatra vahiny iray nijoro teo amoron-drano izay niantsy azy ka nanontany hoe : «Anaka, manan-kanina va hianareo?» Rehefa namaly hoe: «Tsia» izy, dia hoy Izy taminy : «Alatsaho eo amin' ny sisiny ankavanan' ny sambokely ny haratonareo. dia hahazo hianareo. Koa dia nalatsany izany ka tsy zakany nakarina noho ny habetsahan' ny hazandrano». {IFM 868.2}

Fantatr' i Jaona ilay vahiny, ka nihorakoraka tamin' i Petera izy hoe : «Ny Tompo iry». Taitra sy faly loatra i Petera ka noho ny hafanam-pony, dia nitsoboka tao anaty rano izy; ary vetivety dia nijoro teo akaikin' ny Tompony. Ny mpianatra hafa nandeha tamin' ny sambony nitaritarika ny harato sy ny trondro. «Raha vao niakatra teo an-tanety izy, dia nahita afon' arina teo sy hazandrano teo amboniny ary mofo». {IFM 868.3}

Gaga loatra izy ka tsy nanontany izay niavian' ny afo sy ny sakafo. «Hoy Jesosy taminy : Analao hazandrano amin' ireo vao azonareo teo». Nihazakazaka i Petera nankeo amin' ny harato izay nilaozany. ka nanampy ny rahalahiny nisintona azy ho eo amorondrano. Rehefa vita ny asa. ka voaomana ny sakafo. dia niantso ny mpianany hisakafo Jesosy. Novakiany ny mofo ka nozarainy taminy ary fantatr' izy fito mirahalahy sy nekeny Izy. Tonga tao an-tsainy izao ny fahagagana tamin' ny namahanana ny dimy arivo lahy teo an-tendrombohitra ; nisy tahotra toa zava-miafina anefa teo aminy, ka tamim-pahanginana no nibanjinany Ilay Mpamonjy nitsangana tamin' ny maty. {IFM 868.4}

Tsaroany mazava toy ny teo imasony ny toe-javatra teo akaikin' ny ranomasina rehefa nibaiko azy ireo hanaraka Azy Jesosy. Tsaroany ny nidirany tamin' ny lalindalina, rehefa nibaiko Jesosy, ka nandatsahany ny haratony sy nahabetsaka indrindra ny azony namenoana ny harato, ka ho triatra aza izany. Dia niantso azy Jesosy handao ny sambo fanaratoany, ka nampanantena fa hanao azy ho mpanarato olona. Ny hitondra io toe-javatra io tao an-tsainy sy ny handatsaka an' izany lalina kokoa no namerenany indray ny fahagagana. Fanavaozana ny fanirahana ny mpianatra ny fihetsika nataony. Nasehon' izany fa tsy nampihena ny adidiny hanao ny asa napetraka taminy ny nahafatesan' ny Tompony. Na dia tsy ho bangaina aza ny fifandraisana mivantana Aminy sy ny fomba fanohanana ny asany teo aloha, dia mbola hikarakara azy Ilay Mpamonjy nitsangana tamin' ny maty. Raha hanao ny asany Izy dia hikarakara azy. Ary nisy fikasan' i Jesosy tamin' ny nibaikoany azy handatsaka ny haratony teo amin' ny sisiny ankavanan' ny sambokely. Teo amin' ny sisin' io no nijoroany teo amoron-drano. Io no sisin' ny finoana. Raha mifandray Aminy izy eo amin' ny asa, — ka mikambana amin' ny herin'

ny maha-Andriamanitra Azy ny ezaky ny maha-olombelona Azy, — dia tsy afaka tsy hahita fahombiazana izy. {IFM 869.1}

Misy lesona anankiray nomen' i Kristy, mikasika an' i Petera manokana. Nifanohitra tamin' ny fomba mahamenatra tamin' ny teny nolazainy teo aloha manambara ny fahatokiany ny fandavan' i Petera ny Tompony. Nanala-baraka an' i Kristy izy, sady noho izany dia tsy nahatoky azy ny rahalahiny. Noheverin' ireo fa tsy tokony havela haka ny toerany taloha teo aminy izy, ary na dia izy aza dia nahatsapa fa veriny ny fitokisana azy. Alohan' ny hiantsoana azy handray indray ny asany amin' ny maha-apostoly azy, dia tsy maintsy manome porofon' ny fibebahany eo imason' ny rehetra izy. Raha tsy izany, na dia nibebahany aza ny fahotany, dia tsy maintsy hanapotika ny heriny miasa mangina amin' ny maha-mpanao asa fanompoana ho an' i Kristy azy. Nomen' ny Mpamonjy fotoana mety izy hahazoany indray ny fitokisan' ny rahalahiny, ary araka izay azo atao, dia hanala ny fanomezan-tsiny nentiny teo amin' ny filazantsara. Misy lesona omena ny mpanaraka an' i Kristy eto. Tsy misy marimaritra iraisana amin' ny filazantsara sy ny ratsy. Tsy afaka manala tsiny ny fahotana izany. Tokony hekena mangina amin' Andriamanitra ny fahotana miafina. fa ny fahotana ampahibemaso kosa, dia takiana fiaikena ampahibemaso. Mianjera amin' i Kristy ny fanomezan-tsiny noha ny fahotan' ny mpianatra. Mahatonga an' i Satana handresy izany sy ny fanahy mitsingevaheva ho tafintohina. Ny fanomezan' io mpianatra io porofon' ny fibebahana araka izay azony atao dia natao hanalana io fanomezan-tsiny io. {IFM 869.2}

Raha niara-nihinana teo amoron' ny ranomasina Kristy sy ny mpianany, dia hoy ny Mpamonjy tamin' i Petera : «Simona, zanak' i Jaona, moa ny fitiavanao Ahy mihoatra noho ny fitiavan' ireto ?» mantsy ny rahalahiny. Efa nanambara i Petera indray mandeha hoe : «Na dia ho tafintohina noho ny Aminao aza ny olona rehetra, izaho tsy mba ho tafintohina mandrakizay». Izao anefa dia marimarina kokoa ny fiheverany ny tenany : «Eny, Tompoko, Hianao mahalala fa tia Anao aho». Tsy misy fanomezan-toky mahery vaika fa lehibe noho ny an' ny rahalahiny ny fitiavany. Tsy nambarany ny fiheveran' ny tenany momba ny fitiavany lalina. Ilay afaka mamaky ny antonjavatra rehetra manosika ny fo no antsoiny hitsara ny fony madio. «Hianao mahalala fa tia Anao aho». Dia nobaikoin' i Jesosy izy hoe : «Fahano ary ny ondrikeliko». {IFM 870.1}

Nampiharin' i Jesosy tamin' i Petera indray ny fisedrana ka naveriny ny teniny voalohany hoe : «Simona, zanak' i Jaona, moa tia Ahy va ianao». Tamin' ity tsy nanontany Izy raha tia Azy mihoatra noho ny rahalahiny i Petera. Tahaka ilay voalohany ny valinteny faharoa, tsy nisy fanomezan-toky mihoapampana : «Eny, Tompoko. Hianao mahalala fa tia Anao aho». Hoy Jesosy taminy : «Andraso ary ny ondriko». Napetraky ny

Mpamonjy indray mandeha indray ny fanontaniana fisedrana: «Simona zanak' i Jaona, moa tia Ahy va hianao ?» Nalahelo i Petera; noheveriny fa nisalasala ny amin' ny fitiavany Jesosy: Fantany fa misy antony tsy nahatokisan' ny Tompony azy. ka narary ny fony namaly izy hoe : «Tompoko, Hianao mahalala ny zavatra rehetra ; fantatrao fa tia Anao aho». Hoy indray Jesosy taminy hoe : «Fahano ary ny ondriko». {IFM 870.2}

In-telo i Petera no namadika ny Tompony ampahibemaso, ary in-telo Jesosy no nampiteny azy ny fanomezany antoka ny amin' ny fitiavany sy ny fahatokiany, ka nampidirany tao an-tsainy io fanontaniana manindrona io, toy ny zanatsipika maranitra tao am- maratra. Teo anatrehan' ny mpianatr' i Jesosy tafavory no nanehoan' i Petera ny halalin' ny fibebahany sy nanehoany fa tena nanetry tena mafy izao ilay mpianatra nirehareha fahiny. {IFM 870.3}

Toetran' i Petera ny mafana fo sy ny haingam-pihetsika, ary nandraisan' i Satana tombony ireo toetra mampiavaka azy ireo mba handreseny azy. Talohan' ny nahalavo an' i Petera, dia nilaza taminy Jesosy hoe : «Indro Satana efa nilofo nitady anareo hokororohiny toy ny vary. Nefa Izaho nangataka mba tsy holevona ny finoanao ; ary rehefa mibebaka ianao dia ampaherezo ireo rahalahinao» . Tonga izao io fotoana io, ary nazava ny fiovan' i Petera. Tsy niantso valinteny sahisahy, milaza fahafahampon' ny tenany ireo fanontaniana mivantana nisedrana azy ; koa noho ny fanetren-tenany sy ny fibebahany. dia voaomana kokoa i Petera mihoatra noho ny teo aloha hanao ny asa maha-mpiandry ny andian' ondry azy. {IFM 871.1}

Ny asa voalohany nankinin' i Kristy tamin' i Petera tamin' ny namerenany azy teo amin' ny fanompoana dia ny namahana ny ondry. Asa mahakely fanandramana an' i Petera io asa io. Mitaky fikarakarana sy fitiavana betsaka izany, faharetana sy fikirizana betsaka. Niantso azy hiasa ho an' ny tanora amin' ny finoana izany, hampianatra ny tsy manana fahalalana, hanokatra ny Soratra Masina aminy, sy hanabe azy ho mahasoa amin' ny fanompoana an' i Kristy. Hatramin' izao i Petera dia tsy afaka nanao izany, na nahazo ny maha-zava-dehibe an' izany aza. Io anefa no asa iantsoan' i Jesosy azy hataony ankehitriny. Nanomana azy ho amin' io asa io ny fanandramana nataony tamin' ny fijaliana sy ny fibebahana. {IFM 871.2}

Talohan' ny nahalavoany i Petera dia niteny tsy amim-pieritreretana mandrakariva. araka izay fihetseham-po manosika azy amin' io fotoana io. Vonona mandrakariva ny hanitsy ny hafa izy, sy hilaza ny ao an-tsainy alohan' ny ahazoany mazava ny momba ny tenany na izay tokony holazainy. Hafa indrindra anefa ilay Petera voaova fo. Notanany ny hafanam-pony tamin' ny voalohany, fa nalamin' ny fahasoavan' i Kristy ny hafanam-

pony. Tsy nivatravatra intsony izy, tsy natoky tena sy nanandra-tena, nifehy ny tenany, azo nampianarina. Afaka mamahana ny ondry, dia ny ondry ao amin' ny andian' ondrin' i Kristy izy izao. {IFM 871.3}

Misy lesona ho an' i Petera sy ireo rahalahiny ny fomba nifandraisan' ny Mpanionjy taminy. Nampianatra azy hifanatrika amin' ny mpandika lalàna amin' ny faharetana, ny firaisam-po sy ny fitiavana mamela heloka izany. Na dia nandà ny Tompony aza i i Petera, dia tsy niova mihitsy ny fitiavana nasehon' i Jesosy taminy. Ny fitiavana toy izany indrindra no tokony hotsapan ny mpiandry ondry lefitra ho an' ny ondry sy ny zanak' ondry nankinina taminy hokarakarainy. Mahatsiaro ny fahalemen' ny tenany sy ny fahadisoany i Petera ka afaka hifandray amim-pitiavana amin' ny andian' ondriny toy ny nifandraisan' i Kristy taminy. {IFM 871.4}

Mavesatra ny dikan' ny fanontaniana izay napetrak' i Kristy tamin' i Petera. Fepetra iray ihany no nolazainy ahatongavana ho mpianatra sy hanompoany Azy. «Moa tia Ahy ve hianao?» hoy Izy. Io no toetra tena ilaina. Na dia mety ho nanana ny hafa rehetra aza i Petera, raha tsy eo ny fitiavany an' i Kristy, dia tsy afaka ho tonga mpiandry ondry mahatoky hitandrina ny andian' ondrin' ny Tompo izy. Ny fahalalana, ny hatsaram-panahy, ny fahaiza-mandahatra, ny fahaiza-mankasitraka sy ny hafanam-po dia samy manampy amin' ny asa tsara daholo ; raha tsy ao am-po kosa ny fitiavan' i Jesosy, dia tsy mahomby ny fanompoana kristiana. {IFM 872.1}

Niara-nandeha irery tamin' i Petera Jesosy, satria nisy zavatra tiany holazaina azy samirery. Talohan' ny nahafatesany, dia nilaza taminy Jesosy hoe : «Izay halehako dia tsy azonao anarahana Ahy ankehitriny fa hanaraka Ahy ihany hianao rahatrizay». Izao no naval in' i Petera an' izany : «Tompoko. nahoana no tsy mahazo manaraka Anao ankehitriny aho? Na ny aiko aza dia hafoiko noho ny Aminao» . Fony izy niteny izany dia tsy fantany firy ny haavo sy ny halalin' ny lalana hitarihan' ny tongotr' i Kristy azy. Diso i Petera nony tonga ny fisedrana, nomena fotoana indray anefa izy hanaporofoiny ny fitiavany an' i Kristy. Mba hahazoana manatanjaka azy amin' ny fisedrana farany ny finoany, dia nosokafan' ny Mpamonjy taminy ny ho aviny. Nambarany taminy fa aorian' ny fiainana ahavitany soa. rehefa havesatra amin' ny tanjany ny taonany, dia hanaraka ny Tompony tokoa izy. Hoy Jesosy : «Raha mbola tanora hianao, dia nisikina ka nandeha tamin' izay tianao, fa rehefa antitra kosa hianao dia haninjitra ny tananao, ary olon-kafa no hanikina anao ka hitondra anao amin' izay tsy tianao. Ary izany no nolazainy hanambara ny fomba fahafatesana izay hankalazany an' Andriamanitra». {IFM 872.2}

Nampahafantarin' i Jesosy tamin' i Petera ny fomba ahafatesany, nambarany mialoha

koa ny finjiran' ny tanany eo amin' ny hazo fijaliana. Nobaikoiny indray ilay mpianany hoe : «Manaraha Ahy». Tsy kivy i Petera noho ny fanambarana. Tsapany fa sitrany ny hijaly amin' ny fahafatesana na toy inona na toy inona ho an' ny Tompony. {IFM 872.3}

Hatramin' izao dia araka ny nofo no nahafantaran' i Petera an' i Kristy, tahaka ny ahafantaran' ny maro Azy ankehitriny ; nefa tsy ho voafetra toy izany intsony izy. Tsy nisy fantany tokoa ny Aminy afa-tsy ny nahafantarany Azy amin' ny firaisany Aminy amin' ny maha-olombelona. {IFM 873.1}

Ny nitiavany Azy dia olona, mpampianatra nalefan' ny lanitra : Ankehitriny dia amin' ny maha-Andriamanitra Azy no itiavany Azy. Nianatra ny lesona izy milaza fa zavatra rehetra ao amin' ny zavatra rehetra ho azy Kristy. Izao dia vonona ny handray anjara amin' ny asa fanaovana sorona ny tena nanirahana ny Tompony izy. Rehefa tamin' ny farany. nentina teo amin' ny hazo fijaliana izy, dia nohomboana ny lohany ambany. araka ny fangatahan' ny tenany. Noheveriny fa voninahitra lehibe loatra ny hijaly amin' ny fomba mitovy amin' izay niaretan' ny Tompony. {IFM 873.2}

Feno fampianarana ho an' i Petera ny teny hoe : «Manaraha Ahy». Tsy ho amin' ny fahafatesany ihany, fa ho amin' ny dingana rehetra eo amin' ny fiainany koa no nanomezana ny lesona. Hatramin' izao dia nirona hiasa tsy hiankina amin' ny hafa izy. Efa niezaka ny hanao drafitra ho an' ny asan' Andriamanitra izy, fa tsy niandry ny hanaraka ny drafitra nataon' Andriamanitra. Tsy nisy na inona na inona nety ho azony anefa amin' ny fihazakazahana eo alohan' i Jehovah. Mibaiko Jesosy hoe : «Manaraha Ahy». Aza mihazakazaka eo alohako. Amin' izay dia tsy ho irery ianao hisetra ny tafik' i Satana. Aoka Aho handeha eo alohanao dia tsy ho resin' ny fahavalo ianao. {IFM 873.3}

Raha nandeha teo akaikin' i Petera Jesosy. dia hitany fa nanaraka i Jaona. Nisy faniriana tonga tao aminy ahafantatra ny ho aviny, ka hoy izy : «Tompoko, inona no ho amin' ity lehilahy ity ? Hoy Jesosy taminy : Raha tiako hitoetra izy mandra-piaviko, ahoanao izany? fa manaraha Ahy hianao». Tokony ho nihevitra i Petera fa naneho azy izay rehetra tsara ho fantany Izy. Adidin' ny tsirairay ny manaraka an' i Kristy, ary tsy hiahiahy amin' ny tsy antony ny amin' ny asa nankinina tamin' ny hafa. Raha nilaza Izy ny amin' i Jaona hoe : «Raha tiako hitoetra izy mandra-piaviko ahoanao izany?» dia tsy nanome toky Izy tsy akory fa ho velona io mpianatra io mandra-piverin' ny Tompo fanindroany. Noantitranteriny fotsiny ny fahefan' ny tenany ambony indrindra, ary nolazainy fa raha tiany ny ahatanteraka izany, dia tsy tokony hisy fiantraikany amin' ny asan' i Petera mihitsy. Eo am-pelatanan' ny Tompony ny ho avin' i Jaona sy Petera. Fankatoavana amin' ny fanarahana Azy no adidy napetraka taminy avy. {IFM 873.4}

Firy ankehitriny no tahaka an' i Petera. Mahaliana azy ny momba ny hafa, ary mahamay azy ny ahalala ny adidin' izy ireo, nefa tandindomin-doza hanao tsirambina ny adidin' ny tenany izy. Anjara asantsika ny mibanjina an' i Kristy sy ny manaraka Azy. Hahita fahadisoana eo amin' ny fiainan' ny hafa isika, sy toetra tsy tsara eo aminy. Rakotra fahalemena ny maha-olombelona. Hahita fahatanterahana anefa isika ao amin' i Kristy. Hahatonga antsika ho voaova ny fibanjinana Azy. {IFM 874.1}

Tratrantitra be i Jaona. Nanatri-maso ny fandravana an' i Jerosalema sy ny fahalevonan' ilay tempoly kanto dia kanto izy, izay tandindon' ny fahalevonan' izao tontolo izao. Nanaraka ny Tompony akaiky dia akaiky i Jaona hatramin' ny androny farany indrindra. Izao no hafatra mavesa-danja nentin' ny vavolombelona nataony ho an' ny fiangonana : «Ry malala, aoka hifankatia isika, izay mitoetra amin' ny fitiavana no mitoetra ao amin' Andriamanitra ary Andriamanitra ao aminy». {IFM 874.2}

Naverina ho apostoly i Petera, nefa tsy nanome azy ny fahefana fara-tampony amin' ny rahalahiny ny voninahitra sy ny fahefana noraisiny tamin' i Kristy. Nataon' i Kristy mazava izany raha namaly ny fanontanian' i Petera izy hoe : «Inona no ho amin' ity lehilahy ity ?», dia novaliany hoe: «Ahoanao izany? fa manaraha Ahy hianao». Tsy nomem-boninahitra ho filohan' ny Fiangonana i Petera. Nahatonga ny rahalahiny hatoky azy ny tombom-pitia nasehon' i Kristy azy tamin' ny namelany ny fihemorany sy nametrahany taminy ny famahanana ny andian' ondry. Nanana hery betsaka niasa mangina tamin' ny fiangonana izy. Nentin' i Petera namakivaky ny fiainany anefa ny lesona izay nampianarin' i Kristy azy teo amoron' ny Ranomasin' i Galilia. Raha nampanoratin' ny Fanahy Masina izy ho an' ny fiangonana, dia hoy izy : {IFM 874.3}

«Koa ny amin' ny loholona izay eo aminareo. izaho, izay naman' ny loholona sy vavolombelon' ny fijalian' i Kristy ary mpiombona ny voninahitra efa haseho koa, dia mananatra azy hoe : Andraso ny ondrin' Andriamanitra izay eo aminareo. mitandrina azy tsy an-tery, fa amin' ny sitrapo araka an' Andriamanitra ; tsy amin' ny fitiavana harena maloto, fa amin' ny zotom-panahy ; tsy ho mpanjakazaka amin' ny anjara fiandrasana, fa ho fianaran' ny ondry. Ary rehefa miseho ny Lohan' ny mpiandry, dia hahazo ny satroboninahitra tsy mety simba hianareo». {IFM 874.4}

## Toko 86—Mandehana any amin' ny firenena rehetra

Indray mandingana sisa tsy hipetrahan' i Kristy teo amin' ny seza fiandrianany any an-danitra raha nanome ny baiko ho an' ny mpianany hoe Izy : «Efa nomena Ahy ny fahefana rehetra any an-danitra sy etỳ an-tany» . «Mandehana any amin' izao tontolo izao hianareo, ka mitoria ny Filazantsara amin' ny olombelona rehetra» . Naverimberina hatrany ny teny, mba handraisan' ny mpianatra tsara ny dikany. Ny mponina rehetra ambonin' ny tany, ny ambony sy ny ambany, ny manankarena sy ny mahantra, no hamirapiratan' ny fahazavan' ny lanitra eo amin' ny tara-pahazavana madio sy mahery. Ho mpiara-miasa amin' ilay Mpanavotra azy ny mpianatra eo amin' ny asa famonjena an' izao tontolo izao. {IFM 875.1}

Nomena ny roa ambin' ny folo lahy ny baiko raha nihaona tamin' i Kristy tao amin' ny efitra ambony izy ; izao anefa dia nomena olona maromaro kokoa izany. Nisy fihaonana teo amin' ny tendrombohitra iray tany Galilia, ka tafavory tao ny mpino rehetra tratr' antso. Kristy mihitsy no nanondro ny fotoana sy ny toeran' io fihaonana io talohan' ny nahafatesany. Nampahatsiarovin' ilay anjely teo amin' ny fasany tamin' ny mpianany ny teny fikasany hihaona Aminy any Galilia. Naverina tamin' ny mpino nivory tany Jerosalema io teny io, ary tamin' ny alalan' izy ireo dia nahatratra olona manirery maro izay kivy noho ny fahafatesan' ny Tompony. Liana dia liana tokoa ny rehetra nibanjina izany fotoana izany. Nizotra nankany amin' ny toeram-pivoriana izy ireo nanaraka lalana manodidina avy tamin' ny vazan-tany rehetra, mba tsy hanaitra ny ahiahin' ny Jiosy be fialonana. Nientanentana ny fony raha tonga izy, nifampiresaka tamin-kafanampo ny amin' ny vaovao reny momba an' i Kristy. {IFM 875.2}

Tamin' ny fotoana voatondro dia sahabo ho dimanjato ny mpino tafangona nitsitokotoko teo amin' ny tehezan' ny tendrombohitra, may ny hahalala izay rehetra nety ho fantatra avy tamin' izay nahita an' i Kristy hatramin' ny nitsanganany tamin' ny maty. Notetezin' ny mpianatra ny antoko isany, ka notantarainy izay rehetra hitany sy reny ny amin' i Jesosy sady nitondra fanazavana avy amin' ny Soratra Masina tahaka izay efa nataony taminy. Notantarain' i Tomasy indray ny tsy finoany, ary nolazainy izay nandroaka ny fisalasalany. Tonga tampoka teo amin' izy ireo Jesosy, ary tsy nisy afaka nilaza na avy taiza na tamin' ny fomba ahoana. Maro tamin' ireo nanatrika teo no tsy mbola nahita Azy hatramin' izao ; nobanjininy teny amin' ny tanany sy ny tongony anefa ny mariky ny nanomboana Azy ; tahaka ny endrik' Andriamanitra ny fijery Azy, ary rehefa nahita Azy izy dia niankohoka taminy. {IFM 876.1}

Nisy nisalasala anefa. Mety hiseho mandrakariva ny toy izany. Misy izay mahita fa

sarotra ny mampiasa finoana, ka mametraka ny tenany eo amin' ny an-tokon' ny mpisalasala. Maty antoka be dia be izy ireo noho ny tsy finoany. {IFM 876.2}

Io ihany no nihaonan' i Jesosy tamin' ny mpino maro taorian' ny nitsanganany tamin' ny maty. Tonga izy ka nilaza taminy hoe : «Efa nomena Ahy ny fahefana rehetra any an-danitra sy etỳ an-tany». Niankohoka teo anatrehany ny mpianatra talohan' ny nitenenany, nefa nampangitakitaka azy tamin' ny hery manokana ny teniny nivoaka avy tamin' ny molotra efa nakombon' ny fahafatesana. Mpamonjy nitsangana tamin' ny maty Izy izao. Maro tamin' izy ireo no nahita Azy nampiasa ny heriny tamin' ny fanasitranana ny marary sy ny nifehezany ny anjelin' i Satana. Nino izy ireo fa nanana hery hanorina ny fanjakany ao Jerosalema Izy, hery hanosehana ny fanoherana rehetra, hery ambonin' ny zavaboary rehetra. Efa nampangina ny rano nisafoaka Izy; nandeha teo ambonin' ny onjan-drano mangilam-potsy Izy ; nanangana ny maty ho amin' ny fiainana Izy. Izao Izy dia manambara fa nomena Azy «ny fahefana rehetra». Nanandratra ny sain' ny mpihaino Azy ambonin' ny zavatra eto an-tany sy ara-nofo ny teniny ka ho any amin' ny zavatra any an-danitra sy mandrakizay. Nanome fiheverana ambony indrindra ny amin' ny fahamendrehany sy ny voninahiny izany. {IFM 876.3}

Fanambarana fa feno sy tanteraka ny sorona nataony ho an' ny olona ny tenin' i Kristy teo amin' ny tendrombohitra ; tanteraka ny fepetran' ny fanavotana; vita ny asa nahatongavany hotanterahina teto amin' ity izao tontolo izao ity. Teo an-dalana ho any amin' ny seza fiandrianan' Andriamanitra Izy, handray ny voninahitra nomen' ny anjely sy ny fanapahana ary ny fahefana rehetra. Niditra teo amin' ny asany fanelanelanana Izy. Nitafy ny fahefana tsy misy fetra Izy raha nanome baiko ny mpianatra hoe : «Koa mandehana, hianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin' ny anaran' ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina ; sady mampianatra azy hitandrina izay rehetra nandidiako anareo, ary, indro, Izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan' ny fahataperan' izao tontolo izao». {IFM 877.1}

Napetraka tamin' ny vahoaka Jiosy ny fahamarinana masina; saingy nahatonga azy hitokana indrindra, sy handray an-tendrony be indrindra amin' ny taranak' olombelona rehetra ny fivavahan' ny Fariseo. Izay rehetra mikasika ny mpisorona sy ny mpanapaka, ny fitafiany, ny fomba amam-panaony, ny fanompoam-pivavahany, ny lovan-tsofiny, dia samy nahatonga azy tsy ho afaka ho fahazavan' izao tontolo izao. Nihevitra ny tenany ho izao tontolo izao ny firenena jiosy. Naniraka ny mpianany anefa Kristy hitory finoana sy fanompoam-pivavahana izay tsy misy na inona na inona ifandraisana amin' ny firazanana na ny tany niaviana, fa finoana izay hifanentana amin' ny olona rehetra, ny firenena rehetra, ny antokon' olona rehetra. {IFM 877.2}

Talohan' ny nandaozany ny mpianany, dia nofaritan' i Kristy mazava tsara ny toetran' ny fanjakany. Nampahatsiaroviny azy izay efa nambarany teo aloha mikasika izany. Nolazainy fa tsy fikasany ny hanorina fanjakana ara-nofo, fa fanjakana ara-panahy eto amin' ity izao tontolo izao ity. Tsy hanjaka eto amin' ny seza fiandrianan' i Davida amin' ny maha-mpanjaka ara-nofo Izy. Nosokafany taminy indray ny Soratra Masina, nasehony fa izay rehetra nitranga dia efa voalahatra tany an-danitra, tany amin' ny filan-kevitry ny Ray sy ny tenany. Efa nambaran' ny olona notsindrian' ny Fanahy Masina mialoha ny zavatra rehetra. Hoy Izy : hitanareo fa izay rehetra nambarako anareo mikasika ny fandavana Ahy ho Mesia dia nitranga avokoa. Izay rehetra nolazaiko mikasika ny fanalam-baraka tsy maintsy zakaiko sy ny fahafatesana, dia voamarina avokoa. Nitsangana Aho ny andro fahatelo. Diniho amin-kafanam-po bebe kokoa ny Soratra Masina, dia ho hitanareo fa tanteraka izay rehetra filazana manokana nataon' ny faminaniana momba Ahy amin' ireny zavatra rehetra ireny. {IFM 877.3}

Naniraka ny mpianany Kristy hanao ny asa navelany teo am-pelatanany ka ao Jerosalema no atomboka. Jerosalema no sehatra nisehoan' ny fanetren-tenany mahagaga ho an' ny taranak' olombelona. Tao Izy no nijaly, nolavina sy nohelohina. Toerana nahaterahany ny tanin' i Jodia. Tao Izy, nitafy ny maha-olombelona, niara-nandeha tamin' ny olona ka vitsy no nahita ny nidinan' ny lanitra akaikin' ny tany raha teo anivon' izy ireo Jesosy. Tsy maintsy ao Jerosalema no manomboka ny asany ny mpianatra. {IFM 878.1}

Raha nahita izay rehetra niaretan' i Kristy tao, sy ny asa tsy nankasitrahana nataony ny mpianatra, dia mety niady hahazo saha be fanantenana kokoa izy ; tsy nanao izany izy anefa. Ny toerana indrindra, izay namafazan' i Kristy ny voan' ny fahamarinana no hokarakarain' ny mpianatra, ary hitsimoka ny voa ka hitondra vokatra betsaka. Raha manao ny asany ny mpianatra, dia hisetra fanenjehana izy noho ny fialonan' ny Jiosy sy ny fankahalany; izany anefa dia efa nozakain' ny Tompony, ary tsy tokony handositra izany izy. Tsy maintsy ny mpamono ny Mpamonjy no tolorana voalohany ny famindrampo. {IFM 878.2}

Nisy maro tao Jerosalema, izay nino mangina an' i Jesosy, ary maro koa no voafitaky ny mpisorona sy ny mpanapaka. Tokony haseho an' ireny ny filazantsara. Tokony hantsoina ho amin' ny fibebahana izy. Tokony hatao mazava ny fahamarinana mahagaga milaza fa amin' ny alalan' i Kristy irery no mety ahazoana ny fanesorana ny fahotana. Raha mbola taitra tamin' ny toe-javatra nampangitakitaka herinandro vitsy lasa izay Jerosalema manontolo, dia ho tafalatsaka lalina ao am-pony ny fitoriana ny filazantsara. {IFM 878.3}

Tsy tokony hijanona eo anefa ny asa. Tokony hitatra hatrany amin' ny faran' ny tany izany. Hoy Kristy tamin' ny mpianany : Vavolombelon' ny fiainako feno fandavan-tena ho an' izao tontolo izao ianareo. Vavolombelon' ny asako ho an' ny Isiraely ianareo. Na dia tsy hanatona Ahy aza ireo mba hahazoany fiainana, na dia nataon' ny mpisorona sy ny mpanapaka tamiko aza izay niriny, na dia nandà Ahy aza izy araka izay nambaran' ny Soratra Masina mialoha, dia mbola misy fotoana mety hafa indray hanekeny ny Zanak' Andriamanitra. Hitanareo fa izay rehetra manatona Ahy, ka miaiky ny fahotany, dia raisiko malalaka. Izay manatona Ahy tsy mba holaviko mihitsy. Izay rehetra mety, dia ho vita fihavanana amin' Andriamanitra ka handray fiainana mandrakizay. Ianareo, ry mpianatro, no hametrahako io hafatry ny famindrampo io. Homena an' Isiraely aloha izany, dia vao ho an' ny firenena rehetra, ny samihafa fiteny sy ny olona rehetra. Homena ny Jiosy sy ny Jentilisa izany. Izay rehetra mino dia hangonina ho fiangonana iray. {IFM 878.4}

Amin' ny alalan' ny fanomezan' ny Fanahy Masina, ny mpianatra dia handray hery mahagaga. Hohamafisin' ny famantarana sy ny fahagagana ny fanambarana ataony. Hisy fahagagana, tsy hataon' ny apostoly ihany, fa hataon' ireo nandray ny hafatra entiny koa. Hoy Jesosy: «Hamoaka demonia amin' ny anarako izy; hiteny amin' ny fiteny izay tsy mbola hainy izy ; handray menarana izy ; ary na dia misotro zava-mahafaty aza izy, dia tsy hampaninona azy izany ; hametra-tànana amin' ny marary izy, dia ho sitrana ireny» . {IFM 879.1}

Matetika no nampiasaina ny poizina tamin' izany fotoana izany. Nisy olona maty eritreritra izay tsy nisalasala ny nampiasa io fomba io mba hamongorana ireo izay manelingelina ny hambom-pony. Fantatr' i Jesosy fa hotandindomin' izany loza izany ny fiainan' ny mpianany. Betsaka no mety nihevitra fa fanompoana an' Andriamanitra ny mamono ny vavolombelony. Noho izany dia nampanantena azy fiarovana amin' io loza io Izy. {IFM 879.2}

Hanana ny hery izay nentin' i Jesosy «nanasitrana ny aretina rehetra mbamin' ny rofy rehetra amin' ny olona» ny mpianatra. Ho vavolombelon' ny heriny hanasitrana ny fanahy ny fanasitranany ny aretin' ny nofo amin' ny anarany. Koa nisy fanomezana vaovao nampanantenaina izao. Hitory amin' ny firenena hafa ny mpianatra, ka handray hery izy hitenenany fiteny hafa. Olona tsy nandia fianarana ny apostoly sy ireo niaraka taminy, nefa noho ny firotsahan' ny Fanahy tamin' ny andro Pentekosta, dia nanjary nadio, tsotra, sy mazava ny fiteniny, teo amin' ny voambolana sy ny filanton' ny feo, na nampiasa ny fitenin-drazany izy na fitenimbahiny. {IFM 879.3}

Toy izany no nanirahan' i Kristy ny mpianany. Nomaniny avokoa izay rehetra nilaina ho fanohizana ny asa, ary noraisiny ho andraikiny ny fahombiazan' izany. Raha mbola mankatò ny teniny izy, ka mifandray Aminy eo amin' ny asa, dia tsy ho diso. Mandehana any amin' ny firenena rehetra, hoy ny baikony taminy. Mandehana any amin' ny faritra lavitra indrindra misy mipetraka eto an-tany, nefa fantaro fa ho ao Aho. Miasà amin' ny finoana sy ny fahatokiana, fa tsy handao anareo mihitsy Aho. {IFM 879.4}

Mahafaoka ny mpino rehetra ny iraka nampanaovin' ny Mpamonjy ny mpianatra. Mahafaoka ny mpino an' i Kristy rehetra hatramin' ny faran' ny andro izany. Fahadisoana mampididoza ny mihevitra fa miankina fotsiny amin' ny mpitandrina voahosotra ny asa famonjena ny fanahy. Izay rehetra nandray ny aingam-panahy avy any an-danitra, dia hanankinana ny Filazantsara. Izay rehetra mandray ny fiainan' i Kristy dia baikoina hiasa ho amin' ny famonjena ny mpiara-belona aminy. Io asa io no nanorenana ny fiangonana, ary izay rehetra manao voady masina amin' ny fiangonana, dia manaiky amin' izany ho mpiara-miasa amin' i Kristy. {IFM 880.1}

«Ny Fanahy sy ny ampakarina manao hoe : Avia. Ary aoka izay mandre hanao hoe : Avia» . Izay rehetra mandre ny fiantsoana dia tokony hamerina ny fiantsoana. Na inona na inona niantsoana olona iray eo amin' ny fiainana, ny zavatra mahaliana azy voalohany dia ny hahazo fanahy ho an' i Kristy. Mety tsy ho afaka miteny amin' ny olona mivory izy, nefa azony atao ny miasa ho an' ny tsirairay. Azony atao ny milaza amin' ireo ny baiko noraisiny avy tamin' ny Tompony. Tsy fitorian-tény fotsiny tsy akory ny asa fanompoana. Miasa koa izay manamaivana ny aretina sy ny fijaliana, manampy ny sahirana, manao teny fampaherezana ho an' ny kivy sy ho an' ny kely finoana. Misy fanahy vesaran' ny fahatsapana ny helony, na any lavitra na akaiky. Tsy ny ady sarotra, ny asa mafy na ny fahantrana no manambany ny maha-olombelona, fa ny heloka, na ny fanaovana ny ratsy. Manala ny fiadanana sy mitondra tsy fahafahampo izany. Tian' i Kristy raha miasa ho an' ny fanahy mararin' ny fahotana ny mpanompony. {IFM 880.2}

Tokony hanomboka ny asany eo amin' izay toerana misy azy avy ny mpianatra. Ny saha mafy indrindra sy tsy misy antenaina indrindra dia tsy azo dinganina. Toy izany koa, tokony hanomboka eo amin' izay misy azy ny mpiasan' i Kristy rehetra. Ao amin' ny fianakaviantsika dia mety misy fanahy noana mitady firaisam-po, mosarena ny mofon' aina; mety misy zaza hotezaina ho an' i Kristy. Misy jentilisa eo am-baravarantsika mihitsy. Aoka hataontsika amin' ny fomba mahatoky ny asa akaiky antsika indrindra. Avy eo dia aoka hitarina araka izay azon' Andriamanitra hitarihana ny lalana ny ezaka ataontsika. Mety toa voafetran' ny toe-javatra ny asan' ny maro ; nefa na aiza na aiza izany, raha atao amin' ny finoana sy ny hafanam-po, dia ho tsapa hatrany amin' ny faran'

ny tany lavitra indrindra. Toa voafetra teo amin' ny saha ety ny asan' i Kristy fony Izy teto an-tany ; nefa vahoaka marobe avy amin' ny faritra rehetra no mandre ny hafatra nampitondrainy. Ampiasain' Andriamanitra matetika ny fomba tsotra indrindra mba hanatanterahana vokatra lehibe indrindra. Drafitra avy Aminy no iankinan' ny lafin' ny asany tsirairay amin' ny lafiny hafa, tahaka ny kodiarana anaty kodiarana, ka mirindra ny fihetsiny rehetra. Ny mpiasa tsotra indrindra, hetsehin' ny Fanahy Masina, dia hitendry tadin-javamaneno tsy hita maso, izay hanakoako hatramin' ny faran' ny tany ny fipararetrany, ka ho feo kanto mandritra ny mandrakizay. {IFM 880.3}

«Tsy tokony ho very tsy ho eo imaso anefa ny baiko manao hoe : «Mandehana any amin' izao tontolo izao». Antsoina isika hanandratra ny masontsika ho any amin' ny «toerana any an-koatra». Narodan' i Kristy ny rindrina mampisaraka, ka nalàny ny hevitra mibahana ao an-tsaina ny amin' ny maha-olombelona, ary mampianatra ny fitiavana ny fianakavian' ny olombelona manontolo Izy. Manandratra ny olona ho ambonin' ny fari-bolana ety faritan' ny fitiavan-tenany Izy ; foanany ny tsipika mampizara-tany rehetra sy ny fanavakavahana amboarina rehetra eo amin' ny fiaraha-monina. Tsy asiany fanavahana ny mpifanolobodirindrina sy ny vahiny, ny sakaiza sy ny fahavalo. Mampianatra antsika hijery ny fanahy sahirana rehetra ho rahalahintsika izy, ary izao tontolo izao ho saha iasantsika. {IFM 881.1}

Raha nilaza ny Mpamonjy hoe : «Mankanesa any amin' ny firenena rehetra», dia nilaza koa izy hoe : «Ary izao famantarana izao no hanaraka izay mino : hamoaka demonia amin' ny anarako izy, hiteny amin' ny fiteny izay tsy mbola hainy izy, handray menarana izy ;-áry na dia misotro zava-mahafaty aza izy, dia tsy hampaninona azy izany, hametra-tànana amin' ny marary izy dia ho sitrana ireny». Mahataka-davitra tahaka ny baiko ihany ny teny fikasana. Tsy nomena ny mpino tsirairay avokoa ny fanomezana rehetra. Ny fanahy no mizarazara azy rehetra avy araka ny sitrapony». Ampanantenaina ho an' ny mpino tsirairay anefa ireo fanomezan' ny fanahy ireo araka izay ilainy ho an' ny asan' ny Tompo. Manan-kery sy zo itokisana ankehitriny tahaka ny tamin' ny andron' ny apostoly ny teny fikasana. «Izao famantarana izao no hanaraka izay mino». Io no tombon-tsoan' ny zanak' Andriamanitra, ka tokony hamikitra amin' izay rehetra mety ho azo atao ny finoana mba hampiharana ny teny fikasana. {IFM 881.2}

«Hametra-tànana amin' ny marary izy, dia ho sitrana ireny». Hopitaly midadasika ity izao tontolo izao ity, nefa tonga Kristy nanasitrana ny marary, hitory fanafahana amin' ny babon' i Satana. Fahasalamana sy tanjaka Izy tenany. Mizara ny ainy tamin' ny marary, ny tra-pahoriana, ny manana demonia Izy. Tsy nisy nialany izay tonga mba handray ny heriny mahasitrana. Fantany fa izay nangataka fanampiana taminy dia nitondra aretina

tao aminy; tsy nolaviny anefa ny nanasitrana azy. Ary rehefa niditra tao amin' ireo fanahy mahantra ireo ny toetra tsara avy amin' i Kristy, dia resy lahatra ny amin' ny fahotany izy ireo, ka maro no sitrana tamin' ny aretina ara-panahy, sy tamin' ny aretina ara-nofo. Mbola manana io hery io ny Filazantsara, ary nahoana isika no tsy tokony hahita maso vokatra mitovy amin' izany ? {IFM 882.1}

Tsapan' i Kristy ny fahorian' ny mijaly rehetra. Rehefa nandrotika ny tenan' ny olombelona ny fanahy ratsy, dia tsapan' i Kristy ny ozona. Rehefa mandoro ny fikorianan' ny fiainana ny tazo, dia tsapany ny ady mihatra aman' aina. Koa vonona ny hanasitrana ny marary Izy izao, tahaka ny Izy fony teto an-tany ara-batana. Ny mpanompon' i Kristy no solon-tenany, fantsona hiasany. Iriny ny hampiasa ny heriny manasitrana amin' ny alalan' ireo. {IFM 882.2}

Teo amin' ny fomba fitsaboan' ny Mpamonjy, dia nisy lesona ho an' ny mpianany. Indray mandeha dia nosorany tanimanga ny mason' ny lehilahy jamba iray, dia nobaikoiny izy hoe : «Andeha, sasao ny masonao any amin' ny farihin' i Siloama . . . Dia lasa izy ka nanasa, dia niverina nahiratra». {IFM 882.3}

Nety ho vita tamin' ny herin' Ilay Mpanasitrana fotsiny ihany ny fitsaboana, nefa nampiasain' i Kristy ny fitaovana tsotra eo amin' ny zavaboary. Tsy nankasitraka ny fampiasana fanafody voatr' olombelona Izy, fa nankatoaviny kosa ny fampiasana ny fanafody tsotra sy voajanahary. {IFM 882.4}

Maro ireo tra-pahoriana nahazo fanasitranana no nataon' i Kristy hoe : «Aza manota intsony, fandrao hanjo anao izay ratsy noho ny teo». Toy izany no nampianarany fa vokatry ny fandikana ny lalàn' Andriamanitra, eo amin' ny ara-nofo sy ny ara-panahy, ny aretina. Tsy ho nisy ity fahoriana be eto amin' izao tontolo izao ity, raha mba nivelona fotsiny tamin' ny fomba nifandrindra tamin' ny drafitry ny Mpahary ny olona. {IFM 882.5}

Mpitarika sy mpampianatra teo amin' Isiraely fahiny Kristy, ary nampianatra azy ireo Izy fa valisoan' ny fankatoavana ny lalan' Andriamanitra ny fahasalamana. Ilay Dokotera lehibe nanasitrana ny marary tany Palestina dia efa niteny tamin' ny vahoakany avy tao amin' ny andri-rahona, ka nilaza taminy izay tsy maintsy hataony sy izay tian' Andriamanitra hatao ho azy. «Raha hazoto hihaino ny feon' i Jehovah Andriamanitrao hianao, hoy Izy, ka hanao izay mahitsy eo imasony sy hihaino ny lalàny ary hitandrina ny didiny rehetra, dia tsy hisy hataoko aminao ireny aretina ireny ; izay nataoko tamin' ny Egyptiana; fa Izaho no Jehovah Izay manasitrana anao» . Nanome baiko mazava ny Isiraely Kristy mikasika ny fahazarany eo amin' ny fiainana, ka nanome toky Izy fa

«harovany tsy ho azon' aretina izy» . Rehefa notanterahin' Isiraely ny fepetra, dia hita fa marina ny teny fikasana teo aminy. «Ary tsy nisy nangozohozo na dia iray akory aza tamin' ny fireneny» . {IFM 883.1}

Ho antsika ireny lesona ireny. Misy fepetra tokony hotazonin' izay rehetra te-hiaro ny fahasalamana. Tokony ho fantarin' ny rehetra izany fepetra izany. Tsy mahafaly ny Tompo ny tsy fahalalana mikasika ny lalàny, na ara-nofo na ara-panahy. Tokony hiara-miasa amin' Andriamanitra isika amin' ny famerenana ny fahasalamana amin' ny vatana sy amin' ny fanahy koa. {IFM 883.2}

Tokony hampianatra ny hafa koa isika hiaro sy hamerina ny fahasalamany. Ho an' ny marary dia tokony hampiasa ny fanafody efa nomanin' Andriamanitra eo amin' ny zavaboary isika, ary tokony hanondro azy Ilay hany afaka mamerina izany, Asantsika ny mitondra ny marary sy ny mijaly eo amin' i Kristy amin' ny tanan' ny finoantsika. Tokony hampianarintsika izy hino Ilay Mpanasitrana lehibe. Tokony hamikitra amin' ny teny fikasany isika, ary hivavaka mba hisehoan' ny heriny. Ny tena votoatin' ny Filazantsara dia ny famerenana amin' ny laoniny ny fahasalamana, ka tian' ny Mpamonjy ny hibaikoantsika ny marary, ny tsy manana fanantenana, sy ny tra-pahoriana hamikitra amin' ny heriny. {IFM 883.3}

Tao amin' ny fanasitranana rehetra nataon' i Kristy ny herin' ny fitiavana, koa ny fizarantsika io fitiavana io, amin' ny alalan' ny finoana, na mety hahatonga antsika ho fiasana hanao ny asany. Raha ataontsika antsirambina ny mamatotra ny tenantsika hifandray amin' Andriamanitra amin' ny alalan' i Kristy, dia tsy afaka hikoriana be dia be avy amintsika ho amin' ny vahoaka ny hery manome aina toy ny herin' aratra. Nisy toerana izay tsy nahazoan' ny Mpamonjy mihitsy nanao asa betsaka feno hery, noho ny tsy finoana tao. Toy izany koa ankehitriny, mampisaraka ny Fiangonana amin' Ilay Andriamanitra mpanampy azy ny tsy finoana. Moramora loatra ny famikirany ny tena zava-misy mandrakizay. Noho ny tsy fananan' ny Fiangonana finoana, dia diso fanantenana Andriamanitra, ary norobaina ny voninahiny. {IFM 883.4}

Eo amin' ny fanaovana ny asan' i Kristy no ananan' ny Fiangonana ny teny fikasana momba ny fanatrehany. «Mandehana any amin' ny firenena rehetra, hoy Izy ; ary, indro, Izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan' ny fahataperan' izao tontolo izao». Ny fitondrana ny ziogan' i Jesosy no anisan' ny fepetra voalohany amin' ny handraisana ny heriny. Miankina mihitsy amin' ny fahatokian' ny fiangonana eo amin' ny fanatanterahany ny iraky ny Tompo ny ainy. Marina tokoa fa ny fanaovana antsirambina an' io asa io dia miantso fahalemena sy fahalovana ara-panahy. Manjavona

ny fitiavana ary miha-vasoka ny finoana eo amin' izay tsy misy asa mavitrika ho an' ny hafa. {IFM 884.1}

Nokasain' i Kristy ny hahatonga ny mpanompony ho mpanabe ny fiangonana eo amin' ny asa fitoriana ny Filazantsara. Tokony hampianatra ny olona hitady sy hamonjy ny very izy. Io asa io anefa ve no ataony ? Indrisy ! Akory ny havitsian' ireo miasa mafy mba hitsotsòka ilay aina mielatra kely eo amin' ny fiangonana efa ho faty! Akory ny havitsian' ny fiangonana karakarain' ireo tokony hitady ny ondry very, toy ny zanak' ondry marary ! Ary amin' ny fotoana rehetra dia an-tapitrisany sy an-tapitrisany no maty tsy manana an' i Kristy. {IFM 884.2}

Voahetsika hatramin' ny fara-fahalalina tsy hita pesimpesenina ho an' ny olona ny fitiavan' Andriamanitra, ka gaga ny anjely nibanjina fa manify dia manify ny fankasitrahana hita eo amin' ireo nandray fitiavana lehibe toy izany. Gaga ny anjely mahita ny fanka-sitrahana maivana asetrin' ny olombelona ny fitiavan' Andriamanitra. Tezitra ny lanitra mahita ny antsirambina atao amin' ny fanahin' ny olona. Tiantsika ho fantatra ve ny fijerin' i Kristy izany ? Inona no ho fihetseham-pon' ny ray na ny reny, raha fantany fa nolalovana fotsiny ny zanany izay very tany amin' ny hatsiaka sy ny ranomandry, ka navelan' ireo afaka namonjy azy ho faty ? Moa ve tsy halahelo mafy izy, ary tsy ho loza ve ny hatezerany ? Moa ve tsy hiampanga ireto mpamono olona amin-katezerana mangotraka arahin' ny ranomaso be noho ny haben' ny fitiavany izy ? Fahorian' ny zanak' Andriamanitra ny fahorian' ny olona tsirairay, ka izay tsy manatsotra ny tanany hanampy ireo mpiara-belona aminy efa ho faty dia mahatonga fahatezerana ara-drariny. Io no fahatezeran' ny Zanak' ondry. Izay milaza fa miaraka amin' i Kristy, nefa tsy miraika amin' izay ilain' ny mpiara-belona aminy, dia hilazany izao teny izao amin' ny andro fitsarana lehibe : «Tsy fantatro na avy taiza na avy taiza hianareo ; mialà Amiko, hianareo rehetra mpanao meloka». {IFM 884.3}

Raha naniraka ny mpianany Kristy, dia tsy nofaritany fotsiny ny asany fa nomeny azy koa ny hafatra hoentiny. Ampianaro ny olona, hoy Izy, «hitandrina izay rehetra nandidiako anareo». Tokony hampianatra izay efa nampianarin' i Kristy ny mpianatra. Izay nolazainy, tsy Izy tenany fotsiny, fa izay tamin' ny alalan' ny mpaminany sy ny mpampianatra ao amin' ny Testamenta Taloha, dia voafaoka eto. Any ivelany ny fampianaran' olombelona. Tsy misy toerana ho an' ny lovan-tsofina, na ho an' ny lalan-kevitra sy ny fehin-kevitry ny olombelona, na ho an' ny lalàna nataon' ny fiangonana. Tsy misy lalàna nataon' ny fahefana ara-pivavahana voafaoka ao amin' io iraka io. Tsy misy mpanompon' i Kristy natao hampianatra ireny. «Ny lalàna sy ny mpaminany», miaraka amin' ny tatitra momba ny teny sy ny asa nataon' i Kristy, no harena sarobidy

nankinina tamin' ny mpianatra homena an' izao tontolo izao. Ny anaran' i Kristy no teny ifamantarany, io no marika mampiavaka azy, io no kofehy mampifamatotra azy, io no fahefana mitarika azy eo amin' ny asany, ary io no loharano iavian' ny fahombiazany. Tsy misy na inona na inona tsy mitondra ny soniany ka ho azo ekena ao amin' ny fanjakany. {IFM 885.1}

Tsy tokony haseho ho toy ny laha-kevitra tsy misy aina ny Filazantsara, fa toy ny hery misy aina manova ny fiainana. Irin' Andriamanitra raha manjary vavolombelon' ny heriny izay mandray ny fahasoavany. Ekeny malalaka izay nanana fiainana nandratra Azy indrindra, rehefa mibebaka izy dia zarainy aminy ny Fanahin' Andriamanitra, apetrany eo amin' ny toeram-pitokisana ambony indrindra izy, ka alefany any amin' ny tobin' ny tsy mahatoky mba hitory ny famindrampony tsy misy fetra. Tiany raha mijoro ho vavolombelona ny mpanompony, fa azon' ny olona atao ny manana toetra amam-panahy tahaka ny an' i Kristy amin' ny alalan' ny fahasoavany, ka afaka hiravoravo amin' ny fahatokiana ny fitiavany lehibe. Tiany isika raha mijoro ho vavolombelona, fa tsy mety afa- Izy raha tsy tafaverina sy tafatoetra indray ao amin' ireo tombontsoa masina maha-zanaka lahy sy zanaka vaviny ny taranak' olombolona. {IFM 885.2}

Ao amin' i Kristy ny fahalemem-panahin' ny mpiandry ondry, ny fitiavan' ny ray aman-dreny, sy ny fahasoavan' ny Mpamonjy tsy misy toa azy. Asehony amin' ny teny mahasarika indrindra ny fitahiany. Tsy afa-po fotsiny manambara ireo fitahiana ireo Izy ; fa asehony amin' ny fomba manintona indrindra izany, mba hanetsika ny faniriana hanana azy. Toy izany no tokony hanehoan' ny mpanompony ny haren' ny voninahitr' Ilay Fanomezana tsy hay lazaina. Hampahalefaka sy hampilefitra ny fo ny fitiavan' i Kristy mahagaga, rehefa tsy afaka hanao na inona na inona ny famerimberenana ny foto-pinoana. «Ampionòny, ampionòny ny oloko, hoy Andriamanitrareo» . «Ry Ziona, izay mitondra teny soa mahafaly Ò, miakara any an-tendrombohitra avo; Ry Jerosalema, izay mitondra teny soa mahafaly Ò, asandrato mafy ny feonao. Asandrato, fa aza matahotra; Lazao amin' ny tanànan' i Joda hoe : Indro Andriamanitrareo ? . . . Hiandry ny ondriny tahaka ny mpiandry ondry Izy; ny sandriny no hanangonany ny zanak' ondry, ka hotrotroiny eo an-tratrany ireny». Lazao amin' ny olona Ilay «notsongaina tamin' ny alinalina» sy Ilay «mahate-ho tia» . Tsy mahalaza izany raha ny teny irery. Aoka ho hita taratra eo amin' ny toetra amam-panahy sy hiseho amin' ny fiainana izany. Toy ny mipetraka alain-tsary Kristy mba ho ao amin' ny mpianany tsirairay ny sariny. Notendren' Andriamanitra mialoha ny tsirairay «hitovy endrika amin' ny Zanany». Ao amin' ny tsirairay no tokony haseho amin' izao tontolo izao ny fitiavan' i Kristy mahari-po, ny fahamasinany, ny fahalemem-panahiny ary ny fahamarinany. {IFM 886.1}

Nandeha nitory ny Teny ny mpianatra voalohany. Naneho an' i Kristy teo amin' ny fiainany izy. Ary niara-niasa taminy ny Tompo, «nanamarina ny teny tamin' ny famantarana izay nomba azy». Nanoman-tena ho amin' ny asany ireo mpianatra ireo. Niara-nivory izy talohan' ny andro Pentekosta ka namela ny fifandirana rehetra. Niray saina izy. Nino ny teny fikasana nataon' i Kristy izy fa homena fitahiana, ary dia nivavaka tamin' ny finoana. Tsy nangataka fitahiana ho an' ny tenany samirery izy; nitambesatra taminy ny lanjan' ny famonjena ny fanahy. Tokony hoentina hatrany amin' ny faran' ny tany ny Filazantsara, ka notakiany ny fanomezana ny hery izay nampanantenain' i Kristy azy. Tamin' izay no narotsaka ny Fanahy Masina, ka an' arivony no niova fo indray andro. {IFM 886.2}

Mety ho toy izany koa ankehitriny. Aoka tsy ny vinavinan' ny olombelona no hotorina, fa ny tenin' Andriamanitra. Aoka havelan' ny kristiana ny adi-lahy, ka atolony an' Andriamanitra ny tenany hamonjy ny very. Aoka izy hangataka ny fitahian' Andriamanitra amim-pinoana, dia homena azy izany. «Loha-orana» ny firotsahan' ny Fanahy tamin' ny andron' ny Apostoly, ary be voninahitra ny vokatra. Nefa ho be lavitra ny «ranonorana aoriana». {IFM 887.1}

Izay rehetra manokana ny tenany sy ny fanahiny ho an' Andriamanitra dia handray mandrakariva ny fanomezana vaovao amin' ny hery ara-batana sy ara-tsaina. Azony baikoina ny tahirin' ny lanitra tsy mety ritra. Omen' i Kristy azy ny fofon' ain' ny Fanahiny, dia ny ainy mihitsy. Mamoaka ny heriny ambony indrindra ao am-pony sy ao an-tsainy ny Fanahy Masina. Mampidadasika sy mampitombo ny fahazoany miasa ny fahasoavan' Andriamanitra, ary tonga manampy azy eo amin' ny asa famonjena fanahy ny fahatanterahana rehetra eo amin' ny toetran' Andriamanitra. Tanteraka ao Aminy izy amin' ny alalan' ny fiaraha-miasa amin' i Kristy, ka atao afaka manao ny asan' Ilay manana ny hery rehetra izy ao amin' ny fahalemen' ny maha-olombelona azy. {IFM 887.2}

Irin' ny Mpamonjy mafy ny hanaho ny fahasoavany ka hametraka ny toetra amam-panahiny ho toy ny fitomboka eo amin' izao tontolo izao manontolo. Fananany novidiny ireo ka iriny ny hahatonga ny olona ho afaka, sy hadio ary ho masina. Na dia miasa hanakana io fikasana io aza i Satana, amin' ny ra izay narotsaka ho an' izao tontolo izao kosa, dia misy fandresena ho tanteraka, izay hitondra voninahitra ho an' Andriamanitra sy ny Zanak' ondry. Tsy ho afa-po Kristy raha tsy tanteraka ny fandresena, «ka hahita ny fisasaran' ny fanahiny Izy ka ho afa-po». Handre ny Filazantsaran' ny fahasoavana ny firenena rehetra ambonin' ny tany. Tsy ny rehetra no handray ny fahasoavany, fa «hisy taranaka hanompo Azy ; ary ny Tompo dia ho lazaina amin' ny taranaka ho avy». «Ary

ny fanjakany sy hy fahasoavana ary ny fahalehibiazan' ny fanjakana eny ambanin' ny lanitra rehetra dia homena ny olo-masin' ny Avo Indrindra» , ary «ny tany ho henika ny fahalalana an' i Jehovah, tahaka ny anaronan' ny rano ny fanambanin' ny ranomasina». «Ary hatrany andrefana dia hatahotra ny anaran' i Jehovah ny olona ary ny voninahiny hatramin' ny fiposahan' ny masoandro» . {IFM 887.3}

«Akory ny hatsaran' ny tongotr' irỳ mitondra teny soa mahafaly erỳ an-tendrombohitra sady mitory fiadanana ! Dia izay mitondra teny soa mahafaly sady mitory famonjena, eny, izay manao amin' i Ziona hoe : Mpanjaka Andriamanitrao ! . . . Velomy ny hoby, ry fitoeran-drava any Jerosalema ; fa Jehovah efa nampionona ny olony . . . Jehovah efa nampiseho ny sandriny masina teo imason' ny firenena rehetra; ary ny farany tany rehetra hahita ny famonjen' Andriamanitsika» . {IFM 888.1}

## Toko 87—Ho any amin' ny Raiko sy ny Rainareo

Tonga ny fotoana hiakaran' i Kristy ho any amin' ny seza fiandrianan' ny Rainy . Andriamanitra mpandresy Izy ary efa hiverina ho any amin' ny lapan' ny lanitra mitondra ny vokatra azony tamin' ny fandreseny. Talohan' ny nahafatesany, dia efa nanambara tamin' ny Rainy Izy hoe : «Vitako ny asa nomenao Ahy hataoko» . Rehefa nitsangana tamin' ny maty Izy, dia naharitraritra teto an-tany fotoana fohy, mba ahazoan' ny mpianany mifankazatra Aminy tao amin' ny tenany nitsangana tamin' ny maty sy nomem-boninahitra. Vonona ny hakarina Izy izao. Efa naseho ho zava-misy ny maha-Mpamonjy velona Azy. Tsy nilain' ny mpianatra intsony ny nampifandray Azy tamin' ny fasana. Azony natao ny nihevitra Azy ho homem-boninahitra eo anatrehan' izay rehetra any an-danitra. {IFM 889.1}

Ny toerana nofidin' i Jesosy ho toerana hiakarany, dia ilay nohamasinin' ny fanatrehany matetika raha niaina teo anivon' ny olona Izy. Tsy ny tendrombohitra Ziona, toeran' ny tanànan' i Davida, tsy ny tendrombohitr' i Moria, toeran' ny tempoly no nomem-boninahitra toy izany. Teo Kristy no natao fihomehezana sy nolavina. Teo no nisamonta mafy kokoa ny onjam-pamindrampo mbola mitondra fitiavana mahery kokoa, ka niakapoka niverina tamin' ny fo mafy sahala amin' ny vatolampy. Avy teo Jesosy no vizana sy navesatra, ka nandeha hitady fialan-tsasatra ny fony. Raha niala tsy ho eo amin' ny tempoly masina ilay shekinah masina, dia nankeo amin' ny tendrombohitra atsinanana toy ny nisalasala handao ilay tanàna voafidy ; toy izany koa Kristy, nijoro teo amin' ny tendrombohitra Oliva, nitazana an' i Jerosalema avy teny ambony teny tamin' ny fo manina azy. Voatokana ho amin' ny fivavahany sy ny ranomasony ny hazo sy ny lohasaha madinika teo amin' ny tendrombohitra. Nampanakoako ny antsom-pandresen' ireo vahoaka marobe nihoby Azy ho mpanjaka ny tehezana mitsatoka tamin' izany tendrombohitra izany. Raha nidina moramora Izy dia nahita tokantrano tao amin' i Lazarosy tany Betania. Nivavaka sy niady nihatra aman' aina samirery Izy tao amin' ny sahan' i Getsemane, teo am-pototr' izany tendrombohitra izany. Avy teo amin' io tendrombohitra io no niakarany ho any an-danitra. Eo an-tampony no hipetraka ny tongony rehefa ho avy Izy. Tsy toy ny lehilahy ory. fa toy ny Mpanjaka be voninahitra sy mandresy no hijoroany eo amin' ny tendrombohitra Oliva, raha hifamaly ny haleloia ataon' ny Hebreo sy ny Hosana ataon' ny Jentilisa, ka hirohondrohona toy ny tafika marobe ny feon' ny voavotra hankalaza hoe : «Satroy voninahitra ho Tompon' ny rehetra Izy». {IFM 889.2}

Nizotra ho any an-tendrombohitra niaraka tamin' ny mpianany iraika ambin' ny folo lahy Jesosy ankehitriny. Raha nandalo ny vavahadin' i Jerosalema Izy, dia maso maro no gaga nijery ity andian' olom-bitsy, notarihin' Ilay Anankiray izay nomelohin' ny mpanapaka herinandro vitsy talohan' izao sy nohomboany tamin' ny hazo fijaliana. Tsy fantatry ny mpianatra fa io no fihaonany farany tamin' ny Tompony. Nolanin' i Jesosy tamin' ny firesahana taminy ny fotoana ka naveriny ny toro-hevitra voalohany nomeny. Raha nanatona an' i Getsemane izy ireo, dia niato kely Izy, mba ahazoan' izy ireo mampiverina ao an-tsainy ny lesona efa nomena azy tamin' ny alina niatrehany ady lehibe nihatra aman' aina. Nojereny indray ilay voaloboka izay nanehoany ny firaisan' ny fiangonany Aminy sy ny Rainy; naveriny indray ny fahamarinana izay novelariny tamin' izay. Nanodidina azy rehetra dia nisy nampahatsiahy ny fitiavany tsy voavaly. Na dia ireo mpianatra izay mamin' ny fony aza, nanome tsiny sy nandao Azy tamin' ny ora nietreny. {IFM 890.1}

Nivelona telo ambin' ny telopolo taona teto amin' izao tontolo izao Kristy; niaritra ny fanarabiana, ny fitenenan-dratsy sy ny fanaovana tsinontsinona; nolavina sy nohomboana tamin' ny hazo fijaliana Izy. Izao, raha ndeha hiakatra ho any amin' ny seza fiandrianan' ny voninahiny Izy — raha niverenany nojerena ny tsy fankasitrahan' ny olona tonga novonjena — moa ve tsy ho tsoahany tsy ho eo aminy ny firaisam-pony sy ny fitiavany ? Moa ve tsy hifantoka amin' ny fanjakana izay mankasitraka Azy ny fitiavany. ary izay misy anjely tsy nanota miandry ny hanatanteraka ny baikony ? Tsia ; Izao no teny fikasana nataony tamin' ireo malalany avelany eto an-tany : «Momba anareo mandrakariva Aho. ambarapahatongan' ny fahataperan' ny faran' izao tontolo izao». {IFM 890.2}

Raha tonga teo amin' ny tendrombohitra Oliva Jesosy, dia notarihiny ny lalana namakivaky ny tampony ho eny akaikin' i Betania. Teo Izy no nijanona, ka nitangorona nanodidina Azy ny mpianatra. Toa nisy tara-pahazavana nitaratra avy tamin' ny endriny raha nijery azy ireo tamim-pitiavana Izy. Tsy nanome tsiny Azy noho ny fahadisoany sy ny fahalemeny Izy ; teny feno fitiavana lalina indrindra no farany nidina tao an-tsofiny avy tamin' ny molotry ny Tompony. Nitsotra ny tanany hitahy, ary toy ny nanome toky ny fiarovany sy ny fikarakarany, dia niakatra moramora niala teo aminy Izy, nosarihin' ny hery mafy noho ny hery maninton' ny tany hiakatra ho any an-danitra. Raha indro efa mihatakona Izy, dia taitra mafy ny mpianatra nibanjina sy nanaramaso hahita farany Ilay Tompony niakatra ihany. Nisy rahona be voninahitra nanakona Azy tsy ho eo imasony ; ary raha nandray Azy ilay kalesy rahon' ny anjely, dia niverina tamin' izy ireo ny teny manao hoe : «Indro, Izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan' ny

fahataperan' izao tontolo izao». Niaraka tamin' izany dia tonga teo aminy ny feon-java-maneno malefaka sy mahafaly indrindra avy tamin' ny antoko mpihiran' ny anjely. {IFM 891.1}

Raha mbola variana niandrandra sy nitazana ny mpianatra, dia nisy feo niteny taminy izay toy ny feon' ny zava-maneno kanto indrindra. Nitodika izy, ka nahita anjely roa naka ny endriky ny olona, niteny taminy ka nanao hoe : «Ry lehilahy Galiliana, nahoana no mijanona eto mijery ny lanitra hianareo ? Iny Jesosy Izay nampiakarina niala taminareo ho any an-danitra iny, dia mbola ho avy tahaka ny nahitanareo Azy niakatra ho any an-danitra. {IFM 891.2}

Anisan' ireo anjely niandry tao amin' ny rahona mamirapiratra hanotrona an' i Jesosy ho any amin' ny fonenany any an-danitra ireo anjely ireo. Nanana ny toerana ambony indrindra izy teo amin' ny tafiky ny anjely, izy roa ireo no tonga teo amin' ny fasana tamin' ny nitsanganan' i Kristy tamin' ny maty, ary niaraka taminy nandritra ny fiainany teto an-tany. Dodona dia dodona ny lanitra manontolo niandry ny fiafaran' ny nijanonany teo amin' izao tontolo izao simban' ny ozon' ny fahotana. Tonga izao ny fotoana handraisan' izao rehetra izao ny Mpanjakany any an-danitra. Moa ve tsy naniry mafy koa ireo anjely roa ireo hiaraka tamin' ny marobe nandray an' i Jesosy tonga soa ? Nefa noho ny firaisam-pony sy ny fitiavany an' ireto vao nilaozany, dia niandry izy hampahery azy ireo. «Tsy fanahy manompo va izy rehetra, nirahina hanao fanompoana ho an' izay handova famonjena ?». {IFM 891.3}

Niakatra ho any an-danitra Kristy naka ny endriky ny mahaolombelona. Nahita Azy noraisin' ny rahona ny mpianatra, dia Ilay Jesosy Izay niara-nandeha sy niara-niresaka ary niara-nivavaka taminy ; Ilay niara-namaky mofo taminy ; niaraka taminy teo amin' ny sambokeliny teny amin' ny farihy ; ary vao tamin' iny andro iny niara-niezaka mafy nananika ny tendrombohitra Oliva taminy — iny Jesosy iny izao no lasa niray seza fiandrianana tamin' ny Rainy. Nanome toky ny anjely fa Ilay hitany niakatra ho any an-danitra iny indrindra, dia ho avy indray tahaka ny niakarany. Ho avy «amin' ny rahona Izy, ary ny maso rehetra hahita Azy». «Fa ny tenan' ny Tompo no hidina avy any an-danitra amin' ny fiantsoana sy ny feon' ny arikanjely ary ny trompetran' Andriamanitra, ka izay maty ao amin' i Kristy no hitsangana aloha». «Ary raha tonga ny Zanak' olona amin' ny voninahiny, arahin' ny anjely rehetra, dia hipetraka eo ambonin' ny seza fiandrianan' ny voninahiny Izy» . Toy izany no hahatanterahan' ny teny fikasana nataon' ny Tompo tamin' ny mpianany hoe : «Raha handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho, dia ho avy indray ka handray anareo any Amiko» . Azon' ny mpianatra atao tsara izany ny mifaly amin' ny fanantenana ny fiverenan' ny Tompony. {IFM 892.1}

Nony niverina ho any Jerosalema ny mpianatra, dia gaga ny olona nijery azy ireo. Taorian' ny fitsapana sy ny nanomboana an' i Kristy tamin' ny hazo fijaliana, dia noheverina fa ho resy sy menatra ireo. Nanantena ny fahavalony fa hahita eo amin' ny endriny ny soritry ny alahelo sy ny faharesena. Tsy izany anefa, fa fifaliana sy fandresena rano fotsiny no hitany. Namirapiratry ny fahasambarana tsy avy eto an-tany ny endriny. Tsy nitomany noho ny fahadisoam-panantenany izy, fa feno fiderana sy fisaorana an' Andriamanitra. Tamin-kafaliana no nilazany ny tantara mahagaga ny amin' ny nitsaganan' i Kristy tamin' ny maty sy ny niakarany tany an-danitra, ka noraisin' ny maro ny teny vavolombelona nataony. {IFM 892.2}

Tsy nisy intsony ny tsy fitokisana ny ho avy tao amin' ny mpianatra. Fantany fa any an-danitra Jesosy, ary mbola teo aminy ny firaisam-pony. Fantany fa nanana Sakaiza izy avy amin' ny seza fiandrianan' Andriamanitra, ka nafana fo nitondra ny fangatahany teo amin' ny Ray, tamin' ny anaran' i Jesosy. Tamim-panajana fatratra no nandohalehany nivavaka teo am-pamerenana ny teny fikasana hoe : «Na inona na inona angatahinareo amin' ny Ray amin' ny anarako. dia homena anareo izany. Hatramin' izao dia tsy mbola nangataka na inona na inona tamin' ny anarako hianareo ; mangataha. dia homena hianareo mba ho feno ny fifalianareo» . Natsotrany ambony kokoa hatrany ny tanam-pinoany niaraka tamin' ny fonjan-kevitra lehibe hoe : «Kristy Jesosy no efa maty, eny, sady nitsangana tamin' ny maty koa, ka mitoetra eo amin' ny tànana an-kavanan' Andriamanitra ary mifona ho antsika» . Nentin' i Pentekosta ho azy koa ny fifaliana feno tamin' ny fanatrehan' Ilay Mpananatra. araka izay efa nampanantenain' i Kristy indrindra. {IFM 892.3}

Niandry ny lanitra manontolo handray ny Mpamonjy tonga soa tao amin' ny lapa any an-danitra. Jesosy no niakatra voalohany narahin' ny babo marobe afaka nitsangana tamin' ny nitsanganan' i Kristy tamin' ny maty. Ny tafiky ny lanitra kosa, nanao antsoantso sy horakora-piderana ary hiran' ny lanitra, nitomefy nanodidina an' ireto marobe milahatra. {IFM 893.1}

Raha nanatona ny tanànan' Andriamanitra ireo, dia nifamaly ny anjely mpanotrona : {IFM 893.2}

*«Asandrato ny lohanareo, ry vavahady,*
*Ary misandrata hianareo ry varavarana fahagola*
*Mba hidiran' ny Mpanjakan' ny voninahitra !» {IFM 893.3}*

Namaly tamim-pifaliana ny mpiambina niandry hoe : {IFM 893.4}

*«Iza izao Mpanjakan' ny voninahitra izao ?» {IFM 893.5}*

Tsy nilaza izany satria tsy fantany izy io, fa satria tiany ho re ny valintenin' ny fiderana ambony hoe : {IFM 893.6}

*«Jehovah mahery tsitoha*
*Jehovah mpiady mahery ! Asandrato ny lohanareo ry vavahady ;*
*Ary manandrata ny lohanareo, ry varavarana fahagola*
*Mba hidiran' ny Mpanjakan' ny voninahitra !». {IFM 893.7}*

Dia nivoha nidanadana ny varavaran' ny tanànan' Andriamanitra, ary niditra haingana tao amin' ny vavahady ny anjely marobe raha nanakoako ny feon-java-maneno mampientanentana. {IFM 893.8}

Ao ny seza fiandrianana, ary manodidina azy ny avan' ny teny fikasana. Ao ny kerobima sy ny serafima. Mivory ao ireo mpitarika ny tafiiky ny anjely, ireo zanak' Andriamanitra, ireo solontenan' izao tontolo izao tsy mba nanota. Ny filan-kevitry ny lanitra izay nanamelohan' i Losifera an' Andriamanitra sy ny Zanany teo anatrehany, ireo solontenan' ny fanjakana tsy misy fahotana noheverin' i Satana fa hanorenany ny fanapahany, — ao ireo rehetra ireo miarahaba ny Mpanavotra tonga soa. Mafana fo ireo hankalaza ny fandresena azony sy hanome voninahitra Azy. {IFM 894.1}

Manofahofa tanana Jesosy misakana azy ireo. Aoka aloha ; tsy afaka mandray ny satroboninahitra sy ny akanjo maha-mpanjaka Azy Izy izao. Miseho eo anatrehan' ny Rainy Izy aloha. Manondro ny lohany noratraina, ny lanivoany notrobarana. ny tongony notsatohana ; manandratra ny tanany Izy, mitondra ny diampantsika. Manondro ireo porofon' ny fandreseny Izy ; asehony an' Andriamanitra ny voaloham-bokatra, dia ireo niara-nitsangana taminy ho solontenan' ireo vahoaka marobe izay hivoaka ny fasana amin' ny fiaviany fanindroany. Manatona ny Rainy Izy, Izay miravoravo ka velon-kira raha misy mpanota iray izay mibebaka. Talohan' ny nanorenana an' izao tontolo izao, dia efa niray hina ny Ray sy ny Zanaka teo amin' ny fanekena hanavotra ny olona raha ohatra ka resin' i Satana izy. Nifandray tanana tamin' ny fanekena tsy azo ovana Izy fa ho tonga antoka ho an' ny taranak' olombelona Kristy. Tsy nitsoaka tamin' ny teniny Kristy. Raha teo ambonin' ny hazo fijaliana Izy ka niantsoantso hoe : «Vita», dia ny Ray no nitenenany. Feno tanteraka ny fanekena. Hoy Izy izao hoe : Vita, Ray Ò. Tanterako ny asan' ny fanavotana. Raha afa-po ny fahamarinanao, dia «tiako mba ho any Amiko amin' izay itoerakao ireo izay nomenao Ahy». {IFM 894.2}

Re ny feon' Andriamanitra manambara fa afa-po ny fahamarinana. Resy i Satana. Ekena ao amin' Ilay Malala ireo an' i Kristy izay miasa mafy sy mitolona eto an-tany. Lazaina fa nohamarinina ireo eo anatrehan' ny anjelin' ny lanitra sy ireo solontenan' izao

tontolo izao tsy mba lavo. Eo amin' izay misy Azy no hisy ny fiangonana koa. «Nihaona ny famindrampo sy ny fahamarinana, mifanoroka ny rariny sy ny fihavanana». Fihinin' ny Ray ny Zanany ary hoy ny teny hoe : «Aoka ny anjelin' Andriamanitra rehetra hiankohoka eo anoloany» . {IFM 894.3}

Fifaliana tsy hay ambara no entin' ny mpanapaka sy ny fahefana ary ny hery rehetra manaiky ny fahefana fara-tampony ananan' ny Andrianan' ny fiainana. Miankohoka eo anatrehany ny tafiky ny anjely, raha mameno ny lapan' ny lanitra manontolo ny antsoantsom-pifaliana manao hoe : «Ny Zanak' ondry Izay novonoina, dia miendrika handray hery sy fahendrena !» {IFM 895.1}

Mifangaro amin' ny feon-java-maneno avy amin' ny lokangan' ny anjely ny hiram-pandresena, mandra-pahatongan' ny lanitra toa ho safotry ny fifaliana sy ny fiderana. Nandresy ny fitiavan' Andriamanitra. Hita ny very. Manakoako eran' ny lanitra ny feo avon' ny hira manambara hoe : «Ho an' Ilay mipetraka eo ambonin' ny seza fiandrianana sy ho an' ny Zanak' ondry anie ny saotra sy ny haja sy ny voninahitra ary ny fanjakana mandrakizay mandrakizay» {IFM 895.2}

Avy amin' izany toe-javatra isehoan' ny fifalian' ny lanitra izany no miverina mankaty amintsika ety an-tany ny akon' ny teny mamy loatra nataon' i Kristy mihitsy hoe : «Miakatra ho any amin' ny Raiko sy ny Rainareo Aho ; ary ho any amin' Andriamanitro sy Andriamanitrareo». Iray ny fianakaviana any an-danitra sy ety an-tany. Ho antsika no niakaran' ny Tompo, ary ho antsika no ahavelomany. «Koa amin' izany dia mahavonjy tokoa izay manatona an' Andriamanitra amin' ny alalany Izy. satria velona mandrakizay hanao fifonana ho azy» {IFM 895.3}

*Miandry ny Farany*

